
NY
BOKIN'
I
MÔRMÔNA

TESTAMENTA IRAY Hafa
Momba an' i Jesoa Kristy

NY
BOKIN'
I
MÔRMÔNA

TESTAMENTA

IRAY Hafa

MOMBA AN' I

JESOA KRISTY

NY
BOKIN' I MÔRMÔNA
NY BOKIN' I MÔRMÔNA FITANTARANA
NOSORATAN' NY TANAN' I MÔRMÔNA
TAMIN' NY TAKELAKA NALAINA
AVY TAMIN' NY TAKELAK' I NEFIA

Araka izany, ity dia famintinana ny rakitsoratra ny olon' i Nefia, ary koa ny an' ny Lamanita—Nosoratana ho an' ny Lamanita izay sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i Isiraely; ary koa ho an' ny Jiosy sy ny Jentilisa—Nosoratana araka ny didy ary koa araka ny fanahin' ny faminiana sy ny fanambarana—Nosoratana sy nofehezina ary nafenina ho an' ny Tompo izany mba tsy ho azo potehina—Mba havoaka noho ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny amin' ny alalan' ny fandikana—Nofehezina ny tanaan' i Môrônia, ary nafenina ho an' ny Tompo mba havoaka amin' ny fotoana mahamety izany amin' ny alalan' ny Jentilisa—Ny fandikana izany dia tamin' ny alalan' ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra.

Ny famintinana iray nalaina tao amin' ny Bokin' i Etera koa izay rakitsoratra ny olon' i Jarêda, izay naely patrana tamin' ny fotoana nanorokoroan' ny Tompo ny fitenin' ny olona raha mbola teo am-panganana tilikambo iray hanatrarany ny lanitra izy—Dia ny mba hampisehoana amin' ny sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i Isiraely, ny mahalehibe ny zavatra efa nataon' ny Tompo ho an' ny razany; sy ny hahafantarany ny fanekempihavanan' ny Tompo, mba tsy holavina mandrakizay izy. Ary koa ny mba handresen-dahatra ny Jiosy sy ny Jentilisa fa i JESOA NO KRISTY, ILAY ANDRIAMANITRA MANDRAKIZAY, izay maneho ny tenany amin' ny firenena rehetra—Ary ankehitriny, raha misy hadisoana, dia hadisoan' ny olona izany; noho izany dia aza maniny ny zavatr' Andriamanitra mba ho hita tsisy pentina ianareo eo amin' ny toeram-pitsaran' i Kristy.

Fandikana ifotony avy tamin' ny takelaka ho amin' ny teny Anglisy nataon' i Joseph Smith, zanany Ny fanontana voalohany tamin' ny teny Anglisy dia navoaka tany Palmyra, New York, Etazonia Amerika tamin' ny taona 1830

 TENY FANOLORANA

Ny Bokin' i Môrmôna dia bokin' ny soratra masina azo oharina amin' ny Baiboly. Izany no rakitsoratra ny fifandraisan' Andriamanitra tamin' ny mponina fahiny tany Amerika ary mitahiry ny fahafenoan' ny filazantsara maharitra mandrakizay.

Nosoratan' ny mpaminany maro fahiny ny boky, tamin' ny alalan' ny fanahin' ny faminiana sy ny fanambarana. Notaterina sy nofintinin' ilay mpaminany sady mpahay tantara nantsoina hoe Môrmôna ny tenin' izy ireny voasoratra teo amin' ireo takela-bolamena. Manoritsoritra ny tantaran' ny riba lehibe anankiroa ny rakitsoratra. Ny anankiray dia nipoitra avy tao Jerosalema, 600 talohan' i J.K., ary nizara ho firenena roa tatỳ aoriana ka fantatra tamin' ny hoe: ny Nefita sy ny Lamanita. Ny iray hafa dia nitranga elabe talohan' izany, raha nanorokoro ny fiteny teo amin' ny Tilikambon' i Babela ny Tompo. Fantatra amin' ny hoe: ny Jarèdita io vondrona io. An' arivo taona maromaro tatỳ aoriana dia fongana avokoa izy rehetra afa-tsy ny Lamanita ary ireo no razambe niavian' ny Indianina any Amerika.

Ny zava-nitranga lehibe indrindra voarakitra ao amin' ny Bokin' i Môrmôna dia ny asa fanompoan' i Jesoa Kristy Tompo, Izy tenany, teo anivon' ny Nefita fotoana fohy taorian' ny fitsanganany tamin' ny maty. Manazava ny fotopampianaran' ny filazantsara izany, manoritsoritra ny drafitry ny famonjena ary milaza amin' ny olona ny tsy maintsy hataony hahazoana fiadanana eo amin' ity fiainana ity sy famonjena mandrakizay amin' ny fiainan-ko avy.

Rehefa tontosan' i Môrmôna ny asa sorany, ny fitantarana dia natolony an' i Môrônia zanany lahy izay nanampy ny teniny vitsivitsy sy nanafina ireo takelaka tao amin' ny havoanan' i Komôrà. Io Môrônia io ihany, izay lasa olona heni-boninahitra sy nitsangana tamin' ny maty, dia niseho tamin' ny mpaminany Joseph Smith ny 21 Septambra 1823 ka nampahafantatra azy ny momba ny rakitsoratra tranainy sy ny tokony handikana izany ho amin' ny teny Anglisy.

Tamin' ny fotoana voatondro dia natolotra an' i Joseph Smith ny takelaka ka izy no nandika izany tamin' ny alalan' ny fanomezampahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny. Avoaka ho amin' ny fiteny marobe ny rakitsoratra ankehitriny ho toy ny vavolombelona vaovao sy fanampiny fa i Jesoa Kristy no Zanak' Ilay Andriamanitra velona, ka izay rehetra manatona Azy sy mankatò ny lalàna ary ny ôrdônansin' ny filazantsarany no azo vonjena.

Hoy ny mpaminany Joseph Smith momba io rakitsoratra io: “nolazaiko ny rahalahy fa ny Bokin' i Môrmôna no boky marina indrindra amin' ny boky rehetra eto an-tany sy vato ifaharan' ny fivavahantsika, ary hanatona bebe kokoa an' Andriamanitra ny olona amin' ny fanarahana ny fepetra ao anatin' ny toy izay ny ao anatin' ny boky hafa.”

Ankoatra an' i Joseph Smith dia nataon' ny Tompo izay hahitan' ny

olona iraika ambin' ny folo hafa ny takela-bolamena, ka ho vavolombelona manokana ny amin' ny fahamarinana sy ny maha avy amin' Andriamanitra ny Bokin' i Môrmôna ireo. Voarakitra an-tsoratra etoana ny tenivavolombelon' ireo ho toy "Ny Tenivavolombelon' ireo vavolombelona telo" sy "Ny Tenivavolombelon' ireo vavolombelona valo."

Manainga ny olona rehetra izahay, na aiza na aiza misy azy, hamaky ny Bokin' i Môrmôna, hisaintsaina ao am-pony ny hafatra raketiny, ary avy eo dia hanontany an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin' ny anaran' i Kristy, raha marina ny boky. Ireo izay manaraka izany torolalana izany, ka mangataka amin' ny finoana dia hahazo ny fanambaran' ny fahamarinany sy ny maha avy amin' Andriamanitra azy, amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina (jereo Môrônia 10:3-5).

Ireo izay mandray izany tenivavolombelon' Andriamanitra izany avy amin' ny Fanahy Masina dia hanjary hahafantatra koa amin' ny alalan' io hery io ihany fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy izao tontolo izao, fa i Joseph Smith no mpanambara sy mpaminaniny amin' izao andro farany izao, ary Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny olomasin' ny andro farany no fanjakan' ny Tompo voarina indray eto an-tany ho fanomana ny fiavian' ny Mesia fanindroany.

NY TENIVAVOLOMBELON' IREO VAVOLOMBELONA TELO

AOKA ho fantatry ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra izay hahatongavan' ity boky ity: fa izahay, noho ny fahasoavan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Tompontsika, dia nahita ireo takelaka izay mitahiry ity rakitsoratra ity, izay rakitsoratra ny olon' i Nefia ary koa ny Lamanita rahalahiny, ary koa ny olon' i Jarèda izay avy tany amin' ny tilikambo araka ny efa voalaza. Ary fantatray koa fa efa nadika araka ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny ireo, satria ny feony no efa nilaza izany taminay; noho izany dia fantatray amim-pahatokiana fa marina ny asa soratra. Ary ambaranay koa fa efa nahita ny soratra voasokitra teo amin' ireo takelaka; ary efa naseho anay ireo tamin' ny alalan' ny herin' Andriamanitra, fa tsy araka ny herin' olombelona. Ary amin-kitsimpo tanteraka no ilazanay fa ny anjelin' Andriamanitra iray dia nidina avy tany an-danitra ka izy no nitondra sy namelatra ireo takelaka teo imasonay, ka dia nobanjininay sy nojerenay ireo mbamin' ny soratra voasokitra taminy; ary dia fantatray fa noho ny fahasoavan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Tompontsika, dia nahita izahay ka vavolombelona manambara fa marina ireo zavatra ireo. Ary dia fahagagana teo imasonay izany. Na dia teo aza izany, dia nandidy anay ny feon' ny Tompo ho vavolombelona manambara izany; koa ho fankatoavana ny didin' Andriamanitra, dia vavolombelona manambara ireo zavatra ireo izahay. Ary fantatray fa raha mahatoky ao amin' i Kristy izahay, dia hoesorinay amin' ny fitafianay ny ran' ny olombelona rehetra, ka ho hita tsy misy pentina izahay eo anatrehan' ny toeram-pitsaran' i Kristy ary hiara-honina Aminy mandrakizay any an-danitra. Ary ny voninahitra anie ho an' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, izay Andriamanitra iray. Amena.

OLIVER COWDERY
DAVID WHITMER
MARTIN HARRIS

 NY TENIVAVOLOMBELON' IREO VAVOLOMBELONA VALO

AOKA ho fantatry ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra izay hahatongavan' ity boky ity fa efa nasehon' i Joseph Smith, zanany, mpandika tenin' ity boky ity anay, ny takelaka izay efa voalaza, izay miendrika volamena; ary izay takelaka rehetra efa nadikan' io Smith voalaza io dia nokasihina tamin' ny tananay; ary nahita koa ireo soratra voasokitra taminy izahay, ka ireo rehetra ireo dia manana ny endriky ny asa soratra tranainy sy ny fahaizana asa kanto. Ary izahay dia vavolombelona manambara izany amin-kitsimpo fa efa nasehon' io Smith voalaza io anay izany, satria efa hitanay sy naingain' ny tananay, ka fantatray marina fa io Smith voalaza etsy aloha io no manana ireo takelaka izay efa noresahanay. Ary omenay izao tontolo izao ny anaranay ho vavolombelona amin' izao tontolo izao ny zavatra izay efa hitanay. Ary tsy mandainga izahay, fa Andriamanitra no vavolombelona manambara izany.

CHRISTIAN WHITMER

JACOB WHITMER

PETER WHITMER, ZANANY

JOHN WHITMER

HIRAM PAGE

JOSEPH SMITH, RAINY

HYRUM SMITH

SAMUEL H. SMITH

 NY FANAMBARAN' NY MPAMINANY JOSEPH SMITH

Izao no tenin' ny mpaminany Joseph Smith momba ny niavian' ny Bokin' i Môrmôna:

“Ny harivan' ny . . . iraika amby roapolo Septambra [1823] . . . dia nanomboka nivavaka sy nitalaho tamin' Andriamanitra Tsitoha aho. . . .

“Raha mbola teo am-piantsoana an' Andriamanitra toy izany aho dia nahita hazavana nipoitra tao an' efitranoko izay tsy nitsahatra nitombo mandra-pahatongan' ny efitranoko hazava bebe kokoa noho ny amin' ny mitataovovonana, ary niaraka tamin' izay dia nisy olona niseho teo anilan' ny fandriako ary nitsingevaheva izy ka tsy nandia tany ny tongony.

“Nanao akanjo lava, malalaka sy fotsy mangatsakatsaka fatratra izy. Ny hafotsiany dia mihoatra ny zavatra rehetra izay efa hitako hatrizao teto an-tany; sady tsy mino koa aho fa azo atao izay hahatonga ny zavatra ny tany ho lasa fotsy sy hamiratra fatratra toy izany. Nihanjaka ny tanany ary koa ny sandriny hatreo ambony kelin' ny hatotanany; tsy misarona ihany koa ny tongony sy ny ranjony hatreo ambony kelin' ny kitrokely. Tsy misarona ihany koa ny lohany sy ny tendany. Tsikaritro fa tsy nisy afa-tsy io akanjo lava io teny aminy, satria vaky anoloana izany ka hitako ny tratanany.

“Tsy ny akanjony ihany no fotsy izaitsizy, fa ny tenany rehetra dia mampirapiratra tsy hay tantaraina, ary toy ny tselatra marina tokoa ny tarehiny. Nazava fatratra tokoa ilay efitrano, kanefa mbola nanjelatra bebe kokoa noho izany ny faritra manodidina ny tenany. Raikitahotra aho raha vao nahita azy; nefa vetivety dia nisinda ny tahotra.

“Nantsoiny tamin' ny anarako aho, ary nilazany fa iraka avy teo anatrehan' Andriamanitra izy hankatỳ amiko ary i Môrônia no anarany; fa manana asa hampanaovina ahy Andriamanitra; ary mety ho tsara na ho ratsy eo anivon' ny firenena, ny foko ary ny samy hafa fiteny rehetra ny anarako, na sady hindrahindraina no hotenenin-dratsy eo anivon' ny olon-drehetra.

“Nolazainy fa misy boky iray milevina, voasoratra amin' ny takelabola mena izay mitahiry ny tantaran' ny mponina fahiny teo amin' ity kaontinanta ity sy ny loharano nipoirany. Nolazainy koa fa mirakitra ny fahafenoan' ny Filazantsara maharitra mandrakizay izany, araka ny nanoloran' ny Mpamonjy izany ireo mponina fahiny ireo;

“Ary misy koa vato roa, ao anaty tandro-bolafotsy—ary ireo vato ireo, mipetaka eo amin' ny saron-tratra iray, no manome ny antsoina hoe: Orima sy Tomima—miara-milevina amin' ireo takelaka; ary ny fananana sy ny fampiasana ireo vato ireo no maha-izy azy ny *Mpahita* tamin' ny andro fahagola na fahiny; ary ny zava-nokinendrin' Andriamanitra tamin' ny nanomanany azy ireo dia ny fandikana ny boky.

* * * * *

“Nolazainy ahy indray fa rehefa azoko ireo takelaka izay efa noresahiny—satria tsy mbola tonga ny fotoana tokony hahazoako azy ireo—

dia tsy tokony hasehoko olona ireo, na iza na iza, torak' izany koa ny saron-tratra mbamin' ny Orîma sy Tomîma, afa-tsy ireo izay handidia-ny ahy hampisehoana izany ihany; fa raha manao izany aho dia hofongorana. Raha mbola teo am-piresahana tamiko ny momba ireo takelaka izy dia nisy fahitana nisokatra tao an-tsaiko, ary dia azoko nojerena ny toerana nilevenan' ireo takelaka, ary izany dia tena nazava sy nisongadina tokoa, hany ka fantatro indray ilay toerana nony efa notsidihiko.

“Taorian' izany filazana izany dia nahita ny hazavana tao an' efitrano nanomboka ho niangona nanodidina avy hatrany ny tenan' ilay olona avy niresaka tamiko aho, ary tsy nitsahatra izany mandra-pahatongan' ny efitrano ho tavela tanatin' ny haizina indray, afa-tsy ny manodidina azy ihany, ary tampoka teo dia hitako ho toy ny misy lalantsara misokatra miakatra mivantana any an-danitra, ary dia nandeha niakatra izy mandra-pidifiny tanteraka, ka dia niverina toy ny teo aloha indray talohan' ny nisehoan' io hazavana avy tany an-danitra io ny efitrano.

“Nandrinandry teo aho lasa eritreritra noho iny tarehin-javatra tsy fahita iny, sady nitolagaga fatratra noho ny zavatra voalazan' ilay iraka hafakely; fa mbola teo am-pisaintsainana teo aho no nahita tampoka fa nanomboka ho nihanazava indray ny efitranoko, ary poa toa izay raha lazaina dia efa teo anilan' ny fandriako indray ilay iraky ny lanitra teo ihany.

“Nanomboka indray izy, ka ny zavatra teo ihany izay efa nolazainy tamin' ny fitsidihany voalohany tsy misy fiovana na dia kely aza no nolazainy; rehefa izany, dia nampahafantariny ahy ny amin' ny famaizana lehibe izay efa ho tonga eto an-tany miaraka amin' ny fandripanana lehibe amin' ny mosary, ny sabatra ary ny areti-mandringana; ary hihatra amin' ny tany, amin' ity taranaka ity, ireo famaizana mampangirifiry ireo. Rehefa avy nilaza ireo zavatra ireo izy dia niakatra toy ny efa nataony teo aloha indray.

“Tafalatsaka lalina tao an-tsaiko ireo teny ireo tamin' izay fotoana izay, ka nandao ahy ny torimaso, ary dia nandrinandry teo aho, ankon' ny fahagagana noho ny zavatra hitako sy reko. Akory anefa ny hagagako raha nahita io iraka io ihany indray aho teo anilan' ny fandriako ary nandre azy nanantitrantitra na namerimberina indray tamiko ny zavatra tetsy aloha ihany; saingy nampiany fampitandremana ho ahy ka nilazany tamiko fa hanandrana ny haka fanahy ahy i Satàna (noho ny ankohonan-draiko miaina ao anatin' ny fahantrana) hakako ireo takelaka ireo mba hampanan-karena ahy. Nandrara ahy izy tsy hanao izany, ka nilazany ny tsy hananako zavatra hafa banjinina, rehefa mahazo ireo takelaka ireo aho, afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra sy ny tsy ho voataonan' ny hevitra hafa, afa-tsy ny fanorenana ny fanjakany; raha tsy izany dia mety tsy ho azoko ireo.

“Taorian' io fitsidihana fahatelo io, dia niakatra indray tany an-danitra toy ny teo aloha izy ary namela ahy hisaintsaina indray ny mahahafakely ity zavatra vao nodiaviko ity; fa saiky raha vantany vao tafakatra tany an-danitra ilay iraky ny lanitra rehefa nandao ahy

fanintelony dia naneno ny akoholahy ary nahita aho fa efa mby akaiky ny maraina, izany hoe tsy maintsy ho nandany iny alina manontolo iny ny fihaonanany.

“Fotoana fohy taorian’ izay dia niarina avy teo am-pandriana aho, ary toy ny mahazatra dia namonjy ireo asa fanao isan’ andro- nefa raha nanandrana ny hiasa toy ny isan’ andro; aho dia nahita fa kely ny heriko, hany ka tsy nahefa na inona na inona. Tsikaritry ny raiko izay niara-niasa tamiko fa tsy dia tsaratsara aho ka dia nasainy nody. Dia niainga aho, ary ny fikasako dia ny hody any an-trano; kanefa raha iny handeha hihoatra ny fefin’ ilay tanimboly izay nisy anay iny aho, dia nandao ahy tanteraka ny heriko, ary tsy afa-nanoatra fa dia niankarapoka tamin’ ny tany ka tsy nahatsiaro tena mihitsy aho nandritra ny fotoana fohy.

“Ny zavatra tsaroako voalohany dia ny feo niresaka tamiko, niantso ahy tamin’ ny anarako. Niandrandra aho ka tazako indray ilay iraka teo ihany nijoro teo ambonin’ ny lohako sy voahodidina hazavana toy ny teo aloha. Tamin’ izay dia naveriny tamiko indray izay rehetra efa nambarany ahy ny alina iny, ary nandidy ahy izy hankany amin-draiko mba hilaza aminy ny fahitana sy ny didy efa azoko.

“Nankatò aho, ka niverina tany amin-draiko tany an-tsaha ary namerina taminy ny zava-drehetra. Avy tamin’ Andriamanitra izany hoy ny navaliny ahy, dia niteny ahy izy ny mba handehanako sy ny hanaovako araka ny nandidian’ ilay iraka. Nandao ny saha aho ka nankany amin’ ny toerana izay efa nolazain’ ilay iraka tamiko fa ilevanan’ ireo takelaka; ary satria nazava tsara ilay fahitana efa azoko momba izany, dia fantatro ilay toerana raha vantany vao tonga tany aho.

Misy vohitra iray be velarana izay avo indrindra amin’ ireo manodidina azy eo akaikin’ ny tanàna kelin’ i Manchester, fivondronan’ i Ontario, New York. Nilevina tao amin’ ny ilany andrefan’ io vohitra io, tsy dia lavitra ny tampony, ary tao ambanin’ ny vato iray ngezabe ireo takelaka napetraka tanatin’ ny vata vato iray. Matevina io vato io ary boribory ny tampony afovoany, ary manifinify ny atỳ amin’ ny sisiny, hany ka tazana eo ambonin’ ny tany ny ampahany afovoany ary rako-try ny tany ny sisiny rehetra manodidina.

“Naka fanoitra iray aho rehefa avy nalako ny tany, ka natsofoko teo amin’ ny sisiny ambanin’ ilay vato, ary dia notsindriako kely mba hanaingako azy. Nojereko ny tao anatiny ary dia hitako tao tokoa ny takelaka, ny Orima sy ny Tomima ary ny saron-tratra, araka ny voalazan’ ilay iraka. Ny vata izay nitoerany dia narafitra tamin’ ny vato natambatambatra tamina karazana simenitra. Nisy vato roa mitsivalana tao amin’ ny fanambanin’ ilay vata, ka nipetraka teo ambonin’ ireo vato ireo ny takelaka sy ireo zavatra hafa niaraka taminy.

“Nanandrana ny namoaka azy aho, kanefa noraran’ ilay iraka izay nilaza tamiko indray fa tsy mbola tonga ny fotoana hamoahana azy sady tsy mbola ho avy izany raha tsy efa afaka efa-taona manomboka amin’ io andro io; nolazainy ahy kosa anefa ny tokony hivereneko eo

amin' izany toerana izany rehefa afaka herintaona katroka, ary hihaona amiko eo izy, ary ny mbola hanohizako izany hatrany mandrapahatongan' ny fotoana hahazoako ireo takelaka.

“Noho izany dia nankeo aho isaky ny faran' ny taona, araka ny efa nandidiany ahy, ary nahita ilay iraka teo hatrany, ary isaky ny nihaona izahay dia nandray torolalana sy fahalalana avy taminy aho momba izay handeha hataon' ny Tompo sy ny fomba hoenti-mitondra ny fanjakany amin' ny andro farany.

* * * * *

“Rehefa ela ny ela dia tonga ny fotoana ahazoako ny takelaka, ny Orima sy ny Tomima ary ny saron-tratra. Nankeo amin' ilay toerana ilevenany aho ny faharoa amby roapolon' ny volana Septambra fito amby roapolo sy valonjato sy arivo, toy ny efa mahazatra isaky ny mifarana ny taona iray, ka natolotr' ilay iraky ny lanitra ahy izany niaraka tamin' izao fepetra izao: zary tompon' antoka aminy aho, fa raha avelako ho very izany noho ny tsirambina na vokatry ny tsy fitandremako, dia hofongorana aho; fa raha manao izay tratry ny heriko rehetra kosa aho hitahirizana izany, ambara-pihaviny, izy ilay iraka, haka izany, dia tokony ho voaro izany.

“Tsy ela dia fantatro ny antony nanomezana ahy fepetra hentitra toy izany mba ho azo antoka ny fitehirizana azy, ary ny nahatonga ilay iraka hiteny fa rehefa tontosako ny zavatra angatahina amiko, dia ho avy izy hitaky azy. Satria raha vantany vao fantatra fa azoko izany, dia nampiasaina ny fanerena mahery vaika indrindra mba hanesorana azy amiko. Nampiasaina izay tetika rehetra azo foronina hanantanterahina izany. Nihanangidy sy nihamafy kokoa noho ny teo aloha ny fanenjehana, ary nanao andry maso tsy tapaka izany ny ankamaroany mba hakany azy aty amiko raha azony atao. Nefa noho ny fahendren' Andriamanitra dia tafajanona soa aman-tsara teo am-pelatanako izany mandra-pahavitako taminy izay nangatahina tamiko. Nony tonga haka izany ilay iraka, araka ny fandaminana, dia natolotro azy izany; ka efa eo ambany fitahiany izany mason' andro androany faharoan' ny volana Mey, valo amby telopolo sy valonjato sy arivo.”

Ho an' ny rakitsoratra feno dia jereo ny Tantaran' i Joseph Smith, ao amin' ny Voahangy Lafo Vidy sy ao amin' ny *History of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints* (Tantaran' ny Fianganan' i Jesoa Kristy ho an' ny olomasin' ny andro farany), boky 1, toko 1 ka hatramin' ny faha 6.

Io rakitsoratra tranainy izay nofongarina toy izany avy tao anaty tany io, toy ny feon' ny vahoaka iray miteny avy ao amin' ny vovoka, ka nadika tamin' ny fiteny ankehitriny noho ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny, araka ny fanamarinan' ny fanambaran' Andriamanitra, dia navoaka voalohany teto an-tany tamin' ny teny Anglisy, ny taona 1830 ho toy ny THE BOOK OF MORMON.

NY BOKIN' I MÔRMÔNA

Ny Bokin' i Môrmôna dia rakitsoratra masin' ny mponina tao Amerika fahizay, ary voasokitra tamin' ireo takelaka metaly. Efatra karazana ny takelaka metaly voalaza ao anatin' ny boky:

1. *Ny Takelak' i Nefia*, izay roa karazana: ny Takelaka Kely sy ny Takelaka Lehibe. Navahana manokana ho an' ny zavatra ara-panahy sy ny asa fanompoana ary ny fampianaran' ny mpaminany iretsy voalohany, fa nanoratana indrindra kosa ny tantaram-piainan' ny mponina voakasik' izany ireto faharoa (1 Nefia 9:2-4). Hatramin' ny andron' i Môsià anefa dia mirakitra ihany koa ny zavatra misongadina sy manan-danja ara-panahy ny Takelaka Lehibe.
2. *Ny Takelak' i Môrmôna*, izay famintinan' i Môrmôna ny Takelaka Lehiben' i Nefia, miaraka amin' ny fanazavana maro. Mirakitra ny fanohizan' i Môrmôna ny tantara koa izany sy ireo fanampin-tsoratra nataon' i Môrônia zanany lahy.
3. *Ny Takelak' i Etera*, izay mampahalala ny tantaran' ny Jarèdita. Nofintinin' i Môrônia io rakitsoratra io izay nanatsofohany ny fanazavany, ary natambany tamin' ny tantara ankapobeny io rakitsoratra io araka ny lohateny hoe: "Ny Bokin' i Etera."
4. *Ny Takela-barahina* izay nentin' ny olon' i Leahia avy tany Jerosalema, 600 talohan' i J.K. Ireo no nitahiry "ny boky dimin' i Mosesy . . . Ary koa ny rakitsoratra ny Jiosy hatrany am-piandohana . . . ka hatreo amin' ny fiantombohan' ny fitondran' i Zedekia, mpanjakan' i Joda; ary koa ny faminanian' ny mpaminany masina" (1 Nefia 5:11-13). Andalan-tsoratra maro avy amin' ireo takelaka ireo, izay mitanisa an' i Isaia sy ny mpaminany hafa ao anatin' ny Baiboly na tsy ao anatin' ny Baiboly, no hita ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.

Misy toko lehibe na fizarana dimy ambin' ny folo ao amin' ny Bokin' i Môrmôna fantatra amin' ny hoe boky, afa-tsy anankiray ihany, ary samy voatondro amin' ny anaran' ny mpanoratra azy avy ny tsirairay aminy. Ny ampahany voalohany (ny boky enina voalohany mifarana amin' i Ômnia) dia fandikana avy tamin' ny Takelaka Kelin' i Nefia. Eo anelanelan' ny Bokin' i Ômnia sy i Môsià dia misy teny natsofoka antsoina hoe Ny Tenin' i Môrmôna. Io teny natsofoka io no mampitohy ny rakitsoratra voasokitra tamin' ny Takelaka Kely amin' ny famintinan' i Môrmôna ny Takelaka Lehibe.

Ny ampahany lava indrindra, manomboka amin' i Môsià ka hatramin' i Môrmôna toko 7, dia fandikana ny famintinan' i Môrmôna ny Takelaka Lehiben' i Nefia. Ny ampahany farany, manomboka amin' i Môrmôna toko 8, ka hatramin' ny faran' ny boky, dia soratra nosokirin' i Môrônia, zanakalahin' i Môrmôna, izay rehefa avy namarana ny

tantaram-piainan-drainy, dia nanao ny famintinana ny rakitsoratra ny Jarèdita (na ny Bokin' i Etera) sy nanampy ireo fizarana fantatra amin' ny hoe ny Bokin' i Môrônia tatỳ aoriana.

Nandritra na tokony ho tamin' ny 421 taorian' i J.K. no namehezan' i Môrônia izay mpaminany sady mpahay tantara farany tamin' ny Nefita, ny rakitsoratra masina sy nanafenany izany ho an' ny Tompo mba hampisehoana izany amin' ny andro farany araka ny efa nampilazain' ny feon' Andriamanitra mialoha tamin' ny alalan' ireo mpaminany fahiny. Tamin' ny 1823 taorian' i J.K., dia nitsidika ny mpaminany Joseph Smith io Môrônia io ihany, izay olona natsangana tamin' ny maty, ka nanolotra azy tatỳ aoriana ireo takelaka voasokitra.

NY BOKIN' I MÔRMÔNA

<i>Anarana</i>	<i>Pejy</i>
Ny Boky Voalohan' i Nefia	1
Ny Boky Faharoan' i Nefia	70
Ny Bokin' i Jakôba	154
Ny Bokin' i Enôsa	179
Ny Bokin' i Jarôma	182
Ny Bokin' i Ômnia	185
Ny Tenin' i Môrmôna	188
Ny Bokin' i Môsià	191
Ny Bokin' i Almà	276
Ny Bokin' i Helamàna	504
Ny Boky Fahatelon' i Nefia	558
Ny Boky Fahefatr' i Nefia	636
Ny Bokin' i Môrmôna	641
Ny Bokin' i Etera	667
Ny Bokin' i Môrônia	711

NY BOKY VOALOHAN' I NEFIA

NY FITONDRANY SY NY FANOMPOANY

Tantaran' i Lehia sy i Sarià vadiny ary ny zanany efatra mirahalahy, antsoina hoe, (atomboka amin' ny zokiny indrindra) Lamàna, Lemoela, Samy ary Nefia. Mampandre an' i Lehia ny Tompo mba handao ny tanin' i Jerosalema, satria maminany amin' ny vahoaka izy ny momba ny helony ary ireo dia mitady hamono azy. Mandeha mandritra ny telo andro any an-tany foana izy sy ny fianakaviany. Mitondra ny rahalahiny i Nefia ary miverina any an-tanin' i Jerosalema haka ny rakitsoratra ny Jiosy. Ny fitantaranana ny fijaliany. Mampakatra ny zanakavavin' i Ismaela ho vady izy ireo. Mitondra ny ankohonany ary mankany an-tany foana izy ireo. Ny fijaliany sy ny fahoriany any an-tany foana. Ny fizotry ny diany. Tonga eo amin' ny rano midadasika izy ireo. Mikomy amin' i Nefia ny rahalahiny. Reseny lahatra ireo, ary amboariny ny sambo iray. Miantso ny anaran' ny toerana hoe Soafeno izy ireo. Mita ny rano midadasika hankany amin' ny tany nampanantenaina izy ireo, s.n.s. Izany dia araka ny fitantaran' i Nefia; na raha tsorina, izaho Nefia no nanoratra ity rakitsoratra ity.

TOKO 1

Nanomboka ny rakitsoratra ny olony i Nefia—Nahita andry afo tamin' ny fahitana i Lehia ary namaky tao amin' ny bokin' ny faminiana—Izy dia nidera an' Andriamanitra, nanambara mialoha ny fiavian' ny Mesia ary naminany ny fandravana an' i Jerosalema—Nenjehin' ny Jiosy izy. Tokony ho 600 talohan' i J.K.

IZAHO ^aNefia, noho izaho ^bInateraka ^cray aman-dreny ^dtsongoin' olom-bolo, dia somary ^enampianarina ahy avokoa ny fahalalan' ny raiko; ary rehefa

nahita ^ffahoriana betsaka aho tamin' ny androko, dia nahita sitraka fatratra tokoa tamin' ny Tompo ihany koa aho tamin' ny androko rehetra; eny, rehefa nandray fahalalana be momba ny hatsaram-po sy ny ^gmisterin' Andriamanitra aho, dia manao ny ^hrakitsoratra momba ny zava-bitako tamin' ny androko.

2 Eny, manao rakitsoratra amin' ny ^afitenin-draiko aho izay miompana amin' ny fahalalan' ny Jiosy sy ny fitenin' ny Egiptiana.

3 Ary fantatro fa ny rakitsoratra izay ataoko dia ^amarina; ary ataon' ny tanako ihany izany;

[1 NEFIA]

1 ^{1a} TSM Nefia, Zanakalahin' i Lehia.
^b F&F 68:25, 28.
TSM Ray Aman-dreny.
^d Ohab. 22:1.

^e Enôsa 1:1;
Môsià 1:2–3.
TSM Mampianatra.
^f TSM Fahoriana.
^g TSM Misterin' Andriamanitra.

^h TSM Soratra Masina.
^{2a} Môsià 1:2–4;
Môm. 9:32–33.
^{3a} 1 Ne. 14:30;
Môsià 1:6; Etera 5:1–3;
F&F 17:6.

ary manao izany aho araka ny fahalalako.

4 Fa ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny "taona voalohany nitondran' i ^bZedekia, mpanjakan' i Joda (i Lehia raiko dia efa nonina tao ^aJerosalema tamin' ny androny rehetra); ary tamin' io taona io ihany, dia nisy ^empaminany maro tonga naminany tamin' ny vahoaka ny tsy maintsy hibebehany, fa raha tsy izany dia tsy maintsy horavana ny tanàna lehiben' i ^fJerosalema.

5 Noho izany, ny zava-nitranga raha nandeha i ^aLehia raiko, dia nivavaka tamin' ny Tompo, eny, tamin' ny ^bfony manontolo ho an' ny olony.

6 Ary ny zava-nitranga, raha mbola nivavaka tamin' ny Tompo izy, dia nisy ^aandry afo tonga, ka nitoetra teo ambonin' ny vatolampy nanoloana azy; ary nahita sy nandre zavatra betsaka izy; ary noho ireo zavatra hitany sy reny, dia nihorohoro sy nihararetra fatratra tokoa izy.

7 Ary ny zava-nitranga dia niverina tany an-tranony ihany tany Jerosalema izy; ary niantoraka teo ambony fandriany izy, rehefa ^anentanin' ny Fanahy sy ireo zavatra izay hitany.

8 Ary rehefa nentanin' ny Fanahy toy izany izy, dia nentiny tamin' ny ^afahitana, ka dia nahita mihitsy ny ^blanitra nisokatra ary nihevitra izy fa nahita an' Andriamanitra mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianany, voahodidina andian' anjely tsy hita isa izay eo am-pihirana sy eo am-piderana an' Andriamaniny.

9 Ary ny zava-nitranga dia nahita Anankiray nidina avy teo afovoan' ny lanitra izy ka nahatazana fa ny ^afimirapiratany dia mihoatra ny an' ny masoandro amin' ny mitataovovonana.

10 Ary nahita ^aroa ambin' ny folo hafa koa izy nanaraka azy, ary ny famirapiratany dia nihoatra ny an' ireo kintana teny amin' ny habakabaka.

11 Dia nidina ireo ary nandeha tambonin' ny tany; ary ilay voalohany tamy sy nijoro nanoloana ny raiko ary nanome azy ^aboky iray sy nandidy azy ny hamakiany izany.

12 Ary ny zava-nitranga raha namaky izy dia heniky ny ^aFanahin' ny Tompo.

13 Ary namaky izy nanao hoe: Loza, lozanao ry Jerosalema, fa efa hitako ny ^afahavetavetanao! Eny, ary maro ny zavatra nova-

4a tsm Vanimpotoana—598 talohan' i J.K.

b 2 Tan. 36:10;
Jer. 52:3–5;
Ômnia 1:15.

d 1 Tan. 9:3.

e 2 Mpan. 17:13–15;
2 Tan. 36:15–16;
Jer. 7:25–26.

tsm Mpaminany.

f Jer. 26:18;
2 Ne. 1:4;

Hel. 8:20.

5a tsm Lehia, Rain' i Nefia.

b Jakoba 5:16.

6a Eks. 13:21;
Hel. 5:24, 43;

F&F 29:12;

JS—T 1:16.

7a Dan. 10:8;
1 Ne. 17:47;
Mos. 1:9–10;

JS—T 1:20.

8a 1 Ne. 5:4.

tsm Fahitana.

b Ezek. 1:1;

Asa 7:55–56;

1 Ne. 11:14;

Hel. 5:45–49;

F&F 137:1.

9a JS—T 1:16–17.

10a tsm Apostoly.

11a Ezek. 2:9.

12a F&F 6:15.

13a 2 Mpan. 24:18–20;

2 Tan. 36:14.

kian-draiko momba an' i ^bJerosalema — fa horavana izy, sy ny mponina ao aminy; maro no ho faty amin' ny sabatra, ary maro no ^ahoentina ho babo any Babylona.

14 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namaky sy nahita ireo zava-dehibe sy mahatalanjona maro ny raiko, dia nihiaka zavatra maro tamin' ny Tompo izy; toy ny hoe: Lehibe sy mahatalanjona ny asanao, ry Tompo Andriamanitra Tsitoha! Avo ny seza fiandriananao any an-danitra, ary ny herinao sy ny hatsaranao ary ny famindram-ponao dia manerana ny mponin' ny tany rehetra; ary satria feno famindram-po lanao dia tsy hamela ireo izay ^amanatona anao ho faty!

15 Ary araka izany fomba izany no fitenin-draiko tamin' ny fiderana ny Andriamaniny; fa ny fanahiny dia ravoravo tokoa, ary feno ny fony manontolo noho ny zavatra izay efa hitany, eny izay efa nasehon' ny Tompo azy.

16 Ary ankehitriny izaho Nefia dia tsy manao fitantarana feno ny zavatra izay efa nosoratan-draiko, fa efa nosoratany ny zavatra maro izay hitany tamin' ny fahitana sy tamin' ny nofy; ary efa nosoratany koa ny zavatra maro izay ^anaminiany sy noteneniny an-janany, izay tsy hanaovako fitantarana feno.

17 Nefa hanao ny fitantarana ny zava-bitako tamin' ny androko aho. Indro, ataoko ny ^afamininana ny ^brakitsoratra ny raiko eo amin' ny takelaka izay efa nataon' ny tanako ihany; noho izany, rehefa voafintiko ny rakitsoratra ny raiko vao hanao ny fitantarana ny fiainako kosa aho.

18 Noho izany, dia mba tiako ho fantatrareo fa taorian' ny nanehoan' ny Tompo zavatra mahatalanjona maro tokoa tamin' i Lehia raiko, eny, momba ny ^afandravana an' i Jerosalema, dia indro izy nandeha teo anivon' ny vahoaka ary nanomboka ^bnaminany sy nilaza taminy ny momba ny zavatra izay efa sady hitany no reny.

19 Ary ny zava-nitranga dia ^ananeso azy ny Jiosy noho ny amin' ny zavatra izay nambarany momba azy; fa nambarany marina tokoa izy ny amin' ny faharatsiany sy ny fahavetavetany; ary nambarany fa ny zavatra izay hitany sy reny ary koa ny zavatra izay novakiany tanatin' ny boky dia naneho tsotra izao ny fiavian' ny ^bMesia ary koa ny fanavotana izao tontolo izao.

20 Ary rehefa nandre ireo zavatra ireo ny Jiosy dia tezitra taminy; eny, dia tahaka ny tamin' ny mpaminany fahiny, izay efa ^anorohiny tany ivelany sy notorahany vato ary novonoiny; ary nifofo ny ainy koa izy mba

13b 2 Mpan. 23:27; 24:2;
Jer. 13:13–14;
2 Ne. 1:4.
d 2 Mpan. 20:17–18;
2 Ne. 25:10;
Ōmnia 1:15.
14a Almà 5:33–36;

3 Ne. 9:14.
16a 1 Ne. 7:1.
17a 1 Ne. 9:2–5.
b 1 Ne. 6:1–3; 19:1–6;
2 Ne. 5:29–33;
F&F 10:38–46.
18a 2 Ne. 25:9–10;

F&F 5:20.
b TSM Faminaniana.
19a 2 Tan. 36:15–16;
Jer. 25:4;
1 Ne. 2:13; 7:14.
b TSM Mesia.
20a Hel. 13:24–26.

hahazoany manala izany. Nefia indro, izaho Nefia dia haneho aminareo fa ny halehiben' ny ^bfamindram-pon' ny Tompo dia amin' ireo rehetra izay efa nofidiny, noho ny finoany, ka mam-pahery azy na dia hatrany amin' ny herin' ny fanafahana aza.

TOKO 2

Nitondra ny ankohonany nankany an-tany foana amoron' ny Ranomasina Mena i Lehia — Nandao ny fananany izy ireo — Nanatitra sorona ho an' ny Tompo i Lehia sy nampianatra ny zanany lahy mba hitandrina ny didy — Nimonomonona manohitra an-drainy i Lamàna sy i Lemoela — Nankatò sy nivavaka tamim-pahatokiana kosa i Nefia; niteny taminy ny Tompo, ary nofidiana ho mpanapaka ny rahalahiny izy. Tokony ho 600 talohan' i j,k.

Fa indro, ny zava-nitranga dia niteny tamin-draiko ny Tompo, eny, tamin' ny alalan' ny nofy izany ary nanao taminy hoe: Hotahiana ianao ry Lehia noho ny zavatra izay efa nataonao; ary satria nahatoky ianao sy nanambara tamin' ity vahoaka ity ny zavatra izay nandidiako anao, dia indro fa mitady ny "hanala ny ainao izy.

2 Ary ny zava-nitranga dia "nandidy an-draiko ny Tompo, na dia tamin' ny ^bnofy aza, ny

"hakany ny ankohonany sy hiain-gany mankany an-tany foana.

3 Ary ny zava-nitranga dia "nankatò ny tenin' ny Tompo izy, ka dia nanao araka ny nandidian' ny Tompo azy.

4 Ary ny zava-nitranga dia niainga izy hankany an-tany foana. Ary nilaozany ny tranony sy ny tany lovany, ary ny volamenany sy ny volafotsiny ary ny zava-tsarobidiny, ary tsy nitondra na inona na inona niaraka taminy izy afa-tsy ny ankohonany sy ny vatsy ary ny lay, ary dia "niainga izy hankany an-tany foana.

5 Ary nidina izy nanaraka ny sisintany akaikin' ny moron' ny "Ranomasina Mena; ary nandeha tany an-tany foana izy nanaraka ny sisin-tany izay akaiky kokoa ny Ranomasina Mena; ary izy dia nandeha tany an-tany foana niaraka tamin' ny ankohonany izay nahitana an' i Sarià reniko sy ny zokiko lahy, dia i ^bLamàna sy i Lemoela ary i Samy.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nandeha nandritra ny telo andro tany an-tany foana izy, dia nanangana ny lainy teo an-"dohasaha iray amoron' ny renirano iray.

7 Ary ny zava-nitranga dia nanangana "alitarà ^bvato izy ary nanao fanatitra ho an' ny Tompo sy nanolotra "fisaorana ho an' ny Tompo Andriamanitray.

8 Ary ny zava-nitranga dia

20b Almà 34:38;
F&F 46:15.
TSM Famindram-po.
2 1a 1 Ne. 7:14.
2a 1 Ne. 5:8; 17:44.
b TSM Nofy.

d Gen. 12:1; 2 Ne. 10:20;
Etera 1:42; Abr. 2:3.
3a TSM Mankatò.
4a 1 Ne. 10:4; 19:8.
5a 1 Ne. 16:14; F&F 17:1.
b TSM Laman.

6a 1 Ne. 9:1.
7a Gen. 12:7-8; Eks. 24:4;
Abr. 2:17.
b Eks. 20:25;
Deot. 27:5-6.
d TSM Misaotra.

nantsoiny hoe Lamàna ny anaran' ny renirano ary izany dia nivarina tany amin' ny Ranomasina Mena; ary ny lohasaha dia tao amin' ny sisin-tany nifanila tamin' ny vinany.

9 Ary nony nahita ny raiko fa ny renirano dia nivarina tany amin' ny loharanon' ny Ranomasina Mena, dia niteny tamin' i Lamàna izy hoe: Enga anie ianao ka ho tahaka ity renirano ity, hikoriana mandrakariva mankany amin' ny loharanon' ny fahamarinana rehetra!

10 Ary niteny koa tamin' i Lemoela izy hoe: Enga anie ianao ka ho tahaka ity lohasaha ity, mafy sy maharitra ary mifotra amin' ny fitandremana ny didin' ny Tompo!

11 Ankehitriny dia izany no noteneniny noho ny hamafy hatok' i Lamàna sy i Lemoela; fa indro izy ireo dia "nimonomonona tamin-javatra maro nanohitra an-^bdrainy, noho izy "olon' ny fahitana, ka efa nitondra azy ireo niala ny tanin' i Jerosalema, nandao ny tany lo-vany sy ny volamenany sy ny volafotsiny ary ny zava-tsarobidiny mba ho faty atỳ an-tany foana. Ary izany, hoy ireo, dia noho ny hadalan' ny fisain-tsainan' ny fony.

12 Ary dia toy izany no nimonomononan' i Lamàna sy i Lemoela izay zokiny indrindra, tamin-drainy. Izy ireo dia

nimonomonona, satria tsy "fantany ny fitondran' ilay Andriamanitra izay efa nahary azy ireo.

13 Tsy nino koa izy ireo fa i Jerosalema, ilay tanàna lehibe, dia azo "ravana araka ny tenin' ny mpaminany. Ary izy ireo dia tahaka ny Jiosy tao Jerosalema izay nitady ny hanala ny ain' ny raiko.

14 Ary ny zava-nitranga dia niteny taminy tao an-dohasahan' i Lemoela tamin-"kery ny raiko rehefa heniky ny Fanahy, mandra-^bpihovitrovitry ny vatan' izy ireo teo anoloany. Ary dia nataony nangaihay ireo, ka tsy sahy niteny nanohitra azy; noho izany izy ireo dia nanao araka izay nandidiany azy ireo.

15 Ary nitoetra tanaty lay ny raiko.

16 Ary ny zava-nitranga dia izaho Nefia izay mbola tena tanora tokoa dia lava ranjanana kosa, ary koa efa nanam-paniriana lehibe ny hahafantatra ny "mistry momba an' Andriamanitra, noho izany aho dia nitalaho tamin' ny Tompo; ary indro Izy tonga ^bnamangy ahy sy ^dnampahalefaka ny foko hany ka "nino ny teny rehetra izay efa nolazain-^fdraiko aho; koa tsy nikomy taminy tahaka ny rahalahiko aho.

17 Ary niteny tamin' i Samy aho, nampahafantatra azy ny zavatra izay efa nasehon' ny Tompo ahy tamin' ny alalan' ny

11a 1 Ne. 17:17.

TSM Mimonomonona.

b Ohab. 20:20.

d 1 Ne. 5:2–4.

12a Mos. 4:6.

13a Jer. 13:14; 1 Ne. 1:13.

14a TSM Hery.

b 1 Ne. 17:45.

16a TSM Misterin'

Andriamanitra.

b Sal. 8:4; Almà 17:10;

F&F 5:16.

TSM Fanambarana.

d 1 Mpan. 18:37;

Almà 5:7.

e 1 Ne. 11:5.

f TSM Ray, Mety Maty;

Mpaminany.

Fanahy Masina. Ary ny zava-nitranga dia nino ny teniko izy.

18 Nefa indro i Lamàna sy i Lemoela dia tsy te hihaino ny teniko; ary rehefa “nalahelo aho noho ny hamafin’ ny fony, dia nitalaho tamin’ ny Tompo aho ho azy ireo.

19 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko ny Tompo, nanao hoe: Hotahiana ianao ry Nefia noho ny “finoanao fa efa nika-tsaka Ahy tamim-pahazotoana tokoa ianao, niaraka tamin’ ny fietren’ ny fonao.

20 Ary, raha mbola mitandrana ny didiko ianao dia “hambinina ary hoentina mankany amin’ ny ^btany nampanantenaina iray; eny, dia any amin’ ny tany izay efa nomaniko ho anao; eny, any amin’ ny tany izay nofinidy tambonin’ ny tany hafa rehetra.

21 Ary raha mbola mikomy manohitra anao ny rahalahinao dia “hoesorina tsy ho eo anatrehan’ ny Tompo izy ireo.

22 Ary raha mbola mitandrana ny didiko ianao dia hatao “mpifehy sy mpampianatra ny rahalahinao.

23 Fa indro, amin’ izany andro izay hikomiany Amiko izany, dia “hazoniko izy ireo, dia amin’ ny ozona mafy, ka tsy hanankery amin’ ny taranakao izy ireo raha tsy hoe hikomy Amiko koa izy.

24 Ary raha toa ka mikomy Amiko izy, dia ho “karavasy ho an’ ny taranakao izy ireo, ka ^bhanaitra azy ho amin’ ny lalan’ ny fahatsiarovana.

TOKO 3

Niverina tany Jerosalema ny zana-kalahin’ i Lehia mba haka ireo takelabarahina — Nandà ny hanome ny takelaka i Labàna — Namporisika sy nampahery ny rahalahiny i Nefia — Nangalatra ny fananany i Labàna ary nanandrana ny namono azy ireo — Nikapoka an’ i Nefia sy i Samy i Lamàna sy i Lemoela ary nolevoileven’ ny anjely iray. Tokony ho 600–592 talohan’ i J.K.

ARY ny zava-nitranga, izaho Nefia, rehefa avy niresaka tamin’ ny Tompo, dia niverina tao amin’ ny lain-draiko.

2 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko izy, nanao hoe: Indro nahazo “nofy aho, ka tamin’ izany no efa nandidian’ ny Tompo ahy ny hiverenanao sy ny rahalahinao any Jerosalema.

3 Fa indro, i Labàna no manana ny rakitsoratra ny Jiosy ary koa ny “tetiara’ ny razambeko, ary voasokitra eo amin’ ny takelabarahina izany.

4 Noho izany, dia efa nandidy ahy ny Tompo ny handehananao sy ireo rahalahinao mankany an-

18a Almà 31:24;

3 Ne. 7:16.

19a 1 Ne. 7:12; 15:11.

20a Jos. 1:7;

1 Ne. 4:14;

Môsà 1:7.

^b Deot. 33:13–16;

1 Ne. 5:5; 7:13;

Mos. 7:17–18.

TSM Tany

Nampanantenaina.

21a 2 Ne. 5:20–24;

Almà 9:13–15; 38:1.

22a Gen. 37:8–11;

1 Ne. 3:29.

23a Deot. 11:28;

1 Ne. 12:22–23;

F&F 41:1.

24a Jos. 23:13;

Mpits. 2:22–23.

^b 2 Ne. 5:25.

3 2a TSM Nofy.

3a 1 Ne. 5:14.

tranon' i Labàna, ka hitadiavareo ny rakitsoratra ary hitondranareo izany midina hatraty an-tany foana.

5 Ary ankehitriny, indro fa mimonomonona ny rahalahinao, manao hoe sarotra ny zavatra izay takiako aminy; nefa, indro, tsy mitaky izany aminy aho fa didin' ny Tompo izany.

6 Noho izany dia mandehana anaka, ary hahita sitraka amin' ny Tompo ianao, satria "tsy mba nimonomonona ianao.

7 Ary ny zava-nitranga dia hoy izaho Nefia tamin-draiko: "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo, satria fantatro fa tsy manome ^bdidy ho an' ny zanak' olombelona ny Tompo raha tsy efa "nanomana lalana ho azy mba hahazoany manatontosa ny zavatra izay andidiany azy.

8 Ary ny zava-nitranga, dia faly izaitsizy tokoa ny raiko nony efa nandre ireo teny ireo, satria fantany fa efa notahian' ny Tompo aho.

9 Ary izaho Nefia sy ny rahalahiko dia nandeha tany an-tany foana niaraka tamin' ny lainay mba hiakatra any an-tanin' i Jerosalema.

10 Ary ny zava-nitranga, nony efa tafakatra tao an-tanin' i Jerosalema izahay, dia niara-nikaondoha izaho sy ny rahalahiko.

11 Ary nanao "an-tsapaka izahay — iza aminay no tokony

hiditra ao an-tranon' i Labàna. Ary ny zava-nitranga dia i Lamàna no voatendrin' ny an-tsapaka; ary niditra tao an-tranon' i Labàna i Lamàna ary niresaka taminy raha nipetraka tao an-tranony izy.

12 Ary nangatahiny tamin' i Labàna ny rakitsoratra izay voasokitra teo amin' ny takelabaraha izay nitahiry ny "tetiaran-draiko.

13 Ary indro, ny zava-nitranga dia tezitra i Labàna ary nandroaka azy hiala teo anatrehany; ary tsy tiany ny hahazoany ny rakitsoratra. Koa hoy izy taminy: Indro mpandroba ianao ary hovonoiko.

14 Nefa nandositra niala teo anatrehany i Lamàna ary niantara taminay ny zavatra izay efa nataon' i Labàna. Ary nanomboka nalahelo fatratra tokoa izahay, ary efa saika hiverina any amin-draiko any an-tany foana ny rahalahiko.

15 Nefa indro niteny taminy aho fa raha velona koa ny Tompo ary raha velona koa isika, dia tsy handeha hidina any amin-draintsika any an-tany foana raha tsy efa tontosantsika ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo antsika.

16 Noho izany dia aoka isika ho mahatoky amin' ny fitandremana ny didin' ny Tompo; koa andeha isika hidina any amin' ny tany "lovan-draintsika, satria

6a TSM Fanohanana ireo
Mpitondra ny
Fianganana.
7a 1 Sam. 17:32;
1 Mpan. 17:11–15.

TSM Finoana;
Mankatò.
b TSM Didin'
Andriamanitra.
d Gen. 18:14; Filip. 4:13;

1 Ne. 17:3, 50;
F&F 5:34.
11a Neh. 10:34; Asa 1:26.
12a 1 Ne. 3:3; 5:14.
16a 1 Ne. 2:4.

indro namela volamena sy volafotsy, ary harena isan-karazany izy. Ary izany rehetra izany no efa nataony dia noho ny ^bdidin' ny Tompo.

17 Satria fantany fa i Jerosalema dia tsy maintsy “horavana noho ny faharatsian’ ny mpoina ao.

18 Fa indro, efa “notsipahiny ny tenin’ ny mpaminany. Koa raha nitoetra teo amin’ ny tani-ny ihany ny raiko rehefa avy ^bnodidina izy handositra hiala ny tany, dia indro fa ho faty koa izy. Noho izany, dia tsy maintsy ilaina ny nandositany niala ny tany.

19 Ary indro, fahendren’ Andriamanitra ny hahazoantsika ireo “rakitsoratra ireo mba hahazoantsika mitahiry ny fitenin’ ny razantsika ho an’ ny zanatsika;

20 Ary koa mba hahazoantsika “mitahiry ho azy ny teny naloaky ny vavan’ ny mpaminany masina rehetra, izay efa natolotra azy ireny tamin’ ny alalan’ ny Fanahy sy ny herin’ Andriamanitra, hatramin’ ny niandohan’ izao tontolo izao ka hatramin’ izao fotoana ankehitriny izao.

21 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no fomba fiteny nandreseko lahatra ny rahalahiko mba ho mahatoky izy ireo amin’ ny fitandremana ny didin’ Andriamanitra.

22 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nidina nankany amin’

ny tany lovanay izahay, ka nanganoninay miaraka ny “volamenanay sy ny volafotsinay ary ny zava-tsarobidinay.

23 Ary rehefa voangonay miaraka ireo zavatra ireo dia nandeha niakatra indray izahay nankao an-tranon’ i Labàna.

24 Ary ny zava-nitranga dia niditra tao amin’ i Labàna izahay ary nangataka azy mba hanome anay ireo rakitsoratra izay voasokitra teo amin’ ny “takela-barahina, fa homenay azy kosa ny volamenanay sy ny volafotsinay ary ny zava-tsarobidinay rehetra.

25 Ary ny zava-nitranga, nony nahita ny fanananay i Labàna, ary betsaka izaitsizy tokoa izany, dia “nitsiriritra izany izy ka noroahiny hivoaka izahay ary nalefany ny mpanompony hamono anay mba hahazoany ny fanananay.

26 Ary ny zava-nitranga dia nandositra teo anoloan’ ny mpanompon’ i Labàna izahay ary voatery nandao ny fanananay, ary nianjera teo am-pelatanan’ i Labàna izany.

27 Ary ny zava-nitranga dia nandositra nankany an-tany foana izahay ary tsy nahatratra anay ny mpanompon’ i Labàna, ary niafina tao anaty lava-bato iray izahay.

28 Ary ny zava-nitranga dia tezitra tamiko sy tamin-draiko i Lamàna ary koa i Lemoela, satria nihaino ny tenin’ i Lamàna

16b 1 Ne. 2:2; 4:34.
17a 2 Tan. 36:16–20;
Jer. 39:1–9;
1 Ne. 1:13.
18a TSM Fikomiana.

b 1 Ne. 16:8.
19a Òmnia 1:17;
Mòsià 1:2–6.
20a TSM Soratra Masina—
Hotehirizina ny

Soratra Masina.
22a 1 Ne. 2:4.
24a 1 Ne. 3:3.
25a TSM Mitsiriritra.

izy. Noho izany i Lamàna sy i Lemoela dia nanao “teny henjana maro taminay zandriny lahy, ary izy ireo dia nikapoka anay na dia tamin’ ny tehina aza.

29 Ary ny zava-nitranga, raha nikapoka anay tamin’ ny tehina teo izy ireo, dia indro ny “anjin’ ny Tompo iray tonga sy nijoro teo anoloany niteny taminy, nanao hoe: Nahoana ianareo no mikapoka ny zandri-nareo lahy amin’ ny tehina? Tsy fantatrarao va fa efa nifidy azy ny Tompo ho ^bmpanapaka anareo, ary izany dia noho ny helokareo? Indro, ianareo dia handeha hiakatra indray an’ i Jerosalema, ary hatolotry ny Tompo ho eo an-tananareo i Labàna.

30 Ary rehefa avy niresaka taminay ny “anjely dia lasana.

31 Ary rehefa avy nandao anay ny anjely, dia nanomboka “nimonomonona indray i Lamàna sy Lemoela, nanao hoe: Ahoana no ahavitan’ ny Tompo manolotra an’ i Labàna ho eo an-tanantsika? Indro lehilahy mahery izy, ka afaka mibai-ko dimampolo lahy, eny, afaka mamono dimampolo lahy; koa mainka fa isika?

TOKO 4

Ny namonoan’ i Nefia an’ i Labàna, araka ny didin’ ny Tompo, ary ny nahazoany ny takela-barahina avy

eo noho ny tetikadiny—Nisafidy ny hiara-dia amin’ ny ankohonan’ i Lehia any an-tany foana i Zôrama. Tokony ho 600–592 talohan’ i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia niteny tamin’ ny rahalahiko aho, nanao hoe: Andeha isika hiakatra indray any Jerosalema ary aoka isika ho “mahatoky amin’ ny fitandremana ny didin’ ny Tompo; fa indro Izy dia mahery kokoa noho ny tany iray manontolo, ka nahoana no tsy ho ^bmahery kokoa noho i Labàna sy ny dimampolo lahiny, eny, na dia noho ireo olony an’ alinalina aza?

2 Koa andeha isika hiakatra; aoka isika ho “mahery toa an’ i ^bMosesy; fa niteny marina tokoa tamin’ ny ranon’ ny “Ranomasi-na Mena izy ary dia nisaraka ho amin’ ny andaniny sy ny ankilany izany, ary nandeha namakivaky ny razantsika, niala ny fahababoana, nandia tany maina, ary nanaraka azy ny miaramilan’ i Farao, ary rendrika tao amin’ ny ranon’ ny Ranomasina Mena izy ireo.

3 Ankehitriny indro fantatrarao fa marina izany; ary fantatrarao koa fa efa niresaka taminareo ny “anjely; koa ahoana no isalasalana-reo? Andeha isika hiakatra; afaka manafaka antsika toy ny efa nanafahany ny razantsika koa ny Tompo, ary afaka mandringana an’ i Labàna toy ny efa nandringanany ny Egyptiana Izy.

28a 1 Ne. 17:17–18.

29a 1 Ne. 4:3; 7:10.

TSM Anjely.

b 1 Ne. 2:22.

30a 1 Ne. 16:38.

31a TSM Mimonomonona.

4 1a TSM Herimpo;

Finoana.

b 1 Ne. 7:11–12.

2a Deot. 11:8.

b TSM Mosesy.

d Eks. 14:21; 1 Ne. 17:26;

Môsîà 7:19.

3a 1 Ne. 3:29–31; 7:10.

4 Ary ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo aho, dia mbola tezitra ihany izy ireo ka mbola nanohy ny fimonomononany; na dia teo aza izany, dia nanaraka ahy niakatra ihany izy ireo mandra-pahatonganay teo ivelan' ny mandan' i Jerosalema.

5 Ary alina ny andro; ary nasai-ko niafina tatỳ ivelan' ny manda izy ireo. Ary rehefa niafina izy ireo, dia izaho Nefia no nisoko niditra ny tanàna ka nandroso nankany an-tranon' i Labàna.

6 Ary "notarihin' ny Fanahy aho, tsy ^bnahafantatra mialoha ny zavatra izay tokony hataoko.

7 Na dia teo aza izany, dia nandroso aho, ary raha tonga teo akaikin' ny tranon' i Labàna aho dia nahita lehilahy iray, ary efa nianjera tamin' ny tany teo anoloako izy, satria mamon-divay.

8 Ary nony nanatona azy aho dia hitako fa i Labàna io.

9 Ary nahatazana ny "sabany aho ka notsoahiko tamin' ny fonony izany; ary ny tahony dia vita tamin' ny volamena tsy misy fangarony ary ny fanamboarana izany dia voakaly fattratra tokoa, ary hitako fa natao tamin' ny tsy tena sarobidy tokoa ny lelany.

10 Ary ny zava-nitranga dia "nitaona ahy mafy ny Fanahy ny tokony hamonoako an' i Labàna; nefa hoy aho anakampo: Tsy mbola nandatsa-dra olona

na oviana na oviana aho. Dia nitakemotra aho ary naniry ny tsy hahazoako mamono azy.

11 Ary niteny tamiko indray ny Fanahy hoe: Indro efa natolotry ny "Tompo ho eo am-pelatana-nao izy. Eny, nahafantatra koa aho fa efa nitady ny hanala ny aiko mihitsy izy; eny, ary tsy nety nihaino ny didin' ny Tompo izy; ary efa ^bnobodoiny koa ny fanananay.

12 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko indray ny Fanahy hoe: Vonoy izy fa efa natolotry ny Tompo ho eo am-pelatana-nao;

13 Indro, "mandringana ny ^bolon-dratsy ny Tompo mba hahatanteraka ny fikasany marina. "Tsaratsara kokoa ny hahafatesan' ny olona iray toy izay ny firenena no hihemotra ka ho faty ao amin' ny tsy finoana.

14 Ary ankehitriny izaho Nefia, nony efa nandre ireo teny ireo, dia nahatsiaro ny tenin' ny Tompo, izay nolazainy ahy tany an-tany foana, nanao hoe: "Raha mbola mitandrana ny ^bdidiko ny taranakao dia "hambinina any amin' ny "tany nampanantenaina izy.

15 Eny, ary noheveriko koa fa tsy afaka hitandrana ny didin' ny Tompo araka ny lalàn' i Mosesy izy, raha tsy manana ny lalàna.

16 Ary nahalala koa aho fa

6a TSM Fanahy Masina;
Fitaoman' ny Fanahy.

b Heb. 11:8.

9a 2 Ne. 5:14; F&F 17:1.

10a Almà 14:11.

11a 1 Sam. 17:41-49.

b 1 Ne. 3:26.

13a 1 Ne. 17:33-38;

F&F 98:31-32.

b TSM Faharatsiana.

d Almà 30:47.

14a Ômnia 1:6;

Môsià 2:22;

Etera 2:7-12.

b TSM Didin'

Andriamanitra.

d 1 Ne. 2:20.

e 1 Ne. 17:13-14;

Jakôba 2:12.

voasokitra teo amin' ny takelabarrahina ny "lalàna.

17 Ary ankoatra izany dia nahalala koa aho fa efa natolotry ny Tompo ho eo am-pelatanako i Labàna noho izao antony izao—dia ny mba hahazoako ny rakitsoratra araka ny didiny.

18 Koa dia nankatò ny feon' ny Fanahy aho ary nandray an' i Labàna tamin' ny volon-dohany, ary notapahiko tamin' ny "saban' ihany ny lohany hiala.

19 Ary rehefa avy notapahiko tamin' ny sabany ihany ny lohany hiala, dia nalaiko ny fitafian' i Labàna ary nasalotro ny tenako; eny, na dia ny zava-madinita tsirairay aza; ary nosikinako teo am-balahana ny fiadiany.

20 Ary rehefa avy nanao izany aho, dia nandeha nankany amin' ny tahirin' i Labàna. Ary raha nandeha hankany amin' ny tahirin' i Labàna aho, dia indro nahita ny "mpanompon' i Labàna izay nitana ny fanalahidin' ny tahiry. Ary nodidiako tamin' ny feon' i Labàna ny handehananany miaraka amiko mankany amin' ny tahiry.

21 Ary noheveriny ho i Labàna tompony aho, satria nahita ny fitafiako izy ary koa ny sabatra nosikinako teo am-balahana.

22 Ary noresahiny ahy ny momba ny loholon' ny Jiosy, noho ny fahalalany fa i Labàna tompony dia efa niaraka nivoaka tamin' izy ireo iny alina iny.

23 Ary izaho niresaka taminy dia miova tsy i Labàna.

24 Ary nolazaiko azy koa fa tokony hoentiko ny soratra voasokitra izay teo amin' ny "takelabarrahina, hankany amin' ny rahalahy zokiko any ivelan' ny manda.

25 Ary nandidy azy koa aho hanaraka ahy.

26 Ary noho ny fiheverana fa ny rahalahy ao amin' ny fiangonana no noresahiko ary izaho marina ilay Labàna izay efa novonoiko, dia nanaraka ahy izy.

27 Ary niresaka tamiko imbettsaka momba ny loholon' ny Jiosy izy, raha nandeha aho nankany amin' ny rahalahiko izay tany ivelan' ny manda.

28 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ahy i Lamàna, dia natahotra fatratra tokoa izy, ary koa i Lemoela sy i Samy. Ary nitsoaka niala teo anatrehako izy ireo, satria noheveriny ho i Labàna aho, ary efa namono ahy izy ary nitady ny hanala ny ainy koa.

29 Ary ny zava-nitranga dia niantso azy ireo aho ary izy ireo dia nandre ahy; noho izany izy ireo dia nitsahatra tsy nandositra teo anatrehako.

30 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny rahalahiko ny mpanompon' i Labàna, dia nanomboka nangovitra izy ary efa saika handositra ahy ka hiverina any an-tanànan' i Jerosalema.

31 Ary ankehitriny, satria izaho Nefia dia lehilahy vaventy tsanganana ary koa nanana "tanjaka be avy tamin' ny Tompo, dia nosamboriko ny mpanompon'

16a TSM Lalàn' i Mosesy.
18a 1 Sam. 17:51.
20a 2 Ne. 1:30.

24a 1 Ne. 3:12, 19-24;
5:10-22.
31a Mòsià 9:17;

Almà 56:56.

i Labàna ary notanako izy mba tsy handosirany.

32 Ary ny zava-nitranga dia niteny taminy aho fa raha mihaino ny teniko izy, raha velona koa ny Tompo ary raha velona koa aho, dia tahaka ny hihainoany ny teninay no hitsimbinanay ny ainy.

33 Ary niteny taminy aho ary tamin' ny "fianianana mihitsy, fa tsy tokony hatahotra izy; fa ho olon' afaka tahaka anay izy raha mandeha midina miaraka aminay any an-tany foana.

34 Ary niteny taminy koa aho, nanao hoe: Efa "nandidy antsika marina tokoa ny Tompo hanao izao zavatra izao; ka moa va isika tsy hazoto hitandrina ny didin' ny Tompo? Noho izany, raha mandeha midina any an-tany foana any amin-draikio ianao dia hanana ny anjara-toeranao eo anivonay.

35 Ary ny zava-nitranga dia nahazo hery i "Zôrama tamin' ny teny izay nataoko. Ankehitriny dia i Zôrama no anaran' ilay mpanompo; ary nampanantena izy fa handeha hidina any an-tany foana any amin-drainay. Eny, ary nianiana taminay koa izy fa hiara-honina aminay hatramin' izao.

36 Ankehitriny dia nirinay ny hijanonany miaraka aminay, noho izao antony izao, dia ny tsy hahafantaran' ny Jiosy ny momba ny fandosiranay mankany an-tany foana, fandrao hoenjehiny izahay ary haringany.

37 Ary ny zava-nitranga, nony efa "nianiana taminay i Zôrama, dia nitsahatra ny ahiahinay momba azy.

38 Ary ny zava-nitranga dia nentinay ny takela-barahina sy ny mpanompon' i Labàna ary niainga nankany an-tany foana izahay, sy nandeha hankany amin' ny lain-drainay.

TOKO 5

Naniny an' i Lehia i Sarià—Niara-paly izy ireo tamin' ny fiverenan' ny zanany lahy—Nanolotra fanatitra izy ireo—Ny firaketan' ny takela-barahina ny asa soratr' i Mosesy sy ny mpaminany—Nampahafantaran' ny takelaka fa avy amin' ny taranak' i Jôsefa i Lehia—Naminany ny momba ny taranany sy ny fitehirizana ny takelaka i Lehia. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, nony efa tafidina tany an-tany foana tany amin-drainay izahay, dia indro fa heniky ny fifaliana izy ary i "Sarià reniko koa dia faly izaitzizy tokoa, satria efa namoy fo marina tokoa ny aminay izy.

2 Satria noheveriny fa efa maty tany an-tany foana izahay; ary efa naniny an-draiko koa izy ka nilaza taminy fa izy dia olon' ny fahitana, nanao hoe: Indro efa nentinao nandao ny tany lo-vantsika izahay, ary ny zanako lahy dia tsy eo intsony, ary ho faty atỳ an-tany foana isika.

3 Dia toy izany no fomba fite-

33a TSM Fianianana.
34a 1 Ne. 2:2; 3:16.
35a 1 Ne. 16:7;

2 Ne. 5:5–6.
TSM Zôrama,
Zôramita.

37a Jos. 9:1–21; Mpito. 5:4.
TSM Fianianana.
5 1a TSM Sarià.

ny nentin-dreniko naniny andraiko.

4 Ary ny zava-nitranga dia niteny taminy ny raiko, nanao hoe: Fantatro fa "olon' ny fahitana aho; satria raha tsy nahita ny zavatr' Andriamanitra tamin' ny 'fahitana aho dia tsy ho nahalala ny hatsaram-pon' Andriamanitra fa ho nijanona kosa tao Jerosalema ary ho nia-ra-maty tamin' ny rahalahiko.

5 Nefa indro, efa nahazo fampantenana aho ny hahazo ny "tany nampantenaina izay zavatra ifaliako tokoa; eny, ary 'fantatro fa hanafaka ny zanako lahy eo am-pelatanan' i Labàna ny Tompo ary hitondra azy ireo hidina indray atỳ amintsika atỳ an-tany foana.

6 Ary araka izany fomba fiteny izany no nampaherezan' i Lehia raiko an' i Sarià reniko momba anay, raha mbola nandeha tany an-tany foana izahay niakatra tany an-tanin' i Jerosalema, haka ny rakitsoratra ny Jiosy.

7 Ary nony efa tafaverina tao an-dain-drainay izahay, dia indro fa feno ny haravoany, ary nionona ny reniko.

8 Ary niteny izy, nanao hoe: Ankehitriny dia fantatro marina tokoa fa ny Tompo no efa "nandidy ny vadiko handositra atỳ an-tany foana; eny, ary koa fantatro marina tokoa fa efa nia-

ro ny zanako lahy ny Tompo ary nanafaka azy teo am-pelatanan' i Labàna sy nanome azy hery izay nahafahany 'nanaontosa ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo azy. Ary dia araka izany fomba fiteny izany no nitenenany.

9 Ary ny zava-nitranga dia nioravoravo fatratra izy ireo ary nanolotra "fanatitra sy fanatitra odorana ho an' ny Tompo; ary nanolotra 'fisaorana ho an' Andriamanitra ny Isiraely.

10 Ary rehefa avy nanolotra fisaorana ho an' Andriamanitra ny Isiraely izy ireo, dia nalain' i Lehia raiko ny rakitsoratra izay vita sokitra tamin' ny "takelabarahina ka nodinihiny hatrany am-boalohany izany.

11 Ary nahita izy fa nirakitra ny "boky dimin' i Mosesy izany, izay nanome ny tantaran' ny nahariana izao tontolo izao ary koa ny an' i Adama sy i Eva izay ray aman-drenintsika voalohany;

12 Ary koa ny "rakitsoratra ny Jiosy hatrany am-piandohana ka hatreo amin' ny fiandohan' ny fanapahan' i Zedekia, mpanjakan' i Joda;

13 Ary koa ny faminanian' ireo mpaminany masina, hatrany mpiandohana ka hatreo amin' ny fanombohan' ny fanapahan' i "Zedekia; ary koa faminiana

4a 1 Ne. 2:11.

b 1 Ne. 1:8-13.

TSM Fahitana.

5a 1 Ne. 2:20; 18:8, 22-23.

TSM Tany

Nampantenaina.

b TSM Finoana.

8a 1 Ne. 2:2.

b 1 Ne. 3:7.

9a Môsià 2:3;

3 Ne. 9:19-20.

TSM Lalàn' i Mosesy.

b TSM Misaotra.

10a 1 Ne. 4:24, 38; 13:23.

TSM Takela-barahina.

11a 1 Ne. 19:23.

TSM Pentateoka.

12a 1 Tan. 9:1.

TSM Soratra Masina.

13a 2 Mpan. 24:18;

Jer. 37:1.

maro izay efa naloaky ny vavan' i ^bJeremia.

14 Ary ny zava-nitranga dia hitan' i Lehia raiko koa teo amin' ny "takela-barahina ny tetiaran' ny razambeny; koa fantany fa tamingan' i ^bJosefa izy; eny, dia i Josefa izay zanak' i ^dJakoba, izay ^enamidy tany Egipta, izay efa ^fnotsimbinin' ny tanan' ny Tompo mba hahazoany mitsimbina an' i Jakoba rainy sy ny ankohonany rehetra tsy ho fatin' ny mosary.

15 Ary izy ireo koa dia efa nentin' io Andriamanitra io iha-ny izay efa nitsimbina azy ireo, "niala ny fahababoana sy nivoa-ka ny tany Egipta.

16 Ary dia toy izany no nahitan' i Lehia raiko ny tetiaran' ny razambeny. Ary i Labàna koa dia tamingan' i "Josefa, noho izany izy sy ny razambeny dia efa nitahiry ny rakitsoratra.

17 Ary ankehitriny, nony nahita ireo zavatra rehetra ireo ny raiko, dia heniky ny Fanahy izy ary nanomboka naminany momba ny taranany —

18 Fa ireo takela-barahina ireo dia handeha any amin' ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra izay avy amin' ny taranany.

19 Noho izany dia nolazainy fa tsy ho levona "na oviana na oviana ireo takela-barahina ireo;

sady tsy ho vasoky ny fotoana mihitsy. Ary naminany zavatra maro momba ny taranany izy.

20 Ary ny zava-nitranga hatramin' izay dia efa nitandrina ny didy izay efa nandidian' ny Tompo anay izaho sy ny raiko.

21 Ary efa nahazo ny rakitsoratra izay efa nandidian' ny Tompo anay izahay ary efa nodinihinay izany ka hitanay fa mahaliana; eny, "sarobidy mihitsy aminay, hany ka afaka ^bnitahiry ireo didin' ny Tompo ho an' ireo zanakay izahay.

22 Noho izany dia fahendrena tao amin' ny Tompo ny nitondranay izany niaraka taminay, raha nandeha tany an-tany foana izahay hankany amin' ny tany nampanantenaina.

TOKO 6

Nanoratra momba ny zavatr' Andriamanitra i Nefia—Ny fikasan' i Nefia dia ny handresy lahatra ny olona hanatona an' Andriamanitr' i Abrahama ary hovonjena. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, izaho Nefia dia tsy manome ny tetiaran' ny razambeko eto amin' "ity fizaran' ny rakitsoratro ity; sady tsy homeko koa izany any aoriana, eo amin' ireto ^btakelaka izay

13b Ezra 1:1; Jer. 36:17–32;
1 Ne. 7:14; Hel. 8:20.

14a 1 Ne. 3:3, 12.

TSM Takela-barahina.

b 2 Ne. 3:4; Almà 10:3.

TSM Josefa,
Zanakalahin' i
Jakoba.

d TSM Jakoba,
Zanakalahin' i Isaka.

e Gen. 37:29–36.

f Gen. 45:4–5.

15a Eks. 13:17–18;

Amo. 3:1–2;

1 Ne. 17:23–31;

F&F 103:16–18; 136:22.

16a 1 Ne. 6:2.

19a Almà 37:4–5.

21a TSM Soratra Masina—

Ny hasarobidin' ny

Soratra Masina.

b 2 Ne. 25:26.

6 1a 2 Ne. 4:14–15.

b 1 Ne. 9:2.

soratako ireto; satria efa nomena ao amin' ny rakitsoratra izay efa notanan-^ddraiko izany; noho izany aho dia tsy manoratra izany eto amin' ity asa soratra ity.

2 Satria ampy ho ahy ny milaza fa tamingan' i "Josefa izahay.

3 Ary tsy dia misy lanjany ho ahy manokana ny hanaovako fitantarana feno ny zava-drehetra momba an-draiko, satria tsy ary ho voasoratra eo amin' "ireto takelaka ireto izany noho izaho mila toerana malalaka hahazoako manoratra ny zavatr' Andriamanitra.

4 Fa ny tena fikasako dia ny hahazoako "mandresy lahatra ny olona ^bhanatona ny Andriamanitr' i Abrahama sy ny Andriamanitr' i Isaka ary ny Andriamanitr' i Jakoba mba hovonjena.

5 Koa tsy hanoratra ny zavatra izay "mahafinaritra izao tontolo izao aho, fa ny zavatra kosa izay mahafaly an' Andriamanitra sy ireo izay tsy an' izao tontolo izao.

6 Koa handidy ny taranako aho ny tsy hamenoany ireo takelaka ireo amin' ny zavatra izay tsy manan-danja ho an' ny zanak' olombelona.

TOKO 7

Niverina tany Jerosalema ireo zanakalahin' i Lehia ary nanasa an' i Ismaela sy ny ankohonany mba hiara-dia aminy—Nikomy i

Lamàna sy ny hafa—Namporisika ny rahalahiny i Nefia mba hanampinoana ny Tompo—Nafatotr' izy ireo tamin' ny tady izy ary notefehiny ny hamono azy—Ny herin' ny finoana no nahafaka azy—Nangataka famelana ny rahalahiny—Nanolotra fanatitra sy fanatitra odorana i Lehia sy ny mpiaradia aminy. Tokony ho 600-592 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, dia mba tiako ny hahafantaranareo fa rehefa avy namarana ny "faminianany momba ny taranany i Lehia raiko, ny zava-nitranga dia mbola niteny taminy indray ny Tompo, nilaza fa tsy tsara ho azy, Lehia, ny hitondrany ny ankohonany samirery any an-tany foana; fa tokony hampakatra ^btovovavy ho "vadiny ny zanany lahy mba hahazoany manangana taranaka ho an' ny Tompo any amin' ny tany nampanantenaina.

2 Ary ny zava-nitranga dia "nandidy azy ny Tompo ny hampiverina anay, izaho Nefia sy ireo rahalahiko, any an-tanin' i Jerosalema ary hitondranay an' i Ismaela sy ny ankohonany midina aty an-tany foana.

3 Ary ny zava-nitranga dia nandeha "indray nankany antany foana izaho Nefia niaraka tamin' ny rahalahiko mba nandeha hiakatra any Jerosalema.

4 Ary ny zava-nitranga dia nandeha niakatra tao an-tranon'

1d 1 Ne. 1:16-17; 19:1-6.

2a 1 Ne. 5:14-16.

3a Jakôba 7:27;

Jarôma 1:2, 14;

Omnia 1:30.

4a Jao. 20:30-31. Jereo pejin-dohatenin' ny Bokin' i Môrmôna.

b 2 Ne. 9:41, 45, 51.

5a 1 Tes. 2:4; TiM 1:4.

7 1a 1 Ne. 5:17-19.

b 1 Ne. 16:7.

d TSM Fanambadiana.

2a 1 Ne. 16:7-8.

3a 1 Ne. 3:2-3.

i Ismaela izahay ary nahita sitra-ka teo imason' i Ismaela izahay hany ka nolazainay azy ny tenin' ny Tompo.

5 Ary ny zava-nitranga dia nalefaka ny fon' i Ismaela ary koa ny an' ny ankehonany ny Tompo ka niara-nandeha nidi-na taminay tany an-tany foana izy ireo hankany amin' ny lain-drainay.

6 Ary ny zava-nitranga, raha mbola nandeha tany an-tany foana izahay, dia indro i Lamàna sy i Lemoela ary ny zanakavavin' i Ismaela roa sy ny "zanakalahin' i Ismaela roa ary ny ankehonany dia nikomy nanohitra anay; eny, nanohitra ahy Nefia sy i Samy, ary i Ismaela rainy izy ireo sy ny vadiny, ary ny zana-ny vavy telo hafa.

7 Ary ny zava-nitranga, tamin' izany fikomiana izany, dia naniry ny hiverina any an-tanin' i Jerosalema izy ireo.

8 Ary ankehitriny, noho izaho Nefia "nalahelo noho ny hamafin' ny fony, dia niteny taminay aho, eny na dia tamin' i Lamàna sy tamin' i Lemoela aza, nanao hoe: Indro, rahalahiko sady zokiko ianareo, kanefa nahoana no dia mafy fatratra ny ao amponareo ary jamba izaitsizy ny ao an-tsainareo, ka mila ahy zandrinareo lahy ianareo mba hiteny anareo, eny, ary hanome ohatra anareo?

9 Nahoana no tsy mba nihaino ny tenin' ny Tompo ianareo?

10 Ahoana no "nanadinoanareo fa efa nahita anjelin' ny Tompo iray ianareo?

11 Eny, ahoana no nanadinoanareo ny mahalehibe ny zavatra izay efa nataon' ny Tompo tamintsika, tamin' ny "nanafahany antsika teo an-tanan' i Labàna ary koa ny nahazoantsika ny rakitsoratra?

12 Eny, ahoana no efa nanadinoanareo fa ny Tompo dia mahay manao ny "zavatra rehetra ho an' ny zanak' olombelona, araka ny sitrapony, raha toa ka mampihatra ny ^bfinoany Azy izy? Noho izany, aoka isika ho mahatoky Aminy.

13 Ary raha toa ka mahatoky Aminy isika dia ho azontsika ny "tany nampanantenaina; ary ho fantatrareo amin' ny fotoana ho avy fa tsy maintsy ho tanteraka ny tenin' ny Tompo momba ny ^bfandravana an' i Jerosalema; fa tsy maintsy ho tanteraka ny zavatra rehetra izay efa nolazain' ny Tompo momba ny fandravana an' i Jerosalema.

14 Fa indro, mitsahatra tsy hiara-miady aminy ny Fanahin' ny Tompo ato ho ato; satria, indro, efa "notsipahiny ny mpaminany ary i ^bJeremia efa naidiny an-tranomaizina. Ary efa notadiaviny ny hanala ny ^dain' ny

6a 2 Ne. 4:10.
8a Almà 31:2;
Mos. 7:41.
10a Deot. 4:9;
1 Ne. 3:29; 4:3.
11a 1 Ne. 4.
12a 1 Ne. 17:50;

Almà 26:12.
b 1 Ne. 3:7; 15:11.
13a 1 Ne. 2:20.
tsm Tany
Nampanantenaina.
b 2 Mpan. 25:1-21;
2 Ne. 6:8; 25:10;

Ômnia 1:15;
Hel. 8:20-21.
14a Ezek. 5:6;
1 Ne. 1:18-20; 2:13.
tsm Fikomiana.
b Jer. 37:15-21.
d 1 Ne. 2:1.

raiko, hany ka efa noroahany izy hiala ny tany.

15 Ankehitriny indro lazaiko aminareo fa raha miverina any Jerosalema ianareo dia ho faty miaraka aminy koa. Ary ankehitriny, raha manan-tsafidy ianareo, dia mandehana miakatra ny tany ary tsarovy ny teny izay nolazaiko taminareo, fa raha mankany ianareo dia ho faty koa; fa izany no itaoman' ny Fanahin' ny Tompo ahy mba hoteneniko.

16 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia, rehefa avy nilaza ireo teny ireo tamin' ny rahalahiko dia tezitra tamiko izy ireo. Ary ny zava-nitranga dia nosamboriny aho, fa indro tezitra izaitsizy izy ireo, ary "nafatony tamin' ny tady, satria notadiaviny ny hanala ny aiko sy ny hahazoana mamela ahy aty an-tany foana hoviravirain' ny bibidia.

17 Nefa ny zava-nitranga dia nivavaka tamin' ny Tompo aho, nanao hoe: Tompo ô, araka ny finoako izay ao Aminao dia lanao anie hanafaka ahy eo antanan' ny rahalahiko; eny, omeo hery aho hahazoako "manapata-paka ireto tady izay ifatorako ireto.

18 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo aho, dia indro nivaha niala ny tanako sy ny tongotro ny fatotra ary nitsangana teo anoloan' ny rahalahiko aho ary niteny taminy indray.

19 Ary ny zava-nitranga dia tezitra tamiko indray izy, ary

nitady ny hisambotra ahy; nefa indro, nitalahoan' ny "zanakavavin' i Ismaela iray, eny, mba-min-dreniny sy ny zanakahin' i Ismaela iray ny rahalahiko, hany ka nihanalefaka ny fony; ary dia natsahany ny fiezahana hanala ny aiko.

20 Ary ny zava-nitranga dia feno alahelo izy ireo, noho ny faharatsiany, hany ka niankohoka teo anoloako sy nitalaho ahy mba hamelako azy ireo tamin' ny zavatra izay efa nataony tamiko.

21 Ary ny zava-nitranga dia "namela azy ireo tsy an-kifonofono aho tamin' izay rehetra efa nataony sy namporisika azy ireo mba hivavahany amin' ny Tompo Andriamaniny ho famelana ny helony. Ary ny zava-nitranga dia nataony izany. Ary nony efa vita ny vavaka nataony tamin' ny Tompo, dia nanohy indray ny dianay nankany amin' ny lain-drainay izahay.

22 Ary ny zava-nitranga dia nidina nankany amin' ny lain-drainay izahay. Ary nony efa tafidina tany amin' ny lain-drainay izaho sy ny rahalahiko ary ny mpianakavin' i Ismaela rehetra, dia nanolotra "fisaorana ho an' ny Tompo Andriamaniny izy ireo; ka nanolotra fanatitra sy ^bfanatitra odorana ho Azy izy ireo.

TOKO 8

Nahita ny hazon' aina tamin' ny fahitana i Lehia—Nihinana tamin'

16a 1 Ne. 18:11–15.
17a Almà 14:26–28.

19a 1 Ne. 16:7.
21a TSM Mamela.

22a TSM Misaotra.
b 1 Ne. 5:9.

ny voany izy ary naniry ny hanaovan' ny ankohonany torak' izany koa—Nahita anja-by, lalana ety sy tery ary zavon' ny haizina izay mandrakotra ny olona izy—Nihinana tamin' ny voany i Sarià sy i Nefia ary i Samy, fa nandà kosa i Lamàna sy i Lemoela. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia efa nangoninay miaraka izay rehe-tra mety ho ambioka araka ny karazany avy, na ny voa isaky ny karazany avy izany, na koa ny voan' ny hazo fihinam-boa isaky ny karazany avy.

2 Ary ny zava-nitranga dia niteny taminay ny raiko, raha mbola nonina tany an-tany foana izy, nanao hoe: Indro, “nahazo nofy aho; na raha tsorina, nahita^b fahitana aho.

3 Ary indro noho ny zavatra izay hitako dia misy antony maharavoravo ahy ao amin' ny Tompo noho ny amin' i “Nefia ary koa ny amin' i Samy; fa manana antony aho iheverako fa ireo, ary koa ny maro amin' ny taranany dia hovonjena.

4 Nefa indro, matahotra izaitzizy tokoa aho noho ny aminareo ry “Lamàna sy i Lemoela; fa indro nihevitra aho ho nahita tany foana maizina sy mahonena tanatin' ny nofiko.

5 Ary ny zava-nitranga dia nahita lehilahy iray aho, ary nanao

“akanjo fotsy izy; ary avy izy ary nijoro teo anoloako.

6 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko izy ary nasainy nanaraka azy aho.

7 Ary ny zava-nitranga, raha nanaraka azy aho, dia nahita ny tenako, fa tao amin' ny tany ngazana maizina sy mahonena aho.

8 Ary rehefa avy nandeha nandritra ny ora maro tanatin' ny haizina aho, dia nanomboka nivavaka tamin' ny Tompo mba “hamindrany fo amiko, araka ny hamaroan' ny halehiben' ny famindram-pony.

9 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nivavaka tamin' ny Tompo aho, dia nahatazana “saha iray malalaka sy midadasika.

10 Ary ny zava-nitranga, dia nahatazana “hazo iray aho, izay mampilendalenda ny^b voany ka mahasambatra ny olona.

11 Ary ny zava-nitranga, dia nanatona aho ka nihinana tamin' ny “voany; ary nahita aho fa tena mamy izany, manoaatra noho izay rehetra efa nandramako hatramin' izay. Eny, ary nahita aho fa fotsy ny voany, manoaatra noho ny^b hafotsiana rehetra izay efa hitako hatramin' izay.

12 Ary raha nihinana tamin' ny voany aho, dia nofenoiny “fifaliana mitafotafo tokoa ny fanahiko; koa nanomboka^b nangetaheta aho ny mba hihinanan'

8 2a TSM Nofy;
Fanambarana.
b 1 Ne. 10:17.
TSM Fahitana.
3a 1 Ne. 8:14–18.
4a 1 Ne. 8:35–36.

5a JS—T 1:30–32.
8a TSM Famindram-po.
9a Mat. 13:38.
10a Gen. 2:9;
Fan. 2:7; 22:2;
1 Ne. 11:4, 8–25.

TSM Hazon' Aina.
b Almà 32:41–43.
11a Almà 5:34.
b 1 Ne. 11:8.
12a TSM Fifaliana.
b Almà 36:24.

ny ankohonako amin' izany koa; satria nahalala aho fa "mampilendalenda lavitra noho ny voankazo hafa rehetra izany.

13 Ary raha nanopy ny masoko manodidina aho, fa angamba mba mety ho hitako koa ny ankohonako, dia nahita "renirano iray aho; ary nikoriana izany ary teo akaikin' ilay hazo izay nihinanako ny voany.

14 Ary nijery aho mba hahitako izay fiaviany; ary nahita aho fa tsy dia lavitra loatra ny loharanony; ary teo amin' ny loharanony no nahatazanako an' i Sarià reninareo sy i Samy ary i Nefia; ary nijoro teo izy ireo toy ny tsy nahafantatra izay tokony halehany.

15 Ary ny zava-nitranga dia nohohaiko tanana izy ireo; ary nolazaiko azy ireo koa tamin' ny feo avo fa tokony hanatona ahy izy ireo ary hihinana amin' ny voankazo izay mampilendalenda lavitra noho ny voankazo hafa rehetra.

16 Ary ny zava-nitranga dia nanatona ahy izy ireo ary nihinana tamin' ny voankazo koa.

17 Ary ny zava-nitranga dia naniry aho ny mba hanatonan' i Lamàna sy i Lemoela ka hihinanany amin' ny voankazo koa; noho izany dia nanopy ny masoko teny amin' ny loharano aho fa angamba mba mety hahita azy ireo.

18 Ary ny zava-nitranga dia

nahita azy ireo aho, kanefa "tsy te hanatona ahy izy ireo hihinana amin' ny voankazo.

19 Ary nahatazana "anja-by iray aho, ary izany dia nitohy nanaraka ny moron' ny renirano, sy nitondra nankeo amin' ny hazo izay nijoroako teo anilany.

20 Ary izaho koa nahatazana lalana iray "ety sy tery izay nanaraka ny anja-by hatreo amin' ny hazo izay nijoroako teo anilany; ary izany koa dia nitondra teo akaikin' ny loharano, nankamin' ny ^bsaha malalaka sy midadasika miova tsy ny tontolo iray.

21 Ary nahita andian' olona tsy hita isa aho, ka ny maro taminy dia nibosesika mba hahazoany mihazo ny "lalana izay nitondra nankeo amin' ny hazo izay nijoroako teo anilany.

22 Ary ny zava-nitranga dia nandroso ireo ary nandray ny lalana izay nitondra nankeo amin' ny hazo.

23 Ary ny zava-nitranga dia nisy "zavon' ny haizina tonga; eny, dia zavon' ny haizina matovina izaitsizy tokoa hany ka very lalana ireo izay vao namboka ny diany, ka nirenireny ary very.

24 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny hafa nibosesika hatrany aho, ary nandroso hatrany izy ary namikitra ny tendron' ny anja-by; ary dia nibosesika hatrany izy, namakivaky ilay zavon' ny haizina, nihazona tamin'

12d 1 Ne. 15:36.
13a 1 Ne. 12:16–18;
15:26–29.
18a 2 Ne. 5:20–25.
19a Sal. 2:9;

Fan. 12:5;
DJS, Fan. 19:15;
1 Ne. 8:30; 11:25;
15:23–24.
20a Mat. 7:14;

2 Ne. 31:17–20.
b Mat. 13:38.
21a TSM Lalana.
23a 1 Ne. 12:17; 15:24.

ny anja-by na dia mandra-pahatongany ka nihinanany tamin' ny "voan' ny hazo aza.

25 Ary rehefa avy nihinana tamin' ny voan' ny hazo izy dia nanopy ny masony manodidina toy ny "menatra.

26 Ary nanopy ny masoko manodidina koa aho ka nahatazana terỳ ampitan' ny renirano, trano iray mijoalajoala sy "malalaka; ary izany dia nijoro miova tsy ny eny amin' ny habakabaka avo ambonin' ny tany.

27 Ary feno olona ilay trano, na antitra izany na tanora, na lahy na vavy; ary miratra fatra tokoa ny fomba fitafiany; ary nanao "fihetsika fanesoana ireo no sady nanondro tamin' ny rantsantanany ireo izay efa tonga ka nihinana tamin' ny voan' ny hazo.

28 Ary rehefa avy "nanandra-na tamin' ny voan' ny hazo izy dia nanjary ^bmenatra noho ireo izay namingavinga azy; ary dia "nianjera tany amin' ny lalana voarara izy ka very.

29 Ary ankehitriny, izaho Nefia dia tsy mitatitra ny "teny rehetra nataon' ny raiko.

30 Fa raha afohezina ny fanorantana, dia indro nahita valalabemandry hafa nibosesika hatrany izy; ary tonga ireo ary namikitra tamin' ny tendron' ny "anja-by; ary ireo dia nibosesika hatrany, nihazona mafy ny anja-by man-

dra-pahatongany sy nandohalihany ary nihinanany tamin' ny voan' ny hazo.

31 Ary nahita "valalabemandry hafa izy izay nitsapatsapa ny lalan-kalehany mankeny amin' ilay trano mijoalajoala sy malalaka ihany koa.

32 Ary ny zava-nitranga dia betsaka no rendrika tao amin' ny halalin' ny "loharano; ary maro no tsy hitan' ny masony fa nirenireny tamin' ny lalana hafahafa.

33 Ary sesehena ny valalabemandry niditra io trano hafahafa io. Ary rehefa tafiditra io trano io ireo dia "nanondro ahy sy ireo izay nihinana tamin' ny voan' ny hazo koa, tamin' ny rantsan-tanana mamingavinga; nefa tsy noraharahainay izy ireo.

34 Izaon' ny tenin-draiko: Fa izay rehetra "nihaino azy ireo dia efa lavo.

35 Ary tsy nihinana tamin' ny voan' ny hazo i "Lamàna sy i Lemoela, hoy ny raiko.

36 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny rehetra mikasika ny nofiny na ny fahitan' ny izay maro tokoa ny raiko, dia niteny taminay izy noho ireo zavatra hitany tamin' ny fahitan' ny, fa natahotra izaitsizy tokoa izy ny amin' i Lamàna sy i Lemoela; eny, natahotra izy fandrao dia horoahina hiala tsy ho eo anatrehan' ny Tompo izy ireo.

24a 1 Ne. 8:10–12.

25a Roma. 1:16;

2 Tim. 1:8;

Almà 46:21;

Môrm. 8:38.

26a 1 Ne. 11:35–36; 12:18.

27a TSM Fiavonavonana.

28a 2 Pet. 2:19–22.

b Mar. 4:14–20; 8:38;

Lio. 8:11–15;

Jaon. 12:42–43.

d TSM Apôstazia.

29a 1 Ne. 1:16–17.

30a 1 Ne. 15:23–24.

31a Mat. 7:13.

32a 1 Ne. 15:26–29.

33a TSM Fanenjehana.

34a Eks. 23:2.

35a 1 Ne. 8:17–18;

2 Ne. 5:19–24.

37 Ary izy dia namporisika azy ireo, araka ny fihetsehampon' ny "ray be fiantra, mba hihainoany ny teniny fandrao mba ho feno famindram-po aminy ihany ny Tompo, ka tsy horoahina hiala izy ireo; eny, nitory taminy ny raiko.

38 Ary rehefa avy nitory taminy izy ary koa naminany zavatra maro taminy, dia nentaniny izy ireo hitandrina ny didin' ny Tompo; ary dia nitsahatra tsy niteny taminy izy.

TOKO 9

Nanao rakitsoratra roa karazana i Nefia—Samy antsoina hoe ny takelak' i Nefia ny tsirairay avy aminy—Nirakitra ny tantarampiainana an-davanandro ny takelaka lehibe; namaofivaofy indrindra kosa ny momba ny zava-masina ny takelaka madinika. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ireo zavatra rehetra ireo dia hitan-draiko ary reny sy nolazainy, raha nonina tao anaty lay izy, tao an-^adohasahan' i Lemoe-la, ary miampy zava-maro hafa koa, izay tsy azo soratana eto amin' ireto takelaka ireto.

2 Ary ankehitriny, toy izay efa nolazaiko momba ireto takelaka ireto, dia indro tsy ireto no "takelaka izay anaovako fitantarana feno momba ny tantaran' ny oloko; fa ny takelaka izay

eo aminy no anaovako ny fitantarana feno ny amin' ny oloko, dia efa nomeko ny anarana hoe Nefia; noho izany, dia nantsoiko hoe ny takelak' i Nefia ireo, araka ny anarako ihany; ary ireto takelaka ireto koa dia antsoina hoe ny takelak' i Nefia.

3 Na dia eo aza izany, dia efa nahazo didy tamin' ny Tompo aho hanao ireto takelaka ireto noho izao "antony manokana izao: dia ny mba hisian' ny fitantarana amin' ny alalan' ny sokitra ny ^basa fanompoan' ny oloko.

4 Eo amin' ny takelaka hafa no tokony hosokirina ny tantaran' ny fitondran' ny mpanjaka sy ny ady ary ny fifandirana teo amin' ny oloko; noho izany dia miompana amin' ny asa fanompoana ny ankamaroany amin' ireto takelaka ireto; ary ireo "takelaka hafa kosa dia miompana amin' ny fitondran' ny mpanjaka sy ny ady ary fifandirana teo amin' ny oloko ny ankamaroany.

5 Noho izany, dia efa nandidy ahy ny Tompo hanao ireto takelaka ireto noho ny "fikasana hendry ao Aminy, dia fikasana izay tsy fantatro.

6 Nefa ny Tompo "mahafantatra ny zavatra rehetra hatrany am-piandohana; noho izany, manomana lalana Izy mba hanantanterahana ny asany rehetra eo anivon' ny zanak' olombelona;

37a TSM Fianakaviana;
Ray Aman-dreny.

9 1a 1 Ne. 2:4–6, 8,
14–15; 16:6.

2a 1 Ne. 19:2, 4;
Jakôba 3:13–14;

TiM 1:2–11;
F&F 10:38–40.
TSM Takelaka.

3a F&F 3:19.

b 1 Ne. 6:3.

4a Jakôba 1:2–4;

TiM 1:10.

5a 1 Ne. 19:3; TiM 1:7;

Almà 37:2, 12, 14.

6a 2 Ne. 9:20; F&F 38:2;

Mos. 1:6, 35.

TSM Heni-pahalalana.

fa indro, manana ny ^bhery rehetra Izy hanatontosana ny teniny rehetra. Ary dia toy izany no izy. Amena.

TOKO 10

Naminany i Lehia fa ny Jiosy dia hoentin' ny Babyloniana ho babo—Nolazainy ny amin' ny hiavian' ny Mesia iray, ny Mpamonjy, ny Mpanavotra eo anivon' ny Jiosy—Nolazain' i Lehia koa ny fiavin' ilay hanao batisa ny Zanakondrin' Andriamanitra—Nolazain' i Lehia ny amin' ny fahafatesana sy ny fitsanganan' ny Mesia amin' ny maty—Nampitahainy tamin' ny hazo oliva iray ny fielezan' i Isiraely sy ny fanangonana azy indray—Niteny ny momba ny Zanak' Andriamanitra, ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny ilana ny fahamarihana i Nefia. Tokony ho 600-592 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, izaho Nefia dia miroso amin' ny fitantarana eo amin' "ireto takelaka ireto ny amin' ny zava-bitako sy ny fitondrako ary ny asa fanompoako; noho izany, ho firosoana amin' ny tantarako ihany, dia tsy maintsy somary miteny ihan'ny aho ny momba ny zavatra ny raiko, ary koa ny momba ny rahalahiko.

2 Fa indro ny zava-nitranga,

rehefa avy namarana ny filazan' ny teny momba ny "nofiny ny raiko, ary koa momba ny famporisihana azy ireo ho amin' ny fahazotoana rehetra, dia niresaka ny momba ny Jiosy taminy izy—

3 Fa aorian' ny handravana azy ireo, dia ny tanàna lehiben' i "Jerusalemia izany, ary maro no ^bhoentina ho babo any ^dBabylona, amin' ny fotoana voatendrin' ny Tompo, dia "hiverina indray izy ireo, eny, hoentina miverina hiala ny fahababoana; ary rehefa hoentina miverina hiala ny fahababoana izy ireo dia hizaka ny tany lovany indray.

4 Eny, "eninjato taona taorian' ny nandaozan-draiko an' i Jerosalema, dia hanangana ^bmpaminany iray eo anivon' ny Jiosy ny Tompo Andriamanitra—dia ny "Mesia izany, na raha lazaina amin' ny teny hafa, ny Mpamonjy izao tontolo izao.

5 Ary niresaka koa izy momba ny mpaminany, fa maro tokoa no efa ^dnanambara ireo zavatra ireo, ny momba ity Mesia ity izay noresahiny, na ity Mpanavotra izao tontolo izao ity.

6 Noho izany, dia tao amin' ny toetry ny fahaverezana sy ny "fahalavoana ny olombelona rehetra, ary ho tafatoetra tao mandrakariva izy raha tsy niantehitra tamin' Ilay Mpanavotra.

6b Mat. 28:18.

10 1a 1 Ne. 9:1-5;

19:1-6;

Jakôba 1:1-4.

2a 1 Ne. 8.

3a Est. 2:6; 2 Ne. 6:8;

Hel. 8:20-21.

b 2 Ne. 25:10.

tsm Vanimpotoana—587 B.C.

d Ezek. 24:2; 1 Ne. 1:13;

Ômnia 1:15.

e Jer. 29:10; 2 Ne. 6:8-9.

4a 1 Ne. 19:8;

2 Ne. 25:19;

3 Ne. 1:1.

b 1 Ne. 22:20-21.

d tsm Mesia.

5a Jakôba 7:11;

Môsîà 13:33;

Hel. 8:19-24;

3 Ne. 20:23-24.

6a tsm Fahalavoan' i

Adama sy i Eva.

7 Ary niteny koa izy ny momba ny "mpaminany izay tokony ho avy mialohan' ny Mesia mba hamboatra ny lalan' ny Tompo—

8 Eny, dia handeha izy ka hiantso any an-tany foana hoe: "amboary ny lalan' ny Tompo ary ataovy mahitsy ny lalan-kalehany; fa eto aminareo misy anankiray izay tsy fantatrareo; ary mahery noho izaho Izy ka tsy mendrika hamaha ny fehin-kapany akory aho. Ary betsaka no nolazain-draiko momba izany zavatra izany.

9 Ary nolazain' ny raiko fa hanao batisa ao "Betabarà, ampitan' i Jordana izy; ary nolazainy koa fa hanao ^bbatisa amin' ny rano izy; eny, hataony batisa amin' ny rano na dia ny Mesia aza.

10 Ary rehefa avy nanao batisa ny Mesia tamin' ny rano izy, dia hahita ary ho vavolombelona hanambara fa efa nataony batisa ny "Zanakondrin' Andriamanitra, izay hanaisotra ny fahotan' izao tontolo izao.

11 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo ny raiko, dia niresaka tamin' ny rahalahiko izy ny momba ny filazantsara izay hotoriana any anivon' ny Jiosy, ary koa ny momba ny "fihemoran' ny Jiosy

ao amin' ny ^btsy finoany. Ary rehefa "novonoiny ny Mesia, izay tokony ho avy, ary taorian' ny namonoana Azy, dia "hitsangana amin' ny maty Izy ary haneho ny tenany amin' ny Jentilisa, amin' ny alàlan' ny ^fFanahy Masina.

12 Eny, niresaka betsaka tokoa ny raiko ny momba ny Jentilisa sy ny momba ny mpianakavin' i Isiraely koa, fa ireo dia tokony hampitahaina amin' ny hazo "oliva anankiray izay hotapahina ny rantsany ka ^bhaely patrana eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany.

13 Noho izany, hoy izy, dia tsy maintsy ilaina ny hitondrana antsika miaraka hankany amin' ny "tany nampanantenaina, hahatanteraka ny tenin' ny Tompo, fa isika dia haely patrana eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany.

14 Ary rehefa avy naely patrana ny mpianakavin' i Isiraely dia "hargonina miaraka indray; na, raha fintinina, rehefa avy nandray ny fahafenoan' ny filazantsara ny ^bJentilisa, ny sampa-na voajanaharin' ny hazo "oliva, na ny sisa tavela amin' ny mpianakavin' i Isiraely, dia hatao grefy, na ho tonga amin' ny fahalalana ny tena Mesia, Tompony sy Mpanavotra azy.

7a 1 Ne. 11:27;

2 Ne. 31:4.

8a Isa. 40:3; Mat. 3:1-3.

9a Jao. 1:28.

b TSM Jaona Mpanao Batisa.

10a TSM Zanakondrin' Andriamanitra.

11a Jakôba 4:14-18.

b Môrm. 5:14.

d TSM Jesoa Kristy; Fanomboana.

e TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

f TSM Fanahy Masina.

12a Gen. 49:22-26;

1 Ne. 15:12;

2 Ne. 3:4-5;

Jakôba 5; 6:1-7.

TSM Hazo Oliva;

Tanimbolin' ny

Tompo.

b 1 Ne. 22:3-8.

TSM Isiraely—Ny

fampielezana ny Isiraely.

13a 1 Ne. 2:20.

TSM Tany

Nampanantenaina.

14a TSM Isiraely—Ny

fanangonana ny

Isiraely.

b 1 Ne. 13:42;

F&F 14:10.

d Jakôba 5:8, 52, 54, 60, 68.

15 Ary araka izany fomba fiteny izany no nentin-draiko naminany sy niresaka tamin' ny rahalahiko, ary zavatra maro hafa koa izay tsy soratako eto amin' ity boky ity; satria efa nanoratra izay rehetra nilaiko tamin' aho, tao amin' ny "bokiko hafa.

16 Ary ireo zavatra rehetra izay efa nolazaiko ireo dia nitranga raha mbola nonina tanaty lay ny raiko, tao an-dohasahan' i Lemoela.

17 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia, rehefa nandre ny "tenin-draiko rehetra momba ny zavatra izay hitany tamin' ny ^bfahitana, ary koa ny zavatra izay nolazainy tamin' ny herin' ny Fanahy Masina, izay hery noraisiny noho ny finoana ny Zanak' Andriamanitra—ary ny Zanak' Andriamanitra dia ny "Mesia izay ho avy—izaho Nefia dia naniry koa mba hahita sy handre ary hahalala ny amin' ireo zavatra ireo, amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina izay "fanomezan' Andriamanitra ho an' ireo rehetra izay mitady Azy ^famim-pahazo-toana tokoa na tamin' ny andro ^gfahiny izany na amin' ny fotoana izay hanehoany ny tenany amin' ny zanak' olombelona.

18 Fa Izy ilay "tsy miova omaly

sy anio ary mandrakizay; ary efa voaomana ny lalana ho an' ny olona rehetra, hatry ny fanorenana izao tontolo izao, raha toa ka mibebaka izy ary manatona Azy.

19 Fa izay mitady amim-pahazo-toana tokoa no hahita; ary hovelabelarina aminy amin' ny alalan' ny herin' ny "Fanahy Masina ny ^bmistery momba an' Andriamanitra, na amin' izao fotoana ankehitriny izao izany tahaka ny tamin' ny fahagolan-tany, ary na tamin' ny fahagolan-tany izany tahaka ny amin' ny fotoana ho avy; koa ny ^dlalan' ny Tompo dia hodina mandrakizay.

20 Koa tsarovy, ray olona, fa hoentina "hotsaraina ianareo noho ny ataonareo rehetra.

21 Noho izany, raha nikatsaka ny hanao ratsy ianareo tamin' ny andro "fizahan-toetra anareo, dia hita ho ^btsy madio ianareo amin' izany eo anoloan' ny toeram-pitsaran' Andriamanitra; ary ny zavatra tsy madio dia tsy afaka hiara-mitoetra amin' Andriamanitra; koa tsy maintsy roahina hiala mandrakizay ianareo.

22 Ary nanome ahy fahefana ny Fanahy Masina mba hilazako ireo zavatra ireo sy ny tsy hitanako ireo ho ahy samirery.

15a 1 Ne. 1:16–17.

17a Enôsa 1:3;
Almà 36:17.

b 1 Ne. 8:2.

d TSM Mesia.

e TSM Fanahy Masina.

f Môrô. 10:4–5, 7, 19.

g F&F 20:26.

18a Heb. 13:8;

Môrm. 9:9;

F&F 20:12.

TSM Andriamanitra.

19a TSM Fanahy Masina.

b TSM Misterin'

Andriamanitra.

d Almà 7:20;

F&F 3:2; 35:1.

20a Mpito. 12:14;

2 Ne. 9:46.

TSM Fitsarana
Farany, Ny.

21a Almà 34:32–35.

b 2 Tan. 6:9–10;

3 Ne. 27:19;

F&F 76:50–62;

Mos. 6:57.

TOKO 11

Nahita ny Fanahin' ny Tompo i Nefia ary naseho azy amin' ny fahitana ny hazon' aina—Nahita ny renin' ny Zanak' Andriamanitra izy ary nianatra ny momba ny fiambanian' Andriamanitra—Nahita ny fanaovana batisa, ny fampianarana ary ny fanomboana ny Zanakondrin' Andriamanitra izy—Nahita koa ny antso sy ny asa fanompoan' ny Apostoly Roa amin' ny folon' ny Zanakondry izy. Tokony ho 600-592 talohan' i J.K.

FA ny zava-nitranga, rehefa nam-paniriana aho hahalala ny zavatra izay efa hitan-draiko ary nino fa hain' ny Tompo ny mampahafantatra ahy azy ireny, raha mbola nipetraka "nandinika tao am-poko aho, dia ^bnen-tina tao amin' ny Fanahin' ny Tompo, eny, hankeney an-^atendrombohitra avo izaitsizy, izay tsy mbola hitako na oviana na oviana ary tsy mbola nitsahin' ny tongotro na oviana na oviana teo aloha.

2 Ary hoy ny Fanahy tamiko: Indro, inona no irinao?

3 Dia hoy aho: Maniry hahita ny zavatra izay "hitan-draiko aho.

4 Ary hoy ny Fanahy tamiko: Mino va ianao fa nahita ilay "hazo izay efa noresahin' ny rainao?

5 Dia hoy aho: Eny, ianao

mahalala fa "mino ny tenindraiko rehetra aho.

6 Ary rehefa avy niteny ireo teny ireo aho, dia niantso tamin' ny feo mahery ny Fanahy, nanao hoe: Hosana ho an' ny Tompo, Andriamanitra avo indrindra; fa Andriamanitra manerana ny "tany manontolo Izy, eny, ambonin' ny zava-drehetra. Ary hotahiana ianao ry Nefia, satria ^bmino ny Zanak' Andriamanitra avo indrindra ianao; koa hahita ny zavatra izay efa nirinao ianao.

7 Ary indro izao no zavatra homena anao ho "famantarana, rehefa avy nahita ilay hazo izay namoa ny voa izay nandraman' ny rainao ianao, dia hahita koa lehilahy iray midina avy any andanitra ary ho vavolombelony ianao; ary taorian' ny naha-vavolombelony anao, dia ho ^bvavolombelona manambara ianao fa Izy no Zanak' Andriamanitra.

8 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Fanahy tamiko: Jereo! dia nijery aho ka nahita hazo iray; ary nitovy tamin' ilay "hazo izay efa hitan-draiko izany; ary ny hatsarany dia nihoatra lavitra, eny, nihoatra ny hatsarana rehetra; ary ny ^bhafotsiany dia nihoatra ny hafotsian' ny oram-panala vao nilatsaka.

9 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nijery ilay hazo aho, dia hoy aho tamin' ny Fanahy: Hitako fa efa nasehonao ahy ilay hazo

11 1a F&F 76:19.

tsm Misaintsaina.

b 2 Kor. 12:1-4;

Fan. 21:10; 2 Ne. 4:25;

Mos. 1:1.

d Deot. 10:1; Etera 3:1.

3a 1 Ne. 8:2-34.

4a 1 Ne. 8:10-12;
15:21-22.

5a 1 Ne. 2:16.

6a Eks. 9:29; 2 Ne. 29:7;

3 Ne. 11:14; Mos. 6:44.

b tsm Finoana.

7a tsm Famantarana.

b tsm Fijoroana ho
Vavolombelona.

8a 1 Ne. 8:10.

b 1 Ne. 8:11.

izay “sarobidy noho ny hafa rehetra.

10 Ary hoy Izy tamiko: Inona no irinao?

11 Ary hoy aho taminy: Ny hahafantatra ny “dikany—satria niresaka taminy toy ny olona miresaka aho; satria nahita aho fa nanana ^bendrik’ olona Izy; na dia izany aza anefa dia fantatro fa Fanahin’ ny Tompo Izy; ary niresaka tamiko Izy toy ny olona iray miresaka amin’ ny iray hafa.

12 Ary ny zava-nitranga dia hoy Izy tamiko: Jereo! Dia nijery aho toy ny hijery Azy, ary tsy nahita Azy; satria efa niala teo anatrehako Izy.

13 Ary ny zava-nitranga dia nijery aho ka nahatazana ny tanàna lehiben’ i Jerosalema sy ireo tanàna hafa koa. Ary nahatazana ny tanànan’ i Nazareta aho; ary tao an-tanànan’ i “Nazareta aho dia nahatazana ^bvirijiny iray, ary tsara tarehy fatratra tokoa izy sady fotsy.

14 Ary ny zava-nitranga dia nahita ny “lanitra nisokatra aho; ary nidina ny anjely iray ka nijoro teo anoloako; ary hoy izy tamiko: Ry Nefia, inona no tazananao?

15 Ary hoy aho taminy: Virijiny iray izay tsara sy kanto indrindra noho ireo virijiny hafa rehetra.

16 Ary hoy izy tamiko: Moa fantatrao ny momba ny fiambanian’ Andriamanitra?

17 Ary hoy aho taminy: Fantatro fa tia ireo zanany Izy; na dia eo aza izany, dia tsy fantatro ny hevitra ny zava-drehetra.

18 Ary hoy izy tamiko: Indro, ny “virijiny izay hitanao no ^brenin’ ny Zanak’ Andriamanitra, araka ny fomban’ ny nofo.

19 Ary ny zava-nitranga dia nahita aho fa nentin’ ny “Fanahy izy; ary rehefa avy nentin’ ny Fanahy nandritra ny fotoana fohy izy, dia niteny tamiko ilay anjely, nanao hoe: Jereo!

20 Ary nijery aho ka nahatazana indray ilay virijiny, nitroto “zazakely teo an-tanany.

21 Ary hoy ilay anjely tamiko: Indro ny “Zanakondrin’ Andriamanitra, eny, dia ny ^bZanaky ny “Ray Mandrakizay! Fantatrao va ny dikan’ ilay ^chazo izay hitandrainao?

22 Ary namaly azy aho nanao hoe: Eny, io no “fitiavan’ Andriamanitra izay miely patrana any am-pon’ ny zanak’ olombelona; noho izany dia io no mahatsiriritra indrindra amin’ ny zava-drehetra.

23 Ary niteny tamiko izy, nanao hoe: Eny, ary io no “mampiravoravo indrindra ny fanahy.

24 Ary rehefa avy nilaza ireo teny ireo izy, dia hoy izy tamiko:

9a 1 Ne. 11:22–25.

11a Gen. 40:8.

^b Etera 3:15–16.

13a Mat. 2:23.

^b Lio. 1:26–27;

Almà 7:10.

TSM Maria, Renin’ i Jesoa.

14a Ezek. 1:1; 1 Ne. 1:8.

18a Isa. 7:14;

Lio. 1:34–35.

^b Môsià 3:8.

19a Mat. 1:20.

20a Lio. 2:16.

21a TSM Zanakondrin’ Andriamanitra.

^b TSM Jesoa Kristy.

^d TSM Andriamanitra—Andriamanitra Ray.

^e 1 Ne. 8:10; Almà 5:62.

TSM Hazon’ Aina.

22a TSM Fitiavana.

23a TSM Fifaliana.

Jereo! Ary nijery aho ka nahatazana ny Zanak' Andriamanitra "nandeha teo anivon' ny zanak' olombelona; ary nahita aho fa maro ireo niankohoka teo antongony sy nitsaoka Azy.

25 Ary ny zava-nitranga dia nahita aho fa ilay "anja-by izay efa hitan-draiko, dia ny tenin' Andriamanitra, izay nitondra nankamin' ny loharanon' ny ^brano velona, na nankamin' ny ^dhazon' aina; fa ny ranony no sarin' ny fitiavan' Andriamanitra; ary nahita koa aho fa ilay hazon' aina dia sarin' ny fitiavan' Andriamanitra.

26 Dia hoy indray ilay anjely tamiko: Jereo ka tazano ny "fiambanian' Andriamanitra!

27 Dia nijery aho ka "nahita ny Mpanavotra izao tontolo izao izay efa noresahan-draiko; ary nahita ilay ^bmpaminany izay hanomana ny lalana eo alohany koa aho. Ary nandroso ny Zanakondrin' Andriamanitra ka ^dnataony batisa; ary rehefa vita batisa Izy, dia nahita ny lanitra nisokatra aho sy ny Fanahy Masina nidina avy tany an-danitra ary nitoetra teo amboniny nien-drika "voromailala.

28 Ary nahita aho fa nandeha Izy nampianatra ny vahoaka tamin-"kery sy voninahi-dehibe; ary niara-tafavory ny valalabemandry hihaino Azy; ary nahita

aho fa nandroaka Azy avy teo anivony ireo.

29 Ary nahita koa ny "roa ambin' ny folo hafa nanaraka Azy aho. Ary ny zava-nitranga dia nentin' ny Fanahy niala teo imasoko izy ireo ka tsy nahatazana azy ireo aho.

30 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko indray ilay anjely, nanao hoe: Jereo! Ary nijery aho ka nahita ny lanitra nisokatra indray ary nahita ireo "anjely nidina teo amin' ny zanak' olombelona; ary izy ireo dia nampianatra azy.

31 Ary niteny tamiko indray izy, nanao hoe: Jereo! Ary nijery aho ka nahita ny Zanakondrin' Andriamanitra nandeha teo anivon' ny zanak' olombelona. Ary nahita vahoaka sesehena aho, izay narary ary nampahorian' ny aretina isan-karazany sy ny "devoly ary ny ^bfanahy maloto; ary niresaka sy naneho ireo zavatra rehetra ireo tamiko ny anjely. Ary "nositrarin' ny herin' ny Zanakondrin' Andriamanitra ireo; ary noroahina ny devoly sy ny fanahy maloto.

32 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko indray ilay anjely, nanao hoe: Jereo! Ary nijery aho ka nahita ny Zanakondrin' Andriamanitra izay nosamborin' ny olona; eny, "notsarain' izao tontolo izao ny Zanak' ilay

24a Lio. 4:14–21.

25a 1 Ne. 8:19.

^b TSM Rano Velona.

^d Gen. 2:9;

Almà 32:40–41;

Mos. 4:28, 31.

26a 1 Ne. 11:16–33.

27a 2 Ne. 25:13.

^b Mat. 11:10;

1 Ne. 10:7–10;

2 Ne. 31:4.

^d TSM Batisa.

^e TSM Voromailala, Endriky Ny.

28a F&F 138:25–26.

29a TSM Apostoly.

30a TSM Anjely.

31a Mar. 5:15–20;

Môsîà 3:5–7.

TSM Devoly.

^b TSM Fanahy—Fanahy ratsy.

^d TSM Manasitrana.

32a Mar. 15:17–20.

Andriamanitra maharitra mandrakizay; ary nahita aho sady vavolombelona manambara.

33 Ary izaho Nefia dia nahita fa nahantona teo amin' ny "hazo fijaliana Izy sy ^bnovonoina noho ny fahotan' izao tontolo izao.

34 Ary rehefa avy novonoina Izy, dia nahita ny vahoakan' ny tany aho izay niara-nivory mba hiady amin' ny apostolin' ny Zanakondry; satria izany no niantsoan' ilay anjelin' ny Tompo ny roa ambin' ny folo.

35 Ary tafavory miaraka ny vahoakan' ny tany; ary nahatazana aho fa tao anatin' ny "trano lehibe sy malalaka iray izy, toy ilay trano izay hitandraiko. Dia niteny tamiko indray ilay anjelin' ny Tompo, nanao hoe: Indro izao tontolo izao sy ny fahendreny; eny, indro fa efa niara-tafavory ny mpianakavin' i Isiraely mba hiady amin' ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry.

36 Ary ny zava-nitranga dia nahita aho ka vavolombelona manambara fa io trano lehibe sy malalaka io no "fieboeboan' izao tontolo izao; ary nianjera izany ka lehibe fatratra tokoa ny fianjerany. Dia niteny tamiko indray ilay anjelin' ny Tompo, nanao hoe: Ho toy izany no faharavan' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra izay hiady amin' ny apos-

toly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry.

TOKO 12

Nahita ny tany nampanantenaina tamin' ny fahitana i Nefia; ny fahamarinana, ny heloka sy ny faharavan' ny mponina tao; ny fiavian' ny Zanakondrin' Andriamanitra teo anivony; ny fomba hitsaran' ny Mpianatra Roa ambin' ny folo sy ny Apostoly Roa ambin' ny folo an' i Isiraely; ary ny toetra ratsy sy maloton' ireo izay nihemotra tao amin' ny tsy finoana. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia hoy ilay anjely tamiko: Jereo! ary tazano ny taranakao ary koa ny taranaky ny rahalahinao. Ary nijery aho ka nahita ny "tany nampanantenaina; ary nahatazana ny vahoaka sesehena aho, eny, mova tsy ny fasiky ny ranomasina ny hamaroany.

2 Ary ny zava-nitranga dia nahita ny vahoaka niara-tafavory ho amin' ny ady aho, ny andaniny hanohitra ny ankilany; ary nahita "ady sy tabataban' ady ary fandranganana lehibe tamin' ny sabatra teo anivon' ny oloko aho.

3 Ary ny zava-nitranga dia nahita ireo taranaka maro fongana noho ny ady sy ny fifandirana teo amin' ny tany aho; ary nahi-

33a Jao. 19:16–19;
Môsià 3:9–10;
3 Ne. 27:14.
TSM Hazofijaliana.
b TSM Sorompanavo-

tana.
35a 1 Ne. 8:26; 12:18.
36a TSM Fiavonavonana.
12 1a TSM Tany
Nampanantenaina.

2a Enôsa 1:24;
Môm. 8:7–8.
TSM Ady.

ta tanàna maro aho, eny, fa tsy nisaiko aza izy ireny.

4 Ary ny zava-nitranga dia nahita ny "zavon' ny ^bhaizina tambonin' ny tany nampanantenaina aho; ary nahita tselatra aho ary nandre kotro-baratra sy horohoron-tany ary ireo karazany rehetra tamin' ny tabataba nirohondrohona; ary nahita ny tany sy ny vatolampy aho, fa nitresaka ireny; ary nahita tendrombohitra nirodana aho ka montsana; ary nahita ireo lemany ny tany aho, fa nivava ireny; ary nahita tanàn-dehibe maro aho, fa ^dnilentika ireny; ary nahita aho fa maro no nodorana tamin' ny afo; ary nahita aho fa maro taminy no nianjera tamin' ny tany noho ny fihorohorony.

5 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ireo zavatra ireo aho, dia nahita ny "zavon' ny haizina aho, fa nisava tambonin' ny tany izany; ary indro aho nahita ny valalabemandry izay tsy mba lavo noho ireo famaizana lehibe sy mahatahotry ny Tompo.

6 Ary nahita ny lanitra nisokatra aho sy ny "Zanakondrin' Andriamanitra nidina avy tany an-danitra; dia nidina Izy ka niseho taminy.

7 Ary izaho koa nahita ka volombelona manambara fa nilatsaka tamin' ny "roa ambin' ny folo hafa ny Fanahy Masina;

ary notendren' Andriamanitra ireo sy nofinidiny.

8 Ary niteny tamiko ilay anjely nanao hoe: Tazano ny mpianatra roa ambin' ny folon' ny Zanakondry, izay voafidy hampianatra ny taranakao.

9 Ary hoy izy tamiko: Tadidinao ve ireo "apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry? Indro, ireo no ^bhitsara ny fokon' i Isiraely roa ambin' ny folo; koa hotsarain' ireo ny mpampianatra roa ambin' ny folon' ny taranakao; satria ianareo dia isan' ny mpianakavin' i Isiraely.

10 Ary ireo "mpampianatra roa ambin' ny folo hitanao ireo no hitsara ny taranakao. Ary indro, marina mandrakizay ireo; fa noho ny finoany ny Zanakondrin' Andriamanitra dia nofotsiana tamin' ny rany ny ^bfitafiany.

11 Ary hoy ilay anjely tamiko: Jereo! Ary nijery aho ka nahita "taranaka telo nifanesy tao anatin' ny fahamarinana; ary fotsy tahaka ny Zanakondrin' Andriamanitra ny fitafiany. Ary hoy ilay anjely tamiko: Nofotsian' ny ran' ny Zanakondry ireo noho ny finoany Azy.

12 Ary izaho Nefia dia nahita koa fa maro tamin' ny "taranaka fahefatra no nodimandry tao amin' ny fahamarinana.

13 Ary ny zava-nitranga dia

4a Hel. 14:20-28.

b 1 Ne. 19:10.

d 3 Ne. 8:14.

5a 3 Ne. 8:20; 10:9.

6a 2 Ne. 26:1, 9;
3 Ne. 11:3-17.

7a 3 Ne. 12:1; 19:12-13.

9a Lio. 6:13.

b Mat. 19:28;

F&F 29:12.

тсм Fitsarana

Farany, Ny.

10a 3 Ne. 27:27;
Môrm. 3:18-19.

b Fan. 7:14;

Almà 5:21-27;

13:11-13;

3 Ne. 27:19-20.

11a 2 Ne. 26:9-10;

3 Ne. 27:30-32.

12a Almà 45:10-12;
Hel. 13:5, 9-10;

3 Ne. 27:32;

4 Ne. 1:14-27.

nahita ireo valalabemandrin' ny tany niara-tafavory aho.

14 Ary hoy ilay anjely tamiko: Jereo ny taranakao ary koa ny taranaky ny rahalahinao.

15 Ary ny zava-nitranga dia nijery aho ka nahita ny olon' ny taranako niara-tafavory marobe "hanohitra ny taranaky ny rahalahiko; ary niara-tafavory ireo mba hiady.

16 Ary niteny tamiko ilay anjely nanao hoe: Indro ny loharanon' ny "rano maloto izay hitan-drainao; eny, dia ilay ^brenirano izay efa noresahiny; ary ny halaliny dia ny halalin' ny ^dhelo.

17 Ary ny "zavon' ny haizina no fakam-panahin' ny devoly izay ^bmanajamba ny maso sy manamafy ny fon' ny zanak' olombelona ary mitarika azy hankany amin' ny ^dlalana migodàna mba ho faty sy ho very.

18 Ary ilay "trano lehibe sy malalaka, izay hitan-drainao, dia ny ^bhevi-dravina sy ny ^d fieboeboan' ny zanak' olombelona. Ary "tevana iray lehibe sy mahatahotra no manasaraka azy; eny, dia ny tenin' ny ^ffahamarinan' Ilay Andriamanitra Mandrakizay sy ny Mesia dia ny Zanakondrin' Andriamanitra, izay ny Fanahy Masina no vavolombelona manambara hatry ny fiandohan' izao tontolo izao ka hatramin'

izao fotoana izao ary hatramin' izao fotoana izao ka ho mandrakizay.

19 Ary raha mbola nilaza ireo teny ireo ilay anjely, dia nahatazana sy nahita aho fa ny taranaky ny rahalahiko dia niady tamin' ny taranako, araka ny tenin' ilay anjely; ary noho ny fieboeboan' ny taranako sy ny "fakam-panahin' ny devoly dia nahatazana aho fa ny taranaky ny rahalahiko dia ^bnandresy ny olon' ny taranako.

20 Ary ny zava-nitranga dia nitazana aho ary nahita ny olon' ny taranaky ny rahalahiko fa efa nandresy ny taranako ireo; ary nandeha tambonin' ny tany tao amin' ny hamaroany ireo.

21 Ary nahita azy ireo niaraniangona betsaka aho; ary nahita "ady sy tabataban' ady teo anivony aho; ary tao anatin' ny ady sy ny tabataban' ady no nahitako ireo taranaka maro nifandimby.

22 Ary hoy ilay anjely tamiko: Indro ireo no "hihemotra ao amin' ny tsy finoana.

23 Ary ny zava-nitranga dia nahita aho fa rehefa avy nihemotra tao amin' ny tsy finoana ireo, dia lasa "nihamatroka sy maharikoriko ary ^bolona maloto, feno ^dfahakamoana sy izay karazam-pahavetavetana rehetra.

15a Môm. 6.

16a TSM Fahalotoana.

b 1 Ne. 8:13; 15:26–29.

d TSM Helo.

17a 1 Ne. 8:23; 15:24;

F&F 10:20–32.

b TSM Apôstazia.

d Mat. 7:13–14.

18a 1 Ne. 8:26; 11:35–36.

b Jer. 7:24.

d TSM Fiavonavonana.

e Lio. 16:26;

1 Ne. 15:28–30.

f TSM Fahamarinana.

19a TSM Fakam-panahy.

b Jarôma 1:10;

TiM 1:1–2.

21a Môm. 8:8;

Môm. 1:2.

TSM Ady.

22a 1 Ne. 15:13;

2 Ne. 26:15.

23a 2 Ne. 26:33.

b 2 Ne. 5:20–25.

d TSM Midonana-poana.

TOKO 13

Ny nahitan' i Nefia tamin' ny fahitana ny fianongan' ny devoly niorina teo anivon' ny Jentilisa, ny nahitana sy ny nanjanahana an' i Amerika, ny fahaverezan' ny maro tamin' ireo ampahany tsotra sady sarobidy tamin' ny Baiboly, ny toe-javatra vokatry ny apôstazian' ny Jentilisa, ny famerenana ho amin' ny laoniny ny filazantsara, ny fivoahan' ny soratra masin' ny andro farany, ary ny fanorenana an' i Ziona. Tokony ho 600-592 talohan' i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia niteny tamiko ilay anjely nanao hoe: Jereo! Dia nijery aho ka nahita firenena sy fanjakana maro.

2 Ary hoy ilay anjely tamiko: Inona no tazanao? Dia hoy aho: Tazako ny firenena sy ny fanjakana maro.

3 Ary hoy izy tamiko: Ireo no firenena sy ny fanjakan' ny Jentilisa.

4 Ary ny zava-nitranga dia nahita teo anivon' ny firenen' ny "Jentilisa aho ny fananganana ny ^bfiangonana lehibe iray.

5 Ary hoy ilay anjely tamiko: Tazano ny fananganana ny fiangonana iray izay maharikoriko indrindra noho ny fiangonana hafa rehetra, izay "mamono ny olomasin' Andriamanitra, eny, ary mampijaly azy sy mamato-tra azy ary manazioga azy amin'

ny ^bzioga vy izy ary mamarina azy any amin' ny fahababoana.

6 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana io fiangonana "makadiry sy maharikoriko io aho; ary nahita aho fa ny ^bdevoly no mpanorina izany.

7 Ary nahita koa aho "volamena sy volafotsy, ary lamba landy sy jaky, ary hariry madinika sy ireo karazana fitafiana sarobidy rehetra; ary nahita vehivavy janga maro aho.

8 Ary niteny tamiko ilay anjely, nanao hoe: Indro, ny volamena sy ny volafotsy, ary ny lamba landy sy jaky, ary ny hariry madinika sy ny fitafiana sarobidy, ary ireo vehivavy janga no "fanirian' io fiangonana makadiry sy maharikoriko io.

9 Ary koa ny filany handitra amin' izao tontolo izao no "handringanany ny olomasin' Andriamanitra sy hamarinany azy any amin' ny fahababoana.

10 Ary ny zava-nitranga dia nijery aho ka nahatazana ireo rano maro; ary nanasaraka ny Jentilisa tamin' ny taranaky ny rahalahiko ireo.

11 Ary ny zava-nitranga dia hoy ilay anjely tamiko: Indro mby eo amin' ny taranaky ny rahalahinao ny fahatezeran' Andriamanitra.

12 Ary nijery aho ka nahatazana olona iray teo anivon' ny Jentilisa, izay tafasaraka tamin' ny taranaky ny rahalahiko noho

13 4a TSM Jentilisa.

b 1 Ne. 13:26, 34; 14:3, 9-17.

5a Fan. 17:3-6;

1 Ne. 14:13.

b Jer. 28:10-14.

6a F&F 88:94.

TSM Devoly—Ny fianongan' ny devoly.

b 1 Ne. 22:22-23.

7a Môm. 8:36-38.

8a Fan. 18:10-24; Môm. 8:35-38.

9a Fan. 13:4-7.

ireo rano maro; ary nahita ny “Fanahin’ Andriamanitra aho izay nidina ka niasa tamin’ ilay olona; ary nandeha nitety ireo rano maro izy ka nankany amin’ ny taranaky ny rahalahiko izay nonina tao amin’ ny tany nampanantenaina.

13 Ary ny zava-nitranga dia nahita ny Fanahin’ Andriamanitra aho fa niasa tao amin’ ireo Jentilisa hafa izany; ary nandeha ireo niala ny fahababoana ka nitety rano maro.

14 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny “vahoaka maro tamin’ ny Jentilisa teo amin’ ny ^btany nampanantenaina aho; ary nahatazana ny fahatezeran’ Andriamanitra aho fa izany dia teo amin’ ny taranaky ny rahalahiko; ary dia “nahahaka teo anoloan’ ny Jentilisa izy sy naringana.

15 Ary nahita ny Fanahin’ ny Tompo nidina teo amin’ ny Jentilisa aho ka dia niroborobo izy sady nahazo ny “tany ho lovany; ary nahatazana aho fa fotsy fihodirana izy, ary tsara tarehy fatratra sady ^bkanto tahaka ny vahoakako talohan’ ny “nandringanana azy.

16 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nahita fa ny Jentilisa izay nandeha niala ny fahababoana, dia nanetry ny tenany teo anoloan’ ny Tompo; ary nomba “azy ny herin’ ny Tompo.

17 Ary nahita aho fa ny Jentili-

sa niandohany dia tafangona miaraka tambonin’ ny rano sy tambonin’ ny tany ihany koa mba hiady aminy.

18 Ary nahita aho fa nomba azy ny herin’ Andriamanitra ary koa fa ny fahatezeran’ Andriamanitra dia mby tamin’ ireo rehetra izay niara-tafavory mba hiady aminy.

19 Ary izaho Nefia dia nahita fa ny Jentilisa izay efa nandeha niala ny fahababoana dia “nafahan’ ny herin’ Andriamanitra teo am-pelatanan’ ireo firenen-kafa rehetra.

20 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nahita fa niroborobo teo amin’ ny tany izy; ary nahatazana “boky iray aho, ary izany dia nentina teo anivony.

21 Ary hoy ilay anjely tamiko: Moa fantatrao ny hevitr’ io boky io?

22 Ary hoy aho taminy: Tsy fantatrao.

23 Ary hoy izy: Indro miloaky ny vavan’ ny Jiosy iray izany. Ary izaho Nefia dia nahita izany; ary hoy izy tamiko: Ny “boky izay tazanao dia ny ^brakitsoratra ny “Jiosy, izay mitahiry ny fane-kempihavanan’ ny Tompo, izay efa nataony tamin’ ny mpianakavin’ i Isiraely; ary izany koa dia mitahiry ny ankamaroan’ ny faminanian’ ny mpaminany masina; ary izany dia rakisoratra mitovy amin’ ny soratra

12a TSM Fitaoman’ ny Fanahy.

14a 2 Ne. 1:11; Môm. 5:19–20.

b TSM Tany Nampanantenaina.
d 1 Ne. 22:7–8.

TSM Isiraely—Ny fampielezana ny Isiraely.

15a 2 Ne. 10:19.
b 2 Ne. 5:21.
d Môm. 6:17–22.
16a F&F 101:80.

19a 2 Ne. 10:10–14;
3 Ne. 21:4; Etera 2:12.

20a 1 Ne. 14:23.

23a 1 Ne. 13:38;
2 Ne. 29:4–12.

b TSM Soratra Masina.
d 2 Ne. 3:12.

voasokitra eo amin' ny 'takelabarahina saingy tsy misy firy ireo; kanefa ireo dia mitahiry ny fanekempihavanan' ny Tompo, izay nataony tamin' ny mpianakavin' i Isiraely; noho izany dia manan-danja lehibe ho an' ny Jentilisa ireo.

24 Ary hoy ilay anjelin' ny Tompo tamiko: Efa nahita ianao fa niloaka ny vavan' ny Jiosy iray ilay boky; ary rehefa niloaka ny vavan' ny Jiosy iray izany, dia nirakitra ny fahafenoan' ny filazantsaran' ny Tompo, izay ny apostoly roa ambin' ny folo no vavolombelona manambara; ary vavolombelona manambara ireo araka ny fahamarinana izay ao amin' ny Zanakondrin' Andriamanitra.

25 Noho izany, ireo zavatra ireo dia mivoaka amin' ny fahadiovany avy any amin' ny "Jiosy mankany amin' ny ^bJentilisa, araka ny fahamarinana izay ao amin' Andriamanitra.

26 Ary taorian' ny nivoahany noho ny fanomezan-tanan' ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry avy tany amin' ny Jiosy "mankany amin' ny Jentilisa, dia hitanao ny fananganana io ^bfiangonana iray ^dmakadiry sy maharikoriko io, izay maharikoriko indrindra noho ireo fiangonana hafa rehetra; fa indro, efa 'nesoriny avy tao amin' ny filazantsaran' ny Zanakondry ireo ampahany maro izay ^ftsotra

sady sarobidy indrindra; ary ny maro koa tamin' ireo fanekempihavanan' ny Tompo dia efa nesoriny.

27 Ary izany rehetra izany no efa nataony dia ny mba hahazoany mamily ny lala-mahitsin' ny Tompo, hahazoany manajamba ny maso sy manamafy ny fon' ny zanak' olombelona.

28 Koa hitanao fa rehefa avy nandalo teo am-pelatanan' io fiangonana makadiry sy maharikoriko io ilay boky, dia maro ireo zavatra tsotra sy sarobidy nesorina avy tao anatin' ny boky, dia ny bokin' ny Zanakondrin' Andriamanitra.

29 Ary rehefa avy nesorina ireo zavatra tsotra sy sarobidy ireo dia miely patrana any amin' ny firenen' ny Jentilisa rehetra izany; ary rehefa miely patrana any amin' ny firenena Jentilisa rehetra izany, eny, mitety ireo rano maro aza izay efa hitanao niaraka tamin' ireo Jentilisa izay efa nandeha niala ny fahababoa-na, dia hitanao fa — noho ireny zavatra tsotra sy sarobidy maro izay efa nesorina tanatin' ny boky ireny, izay mora ny fahazoan' ny zanak' olombelona azy ireny, araka ny fahazavana izay ao amin' ny Zanakondrin' Andriamanitra — noho ireny zavatra izay nesorina tamin' ny filazantsaran' ny Zanakondry ireny — dia vahoaka maro izaitzisy tokoa no tafintohina, eny,

23e 1 Ne. 5:10–13.

25a 2 Ne. 29:4–6;

F&F 3:16.

TSM Jiosy.

^b TSM Jentilisa.

26a Mat. 21:43.

^b TSM Apôstazia—

Apôstazian' ny

fiangonana Kristiana

tany am-piandohana.

^d 1 Ne. 13:4–6; 14:3, 9–17.

^e Môrm. 8:33;

Mos. 1:41.

^f 1 Ne. 14:20–26;

Fp. 1:8.

hany ka manan-kery lehibe aminy i Satana.

30 Na dia eo aza izany, dia hitanao fa ny Jentilisa izay efa nandeha niala ny fahababoana sy efa nasandratry ny herin' Andriamanitra ho ambonin' ny firenena hafa rehetra, eo ambonin' ny tany izay tsara lavitra noho ireo tany hafa rehetra, izay tany efa nifaneken' ny Tompo Andriamanitra tamin-drainao fa ho azon' ny taranany mba ho "tany lovany; koa hitanao fa ny Tompo Andriamanitra dia tsy hamela ny Jentilisa hamongotra tanteraka ny ^bfiangaroan' ny taranakao izay eo anivon' ny rahalahinao.

31 Tsy hamela koa Izy ny "handravan' ny Jentilisa ny taranaky ny rahalahinao.

32 Tsy hamela koa ny Tompo Andriamanitra ny hipetrahan' ny Jentilisa mandrakizay ao amin' io toetra mahatsiravin' ny fahajambana io, izay tazanao fa misy azy, noho ny ampahany tsotra sy tena sarobidy tamin' ny filazantsaran' ny Zanakondry, izay efa notanan' io "fiangonana maharikoriko io izay efa hitanao ny fananganana azy.

33 Noho izany, dia hoy ny Zanakondrin' Andriamanitra: Ho feno famindram-po amin' ny Jentilisa Aho, amin' ny famangiana ny sisa tavela amin' ny

mpianakavin' i Isiraely amin' ny famaliana lehibe.

34 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko ny anjelin' ny Tompo, nanao hoe: Indro, hoy ny Zanakondrin' Andriamanitra, rehefa avy mamangy ny "sisa tavela amin' ny mpianakavin' i Isiraely Aho—ary ny sisa tavela izay teneniko dia ny taranaky ny rainao—koa, rehefa avy mamangy azy amin' ny famaliana Aho ary mikapoka azy amin' ny tanan' ny Jentilisa, ary rehefa ^btafintohina fatratra ny Jentilisa noho ny ampahany tsotra sy sarobidy indrindra tamin' ny "filazantsaran' ny Zanakondry, izay efa nesorin' io fiangonana maharikoriko io, izay renin' ny vehivavy janga, hoy ny Zanakondry—dia ho feno famindram-po amin' ny Jentilisa Aho amin' izany andro izany, hany ka noho ny heriko dia ^ehambarako be dia be aminy ny filazantsarako izay ho tsotra sy ho sarobidy, hoy ny Zanakondry.

35 Fa indro, hoy ny Zanakondry: Izaho haneho ny tenako amin' ny taranakao mba hanoratany ireo zavatra maro izay hampianariko azy, izay ho tsotra sy ho sarobidy; ary rehefa ho fongana ny taranakao ka hihe-motra ao amin' ny tsy finoana, ary torak' izany koa ny taranaky ny rahalahinao, indro, "hafenina

30a TSM Tany
Nampanantenaina.
b Alma 45:10–14.
31a 2 Ne. 4:7; 10:18–19;
Jakôba 3:5–9;
Hel. 15:12;
3 Ne. 16:8–9;
Môrm. 5:20–21.

32a TSM Devoly—Ny
fiangonan' ny devoly.
34a TSM Josefa,
Zanakalahin' i
Jakoba.
b 1 Ne. 14:1–3;
2 Ne. 26:20.
d TSM Filazantsara.

e F&F 10:62.
TSM Famerenana
amin' ny Laoniny
ny Filazantsara.
35a 2 Ne. 27:6; 29:1–2.
TSM Bokin' i
Môrmôna.

ireo zavatra ireo mba haseho ny Jentilisa, noho ny fanomezam-pahasoavana sy ny fahefan' ny Zanakondry.

36 Ary ao amin' ireo zavatra ireo no hanoratana ny "filazantsarako sy ny ^bvatolampiko ary ny famonjeko, hoy ny Zanakondry.

37 Ary "hotahiana izay hikatsaka ny hampiorina an' i ^bZionako amin' izany andro izany fa izy no handray ny ^afanomezana sy ny herin' ny Fanahy Masina; ary raha "maharitra hatramin' ny farany izy dia hasandratra amin' ny andro farany ka hovonjena ao amin' ny ^ffanjakan' ny Zanakondry izay maharitra mandrakizay; ary na zovy na zovy no ^shitory ny fiadanana, eny, ny teny soa mahafaly, dia endrey ny hatsarany erỳ an-tendrom-bohitra.

38 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny sisa tavela tamin' ny taranaky ny rahalahiko aho ary koa ny "bokin' ny Zanakondrin' Andriamanitra, izay efa niloaka ny vavan' ny Jiosy ka nivoaka avy tany amin' ny Jentilisa mba ^bhankany amin' ny sisa tavela amin' ny taranaky ny rahalahiko.

39 Ary nony efa tonga tany amin' izany, dia nahatazana ireo

"boky hafa aho, izay nivoaka noho ny fahefan' ny Zanakondry, avy tany amin' ny Jentilisa hankany aminy, ho ^bfandresen-dahatra ny Jentilisa sy ny sisa tavela tamin' ny taranaky ny rahalahiko ary koa ny Jiosy izay naely patrana eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany, fa ny rakitsoratra ny mpaminany sy ny an' ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry dia ^dmarina.

40 Ary niteny tamiko ilay anjely nanao hoe: Ireto "rakitsoratra farany ireto, izay efa tazanao teo anivon' ny Jentilisa, no ^bhampitoetra ny fahamarinan' iretsy "voalohany iretsy izay an' ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry ary hampahafantatra ny zavatra tsotra sy sarobidy izay efa nesorina tanatiny; ary hampahafantatra amin' ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra fa ny Zanakondrin' Andriamanitra no Zanakany ny Ray Mandrakizay sy "Mpanonjy izao tontolo izao; ary ny olona rehetra dia tsy maintsy manatona Azy, fa raha tsy izany dia tsy azo vonjena izy.

41 Ary tsy maintsy manatona Azy izy araka ny teny izay haurin' ny vavan' ny Zanakondry; ary ny tenin' ny Zanakondry dia hampahafantarina ao amin' ny

36a 3 Ne. 27:13-21.

b Hel. 5:12;

3 Ne. 11:38-39.

TSM Vatolampy.

37a F&F 21:9.

b TSM Ziona.

d TSM Fanomezana ny

Fanahy Masina.

e 3 Ne. 27:16.

TSM Maharitra.

f TSM Voninahitra

Selestialy.

g Isa. 52:7;

Môsia 15:14-18;

3 Ne. 20:40.

38a 1 Ne. 13:23;

2 Ne. 29:4-6.

b Môrm. 5:15.

39a TSM Soratra Masina—
Faminianiana ny
amin' ny hivoahan'
ny Soratra Masina.

b Ezek. 37:15-20;

2 Ne. 3:11-12.

d 1 Ne. 14:30.

40a 2 Ne. 26:16-17; 29:12.

TSM Bokin' i

Môrmôna.

b Môrm. 7:8-9.

d TSM Baiboly.

e Jereo pejìn-dohatenin'
ny Bokin' i Môrmôna.

Mos. 1:6.

rakitsoratra ny taranakao, ary koa ao amin' ny rakitsoratra ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry; noho izany dia haka-poka ho "iray ihany izy ro-roa; fa ^bAndriamanitra iray ihany no misy, iray ihany ny "Mpiandry ondry eran' ny tany rehetra.

42 Ary avy ny fotoana izay hanehoany ny tenany amin' ny firenena rehetra na amin' ny "Jiosy na koa amin' ny Jentilisa; ary rehefa avy naneho ny tenany tamin' ny Jiosy ary koa tamin' ny Jentilisa Izy, amin' izany Izy dia haneho ny tenany amin' ny Jentilisa ary koa amin' ny Jiosy, ary ny ^bfarany ho voalohany, ary ny ^dvoalohany ho farany.

TOKO 14

Nilaza tamin' i Nefia ny fitahiana sy ny ozona hianjady amin' ny Jentilisa ny anjely iray—Tsy misy afa-tsy fiangonana roa: ny fiangonan' ny Zanakondrin' Andriamanitra sy ny fiangonan' ny devoly—Nenjehin' ny fiangonana makadiry sy maharikoriko ny Olo-masin' Andriamanitra tany amin' ny firenen-drehetra—Hanoratra ny momba ny fiafaran' izao tontolo izao ny Apostoly Jaona. Tokony ho 600–592 talohan' i J.K.

ARY ny zavatra hitranga, fa raha mihaino ny Zanakondrin' Andriamanitra ny "Jentilisa amin' ny andro izay hanehoany marina tokoa ny tenany aminy amin' ny teny sy amin-^bkery koa mba hanesorana ny "vato fahatafin-tohinany —

2 Ary raha tsy manamafy ny fony hanohitra ny Zanakondrin' Andriamanitra izy, dia horaisina ho isan' ny taranaky ny rainao; eny, horaisina ho "isan' ny mpianakavin' i Isiraely izy; ary ho vahoaka ^bvoatahy mandrakizay eo amin' ny tany nampanantenaina izy; tsy havarina intsony any amin' ny fahababoana izy; ary tsy haharoharo intsony ny mpianakavin' i Isiraely.

3 Ary ity "lavaka lehibe ity, izay ho azy no efa nihadian' ity fiangonana makadiry sy maharikoriko ity izany, izay naorin' ny devoly sy ny zanany mba hahazoany mitarika ny fanahin' ny olona hidina any amin' ny helo — eny, ity lavaka lehibe ity izay efa nihadiana ho famongorana ny olona, dia hofenoin' ireo izay nihady izany mandrapaha-fongana azy ireo tanteraka, hoy ny Zanakondrin' Andriamanitra; tsy famongorana ny fanahy anefa, raha tsy noho ny fanariana azy ireo ao amin' io

41a Ezek. 37:17.

b Deot. 6:4;

Jao. 17:21–23;

2 Ne. 31:21.

d TSM MPIANDRY
ONDRY TSARA.

42a F&F 90:8–9; 107:33;
112:4.

b Jakôba 5:63.

d Lio. 13:30;

1 Ne. 15:13–20.

14 1a 3 Ne. 16:6–13.

TSM JENTILISA.

b 1 Tes. 1:5;

1 Ne. 14:14;

Jakôba 6:2–3.

d Isa. 57:14;

1 Ne. 13:29, 34;

2 Ne. 26:20.

2a Gal. 3:7, 29;

2 Ne. 10:18–19;

3 Ne. 16:13; 21:6, 22;

Abr. 2:9–11.

b 2 Ne. 6:12; 10:8–14;

3 Ne. 16:6–7; 20:27.

3a 1 Ne. 22:14;

F&F 109:25.

^bhelo izay tsy manam-pahata-perana io.

4 Fa indro, izany dia araka ny fambaboan' ny devoly ary koa araka ny fahamarinan' Andriamanitra amin' ireo rehetra izay te hanao ny asan' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana eo anoloany.

5 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko izaho Nefia ilay anjely, nanao hoe: Efa nahita ianao fa raha mibebaka ny Jentilisa, dia ho soa ho azy izany; ary fantatrao koa ny momba ny fanekempihavanan' ny Tompo amin' ny mpianakavin' i Isiraely; ary efa nandre koa ianao fa na zovy na zovy no tsy mibebaka dia "tsy maintsy ho faty.

6 Koa, "lozan' ny Jentilisa raha toa ka manamafy ny fony amin' ny Zanakondrin' Andriamanitra izy.

7 Satria avy ny fotoana, hoy ny Zanakondrin' Andriamanitra, izay hanaovako asa iray lehibe sy "mahatalanjona eo anivon' ny zanak' olombelona; asa iray izay haharitra mandrakizay na ho an' ny andaniny na ho an' ny ankilany—na ho fandresen-dahatra azy ho amin' ny fiadanana sy ny ^bfiainana mandrakizay, na ho famoizana azy ao amin' ny fahamafisan' ny fony sy fahajamban' ny sainy ka hatrany amin' ny famarinana azy ho babo, ary

koa any amin' ny famongorana na ara-batana na ara-panahy, araka ny ^dfambaboan' ny devoly izay efa noresahiko.

8 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo ilay anjely dia nanao tamiko hoe: Moa tsaroanao va ny "fanekempihavanan' ny Ray tamin' ny mpianakavin' i Isiraely? Hoy aho taminy, Eny.

9 Ary ny zava-nitranga dia hoy izy tamiko: Jereo ka tazano io fiangonana makadiry sy maharikoriko io, izay renin' ny fahavetavetana, izay ny "devoly no mpanorina izany.

10 Ary hoy izy tamiko: Indro, tsy misy afa-tsy "fiangonana roa; ny anankiray dia ny fiangonan' ny Zanakondrin' Andriamanitra ary ny ^banankiray hafa dia ny fiangonan' ny devoly; koa, na zovy na zovy no tsy an' ny fiangonan' ny Zanakondrin' Andriamanitra, dia an' io fiangonana makadiry io izay renin' ny fahavetavetana; ary izy no ^dvehivavy janga amin' ny tany rehetra.

11 Ary ny zava-nitranga dia nijery aho ary nahatazana ny vehivavy janga tamin' ny tany rehetra, ary nipetraka teny ambonin' ny "rano maro izy; ary nanana fanapahana nanerana ny tany rehetra teo anivon' ny firenena, ny foko, sy ny samy

3b TSM Fahamelohana;
Helo.

5a TSM Fibebahana.

6a 2 Ne. 28:32.

7a Isa. 29:14; 1 Ne. 22:8;
2 Ne. 27:26; 29:1–2;
F&F 4:1.
TSM Famerenana

amin' ny Laoniny
ny Filazantsara.

b TSM Fiainana
Mandrakizay.

d 2 Ne. 2:26–29;
Almà 12:9–11.

8a TSM Fanekempihava-
nan' i Abrahama.

9a 1 Ne. 15:35;
F&F 1:35.

TSM Devoly.

10a 1 Ne. 22:23.

b 1 Ne. 13:4–6, 26.
d Fan. 17:5, 15;
2 Ne. 10:16.

11a Jer. 51:13; Fan. 17:15.

hafa fiteny ary ny mponina rehetra ^bizy.

12 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny fiangonan' ny Zanakondrin' Andriamanitra aho, ary ny mpikambana tao dia "vitsy noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny vehivavy janga izay nipetraka teo ambonin' ny rano maro; kanefa nahatazana aho fa niely patrana tambonin' ny ^btany rehetra koa ny fiangonan' ny Zanakondry dia ny olomasin' Andriamanitra; ary kely ny fanapahany tambonin' ny tany noho ny faharatsian' ny vehivavy janga lehibe izay efa hitako.

13 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana aho fa ny reny lehiben' ny fahavetavetana dia nanangona miaraka ny valalabemandry tambonin' ny tany rehetra teo anivon' ny firenena Jentilisa rehetra mba "hiady amin' ny Zanakondrin' Andriamanitra.

14 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nahatazana ny herin' ny Zanakondrin' Andriamanitra fa izany dia nidina tamin' ny olomasin' ny fiangonan' ny Zanakondry sy tamin' ny vahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo izay naely patrana tamin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany; ary nampirongoana azy ho fiadiany ny fahamarinana

sy ny "herin' Andriamanitra tamin-boninahitra lehibe.

15 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana aho fa "naidina tamin' io fiangonana makadiry sy maharikoriko io ny fahatezeran' Andriamanitra, hany ka nisy ady sy tabataban' ady teo anivon' ny ^bfirenena sy ny foko rehetra teto an-tany.

16 Ary rehefa nanomboka nisy "ady sy tabataban' ady teo anivon' ny firenena rehetra izay an' ny renin' ny fahavetavetana, dia niteny tamiko ilay anjely, nanao hoe: Indro, mby eo amin' ny renin' ny mpijangajanga ny fahatezeran' Andriamanitra; ary indro, hitanao ireo zavatra rehetra ireo—

17 Ary raha avy ny "andro izay ampandinana ny ^bfahatezeran' Andriamanitra amin' ny renin' ny mpijangajanga, dia ny fiangonana makadiry sy maharikoriko amin' ny tany rehetra, izay ny devoly no mpanorina azy, dia amin' izay andro izay no hanomboka ny ^aasan' ny Ray amin' ny fanomanana ny lalana ho fanatanterahina ny "fanekempihavanany izay efa nataony tamin' ny vahoakany izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely.

18 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko ilay anjely nanao hoe: Jereo!

19 Ary nijery aho ka nahata-

11b F&F 35:11.

12a Mat. 7:14;
3 Ne. 14:14;
F&F 138:26.

b F&F 90:11.

13a Fan. 17:1–6; 18:24;
1 Ne. 13:5;
F&F 123:7–8.

14a Jakôba 6:2;
F&F 38:32–38.

15a F&F 1:13–14.
b Mar. 13:8;
F&F 87:6.

16a 1 Ne. 22:13–14;
Môrm. 8:30.

17a TSM Andro Farany.

b 1 Ne. 22:15–16.

d 3 Ne. 21:7, 20–29.
TSM Famerenana
amin' ny Laoniny ny
Filazantsara.

e Môrm. 8:21, 41.
TSM Fanekempihava-
nan' i Abrahama.

zana lehilahy iray, ary nanao akanjo fotsy izy.

20 Ary hoy ny anjely tamiko: Indro ny "iray amin' ny apostoly roa amin' ny folon' ny Zanakondry.

21 Indro, hahita izy ary hanoratra ny sisa amin' ireo zavatra ireo; eny, ary koa zavatra maro izay efa nisy.

22 Ary hanoratra koa izy ny momba ny fiafaran' izao tontolo izao.

23 Koa ny zavatra izay hosoratany dia mahitsy sy marina; ary indro voasoratra ao anatin' ny "boky izay hitanao fa niloaka ny vavan' ny Jiosy ireo; ary tamin' ny fotoana nivoahan' ireo ny vavan' ny Jiosy na tamin' ny fotoana nivoahan' ny boky ny vavan' ny Jiosy, ny zavatra izay voasoratra dia tsotra sy madio ary ^bsarobidy indrindra sy mora azo ho an' ny olon-drehetra.

24 Ary indro, ny zavatra izay hosoratan' ilay "apostolin' ny Zanakondry, dia zavatra maro izay efa hitanao; ary indro ho hitanao ny sisa.

25 Nefa ny zavatra izay ho hitanao manaraka izao kosa dia tsy hosoratanao; satria ny Tompo Andriamanitra dia efa nanendry ny apostolin' ny Zanakondrin' Andriamanitra mba "hanoratra ireny.

26 Ary koa ny hafa izay efa lasana, tamin' izy ireny no efa nanehoany ny zava-drehetra ary

izy ireny no efa nanoratra izany; ary efa "nofehezina izany mba hivoaka amin' ny fahadiovany araka ny fahamarinana izay ao amin' ny Zanakondry, amin' ny fotoana efa voatendrin' ny Tompo eo amin' ny mpianakavin' i Isiraely.

27 Ary izaho Nefia dia nandre sy vavolombelona manambara fa ny anaran' ilay apostolin' ny Zanakondry, dia i "Jaona araka ny tenin' ilay anjely.

28 Ary indro voarara izaho Nefia tsy hanoratra ny sisa amin' ny zavatra izay hitako sy reko; koa ny zavatra izay efa nosoratako dia ampy ho ahy; ary tsy nanoratra afa-tsy ampahany kely tamin' ny zavatra izay efa hitako aho.

29 Ary vavolombelona manambara aho fa nahita ny zavatra izay hitan-"draiko, ary ny anjelin' ny Tompo no nampahafan' ahy izany.

30 Ary ankehitriny dia faranako ny filazako momba ny zavatra izay hitako raha mbola nentina tao amin' ny fanahy aho; ka raha tsy voasoratra avokoa ny zavatra hitako, ny zavatra izay efa nosoratako kosa dia "marina. Ary dia toy izany no izy. Amena.

TOKO 15

Handray ny filazantsara avy amin' ny Jentilisa ny taranak' i Lehia

20a Fan. 1:1-3;

1 Ne. 14:27.

23a 1 Ne. 13:20-24;

Môm. 8:33.

b 1 Ne. 13:28-32.

24a Etera 4:16.

25a Jao. 20:30-31;

Fan. 1:19.

26a 2 Ne. 27:6-23;

Etera 3:21-27; 4:4-7;

F&F 35:18;

JS—T 1:65.

27a Fan. 1:1-3.

29a 1 Ne. 8.

30a 2 Ne. 33:10-14.

amin' ny andro farany—Ampitoviana amin' ny hazo oliva iray izay hanaovana grefy indray ny tena sampany, ny fanangonana an' i Isiraely—Nanazava ny fahitana momba ny hazon' aina i Nefia sy niteny momba ny fahamarinan' Andriamanitra tamin' ny nanasarahany ny olon-dratsy tamin' ny olo-marina. Tokony ho 600–592 talohan' i j.k.

ARY ny zava-nitranga, izaho Nefia rehefa avy nentina tao amin' ny fanahy sy nahita ireo zavatra rehetra ireo, dia niverina tao amin' ny lain-draiko.

2 Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny rahalahiko aho, ary niady hevitra izy ireo ny momba ny zavatra izay efa nolazain-draiko azy ireo.

3 Fa noresahiny marina tokoa taminy ireo zava-dehibe maro izay sarotra "takarina raha tsy manadina ny Tompo ny olona; ary noho ny hamafin' ny fony dia tsy niandrindra ny Tompo izy ireo araka ny tokony ho nataony.

4 Ary ankehitriny, izaho Nefia dia nalahelo noho ny hamafin' ny fony ary koa noho ny zavatra izay efa hitako ka nahafantarako fa tsy azo sorohina ny tsy maintsy hitrangany noho ny faharatsian-toetra lehiben' ny zanak' olombelona.

5 Ary ny zava-nitranga dia ankona aho noho ny fahoriako,

satria noheveriko fa ny "fahoria-ko dia lehibe indrindra noho ny ^bfandringanana ny oloko, satria efa nahita ny famongorana azy aho.

6 Ary ny zava-nitranga rehefa nahazo "hery aho dia niresaka tamin' ny rahalahiko naniry ny hahafantatra avy taminy ny anton' ny fifandirany.

7 Ary hoy ireo: Indro, tsy mety azonay ny teny izay efa nolazain' ny raintsika momba ny sampana voajanaharin' ny hazo oliva ary koa ny momba ny Jentilisa.

8 Ary hoy aho taminy: Efa "nanadina ny Tompo va ianareo?

9 Ary hoy ireo tamiko: Tsy nanao izany izahay; satria tsy mampahafantatra anay ny zavatra toy izany ny Tompo.

10 Indro, hoy aho taminy: Nahoana ianareo no tsy mitandrina ny didin' ny Tompo? Nahoana no te ho faty ianareo noho ny "hamafin' ny fonareo?

11 Moa tsy tsaroanareo va ny zavatra izay efa nolazain' ny Tompo?—Raha tsy manamafy ny fonareo ianareo ary "mangataka Amiko amin' ny finoana, sady matoky fa hahazo izany, no mazoto amin' ny fankatoavana ny didiko, dia hampahafantarina anareo marimarina tokoa ireo zavatra ireo.

12 Indro, lazaiko anareo fa ny mpianakavin' i Isiraely dia nampitahain' ny Fanahin' ny Tompo, izay tao amin-draintsika, tamin'

15 3a 2 Tan. 2:10–12;

Almà 12:9–11.

5a TSM Fahoriana.

b Enôsa 1:13;

Môrm. 6:1.

6a Mos. 1:10;

JS—T 1:20, 48.

8a Môsià 26:13;

Almà 40:3.

TSM Vavaka.

10a TSM Apôstazia.

11a Jakoba 1:5–6;

Enôsa 1:15;

Môrô. 7:26; F&F 18:18.

TSM Mangataka.

ny hazo oliva; ary indro, moa va isika tsy tapahina hiala amin' ny mpianakavin' i Isiraely, ary moa va isika tsy "sampana iray amin' ny mpianakavin' i Isiraely?

13 Ary ankehitriny ny zavatra izay tian' ny raintsika holazaina amin' ny fanaovana grefy ny sampana voajanahary amin' ny alalan' ny fahafenoan' ny Jentilisa dia izao: Amin' ny andro farany rehefa "hihemotra ao amin' ny tsy finoana ny taranatsika, eny, mandritra ny taona maro sy ny taranaka maro any aorian' ny hanehoan' ny ^bMesia ny tenany amin' ny zanak' olombelona, amin' izany ny fahafenoan' ny "filazantsaran' ny Mesia dia ho tonga any amin' ny Jentilisa, ary avy any amin' ny ^cJentilisa dia hankany amin' ny sisa tavela amin' ny taranatsika —

14 Ary amin' izay andro izay ny sisa tavela amin' ny "taranatsika dia hahalala fa anisan' ny mpianakavin' i Isiraely izy, ary izy dia ^bvahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo; ary amin' izay dia ho fantany sady ho tonga amin' ny "fahalalana ny razany izy ary koa amin' ny fahalalana ny filazantsaran' ny Mpanavotra azy, izay nampianariny ny razany; koa ho tonga amin' ny fahalalana ny Mpanavotra azy izy sy amin' ny fahalalana ny antsipiriany marina amin' ny fo-

topampianarany ka hahafantarany ny fomba hanatonana Azy mba ho voavonjy.

15 Ary amin' izany, amin' izay andro izay, moa va tsy hiravoravo izy ka hanolotra fiderana an' Andriamaniny maharitra mandrakizay, ny "vatolampiny sy ny famonjena azy? Eny, amin' izay andro izay, moa va tsy hahazo hery sy famelomana avy amin' ilay tena ^bvoaloboka izy? Eny, moa va tsy ho tonga ao amin' ilay tena valan' Andriamanitra izy?

16 Indro lazaiko aminareo, Eny; hotsarovana indray eo anivon' ny mpianakavin' i Isiraely izy; ary noho izy tena sampan' ny hazo oliva dia hatao "grefy amin' ilay tena hazo oliva izy.

17 Ary izay no tian-draintsika holazaina; ary ny tiany holazaina dia tsy hitranga izany raha tsy aorian' ny hanaparitahan' ny Jentilisa azy; ary ny tiany holazaina dia ho tonga izany amin' ny alalan' ny Jentilisa, hahazoan' ny Tompo maneho ny heriny amin' ny Jentilisa, satria ny tena antony dia "hotsipahin' ny Jiosy na ny mpianakavin' i Isiraely Izy.

18 Koa ny raintsika dia tsy niresaka ny amin' ny taranatsika fotsiny fa ny amin' ny mpianakavin' i Isiraely rehetra koa, nandrony ny fanekempihavanana izay hotanterahina amin' ny

12a Gen. 49:22–26;
1 Ne. 10:12–14; 19:24.

TSM Leahia, Rain' i Nefia.

13a 1 Ne. 12:22–23;
2 Ne. 26:15.

^b TSM Mesia.

^d TSM Filazantsara.

^e 1 Ne. 13:42; 22:5–10;
F&F 14:10.

TSM Jentilisa.

14a 2 Ne. 10:2;

3 Ne. 5:21–26; 21:4–7.

^b TSM Fanekempihavanan' i Abrahama.

^d 2 Ne. 3:12; 30:5;

Môrm. 7:1, 9–10;

F&F 3:16–20. Jereo pejin-dohatenin' ny Bokin' i Môrmôna.

15a TSM Vatolampy.

^b Gen. 49:11; Jao. 15:1.

16a Jakôba 5:60–68.

17a TSM Fanomboana.

andro farany; dia ilay fanekem-pihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama raintsika, manao hoe: Amin' ny "taranakao no hitahiana ny foko rehetra ambonin' ny tany.

19 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia niresaka betsaka taminy ny momba ireo zavatra ireo; eny, noresahiko taminy ny momba ny "fampodiana ny Jiosy amin' ny andro farany.

20 Ary dia naveriko taminy ny teny nataon' i "Isaia, izay niresaka momba ny fampodiana ny Jiosy, na ny mpianakavin' i Isiraely; ary rehefa tafody izy dia tsy haharoharo intsony sady tsy haely patrana intsony. Ary ny zava-nitranga dia nanao teny maro tamin' ny rahalahiko aho, ka dia nitony izy ireo sy ^bnantry tena teo anoloan' ny Tompo.

21 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko indray izy ireo, nanao hoe: Inona no hevitr' ilay zavatra izay hitan-draintsika tamin' ny nofy? Inona no hevitr' ilay "hazo izay hitany?

22 Ary hoy aho taminy: Izany no sarin' ny "hazon' aina.

23 Ary hoy ireo tamiko: Inona no hevitr' ilay "anja-by izay hitan-draintsika ka nitondra nankeo amin' ny hazo?

24 Ary dia nolazaiko azy ireo

fa izany no "tenin' Andriamanitra; ary na zovy na zovy no hihaino ny tenin' Andriamanitra sy te ^bhihazona izany mafy, dia tsy ho faty na oviana na oviana izy; ny "fakam-panahy sy ny "zana-tsipika mirehitry ny ^ffahavalalo dia tsy afaka hampanaiky azy koa ho amin' ny fahajambana ka hitarika azy any amin' ny famongorana.

25 Koa, izaho Nefia dia nandrisika azy ireo "hampandry sofina amin' ny tenin' ny Tompo; eny, nandrisika azy ireo tamin' ny hery manontolon' ny fanahiko aho sy tamin' ny saina rehetra izay nananako mba hampan-driany sofina amin' ny tenin' Andriamanitra sy hahatsiarovany ny hitandrina mandrakariva ny didiny amin' ny zavatra rehetra.

26 Ary hoy ireo tamiko: Inona no hevitr' ilay "renirano hitan-draintsika?

27 Ary nolazaiko azy ireo fa ny "rano izay hitan-draiko dia ny ^bfahalotoana; ary revon-javatra hafa be loatra ny sainy ka tsy nahatazana ny fahalotoan' ny rano izy.

28 Ary nolazaiko azy ireo fa "hantsana mahatsiravina izany, izay nanasaraka ny ratsy fanahy tamin' ny hazon' aina ary koa

18a Gen. 12:1–3;
Abr. 2:6–11.

19a 1 Ne. 19:15.
tsm Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

20a 1 Ne. 19:23.
b 1 Ne. 16:5, 24, 39.

21a 1 Ne. 8:10–12.

22a 1 Ne. 11:4, 25;

Mos. 3:9.

23a 1 Ne. 8:19–24.

24a tsm Tenin' Andriamanitra.

b 1 Ne. 8:30;

2 Ne. 31:20.

d 1 Ne. 8:23.

tsm Fakam-panahy.

e Ef. 6:16;

F&F 3:8; 27:17.

f tsm Devoly.

25a F&F 11:2; 32:4;
84:43–44.

26a 1 Ne. 8:13.

27a 1 Ne. 12:16.

b tsm Fahalotoana.

28a Lio. 16:26;

1 Ne. 12:18;

2 Ne. 1:13.

tamin' ny olomasin' Andriamanitra.

29 Ary nolazaiko azy ireo fa izany no sarin' ilay "helo mahatsiravina izay nolazain' ny anjely tamiko fa efa voaomana ho an' ny ratsy fanahy.

30 Ary nolazaiko azy ireo fa ny rainay koa dia nahita fa ny "fahamarinan' Andriamanitra dia nanasaraka ny olon-dratsy tamin' ny olo-marina; ary ny famirapiratan' dia nitovy tamin' ny famirapiratan' ny afo mirehitra izay miakatra mankan' amin' Andriamanitra mandrakizay mandrakizay ary tsy manam-pahataperana.

31 Ary hoy ireo tamiko: Moa ve izany zavatra izany midika ho fampijaliana ny vatana mandritra ny andron' ny "fisedrana, sa midika ho ny toetra faran' ny fanahy aorian' ny ^bfahafatesan' ny vatana ara-nofo, sa izany miresaka ny momba ny zavatra izay ara-nofo?

32 Ary ny zava-nitranga dia nolazaiko azy ireo fa izany dia sarin' ny zavatra sady ara-nofo no ara-panahy; satria ho avy ny andro izay tsy maintsy hitsarana azy ireo araka ny "asany eny dia ny asa izay nataon' ny vatana ara-nofo nandritra ny andron' ny fizahan-toetra azy ireo.

33 Koa raha ho "faty ao amin' ny faharatsiany izy ireo, dia tsy

maintsy ^bholavina koa izy ireo raha ny amin' ny zavatra izay ara-panahy, izay mikasika ny fahamarinana; koa tsy maintsy hoentina hijoro eo anoloan' Andriamanitra izy ireo, mba "hotsaraina araka ny "asany; ary raha fahalotoana ny asany dia tsy maintsy ilaina ho ^fmaloto izy ireo; ary raha maloto izy ireo, dia tsy maintsy ilaina ny tsy hahafahany ^gmitoetra ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra, fa raha izany dia tsy maintsy maloto koa ny fanjakan' Andriamanitra.

34 Nefa indro lazaiko aminareo fa "tsy maloto ny fanjakan' Andriamanitra, ary tsy afaka miditra ny fanjakan' Andriamanitra rehefa mety ho zavatra tsy madio; koa tsy maintsy ilaina ny hisian' ny toeran' ny fahalotoana voaomana ho an' izay maloto.

35 Ary misy ny toerana iray efa voaomana, eny, dia ilay "helo mahatsiravina izay efa noresahiko, ary ny ^bdevoly no mpanomana izany; koa ny toetra faran' ny fanahin' ny olona dia ny hitoetra ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra na ny hariana any ivelany noho ilay "fahamarinana izay efa noresahiko.

36 Koa roahina ny olon-dratsy hiala ny olo-marina ary koa hiala ilay "hazon' aina izay tena sarobidy ny voany sady tena

29a TSM Helo.

30a TSM Fahamarinana.

31a Almà 12:24; 42:10; Hel. 13:38.

b Almà 40:6, 11–14.

32a TSM Asa.

33a Môsià 15:26; Môrô. 10:26.

b Almà 12:12–16; 40:26.

d TSM Fitsarana

Farany, Ny.

e 3 Ne. 27:23–27.

f 2 Ne. 9:16; F&F 88:35.

g Sal. 15:1–5; 24:3–4;

Almà 11:37;

F&F 76:50–70;

Mos. 6:57.

34a TSM Fahalotoana.

35a 2 Ne. 9:19;

Môsià 26:27.

TSM Helo.

b 1 Ne. 14:9; F&F 1:35.

d TSM Fahamarinana.

36a Gen. 2:9; 2 Ne. 2:15.

^bmahatsiriritra indrindra noho ny voankazo hafa rehetra; eny, izany no ^dlehibe indrindra amin' ny ^efanomezam-pahasoavana rehetra avy amin' Andriamanitra. Ary dia toy izany no nolazaiko ny rahalahiko. Amena.

TOKO 16

Ny mahasarotra ny fandraisan' ny olon-dratsy ny fahamarinana — Nanambady ny zanakavavin' i Ismaela ny zanakalahin' i Lehia — Nitarika ny diany tany an-tany foana ny Liahônâ — Nosoratana ombieny ombieny teo amin' ny Liahônâ ny hafatra avy tamin' ny Tompo — Maty Ismaela; nimonomona ny ankohonany noho ny fahoriany. Tokony ho 600–592 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, izaho Nefia rehefa avy namarana ny firesahana tamin' ny rahalahiko, dia indro hoy ireo tamiko: Efa nilaza zavatra henjana taminay ianao mihoatra noho izay hainay zakaina.

2 Ary ny zava-nitranga dia nolazaiko azy ireo fa fantatro fa efa niteny zavatra henjana nanohitra ny olon-dratsy aho araka ny fahamarinana; ary ny olo-marina dia efa nohamariniako sy nambarako fa hasandra-tra amin' ny andro farany; koa

sarotra ho an' ny ^aolo-meloka ny mandray ny ^bfahamarinana, satria ^cmanatrobaka azy hatrany anatiny izany.

3 Ary ankehitriny ry rahalahiko, raha marina ianareo ary te hihaino ny fahamarinana sy hitandrana izany mba hahazoanareo ^amandeha amin' ny fahitsiana eo anoloan' Andriamanitra, dia tsy himonomonona noho ny fahamarinana ianareo amin' izany ka hiteny hoe: Miteny zavatra henjana mamely anay ianao.

4 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nandrisika ny rahalahiko tamin' ny fahazotoana rehetra mba hitandrana ny didin' ny Tompo.

5 Ary ny zava-nitranga dia ^ananetry tena teo anoloan' ny Tompo izy ireo; hany ka nahazo fifaliana sy fanantenana lehibe ny aminy aho fa handeha amin' ny lalan' ny fahamarinana izy ireo.

6 Ankehitriny, ireo zavatra rehetra ireo dia nolazaina sy nitranga raha nonina tao an-day ny raiko tao an-dohasaha izay nantsoiny hoe Lemoela.

7 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nampakatra ny anankiray tamin' ny ^azanakavavin' i Ismaela ho ^bvady; ary nampakatra ny zanakavavin' i Ismaela ho vadiny koa ny rahalahiko; ary

36b 1 Ne. 8:10–12;
Almà 32:42.
d F&F 6:13.
e F&F 14:7.
TSM Fiainana
Mandrakizay.
16 2a Jao. 3:20;
2 Ne. 33:5;

Enôsa 1:23;
Hel. 14:10.
TSM Heloka.
b Ohab. 15:10;
2 Ne. 1:26; 9:40;
Hel. 13:24–26.
d Asa 5:33;
Môsià 13:7.

3a F&F 5:21.
TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.
5a 1 Ne. 16:24, 39; 18:4.
7a 1 Ne. 7:1.
b TSM Fanambadiana.

nampakatra ny vavimatoan' i Ismaela ho vadiny koa i ^dZôrama.

8 Ary dia toy izany no nahatanterahan-draiko avokoa ny didin' ny Tompo izay efa nomena azy. Ary izaho Nefia koa dia efa notahian' ny Tompo fatratra tokoa.

9 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin-draiko ny feon' ny Tompo nony alina sy nandidy azy hizoran' ny diany mankany an-tany foana ny ampitso.

10 Ary ny zava-nitranga raha nifoha ny raiko ny maraina sy nandeha hivoaka ny tokonan' ny lay, dia hagagana lehibe ny azy nahatazana teo amin' ny tany "bola boribory iray izay araka ny fahaizana asa kanto; ary izany dia vita tamin' ny varahina tsy misy fangarony. Ary nisy sahaza roa tanatin' ny bola; ary ny iray nanondro ny lalana izay tokony hizoranay mankany an-tany foana.

11 Ary ny zava-nitranga dia nanganonay miaraka avokoa ny zavatra tokony hoentiny mankany an-tany foana sy ny ambiny rehetra tamin' ny vatsinay izay efa nomen' ny Tompo anay; ary nakanay ny voa isan-karazany izay azonay entina mankany an-tany foana.

12 Ary ny zava-nitranga dia nentinay ny lainay ary lasana tany an-tany foana izahay, niam-pita ny reniranon' i Lamàna.

13 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nandritra ny hefarana izahay nizotra saiky nianatsimo-atsimo atsinanana ary na-

tsanganay indray ny lainay; ary nantsoinay hoe Sazera ny anaran' ny toerana.

14 Ary ny zava-nitranga dia nentinay ny tsipikanay sy ny zana-tsipikanay ary lasana tany an-tany foana izahay hiremby hanina ho an' ny ankohonanay; ary rehefa avy niremby hanina ho an' ny ankohonanay izahay dia niverina indray tany amin' ny ankohonanay tany an-tany foana, tany amin' ilay toerana nantsoina hoe Sazera. Ary izahay dia nandeha indray tany an-tany foana, nanaraka araka ny lalana teo ihany, nandia ny fari-try ny tany foana lonaka indrin-dra, izay tao amin' ny sisin-tany akaikin' ny "Ranomiasina Mena.

15 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nandritra ny andro maro izahay, niremby hanina teny an-dalana tamin' ny tsipikanay sy ny zana-tsipikanay ary ny vatonay sy antsamotadinay.

16 Ary izahay dia nanaraka ny "torolalan' ny bola, izay nitondra anay tany amin' ny faritra lonaka indrindra tamin' ny tany foana.

17 Ary rehefa avy nandeha nandritra ny andro maro izahay dia natsanganay ny lainay nandritra ny fotoana fohy mba hahazoanay miala sasatra indray sy mitady hanina ho an' ny ankohonanay.

18 Ary ny zava-nitranga rehefa nandeha hiremby hanina izaho Nefia dia nahatapaka ny

7d 1 Ne. 4:35;
2 Ne. 5:5–6.
10a Almà 37:38–46.

TSM Liahôna.
14a F&F 17:1.
16a 1 Ne. 16:10, 16, 26;

18:12;
Almà 37:38–46.

tsipikako izay vita tamin' ny "tsy tsy misy fangarony; ary nony efa nahatapaka ny tsipikako aho, dia indro, tezitra tamiko ny rahalahiko noho ny famoizana ny tsipikako, satria tsy nahazo remby izahay.

19 Ary ny zava-nitranga dia tsy nahita hanina izahay raha niverina tany amin' ny ankohonanay izay reraka fatratra noho ny diany ka nijaly tokoa noho ny filany hanina.

20 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nimonomonona izaitsizy tokoa i Lamàna sy i Lemoela ary ny zanakalahin' i Ismaela noho ny fijaliany sy ny fahoriany tany an-tany foana; ary nanomboka nimonomonona tamin' ny Tompo Andriamaniny koa ny raiko; eny, ary feno halahelo izaitsizy tokoa izy rehetra hany ka nimonomonona tamin' ny Tompo.

21 Ankehitriny ny zava-nitranga, izaho Nefia, rehefa niaranijaly tamin' ny rahalahiko noho ny fahaverezan' ny tsipikako, ary satria efa very ny vimiaina tamin' ny tsipikany, dia nanomboka ho nanano-sarotra fatratra tokoa ny fihazana, eny, ka dia tsy nety nahazo hanina izahay.

22 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia niteny betsaka tamin' ny rahalahiko, satria efa nana-mafy ny fony indray izy ireo, na dia hatrany amin' ny "faniniana ny Tompo Andriamaniny aza.

23 Ary ny zava-nitranga, izaho

Nefia dia nanao tsipika tamin' ny hazo sy zana-tsipika tamin' ny tapakazo mahitsy; noho izany aho dia nampirongo tsipika sy zana-tsipika ary antsamotady sy vato ny tenako. Ary hoy aho tamin-"draiko: Aiza no halehako hahazoana hanina?

24 Ary ny zava-nitranga dia "nanadina ny Tompo izy, satria efa nanetry tena izy ireo noho ny teniko; fa izaho dia nilaza zavatra maro tamin' izy ireo tamin' ny herin' ny fanahiko.

25 Ary ny zava-nitranga dia tonga tamin-draiko ny feon' ny Tompo; ary "voalevilevy marina tokoa izy noho ny fimonomonomanany tamin' ny Tompo, hany ka nentina nidina tany amin' ny halalin' ny alahelo izy.

26 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny feon' ny Tompo taminy: Jereo eo amin' ny bola ary zahao ny zavatra izay voasoratra.

27 Ary ny zava-nitranga nony nizaha ny zavatra izay voasoratra teo amin' ny bola ny raiko, dia raiki-tahotra sy tora-kovitra fatratra tokoa izy ary koa ny rahalahiko sy ny zanakalahin' i Ismaela ary ny vadinay.

28 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nahita fa ireo sahaza izay tanatin' ny bola dia nihetsika arakaraka ny "finoana sy ny faharisihana ary ny fitandremana nasehonay azy ireo.

29 Ary nisy koa voasoratra teo amin' ireo, soratra vaovao iray izay mora vakiana; izay nanome

18a 2 Sam. 22:35.

22a Eks. 16:8; Nom. 11:1.

23a Eks. 20:12;

Môsià 13:20.

24a TSM Vavaka.

25a Etera 2:14.

TSM Famaizana.

28a Almà 37:40.

TSM Finoana.

anay ny "fahatakarana ny momba ny lalan' ny Tompo; ary nosoratana sy niovaova ombieny ombieny izany arakaraka ny finoana sy ny faharisihana nasehonay izany. Ary dia toy izany no ahitantsika fa afaka manatanteraka zava-dehibe amin' ny alalan' ny zava-^bmadinika ny Tompo.

30 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nandeha niakatra teo an-tampon-tendrombohitra araka ny torolalana izay nomena teo amin' ny bola.

31 Ary ny zava-nitranga dia nahafaty bibidia aho ka nahazo hanina ho an' ny ankohonanay.

32 Ary ny zava-nitranga, dia niverina tany amin' ny lainay aho, nitondra ny biby izay efa novonoiko; ary ankehitriny, nony nahita izy ireo fa efa nahazo hanina aho dia akory ny halehiben' ny fihaliany! Ary ny zava-nitranga dia nanetry tena teo anatrehan' ny Tompo izy ireo sy nanolotra fisaorana ho Azy.

33 Ary ny zava-nitranga dia nizotra indray ny dianay, saiky nanaraka ny dia teo am-piandohana ihany; ary rehefa avy nandeha nandritra ny andro maro izahay dia nanangana ny lainay indray mba hahazoanay mitoetra mandritra ny fotoana fohy.

34 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry i "Ismaela ary nalevina teo amin' ny toerana izay nantsoina hoe Nahôma.

35 Ary ny zava-nitranga dia

nitomany izaitsizy tokoa ny zanakavavin' i Ismaela noho ny famoizana an-drainy, sy noho ny "fijaliany tany an-tany foana; ary ireo dia nimonomonona ny tamin-draiko noho ny nitondrany azy ireo niala ny tanin' i Jerosalema, nanao hoe: Efa maty ny rainay; eny, ary efa nirenireny fatratra tatỳ an-tany foana izahay sy efa niaritra fahoriana, hanoanana, hetaheta ary havizanana betsaka; ary rehefa izany fijaliana rehetra izany, dia tsy maintsy ho faty atỳ an-tany foana izahay noho ny hanoanana.

36 Ary dia toy izany no nimonomononany tamin-draiko sy tamiko koa; ary naniry ny hiverrina indray any Jerosalema izy ireo.

37 Ary hoy i Lamàna tamin' i Lemoela ary koa tamin' ny zanakalahin' i Ismaela: Indro, andeha "hovonointsika ny rain-tsika ary koa i Nefia rahalahantsika izay nanao ny tenany ho ^bmpanapaka sy mpampianatra antsika izay zokiny.

38 Ankehitriny dia milaza izy fa efa niresaka taminy ny Tompo ary koa efa nampianatra azy ny "anjely. Nefa indro fantatsika fa mandainga amintsika izy; ary milaza ireo zavatra ireo amintsika izy sy mamita zavatra maro noho ny fahaizany mametsifetsy mba hahazoany mamitaka ny masontsika noho ny fiheverany angamba fa azony entina mankany an-tany foana hafahafa

29a TSM Fahatakarana.
b 2 Mpan. 5:13; Jakobab
3:4; Almà 37:6-7, 41;
F&F 123:16.

34a 1 Ne. 7:2-6.
35a TSM Fahoriana.
37a 1 Ne. 17:44.
TSM Famonoan' Olona.

b Gen. 37:9-11;
1 Ne. 2:22; 18:10.
38a 1 Ne. 3:30-31; 4:3.

isika; ary rehefa tongany any isika dia mihevitra izy ny hanao ny tenany ho mpanjaka sy ho mpanapaka amintsika mba hahazoany mitondra antsika araka ny sitrapony sy ny nahim-pony. Ary dia toy izany no fomba nentin' i Lamàna rahalahiko namoky ny fon' ireo ho tezitra.

39 Ary ny zava-nitranga dia nomba anay ny Tompo, eny, na ny feon' ny Tompo aza dia tonga sy nilaza teny maro tamin' izy ireo sy "nandevilevy azy ireo fatratra tokoa; ary rehefa avy nolevileven' ny feon' ny Tompo izy ireo dia nitony ny fahatezerany, ary nibebaka tamin' ny fahotany izy ireo, hany ka notahian' ny Tompo tamin' ny hanina indray izahay, mba tsy ho faty.

TOKO 17

Nodidina i Nefia hanamboatra sambo iray—Nanohitra azy ny rahalahiny—Namporisihany izy ireo tamin' ny famohazana ny tantaran' ny fitondran' Andriamanitra an' i Israely—Nanenika an' i Nefia ny herin' Andriamanitra—Norarana tsy hikasika azy ny rahalahiny fandrao dia halazo toy ny zozoro maina izy ireo. Tokony ho 592–591 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nandeha indray ny dianay tany antany foana izahay; ary nizotra saiky niantsinanana ny dianay hatramin' izay fotoana izay. Ary nizotra ny dianay no sady nan-

dalo tamina fijaliana be izahay tany an-tany foana; ary tera-bao tany an-tany foana ny vadinay.

2 Ary lehibe tokoa ny fitahian' ny Tompo anay, fa raha mbola nivelona tamin' ny "hena manta izahay tany an-tany foana, ny vadinay kosa dia nanome nono betsaka ny zanany, sady natanjaka, eny, nitomban-dahy aza; ary izy ireo dia nanomboka nahatanty ny dia, tsy nimonomonona.

3 Ary dia toy izany no ahitantsika fa tsy maintsy tanteraka ny didin' Andriamanitra. Ary raha toa ka "mitandrina ny didin' Andriamanitra ny zanak' olombelona, dia mamelona sy mampahery azy Izy ary ^bmanomana lalana hahazoany manatanteraka ny zavatra izay efa nandidiany azy; koa nanomana lalana ho anay Izy, raha mbola nitoetra tany an-tany foana izahay.

4 Ary izahay dia nitoetra nandritra ny taona maro, eny nandritra ny valo taona tany an-tany foana.

5 Ary izahay dia tonga tao amin' ny toerana izay nantsoinay hoe Soafeno, noho ny habetsahan' ny voankazo tao ary koa ny tantely remby; ary efa nomanin' ny Tompo ireny zavatra rehetra ireny mba tsy hafafaty anay. Ary nahatazana ny ranomasina izahay, izay nantsoinay hoe Ireantoma izay adika hoe rano maro.

6 Ary ny zava-nitranga, dia nangana ny lainay teo akaikin' ny moron-dranomasina izahay;

39a TSM Famaizana.
17 2a 1 Ne. 17:12.

3a Môsîà 2:41;
Almà 26:12.

TSM Mankatò.
b 1 Ne. 3:7.

ary na dia teo aza ny efa niaretanay "fahoriana maro sy fahasahiranana be, eny, be loatra aza izy ireny ka tsy hay soratana avokoa, dia niravoravo fatratra tokoa izahay nony tonga teo amoron-dranomasina; ary nantsoinay hoe Soafeno ny toerana noho ny habetsahan' ny voankazo teo.

7 Ary ny zava-nitranga, rehefa teo amin' ny tanin' i Soafeno nandritra ny andro maro izaho Nefia, dia tonga tamiko ny feon' ny Tompo, nanao hoe: Mitsangana ary miakara ianao eo antendrombohitra. Ary ny zava-nitranga dia nitsangana aho sy niakatra teo antendrombohitra ary nitalaho ny Tompo.

8 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko ny Tompo, nanao hoe: Hanamboatra sambo iray ianao araka ny "toromarika izay hasehoko anao mba hahazoako mitondra ny olonao mita ireo rano ireo.

9 Ary hoy aho: Tompo ô! aiza no halehako hahitako akora harendrika, mba hahazoako manao fitaovana hanamboarana ny sambo araka ny toromarika izay efa nasehonao ahy?

10 Ary ny zava-nitranga dia nolazain' ny Tompo ahy izay tokony halehako hahitako akora harendrika mba hahazoako manao fitaovana.

11 Ary ny zava-nitranga, dia nanao tafoforana itsofan' afo tamin' ny hoditra biby izaho

Nefia; ary rehefa nahavita tafoforana aho mba hahazoako mitsoka afo, dia nampifampikaso-hako niaraka ny vato anankiroa mba hahazoako manao afo.

12 Satria tsy navelan' ny Tompo ny hanaovanay afo firy hatrizao, raha nandeha tany an-tany foana izahay; fa hoy Izy: Izaho hahatonga ny haninareo ho mafilotra mba tsy "handrahoanareo izany;

13 Ary Izaho koa no ho fahazavanareo any an-tany foana; ary Izaho no "hanomana ny lalana eo anoloanareo raha toa ka mitandrina ny didiko ianareo; koa raha mitandrina ny didiko ianareo dia hoentina mankamin' ny ^btany nampanantenaina; ary ho ^dfantatrareo fa entina amin' ny alalako ianareo.

14 Eny, ary hoy koa ny Tompo: Rehefa tonga any amin' ny tany nampanantenaina ianareo, dia ho ^afantatrareo fa Izaho Tompo no ^bAndriamanitra; ary Izaho Tompo no nanafaka anareo tamin' ny fandranganana; eny, Izaho no nitondra anareo nivoaka ny tanin' i Jerosalema.

15 Koa izaho Nefia dia niezaka ny hitandrina ny didin' ny Tompo sy namporisika ny rahalahiko ho amin' ny fahatokiana sy ny fahazotoana.

16 Ary ny zava-nitranga dia nanamboatra fitaovana tamin' ny akora izay narendriko avy tamin' ny vato aho.

17 Ary nony nahita ny rahala-

6a 2 Ne. 4:20.
8a 1 Ne. 18:2.
12a 1 Ne. 17:2.
13a Almà 37:38-39.

b 1 Ne. 2:20;
Jakôba 2:12.
d Eks. 6:7.
14a 2 Ne. 1:4.

TSM Fijoroana ho
Vavolombelona.
b F&F 5:2.

hiko fa efa madiva “hanamboatra sambo iray aho dia nanomboka nimonomonona tamiko ireo, nanao hoe: Adala ny rahalahintsika satria mihevitra izy fa afaka manamboatra sambo iray; eny, ary mihevitra koa izy fa afaka mita ireo rano lehibe ireo.

18 Ary dia toy izany no nimoi-moizan’ ny rahalahiko tamiko, ary niriany ny tsy hiasany, satria tsy ninoany fa afaka manamboatra sambo iray aho; sady tsy ninoany koa fa efa notoroan’ ny Tompo hevitra aho.

19 Ary ankehitriny ny zav-nitranga, izaho Nefia dia feno alahelo izaitsizy tokoa noho ny hamafin’ ny fony; ary ankehitriny nony hitan’ izy ireo fa nanomboka ho feno alahelo aho dia nifaly tao am-pony izy ireo, hany ka “nisariadriaka tamiko nanao hoe: Fantatray fa tsy afaka manamboatra sambo ianao, satria fantatray fa tsy ampy fandanjalanjana; koa tsy afaka manatontosa asa goavana toy izany ianao.

20 Ary mitovy amin-drainay ianao, voafitaky ny “fisaintsainana adalan’ ny fony; eny, efa nitondra anay niala ny tanin’ i Jerosalema izy, ary efa nirenireny tany an-tany foana izahay nandritra izay taona maro izay; ary efa nisasatra ny vehivavinay, satria nitondra vohoka; ary terabao tany an-tany foana ireo sy niaritra ny zava-drehetra afa-tsy ny fahafatesana; ary ho tsara kokoa ho azy ireo ny maty talohan’

ny nialany tao Jerosalema, toy izay niaritra ireo fahoriana ireo.

21 Indro, efa nijaly tany an-tany foana izahay nandritra ireo taona maro ireo dia fotoana izay mba tokony ho efa nankafizanay ny fanananay sy ny tany lovanay; eny, mety mba ho efa sambatra izahay.

22 Ary fantatray fa ny mponina izay tao an-tanin’ i Jerosalema dia “vahoaka marina, satria nitana ny fitsipika sy ny didin’ ny Tompo ary ny didiny rehetra araka ny lalàn’ i Mosesy izy; koa fantatray fa vahoaka marina izy; ary efa notsarain-drainay izy ary efa nentiny niala izahay satria nety nihaino ny teniny; eny, ary ny rahalahintsika dia tahaka azy. Ary dia araka izany fombam-pitenenana izany no nimonomononan’ ny rahalahiko sy nitarainany taminay.

23 Ary ny zav-nitranga dia niteny taminay izaho Nefia, nanao hoe: Moa mino va ianareo fa ny razantsika izay zanak’ i Isiraely dia ho nentina niala teo an-tanin’ ny Egyptiana raha toa tsy nihaino ny tenin’ ny Tompo izy?

24 Eny, moa heverinareo va fa ho nentina niala tamin’ ny fanandevozana izy, raha toa ny Tompo tsy nandidy an’ i Mosesy ny tokony “hitondrany azy hiala amin’ ny fanandevozana?

25 Ankehitriny dia fantatra-reo fa “nandevozina ny zanak’ i Isiraely; ary fantatra-reo fa novesarana ^bfanompoana izay sarotra entina izy; koa fantatra-reo

17a 1 Ne. 18:1–6.

19a TSM Fanenjehana.

20a 1 Ne. 2:11.

22a 1 Ne. 1:13.

24a Eks. 3:2–10;

1 Ne. 19:10;

2 Ne. 3:9; 25:20.

25a Gen. 15:13–14.

b Eks. 1:11; 2:11.

fa tsy maintsy ho zavatra tsara tokoa ho azy ny nitondrana azy niala ny fanandevozana.

26 Ankehitriny dia fantatrareo fa nodidian' ny Tompo i "Mosesy hanatanteraka izany asa lehibe izany; ary fantatrareo fa noho ny ^bteniny, ny ranon' ny Ranomasina Mena dia nisava ho andaniny sy ankilany ary nandeha teo afovoany izy nandia tany maina.

27 Nefa fantatrareo fa rendrika tao amin' ny Ranomasina Mena ny Egyptiana izay miaramilan' i Farao.

28 Ary fantatrareo koa fa novokisana "mana izy tany an-tany foana.

29 Eny, ary fantatrareo koa fa i Mosesy, noho ny teniny, araka ny herin' Andriamanitra izay tao aminy, dia "nikapoka ny vatolampy ary niboiboika ny rano mba hahazoan' ny zanak' i Isiraely manala ny hetahetany.

30 Ary na dia teo aza ny nitarihana azy, ka ny Tompo Andriamaniny sy Mpanavotra azy no nialoha lalana azy, nitarika azy nandritra ny andro sy nanome fahazavana ho azy tamin' ny alina ary nanao ho azy ny zavatra rehetra izay "tsara horaisina ho an' ny olona, dia nanamafy ny fony sy nanajamba ny sainy ary ^bnanevateva an' i Mosesy

sy Ilay Andriamanitra marina sady velona izy.

31 Ary ny zava-nitranga, araka ny teniny, dia "nandringana azy Izy ary araka ny teniny dia ^bnitarika azy Izy; ary araka ny teniny dia nataony avokoa ny zavatra ho azy; ary tsy nisy na inona na inona zava-bitra raha tsy noho ny teniny.

32 Ary nony efa tafita ny renirano Jordana izy dia nataony nahery izy tamin' ny "fanosehana ny mponina teratany hiala ny taniny, eny, tamin' ny fanaparitahana azy hatrany amin' ny fandranganana.

33 Ary ankehitriny moa heverinareo va fa ny mponina teratany izay teo amin' ny tany nampantennaina, izay efa natosiky ny razantsika hiala, moa heverinareo va fa vahoaka marina izy? Indro lazaiko aminareo, Tsia.

34 Moa heverinareo fa ho mendrika kokoa noho izy ny razantsika raha toa ka olo-marina izy? Lazaiko anareo, Tsia.

35 Indro, iray ihany no fihevitry ny Tompo ny "nofo rehetra; izay ^bmarina no "ankasitrahana' Andriamanitra. Nefa indro, efa notsipahin' ity vahoaka ity ny tenin' Andriamanitra rehetra ary masaka tao anatin' ny heloka izy; ary teo aminy ny fahafenoan'

26a Asa 7:22-39.

b Eks. 14:21-31;

1 Ne. 4:2;

Môsià 7:19;

Hel. 8:11; F&F 8:3;

Mos. 1:25.

28a Eks. 16:4, 14-15, 35;

Nom. 11:7-8;

Deot. 8:3;

Môsià 7:19.

29a Eks. 17:6; Nom. 20:11;

Deot. 8:15; 1 Ne. 20:21.

30a F&F 18:18; 88:64-65.

b Eks. 32:8;

Nom. 14:2-3;

Ezek. 20:13-16;

F&F 84:23-25.

31a Nom. 26:65.

b 1 Ne. 5:15;

F&F 103:16-18.

32a Nom. 33:52-53;

Jos. 24:8.

35a Asa 10:15, 34;

Roma. 2:11;

2 Ne. 26:23-33.

b Sal. 55:22; 1 Ne. 22:17.

d 1 Sam. 2:30;

Sal. 97:10; 145:20;

Almà 13:4;

F&F 82:10.

ny fahatezeran' Andriamanitra; ary ny Tompo dia nanozona ny tany taminy ary nitahy izany kosa ho an' ny razantsika; eny, Izy dia nanozona izany taminy hatrany amin' ny famongorana azy, ary nitahy izany kosa ho an' ny razantsika tamin' ny fahazoany fahefana hanapaka izany.

36 Indro efa ^anahary ny ^btany ny Tompo mba ho azo ^dhone-nana izany; ary efa nahary ny zanany Izy mba hizakan' ireo izany.

37 Ary ^amanangana firenena marina iray Izy sy mandrava ny firenen' ny olon-dratsy.

38 Ary mitondra ny marina mankamin' ny ^atany sarobidy Izy; ary ny ratsy dia ^bfongoriny ary ozoniny ny tany ho azy noho ny aminy.

39 Manapaka eny an-danitra avo Izy fa izany no seza fiandrianany, ary ity tany ity no ^afitoeran-tongony.

40 Ary tia ireo izay hanana Azy ho Andriamaniny Izy. Indro Izy dia nitia ny razantsika sy nanao ^afanekempihavanana taminy, eny, dia i Abrahama sy i ^bIsaka ary i ^dJakoba; ary notsarovany ny fanekempihavanana izay efa nataony; koa Izy dia nitondra azy nivoaka ny tany ^eEgypta.

41 Ary Izy dia nanafay azy tany an-tany foana tamin' ny tsorakazonny; satria ^ananamafy ny fony izy dia toa anareo koa; ary nanafay azy ny Tompo noho ny helony. Nalefany ny ^bmenaran' afo manidina teo anivony; ary nony efa voakaikitra izy, dia no-maniny ny lalana iray mba hahazoana ^dmanasitrana azy; ary ny zavatra izay tsy maintsy ataony dia ny mibanjina; ary noho ny ^efahatsoran' ny lalana, na noho ny hamorany, dia nisy maro ireo izay maty.

42 Ary izy dia nanamafy ombieny ombieny ny fony ary ^ananevateva an' i ^bMosesy sy Andriamanitra koa; kanefa fantatrareo fa notarihin' ny heriny tsy manan-tsahala izy nankamin' ny tany nampanantenaina.

43 Ary ankehitriny taorian' ireo zavatra rehetra ireo, dia tonga ny fotoana izay nanjariany ho olon-dratsy, eny, saiky ho amin' ny fahasahana aza; ary tsy fantatro raha toa ka efa madiva ho fongana izy amin' izao andro izao; satria fantatro fa tsy maintsy ho avy marina tokoa ny andro izay tsy maintsy hamongorana azy afa-tsy vitsivitsy ihany izy hoentina any amin' ny fahababoana.

44 Koa ^anandidy ny raiko ny

36a tsm Fahariana.
b tsm Tany.

d Isa. 45:18;
Abr. 3:24-25.

37a Ohab. 14:34;
1 Ne. 4:13; Etera 2:10;
F&F 117:6.

38a tsm Tany
Nampanantenaina.
b Lev. 20:22.

39a Isa. 66:1; F&F 38:17;
Abr. 2:7.

40a tsm Fanekempihavanan' i Abrahama.

b Gen. 21:12;
F&F 27:10.

d Gen. 28:1-5.

e Deot. 4:37.

41a 2 Mpan. 17:7-23.
b Nom. 21:4-9;

Deot. 8:15;
Almà 33:18-22.

d Jao. 3:13-15;
2 Ne. 25:20.

e Almà 37:44-47;
Hel. 8:15.

42a Nom. 14:1-12.
tsm Fikomiana.

b F&F 84:23-24.

44a 1 Ne. 2:1-2.

Tompo ny handehanany mankany an-tany foana; ary nifofo ny handatsaka ny ainy koa ny Jiosy; eny, ary efa nifofo ny handatsaka ny ainy koa ^bianareo; koa ianareo dia mpamono olona ao am-ponareo ary mitovy aminy ianareo.

45 ^aMailaka ianareo amin' ny fanaovana heloka fa mitaredretra kosa amin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamanitrareo. Efa nahita ^banjely iray ianareo, ary niteny taminareo izy; eny, efa nandre ny feony ombieny ombieny ianareo; ary niteny taminareo tamin' ny feo tony sy malefaka izy, saingy efa ^ddonto ianareo, hany ka tsy nahatsapa ny teniny; koa izany no efa nitenenany taminareo tahaka ny feon' ny kotro-baratra izay nahatonga ny tany hihorohoro miova tsy ny hitresaka roa ireny.

46 Ary fantatrareo koa fa noho ny ^aherin' ny teniny tsitoha dia azony atao ny manafoana ny tany; eny, ary fantatrareo fa noho ny teniny dia azony atao ny mahatonga ny toerana mikitoantoana ho marin-tampona ary ny toerana marin-tampona hitresatresaka. Ô, amin' izany, nahoana re no dia mafy loatra ny ao amponareo?

47 Indro, rotidrotiky ny fangirifiriana ny fanahiko noho ny aminareo ary marary ny foko; matahotra aho fandrao dia ho-roahina mandrakizay ianareo. Indro, ^aheniky ny Fanahin'

Andriamanitra aho, hany ka ^btsy manan-kery ny vatako.

48 Ary ankehitriny ny zavainitranga, rehefa avy nilaza izany teny izany aho, dia tezitra tamiko ireo ary te hanipy ahy any an-dranomasina lalina; ary raha nandroso izy ireo hikasi-tanana ahy, dia niteny taminy aho nanao hoe: Amin' ny anaran' Andriamanitra Tsitoha, mandidy anareo aho ^atsy hikasika ahy fa heniky ny ^bherin' Andriamanitra aho na dia mahalevona ny nofoko aza izany; ary na zovy na zovy no hikasi-tanana ahy, dia ^dhalazo toy ny zozoro maina; ary ho tsinontsinona izy eo anoloan' ny herin' Andriamanitra fa hamely azy Andriamanitra.

49 Ary ny zava-nitranga, iza-ho Nefia dia nilaza taminy ny tsy tokony himonomononany intsony amin-drainy; sy ny tsy tokony handavany koa ny hiara-miasa amiko, satria Andriamanitra no efa nandidy ahy hanamboarako sambo iray.

50 Ary hoy aho taminy: ^aRaha Andriamanitra no efa nandidy ahy hanao ny zava-drehetra, dia ho vitako izany. Raha mandidy ahy Izy ny hitenenako amin' ity rano ity hoe, manjaria tany, dia hanjary tany izany; ary raha milaza izany aho, dia ho ^bto izany.

51 Ary ankehitriny, raha manana hery lehibe toy izany ny Tompo, ary efa nahavita fahagagana maro tokoa teo anivon' ny zanak' olombelona, nahoana

44b 1 Ne. 16:37.

45a Môsîà 13:29.

^b 1 Ne. 4:3.^d Ef. 4:19.

46a Hel. 12:6-18.

47a Mika 3:8.

^b 1 Ne. 19:20.

48a Môsîà 13:3.

^b 2 Ne. 1:26-27.

TSM Hery.

^d 1 Mpan. 13:4-7.

50a Filip. 4:13; 1 Ne. 3:7.

Izy no tsy ho afaka “manoro ahy hahazoako manamboatra sambo iray?

52 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nilaza zavatra maro tamin’ ny rahalahiko hany ka nangaihay ireo sy tsy afaka nifanditra tamiko; tsy sahin'ny ihany koa ny nanenjan-tsandry tamiko na nikasi-tanana ahy, na dia nandritra ny andro maro aza. Ankehitriny dia tsy sahin'ny ny nanao izany fandrao halazo eo anoloako izy ireo, satria nahery loatra ny “Fanahin’ Andriamanitra; ary dia toy izany no efa niasany taminy.

53 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompo tamiko: Ahinjiro indray eo anoloan’ ny rahalahinao ny tananao dia tsy halazo eo anoloanao izy ireo, fa hampangitakitaka azy ireo kosa Aho, hoy ny Tompo, ary izany no hataoko dia ny mba hahafantarany fa Izaho no Tompo Andriamaniny.

54 Ary ny zava-nitranga dia nahinjiro teo anoloan’ ny rahalahiko ny tanako ary tsy nalazo teo anoloako izy ireo; fa ny Tompo no nampangitakitaka azy ireo kosa araka ny teny izay efa nola-zainy.

55 Ary ankehitriny dia hoy ireo: Fantatray marina tokoa fa miaraka aminao ny Tompo satria fantatray fa ny herin’ ny Tompo no efa nampangitakitaka anay. Ary dia niankohoka teo anoloako izy ireo ary efa saiky “hitsaoka ahy, nefa tsy navelako sady nataoko hoe: Rahalahinareo aho,

eny, dia ny zandrinareo lahy; koa aoka ianareo hitsaoka ny Tompo Andriamanitrareo, ary manajà ny rainareo sy ny reninareo mba ho lava ^bandro ianareo any amin’ ny tany izay homen’ ny Tompo Andriamanitrareo anareo.

TOKO 18

Ny fahavitan’ ny sambo—Filazana ny nahaterahan’ i Jakôba sy i Jôsefa—Niondrana an-tsambo ny mpiray dia hankany amin’ ny tany nampantanentaina—Nandray anjara tamin’ ny filalaovan-dratsy sy ny fikomiana ny zanakalahin’ i Ismaela mbamin’ ny vadiny avy—Nifatotra i Nefia ary natosiky ny tafio-drivotra mahatsiravina hiverina ilalana ny sambo—Nafahana i Nefia, ary nitsahatra ny tafiotra noho ny fivavahany—Ny fahatongavan’ ny olona tany amin’ ny tany nampantanentaina. Tokony ho 591–589 talohan’ i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nitsaoka ny Tompo izy ireo sy nandeha niaraka tamiko; ary izahay dia nandrafitra ny hazo araka ny fahaizana asa kanto. Ary nasehon’ ny Tompo ahy ombieny ombieny ny fomba tokony handrafetako ny hazo amin’ ny sambo.

2 Ankehitriny izaho Nefia dia tsy nandrafitra ny hazo araka ny rafitra izay nianaran’ ny olona, sady tsy nanamboatra ny sambo araka ny fanaon’ ny olona; fa nanamboatra izany kosa araka ny fomba izay efa nasehon’ ny

51a Gen. 6:14–16;
1 Ne. 18:1.

52a TSM Fanahy Masina.
55a Asa 14:11–15.

b Eks. 20:12;
Môsîà 13:20.

Tompo ahy; koa dia tsy araka ny fanaon' ny olona izany.

3 Ary izaho Nefia dia niakatra matetika tao an-tendrombohitra sy "nivavaka matetika tamin' ny Tompo; koa dia ^bnanehoan' ny Tompo zava-dehibe aho.

4 Ary ny zava-nitranga, rehefa vitako ny sambo araka ny tenin' ny Tompo, dia nahita ny rahalahiko fa tsara izany sy nokaliana fatratra tokoa ny rafitra asa tamin' ny noho izany dia "nanetry ny tenany indray teo anatrehan' ny Tompo izy ireo.

5 Ary ny zava-nitranga dia tonga tamin-draiko ny feon' ny Tompo fa tokony hanainga izahay sy hiondrana an-tsambo.

6 Ary ny zava-nitranga ny ampitso, rehefa avy nanomana ny zava-drehetra izahay, dia voankazo maro sy "hena avy any an-tany foana ary tantely sesehena sy vatsy araka izay efa nandidian' ny Tompo anay, dia nidina arakara-jokiny tao an-tsambo izahay niaraka tamin' ny entanay rehetra sy ny masombolinay ary izay zavatra rehetra efa nentinay niaraka taminay; koa dia nidina tao an-tsambo izahay rehetra mbamin' ny vadinay sy ny zanakay avy.

7 Ary ankehitriny dia niteraka ny zanany lahy anankiroa ny raiko tany an-tany foana; ny zokin' ny dia nantsoina hoe "Jakôba ary ny zandriny, ^bJôsefa.

8 Ary ny zava-nitranga, rehefa

tafidina tao an-tsambo avokoa izahay sy efa nitondra niaraka taminay ny vatsinay sy ny zavatra izay efa nandidiana anay, dia nivoaka an-"dranomasina izahay ary natosiky ny rivotra hankany amin' ny ^btany nampanantenaina.

9 Ary rehefa avy natosiky ny rivotra nandritra ny andro maro izahay, dia indro nanomboka niala liana ny rahalahiko sy ny zanakalahin' i Ismaela ary koa ny vadiny avy, hany ka nanomboka nandihy sy nihira ary nanao teny kivalavala be izy ireo, eny, ka dia nanadino ny hery izay efa nitondrana azy ireo hatreto; eny, nanaram-po tamin' ny fahambanian-toetra izaitsizy izy ireo.

10 Ary izaho Nefia dia nanomboka natahotra fatratra tokoa fandrao ho tezitra aminay ny Tompo sy hamely anay noho ny helokay, ka dia ho voatelin' ny ranomasina lalina izahay; koa izaho Nefia dia nanomboka niteny azy ireo tamin-kitsim-po be; nefa indro fa "tezitra tamiko izy ireo, nanao hoe: Tsy hoe-kentsika ho ^bmpifehy antsika ny zandrintsika lahy.

11 Ary ny zava-nitranga dia nalain' i Lamàna sy Lemoela aho sy nafatony tamin' ny tady ary henjana be ny fitondrany ahy; kanefa "navelan' ny Tompo hanao izany izy ireo mba hahazoany maneho ny heriny

18 3a TSM Vavaka.

b TSM Fanambarana.

4a 1 Ne. 16:5.

6a 1 Ne. 17:2.

7a 2 Ne. 2:1.

b 2 Ne. 3:1.

8a 2 Ne. 10:20.

b 1 Ne. 2:20.

TSM Tany

Nampanantenaina.

10a 1 Ne. 17:17-55.

b Gen. 37:9-11;

1 Ne. 16:37-38;

2 Ne. 1:25-27.

11a Almà 14:11.

ho fanatanterahana ny teniny izay efa nolazainy momba ny olon-dratsy.

12 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nogiazany aho mba tsy hahafahako mihetsika, dia nijanona tsy nandeha ilay “kômpà izay efa nomanin’ ny Tompo.

13 Noho izany dia tsy nahafantatra ny lalana tokony hanamorianana ny sambo izy ireo hany ka nisy ranonorambaratra be niforona, eny, tafio-drivotra lehibe sy mahatahotra, ary nitondra anay “niverina ilalana teny ambony rano nandritra ny hate-loana izany; ary nanomboka ho raiki-tahotra izaitsizy izy ireo fandrao dia ho fefika an-drano-masina; na dia teo aza izany dia tsy novahany aho.

14 Ary tamin’ ny andro fahefatra izay efa nitondrana anay niverina ilalana, dia nanomboka ho tena mahatsiravina tokoa ny tafio-drivotra.

15 Ary ny zava-nitranga dia efa saika voatelina tany an-drano-masina lalina izahay. Ary rehefa nentina niverina ilalana teny ambony rano nandritra ny hefarana izahay, dia nanomboka “nahita ny rahalahiko fa teo aminy ny famalian’ Andriamanitra ary tsy maintsy ho faty izy ireo raha tsy mibebaka amin’ ny helony; koa nanatona ahy izy ireo sy namaha ny fatorana izay teo tamin’ ny hatotanako ary indro nivonto fatratra izany; sy tamin’ ny kitrokeliko koa izay

nivonto be, ka tena lehibe tokoa ny fanaintainana.

16 Na dia teo aza izany dia nitodika tamin’ Andriamanitra aho ary “nidera Azy nandritra ny manontolo andro; ary tsy mba nimonomonona ny Tompo aho noho ny fahoriako.

17 Ankehitriny dia efa niteny zava-marô taminy sy tamin’ ny zanakalahin’ i “Ismaela i Lehia raiko; nefa indro nofofoiny fandrahonana be ireo izay niteny tamin’ ny anarako; ary satria efa nandroso taona ny ray amandreniko sy niaritra alahelo be noho ny zanany, dia resy izy ireo, eny, narary teo ampan-driany aza.

18 Noho ny alahelony sy ny fijaliany be ary ny heloky ny rahalahiko, dia kely foana no tsy nitondrana azy ireo handao izao fiainana izao mba hihaona amin’ Andriamaniny; eny, ny volofotsiny dia efa saika nentina nampan-driana ambany tamin’ ny vovoka; eny, izy ireo dia efa saika natsipin’ ny famoizam-po tany am-pasan-drano.

19 Ary nalahelo ny fahorian-dreniny koa i Jakôba sy i Jôsefa noho izy ireo mbola kely ka nila hanina be; ary na ny “vadiko koa niaraka tamin’ ny ranomasony sy ny fivavahany, na koa ireo zanako, dia tsy nanalefaka ny fon’ ny rahalahiko mba hamotsorany ahy.

20 Ary dia tsy nisy na inona na inona afa-tsy ny herin’ Andriamanitra izay nandrahona azy

12a 1 Ne. 16:10, 16, 26;
2 Ne. 5:12;
Almà 37:38-47;

F&F 17:1.
13a Môsià 1:17.
15a Hel. 12:3.

16a Almà 36:28.
17a 1 Ne. 7:4-20.
19a 1 Ne. 7:19; 16:7.

ireo tamin' ny famongorana no afaka nanalefaka ny fony; koa rehefa hitany fa efa saika nate-lin' ny ranomasina lalina izy ireo dia nibabahany ny zavatra izay efa nataony ka novotsorany aho.

21 Ary ny zava-nitranga nony efa novotsorany aho, dia indro fa noraisiko ny kômpà, ary dia nandeha izany araka ny fani-riako. Ary ny zava-nitranga dia nivavaka tamin' ny Tompo aho; ary rehefa avy nivavaka aho dia nitsahatra ny rivotra ary dia nitsahatra koa ny ranonorambatra ary nisy fitoniana lehibe.

22 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nanamory ny sambo ka nizotra teny an-dranomasina indray izahay nankany amin' ny tany nampanantenaina.

23 Ary ny zava-nitranga rehefa avy nizotra teny an-dranomasina nandritra ny andro maro izahay dia tonga tany amin' ny "tany nampanantenaina; ary nandeha nidina an-tany izahay sy nanangana ny lainay; ary nantsoinay hoe ny tany nampanantenaina izany.

24 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka niasa ny tany izahay sy nanomboka namafy voa; eny, nalevinay tanaty tany avokoa ny masombolinay izay efa nentinay avy tany an-tanin' i Jerosalema. Ary ny zava-nitranga dia naniry fatratra tokoa ireo; koa notahiana fatratra izahay.

25 Ary ny zava-nitranga dia nahita izahay teo amin' ny tany nampanantenaina raha nandeha tany an-tany foana, fa nisy ny

biby isan-karazany tao anaty ala, na ombivavy izany, na ombilahy, na ampondra na soavaly, na osy na osidia, na bibidia isan-karazany rehetra izay hampiasain' ny olona. Ary nahita ny karazany rehetra tamin' ny akora izahay, na volamena na volafotsy na varahinamena.

TOKO 19

Nanao takelaka tamin' ny akora i Nefia ary nirakitra an-tsoratra ny tantaran' ny olony—Eninjato taona taorian' ny fotoana nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema vao ho tonga ny Andriamanitry ny Isiraely—Nilaza ny amin' ny fijaliany sy ny nanomboana Azy i Nefia—Hohamavoina ny Jiosy sy haely patrana hatramin' ny andro farany izay hiverenany amin' ny Tompo. Tokony ho 588–570 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nandidy ahy ny Tompo ka dia nanao takelaka tamin' ny akora aho mba hahazoako misokitra eo aminy ny rakitsoratra ny oloko. Ary teo amin' ny "takelaka izay nataoko no nisokirako ny rakitsoratra ny ^braiko ary koa ny dianay tany an-tany foana sy ny faminanian-draiko; ary ny anka-beazany tamin' ny faminaniako dia efa nosokiriko teo aminy koa.

2 Ary tsy nahalala aho tamin' ny fotoana izay nanaovako azy ireo fa hodidian' ny Tompo aho mba hanaovako "ireto takelaka ireto; koa ny rakitsoratra ny rai-ko sy ny tetiaran' ny razany ary

ny ankamaroan' ny zavatra rehetra nanjo anay tany an-tany foana, dia efa voasokitra teo amin' ireo takelaka voalohany izay efa noresahiko ireo; koa ny zavatra izay nitranga talohan' ny nanaovako ^bireto takelaka ireto, raha ny marina dia voalaza kokoa amin' ny antsipiriany eo amin' ny takelaka voalohany.

3 Ary rehefa nahavita ireto takelaka ireto izaho Nefia araka ny baiko azoko, dia nahazo baiko aho fa ny asa fanompoana sy ny faminiana, ny lafiny tsotra sy sarobidy indrindra amin' izany, dia hosoratana eo amin' ^aireto takelaka ireto; ary ny zavatra izay efa voasoratra dia hotehirizina ho fianarana ho an' ny oloko izay hizaka ny tany, ary koa ho an' ny ^btanjona voalalanja hafa, izay tanjona efa fantatry ny Tompo.

4 Koa izaho Nefia dia nanao rakitsoratra teo amin' ny takelaka hafa izay manao ny fitantarana, na izay mitantara bebe kokoa ny amin' ny ady sy ny fifandirana ary ny famongorana ny oloko. Ary izany dia efa nataoko ary efa nandidiako ny oloko izay tokony hataony rahatrizay lasana aho; ary ireto takelaka ireto dia tokony hatolotry ny taranaka iray ny anankiray hafa, na ny mpaminany iray ny

iray hafa, mandra-pamoahan' ny Tompo didy hafa.

5 Ary homena etoana ao aoriana ny antony ^ananaovako ireto takelaka ireto; ary indro hotohizako aloha araka izay nolazaiko; ary izany no ataoko dia ny mba hahazoana ^bmitahiry ny zavamasina indrindra ho fantatry ny oloko.

6 Kanefa tsy manoratra na inona na inona eo amin' ireto takelaka ireto aho afa-tsy izay heveriko ho ^amasina. Ary ankehitriny raha manao hadisoana aho, dia nanao hadisoana ireo teo alohako; tsy te hanala tsiny ny tenako aho noho ireo olonkafa, fa noho ny ^bfahalemena kosa izay ao anatiko, araka ny maha-nofo, dia mba te hanala tsiny ny tenako ihany aho.

7 Satria ny zavatra izay heverin' ny olona sasany ho manandanja, na ho an' ny vatana na ho an' ny fanahy, dia ataon' ny hafa ^atsinontsinona ka itsahany amin' ny tongony. Eny, na dia ny tena Andriamanitry ny Isiraely aza dia ^bitsahan' ny olona amin' ny tongony; itsahany amin' ny tongony hoy aho, nefa tiako holazaina amin' ny teny hafa — ataony tsinontsinona Izy ka tsy henoiny ny feon' ny fanolorantsainy.

8 Ary indro, ^aavy Izy, ^beninjato

2b 1 Ne. 9:1-5.

3a Jakôba 1:1-4; 3:13-14; 4:1-4.

b 1 Ne. 9:4-5;

TiM 1:7;

F&F 3:19-20; 10:1-51.

5a 2 Ne. 5:28-33.

b TSM Soratra Masina—
Hotehirizina ny

Soratra Masina.

6a Jereo pejindohatenin' ny Bokin' i Môrmôna.

TSM Masina.

b Môrm. 8:13-17;

Etera 12:23-28.

7a 2 Ne. 33:2;

Jakôba 4:14.

b TSM Fikomiana.

8a TSM Jesoa Kristy—
Faminiana ny amin' ny fahaterahana sy ny fahafatesan' i Jesoa Kristy.

b 1 Ne. 10:4;

2 Ne. 25:19.

taona taorian' ny fotoana nandaozan-draiko an' i Jerosalema araka ny tenin' ny anjely.

9 Ary izao tontolo izao, noho ny helony dia hihevitra Azy ho tsinontsinona; koa karavasiny Izy ary miaritra izany; ary asi- any Izy, fa miaritra izany. Eny, "rorany Izy ary miaritra izany noho ny lemim-panahiny sy ny fitiavany ary ny faharipony amin' ny zanak' olombelona.

10 Ary ny "Andriamanitry ny razantsika izay ^bnentina nivoaka an' i Egipta, niala ny famatorana sy narovana koa tany an-tany foana tamin' ny alalany, eny, ny "Andriamanitr' i Abrahama sy ny an' i Isaka ary ny Andriamanitr' i Jakoba no "manolotra ny tenany araka ny tenin' ny anjely amin' ny maha-olona, ho eo an-tanan' ny olon-dratsy mba ^fhasandratra araka ny tenin' i ^gZenôka sy mba ^hhomboana araka ny tenin' i Neoma ary halevina ao ⁱam-pasana, araka ny tenin' i ^jZenôsa izay niteny momba ny ^khaizina hateloana izay ho famantarana homena ny amin' ny fahafatesany ho an' ireo izay honina amin' ny nosin-dranomasina, ary homena indrindra

indrindra an' ireo izay isan' ny 'mpianakavin' i Isiraely.

11 Fa toy izao no nolazain' ny mpaminany: "Hamangy marina tokoa ny mpianakavin' i Isiraely rehetra ny Tompo Andriamanitra amin' izany andro izany, ny sasany amin' ny feony noho ny fahamarinany mba ho fifaliana lehibe sy famonjena ny azy, ary ny hafa amin' ny ^bvaratra sy ny tselatry ny heriny, amin' ny tafio-drivotra, amin' ny afo ary amin' ny setroka sy amin' ny eton' ny ^dhaizina ary amin' ny fisokafan' ny ^etany, sy amin' ny ^ftendrombohitra izay hasandrotra.

12 Ary tsy maintsy ho tonga marina tokoa izany ^azavatra rehetra izany, hoy ny mpaminany ^bZenôsa. Ary tsy maintsy hitresaka ny ^dvatoampin' ny tany; ary noho ny fitoreoreon' ny tany dia maro amin' ny mpanjakan' ny nosin-dranomasina no hiasan' ny Fanahin' Andriamanitra ka hiantso hoe: Mijaly ny Andriamanitry ny voary.

13 Ary ny amin' ireo izay ao Jerosalema, hoy ny mpaminany, dia "hokaravasin' ny olon-drehetra izy ireo, satria ^bmanombo ny

9a Isa. 50:5–6; Mat. 27:30.

10a 2 Ne. 26:12;

Môsîà 7:27; 27:30–31;

Almà 11:38–39;

3 Ne. 11:14–15.

b Eks. 3:2–10; 6:6;

1 Ne. 5:15; F&F 136:22.

d Gen. 32:9; Môsîà 7:19;

F&F 136:21.

tsm Jehovah.

e tsm Sorompanavotana.

f 3 Ne. 27:14.

g Almà 33:15; 34:7;

Hel. 8:19–20;

3 Ne. 10:15–16.

tsm Soratra

Masina—Soratra

Masina Very; Zenôka.

h 2 Ne. 6:9; Môsîà 3:9.

tsm Fanomboana.

i Mat. 27:60; Lio. 23:53;

2 Ne. 25:13.

j Jakôba 6:1; Hel. 15:11.

tsm Zenôsa.

k 1 Ne. 12:4–5;

Hel. 14:20, 27;

3 Ne. 8:3, 19–23; 10:9.

l 3 Ne. 16:1–4.

11a 3 Ne. 9:1–22;

F&F 5:16.

b Hel. 14:20–27;

3 Ne. 8:5–23.

d Lio. 23:44–45;

3 Ne. 8:19–20.

e 2 Ne. 26:5.

f 3 Ne. 8:10.

12a Hel. 14:20–28.

b Jakôba 5:1.

d Mat. 27:51.

13a Lio. 23:27–30.

b 2 Ne. 10:3.

Andriamanitr' i Isiraely sy mamily lalana ny fony, mitsipaka ny famantarana sy ny fahagagana ary ny hery sy ny voninahitry ny Andriamanitr' i Isiraely.

14 Ary satria namily lalana ny fony izy ireo, hoy ny mpaminany, sy efa "nanamavo ny Iray Masin' ny Isiraely, dia hirenireny izy ireo eo amin' ny nofo sy ho faty, ary lasa ^bfaneso sy ^dfandatsa ary hankahalaina eo anivon' ny firenen-drehetra.

15 Kanefa, rehefa tonga izany andro izany, hoy ny mpaminany, izay "tsy hamiliany intsony ny fony hanohitra ilay Iray Masin' ny Isiraely, dia hotsaroany kosa amin' izany ny ^bfanekempihavanana izay nataony tamin' ny razany.

16 Eny, hotsaroany amin' izany ny "nosin-dranomasina; eny, ary ny vahoaka rehetra izay isan' ny mpianakavin' i Isiraely, hoy ny Tompo, araka ny tenin' i Zenôsa mpaminany dia ^bhanganiko avy amin' ny vazan-tany efatra.

17 Eny, ary ny tany manontolo dia "hahita ny famonjen' ny Tompo, hoy ny mpaminany; hotahiana ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra.

18 Ary izaho Nefia dia efa nanoratra ireo zavatra ireo ho an' ny oloko, fa angamba mba haharesy lahatra azy aho ka ho-

tsaroany ny Tompo Mpamonjy azy.

19 Koa, miteny amin' ny mpianakavin' i Isiraely rehetra aho raha toa ka hahazo "ireo zavatra ireo izy.

20 Fa indro tojo fanahiana ny fanahiko ho an' ireo ao Jerosalema, izay tena mandreraka ahy, ka na dia ny vanintaolako rehetra aza dia mangozohozo; satria raha tsy feno famindram-po ny Tompo ka tsy nampiseho ahy ny momba azy ireo, toy ny efa nataony tamin' ny mpaminany fahiny, dia tokony ho efa maty koa aho.

21 Ary nasehony marina tokoa tamin' ny "mpaminany fahiny ny zava-drehetra ^bmomba azy ireo; ary nasehony ny maro koa ny momba anay; koa tsy maintsy ilaina ny hahafantarany ny momba azy ireo satria efa voasoratra eo amin' ny takela-barahina izany.

22 Ankehitriny ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nampianatra ireo zavatra ireo ny rahalahiko; ary ny zava-nitranga izaho dia namaky taminy zavatra maro izay efa voasokitra eo amin' ny "takela-barahina mba hahafantarany ny momba ny zavatra nataon' ny Tompo tany amin' ny tany hafa, teo anivon' ny mponina fahiny.

23 Ary izaho dia namaky tami-

14a Isa. 53:3–6;
Môsià 14:3–6.

b TSM Jiosy.
d Deot. 28:37;
1 Mpan. 9:7;
3 Ne. 16:9.

15a 1 Ne. 22:11–12.

b TSM Fanekempihava-

nan' i Abrahama.

16a 1 Ne. 22:4;
2 Ne. 10:21.

b Isa. 49:20–22.
TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

17a Isa. 40:4–5.

19a Enôsa 1:16;

Môrm. 5:12; 7:9–10.

21a 2 Mpan. 17:13;
Amo. 3:7.

TSM Mpaminany.
b 3 Ne. 10:16–17.

22a 1 Ne. 22:1.

ny zavatra maro izay voasoratra ao amin' ny "bokin' i Mosesy; nefa mba hahazoako mandresy lahatra tanteraka azy ireo ka hinoany ny Tompo Mpanavotra azy ireo, dia novakiako tamin' izay voasoratra ny mpaminany ^bIsaia; satria efa "nampihariko taminay ny tenin' ny soratra masina rehetra mba ho "tombontsoanay sy ho fianarana ho anay.

24 Koa niteny tamin' aho nanao hoe: Henoinareo ny tenin' ny mpaminany, ianareo izay sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i Isiraely, izay "sampana iray nosarahina hiala; henoinareo ny tenin' ny mpaminany izay nosoratan' ho an' ny mpianakavin' i Isiraely rehetra ary ampiharano amin' ny tenanareo mba hahazoanareo manana fanantenana toy ny rahalahinareo izay nosarahina taminareo; fa toy izao no efa nosoratan' ny mpaminany.

TOKO 20

Nanambara tamin' ny Isiraely ny zava-kinendry ny Tompo—Efa nofinidy tao amin' ny memin' ny fahoriana i Isiraely ary handeha hiala an' i Babylona—Ampitahao amin' i Isaia 48. Tokony ho 588–570 talohan' i J.K.

MIHAINOA ka mandrenesa izao ry mpianakavin' i Jakoba, izay antsoina amin' ny anaran' i Isi-

raely sy mivoaka avy amin' ny ranon' i Joda na avy amin' ny ranon' ny "batisa, izay mianiana amin' ny anaran' ny Tompo sy mankalaza ny Andriamanitry ny Isiraely, kanefa tsy mianiana araka ny rariny na araka ny hitiny izy.

2 Na dia eo aza izany, dia milaza ny tenany ho avy amin' ny "tanàna masina izy, nefa tsy ^bmiantehitra amin' ny Andriamanitr' i Isiraely, dia ny Tompon' ny maro; eny, ny Tompon' ny maro no anarany.

3 Indro, efa nolazaiko hatrany am-piandohana ny "zavatra taloha; ary niloaky ny vavako izany sady nasehoko. Nasehoko tampoka izany.

4 Ary nataoko izany noho ny fahalalako fa "kirina ianao ka hoza-by ny hatokao ary varahina ny handrinao.

5 Ary efa voalazako anao na dia hatrany am-piandohana aza; nasehoko anao izany talohan' ny hahatongavany; ary nasehoko anao izany fandrao hiteny ianao hoe—Ny "sampiko no efa nanao izany, ary ny sarin-javatra voasokitra sy ny sarin-javatra voarendrika no efa nandidy izany.

6 Efa nahita sy nandre izany rehetra izany ianao; ary moa tsy hanambara izany va ianareo? Ary efa nasehoko anao ny zava-baovao hatramin' izao fotoana

23a Eks. 17:14; 1 Ne. 5:11;
Mos. 1:40–41.
b 1 Ne. 15:20;
2 Ne. 25:4–6;
3 Ne. 23:1.
d TSM Soratra
Masina—Ny

hasarobidin' ny
Soratra Masina.
e 2 Ne. 4:15.
24a Gen. 49:22–26;
1 Ne. 15:12;
2 Ne. 3:4–5.
20 1a TSM Batisa.

2a Isa. 52:1.
TSM Jerosalema.
b IE miantehitra.
3a Isa. 46:9–10.
4a IE Isiraely.
5a TSM Fanompoan-
tsampy.

izao, na dia ny zava-miafina aza, ary tsy nahalala izany ianao.

7 Foronina izy ankehitriny fa tsy hatrany am-piandohana, na dia talohan' ny andro izay tsy nandrenanao azy aza no efa nilazana azy anao, fandrao hiteny ianao hoe—Indro nahalala azy aho.

8 Eny, dia tsy nandre ianao; eny, tsy nahafantatra ianao; eny, tsy nosokafana ny sofinao hatramin' izany fotoana izany; satria nahafantatra Aho fa hamely ampitaka tokoa ianao ary nantsoina hoe “mpandika lalàna hatrany am-bohoka.

9 Kanefa noho ny “anarako dia hampitony ny hatezerako Aho ary mba hiderana Ahy, dia handefitra aminao Aho mba tsy hamongorako anao.

10 Fa indro efa nanadio anao Aho, efa nifidy anao tao amin' ny memin' ny “fahoriana Aho.

11 Noho ny Amiko, eny, noho ny Amiko no hanaovako izany, satria tsy havelako holotoina ny “anarako ary ^atsy homeko ny hafa ny voninahitro.

12 Mihainoa Ahy ry Jakoba sy ry Isiraely izay nantsoiko fa Izaho no Izy; Izaho no “voalohany ary Izaho koa no ^bfarany.

13 Ny tanako koa no efa “nandatsaka ny fanambanin' ny tany ary ny tanako ankavanana no efa namelatra ny lanitra. Mian-

tso azy ireo Aho, dia miara-mitsangana izy ireo.

14 Ianareo rehetra, mivoria ka mandrenesa; iza tamin' ireny no mba efa nilaza ireo zavatra ireo taminy? Efa notiavin' ny Tompo izy; eny, ary “hotanterahiny ny teniny izay efa nolazainy tamin' ny alalan' izy ireo; ary hataony ny sitrapony amin' i ^bBabylona ary hianjera amin' ny Kaldeana ny sandriny.

15 Hoy koa ny Tompo: Izaho Tompo, eny, Izaho no efa niteny; eny, efa niantso azy hilaza, efa nitondra azy Aho, ary hampahomby ny lalany izy.

16 Manatona Ahy ianareo; tsy niteny an-^akinafinafina aho; hatrany am-piandohana, hatramin' ny fotoana izay efa nilazana izany aho no efa niteny; ary ny Tompo Andriamanitra sy ny Fanahiny no efa naniraka ahy.

17 Ary izao no lazain' ny Tompo “Mpanavotra anao, ny Iray Masin' ny Isiraely; efa naniraka azy Aho, ny Tompo Andriamanitrao izay mampianatra anao mba hahitanao soa, izay ^bmitarika anao amin' ny lalana tokony halehanao, no efa nanao izany.

18 Inay ianao mba nihaino ny “didiko—dia ho tonga tahaka ny renirano ny fiadananao ary ny fahamarinanao ho toy ny onjan-dranomasina.

19 Ho tahaka ny fasika ny

8a Sal. 58:3.

9a 1 Sam. 12:22; Sal. 23:3;

1 Jn. 2:12.

10a TSM Fahoriana.

11a Jer. 44:26.

^b Isa. 42:8; Mos. 4:1–4.

12a Fan. 1:17; 22:13.

TSM Alfa sy Omega;
Lahimatoa.

^b TSM Alfa sy Omega.

13a Sal. 102:25.

TSM Fahariana.

14a 1 Mpan. 8:56;

F&F 64:31; 76:3.

^b TSM Babela, Babylona.

16a Isa. 45:19.

17a TSM Mpanavotra.

^b TSM Fitaoman' ny

Fanahy; Fanambarana.

18a Mpito. 8:5.

“taranakao; ho toy ny vovo-pasika ny haloaky ny kibonao; tsy hofongorana na h olevonina eo anatrehako na anarany.

20 “Mandehana miala an’ i Babylona ianareo, mandosira ny Kaldeana ianareo, lazao amin’ ny feom-piderana, torio izao, ambarao hatrany am-paran’ ny tany; lazao hoe: Efa nanavotra an’ i Jakoba ^bmpanompony ny Tompo.

21 Ary tsy “nangetaheta izy ireo; nitondra azy namakivaky ny efitra Izy; nampiboiboika rano ho azy avy tamin’ ny ^bvato-lampy Izy; nampitresaka koa ny vatolampy Izy, ary nigororoana ny rano.

22 Ary na dia nanao izany rehetra izany aza Izy, ary koa ny lehibe kokoa, dia tsy misy “fiadanana ho an’ ny olon-dratsy, hoy ny Tompo.

TOKO 21

Ho fahazavana ho an’ ny Jentilisa ny Mesia ary hanafaka ny mpifatotra — Hanganina amin-kery i Isiraely amin’ ny andro farany — Ho ray mpitaiza azy ny mpanjaka — Ampitahao amin’ i Isaia 49. Tokony ho 588–570 talohan’ i J.K.

DIA izao indray: Mihainoa ianareo ry mpianakavin’ i Isiraely, dia ianareo rehetra izay sarahina sy roahina hiala noho ny fahara-

tsian’ ny mpiandry ny oloko; eny, ianareo rehetra izay sarahina sy naely patrana lavitra, izay anisan’ ny oloko, ry mpianakavin’ i Isiraely. Mihainoa ry “nosy ary mandrenesa ianareo ry vahoaka avy ^blavitra; efa nantsoin’ ny Tompo hatrany am-bohoka aho; hatrany an-kibon’ i neny no efa niantsoany ny anarako.

2 Ary efa nataony tahaka ny sabatra maranitra ny vavako; tao amin’ ny aloky ny tanany no efa nanafenany ahy, ary nataony zana-tsipika voalambolambo aho; tao amin’ ny tranon-janatsipikany no efa nanafenany ahy;

3 Ary hoy Izy tamiko: “Mpanompoko ianao ry Isiraely izay ao aminao no hankalazana Ahy.

4 Hoy aho tamin’ izay, efa niasa maina aho, efa nandany ny heriko tamin’ ny zava-poana sy ny tsinontsinona; ny fitsarana ahy dia miaraka amin’ ny Tompo marina tokoa ary ny asako dia miaraka amin’ Andriamanitra.

5 Ary ankehitriny, hoy ny Tompo — izay “namorona ahy hatrany am-bohoka ho mpanompony mba hampodiana indray an’ i Jakoba Aminy — na dia tsy voangona aza i Isiraely, dia mbola hankalazaina aho eo imason’ ny Tompo ary ny Andriamanitra no heriko.

6 Ary hoy Izy: Zava-maivana ihany ny haha-mpanompoko anao, dia ny hanangana ny

19a Gen. 22:15–19;
Hosea 1:10.

20a Jer. 51:6;
F&F 133:5–14.
b Isa. 44:1–2, 21.

21a Isa. 41:17–20.

b Eks. 17:6;
Nom. 20:11;

1 Ne. 17:29;
2 Ne. 25:20.

22a TSM Fiadanana.

21 1a 1 Ne. 22:4;

2 Ne. 10:20–22.

b F&F 1:1.

3a Lev. 25:55;

Isa. 41:8;

F&F 93:45–46.

5a Isa. 44:24.

“fokon’ i Jakoba sy ny hampody an’ i Isiraely sisa voatsimbina. Homeko anao koa ny ho ^bfahazahana ho an’ ny ^dJentilisa mba havatonga anao ho famonjeko hatrany am-paran’ ny tany.

7 Izaio no lazain’ ny Tompo, ny Mpanavotra ny Isiraely, dia ny Iray Masiny, amin’ Ilay amavoain’ ny olona, amin’ Ilay halan’ ny firenena, amin’ Ilay mpanompon’ ny mpanapaka: Hahita ka hitsangana ny mpanjaka, hitsaoka koa ny printsy noho ny amin’ ny Tompo izay mahatoky.

8 Izaio no lazain’ ny Tompo: Tamin’ ny fotoam-pankasitrahana no efa nihainoako anao ry nosin-dranomasina ary tamin’ ny androm-pamonjena no efa namonjeko anao; ary hotsimbiniho ianao ka homeko anao ny “mpanompoko ho fanekempihavanan’ ny olona mba hanorina ny tany sy hampandova ny lova aolo;

9 Mba hahazoanao miteny amin’ ny “mpifatotra hoe: Mivoaha; ary amin’ ireo izay mitoetra ao amin’ ny ^bhaizina hoe: Misehoa ianareo. Hiraotra eny an-dalana izy ireo, ary ho any amin’ ny toerana avo rehetra ny ^dkijanany.

10 Tsy ho noana na hangetahe-ta izy, sady tsy hamely azy na ny hafanana na ny masoandro; fa Ilay mamindra fo aminy no

hitarika azy, any akaikin’ ny lohan’ ny rano mihitsy no hitondrany azy.

11 Hataoko lalana ny tendrom-bohitro rehetra ary hasandratra ny “arabeko migodana.

12 Ary amin’ izany, ry mpianakavin’ i Isiraely, indro ho tonga avy lavitra “ireto; ary indreo avy any avaratra sy andrefana ireto; ary avy any amin’ ny tanin’ i Sinîma ireto.

13 “Mihirà ry lanitra; ary mifalia ry tany; fa ny tongotr’ ireo izay any atsinanana dia hajoro; ary velomy ny hira ry tendrom-bohitra; fa tsy hokapohina intsony izy; fa ny Tompo efa nampionona ny olony, ary hamindra fo amin’ ny olony nijaly Izy.

14 Nefa indro i Ziona efa nanao hoe: Ny Tompo efa nahafoy ahy ary ny Tompoko efa nanadino ahy—saingy hasehony fa tsy izany.

15 Fa moa mety manadino ny zanany minono va ny “vehivavy ka tsy hanana fangorahana ny zanakalahy naloaky ny kibony? Eny, mety ^bmanadino izy kane-fa Izaho tsy hanadino anao Ry mpianakavin’ i Isiraely.

16 Indro efa vitako tombo-kavatsa eo amin’ ny “felatanako ianao; ny mandanao dia eo anatrehako mandrakariva.

17 Ny zanakao ho avy faingana hanohitra ny mpandrava anao;

6a TSM Isiraely—Ireo foko roa ambin’ ny folo amin’ ny Isiraely.
b F&F 103:8–10; Abr. 2:10–11.
d 3 Ne. 21:11.
8a 2 Ne. 3:6–15;

3 Ne. 21:8–11; Môm. 8:16, 25.
9a TSM Famonjena ho an’ ny Maty.
b 2 Ne. 3:5.
d Ezek. 34:14.
11a Isa. 62:10;

F&F 133:23–32.
12a Isa. 43:5–6.
13a Isa. 44:23.
15a TSM Vehivavy.
b Isa. 41:17; Almà 46:8; F&F 61:36.
16a Zak. 13:6.

ary ireo izay “nandrava anao hanalavitra anao.

18 Atopazo manodidina ny masonao ka tazano; ireo rehetra ireo dia miara-^amivory ary hanatona anao. Ary raha velona koa Aho hoy ny Tompo, izy rehetra ireo dia hiakanjoanao marina tokoa toy ny firavaka ary hisikinanao ireo na dia toy ny sikin’ ny ampakarina aza.

19 Satria ny taninao simba sy ny fonenanao aolo ary ny taninao rava dia ho tery loatra hatramin’ izao noho ny habetsahan’ ny mponina; ary ho lasa lavitra ireo izay nitelina anao.

20 Ny zanaka ho azonao, rehefa nafoinao iretsy voalohany, dia hilaza indray eo an-tsofinao hoe: “Ety loatra ho ahy ity toerana ity; omeo toerana aho hahazoa-ko mitoetra.

21 Amin’ izany “ianao dia hanao anakampo hoe: Iza no niteraka ireto ho ahy, satria efa namoy ny zanako aho sy ^bmitsaha-jaza, babo aho sady roahina etsy sy eroa? Ary iza no efa nitaiza ireto? Indro, nilaozana ho irery aho; fa mba taiza kosa ireto?

22 Iza no lazain’ ny Tompo Andriamanitra: Indro hanandra-tra ny tanako amin’ ny “Jentilisa Aho sy hanangana ny ^bfanevako ho an’ ny vahoaka; ary hitrotro ny zanakao lahy eo an-^dtratrany ireo, ary ny zanakao vavy hoentiny eny an-tsony.

23 Ary ny “mpanjaka no ho ray ^bmpitaiza anao ary ny andriambaviny no ho reny mpampinono anao; hiankohoka amin’ ny tany eo anatrehanao ireo ka hilelaka ny vovoka amin’ ny tongotrao; ary dia ho fantatrao fa Izaho no Tompo; fa tsy ho menatra izay ^dmiandry Ahy.

24 Fa moa hoesorina amin’ ny mahery va ny hazany na moa hafahana va ny “babo ara-dalàna?

25 Nefa izao no lazain’ ny Tompo, na dia ny babon’ ny mahery aza dia hoesorina aminy ary ny hazan’ ilay mahatahotra dia hafahana; fa Izaho no hiady amin’ izay miady aminao ary Izaho no hamonjy ny zanakao.

26 Ary “hofahanako ny nofon’ ny tenany ihany ireo izay mam-pahory anao; ho mamon’ ny rany ihany ireo toy ny amin’ ny di-vay mamy; ary ny nofo rehetra ^bhahafantatra fa Izaho Tompo no Mpamonjy anao ary ny Mpanavotra anao, dia ilay ^dMaherin’ i Jakoba.

TOKO 22

Haely patrana eran’ ny lafiny rehetra amin’ ny tany i Isiraely— Hitaiza sy hamelona an’ i Isiraely amin’ ny filazantsara ny Jentilisa amin’ ny andro farany— Hango-nina i Isiraely ka hovonjena, ary hirehitra toy ny mololo ny olon-

17a 3 Ne. 21:12–20.

18a Mika 4:11–13.

20a NA tery.

21a IE Ziona.

b Isa. 54:1; Gal. 4:27.

22a Isa. 66:18–20.

b Isa. 11:12; 18:3.

d 1 Ne. 22:8;

2 Ne. 10:8–9.

23a Isa. 60:16.

b 1 Ne. 22:6.

d 2 Ne. 6:13;

F&F 98:2; 133:10–11, 45.

24a 1 Ne. 21:25.

26a 1 Ne. 22:13–14.

b Môsià 11:22.

d TSM Jehovah.

dratsy—Horavana ny fanjakan' ny devoly ary hafatotra i Satana. Tokony ho 588–570 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, izaho Nefia, rehefa avy namaky ireo zavatra ireo izay voasokitra teo amin' ny "takelabarahina, dia natonin' ny rahalahiko ary nataony hoe: Inona no hevitr' ireo zavatra vao novakiana ireo? Indro, moa ireo tsy maintsy takarina araka ny zavatra izay ara-panahy, izay hitranga araka ny fanahy fa tsy araka ny nofo?

2 Ary izaho Nefia dia niteny taminy hoe: Indro, "nambaran' ny mpaminany tamin' ny alalan' ny feon' ny ^bFanahy izy ireny; satria amin' ny alalan' ny Fanahy no ampahafantarana ny ^dmpaminany ny zava-drehetra izay hitranga amin' ny zanak' olombelona araka ny nofo.

3 Koa ny zavatra izay efa novakiako dia ny zavatra mikasika ny zavatra sady "ara-nofa no ara-panahy; satria hita fa, na ho ela no ho haingana, ny mpianakavin' i Isiraely dia ^bhaely patrana eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany ary koa any anivon' ny firenen-drehetra.

4 Ary indro, misy maro izay very sahady ny fahalalan' ireo izay ao Jerosalema azy. Eny, "lasana any lavitra ny ampahany betsaka indrindra amin' ny

^bfoko rehetra; ary niely patrana etsy sy eroa any amin' ny ^dnosindranomasina izy ary izay misy azy dia tsy misy amintsika mahafantatra, ny hany fantatsika dia lasan-davitra izy.

5 Ary hatramin' ny efa nahalasan-davitra azy, ireo zavatra ireo dia efa natao faminaniana momba azy ary koa momba ireo izay haely patrana sy haharoharo any aoriana noho ny Iray Masin' ny Isiraely, satria hanamafy ny fony Aminy ireo; koa haely patrana any anivon' ny firenen-drehetra izy ireo ary ho "halan' ny olon-drehetra.

6 Kanefa rehefa avy "notaizain' ny ^bJentilisa izy ireo ary ny Tompo efa nanandratra ny tanany tamin' ny Jentilisa sy nanangana azy ho faneva, ary ny zanany efa nentiny teo an-tsandriny ary ny ^dzanany vavy efa nentiny teo an-tsorony, indro ireo zavatra izay voalaza ireo dia ara-nofa; fa izany no fanekempihavanan' ny Tompo tamin' ny razantsika; ary izany dia mikasika antsika amin' ny andro ho avy ary koa ny rahalahintsika rehetra izay anisan' ny mpianakavin' i Isiraely.

7 Ary midika izany fa rehefa avy naely patrana sy naharoharo ny mpianakavin' i Isiraely rehetra, dia tonga ny fotoana izay hananganan' ny Tompo Andriamanitra firenena iray matanjaka eo anivon' ny ^dJentilisa, eny,

22 1a 1 Ne. 19:22; 2 Ne. 4:2.

2a 2 Pet. 1:19–21.

b TSM Fanahy Masina.

d TSM Faminaniana.

3a F&F 29:31–34.

b 1 Ne. 10:12–14;

2 Ne. 25:14–16.

TSM Isiraely—Ny fampielezana ny

Isiraely.

4a 2 Ne. 10:22.

b TSM Isiraely—Ireo foko folo very amin' ny Isiraely.

d 1 Ne. 21:1;

2 Ne. 10:8, 20.

5a 1 Ne. 19:14.

6a 1 Ne. 21:23.

b TSM Jentilisa.

d 1 Ne. 15:13.

7a 3 Ne. 20:27.

dia eo amin' ity tany ity izany; ary izy no ^bhampiyely patrana ny taranatsika.

8 Ary rehefa miely patrana ny taranatsika, dia hiroso hanao asa iray ^amahatalanjona eo anivon' ny ^bJentilisa ny Tompo Andriamanitra, izay ^dhanan-danja lehibe ho an' ny taranatsika; koa izany dia ampitoviana amin' ny fameloman' ny Jentilisa azy sy amin' ny fitondrana azy eo antsandriny sy eo an-tsorony.

9 Ary izany dia ^ahanan-danja koa ho an' ny Jentilisa, ary tsy ho an' ny Jentilisa ihany fa ^bho an' ny ^dmpianakavin' i Isiraely rehetra, satria mampahafantatra ny ^efanekempihavanan' ny Ray any an-danitra tamin' i Abrahama, manao hoe: Amin' ny ^ftaranakao no ^ghitahiana ny foko rehetra ambonin' ny tany.

10 Ary mba tiako ho fantatra-reo, ry rahalahiko, fa tsy azo tahiana ny foko rehetra ambonin' ny tany raha tsy ^amampihanjaka ny sandriny eo imason' ny firenena Izy.

11 Koa hampihanjaka ny sandriny eo imason' ny firenena rehetra ny Tompo Andriamanitra amin' ny fitondrana ny fanekempihavanany sy ny filazantsarany

hankany amin' ireo izay anisan' ny mpianakavin' i Isiraely.

12 Koa hitondra azy indray hiala ny fahababoana Izy, ary ^ahanganina miaraka eo amin' ny tany lovana izy sy hoentina mi-la avy ao amin' ny haizina sy ny ^bhaizim-pito, ary dia ho fantany fa ny ^dTompo no ^eMpamonjy sy Mpanavotra azy, ny ^fMaherin' i Isiraely.

13 Ary hivaly eo ambony lohany ihany ny ran' izay ao amin' io ^afiangonana makadiry sy maharikoriko io, izay vehivavy janga amin' ny tany manontolo; satria ^bhiady izy samy izy, ary hianjera eo ambony lohany ihany ny sabatra eny ^dan-tanany, ary ho mamon' ny rany ihany izy.

14 Ary ny ^afirenena rehetra izay hiady aminao, ry mpianakavin' i Isiraely, dia hampififamelezana, ary ireo dia ^bhianjera ao an-davaka izay nohadiany mba hamandrihana ny vahoakan' ny Tompo. Ary izay rehetra ^dmiady amin' i Ziona dia hofongorana ary io vehivavy janga lehibe io izay efa namily ny lala-mahitsin' ny Tompo, eny, io fiangonana makadiry sy maharikoriko io dia hidaraboka amin' ny ^etany ka ho lehibe ny fianjerany.

7b 1 Ne. 13:12-14;

2 Ne. 1:11.

8a Isa. 29:14; 1 Ne. 14:7;

2 Ne. 27:26.

TSM Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

b 2 Ne. 10:10-11;

3 Ne. 16:4-7;

Môrm. 5:19.

d 1 Ne. 15:13-18;

3 Ne. 5:21-26; 21:7.

9a 1 Ne. 14:1-5.

b 2 Ne. 30:1-7.

d 2 Ne. 29:13-14.

e Deot. 4:31.

f TSM Fanekempihavanan' i Abrahama.

g Gen. 12:2-3;

3 Ne. 20:27;

Abr. 2:9-11.

10a Isa. 52:10.

12a TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

b TSM Haizim-panahy.

d 2 Ne. 6:10-11.

e TSM Mpamonjy.

f TSM Jehovah.

13a TSM Devoly—Ny fiangonan' ny devoly.

b 1 Ne. 14:3, 15-17.

d 1 Ne. 21:26.

14a Lio. 21:10.

b Isa. 60:12;

1 Ne. 14:3;

F&F 109:25.

d 2 Ne. 10:13; 27:3.

e Isa. 25:12.

15 Fa indro, hoy ny mpaminany, avy faingana tokoa ny fotoana izay tsy hananan' i Satana intsony fahefana amin' ny fon' ny zanak' olombelona; fa avy tsy ho ela ny andro ka ny mpiavonavona rehetra sy ireo izay manao ratsy dia ho toy ny "mololo; ary avy ny andro izay tsy maintsy ^bhandorana azy.

16 Fa avy tsy ho ela ny fotoana izay hampidinana ny fahafenoan' ny "fahatezeran' Andriamanitra amin' ny zanak' olombelona rehetra; fa tsy hamela ny olon-dratsy hamongotra ny olo-marina Izy.

17 Koa "hotsimbiny ny ^bmarina amin' ny hery na dia tsy maintsy ho tonga aza ny fahafenoan' ny fahatezerany, ary tsy maintsy hotsimbiny na marina na dia amin' ny famongorana ny fahavalony amin' ny afo aza izany. Koa tsy mila matahotra ny marina; fa izao no lazain' ny mpaminany, izy dia hovanjena, na dia toy ny amin' ny afo aza izany.

18 Indro lazaiko aminareo ry rahalahiko fa tsy maintsy ho avy tsy ho ela ireo zavatra ireo; eny, tsy maintsy ho tonga na ny ra na ny afo na ny eton' ny setroka; ary tsy maintsy ho tonga eto ambonin' ity tany ity izany; ary izany dia ho tonga amin' ny olona araka ny nofo raha toa ka

manamafy ny fony amin' ny Iray Masin' ny Isiraely izy.

19 Fa indro tsy ho faty ny marina; fa tsy maintsy tonga marina tokoa ny fotoana ka izay miady amin' i Ziona dia hofongorana.

20 Ary ny Tompo dia hanomana marina tokoa lalana iray ho an' ny olony ho fanatanterahana ny tenin' i Mosesy, izay nolazainy, manao hoe: "Mpaminany iray tahaka ahy no hatsangan' ny Tompo Andriamanitrareo ho anareo; izy no hohenoinareo amin' ny zavatra rehetra izay holazainy anareo. Ary ny zavatra hitranga dia ^bhosarahina hiala avy eo anivon' ny olona izay rehetra tsy mihaino izany mpaminany izany.

21 Ary ankehitriny, izaho Nefia dia milaza aminareo fa io "mpaminany izay nolazain' i Mosesy io dia ny Iray Masin' ny Isiraely; koa hanatanteraka ny ^bfitsarana amin' ny fahamarinana Izy.

22 Ary tsy mila matahotra ny marina, satria tsy ireo no ireo izay hampangaihaizina fa ny fanjakan' ny devoly kosa izay hatsangana eo anivon' ny zanak' olombelona, izay fanjakana miorina eo anivon' ireo izay ao amin' ny nofo—

23 Fa ho avy faingana tokoa ny fotoana ka ny "fiangonana rehetra izay miorina mba hahazoana harena sy ireo rehetra izay

15a Isa. 5:23–24;
Naho. 1:10; Mal. 4:1;
2 Ne. 15:24; 26:4–6;
F&F 64:23–24; 133:64.
b Sal. 21:9; 3 Ne. 25:1;
F&F 29:9.
TSM Tany—
Fandiovana ny tany.

16a 1 Ne. 14:17.
17a 2 Ne. 30:10;
Mos. 7:61.
b 1 Ne. 17:33–40.
20a Jao. 4:19; 7:40.
b F&F 133:63.
21a Deot. 18:15, 18;
Asa 3:20–23;

1 Ne. 10:4;
3 Ne. 20:23.
b Sal. 98:9;
Mos. 6:57.
23a 1 Ne. 14:10;
2 Ne. 26:20.
TSM Komiberaky
ny Mpisorona.

miorina mba hahazoana fahefana amin' ny nofo ary ireo izay miorina mba ho tonga ^bmamy hoditra eo imason' izao tontolo izao ary ireo izay mikatsaka ny filan' ny nofo sy ny zavatr' izao tontolo izao ary ny hanao ny heloka isan-karazany; eny, raha fintinina, dia ireo rehetra ireo izay an' ny fanjakan' ny devoly no ireo izay mila matahotra sy mangovitra ary ^dmihorohoro; ireo no ireo izay tsy maintsy haetry ambany eo amin' ny vovoka; ireo no ireo izay tsy maintsy ho ^elevona toy ny mololo; ary izany dia araka ny tenin' ny mpaminany.

24 Ary avy faingana tokoa ny fotoana izay tsy maintsy hitarihana ny marina toy ny ^azanak' omby ao am-bala, ary tsy maintsy manjaka sy manapaka amin-kery sy fahefana ary voninahi-dehibe ny Iray Masin' ny Isiraely.

25 Ary ^amanangona ny zanany avy amin' ny vazan-tany efatra Izy; sady manisa ny ondriny, ary ireo dia mahalala Azy; dia ho andiany iray ihany ireo sady ho iray ihany ny ^bmpiandry; ary hamahana ny ondriny Izy, ary ao Aminy no hahitan' ireo ^dahi-maitso.

26 Ary noho ny fahamarinan' ny olony dia tsy manam-pahefana i ^aSatana; koa tsy azo vahana

izy mandritra ny ^btaona maro; fa tsy manam-pahefana amin' ny fon' ny olona izy satria ireo dia mitoetra ao amin' ny fahamarinana ary ^dmanjaka ny Iray Masin' ny Isiraely.

27 Ary ankehitriny, indro izaho Nefia dia milaza aminareo fa tsy maintsy tonga izany zavatra rehetra izany araka ny nofo.

28 Nefa indro ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra hiara-honina amim-pilaminana ao amin' ny Iray Masin' ny Isiraely raha toa ka ^amibebaka amin' ny fahotany ireo.

29 Ary ankehitriny, izaho Nefia dia mamarana; satria izaho dia tsy mbola sahy miresaka misimisy ny momba ireo zavatra ireo izao.

30 Koa mba tiako ry rahalahiko ny hiheveranareo fa ny zavatra izay efa voasoratra eo amin' ny ^atakela-barahina dia marina; ary ireo dia manambara fa tsy maintsy mankatò ny didin' Andriamanitra ny olona.

31 Koa tsy ilainareo ny misaina fa izaho sy ny raiko no hany olona izay nanambara ary koa nampianatra ireo. Noho izany, raha mankatò ny ^adidy ianareo sy maharitra hatramin' ny farany, dia hovonjena ianareo amin' ny andro farany. Ary dia toy izany no izy. Amena.

23b Lio. 6:26; Almà 1:3.
d 2 Ne. 28:19.

e 2 Ne. 26:6.

24a Amo. 6:4; Mal. 4:2;
3 Ne. 25:2.

25a TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

b TSM Mpiandry
Ondry Tsara.

d Sal. 23.

26a Fan. 20:2;
Almà 48:17;
F&F 43:31; 45:55;
88:110; 101:28.
TSM Devoly.

b Jakôba 5:76.

d TSM Arivotaona.

28a TSM Fibebehana;
Mamela.

30a 2 Ne. 4:2.

31a Mat. 19:17.

TSM Didin'
Andriamanitra.

NY BOKY FAHAROAN' I NEFIA

Ny fitantarana ny nahafatesan' i Lehia. Nikomy taminy ny rahalahin' i Nefia. Nilaza mialoha tamin' i Nefia ny Tompo mba hanainga hankany an-tany foana. Ny diany tany an-tany foana sy ny sisa.

TOKO 1

Naminany momba ny tanim-paha-fahana iray i Lehia—Haely patrana ny taranany ary hokapohina raha mitsipaka ny Iray Masin' ny Isiraely —Namporisika ny zanany lahy izy hitafy ny fiarovantenan' ny fahamarinana. Tokony ho 588–570 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zavatranga, nony efa nofaranako, izaho Nefia, ny fampianarana ny rahalahiko, dia nilaza zavatra maro taminy koa i Lehia “rainay ka nitantara taminy ny mahalehibe ny zavatra efa nataon' ny Tompo taminy, tamin' ny fitondrana azy niala ny tanin' i Jerosalema.

2 Ary niresaka taminy izy ny momba ny “fikomiany teny ambony rano sy ny famindram-pon' Andriamanitra tamin' ny fitsimbinana ny ainy mba tsy ho voatelin' ny ranomasina.

3 Ary niresaka taminy koa izy ny momba ny tany nampanantenaina izay efa azony —ny mahafeno famindram-po ny Tompo tamin' ny nampilazany mialoha

taminay mba handosiranay ny tanin' i Jerosalema.

4 Fa indro, hoy izy, efa nahita “fahitana iray aho ka fantatro araka izany fa rava i ^bJerosalema; ary raha nitoetra tao Jerosalema isika dia tokony ho efa “fongana ihany koa.

5 Nefa, hoy izy, na dia teo aza ny fahoriantrika, dia nahazo ny “tany nampanantenaina isika, dia tany ^bnofinidy tambonin' ny tany hafa rehetra; tany izay efa nifaneken' ny Tompo Andriamanitra tamiko fa ho tany lovan' ny taranako. Eny, efa “nifaneken' ny Tompo mandrakizay ity tany ity ho ahy sy ho an' ny zanako ary koa ho an' ireo rehetra izay hotarihin' ny tanan' ny Tompo hiala avy any an-tany hafa.

6 Noho izany, izaho Lehia dia maminany araka ny asan' ny Fanahy izay ato anatiko fa “tsy hisy olona ho tonga eto amin' ity tany ity raha tsy efa hoentin' ny tanan' ny Tompo izy.

7 Noho izany, ity “tany ity dia atokana ho an' izay hoentiny. Ary raha toa ka manompo Azy izy araka ny didy izay efa nomeny, dia ho tanim-^bpahafahana

ho azy izany; noho izany izy dia tsy hoentina ho babo na oviana na oviana; fa raha izany kosa no mitranga, izany dia noho ny heloka; satria raha ^dmiavosa ny heloka, dia ho voaozomany ny tany noho ny olo-meloka, fa hotahiana mandrakizay kosa izany ho an' ny olo-marina.

8 Ary indro fahendrena ny mbola hitehirizana ity tany ity tsy ho fantatry ny firenen-kafa hatramin' izao; fa indro firenena maro no hanafotra ny tany ka tsy hisy faritra holovana.

9 Noho izany, izaho Lehia dia efa nahazo fampanantenana fa ^araha mbola mitandrina ny didiny koa ireo izay hoentin' ny Tompo Andriamanitra hiala ny tanin' i Jerosalema, dia ^bhiroborobo eo ambonin' ity tany ity izy; ary hotehirizina amin' ny firenen-kafa rehetra izy mba hahazoany mizaka ity tany ity ho azy samirery. Ary raha toa ka ^dmitandrina ny didiny izy dia hotahiana eo ambonin' ity tany ity ary tsy hisy handratra azy na haka ny tany lovany, ary dia honina soa aman-tsara eo mandrakizay izy.

10 Nefa indro, raha avy ny fotoana izay hihemorany ao amin' ny tsy finoana rehefa avy nandray fitahiana lehibe tokoa avy tamin' ny tanan' ny Tompo— rehefa nahazo fahalalana momba ny nahariana ny tany sy ny olon-drehetra, ka nahafantatra

ny asa lehibe sy mahatalanjona nataon' ny Tompo hatry ny nahariana izao tontolo izao; rehefa nahazo ny fahefana nomena azy mba hanaovany ny zava-drehetra amin' ny finoana; rehefa nahazo ny didy rehetra hatrany am-piandohana sy rehefa nentina tamin' ny hatsaram-pony tsy hita lany hankamin' ity tany nampanantenaina sarobidy ity— dia indro, hoy aho, fa raha ho avy ny andro izay handavany ny Iray Masin' ny Isiraely, ilay tena ^aMesia, ilay Mpanavotra azy sy Andriamaniny, dia indro hihatra aminy ny famalian' ilay Marina.

11 Eny, hitondra ^afirenena hafa hankeo aminy Izy ary hanome fahefana ireny, tsy hoesoriny aminy ny tany tsy ho fananany ary hataony ny ^bhampielezana sy hikapohana azy.

12 Eny, ny taranaka izay mi-fandimby dia ho tojo ^afandatsahan-dra sy antambo lehibe eo anivony; noho izany anaka dia mba tiako ny hitadidinareo; eny mba tiako ny hihainoanareo ny teniko.

13 Inay anie ianareo mba hifoha; hifoha amin' ny torimaso lalina, eny, dia ny torimason' ny ^ahelo izany sy manifika ny ^bgadra mahatsiravina izay ifatoranareo, dia ny gadra izay ifatoran' ny zanak' olombelona ka dia entina babo izy hidina ao ^dan-davaka mandrakizain' ny fahantrana sy ny fahoriana.

7d Almà 45:10-14, 16;

Môm. 1:17;

Etera 2:8-12.

9a 2 Ne. 4:4; Almà 9:13.

b Deot. 29:9.

d TSM Mankatò.

10a TSM Mesia.

11a 1 Ne. 13:12-20;

Môm. 5:19-20.

b 1 Ne. 22:7.

12a Môm. 1:11-19; 4:11.

13a TSM Helo.

b Almà 12:9-11.

d 1 Ne. 15:28-30;

Hel. 3:29-30.

14 Mifohaza! ary miarena avy eo amin' ny vovoka, ary henoy ny tenin' ity "ray mihararetra izay tsy ho ela ny tsy maintsy hampandrianareo ny rantsambatany ao ^bam-pasana mamana sy mangina, dia ny fasana izay tsy ahafahan' ny mpivahiny miverina ilalana; andro vitsivitsy sisa dia hihazo ny ^dlalana falehan' ny tany rehetra aho.

15 Nefa indro, efa "navotan' ny Tompo tamin' ny helo ny fanahiko; efa nahita ny voninahiny aho sy efa sakambininy mandrakizay amin' ireo ^bsandrim-^dpitiavany.

16 Ary maniry aho mba hotadidinareo ny hankatò ny "fitsipika sy ny didin' ny Tompo; indro izany no efa fitaintainan' ny fanahiko hatrany am-piandohana.

17 Efa novesaran' alahelo ombieny ombieny ny foko, satria natahotra aho fandrao noho ny hamafin' ny fonareo dia ho tonga aminareo amin' ny fahafenoan' ny "fahatezerany ny Tompo Andriamanitrareo ka dia ^bhoesorina ianareo hiala ary ho fongotra mandrakizay;

18 Na fandrao hihatra aminareo ny ozona, ary izany dia mandritra ireo "taranaka maro; ary dia hovangiana amin' ny sabatra sy amin' ny mosary ianareo ary

hankahalaina sy hoentina araka ny sitrapo sy ny fambaboan' ny ^bdevoly.

19 Enga anie anaka ka tsy hihatra aminareo ireo zavatra ireo, fa eng a nie kosa ka ho olona "voafidy sy hankasitrahan' ny Tompo ianareo. Nefa indro, atao anie ny sitrapony; fa fahamarihana mandrakizay ny ^blalany.

20 Ary efa niteny Izy fa: "Raha mbola mitandrina ny ^bdidiko ianareo dia ^dhiroborobo amin' ny tany; nefa raha tsy mitandrina ny didiko ianareo, dia hoesorina hiala tsy ho eo anatrehako.

21 Ary ankehitriny, mba hahazoan' ny fanahiko hanana fifaliana aminareo sy hahazoan' ny foko mandao ity izao tontolo izao ity amim-pifaliana noho ny aminareo ka tsy ho fahoriana sy alahelo no hampandry ahy any am-pasana, dia miarena avy eo amin' ny vovoka anaka ary aoka ho "lehilahy miorina ao amin' ny ^bsaina iray sy ao amin' ny fo iray, miray hina amin-java-drehetra mba tsy havarina any amin' ny fahababoana ianareo;

22 Mba tsy ho voaozona amin' ny ozona mahatsiravina ianareo; ary koa mba tsy hihatra aminareo ny tsy fahafalian' ilay "Andriamanitra marina, hatrany

14a TSM Ray Aman-dreny.
b TSM Fahafatesan' ny Vatana.
d Jos. 23:14.
 15a Almà 36:28.
 TSM Sorompanavotana.
b Jakôba 6:5; Almà 5:33; 3 Ne. 9:14.
d Roma. 8:39.
 TSM Fitiavana.

16a Deot. 4:5–8;
 2 Ne. 5:10–11.
 17a 2 Ne. 5:21–24;
 Almà 3:6–19.
b Môsià 12:8.
 18a 1 Ne. 12:20–23.
b TSM Devoly.
 19a TSM Voafidy (matoanteny na anarana).
b Hosea 14:9.

20a Jarôma 1:9;
 Môsià 1:6–7;
 Almà 9:13–14.
b Lev. 26:3–14;
 Joe. 2:23–26.
d Sal. 67:6;
 Môsià 2:21–25.
 21a 1 Sam. 4:9;
 1 Mpan. 2:2.
b Mos. 7:18.
 22a F&F 3:4.

amin' ny fandranganana, eny, ny fandranganana mandrakizain' ny fanahy sy ny vatana.

23 Mifohaza, anaka; tafio ny "fiarovantenan' ny fahamari-nana. Akifiho ny gadra izay ifatoranareo ary mivoaha avy ao amin' ny haizina sy miarena avy eo amin' ny vovoka.

24 Aza mikomy intsony amin' ny rahalahinareo izay feno voninahitra ny fitsinjovany sy izay efa nitandrina ny didy hatramin' ny fotoana izay nandaozantsika an' i Jerosalema; ka natao fitaovana teo am-pelatanan' Andriamanitra tamin' ny fitondrany antsika nankatỳ amin' ny tany nampanantenaina; fa raha tsy noho ny aminy, dia tsy maintsy ho efa "maty mosary tany antany foana isika; kanefa dia nitady ny ^bhanala ny ainy ianareo; eny, ary efa niaritra fahoriana be izy noho ny aminareo.

25 Ary matahotra izaitsizy tokoa aho ary mangovitra noho ny aminareo, fandrao hijaly indray izy; fa indro efa nampangainareo izy ho nikatsaka fahefana sy fanapahana taminareo; fantatro anefa fa tsy nitady fahefana na "fanapahana taminareo izy fa efa nikatsaka kosa ny voninahitr' Andriamanitra sy ny fiadanana-reo mandrakizay.

26 Ary efa nimonomonona ianareo satria tsy nisorona taminareo izy. Milaza ianareo fa naneho "fahasiahana izy; milaza

ianareo fa tezitra taminareo izy; nefa indro ny fahasiahany dia ny fahasiahany' ny herin' ny tenin' Andriamanitra izay tao aminy; ary izay antsoinareo hoe faha-tezerana dia ny fahamarinana araka izay ao amin' Andriamanitra izay tsy hainy tohaina fa maneho amim-pahasahiana ny helokareo.

27 Ary tsy maintsy ilaina ny tsy maintsy iarahan' ny "herin' Andriamanitra aminy, na dia hatramin' ny fandidiany anareo aza izany ka dia tsy maintsy mankatò ianareo. Nefa indro, tsy izy fa ny ^bFanahin' ny Tompo kosa izay tao aminy no "nanokatra ny vavany mba hiteny ka dia tsy hainy nakombona izany.

28 Ary ankehitriny anaka, ry Lamàna ary koa ry Lemoela sy Samy ary koa ianareo zanako lahy izay zanakalahin' i Ismaela, indro, raha mety mihaino ny feon' i Nefia ianareo dia tsy ho faty. Ary raha mety mihaino azy ianareo dia avelako aminareo ny "tso-drano iray, eny, dia ny tso-dranoko voalohany izany.

29 Nefa raha tsy mety mihaino azy ianareo dia hotsoahiko ny "tso-dranoko voalohany, eny, dia ny tso-dranoko izany, ka hitoetra aminy.

30 Ary ankehitriny miteny aminao aho ry Zòrama: Indro "mpanompon' i Labàna ianao; kanefa dia nentina niala ny tannin' i Jerosalema, ary fantatro fa

23a Ef. 6:11-17.

24a 1 Ne. 16:32.

b 1 Ne. 16:37.

25a Gen. 37:9-11.

26a Ohab. 15:10;

1 Ne. 16:2;

Môrô. 9:4;

F&F 121:41-43.

27a 1 Ne. 17:48.

b F&F 121:43.

d F&F 33:8.

28a tsm Fizokiana.

29a Abr. 1:3.

30a 1 Ne. 4:20, 35.

tena sakaizan' i Nefia zanako mandrakizay ianao.

31 Koa satria efa nahatoky ianao, dia hotahiana “miaraka amin' ny taranany ny taranakao ka hitoetra ao amin' ny fi-roboroboana maharitra eo ambonin' ity tany ity ireo; ary tsy hisy na inona na inona hanimba na hanohintohina mandrakizay ny fi-roboroboany eo ambonin' ity tany ity afa-tsy ny helony ihany.

32 Koa raha mitandrina ny didin' ny Tompo ianareo, ny Tompo efa nanokana ity tany ity ho azo antoka ho an' ny taranakao mbamin' ny taranaky ny zanako lahy.

TOKO 2

Ny fahatongavan' ny fanavotana amin' ny alalan' ny Mesia Masina —Ny fahafahana misafidy (ny maha-tompon-tsafidy) no ilaina amin' ny fahavelomana sy ny fivoarana —Lavo i Adama mba hisian' ny olona —Ny fahafahan' ny olona misafidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay. Tokony ho 588–570 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny miteny aminao aho ry Jakôba: Ianao no “lahimatoako tamin' ny androm-pahoriako tany an-tany foana. Ary indro fa efa niaritra fahoriana sy alahelo betsaka ianao tamin' ny fahazazanao noho ny halozan' ny rahalahinao.

2 Kanefa ry Jakôba, ry lahimatoako tany an-tany foana, fantatrao ny fahalehibeazan' Andriamanitra; ary Izy hano-kana ny fahorianao ho tombontsoanao.

3 Koa hotahiana ny fanahinao, ary hiara-honina tsy amin' ahiahy amin' i Nefia rahalahinao ianao; ary holaniana amin' ny fanompoana ny Andriamanitrao anie ny andronao. Noho izany dia fantatro fa efa voavoatra ianao noho ny fahamarinan' ny Mpanavotra anao; satria efa hitanao fa amin' ny fahafenoan' ny fotoana dia ho avy Izy mba hitondra famonjena ho an' ny olona.

4 Ary efa nahita ny “voninahiny ianao tamin' ny fahatanoranao; koa hotahiana ianao toy ireo izay hotompoiny araka ny nofo; satria tsy miova ny Fanahy omany sy anio ary mandrakizay. Ary efa voamana hatry ny fahalavoan' ny olona ny lalana ary ^bmaimaim-poana ny fanavotana.

5 Ary ampy tokoa ny fahalalan' ny olona mba “hahalalany ny tsara amin' ny ratsy. Ary omena ny olona ny lalàna. Ary tsy misy nofo ^bamarinina noho ny lalàna na olona ^desorina hiala noho ny lalàna. Eny, noho ny lalàn' ny tany, dia nesorina izy hiala; ary koa noho ny lalàn' ny fanahy dia maty izy, tafasaraka tamin' izay tsara ary zary fadiranovana mandrakizay.

31a 2 Ne. 5:6.

2 1a 1 Ne. 18:7.

4a 2 Ne. 11:3; Jakôba 7:5.

^b TSM Fahasoavana.

5a Môrô. 7:16.

^b Roma. 3:20;

2 Ne. 25:23;

Almà 42:12–16.

TSM Manamarina.

^d 1 Ne. 10:6;

2 Ne. 9:6–38;

Almà 11:40–45;

12:16, 24; 42:6–11;

Hel. 14:15–18.

6 Noho izany, ny “fanavotana dia tonga amin’ ny alàlan’ ny ^bMesia Masina sy ao Aminy; satria feno “fahasoavana sy fahamarinana Izy.

7 Indro manolotra ny tenany Izy ho “sorona noho ny fahotana mba hanefana ny fitakian’ ny lalàna ho an’ ireo rehetra izay manana fo torotoro sy fanahy manenina; ary tsy azo efaina amin’ olon-kafa afa-tsy Aminy ny ^bfitakian’ ny lalàna.

8 Noho izany, dia manan-danja lehibe erỳ ny fampahafantarana ny mponina eto an-tany ireo zavatra ireo mba hahafantarany fa tsy misy nofo izay afaka mitoetra eo anatrehan’ Andriamanitra “raha tsy noho ny fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan’ ny Mesia Masina izay manolotra ny ainy araka ny nofo sy maka izany indray amin’ ny herin’ ny Fanahy mba hahazoany manatanteraka ny ^bfitsanganana amin’ ny maty ka Izy no santatra izay hitsangana amin’ ny maty.

9 Noho izany dia Izy no voaloham-bokatra ho an’ Andriamanitra, satria hanao “fanalalànana ho an’ ny zanak’ olombelona rehetra Izy; ary izay mino Azy no hovonjena.

10 Ary noho ny fanalalànana

ho an’ ny “rehetra dia hanatona an’ Andriamanitra ny olon-drehetra; koa mijoro eo anoloany ireo mba ^bhotsarainy araka ny fahamarinana sy “fahamasinana izay ao Aminy. Noho izany, ny fitakian’ ny lalàna izay efa nomen’ ny Iray Masina dia ny fampiharana ny famaizana izay voatovana, ny famaizana izay voatovana dia mifanohitra amin’ ny fahasambarana izay voatovana, mba hanefana ny fitakian’ ny “sorompanavotana—

11 Satria tsy maintsy ilaina ny hisian’ ny “fifanoherana amin’ ny zava-drehetra. Raha tsy izany, ry lahimatoako tany an-tany foana, dia tsy ho azo notanterahina ny fahamarinana na ny faharatsiana na ny fahamasinana na ny fahoriana na ny tsara na ny ratsy. Noho izany ny zavatra rehetra dia tsy maintsy ilaina ho fitambarana ho iray; noho izany raha toa izy ka vatana iray, dia tsy maintsy ilaina izy hijanona ho toy ny maty, fa sady tsy manana fahavelomana izy no tsy manana fahafatesana na fahalovana na tsy fahalovana, na fahasambarana na fahoriana, na faharenesana na fahadontoana.

12 Noho izany, dia tsy maintsy ilaina izy ho voaary toy ny zavatra tsinontsinona; koa tsy

6a 1 Ne. 10:6;
2 Ne. 25:20;
Almà 12:22–25.
TSM Drafitry ny
Fanavotana.
b TSM Mesia.
d Jao. 1:14, 17;
Mos. 1:6.

7a TSM Sorompanavotana.

b Roma. 10:4.
8a 2 Ne. 25:20; 31:21;
Môsià 4:8; 5:8;
Almà 38:9.
b 2 Tan. 15:20;
Almà 7:12; 12:24–25;
42:23.
TSM Fitsanganana
amin’ ny Maty.
9a Isa. 53:1–12;

Môsià 14:12; 15:8–9.
10a TSM Mpanavotra.
b TSM Fitsarana
Farany, Ny.
d TSM Fahamasinana.
e 2 Ne. 9:7, 21–22, 26;
Almà 22:14; 33:22;
34:9.
11a F&F 29:39; 122:5–9.
TSM Fahoriana.

ho nisy “zava-kinendry tamin’ ny namoronana azy. Noho izany dia tsy maintsy ilain’ izany zavatra izany ny mandrava ny fahendren’ Andriamanitra sy ny fikasany mandrakizay, ary koa ny hery sy ny famindram-po ary ny ^bfahamarinan’ Andriamanitra.

13 Ary raha milaza ianareo fa “tsy misy lalàna, dia milaza koa ianareo fa tsy misy ota. Raha milaza ianareo fa tsy misy fahotana, dia milaza koa ianareo fa tsy misy fahamarinana. Ary raha tsy misy fahamarinana dia tsy misy fahasambarana. Ary raha tsy misy na fahamarinana na fahasambarana, dia tsy misy na famaizana na fahoriana. Ary raha tsy misy ireo zavatra ireo, dia ^btsy misy Andriamanitra. Ary raha tsy misy Andriamanitra, dia tsy misy na isika na ny tany; satria tsy ho nisy ny fahariana ny zavatra na ny mihetsika na ny hetsehina izany; noho izany dia tsy maintsy ho nanjavona ny zava-drehetra.

14 Ary ankehitriny anaka, resahiko anareo ireo zavatra ireo ho tombontsoanareo sy ho fianarana ho anareo; satria misy Andriamanitra, ary Izy efa “nahary ny zava-drehetra, na ny lanitra na ny tany sy ny zava-drehetra

eo aminy, na ny zava-mihetsika na ny zavatra ^bhetsehina.

15 Ary mba hahatontosa ny “fikasany mandrakizay momba ny ho avin’ olombelona, rehefa avy nohariany ny ray aman-drenintsika voalohany sy ny biby tany an-tsaha ary ny voron’ ny habakabaka, raha fintinina, ny zavatra rehetra izay ary, dia tsy maintsy ilaina ny hisian’ ny fifanoherana; na dia ny ^bvoankazo ^dvoarara aza dia mifanohitra amin’ ny ‘hazon’ aina, ny iray mamy ary ny iray kosa mangidy.

16 Koa nomen’ ny Tompo Andriamanitra ny olombelona ny fahafahana “hanao araka ny safidiny. Koa tsy ho afaka nanao araka ny safidiny ny olombelona raha tsy efa ^bnotaomin’ itsy voalohany na ity faharoa.

17 Ary izaho Lehia, araka ny zavatra izay efa novakiako, dia tsy maintsy ilaina aho hihevitra fa ny “anjelin’ Andriamanitra anankiray, araka izay efa voasoratra, dia efa ^blatsaka avy tany an-danitra; noho izany dia lasa ^ddevoly izy fa efa nikatsaka izay ratsy teo anoloan’ Andriamanitra.

18 Ary satria efa latsaka avy tany an-danitra izy ary efa tonga fadiranovana mandrakizay, dia “nokatsahiny koa ny fahorian’

12a F&F 88:25–26.

TSM Tany—
Nohariana ho an’
ny olona.

b TSM Fahamarinana.

13a 2 Ne. 9:25.

b Almà 42:13.

14a TSM Fahariana.

b F&F 93:30.

15a Isa. 45:18; Almà 42:26;

Mos. 1:31, 39.

b Gen. 3:6;

Almà 12:21–23.

d Gen. 2:16–17;

Mos. 3:17.

e Gen. 2:9;

1 Ne. 15:22, 36;

Almà 32:40.

16a 2 Ne. 10:23;

Almà 12:31.

TSM Safidy.

b F&F 29:39–40.

17a TSM Devoly.

b Isa. 14:12; 2 Ne. 9:8;

Mos. 4:3–4;

Abr. 3:27–28.

d TSM Devoly.

18a 2 Ne. 28:19–23;

3 Ne. 18:18;

F&F 10:22–27.

ny olombelona rehetra. Izany no nilazany tamin' i ^bEva, eny, izy ilay menarana fahizay, izay ny devoly, izay rain' ny ^dlainga rehetra, izany no nilazany hoe: Mihinàna amin' ny voankazo voarara ary tsy ho faty ianareo fa ho tahaka an' Andriamanitra kosa "mahalala ny tsara sy ny ratsy.

19 Ary rehefa avy "nihinana tamin' ny voankazo voarara i Adama sy i Eva dia noroahina hiala ny saha ^bEdena izy ireo mba hiasa ny tany.

20 Ary dia nanan-janaka izy ireo; eny, izany no "fianakavian' ny tany manontolo.

21 Ary nohalavaina ny andron' ny zanak' "olombelona araka ny sitrapon' Andriamanitra mba hahazoany ^bmibebaka raha mbola ao amin' ny nofo; noho izany ny toetrany dia nanjary toetry ny ^dfisedrana, ary nohalavaina ny fotoany araka ny didy nomen' ny Tompo Andriamanitra ny zanak' olombelona. Satria nomeny ny didy fa tsy maintsy mibebaka ny olon-drehetra; satria nasehony ny olon-drehetra fa efa "very izy noho ny fandikan-dalàn' ny ray aman-dreniny.

22 Ary ankehitriny, indro fa raha tsy nandika lalàna i Adama dia tsy ho lavo izy fa ho tafa-

toetra kosa tao amin' ny saha Edena. Ary ny zavatra rehetra izay nohariana dia tsy maintsy ho tafajanona araka ny toetra izay nananany taorian' ny nahariana azy ireny; ary dia tsy maintsy ho tafajanona ho toy izany mandrakizay ireny ka tsy ho nanam-piafarana.

23 Ary dia tsy ho nanan-"janaka izy ireo; noho izany izy ireo dia ho tafajanona tamin' ny toetry ny tsy fananan-tsiny, tsy nanampifaliana satria tsy nahalala fahariana; tsy nanao ny tsara satria tsy nahafantatra ny fahotana.

24 Nefa indro fa ny zava-drehetra dia efa natao araka ny fahendren' Ilay "mahafantatra ny zava-drehetra.

25 "Lavo i ^bAdama mba ^dhisian' ny olona; ary misy ny olona mba hahazo "fifaliana.

26 Ary avy ny "Mesia amin' ny fahafenoan' ny fotoana mba hahazoany ^bmanavotra ny zanak' olombelona amin' ny fahalavoana. Ary satria avotana amin' ny fahalavoana izy dia efa tonga ^dafaka mandrakizay, mahalala ny tsara sy ny ratsy; mihetsika ho azy fa tsy etsehina, afa-tsy amin' ny famaizan' ny "lalàna amin' ny andro lehibe sady farany, araka ny didy izay efa nomen' Andriamanitra.

18b TSM Eva.
d 2 Ne. 28:8; Mos. 4:4.
e Gen. 3:5; Almà 29:5;
Môrô. 7:15–19.
19a Almà 12:31.
tsm Fahalavoan' i
Adama sy i Eva.
b TSM Edena.
20a F&F 138:38–39.
21a Almà 12:24;

Mos. 4:23–25.
b Almà 34:32.
tsm Fibebahana.
d TSM Mety Maty.
e Jakôba 7:12.
23a Mos. 5:11.
24a TSM Andriamanitra.
25a Mos. 6:48.
tsm Fahalavoan' i
Adama sy i Eva.

b TSM Adama.
d TSM Mety Maty.
e Mos. 5:10.
tsm Fifaliana; Olona.
26a TSM Mesia.
b TSM Drafitry ny
Fanavotana.
d Almà 42:27;
Hel. 14:30.
e TSM Lalàna.

27 Noho izany dia “afaka ny olona araka ny nofo; ary omena azy ny zavatra rehetra izay ilain’ ny olona. Ary afaka izy na ^bhifidy ny fahafahana sy ny “fiainana mandrakizay amin’ ny alalan’ Ilay Mpanalalana lehiben’ ny olon-drehetra na hifidy ny fahababoana sy ny fahafatesana araka ny fambaboana sy ny fahefan’ ny devoly; satria katsahiny ny hahatonga ny olon-drehetra ho ory tahaka azy.

28 Ary ankehitriny anaka, dia mba tiako ny hiandrandrana-reo Ilay “mpanalalana lehibe sy hihainoanareo ny didiny lehibe; ary ho mahatoky amin’ ny teniny ianareo ka hifidiananareo ny fiainana mandrakizay araka ny sitrapon’ ny Fanahiny Masina;

29 Ary tsy hifidiananareo ny fahafatesana mandrakizay araka ny sitrapon’ ny nofo sy ilay ratsy izay ao anatin’ ny fahefana ny fanahin’ ny devoly mba “hambabo sy hitondra anareo midina any amin’ ny ^bhelo hahazoany manapaka aminareo ao amin’ ny fanjakana ihany.

30 Efa nolazaiko anareo rehetra, anaka, ireo teny vitsivitsy ireo amin’ izao andro faran’ ny fise-drana ahy izao; ary efa nifidy ny anjara tsara aho araka ny tenin’ ny mpaminany. Ary tsy manana tanjona hafa aho afa-tsy ny fiadanana maharitra mandrakizay ho an’ ny fanahinareo. Amena.

TOKO 3

Nahita ny Nefita tamin’ ny fahitana i Josefa tany Egipta — Naminany ny momba an’ i Joseph Smith mpahita amin’ ny andro farany izy; ny momba an’ i Mosesy izay hanafaka an’ i Isiraely; ary ny momba ny fivoahan’ ny Bokin’ i Môrmôna. Tokony ho 588–570 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny miteny aminao aho ry Jôsefa “faralahiko. Tera-ka tany an-tany foana izay nahory ahy ianao; eny, tamin’ ny andro tena nahabetsaka indrindra ny alaheloko no nitondran’ ny reninao am-bohoka anao.

2 Ary ny Tompo anie hanokana ho anao koa ity “tany ity izay tany sarobidy indrindra, mba ho lovanao sy ho lovan’ ny taranakao mbamin’ ny rahalahinao, mba ho fiadananao mandrakizay, raha toa ka mitandrina ny didin’ ny Iray Masin’ ny Isiraely ianareo.

3 Ary ankehitriny ry Jôsefa faralahiko izay nentiko niala ny tany foana nahory ahy, ny Tompo anie hitahy anao mandrakizay fa tsy ho “fongana tanteraka ny taranakao.

4 Satria indro nateraky ny kiboko ianao; ary izaho dia anisan’ ny tamingan’ i “Josefa izay nentina ho ^bbabo tany Egipta. Ary lehibe ny fanekempihavanan’ ny

27a Gal. 5:1; Mos. 6:56.

b TSM Safidy.

d TSM Fiainana

Mandrakizay.

28a TSM Mpanalalana.

29a Roma. 6:16–18;

Almà 12:11.

b TSM Helo.

3 1a 1 Ne. 18:7.

2a 1 Ne. 2:20.

TSM Tany

Nampanantenaina.

3a 2 Ne. 9:53.

4a Gen. 39:1–2; 45:4;

49:22–26;

1 Ne. 5:14–16.

b Gen. 37:29–36.

Tompo izay nataony tamin' i Josefa.

5 Koa “nahita marina tokoa ny androntsika i Josefa. Ary nahazo ny fampanantenana avy tamin' ny Tompo izy fa avy amin' ny hateraky ny kibony no hananganan' ny Tompo Andriamanitra ^bsampana “marina iray ho an' ny mpianakavin' i Isiraely; tsy ny Mesia fa sampana iray kosa izay hotapahina hiala kanefa dia hotsarovana ao amin' ny fanekempihavanan' ny Tompo fa ny ^cMesia dia haneho ny tenany aminy amin' ny andro farany, ao amin' ny fanahin' ny faherezana amin' ny hitondrana azy hiala amin' ny ^fhaizina ho amin' ny hazavana — eny, hiala amin' ny haizina mikitroka sy amin' ny fahababoana ho amin' ny fahafahana.

6 Fa nambaran' i Josefa marina tokoa nanao hoe: “Mpahita iray no hatsangan' ny Tompo Andriamanitra, izay ho mpahita nofinidy ho an' ny nateraky ny ^bkiboko.

7 Eny, niteny marina tokoa i Josefa hoe: Izao no lazain' ny Tompo amiko: “Mpahita nofinidy iray no hatsangako avy amin' ny nateraky ny kibonao; ary hohajaina fatratra tokoa izy eo anivon' ny nateraky ny kibonao. Ary izy no homeko didy

mba hanaovany asa iray ho an' ireo naloaky ny kibonao, izay rahalahiny, dia asa iray izay hanan-danja lehibe ho azy ireo fa hitondra azy ireo ho amin' ny fahalalana ny fanekempihavanana izay efa nataoko tamin' ny razanao.

8 Ary Izaho hanome didy azy mba “tsy hanaovany asa hafa, afa-tsy ny asa izay handidiako azy. Ary Izaho hahatonga azy ho lehibe eo imasoko; satria hanao ny asako izy.

9 Ary izy ho lehibe tahaka an' i “Mosesy izay efa nolazaiko fa hatsangako ho anao, ry mpianakavin' i Isiraely, mba ^bhanafaka ny oloko.

10 Ary i Mosesy no hatsangako mba hanafaka ny olonao hiala ny tany Egipta.

11 Nefa mpahita iray no hatsangako avy amin' ny nateraky ny kibonao; ary izy no homeko “fahefana hitondra ny teniko ho an' ireo taranaky ny kibonao — ary tsy ny hitondra ny teniko ihany hoy ny Tompo fa ny handresy lahatra azy ireo amin' ny teniko izay efa hiparitaka sahadidy eo anivony.

12 Koa “hanoratra ny nateraky ny kibonao; ary ^bhanoratra ny nateraky ny kibon' i “Joda; ary izay hosoratan' ny nateraky ny kibonao ary koa izay hosorata-

5a DJS Gen. 50:24–38;
2 Ne. 4:1–2.
b Gen. 49:22–26;
1 Ne. 15:12; 19:24.
TSM Tanimbolin'
ny Tompo.
d Jakôba 2:25.
e 2 Ne. 6:14;
F&F 3:16–20.

f Isa. 42:16.
6a 3 Ne. 21:8–11;
Môrm. 8:16.
TSM Mpahita.
b F&F 132:30.
7a TSM Smith, Joseph,
zanany
8a F&F 24:7, 9.
9a Mos. 1:41.

b Eks. 3:7–10;
1 Ne. 17:24.
11a F&F 5:3–4.
12a TSM Bokin' i
Môrmôna.
b TSM Baiboly.
d 1 Ne. 13:23–29.

n' ny nateraky ny kibon' i Joda dia hitambatra hanaporifoana ny "mahadiso ny fotopampiana-rana sandoka sy hampisaharana ny fifandirana ary hampioerenana fandriampahalemana eo anivon' ny nateraky ny kibonao, ary ^fhitondrana azy ireo ho amin' ny ^sfahalalana ny razany amin' ny andro farany ary koa ho amin' ny fahalalana ny fanekempihavanako, hoy ny Tompo.

13 Ary ao amin' ny fahalemeny no hanatanjarahana azy amin' ny andro izay hanombohan' ny asako eo anivon' ny oloko rehetra amin' ny fampodiako anao amin' ny laoniny ry mpianakavin' i Israely, hoy ny Tompo.

14 Ary dia naminany toy izao i Josefa, nanao hoe: Indro hotahian' ny Tompo io mpahita io; ary izay mikatsaka ny handringana azy dia hampangaihaizina; satria izany fampanantenana izay efa azoko tamin' ny Tompo momba ny nateraky ny kiboko izany dia ho to. Indro, azoko antoka ny fahatanterahan' izany fampanantenana izany;

15 Ary hantsoina araka ny anarako ny ^aanarany; ary izany dia ho araka ny ^banaran-drainy. Ary hanahaka ahy izy; satria ny zavatra izay havoakan' ny Tompo amin' ny tanany noho ny herin' ny Tompo, dia hitondra ny oloko ho amin' ny famonjena.

16 Eny, dia naminany toy izao

i Josefa: Azoko antoka izany zavatra izany, toy ny ahazoako antoka ny fampanantenana an' i Mosesy; satria efa nilaza tamiko ny Tompo hoe: "Hotehiriziko mandrakizay ny taranakao.

17 Ary efa nilaza ny Tompo hoe: Izaho hanangana Mosesy iray; ary homeko hery ao amin' ny tehina izy; ary homeko fandanjalanjana izy hanoratany. Kanefa tsy hovahako ny lelany mba hitenenany be satria tsy hataoko mahery amin' ny teny izy. Nefa ny rantsantanako no "hanoratra aminy ny lalako; ary homeko ^bmpitondrateny izy.

18 Ary nilaza tamiko koa ny Tompo hoe: Izaho hanangana mpahita iray ho an' ny nateraky ny kibonao; ary homeko mpitondrateny izy. Ary indro, Izaho hanome azy mba hanoratany ny soratry ny nateraky ny kibonao, ho an' ny nateraky ny kibonao; ary ny mpitondratenin' ny kibonao no hilaza izany.

19 Ary ny teny izay hosoratany dia ny teny izay mahasoana araka ny fahendreko ka tokony hiam-pita any amin' ny nateraky ny kibonao. Ary izany dia ho toy ny efa niantsoan' ny ^anateraky ny kibonao azy ireo ^bavy tamin' ny vovoka; satria Izaho mahafantatra ny finoany.

20 Ary "hiantsoantso avy amin' ny vovoka ireo; eny dia fibebahana ho an' ireo rahalahiny na

12e Ezek. 37:15–20;
1 Ne. 13:38–41;
2 Ne. 29:8; 33:10–11.
f Môrô. 1:4.
g 1 Ne. 15:14;
2 Ne. 30:5;
Môrm. 7:1, 5, 9–10.

15a F&F 18:8.
b JS—T 1:3.
16a Gen. 45:1–8.
17a Deot. 10:2, 4;
Mos. 2:1.
b Eks. 4:16.
19a F&F 28:8.

b Isa. 29:4;
2 Ne. 27:13; 33:13;
Môrm. 9:30;
Môrô. 10:27.
20a 2 Ne. 26:16;
Môrm. 8:23.

dia taranaka maro aza no efa nifandimby tatỳ aoriany. Ary ny zavatra hitranga dia handre ny antsoantsony ireo na dia araka ny fahatsoran' ny teniny aza.

21 Noho ny finoany, ny "teniny dia hiloaky ny vavako hankany amin' ny rahalahiny izay nateraky ny kibonao; ary ny fahalemen' ny teniny dia hohatanjahiko ao amin' ny finoany ho fahatsiarovana ny fanekempihavanako izay nataoko tamin' ny razanao.

22 Ary ankehitriny indro, ry Jôsefa zanako, fa araka izany fomba izany no "naminanian-draiko fehizay.

23 Noho izany dia hotahiana ianao noho io fanekempihavanana io; fa ny taranakao dia tsy hofongorana noho izy hankatò ny tenin' ny boky.

24 Ary hitsangana eo anivony ny lehilahy mahery iray izay hanao soa betsaka na amin' ny teny na amin' ny asa, noho izy fitaovana eo am-pelatanan' Andriamanitra ary mihoa-pampana ny finoany ka mahavita fahagagana makadiry sy manao ity zavatra ity izay lehibe eo imason' Andriamanitra izy, amin' ny fanatanterahana ny fampodiana zavatra betsaka amin' ny laoniny ho an' ny mpianakavin' i Israely sy ho an' ny taranak' ireo rahalahinao.

25 Ary ankehitriny, hotahiana ianao ry Jôsefa. Indro, kely ianao; noho izany dia henoy ny tenin' i Nefia rahalahinao, dia ho tanteraka aminao araka ny teny izay efa nolazaiko. Tsarovy

ny tenin' ity rainao efa miala aina. Amena.

TOKO 4

Nanoro hevitra sy nitso-drano ny taranany i Leahia—Nodimandry izy ary nalevina—Nifaly tamin' ny hatsaram-pon' Andriamanitra i Nefia—Nametraka mandrakizay ny fitokiany tamin' Andriamanitra i Nefia. Tokony ho 588–570 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny izaho Nefia dia miresaka momba ny faminiana izay efa nolazain-draiko momba an' i "Josefa izay nentina tany Egypta.

2 Fa indro, naminany marina tokoa momba ny taranany rehetra izy. Ary tsy misy firy ny "faminiana izay lehibe kokoa noho ireo izay nosoratany. Ary naminany momba antsika izy sy ny taranatsika ho avy; ary izany dia voasoratra eo amin' ireo takela-barahina.

3 Koa rehefa avy namarana ny resany momba ny faminanian' i Josefa ny raiko, dia niantso ny zanak' i Lamàna izy, dia ny zanany lahy sy ny zanany vavy ka niteny taminy hoe: Indro ry zanako lahy sy zanako vavy isany, dia ianareo izay zanakalahy sy zanakavavin' ny "lahimatoako, tiako ny hampandrianareo sofina amin' ny teniko.

4 Satria ny Tompo Andriamanitra dia efa nilaza izao: "Rahambola mitandrina ny didiko ianareo, dia hiroborobo eo amin'

ny tany; ary raha tsy mitandrina ny didiko kosa ianareo dia hoerorina tsy ho eo anatrehako.

5 Nefa indro ry zanako lahy sy zanako vavy isany, tsy haiko ny handeha hidina any am-pasana raha tsy efa namela “tso-drano taminareo; satria indro, fantatro fa raha beazina amin’ ny ^blalana tokony halehanareo ianareo, dia tsy hiala amin’ izany.

6 Koa raha ozonina ianareo, dia indro avelako aminareo ny tso-dranoko mba hahazoana manaisotra ny ozona aminareo ary hamaliana izany kosa eo ambony “lohan’ ny ray aman-dreninareo.

7 Koa noho ny tso-dranoko, ny Tompo Andriamanitra dia “tsy hamela anareo ho faty; noho izany Izy dia ho ^bfeno famindrampo aminareo sy ny taranakareo mandrakizay.

8 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny teniny tamin’ ny zanakalahy sy ny zanakavavin’ i Lamàna ny raiko, dia nasainy nentina teo anoloany ny zanakalahy sy ny zanakavavin’ i Lemoela.

9 Ary niteny taminy izy, nanao hoe: Indro, ry zanako lahy sy zanako vavy isany, dia ianareo zanakalahy sy zanakavavin’ ny lahiaivoko; indro sahala amin’ ny tso-drano navelako tamin’ ny zanakalahy sy zanakavavin’ i Lamàna ihany no avelako aminareo; koa tsy ho fongana tantarakana ianareo; fa hotahiana kosa ny taranakareo any am-parany.

10 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny teniny taminy ny raiko, dia indro niresaka tamin’ ny zanakalahin’ i “Ismaela izy, eny, dia tamin’ ny ankohonany rehetra izany.

11 Ary rehefa avy namarana ny teniny taminy izy, dia niteny tamin’ i Samy nanao hoe: Hotahiana anie ianao sy ny taranakao; satria handova ny tany toa an’ i Nefia rahalahinao ianao. Ary hisaina miaraka amin’ ny taranany ny taranakao, ary hitovy amin’ ny rahalahinao ianao ary ho tahaka ny taranany ny taranakao, ary hotahiana ianao mandritra ny andronao rehetra.

12 Ary ny zava-nitranga, i Lehia raiko, rehefa avy niteny tamin’ ny ankohonany rehetra araka ny fientanan’ ny fony sy ny Fanahin’ ny Tompo izay tao aminy, dia nandroso fahanterana. Ary ny zava-nitranga dia nodimandry izy ary nalevina.

13 Ary ny zava-nitranga, rehefa afaka andro vitsivitsy taorian’ ny fahafatesany, dia tezitra tamiko i Lamàna sy Lemoela ary ny zanakalahin’ i Ismaela noho ny fananaran’ ny Tompo.

14 Satria izaho Nefia dia voatery niteny azy ireo araka ny teniny; satria efa nilaza zavamaro tamin’ ireo aho, ary koa ny raiko, talohan’ ny nahafatesany; voasoratra amin’ ny “takelako hafa ny ankamaroan’ ireny teny ireny, satria ny lafiny ara-tantara

5a TSM Tsodranon’ ny Patriarika.
b Ohab. 22:6.
6a F&F 68:25–29.

7a 2 Ne. 30:3–6;
F&F 3:17–18.
b 1 Ne. 13:31;
2 Ne. 10:18–19;

Jakôba 3:5–9;
Hel. 15:12–13.
10a 1 Ne. 7:6.
14a 1 Ne. 1:16–17; 9:4.

kokoa no voasoratra amin' ny takelako hafa.

15 Ary amin' "ireto kosa aho no manoratra ny zavatra ny fanahiko sy ny ankamaroan' ny soratra masina izay voasokitra amin' ny takela-barahina. Fa ny fanahiko dia finaritra amin' ny soratra masina ary ny foko ^bmisaintsaina ireny sy manoratra ireny mba ho ^dfianarana sy ho tombontsoan'ny zanako.

16 Indro ny "fanahiko dia finaritra amin' ny zavatra ny Tompo; ary ny ^bfoko misaintsaina lalandava ny zavatra izay efa hitako sy reko.

17 Kanefa, na dia eo aza ny halehiben' ny "hatsaram-pon' ny Tompo tamin' ny nanehoany tamiko ny asany lehibe sy mahatalanjona, dia niantsoantso ny foko hoe: Indrisy olona ^bfadiranovana aho! Eny, malahelo ny foko noho ny nofoko; ory ny fanahiko noho ny heloko.

18 Voahodidin' ny fakam-panahy sy ny fahotana izay mora "mahazo ahy aho.

19 Ary rehefa mba naniry ny hifaly aho, dia mitoloko ny foko noho ny fahotako; kanefa fantatro izay efa nitokiako.

20 Andriamanitro no andriko; Izy no efa nitarika ahy namakivaky ny fahoriako tany an-tany foana; ary efa nitsimbina ahy tambonin' ny rano lalim-be.

21 Efa nofenoiny ny "fitiavany

aho na dia hatrany amin' ny fahalevonan' ny nofoko aza izany.

22 Efa nampangaihay ny "fahavaloko Izy ka nahatora-kovitra azy teo anoloako.

23 Indro efa nandre ny fitalahoako Izy nandritra ny andro ary efa nanome ahy fahalalana tamin' ny "fahitana nony alina.

24 Ary nandritra ny andro, dia efa nanana fahasahiana aho "hivavaka taminy tamin-kafanam-po; eny, efa nanandratra avo dia avo ny feoko aho; ary nidina ny anjely sy nanompo ahy.

25 Ary tambony elatry ny Fanahiny no efa "nitondrany ny tenako hankenany an-tendrom-bohitra avo izaitsizy tokoa. Ary nahatazana zavatra lehibe ny masoko, eny, lehibe loatra ho an' ny olona aza ka nodidina aho tsy hanoratra izany.

26 Raha zavatra lehibe loatra no efa hitako tamin' izany, raha namangy ny olona tamin' ny famindram-po be ny Tompo, tamin' ny fietreny ho an' ny zanak' olombelona, Ô "nahoana no hitomany ny foko ary hitaredretra ao an-dohasahan' alahelo ny fanahiko ary hihaosa ny nofoko ary hihena ny heriko noho ny fahoriako?

27 Ary nahoana aho no "hilefitra amin' ny ota noho ny nofoko? Eny, nahoana aho no hanome vahana ny ^bfakam-panahy mba hahazoan' ilay ratsy toerana ao

15a 1 Ne. 6:4-6.

b TSM Misaintsaina;
Soratra Masina.

d 1 Ne. 19:23.

16a TSM Misaotra.

b TSM Fo.

17a 2 Ne. 9:10; F&F 86:11.

b Roma. 7:24.

18a Roma. 7:21-23;

Heb. 12:1;

Almà 7:15.

21a TSM Fitiavana.

22a 1 Ne. 17:52.

23a TSM Fahitana.

24a Jakoba 5:16;

1 Ne. 2:16.

25a 1 Ne. 11:1;

Mos. 1:1-2.

26a Sal. 43:5.

27a Roma. 6:13.

b TSM Fakam-panahy.

am-poko ka handravany ny “fiadanako sy hampahorianany ny fanahiko? Nahoana aho no tezitra noho ny fahavaloko?

28 Mifohaza ry fanahiko! Aza milofika ao amin’ ny fahotana intsony. Miravoravoa ry foko ary aza manome toerana intsony ho an’ ny “fahavalon’ ny fanahiko.

29 Aza tezitra intsony noho ny fahavaloko. Aza ahena ny tanjako noho ny fahoriako.

30 Miravoravoa ry foko ary antsoy ny Tompo ary lazao hoe: Tompo ô, hidera Anao mandrakizay aho; eny hiravoravo Aminao ny fanahiko ry Andriamanitro sy “vatolampin’ ny famonjena ahy.

31 Tompo ô, hanavotra ny fanahiko va Ianao? Hanafaka ahy eo an-tanan’ ny fahavaloko va Ianao? Hanao izay hahatora-kovitra ahy amin’ ny fisehoan’ ny “fahotana va Ianao?

32 Enga anie ka hihidy lalandava eo anoloako ny vavahadin’ ny helo, satria torotoro ny “foko ary manenina ny fanahiko! Tompo ô, aoka Ianao tsy hanidy eo anoloako ny vavahadin’ ny fahamarinanao mba hahazoako ^bmandeha amin’ ny lalan’ ny lohasaha ambany sy mba hahasarotiny ahy amin’ ny arabe marin-tampona!

33 Tompo ô, aoka hasalobonao manodidina ahy ny lamban’ ny fahamarinanao! Tompo ô, aoka Ianao hanamboatra ny lalana

handosirako eo anoloan’ ny fahavaloko! Aoka Ianao hanitsy ny lalako eo anoloako! Aoka Ianao tsy hanisy vato mahatafintohina eo amin’ ny lalako—fa mba hosavainao eo anoloako kosa ny lalako, ary aoka tsy hofefenao ny lalako, fa ny lalan’ ny fahavaloko kosa.

34 Tompo ô, efa natoky Anao aho ary mbola “hatoky Anao mandrakizay. Tsy hapetrako amin’ ny sandry nofo ny ^bfitokiako; satria fantatro fa voaozona izay mametraka ny “fitokiany amin’ ny sandry nofo. Eny, voaozona izay mametraka ny fitokiany amin’ ny olona na manao ny nofo ho sandriny.

35 Eny, fantatro fa hanome “malalaka izay mangataka Aminy Andriamanitra. Eny, hanome ahy Andriamanitra raha toa aho ^btsy mangataka ny “tsy sahaza ahy; koa hanandratra ny feoko Aminao aho; eny, hiantso Anao aho ry Andriamanitro, ry “vatolampin’ ny fahamarinako. Indro, hiakatra mandrakizay any Aminao ny feoko ry vatolampiko sy Andriamanitro maharitra mandrakizay. Amena.

TOKO 5

Ny Nefita dia nisaraka tamin’ ny Lamanita, nitandrina ny lalàn’ i Mosesy ary nanorina tempoly iray—Noho ny tsy finoany dia

27d TSM Fiadanana.

28a TSM Devoly.

30a 2 Tan. 3:11.

TSM Vatolampy.

31a Roma. 12:9;

Almà 13:12.

32a TSM Fo Torotoro.

^b TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin’ Andriamanitra.

34a TSM Matoky.

^b Sal. 44:6–8.

^d Jer. 17:5;

Môrm. 3:9; 4:8.

35a Jakoba 1:5.

^b TSM Vavaka.

^d Hel. 10:5.

^e Deot. 32:4.

nesorina teo anatrehan' ny Tompo sy nozonina ary tonga matroka fi-hodirana ny Lamanita ka nanjary antambo ho an' ny Nefita. Tokony ho 588-559 talohan' i J.K.

INDRO ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nitalaho fatratra tamin' ny Tompo Andriamanitro noho ny "fahatezeran' ny rahalahiko.

2 Nefa indro nitombo ny fahatezerany tamiko hany ka nitady ny handatsaka ny aiko ireo.

3 Eny, nimonomonona tamiko ireo, nanao hoe: Mihevitra ny "hifehy antsika ny zandrintsika lahy; ary efa tojo fahasahiranana maro isika noho ny aminy; koa ankehitriny, andeha hovonointsika izy mba tsy hiferinaina intsony isika noho ny teniny. Fa indro, tsy te hanana azy ho mpihifehy antsika isika; satria antsika izany, isika izay zoky no tokony hifehy ity vahoaka ity.

4 Ankehitriny izaho dia tsy manoratra amin' ireto takelaka ireto ny teny rehetra nimonomonany tamiko. Fa ampy ho ahy kosa ny filazana fa nitady handatsaka ny aiko ireo.

5 Ary ny zava-nitranga dia "nampilaza mialoha tamiko ny Tompo fa izaho ^bNefia dia tokony hiala eo aminy ka handositra any an-tany foana miaraka amin' ireo rehetra izay te handeha hiraka amiko.

6 Koa ny zava-nitranga, izaho

Nefia dia naka ny ankohonako, ary koa i "Zôrama sy ny ankohonany, ary i Samy zokiko lahy mbamin' ny ankohonany, ary i Jakôba sy i Jôsefa zandriko lahy, ary koa ny anabaviko, sy ireo rehetra izay te handeha hiraka amiko. Ary ireo rehetra izay te handeha hiraka amiko dia ireo izay nino ny ^bfampitandremana sy ny fanambaran' Andriamanitra; noho izany dia nihaino ny teniko ireo.

7 Dia nentinay ny lainay sy rehefa mety ho zavatra azonay entina, dia nandeha tany an-tany foana nandritra ny andro maro izahay. Ary rehefa avy nandeha nandritra ny andro maro izahay dia nanangana ny lainay.

8 Ary tian' ny oloko ny hiantsoana hoe "Nefia ny anaran' ny toerana; koa nantsoinay hoe Nefia izany.

9 Ary ireo rehetra izay niaraka tamiko dia nanapa-kevitra ny hifampiantso hoe ny "olon' i Nefia.

10 Ary niezaka izahay ny hitandrina ny lalàna sy ny fitsipika ary ny didin' ny Tompo tamin' ny zavatra rehetra, araka ny "lalàn' i Mosesy.

11 Ary nomba any ny Tompo; ary izahay dia niroborobo fatratra tokoa; fa namafy voa izahay ary nioty vokatra sesehena indray. Ary nanomboka nikolokolo andiana biby fiompy izahay sy ireo biby isaky ny karazany avy.

5 1a 2 Ne. 4:13-14.
3a 1 Ne. 16:37-38;
Môsià 10:14-15.
5a TSM Fitaoman'
ny Fanahy.

b Môsià 10:13.
6a 1 Ne. 4:35; 16:7;
2 Ne. 1:30-32.
b TSM Fampitandre-
mana.

8a Ômnia 1:12, 27;
Môsià 9:1-4; 28:1.
9a Jakôba 1:13-14.
10a 2 Ne. 11:4.
TSM Lalàn' i Mosesy.

12 Ary izaho Nefia dia efa nitondra koa ny rakitsoratra izay voasokitra tamin' ireo "takelabarahina; ary koa ny ^bbola na "kômpà izay efa voaoman' ny tanan' ny Tompo ho an-draiko, araka izay efa voasoratra.

13 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka niroborobo fatratra tokoa izahay sy nihamaro tamin' ny tany.

14 Ary izaho Nefia dia naka ny "sabatr' i Labàna ary nanao sabatra maro nitovy taminy, fandrao mety hisy fomba hanafihan' ny vahoaka izay antsoina ankehitriny hoe ^bLamanita anay ary handringanany anay; satria efa nahalala aho ny fan-kahalany ahy sy ny zanako ary ireo izay nantsoina hoe ny oloko.

15 Ary nampianatra ny oloko aho hanorina trano sy hampiasa amin' ny fomba isan-karazany ny hazo sy ny "vy ary ny varahinamena, mbamin' ny varahina sy ny tsỳ ary ny volamena sy ny volafotsy ary ireo akora sarobidy, izay sesehena ny hamaroany.

16 Ary izaho Nefia dia nanorina "tempoly iray; ary nanangana izany aho araka ny fomba nananganana ny ^btempolin' i Solomona, fa saingy tsy maro loatra ny "zava-tsarobidy nanorenana izany noho ireny tsy hita tamin' izany tany izany, koa tsy azo aorina mitovy amin' ny tempolin'

i Solomona izany. Nefa ny fomba nananganana izany dia nitovy tamin' ny nananganana ny tempolin' i Solomona; ary kanto fatratra tokoa ny rafitr' asa namitana izany.

17 Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nanao izay "hampahazoto miasa ny oloko sy ny hampiasany ny tanany.

18 Ary ny zava-nitranga dia tiany aho ny ho lasa "mpanjakany. Kanefa izaho Nefia dia naniry ny tsy hananany mpanjaka; na dia teo aza izany dia nanao taminy araka izay tratry ny heriko aho.

19 Ary indro fa efa tanteraka tamin' ny rahalahiko ny tenin' ny Tompo, izay noteneniny momba azy ireo fa izaho no ho mpifehy sy ho mpampianatra azy ireo. Noho izany dia efa tonga "mpifehy sy ^bmpampianatra azy ireo aho araka ny didin' ny Tompo, mandra-pahatongan' ny fotoana izay nitadiavany handatsahana ny aiko.

20 Noho izany dia tanteraka ny tenin' ny Tompo izay noteneniny tamiko, nanao hoe: Raha mbola "tsy mety mihaino ny teninola ireo dia hoesorina tsy ho eo anatrehan' ny Tompo. Ary indro fa efa ^bnesorina teo anatrehan' izy ireo.

21 Ary efa nataony izay hianjeran' ny "ozona amin' izy ireo,

12a Môsià 1:3-4.

TSM Takelaka.

b Môsià 1:16.

d 1 Ne. 16:10, 16, 26;

18:12, 21;

Almà 37:38-47;

F&F 17:1.

14a 1 Ne. 4:9; Jakôba 1:10;

TiM 1:13.

b TSM Lamanita.

15a Etera 10:23.

16a TSM Tempoly,

Tranon' ny Tompo.

b 1 Mpan. 6;

2 Tan. 3.

d F&F 124:26-27.

17a Gen. 3:19;

F&F 42:42.

18a Jakôba 1:9, 11.

19a 1 Ne. 2:22.

b TSM Mampianatra.

20a 2 Ne. 2:21.

b Almà 9:14.

21a TSM Ozona.

eny, dia ozona mahatsiravina izany noho ny helony. Fa indro, efa nanamafy ny fony Taminy ireo ka efa nanjary toy ny afovato; koa satria fotsy izy ireo ary kanto izaitsizy tokoa sy ^bmahafinaritra, dia nataon' ny Tompo Andriamanitra izay hahamatroka ny ^dfihodirany mba tsy hahazoany manintona ny oloko.

22 Ary dia izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra: Izaho "hampaharikoriko azy ireo ho an' ny olonao, raha tsy mibebaka amin' ny helony izy ireo.

23 Ary ho voaozona ny taranak' izay "mifangaro amin' ny taranany; fa ozona iray ihany no hihatra amin' izy roroa. Ary ny Tompo efa nilaza izany ka dia tò izany.

24 Ary noho ny ozona izay nihatra taminy, dia nanjary vahoaka "midonana-poana izy ireo, feno fitaka sy hafetsena ary mpihaza bibidia any an-tany foana.

25 Ary hoy ny Tompo Andriamanitra tamiko: Hanjary karavasy ho an' ny taranakao ireo hanaitra azy hahatsiaro Ahy; ary raha toa ka tsy te hahatsiaro Ahy izy sady tsy mihaino ny teniko, dia hokaravasy any izy na dia ho fandranganana aza izany.

26 Ary ny zava-nitranga dia "nanokana an' i Jakôba sy i Jôsefa ho mpisorona sy ho mpampianatra eran' ny tanin' ny oloko izaho Nefia.

27 Ary ny zava-nitranga dia niaina tao amin' ny toetry ny fahasambarana izahay.

28 Ary telopolo taona no efa lasana hatramin' ny fotoana nandaozanay an' i Jerosalema.

29 Ary izaho Nefia no efa nitana hatrizao ny rakitsoratra momba ny oloko tamin' ireo takelako izay efa nataoko.

30 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamiko ny Tompo Andriamanitra hoe: Manaova "takelaka hafa; ary ianao dia hisokitra eo aminy zavatra maro, dia izay tsara eo imasoko mba ho tombontsoan' ny olonao.

31 Koa ho fankatoavana ny didin' ny Tompo, izaho Nefia dia nandeha sy nanao "ireo takelaka ireo izay efa nisokirako ireo zavatra ireo taminy.

32 Ary dia nisokitra izay mahafinaritra an' Andriamanitra aho. Ary raha mahafinaritra ny oloko ny zavatr' Andriamanitra, dia ho finaritra amin' ny soratro voasokitra izay eo amin' ireo takelaka ireo izy.

33 Ary raha toa ny oloko maniry hahafantatra ny lafiny manokana amin' ny tantaran' ny oloko, dia tsy maintsy mizaha ny takelako hafa izy.

34 Ary ampy ho ahy ny filazako fa efapolo taona no efa lasana ary efa tojo ady sy fifandirana sahady tamin' ny rahalahinay izahay.

21b 4 Ne. 1:10.
d 2 Ne. 26:33;
3 Ne. 2:14-16.
22a 1 Ne. 12:23.

23a TSM Fanambadiana—
Fifanambadian' ny
samy hafa finoana.
24a TSM Midonana-poana.

26a Jakôba 1:18-19;
Môsià 23:17.
30a 1 Ne. 19:1-6.
31a TSM Takelaka.

TOKO 6

Namohafoha ny tantaran' ny Jiosy i Jakôba: Ny fahababoana tany Babylona sy ny fiverenana; ny asa fanompoana sy ny fanomboana ny Iray Masin' ny Isiraely; ny fanampiana noraisina avy tamin' ny Jentilisa; ary ny fampodiana ny Jiosy amin' ny laoniny amin' ny andro farany rehefa mino ny Mesia izy. Tokony ho 559-545 talohan' i J.K.

Ny tenin' i Jakôba, rahalahin' i Nefia izay noteneniny tamin' ny olon' i Nefia:

2 Indro, ry rahalahiko malala, izaho Jakôba rehefa nantsoin' Andriamanitra sy natokana araka ny fomban' ny laminy masina ary efa nohamasinin' i Nefia rahalahiko izay heverinareo ho toy ny "mpanjaka na mpiaro ka ianteheranareo amin' ny fandriampahalemana, indro fantatrareo fa efa niresaka zavatra maro izaitsizy tokoa taminareo aho.

3 Na dia teo aza izany, dia miresaka aminareo indray aho; satria maniry aho ny hiadanan' ny fanahinareo. Eny, lehibe ny fitaintainako noho ny aminareo; ary fantatrareo fa izany dia efa toy izany hatrany. Satria efa namporisika anareo tamin' ny fahazotoana rehetra aho; ary efa nampianatra anareo ny tenindraiko; ary efa noresahiko anareo ny momba ny zava-drehetra izay efa voasoratra hatramin' ny nahariana an' izao tontolo izao.

4 Ary ankehitriny indro te

hiresaka aminareo ny momba ny zavatra izay misy sy izay mbo-la ho avy aho; koa hovakiako aminareo ny tenin' i "Isaia. Ary ireo no teny izay efa nirian' ny rahalahiko horesahiko aminareo. Ary miresaka izany aminareo aho mba ho tombontsoanareo, mba hahazoanareo mianatra sy mankalaza ny anaran' ny Andriamanitrareo.

5 Ary ankehitriny, ny teny izay hovakiako dia ireo teny izay notenenin' i Isaia momba ny mpianakavin' i Isiraely rehetra; koa azo ampiharina amin' ny tenanareo izany, satria anisan' ny mpianakavin' i Isiraely ianareo. Ary maro ny zavatra izay efa notenenin' i Isaia no azonareo ampiharina amin' ny tenanareo, satria anisan' ny mpianakavin' i Isiraely ianareo.

6 Ary ankehitriny, izao izany teny izany: "Izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra: Indro hanandratra ny tanako amin' ny Jentilisa Aho ary hanangana ny "fanevako amin' ny vahoaka; dia hitondra ny zanakao lahy eo an-tsandrin' izy, ary ny zanakao vavy hoentiny eo an-tsorony.

7 Ary ny mpanjaka no ho ray mpitaiza anao ary ny andriambaviny no ho reny mpitaiza anao; hiankohoka amin' ny tany eo anatrehanao izy ka hilelaka ny vovoka amin' ny tongotrao, ary ianao hahafantatra fa izaho no Tompo; fa tsy ho menatra ireo izay "miandry Ahy.

8 Ary ankehitriny izaho, Jakôba, dia somary hiresaka ihany

6 2a Jakôba 1:9, 11.
4a 3 Ne. 23:1.

6a Isa. 49:22-23.
b TSM Faneva.

7a Mos. 1:6; F&F 133:45.

ny momba ireo teny ireo. Fa indro, efa nasehon' ny Tompo ahy fa efa novonoina sy "nentina ho babo ireo izay tao ^bJerosalema, izay toerana niavantsika.

9 Kanefa efa nasehon' ny Tompo ahy fa mbola "hiverina indray izy. Ary efa nasehony ahy koa fa ny Tompo Andriamanitra, ny Iray Masin' ny Isiraely dia haneho ny tenany ara-nofa aminy; ary aorian' ny hanehoany ny tenany aminy, dia hokaravasin'ny sy ^bhohomboany Izy, araka ny tenin' ny anjely izay niresaka tamiko.

10 Ary rehefa avy nanamafy ny fony sy nampihenjana ny hatony tamin' ny Iray Masin' ny Isiraely izy, dia indro ho tonga aminy ny "famalian' ny Iray Masin' ny Isiraely. Ary avy ny andro izay hikapohana sy hampahoriana azy.

11 Koa rehefa roahina etsy sy eroa izy, fa izany no lazain' ny anjely, dia maro no hampijaliana ao amin' ny nofo ary tsy havela ho faty noho ny vavaky ny olomahatoky; haely patrana sy hokapohana ary hankahalaina izy; kanefa, ho feno famindram-po aminy ny Tompo hany ka "rehefa ho tonga amin' ny ^bfahalalana ny Mpanavotra azy izy, dia

"hangonina indray eo amin' ny tany lovany.

12 Ary hotahiana ny "Jentilisa, dia ireo izay efa nosoratan' ny mpaminany ny aminy; satria indro raha toa ka mibebaka izy sy tsy miady amin' i Ziona ary tsy manambatra ny tenany amin' io fiangonana makadiry sy ^bmaharikoriko io, dia hovonjena izy; satria hanatanteraka ny ^dfane-kempihavanana izay efa nataony tamin' ny zanany ny Tompo Andriamanitra; ary izany no antony efa nanoratan' ny mpaminany ireo zavatra ireo.

13 Noho izany, ireo izay hiady amin' i Ziona sy ny vahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo dia hilelaka ny vovoka amin' ny tongony; ary tsy ho "menatra ny vahoakan' ny Tompo. Fa ny vahoakan' ny Tompo dia ireo izay ^bmiandry Azy; satria mbola miandry ny fiavian' ny Mesia izy.

14 Ary indro araka ny tenin' ny mpaminany, dia hanomboka homba azy "fanindroany indray ny Mesia; koa Izy dia ^bhaneho ny tenany aminy amin-kery sy voninahi-dehibe, amin' ny ^dfamongorana ny fahavalony rehefa tonga ny andro izay hinoany Azy; ary tsy hisy hofongorany izay mino Azy.

8a 2 Mpan. 24:10–16;
25:1–12.
tsm Isiraely—Ny
fampielezana ny
Isiraely.
b Est. 2:6;
1 Ne. 7:13;
2 Ne. 25:10;
Omnia 1:15;
Hel. 8:20–21.
9a 1 Ne. 10:3.
b 1 Ne. 19:10, 13;

Môsià 3:9;
3 Ne. 11:14–15.
tsm Fanomboana.
10a Mat. 27:24–25.
11a 1 Ne. 22:11–12;
2 Ne. 9:2.
b Hosea 3:5.
d tsm Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.
12a 1 Ne. 14:1–2;
2 Ne. 10:9–10.

b tsm Devoly—Ny
fiangonan' ny devoly.
d tsm Fanekempihava-
nan' i Abrahamana.
13a 3 Ne. 22:4.
b Isa. 40:31;
1 Ne. 21:23;
F&F 133:45.
14a Isa. 11:11;
2 Ne. 25:17; 29:1.
b 2 Ne. 3:5.
d 1 Ne. 22:13–14.

15 Ary ireo izay tsy mino Azy kosa dia “hofongorana, sady amin’ ny ^bafo no amin’ ny rivo-doza sy amin’ ny horohoron-tany ary amin’ ny fandatsahan-dra sy amin’ ny ^dareti-mandrigana ary amin’ ny mosary. Ary hahafantatra izy fa ny Tompo no Andriamanitra, no Iray Masin’ ny Isiraely.

16 “Fa moa halaina amin’ ny mahery va ny hazany na hafahana va ny ^bbabo ara-dalàna?

17 Fa izao no lazain’ ny Tompo: Na dia ny “babon’ ny mahery aza dia halaina ary ny hazan’ ny mpampitahotra hafahana; fa ny ^bAndriamanitra Mahery no ^dhanafaka ny vahoakan’ ny fanekempihavanany. Fa izao no lazain’ ny Tompo: Izaho no hiazay amin’ izay miady aminao.

18 Ary hampihinanako ny nofon’ ny tenany ihany izay mam-pahory anao; ary ho mamon’ ny ran’ ny tenany ihany izy toy ny amin’ ny divay mamy; ary ny nofo rehetra hahafantatra fa Izaho Tompo no Mpamonjy anao sy “Mpanavotra anao, Ilay ^bMaherin’ i Jakoba.

TOKO 7

*Niteny ho an’ ny Mesia i Isaia—
Hanana ny lelan’ ny olo-mahay ny
Mesia—Hatolony ny mpikapoka*

*ny lamosiny—Tsy hangaihay Izy
—Ampitahao amin’ i Isaia 50. To-
kony ho 559–545 talohan’ i J.K.*

ENY, fa izao no lazain’ ny Tompo: Efa nisaotra anao va Aho sa efa nandroaka anao mandrakizay? Satria izao no lazain’ ny Tompo: Aiza ny taratasim-pisaraham-pambadian-dreninareo? Iza no nisaorako anao sa iza amin’ ny manan-trosa amiko no nivarotako anao? Eny, iza no nivarotako anao? Indro, fa noho ny helokareo ihany no “nivarotanareo tena ary noho ny fandikanareo lalàna no isaorana an-dreninareo.

2 Koa nony tonga Aho, dia tsy nisy olona; nony ^dniantso Aho, eny, tsy nisy namaly. Ry mpianakavin’ i Isiraely, moa fohy tokoa va ny tanako ka tsy afaka manavotra sa tsy manana hery Aho hoenti-manafaka? Indro, amin’ ny fandevileveko no andritako ny ^branomasina, ampodiako ny ^drenirano ho tany foana ary ny ^ehazandranony ho maimbo satria ritra ny rano ary ho faty noho ny hetaheta izy.

3 Tafiako “fahamaintisana ny lanitra, ary ^blamba fisaonana no ataoko firakofany.

4 Ny Tompo Andriamanitra dia efa nanome Ahy ny “lelan’ ny efa mahay mba hahaizako miteny aminao amin’ ny fotoana mahamety izany, Ry mpiana-

15a 2 Ne. 10:16; 28:15;
3 Ne. 16:8.

TSM Andro Farany.

b Jakôba 6:3.

d F&F 97:22–26.

16a Isa. 49:24–26.

b IE ny vahoakan’ ny fanekempihavanan’ ny Tompo, araka ny

voalaza ao amin’ ny andininy 17.

17a 1 Ne. 21:25.

b TSM Jehovah.

d 2 Mpan. 17:39.

18a TSM Mpanavotra.

b Gen. 49:24;

Isa. 60:16.

7 1a TSM Apôstazia.

2a Ohab. 1:24–25;

Isa. 65:12; Almà 5:37.

b Eks. 14:21; Sal. 106:9;

F&F 133:68–69.

d Jos. 3:15–16.

e Eks. 7:21.

3a Eks. 10:21.

b Fan. 6:12.

4a Lio. 2:46–47.

kavin' i Isiraely. Rehefa reraka ianao, Izy mamoha isa-maraina isa-maraina. Mamoha ny sofiko Izy mba hihainoako toy ny hihainoan' ny efa mahay.

5 Efa nosokafan' ny Tompo Andriamanitra ny "sofiko ka sady tsy nanohitra aho no tsy nihodina niala.

6 Natolotro ho an' ny "mpikapoka ny lamosiko ary ho an' ny mpanongotra volombava ny takolako. Tsy nafeniko ny tavako noho ny henatra sy ny fandrohana.

7 Fa hanampy Ahy ny Tompo Andriamanitra koa tsy hangaihay Aho. Noho izany dia efa nohamafisiko tahaka ny afovato ny tavako ka fantatro fa tsy ho menatra Aho.

8 Ary efa akaiky ny Tompo ary manamarina Ahy Izy. Zovy no hifanditra amiko? Andeha isika hiara-mitsangana. Zovy no fahavaloko? Aoka izy ho tonga eto akaikiko ary Izaho hamely azy amin' ny herin' ny vavako.

9 Fa hamonjy Ahy ny Tompo Andriamanitra. Ary ireo rehetra izay "hanameloka Ahy, indro izy rehetra hihavasoka toy ny lamba tonta ka ho lanin' ny kalalao.

10 Iza aminareo no matahotra ny Tompo ka mankatò ny "feon' ny mpanompony, ka mandeha ao amin' ny haizina ary tsy manana hazavana?

11 Indro ianareo rehetra izay

mandrehitra afo ka hodidinina-reo kilalaon' afo ny tenanareo, mandehana amin' ny hazavan' ny "lêlafonareo sy amin' ny kilalaon' afo narehitrareo. Izao no horaisinareo avy amin' ny tanako—handry amin' alahelo ianareo.

TOKO 8

Hampionona an' i Ziona sy hanangona an' i Isiraely ny Tompo amin' ny andro farany—Ho tonga any Ziona amim-pifaliana lehibe ny voavotra—Ampitahao amin' i Isaia 51 sy 52:1–2. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

MIHAINOA Ahy ianareo izay manaraka ny fahamarinana. Itodiho ny "vatolampy izay nakana anareo sy ny ati-lavaka nihadiana anareo.

2 Jereo i Abrahama "rainareo sy i ^bSaraha izay niteraka anareo; fa izy irery no nantsoiko sy notahiko.

3 Fa hampionona an' i "Ziona ny Tompo, hampionona ny toerany rava rehetra Izy; sy hanao ny ^btany foanany ho tahaka an' i Edena ary ny tany efiny ho tahaka ny sahan' ny Tompo. Fialiana sy haravoana no ho hita ao, mbamin' ny fisaorana sy ny feo fiderana.

4 Mihainoa Ahy ry vahoakako; ary atongilano Amiko ny sofinao ry fireneko; fa hisy "lalàna

5a F&F 58:1.

6a Mat. 27:26; 2 Ne. 9:5.

9a Roma. 8:31.

10a F&F 1:38.

11a Mpits. 17:6.

8 1a TSM Vatolampy.

2a Gen. 17:1–8;

F&F 132:49.

b Gen. 24:36.

3a TSM Ziona.

b Isa. 35:1–2, 6–7.

4a NA fampianarana, fotopampianarana. Isa. 2:3.

TSM Filazantsara.

hivoaka avy Amiko, ary ny fahamarinako dia hampitoeriko ho ^bfahazavana ho an' ny olona.

5 Akaiky ny fahamarinako; efa niely ny ^afamonjeko ary ny sandriko no hitsara ny olona. Izaho no hantenain' ireo ^bnosy ary ny sandriko no hitokiany.

6 Andrandrao ho amin' ny lanitra ny masonareo ka jereo ny tany ambany; fa ny ^alanitra ho ^blevona toy ny setroka ary ny tany ho ^dtonta toy ny fitafiana; ary ireo izay monina eo aminy dia ho faty tahaka izany koa. Fa ho mandrakizay kosa ny famonjeko, ary tsy ho rava ny fahamarinako.

7 Mihainoa Ahy ianareo izay mahalala ny fahamarinana, dia ny vahoaka izay nanoratako ny lalako tao am-pony, aza ^amatahotra ny fanomezan-tsinin' ny olona na manahy ny fanevatevany.

8 Satria ho lanin' ny kalalao toy ny fitafiana izy ary ho lanin' ny kankana toy ny volon' ondry. Nefa ho mandrakizay ny fahamarinako, ary hipaka hatrany amin' ny taranaka fara mandimby ny famonjeko.

9 Mifohaza, mifohaza! Tafio ny ^aherinao Ry sandrin' ny Tompo; mifohaza toy ny tamin' ny andro fahiny. Tsy ianao va Ilay efa nitetika an-dRahaba sy nandraotra ny dragona?

10 Tsy ianao va Ilay efa nandriatra ny ranomasina, ny rano tao

amin' ny lalina indrindra; ka efa nahatonga ny fanambanin' ny ranomasina ho ^alalana nalehan' ny navotana?

11 Koa hiverina ny ^anavotan' ny Tompo sy hankany Ziona amin-^bkira; ary fifaliana maharitra mandrakizay sy fahamasinana no ho eo ambony lohany; ary hahazo fifaliana sy haravoana izy; handositra ny alahelo sy ny ^dfitolokoana.

12 ^aIzaho no Izy; eny, Izaho no Izy izay mampionona anao. Indro, iza moa ianao no tokony ^bhatahotra olona izay ho faty sy hatahotra ny zanak' olona izay hatao toy ny ^aahitra?

13 Ka ^amanadino ny Tompo Mpanao anao, izay efa namelatra ny lanitra sy nandatsaka ny fanambanin' ny tany sady efa natahotra lalandava isan' andro vaky noho ny fisafaoaky ny mpampahory izay toy ny efa nivonona ny handrava anao erỳ? Ary aiza ny fisafaoaky ny mpampahory?

14 Dodona ny babo an-tsositany mba hamahana azy, tsy ho faty ao an-davaka izy sady tsy ho diso ny anjara mofony.

15 Fa Izaho no Tompo Andriamanitrao izay ^amampirohondrohona ny onjan-dranomasina; Tompon' ny Maro no anarako.

16 Efa nataoko teo am-bavanao ny teniko, ary efa nalofako tao amin' ny aloky ny tanako ianao

4b TSM Fahazavana, Fahazavan' i Kristy.

5a TSM Famonjena.

b 2 Ne. 10:20.

6a 2 Pet. 3:10.

b HEB. nisinda.

Sal. 102:25-27.

d HEB. simba.

7a Sal. 56:4, 11;

F&F 122:9.

9a F&F 113:7-8.

10a Isa. 35:8.

11a TSM Fanavotana.

b Isa. 35:10.

d Fan. 21:4.

12a F&F 133:47; 136:22.

b Jer. 1:8.

d Isa. 40:6-8; 1 Pet. 1:24.

13a Jer. 23:27.

15a 1 Ne. 4:2.

mba hahazoako mamboly ny lanitra sy mandatsaka ny fanambanin' ny tany ary miteny amin' i Ziona hoe: Indro, ianao no "oloko.

17 Mifohaza, mifohaza, mitsangana Ry Jerosalema izay efa nisotro ny "kapoaky ny ^bfahatezerany teo an-tanan' ny Tompo—efa nosotroinao ny faikany nofiazana tao amin' ny kapoaka mampiraikiraiky—

18 Ary tsy misy mba hitari-dalana azy amin' ny zanany lahy rehetra izay naterany; tsy misy izay mandray azy amin' ny tanana amin' ny zanany lahy rehetra efa notezainy.

19 Ireo "zanakalahy roa ireo no tonga eo aminao, izay halahelo anao—ny fahasimbanao sy ny faharavanao mbamin' ny mosary sy ny sabatra—ary amin' ny alalan' iza no hampiononako anao?

20 Ny zanakao lahy dia efa torana, afa-tsy ireo roa ireo; mandry eny an-joron-dalambe rehetra eny ireo; toy ny ombilahidia ao anatin' ny fandrika harato, heniky ny hatezeran' ny Tompo sy ny levilevin' Andriamanitrao ireo.

21 Koa mihainoa izao ianao ry ilay ory sy "mamo ary tsy tamin-divay:

22 Izao no lazain' ny Tomponao, ny Tompo sy Andriamanitrao dia "miaro ny tombon-

tsoan' ny vahoakany; indro, efa nesoriko hiala teny an-tananao ny kapoaka mampiraikiraiky, ny faikany tao amin' ny kapoaky ny fahatezerako; tsy hisotro izany intsony ianao.

23 Fa "hataoko eo an-tanan' ireo izay mampahory anao kosa izany; izay efa niteny tamin' ny fanahinao hoe: Miankohofa hahazoanay mandeha eo amboninao—ary dia nalamakao hitovy tamin' ny tany sy tamin' ny lalambe ny tenanao ho an' ireo izay nandeha teo amboniny.

24 "Mifohaza, mifohaza, tafio ny ^bherinao Ry ^dZiona; tafio ny fitafiana tsara tarehy Ry Jerosalema, tanàna masina; satria tsy hiditra ao aminao 'intsony ny tsy voafora sy ny maloto.

25 Ahintsano ny vovoka hiala amin' ny tenanao; "miarena ka mipetraha Ry Jerosalema; vahao ny ^bfatorana amin' ny tendanao Ry Ziona zanakavavy babo.

TOKO 9

Hangonina eo amin' ny tany rehetra nampanantenaina ny Jiosy—Ny fanarenana ny olona amin' ny fahalavoana amin' ny alalan' ny Sorompanavotana—Hivoaka avy any am-pasana ny tenan' ny maty ary avy any amin' ny helo sy ny paradisa kosa ny fanahiny—

16a 2 Ne. 3:9; 29:14.

17a Isa. 29:9; Jer. 25:15.

b Lio. 21:24.

19a Fan. 11:3.

21a 2 Ne. 27:4.

22a Jer. 50:34.

23a Zak. 12:9.

24a Isa. 52:1–2.

b F&F 113:7–8.

d TSM Ziona.

e Joe. 3:17.

25a IE Mitsangana avy

amin' ny vovoka ary mipetraka amimpahamendrehana, voavotra amin' ny farany.

b F&F 113:9–10.

Hotsaraina izy—Ny Sorompanavotana no namonjy tamin' ny fahafatesana, ny helo, ny devoly, ary ny fijaliana tsisy fiafarany—Ny marina no voavonjy ao amin' ny fanjaka' Andriamanitra—Nambara ny famaizana noho ny fahotana—Ny Iray Masin' ny Isiraely no mpiandry ny vavahady. Tokony ho 559-545 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, ry rahalahiko malala, novakiako ireo zavatra ireo mba hahazoanareo mahafantatra ny momba ny ^afanekempihavanan' ny Tompo izay efa nifanekeny tamin' ny mpianakavin' i Isiraely rehetra—

2 Izay noteneniny tamin' ny Jiosy, tamin' ny vavan' ny mpaminaniny masina na dia hatrany am-piandohana aza ka hatrizao ary hatramin' ny taranaka fara mandimby ka mandra-pahatongan' ny fotoana ^ahampodiana azy ho ao amin' ny fiangonana marina sy ao amin' ny valan' Andriamanitra; rehefa ^bhangonina izy mba hody any amin' ny ^dtany lovany sy rehefa haorina amin' ny taniny nampanantenaina rehetra.

3 Indro, ry rahalahiko malala, teneniko anareo ireo zavatra ireo mba hahazoanareo miravoravo sy ^amanatraka mandrakizay ny lohanareo noho ny fitahiana izay

hatolotry ny Tompo Andriamanitra ny zanakareo.

4 Satria fantatro fa ny maro taminareo dia efa nikaroka mafy ny hahalala ny zavatra ho avy; koa fantatro fa fantatrareo fa ny nofondsika dia tsy maintsy hihaosa sy ho faty; kanefa dia ao amin' ny ^avatantsika no hahitantsika an' Andriamanitra.

5 Eny, fantatro fa fantatrareo fa ao amin' ny vatany no hanehoany ny tenany amin' ireo ao Jerosalema izay toerana niavian-tsika; satria ilaina ny hitrangan' izany eo anivony; satria tsy maintsy nataon' ny ^aMpahary lehibe izay hamelany ny tenany mba hofeheziny ny olona eo amin' ny nofo sy ho faty ho an' ny olon-drehetra, mba hahatonga ny ^bolon-drehetra kosa hofeheziny.

6 Fa satria efa nahatratra ny olon-drehetra ny fahafatesana mba hahatanteraka ny ^adrafitra feno famindram-pon' Ilay Mpa-hary lehibe, dia tsy maintsy ilaina ny hisian' ny herin' ny ^bfitsanganana amin' ny maty, ary ny fitsanganana amin' ny maty dia tsy maintsy ilaina ho tonga amin' ny olona noho ny ^dfahalavoana; ary ny fahalavoana dia vokatry ny fandikana lalàna; ary satria efa lavo ny olona dia ^enesorina teo anatrehan' ny Tompo izy.

9 1a TSM Fanekempihavanan' i Abrahama.

2a 2 Ne. 6:11.

TSM Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

b TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

d 2 Ne. 10:7-8.

TSM Tany Nampanantenaina.

3a DJS, Sal. 24:7-10.

4a Joba 19:26;

Almà 11:41-45; 42:23;

Hel. 14:15;

Môrm. 9:13.

5a TSM Fahariana.

b Jao. 12:32; 2 Ne. 26:24; 3 Ne. 27:14-15.

6a TSM Drafitry ny Fanavotana.

b TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

d TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.

e 2 Ne. 2:5.

7 Noho izany dia tsy maintsy ilaina ny “sorompanavotana ^btsisy fetra — fa raha toa ka tsy sorompanavotana tsisy fetra izany, dia tsy ho afaka hitafy ny tsy fahalovana ity fahalovana ity. Noho izany, ny “famaizana voalohany izay nihatra tamin’ ny olona dia tsy maintsy ilaina ho “tafajanona naharitra tsy nam-piafarana. Ary raha izany no nitranga, ity nofo ity dia tsy maintsy ho nampandriana mba ho lò sy hiverina ho vovo-tany ka tsy hitsangana intsony.

8 Ô ny “fahendren’ Andriamanitra, ny ^bfamindram-pony sy ny ^dfahasoavany! Satria indro fa raha tsy mitsangana intsony ny “nofo, ny fanahintsika dia tsy maintsy ho efa nofehezina’ ilay anjely izay ^fnianjera avy teo anoloan’ Ilay Andriamanitra Mandrakizay, ary lasa ^sdevoly ka tsy hitsangana intsony.

9 Ary ny fanahintsika dia tsy maintsy ho efa tonga toa azy, ary dia ho lasa devoly isika, “anjelin’ ny devoly ka dia ho ^bnohidiana tany ivelan’ ny fitoeran’ Andriamanitra ka dia ho niara-nitoetra tamin’ ny rain’ ny ^dlainga, nijaly toa azy; eny, toa azy ilay “nanan-

goly ny ray aman-drenintsika voalohany, izay ^fmanova ny tenany saika tahaka ny anjelin’ ny ^sfahazavana sy mamporisika ny zanak’ olombelona ho amin’ ny ^ttsikombakomba miafina hamonoana olona sy ho amin’ ny karazan’ asa miafin’ ny maizina rehetra.

10 Ô endrey ny halehiben’ ny hatsaram-pon’ ny Andriamanitsika izay manomana lalana mba hialantsika amin’ ny fihazonan’ io biby mahatsiravina io; eny, ilay biby, “fahafatesana sy ^bhelo izay antsoiko hoe ny fahafatesan’ ny vatana, ary koa ny fahafatesan’ ny fanahy.

11 Ary noho ny lalam-“panafahan’ Andriamanitsika, ny Iray Masin’ ny Isiraely, io ^bfahafatesana izay efa noresahiko io, izay ara-nofo, dia hamoaka ny maty ao aminy; izany fahafatesana izany dia ny fasana.

12 Ary io “fahafatesana izay efa noresahiko io, izay ny fahafatesam-panahy, dia hanafaka ny maty ao aminy; izany fahafatesam-panahy izany dia ny ^bhelo; noho izany ny fahafatesana sy ny helo dia tsy maintsy samy manafaka ny maty ao

7a TSM Sorompanavotana.

b Almà 34:10.

d Môsià 16:4–5;

Almà 42:6, 9, 14.

e Môsià 15:19.

8a Joba 12:13;

Abr. 3:21.

TSM Fahendrena.

b TSM Famindram-po.

d TSM Fahasoavana.

e F&F 93:33–34.

f Isa. 14:12;

2 Ne. 2:17–18;

Mos. 4:3–4;

Abr. 3:27–28.

g TSM Devoly.

9a Jakôba 3:11;

Almà 5:25, 39.

b Fan. 12:7–9.

d TSM Lainga.

e Gen. 3:1–13;

Môsià 16:3;

Mos. 4:5–19.

f 2 Kor. 11:14;

Almà 30:53.

g F&F 129:8.

h TSM Tsikombakomba Miafina.

10a Môsià 16:7–8;

Almà 42:6–15.

b TSM Helo.

11a TSM Mpanafaka.

b TSM Fahafatesan’ ny Vatana.

12a TSM Fahafatesana

Ara-panahy.

b F&F 76:81–85.

amin' avy ary ny helo dia tsy maintsy manafaka ny fanahy babo ary ny fasana dia tsy maintsy manafaka ny vatana babo, ary dia "haverina hitambatra ny vatana sy ny "fanahin' ny olona tsirairay avy; ary izany dia noho ny herin' ny fananganana amin' ny maty an' ny Iray Masin' ny Isiraely.

13 Ô Endrey ny halehiben' ny "drafitry ny Andriamanitsika! Satria eo an-kilany, ny ^bparadisana' Andriamanitra dia tsy maintsy manafaka ny fanahin' ny marina ary ny fasana dia manafaka ny vatan' ny marina; ary ny fanahy sy ny vatana dia "haverina hitambatra indray ary ny olona rehetra dia zary tsy mety lo sy "tsy mety maty ary ireo dia fanahy velona manana ^ffahalalana ^stomombana toa antsika tao amin' ny nofo, saingy ho tomombana ny fahalalantsika.

14 Koa, hanana "fahalalana tomombana ny amin' ny ^bhadi-soantsika rehetra isika sy ny fahalotoantsika ary ny "fitanja-hantsika; ary ny marina hanana fahalalana tomombana ny amin' ny firavoravoany sy ny "fahamarinany, fa ^ftafiana ^sfahadiovana izy, eny, dia ny ^hlamban' ny fahamarinana izany.

15 Ary ny zavatra hitranga, rehefa avy nandalo ity fahafatesana voalohany ity hankany amin' ny fiainana ny olon-drehetra, ka efa tonga tsy mety maty, dia tsy maintsy hiseho eo anoloan' ny "toeram-pitsaran' ny Iray Masin' ny Isiraely izy; ary amin' izany dia tonga ny ^bfitsarana ary amin' izany dia tsy maintsy tsaraina araka ny fitsarana masin' Andriamanitra izy.

16 Ary raha velona marina tokoa ny Tompo, satria ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany ary izany dia "teniny maharitra mandrakizay izay tsy ^bmety levona, ireo izay marina dia ho marina hatrany ary ireo izay ^dmaloto dia "haloto hatrany; koa ireo izay maloto dia ny ^fdevoly sy ny anjeliny; ary ireo dia handeha hiala hankany amin' ny ^safo maharitra mandrakizay voamboatra ho azy ireo; ary ny fijaliany dia ho toy ny ^hfarihy afo sy solifara izay ny lelafony dia miakatra mandrakizay mandrakizay ka tsy manam-pahataperana.

17 Endrey ny fahalehibeazana sy ny "fahamarinan' Andriamanitsika! Fa manatanteraka ny teniny rehetra Izy ary efa niloaky

12d TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

e TSM Fanahy.

13a TSM Drafitry ny Fanavotana.

b F&F 138:14–19.

TSM Paradisa.

d Almà 11:43.

e TSM Tsy Fahafatesana.

f F&F 130:18–19.

g TSM Tanteraka.

14a Môsià 3:25;

Almà 5:18.

b TSM Heloka.

d Môrm. 9:5.

e TSM Fahamarinana.

f Ohab. 31:25.

g TSM Madio.

h F&F 109:76.

15a TSM Fitsarana

Farany, Ny.

b Sal. 19:9; 2 Ne. 30:9.

16a 1 Mpan. 8:56;

F&F 1:38; Mos. 1:4.

b F&F 56:11.

d TSM Fahalotoana.

e 1 Ne. 15:33–35;

Almà 7:21;

Môrm. 9:14;

F&F 88:35.

f TSM Devoly.

g Môsià 27:28.

h Fan. 21:8;

2 Ne. 28:23;

F&F 63:17.

17a TSM Fahamarinana.

ny vavany ireny ary tsy maintsy tanteraka ny lalàny.

18 Nefa, indro, ny marina, ny “olomasin’ ny Iray Masin’ ny Isiraely, ireo izay efa nino ny Iray Masin’ ny Isiraely, ireo izay efa niaritra ny ^bfanenjehan’ izao tontolo izao ary efa nanao tsinontsinona ny henatra tamin’ izany, ireo no ^dhandova ny ^efanjakan’ Andriamanitra izay voaomana ho azy ireo ^fhatry ny fanorenana izao tontolo izao ary ho feno ^gmandrakizay ny fifaliany.

19 Endrey ny fahalehibeazan’ ny famindram-pon’ Andriamanitsika, ny Iray Masin’ ny Isiraely! Fa Izy dia “manafaka ny olomasiny amin’ io ^bbiby mahatsiravina io, dia ny devoly sy ny fahafatesana ary ny ^dhelo, ary ny farihy afo sy solifara izay fijaliana tsisy fiafarany.

20 Endrey ny halehiben’ ny “fahasinan’ Andriamanitsika! Satria ^bmahafantatra ny zavatra rehetra Izy ary tsy misy na inona na inona izay tsy fantany.

21 Ary tonga amin’ izao tontolo izao Izy hahazoany “mamonjy ny olon-drehetra raha mety mihaino ny feony izy; fa indro, miaritra ny fijalian’ ny olon-drehetra Izy, eny, ny ^bfijalian’ ny manan’ aina tsirairay, na lehilahy na

vehivavy na ankizy, izay isan’ ny fianakavian’ i ^dAdama.

22 Ary miaritra izany Izy mba hahatanteraka ny fitsanganana amin’ ny maty amin’ ny olondrehetra ka hahazoan’ ny rehetra mijoro eo anoloany amin’ ny andro lehibe sady fitsarana.

23 Ary mandidy ny olon-drehetra Izy ny tsy maintsy ^ahibebahany sy hanaovana ^bbatisa azy amin’ ny anarany rehefa manam-pinoana tanteraka ny Iray Masin’ ny Isiraely, fa raha tsy izany dia tsy ho azo vonjena ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra izy.

24 Ary raha tsy mety mibebaka izy sy tsy mino ny ^aanarany sady tsy atao batisa amin’ ny anarany no tsy ^bmaharitra hatramin’ ny farany, dia tsy maintsy ^dhohehlohina; satria ny Tompo Andriamanitra, ny Iray Masin’ ny Isiraely no efa niteny izany.

25 Koa efa nomeny ny “lalàna; ary amin’ izay ^btsy misy lalàna nomena dia tsy misy famaizana; ary amin’ izay tsy misy famaizana dia tsy misy fanamelohana; ary amin’ izay tsy misy fanamelohana dia ny famindram-pon’ ny Iray Masin’ ny Isiraely no manan-kery aminy noho ny sorompanavotana; satria afahana amin’ ny heriny izy.

18a TSM Olomasina.
b Lio. 14:27.

d F&F 45:58; 84:38.

e TSM Fisandratana.

f Almà 13:3.

g TSM Fiainana
Mandrakizay.

19a F&F 108:8.

b 1 Ne. 15:35.

d TSM Helo.

20a TSM Fahamasinana.

b Almà 26:35; F&F 38:2.

21a TSM Famonjena.

b F&F 18:11; 19:18.

d TSM Adama.

23a TSM Fibebahana.

b TSM Batisa.

24a TSM Jesoa Kristy—

Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran’

i Jesoa Kristy.

b TSM Maharitra.

d TSM Fahamelohana.

25a Jakoba 4:17.

TSM Lalàna.

b Roma. 4:15;

2 Ne. 2:13;

Almà 42:12–24.

TSM Ampamoahina,
Ampamoaka.

26 Fa ny ^asorompanavotana no manefa ny fitakian' ny ^bfahamarinany amin' ireo rehetra izay ^atsy manana ny ^clalàna nomena azy ka dia afaka amin' io biby mahatsiravina io izy, dia ny fahafatesana sy ny helo ary ny devoly ary ny farihy afo sy solifara izay fijaliana tsisy fiafarany; ary haverina ho amin' ny laoniny indray amin' io Andriamanitra io izy izay nanome azy ^ffofon' aina, izay ny Iray Masin' ny Isiraely.

27 Nefa lozan' izay manana ny ^alalàna nomena azy, eny, izay manana ny didin' Andriamanitra rehetra toa antsika ka mandika ireny ary mandanilany foana ny andro fisedrana azy, fa mahatahotra ny hanjò azy!

28 E ny hafetsen' ny ^atetikadin' ilay ratsy! E ny ^bmahatsinontsirona sy ny halemena ary ny adalan' ny olona! Rehefa ^amahay izy dia manao azy ho ^chendry ary tsy mihaino ny ^ftorohevitr' Andriamanitra fa avelany izany noho ny fiheverana fa avy amin' ny tenany no ahafantarany, koa adalana ny fahendreny fa tsy mahasoa azy izany. Ary ho faty izy.

29 Nefa tsara ny mahay raha ^ahenoiny ny ^btorohevitr' Andriamanitra.

30 Nefa lozan' ny manan-karena izay ^amanan-karena raha ny amin' ny zavatr' izao tontolo izao. Fa noho ny harenny dia manamavo ny ^bmahantra izy ary manenjika ny malemy fanahy, ary any amin' izay misy ny harenny ny fony; koa ny harenny no andriamaniny. Ary indro fa ho fongana miaraka aminy koa ny harenny.

31 Ary lozan' ny marenina izay tsy te ^ahandre; fa ho faty izy.

32 Lozan' ny jamba izay tsy te hijery; fa ho faty koa izy.

33 Lozan' ny tsy voafora fo, fa ny fahalalana ny helony no hikapoka azy amin' ny andro farany.

34 Lozan' ny ^ampandainga, fa hatsipy any amin' ny ^bhelo izy.

35 Lozan' ny mpamono olona izay minia ^amamono, fa ho ^bfaty izy.

36 Lozan' ireo izay ^amijangajanga, fa hatsipy any amin' ny helo izy.

37 Eny, lozan' ireo izay ^amanompo sampy, fa ny devoly

26a 2 Ne. 2:10;
Almà 34:15–16.
tsm Sorompanavotana.
b tsm Fahamarinana.
d Môsià 3:11.
e Môsià 15:24;
F&F 137:7.
f Gen. 2:7; F&F 93:33;
Abr. 5:7.
27a Lio. 12:47–48.
28a Almà 28:13.
b tsm Zava-poana.
d Lio. 16:15;
2 Ne. 26:20; 28:4, 15.

e Ohab. 14:6; Jer. 8:8–9;
Roma. 1:22.
tsm Fiavonavonana;
Fahendrena.
f Almà 37:12.
tsm Torohevitra.
29a 2 Ne. 28:26.
b Jakôba 4:10.
30a Lio. 12:34;
1 Tim. 6:10;
F&F 56:16.
b tsm Mahantra.
31a Ezek. 33:30–33;
Mat. 11:15;
Môsià 26:28;

F&F 1:2, 11, 14;
Mos. 6:27.
34a Ohab. 19:9.
tsm Fahamarinantoetra; Lainga.
b tsm Helo.
35a Eks. 20:13;
Môsià 13:21.
b tsm Famaizana
ho Faty.
36a 3 Ne. 12:27–29.
tsm Fahadiovampitondrantena.
37a tsm Fanompoantsampy.

lohan' ny devoly rehetra no finaritra aminy.

38 Ary raha fintinina, lozan' ireo rehetra izay maty ao amin' ny fahotany; fa "hiverina amin' Andriamanitra izy ary hahita ny tavany kanefa dia hijanona ao amin' ny fahotany.

39 Ry rahalahiko malala, tsarovy fa mahatahotra ny fandikana ny lalàn' Ilay Andriamanitra Masina, ary mahatahotra koa ny fanekena ny fanangolen' ilay "fatsora. Tsarovy fa ny ^bfiheverana ny zavatra ny nofo dia ^dfahafatesana ary ny fiheverana ny zava-panahy kosa dia ^efiainana ^fmandrakizay.

40 Ry rahalahiko malala, atongilano amin' ny teniko ny sofinareo. Tsarovy ny fahalehibeazan' ny Iray Masin' ny Israely. Aza milaza hoe efa nanao teny henjana taminareo aho; fa raha milaza izany ianareo, dia maniratsira ny "fahamarinana; fa efa nilaza ny tenin' ilay Mpanao anareo aho. Fantatro fa ^bhenjana amin' ny fahalotoana rehetra ny tenin' ny fahamarinana; kanefa ny marina tsy matahotra ireny satria tia ny fahamarinana izy ka tsy mihontsina.

41 Amin' izany ry rahalahiko malala, "manatona ny Tompo, Ilay Iray Masina. Tsarovy fa

marina ny lalany. Indro, ^bety ho an' ny olona ny ^dlalana, kanefa dia voasoritra mahitsy eo anoloany izany, ary ny Iray Masin' ny Israely no mpiandry ny "vavahady; ary tsy mampiasa mpanompo Izy eo amin' ny vavahady; ary tsy misy lalan-kafa afa-tsy ny vavahady; satria tsy azo fitahiana Izy, fa ny Tompo Andriamanitra no anarany.

42 Ary na zovy na zovy no handondona dia hovohany; ary ny "hendry sy ny mahay ary ireo izay manan-karena izay ^bmieboebo noho ny fahaizany sy ny fahendreny ary ny harenny — eny, ireny no halany; ary raha tsy manary ireo toetrany ireo ireny ka manao ny tenany ho ^dbado eo anoloan' Andriamanitra ary midina any amin' ny "fanentretena lalina, dia tsy hovohany.

43 Nefa ny zavatra ny hendry sy ny malina dia "hafenina aminy mandrakizay — eny, izany no fahasambarana izay efa voamana ho an' ny olomasina.

44 Ry rahalahiko malala, tsarovy ny teniko. Indro, manala ny fitafiako aho ka manifikifika izany eo anoloanareo; mangataka ny Andriamanitry ny famonjena ahy aho mba hijereny ahy amin' ny masony "mahita ny zava-dre-

38a Almà 40:11, 13.

39a 2 Ne. 28:20–22; 32:8;

Môsià 2:32; 4:14;

Almà 30:53.

b Roma. 8:6.

TSM Ara-nofo.

d TSM Fahafatesana

Ara-panahy.

e Ohab. 11:19.

f TSM Fiainana

Mandrakizay.

40a TSM Fahamarinana.

b 1 Ne. 16:2;

2 Ne. 28:28; 33:5.

41a 1 Ne. 6:4;

Jakôba 1:7;

Ômnia 1:26;

Môrô. 10:30–32.

b Lio. 13:24;

2 Ne. 33:9;

Hel. 3:29–30.

d 2 Ne. 31:17–21;

Almà 37:46;

F&F 132:22, 25.

e 2 Ne. 31:9, 17–18;

3 Ne. 14:13–14;

F&F 43:7; 137:2.

42a Mat. 11:25.

b TSM Fiaonavonana.

d 2 Tan. 3:18–21.

e TSM Fanentren-tena.

43a 2 Tan. 2:9–16.

44a Jakôba 2:10.

hetra; noho izany dia ho fantatrareo amin' ny andro farany, rehefa hotsaraina araka ny asany avy ny olon-drehetra, fa ny Andriamanitry ny Isiraely no vavolombelona fa efa ^bnanifikifika ny helokareo hiala tamin' ny fanahiko aho, ary dia mijoro amim-pampiriratana eo anoloany ary ^aafaka amin' ny ranareo.

45 Ry rahalahiko malala, mivilia hiala amin' ny fahotanareo; akifiho hiala ny ^arojon' ilay mangēja mafy anareo; manatona an' Andriamanitra izay ^bvatolampin' ny famonjena anareo.

46 Omano ho amin' izany andro be voninahitra izany ny fanahinareo rehefa havaly ny olo-marina ny ^afahamarinana, dia ny andro ^bfitsarana izany, mba tsy hihemorareo amin-tahotra mahatsiravina; mba tsy hahatsiarovanareo ny ^ahelokareo mahatsiravina amin' ny antsihiriany ary mba tsy ho voatery hiantsoantso ianareo hoe: Masina, masina ny fitsaranao, Ry Tompo Andriamanitra ^aTsitoha— nefa fantatro ny hadisoako; nandika ny lalanao aho ary ahy ny fandikana ny lalana; ary efa nahazo ahy ny devoly hany ka zary rembiny ao amin' ny fahoriany mahatsiravina aho.

47 Nefa, indro ry rahalahiko, moa ilaina va ny hamohazako anareo ho amin' ny fisiana mahatsiravin' ireo zavatra ireo?

Moa handrotidrotika ny fanahinareo va aho raha madio ny sainareo? Moa ho tsotra aminareo va aho araka ny fahatsoran' ny fahamarinana raha afaka tamin' ny fahotana ianareo?

48 Indro, raha masina ianareo dia ho niresaka fahamasinana taminareo aho; nefa, satria tsy masina ianareo sy mihevitra ahy ho toy ny mpampianatra anareo, dia mety sady tsy maintsy ilaina ny ^ahampianarako anareo ny vokatry ny ^bfahotana.

49 Indro, mankahala ny fahotana ny fanahiko ary finaritra amin' ny fahamarinana ny foko; ary ^ahidera ny anarana masin' ny Andriamanitra aho.

50 Manatona ry rahalahiko, ianareo rehetra izay mangetahe-ta mankanesa amin' ny ^arano; ary izay tsy manam-bola, avia mividia ary homana; eny, avia mividia divay sy ronono nefa tsy amim-^bbola na amin-karena.

51 Koa aza mandany vola amin' izay tsy misy vidiny na ^amiasa amin' izay tsy mety mahafa-po. Henoy amim-pahazo-toana tokoa aho ary tsarovy ny teny izay efa nolazaiko; ary manatona ny Iray Masin' ny Isiraely ka ^bmivokisa amin' izay tsy mety simba sady tsy mety lò ary aoka hiravoravo amin' ny matavy ny fanahinareo.

52 Indro ry rahalahiko malala, tsarovy ny tenin' ny Andriama-

44b Jakôba 1:19.

d Jakôba 2:2;

Môsià 2:28.

45a 2 Ne. 28:22;

Almà 36:18.

b TSM Vatolampy.

46a TSM Fahamarinana.

b TSM Fitsarana

Farany, Ny.

d Môsià 3:25.

e 1 Ne. 1:14;

Mos. 2:1.

48a Almà 37:32.

b TSM Fahotana.

49a 1 Ne. 18:16.

50a TSM Rano Velona.

b Almà 42:27.

51a Isa. 55:1–2.

b 2 Ne. 31:20; 32:3;

3 Ne. 12:6.

nitrareo; mivavaha Aminy lalandava mandritra ny andro ary manolôra “fisaorana ny anarany masina mandritra ny alina. Aoka hifaly ny fonareo.

53 Ary indro, endrey ny halehiben' ny “fanekempihavanan' ny Tompo sy ny halehiben' ny fietreny ho an' ny zanak' olombelona; ary noho ny fahalehibeazany sy ny fahasoavany ary ny ^bfamindram-pony no efa nampanantenainy antsika fa tsy ho fongana tanteraka ny taranatsika araka ny nofo fa hotehiriziny kosa izy; ary ho tonga “sampana marina ho an' ny mpianakavin' i Isiraely izy ao amin' ny taranaka ho avy.

54 Ary ankehitriny ry rahalahiko, dia te hiteny misimisy aminareo aho; nefa rahampitso vao holazaiko anareo ny teniko sisa. Amena.

ARY ankehitriny izaho Jakôba dia miteny aminareo indray, ry rahalahiko malala, ny momba ilay “sampana marina izay efa noteneniko.

2 Fa indro, ny “fampanantenana izay efa azontsika dia fampanantenana natao tamintsika araka ny nofo; koa, na dia efa naseho ahy aza fa maro amin' ny zanatsika no ho faty ao amin' ny nofo noho ny tsy finoana, dia ho feno famindram-po amin' ny maro Andriamanitra; ary hampodiana amin' ny laoniny ireo zanatsika mba hahatonga azy any amin' izay hanome azy ny fahalalana marina ny Mpanavotra azy.

3 Koa, araka ny efa nolazaiko anareo, dia mety sady tsy maintsy ilaina ny hahatongavan' i Kristy—satria izany no nolazain' ny “anjely ahy alina fa ho anarany—^beo amin' ny Jiosy, eo anivon' ireo izay ampahany lozabe indrindra eo amin' izao tontolo izao; ary dia “hohomboany Izy—satria izany dia araka ny efa nanampoizan' ny Andriamanitsika ary tsy misy firenena hafa eto ambonin' ny tany izay “hanombo ny ^fAndriamaniny.

4 Fa raha nitranga teo amin' ireo firenen-kafa ireo “fahagagana lehibe, dia ho nibekaka ireny ary ho nahafantatra Azy ho Andriamaniny.

TOKO 10

Hohomboan' ny Jiosy ny Andriamaniny—Haely patrana izy mandra-panombohany hino Azy—Ho tanim-pahafahana i Amerika izay tsy hisy mpanjaka hanapaka azy—Mihavàna amin' Andriamanitra ianareo ka raiso ny famonjena amin' ny alalan' ny fahasoavany. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

52a TSM Misaotra.

53a TSM Fanekempihavananana.

b TSM Famindram-po.

d TSM Tanimbolin' ny Tompo.

10 1a 1 Ne. 15:12–16;

2 Ne. 3:5;

Jakôba 5:43–45.

2a 1 Ne. 22:8;

3 Ne. 5:21–26; 21:4–7.

3a 2 Ne. 25:19;

Jakôba 7:5;

Môrô. 7:22.

b TSM Jesoa Kristy—

Faminianiana ny

amin' ny

fahaterahana sy

ny fahafatesan' i

Jesoa Kristy.

d 1 Ne. 11:33;

Môsià 3:9;

F&F 45:52–53.

e Lio. 23:20–24.

f 1 Ne. 19:10.

4a TSM Fahagagana.

5 Nefa noho ny ^akomiberaky ny mpisorona sy ny helony, ireo ao Jerosalema dia hanamafy ny hatony hanohitra Azy mba hanomboana Azy.

6 Koa, noho ny helony, dia hitatra aminy ny faharavana, ny mosary, ny areti-mandringana ary ny fandatsahan-dra; ary ireo izay tsy ho fongana dia ^ahaely patrana any anivon' ny firenendrehetra.

7 Nefa indro, izao no lazain' ny ^aTompo Andriamanitra: Izaho efa nanao fanekempihavanana tamin' ny razany fa ^braha avy ny andro izay hinoany Ahy fa Izaho no Kristy, amin' izany dia hampodiana ao amin' ny nofo eto ambonin' ny tany, any amin' ny tany lovany izy.

8 Ary ny zavatra hitranga dia ^ahanganina avy amin' ny fielezany maharitra izy, avy amin' ny ^bnosy any an-dranomasina sy avy amin' ny vazan-tany efatra; ary ho lehibe eo imasoko ny firenen' ny Jentilisa, hoy Andriamanitra, amin' ny ^afitondrana azy hiverina any amin' ny tany lovany.

9 ^aEny, ny mpanjakan' ny Jentilisa no ho ray mpiahy azy, ary ny mpanjakavaviny no ho reny mpiahy; koa lehibe amin'

ny Jentilisa ny ^bfampanantenan' ny Tompo fa Izy no efa niteny izany ka iza no hahatohitra?

10 Nefa indro, hoy Andriamanitra, fa ity tany ity no ho tany lovana ary hotahiana ny ^aJentilisa eo amin' ity tany ity.

11 Ary ho tanim-^apahafahana ho an' ny Jentilisa ity tany ity ka tsy hisy ^bmpanjaka eo amin' ny tany izay hitsangana hifehy ny Jentilisa.

12 Ary Izaho hampahatanjaka ity tany ity noho ny firenen-kafa rehetra.

13 Ary izay ^amiady amin' i Ziona dia ho ^bringana, hoy Andriamanitra.

14 Satria izay manangana mpanjaka hanohitra Ahy dia ho ringana, fa Izaho Tompo, ny ^ampanjakan' ny lanitra no ho mpanjakany ary Izaho no ho ^bfahazavana mandrakizay ho an' ireo izay mihaino ny teniko.

15 Koa, noho izao antony izao, dia ny hahatanteraka ny ^afanekempihavanako izay efa nataoko tamin' ny zanak' olombelona ka hataoko aminy raha mbola ao amin' ny nofo izy, dia tsy maintsy ilaina ny handravana ny ^basa manginginan' ny ^amaizina sy ny famonoan' olona ary ny fahavetavetana.

5a Lio. 22:2.
tsm Komiberaky
ny Mpisorona.
6a 1 Ne. 19:13–14.
tsm Isiraely—Ny
fampielezana ny
Isiraely.
7a tsm Tompo.
b 2 Ne. 25:16–17.
8a tsm Isiraely—Ny
fanangonana ny
Isiraely.

b 1 Ne. 22:4;
2 Ne. 10:20–22;
F&F 133:8.
d 1 Ne. 22:8.
9a Isa. 49:22–23.
b 1 Ne. 22:8–9;
F&F 3:19–20.
10a 2 Ne. 6:12.
11a tsm Afaka.
b Môsià 29:31–32.
13a 1 Ne. 22:14, 19.
b Isa. 60:12.

14a Almà 5:50;
F&F 38:21–22;
128:22–23;
Mos. 7:53.
b tsm Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.
15a tsm Fanekempihava-
nana.
b Hel. 3:23.
tsm Tsikombakomba
Miafina.
d tsm Haizim-panahy.

16 Koa izay miady amin' i "Ziona na Jiosy na Jentilisa, na andevo na olon' afaka, na lahy na vavy dia ho ringana; fa ^bireny no ireo izay vehivavy janga amin' ny tany rehetra; satria "ireo izay "tsy momba Ahy dia ^fmanohitra Ahy, hoy ny Andriamanitsika.

17 Satria "hotanterahiko ny fampanantenako izay efa nataoko tamin' ny zanak' olombelona ka hataoko aminy raha mbola ao amin' ny nofo izy —

18 Noho izany, ry rahalahiko malala, dia izao no lazain' ny Andriamanitsika: Izaho hampahory ny taranakao amin' ny tanan' ny "Jentilisa; kanefa, hanalefaka ny fon' ny Jentilisa Aho, hany ka ho toy ny ray ho azy izy; koa ^bhotahiana ny Jentilisa sady horaisina ho "isan' ny mpianakavin' i Isiraely.

19 Koa "hatokako mandrakizay ho an' ny taranakao sy ho an' ireo izay horaisina ho isan' ny taranakao ity tany ity mba ho tany lovany; satria tany nofinidy noho ny tany hafa rehetra izany, hoy Andriamanitra tamiko, koa hataoko izay hideran' ny olona rehetra izay mitoetra eo aminy Ahy, hoy Andriamanitra.

20 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, satria efa nomen'

ny Andriamanitsika feno famindram-po antsika ny fahalalana lehibe tokoa momba ireo zavatra ireo, dia aoka hotsaravantsika Izy sy havelantsika ny fahotantsika, ary aoka tsy hitanondrika ny lohantsika satria tsy ariana isika; kanefa efa "noroahina isika hiala ny tany lovantsika; fa efa nentina kosa isika hankany amin' ny ^btany tsaratsara kokoa, satria ny Tompo no efa nanao ny ranomasina ho ^dlalantsika ary eo amin' ny "nosin-dranomasina no misy antsika.

21 Nefa lehibe ny fampanantenan' ny Tompo amin' ireo izay eo amin' ny "nosin-dranomasina; koa satria nosy no resahina, dia tsy maintsy ilaina ny fisian' ny nosy hafa ankoatra ity, ary ireo rahalahintsika ihany koa no monina amin' ireny.

22 Fa indro, ny Tompo Andriamanitra no efa "nitondra ombieny ombieny avy tamin' ny mpianakavin' i Isiraely araka ny finivavy sy ny sitrapony. Ary ankehitriny, indro tadidin' ny Tompo avokoa ireo izay efa nosarahina ka dia tadidiny koa isika.

23 Noho izany, herezo ny fonareo ary tsarovy fa "afaka ^bmanao araka ny sitraponareo ianareo — na ^dhifidy ny lalan' ny fahafate-

16a TSM Ziona.
b 1 Ne. 13:4-5.
d 1 Ne. 14:10.
e 1 Ne. 22:13-23;
 2 Ne. 28:15-32;
 3 Ne. 16:8-15;
 Etera 2:9.
f Mat. 12:30.
 17a F&F 1:38.
 18a Lio. 13:28-30;

F&F 45:7-30.
b Ef. 3:6.
d Gal. 3:7, 29;
 1 Ne. 14:1-2;
 3 Ne. 16:13; 21:6, 22;
 30:2;
 Abr. 2:9-11.
 19a 2 Ne. 3:2.
 20a 1 Ne. 2:1-4.
b 1 Ne. 2:20.

TSM Tany
 Nampanantenaina.
d 1 Ne. 18:5-23.
e Isa. 11:10-12.
 21a 1 Ne. 19:15-16; 22:4.
 22a 1 Ne. 22:4.
 23a TSM Safidy.
b 2 Ne. 2:16.
d Deot. 30:19.

sana mandrakizay na ny lalan' ny fiainana mandrakizay.

24 Noho izany ry rahalahiko malala, dia mihavàna amin' ny sitrapon' Andriamanitra ianareo fa tsy amin' ny sitrapon' ny devoly sy ny nofo; ary tsarovy fa rehefa mihavana amin' Andriamanitra ianareo, dia ao amin' ny "fahasoavan' Andriamanitra ary amin' ny alalany ihany no ^bhamonjena anareo.

25 Koa Andriamanitra anie hanangana anareo amin' ny fahafatesana, amin' ny herin' ny fananganana amin' ny maty ary hanangana anareo koa amin' ny fahafatesana maharitra mandrakizay amin' ny herin' ny "sorompanavotana, mba hahazoana mandray anareo ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra mandrakizay, ka hahazoanareo midera Azy noho ny fahasoavana araka an' Andriamanitra. Amena.

TOKO 11

Nahita ny Mpanavotra azy i Jakôba — Ny lalàn' i Mosesy no tandindon' i Kristy ary nanaporofa ho avy Izy. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny dia nilaza zavatra maro hafa tamin' ny oloko i "Jakôba tamin' izany fotoana izany; kanefa dia ireo zavatra ireo ihany no ^bnampanoratiko,

satria ampy ho ahy ny zavatra izay efa nosoratako.

2 Ary ankehitriny izaho Nefia dia manoratra misimisy kokoa ny tenin' i "Isaia fa ny fanahiko dia finaritra amin' ny teniny. Fa hampihariko amin' ny oloko ny teniny ary hampitaiko any amin' ny zanako rehetra fa nahita marina tokoa ny ^bMpanavotra azy izy, dia toy ny efa nahitako Azy.

3 Ary nahita Azy koa i Jakôba rahalahiko toy ny efa "nahitako Azy; koa hampitaiko any amin' ireo zanako ny teniny mba hanaporofa aminy fa marina ny teniko. Koa amin' ny tenin' ny ^bvavolombelona telo, hoy Andriamanitra, no hampioarenako ny teniko. Kanefa mandefa vavolombelona misimisy Andriamanitra, ary porofoiny ny teniny rehetra.

4 Indro, finaritra ny fanahiko amin' ny "fanaporofoina amin' ny oloko ny fahamarinan' ny ^bfiavian' i Kristy; satria, izany no antony nanomezana ny "lalàn' i Mosesy; ary ny zavatra rehetra izay efa nomen' Andriamanitra ny olona hatry ny fiandohan' izao tontolo izao dia tandindony.

5 Ary ny fanahiko koa dia finaritra amin' ny "fanekempihavanan' ny Tompo izay efa nataony tamin' ireo razantsika; eny, ny fanahiko dia finaritra amin' ny fahasoavany sy amin' ny faha-

24a TSM Fahasoavana.

b TSM Famonjena.

25a TSM Sorompanavotana.

11 1a 2 Ne. 6:1–10.

b 2 Ne. 31:1.

2a 3 Ne. 23:1.

b TSM Mpanavotra.

3a 2 Ne. 2:3;

Jakôba 7:5.

b 2 Ne. 27:12;

Etera 5:2–4;

F&F 5:11.

4a 2 Ne. 31:2.

b Jakôba 4:5;

Jarôma 1:11;

Almà 25:15–16;

Etera 12:19.

d 2 Ne. 5:10.

5a TSM Fanekempihavanan' i Abrahama.

marinany ary ny heriny sy ny famindram-pony ao amin' ny drafitra lehibe sy mandrakizay ho fanafahana amin' ny fahafatesana.

6 Ary ny fanahiko dia finaritra amin' ny fanaporifoana amin' ny olona fa tsy maintsy ho ringana ny olona rehetra "raha tsy ho avy i Kristy.

7 Fa raha "tsy misy i Kristy, dia tsy misy Andriamanitra; ary raha tsy misy Andriamanitra, dia tsy misy isika, satria tsy ho nisy ny ^bfahariana. Nefa misy Andriamanitra ary Izy no Kristy ary avy Izy amin' ny fahafenoan' ny fotoany.

8 Ary ankehitriny, manoratra ny sasantsasany amin' ny tenin' i Isaia aho, ka na zovy na zovy amin' ny oloko no hahita ireto teny ireto dia afaka hanandra- tra ny fony izy ka hifaly ho an' ny olon-drehetra. Ankehitriny, ireto no teny, ary azonareo ampiharina aminareo sy amin' ny olon-drehetra ireto.

TOKO 12

Nahita ny tempolin' ny andro farany, ny fanangonana an' i Isiraely sy ny fitsarana ary ny fandriampaha-

lemana tamin' ny arivotaona i Isaia —Haetry ny mpiavonavona sy ny olon-dratsy amin' ny Fioviana Fanindroany— Ampitahao amin' i Isaia 2. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

Ny teny izay "nahitan' i ^bIsaia, zanakalahin' i Amôza, ny momba an' i Joda sy i Jerosalema:

2 Ary ny zavatra hitranga amin' ny andro farany, rehefa haorina eo an-tampon- "tendrombohitra ny ^btendrombohitry ny ^dtranon' ny Tompo ary hasandratra ho ambonin' ny havoana ka hitanjozotra hankany ny firenen-drehetra.

3 Ary hiainga ny vahoaka maro ka hiteny hoe, Avia ianareo, aoka isika hiakatra any an-tendrombohitry ny Tompo, hankany an-tranon' ny Andriamanitr' i Jakoba; dia hampianatra antsika ny lalany Izy, ary "handeha amin' ny lalany isika; fa avy any Ziona no hivoahan' ny ^blalàna, ary avy any Jerosalema ny tenin' ny Tompo.

4 Ary "hitsara eo anivon' ny firenena Izy sy handevilevy ny vahoaka maro: Dia hanefy ny sabany ho fangady tarihina ireo, ary ny lefony ho antsy fandra-tsana—ny firenena iray tsy

6a Môsà 3:15.

7a 2 Ne. 2:13.

^b TSM Fahariana.

12 1a HEB. *khazah*, midika hoe "nahazo fahitana." Midika izany fa i Isaia dia nandray ny hafany tamin' ny alalan' ny fahitana avy tamin' ny Tompo.

^b Isaia toko 2–14 dia notanterin' i Nefia avy tamin' ireo takela-barahina ao amin' ny 2 Ne. 12–24; tsara ny manamarika fa misy fahasamihafana eo amin' ny teny sasantsasany.

2a F&F 49:25.

^b Joe. 3:17.

TSM Ziona.

^d TSM Tempoly, Tranon' ny Tompo.

3a TSM Mandeha, Mandeha Miaraka amin' Andriamanitra.

^b HEB. fampianarana na fotopampianarana. TSM Filazantsara.

4a 2 Ne. 21:2–9.

hanainga sabatra hamely ny firenena hafa sady tsy hianatra ady intsony izy.

5 Ry mpianakavin' i Jakoba, avia ianareo ary aoka isika handeha amin' ny fahazavan' ny Tompo; eny, avia, fa efa "nania ianareo rehetra, ny tsirairay tamin' ny lalan-dratsiny.

6 Koa, efa nahafoy ny olonao ianao ry Tompo, dia ny mpianakavin' i Jakoba, satria "tototry ny fomba avy any atsinanana izy ary mihaino ny ombiasy toy ny ^bFilistina sady ^dfinaritra ny tenany amin' ny fanaon' ny zana-bahiny.

7 Feno volamena sy volafotsy koa ny taniny sady tsy hita lany ny harenny; feno soavaly koa ny taniny sady tsy hita lany ny kalesiny.

8 Feno "sampy koa ny taniny; ny asan' ny tanany ihany no iankohofany, izay namboarin' ny rantsantanany ihany.

9 Ary "tsy hitanondrika ny iva razana ary tsy hanetry ny tenany ny avo razana, koa aza avela ny helony.

10 Ry ratsy fanahy, midira ao amin' ny vatolampy ary "miere ianao ao amin' ny vovoka fa hamely anao ny fatahorana ny

Tompo sy ny voninahitry ny fiandrianany.

11 Ary ny zavatra hitranga dia hatanondrika ny fiavonavom-pijerin' ny olona ary haetry ny fihamboan' ny olona, ary ny Tompo irery no hasandratra amin' izany andro izany.

12 Satria tonga tsy ho ela, amin' ny firenen-drehetra, ny "andron' ny Tompon' ny maro, eny, amin' ny tsirairay avy; eny, amin' ny ^bmpiavonavona sy ny mpieboebo ary amin' izay manandra-tena rehetra fa haetry izy.

13 Eny, ary ny andron' ny Tompo dia ho tonga amin' ny sedera rehetra any Libanona, satria avo ireo sady manerinerina; sy amin' ny hazo oaka rehetra any Basana;

14 Sy amin' ny tendrombohitra avo rehetra sy amin' ny havonana rehetra sy amin' ny firenena rehetra izay miavonavona ary amin' ny vahoaka rehetra;

15 Sy amin' ny tilikambo miringiringy rehetra ary amin' ny manda mafy rehetra;

16 Sy amin' ny sambon-"dranomasina rehetra ary amin' ny sambon' i Tarsisy rehetra sy amin' ny sary mahafinaritra rehetra.

17 Ary haetry ny fireharehan'

5a 2 Ne. 28:14;
Môsià 14:6; Almà 5:37.

6a IE nofenoina,
novatsiana
fampianarana,
finoana hafa.
Sal. 106:35.

b TSM Filistina.

d HEB. mifandray
tanana amin' ny,
namanao
fanekempihavanana
amin' ny.

8a TSM Fanompoan-
tsampy.

9a IE amin'
Andriamanitra;
naleony manompo
sampy.

10a Almà 12:14.

12a TSM Fiavian' i Jesoa
Kristy Fanindroany.

b Mal. 4:1;
2 Ne. 23:11;
F&F 64:24.

16a Ny dikanteny Grika

(Septuagint) dia
misy andian-teny
iray izay tsy hita ao
amin' ny dikanteny
Hebreo, ary ny
dikanteny Hebreo
dia misy andian-teny
iray izay tsy hita ao
amin' ny dikanteny
Grika; fa misy azy
roa ny 2 Ne. 12:16.
Sal. 48:7;
Ezek. 27:25.

ny olona ka haidina ambany ny fihamboan' ny olona; ary ny Tompo irery no hasandraatra amin' "izany andro izany.

18 Ary hovevoniny tanteraka ny sampy.

19 Ary hiditra any an-davabato sy anaty zohin' ny tany izy, satria ho tonga aminy ny fahatahorana ny Tompo ary hamely azy ny voninahitry ny fiandrianany, rehefa hitsangana Izy hampihorohoro izaitsizy ny tany.

20 Amin' izany andro izany dia "harian' ny olona ho an' ny voalavo sy ny ramanavy ny sampy volafotsiny sy ny sampy volamenany izay efa namboariny ho azy ihany mba hiankohofany;

21 Mba hidirany any an-tsefatsefaky ny vatolampy sy eo antampon' ny vatolampy mitringitringy, satria ho tonga aminy ny fahatahorana ny Tompo ary hamely azy ny voninahitry ny fiandrianany, rehefa hitsangana Izy hampihorohoro izaitsizy ny tany.

22 Atsaharonareo ny fitokiana amin' "olona izay eo amin' ny vavorony ny fofon' ainy; fa mba manan-danja toa inona moa izy?

TOKO 13

Hofaizina i Joda sy i Jerosalema noho ny tsy fankatoavany—Nandahateny taminy sy nitsara ny vahoakany ny Tompo—Nozonina sady nam-

pijaliana ny zanakavavin' i Ziona noho ny rehak' izao tontolo izao. Ampitahao amin' i Isaia 3. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

Fa indro ny Tompo, ny Tompon' ny maro dia manaisotra amin' i Jerosalema sy amin' i Joda ny vatsy sy tohana, ny tohan' aina rehetra amin' ny mofo sy ny vatsy manontolo amin' ny rano—

2 Ny lehilahy mahery sy ny lehilahy mpianady, ny mpitsara sy ny mpaminany ary ny malina sy ny anti-panahy;

3 Ny mpifehy ny dimampolo sy ny manan-kaja ary ny mpanolotsaina sy ny ombiasy fatsoara ary ny mpandahateny mahay.

4 Ary Izaho hanome azy ankizy ho printsiny, ary zazakely no hanapaka azy.

5 Ary hampahoriana ny vahoaka, ny tsirairay hampahory ny hafa, ary ny tsirairay dia hampahorian' ny namany; ny ankizy haneho fiavonavonana amin' ny anti-panahy, ary ny olon-tsoatra amin' ny manan-kaja.

6 Rehefa hazonin' ny olona iray ny rahalahiny ao an-tranondrainy ka hilazany hoe: Ianao no manana lamba, aoka ho mpi-fehy anay, ary aza avela ho tonga eo an-tananao izao "faharavana izao—

7 Hiozonozona izy amin' izany andro izany, hanao hoe: Tsy te ho "mpanasitrana aho; satria tsy misy hanina na lamba ao an-

17a IE ny andro
hahatongavan' ny
Tompo amim-
boninahitra.

20a HEB. hoesorina hiala.

22a IE Atsaharo ny

fianteherana amin'
ny olona mety maty;
kely ny heriny raha
oharina amin'
Andriamanitra.

Mos. 1:10.

13 6a Isa. 3:6.

7a HEB. mpikarakara
(ratra); i.e. tsy afaka
ny hamaha ny
olanao aho.

tranoko; aza atao mpifehy ny vahoaka aho.

8 Fa “rava i Jerosalema ary ^bmirodana i Joda, satria ny lelan'ny sy ny asany dia samy manohitra ny Tompo, ka mihantsy ny mason' ny voninahiny.

9 Ny toetry ny tarehiny dia volombelona miampanga azy sy mampiharihary fa mitovy amin' ny an' i “Sodoma ny fahotany, tsy azony afenina. Lozan' ny fanahiny fa efa nampidi-doza tamin' ny tenany izy.

10 Lazao amin' ny marina fa efa “mandry ny aminy; fa hihinana ny vokatry ny asany izy.

11 Lozan' ny olon-dratsy fa ho fongana izy; fa hanody azy ny valin' ny nataon' ny tanany!

12 Ary zaza no mpampahory ny vahoakako ary vehivavy no manapaka azy. Ry vahoakako, ireo izay “mitarika anao no mampaniasia anao sy mandrava ny soritry ny lalanao.

13 Mitsangana ny Tompo “hisolo vava ary mitsangana Izy hitsara ny vahoaka.

14 Ny Tompo dia hitsara anao miaraka amin' ireo anti-panahin' ny vahoakany sy ny “printsiny; satria efa ^blaninareo ny teo amin' ny tanimboly ary ny “fananan'

ny “mahantra nendahina taminy dia ao an-tranonareo.

15 Inona no tianareo holazaina? Montsamontsaninareo ny vahoakako ary torotoroinareo ny tavan' ny mahantra, hoy ny Tompo Andriamanitry ny Maro.

16 Ary hoy koa ny Tompo hoe: Satria miavonavona ny zanakavavin' i Ziona sy mandeha milanjalanja loha sy maolamaola fijery, “kasikasy famindra raha mandeha ary mampikorintsana ny fehin-tongony.

17 Noho izany dia hampisy takopery ny tampon-dohan' ny zanakavavin' i Ziona ny Tompo ary “hampiseho ny fitanjahany.

18 Ary amin' izany andro izany dia hoesorin' ny Tompo ny hakanton' ny firavany mikorintsana mbamin' ny “fehiloha sy ny ^brado mitarehim-bolan-tsinanana;

19 Ny rojo sy ny haba ary ny “lamba fisalobonana;

20 Ny satroka sy ny haba amin' ny ranjo mbamin' ny fehiloha sy ny fitehirizan-dranomanitra ary ny kavina;

21 Ny peratra sy ny kavina amin' ny orona;

22 Ny “fitafiana miraratra sy ny palitao ary ny kapaoty sy ny poketra;

8a Jer. 9:11.

b Fit. 1:3.

9a Gen. 19:1, 4–7, 24–25.

TSM Sodomita.

10a Deot. 12:28.

12a Isa. 9:16.

13a HEB. miady. Mika 6:2; F&F 45:3–5.

14a HEB. mpanapaka na mpitondra.

b HEB. levona, na may.

d Isa. 5:7.

e 2 Ne. 28:12–13.

16a IE mamindra manao dingana fohy sy haingana, feno hajejona.

17a HEB. “mampihanjanhanja”, sarinteny midika hoe “manala baraka azy ireo.”

18a Mety ho-saron-doha. Tsy mitovy foana ny hevitr' ireo

manampahefana ny amin' ny karazana firavaka entin' ny vehivavy izay tanterina ao amin' ny andininy 18–23.

b IE firavaka mitovy endrika amin' ny tsinam-bolana.

19a HEB. voaly.

22a HEB. fitafiana marevaka.

23 Ny “fitaratra sy ny lamba hariry madinika ary ny saly sy ny voaly.

24 Ary ny zavatra hitranga dia ny manitra hosoloana maimbo; ary ny sikina hosoloana “tady; ary ny volo voamboatra hosoloana loha sola; ary ny ^bakanjo miebanebana hosoloana lamba fisaonana; ary ny hatsaran-tarehy hosoloana marika “mahamay.

25 Ho lavon-tsabatra ny lehilahy ao aminao ary ho lavo an’ ady ny mahery fo ao aminao.

26 Ary hitomany sy hisaona ny vavahadiny ary ho aolo izy sy hipetraka amin’ ny tany.

TOKO 14

Havotana i Ziona sy ny zanakavavin’ ny ary hodiovina amin’ ny andron’ ny arivotaona — Ampitahao amin’ i Isaia 4. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

ARY amin’ izany andro izany dia hihazona lehilahy iray ny vehivavy fito, ka hanao hoe: Hihinana ny mofonay ihany izahay sy hitafy ny akanjonay ihany; fa aoka izahay mba hantsoina fotsiny amin’ ny anaranao mba hialan’ ny “fahafaham-barakanay.

2 Amin’ izany andro izany dia ho feno fahatsarana sy voninahitra ny “sampana ao amin’ ny Tompo; ho soa sy meva ny vokatry ny tany ho an’ ireo

izay efa ieren-doza amin’ i Isiraely.

3 Ary ny zavatra hitranga dia hantsoina hoe masina ireo izay tavela ao Ziona sy mitoetra ao Jerosalema, ny tsirairay izay soratana eo anivon’ ny velona ao Jerosalema —

4 “Rehefa ho ^bvoasasan’ ny Tompo ny fahalotoan’ ny zanakavavin’ i Ziona ary ho voadio amin’ ny fanahin’ ny fitsarana sy ny fanahin’ ny “fandringanana ny ra izay eo afovoan’ i Jerosalema.

5 Ary ny Tompo hamorona “rahona sy setroka mandritra ny andro ary fahazavan’ ny afo midedadeda nony alina, ho eo ambonin’ ny fitoerana rehetra any an-tendrombohitr’ i Ziona sy eny ambonin’ ny fivoriany; satria hisy fiarovana eo ambonin’ ny voninahitr’ i Ziona manontolo.

6 Ary hisy tabernakely ho fiialokalofana amin’ ny hainandro mandritra ny andro ary ho toeram-“pialofana sy fierena amin’ ny tafio-drivotra sy ny ranononana.

TOKO 15

Ho aolo ny tanimbolin’ ny Tompo (Isiraely) ary haely patrana ny olony — Antambo no hanjo ireo izay mivadika sy misaratsaraka — Hanangana faneva ny Tompo ary hanangona an’ i Isiraely — Ampin’

23a NA fitafiana manify.

24a HEB. voro-kitsay.

b NA akanjo lava.

d NA famantaarana (mariky ny fanandevozana).

14 1a IE famantarana fa na tsy manam-bady na momba.

2a Isa. 60:21;

2 Ne. 3:5;

Jakôba 2:25.

4a IE Rehefa voadion’ ny Tompo ny tany.

b TSM Fanasana.

d Mal. 3:2–3; 4:1.

5a Eks. 13:21.

6a Isa. 25:4; F&F 115:6.

tahao amin' i Isaia 5. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

ARY amin' izany aho dia hihira ho an' ny malalako indrindra, dia ilay "hira" ny malalako mikasika ny tanimboliny. Manana tanimboly eo amin' ny havoana tena mahavokatra ny malalako indrindra.

2 Ary nofefeny izy, ary nesoriny ny vato taminy ka novoleny "voaloboka nofinidy indrindra, ary nananganany tilikambo teo afovoany, ary koa nanaovany famiazam-boaloboka tao; ary nampoiziny hamoa voaloboka izy, ary namoa voaloboka dia izy.

3 Ary ankehitriny, Ry mponina ao Jerosalema sy ry lehilahin' i Joda, masina ianareo, tsarao iza-ho sy ny tanimboaloboko.

4 Inona no azoko natao tamin' ny tanimboliko ka tsy efa nataoko taminy? Noho izany raha nanampo azy hamoa voaloboka aho, dia namoa voaloboka dia izy.

5 Ary ankehitriny andeha; holazaiko anareo izay hataoko amin' ny tanimboliko—"Hoesoriko ny fefiny ary dia ho fongana izy; ary harodako ny mandany ary dia ho voahosihosy izy;

6 Havelako ho tany ngazana izy; sady tsy horantsanana izy

no tsy hohevoina; fa haniry aminy ny "hery sy ny tsilo; ary handidy ny rahona koa aho mba tsy ^bhandrotsaka orana aminy.

7 Fa ny "tanimbolin' ny Tompon' ny Maro dia ny mpianakavin' i Isiraely ary ny lehilahin' i Joda no voliny mahafinaritra; ary nanantena ny ^bhitsiny izy, kanjo indro fampahoriana; ary nanantena ny rariny, kanjo indro fitarainana.

8 Lozan' ireo izay manampy "trano amin' ny trano, ambarapaha-tsy hisian' ny toerana intsony mba hahazoany mitoetra ^birery eo afovoan' ny tany!

9 Tao an-tsofiko no nitenenan' ny Tompon' ny Maro hoe: Marina tokoa fa ho aolo ny trano maro ary ireo tanàna lehibe sady tsara dia tsy hisy mponina.

10 Eny, ny tanimboly folo ara dia hamokatra iray "vata, ary ny ambioka eran' ny homera dia hamokatra efaha iray.

11 Lozan' ireo mifoha maraina koa mba hahazoany "mitady zava-pisotro mahamamo ka miboboka mandrapaha-alina ny andro, ary ampirehetin' ny ^bdivay.

12 Ary ny harpa sy ny lokanga ny ampongatapaka sy ny sodina ary ny divay no eo amin' ny fanasany; fa tsy mba "jereny ny asan' ny Tompo, sady tsy heveriny ny ataon' ny tanany.

15 1a IE Ny mpaminany dia nanoratra hira na tononkalo fanoharana ny tanimboaloboka, maneho ny famindram-pon' Andriamanitra sy ny tsy firaharahan' i Isiraely.

2a Jer. 2:21.
5a Sal. 80:12.
6a Isa. 7:23; 32:13.
b Jer. 3:3.
7a TSM Tanimbolin' ny Tompo.
b NA fahamarinana.
8a Mika 2:1–2.
b IE navela hitoetra

irery. Maka ny tany kelin' ireo mahantra ireo tompo-tany mpanankarena.
10a Ezek. 45:10–11.
11a Ohab. 23:30–32.
b TSM Tenin' ny Fahendrena.
12a Sal. 28:5.

13 Koa lasan-ko babo ny oloko noho ny tsy "fahalalany; ary mosarena ny manan-kajany ary main' ny hetaheta ny valalabe-mandriny.

14 Koa efa nanitatra ny ambaindainty ny helo sy efa nampitanatana izaitsizy ny vavany; ary ny tabihany sy ny valalabe-mandriny ary ny reharethany sy izay mifaly no hidina ao.

15 Ary haidina ambany ny iva razana ary haetry ny lehilahy mahery ary hatanondrika ny mason' ny mpiavonavona.

16 Fa ny Tompon' ny Maro kosa no hasandratra amin' ny "fitsarana, ary Andriamanitra izay masina no hohamasinina amin' ny fahamarinana.

17 Amin' izany ny zanak' ondry dia hiraoka toy ny fanaony, ary ny toerana foana an' ireo matavy dia hohanin' ny vahiny.

18 Lozan' izay mitari-keloka amin' ny kofehin' ny "fieboeboana, sy mitarika fahotana ^btoy ny mahazakan-tsarety;

19 Ka miteny hoe: Aoka "hoha-fainganiny sy hododonany ny asany ^bhahitantsika izany; ary aoka ny torohevitra ny Iray Masin' ny Isiraely hanatona akaiky ka ho tonga mba hahafantarantsika izany.

20 Lozan' izay "miantso ny

ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy, izay mametraka ny ^bhaizina ho hazavana ary ny hazavana ho haizina, izay manao ny mangidy ho mamy ary ny mamy ho mangidy!

21 Lozan' ireo izay "manao azy ho hendry sy mihevi-tena ho malina!

22 Lozan' izay mahery amin' ny fisotroana divay sy ny lehilahy matanjaka amin' ny fampiharoharoana zavapisotro mahamamo;

23 Izay manome rariny ny meloka noho ny kolikoly sy "manaisotra ny fahamarinana amin' ny marina!

24 Koa toy ny fandanian' ny "afo ny ^bkolokolo sy toy ny fandevon' ny lelafo ny "mololo no ho fahalovan' ny fakany, ary ny voniny hitora-jofa toy ny vovoka; satria efa nandà ny lalàn' ny Tompon' ny Maro izy sy "nana-mavo ny tenin' ny Iray Masin' ny Isiraely.

25 Noho izany ny "fahatezeran' ny Tompo dia mirehitra amin' ny vahoakany, ary efa naninjitra ny tanany taminy izy ary nikapoka azy; ary ny havoana dia nihorohoro, ary ny fatiny dia norotidrotehana teny afovoandalana. Na dia teo aza izany, dia tsy mbola mitony ny fahate-

13a Hosea 4:6.
TSM Fahalalana.

16a TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara.

18a TSM Zava-poana.
^b IE Voafatotra amin'
ny fahotany toy ny
biby amin' ny
ziogany izy ireo.

19a Jer. 17:15.

^b IE Tsy hino ny Mesia
izy ireo raha tsy
mahita azy.

20a Môrô. 7:14, 18;
F&F 64:16; 121:16.

^b 1 Jn. 1:6.

21a Ohab. 3:5–7;
2 Ne. 28:15.

23a IE hoesorina aminy
ireo zony ara-dalàna

24a Oba. 1:18; Mal. 4:1–2;
2 Ne. 20:17.

^b Joe. 2:5;

1 Ne. 22:15, 23;

2 Ne. 26:4, 6;

F&F 64:23–24; 133:64.

^d Lio. 3:17;

Môsîà 7:29–31.

^e 2 Sam. 12:7–9.

25a F&F 63:32; Mos. 6:27.

zerany fa mbola mihinjitra kosa ny tanany.

26 Ary hanangana “faneva Izy ho an’ ny firenena lavitra ary ^bhisioaka ireo avy any am-paran’ ny tany; ary indro, ho “avy faingana dia faingana tokoa ireo sady maimay erỳ; tsy hisy ho reraka na ho tafintohina aminy.

27 Tsy hisy ho rendremana na hatory; sady tsy hiboraka ny fehin’ ny sikiny no tsy ho tapaka ny fehin-kapany;

28 Horanitina ny zana-tsipikany, ary hohenanina avokoa ny tsipikany, ary hanjary ho toy ny afovato ny kitrontsoavaliny, ary ho toy ny tadio ny kodiarany, ho toy ny fieron’ ny liona ny fierony.

29 Hierona toy ny “liona tanora izy ireo; eny, hierona izy ireo sady hanambotra ny haza, ary hitondra azy amin’ ny toerana azo antoka, izay tsy hisy hanafaka azy.

30 Ary amin’ izany andro izany dia hirohondrohona aminy toy ny firohondrohon’ ny ranomasina ireo; ary raha mijery ny tany ireo, dia indro, haizina sy alahelo sady hamaizinina ny fahazavana eny an-danitra.

TOKO 16

Nahita ny Tompo i Isaia—Navela ny fahotan’ i Isaia—Nantsoina

haminany izy—Naminany ny amin’ ny fandavan’ ny Jiosy ny fampianaran’ i Kristy izy—Ny sisa tavela dia hiverina—Ampitahao amin’ i Isaia 6. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

TAMIN’ ny “taona nahafatesan’ i Ozia mpanjaka no nahitako koa ny Tompo mipetraka eo ambonin’ ny seza fiandrianany avo sady manerinerina, ary nahafeno ny tempoly ny ^bebanaban’ akanjony.

2 Nitsangana teo ambonin’ io ny “serafima; samy nanana elatra enina avy; ny roa nanaronany ny tavany ary ny roa nanaronany ny tongony ary ny roa nanidinany.

3 Ary nifampiantsoantso izy ka nanao hoe: Masina, masina, masina, ny Tompon’ ny Maro; henika ny voninahiny ny tany manontolo.

4 Ary nihozongozona ny “tokonam-baravarana noho ny feon’ ilay niantsoantso ary feno setroka ny trano.

5 Dia hoy aho tamin’ izay: Lozako! “maty aho; satria lehilahy maloto molotra aho; ary monina eo anivon’ ny olona maloto molotra; nefa ny masoko efa nahita ny Mpanjaka, ny Tompon’ ny Maro.

6 Dia nanidina nanatona ahy tamin’ izay ny anankiray tamin’

26a TSM Faneva.

b NA sioka; i.e, feo fanairana ho amin’ ny fanangonana. Isa. 7:18; 2 Ne. 29:2.

d TSM Isiraely—Ny fanangonana ny

Isiraely.

29a 3 Ne. 21:12–13.

16 1a IE tokony ho 750 talohan’ i J.K.

b IE ny sombin’ ny fitafiany, na ny silany.

2a TSM Kerobima.

4a HEB. nihorohoro ny fototry ny tokenana.

5a HEB. noesorina; i.e ankon’ ny fahatsapan-tena noho ny fahotany sy ny an’ ny vahoakany izy.

ireo serafima nitondra “vainafo teny an-tanany izay nalainy tamin’ ny tandra avy teo amin’ ny alitara;

7 Ary natehiny ny vavako izany ka hoy izy: Indro, efa nitehika ny molotrao io; ary esorina ny “helokao ary avela ny fahotanao.

8 Ary nandre ny feon’ ny Tompo koa aho, nanao hoe: Iza no hirahiko ary iza no handeha ho irakay? Dia hoy aho tamin’ izay: Inty aho; iraho aho.

9 Dia hoy Izy: Mandehana ka lazao amin’ ity vahoaka ity hoe—Mandrenesa tokoa ianao, fa tsy nahazo izy; ary mijere tokoa ianao, fa tsy nahita izy.

10 Ataovy matavy ny fon’ ity vahoaka ity sy ataovy lalodalovana ny sofiny ary akimpio ny masonry—fandrao hahita amin’ ny masonry izy sy “handre amin’ ny sofiny ary hahazo amin’ ny fony ka hiova fo ary ho sitrana.

11 Ary hoy aho tamin’ izay: Tompo ô, mandra-pahoviana? Ary hoy Izy: Mandra-panjarian’ ny tanàna ho foana tsy misy mponina sy ny trano tsy misy olona ary ny tanàna ho aolo tanteraka;

12 Ary ny Tompo efa “namin-dra ny olona any lavitra fa hisy famoizana lehibe eo afovoan’ ny tany.

13 Nefa mbola hisy am-pahafolony, ary hiverina ireo ary ho

levona toy ny terebinta sy ny oaka izay ao anatin’ ny votoatiny rehefa manintsan-dravina izy; ka ny taranaka masina no ho “votoatiny.

TOKO 17

Namaky ady tamin’ i Joda i Efraïma sy i Syria—Hateraky ny virijiny i Kristy—Ampitahao amin’ i Isaia 7. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia tamin’ ny andron’ i Ahaza zanakalahin’ i Jotama, izay zanakalahin’ i Ozia mpanjakan’ i Joda, no niakaran’ i Rezina mpanjakan’ i Syria sy i Peka zanakalahin’ i Remalia, mpanjakan’ i Isiraely, hankany Jerosalema mba hiady aminy, nefa tsy naharesy azy izy.

2 Ary nolazaina tamin’ ny mpianakavin’ i Davida hoe: Miandany amin’ i Syria i “Efraïma. Dia nihararetra ny fony sy ny fon’ ny vahoakany toy ny fihararetran’ ny hazo any an’ ala amin’ ny rivotra.

3 Tamin’ izay dia hoy ny Tompo tamin’ i Isaia: Mandehana ankehitriny ianao sy i “Searajasoba, zanaka lahy, hitsena an’ i Ahaza eo amin’ ny faran’ ny lakandranon’ ny farihy ambony, eo amin’ ny lalambe mankamin’ ny sahan’ ny mpanasa lamba;

4 Ary lazao aminy hoe: Mitan-

6a IE tandindon’ ny fanadiovana.

7a TSM Famelana ny Fahotana.

10a Mat. 13:14–15.

12a 2 Mpan. 17:18, 20.

13a IE Toy ny hazo, na

dia mihintsana aza ny raviny, dia mbola velona ihany ary mbola afaka mamoa voa.

17 2a IE Isiraely tavaratra rehetra dia nantsoina

tamin’ ny anarana hoe Efraïma, izay foko nitarika azy ireo.

3a HEB. hiverina ny sisa tavela.

drema, ary mitonia; “aza matahotra, aoka tsy ho reraka ny fonao, satria midonaka ireo tapa-porohana roa ireo, dia ny fahatezeran-dRezina mivaivay amin’ i Syria sy ny an’ ny zanakalahin-dRemalia.

5 Noho i Syria sy i Efraima ary ny zanakalahin’ i Remalia efa nanao teti-dratsy hanohitra anao ka nanao hoe:

6 Andeha isika hanani-bohitra any Joda ary hampahadikidiky azy sy “hanao famaharana ao ho antsika, ary hametrahantsika mpanjaka iray eo anivony, eny, dia ny zanakalahin’ i Tabeala izany.

7 Iza no lazain’ ny Tompo Andriamanitra: Sady tsy hitranga izany no tsy ho tanteraka.

8 Fa i Damasy no lohan’ i Syria ary i Rezina no lohan’ i Damaskosy; ary ao anatin’ ny dimy amby enimpolo taona dia ho potika i Efraima ka tsy ho vannon-ko firenena intsony.

9 Ary i Samaria no lohan’ i Efraima ary ny zanakalahin’ i Remalia no lohan’ i Samaria. Raha “tsy mety mino ianareo dia tsy ho tafatoetra marina tokoa.

10 Ankoatra izany dia niteny tamin’ i Ahaza indray ny Tompo, nanao hoe:

11 Mangataha ianao “famantarana amin’ ny Tompo Andriamanitrao; angataho izany na ho

ao amin’ ny lalina, na ho eny amin’ ny avo eny ambony.

12 Nefa hoy i Ahaza: Sady tsy hangataka aho no tsy “haka fanahy ny Tompo.

13 Ary hoy izy: Mihainoa ianareo ankehitriny, Ry mpianakavin’ i Davida; moa zava-bitika aminareo va ny manasatra ny olona no dia hanasatra ny Andriamanitra koa ianareo?

14 Koa ny Tompo mihitsy no hanome famantarana anareo—Indro, hitoe-jaza ny “virijiny ka hiteraka zazalahy ary hanao ny anarany hoe ^bImanoela.

15 Hero-dronono sy tantely no hohaniny mba hahaizany mandà ny ratsy ka hifidy ny tsara.

16 Fa mialohan’ ny hahaizan’ ny “zaza mandà ny ratsy ka mifidy ny tsara, dia hohafoin’ ireo mpanjaka ^broa ireo ny firenena izay ankahalainao.

17 Ny Tompo “hahatonga aminao sy amin’ ny olonao ary amin’ ny ankehonon-drainao andro izay tsy mbola nisy toa azy hatramin’ ny andro nialan’ i ^bEfraima tany Joda, mpanjakan’ i Asyria.

18 Ary ny zavatra hitranga amin’ izany andro izany dia “hisiaka hiantso ny lalitra izay any amin’ ny faritanin’ i Egipta lavitra indrindra ny Tompo sy ny renitantely izay any amin’ ny tany Asyria.

4a IE Aza malahelo ny amin’ ny fanafihana, kely sisa ny hery ananan’ireo mpanjaka roa ireo.
6a HEB. hozaraina izy.
9a 2 Tan. 20:20.
11a TSM Famantarana.

12a IE mitsapa, mizaha, na misedra.
14a TSM Virijiny.
b HEB. Miaraka amintsika Andriamanitra.
TSM Imanoela.
16a 2 Ne. 18:4.

b 2 Mpan. 15:30; 16:9.
17a 2 Tan. 28:19–21.
b 1 Mpan. 12:16–19.
18a NA sioka, i.e famantarana, fanairana.
Isa. 5:26.

19 Dia ho avy ireo, ka samy hiala sasatra eny amin' ny lohasaha aolo sy eny an-tsefatsefaky ny harambato ary eny amin' ny tsilo rehetra eny sy eny amin' ny kirihitra rehetra eny.

20 Amin' izany andro izany ihany no "hanaratan' ny Tompo ny loha sy ny volon-tongotra amin' ny hareza nohofain' ireo izay teny am-pitan' ny renirano sy ny ^bmpanjakan' i Asyria; ary hokakasana aminy koa ny volom-bava.

21 Ary ny zavatra hitranga amin' izany andro izany dia ny olona iray "hamahana ombivavy tanora iray sy ondrivavy roa;

22 Ary ny zavatra nitranga, noho ny habetsahan' ny ronono homen' ireo biby ireo, dia hihi-nana rononomandry izy; satria rononomandry sy tantely no hohanin' ny olona rehetra sisa tavela amin' ny tany.

23 Ary ny zavatra hitranga amin' izany andro izany dia ny toerana rehetra nisy tahom-boaloboka arivo izay lafo sekely "volafotsy arivo, dia ho rakotra hery sy tsilo.

24 Zana-tsipika sy tsipika no hoentiny ny olona mankao, satria ny tany manontolo dia hanjary hery sy tsilo.

25 Ary tsy hisy hankamin' ireo havoana rehetra izay nohevoina tamin' ny angady ireo, noho ny fahatahorana ny hery sy ny tsilo; fa ho falehan' ny omby ireny

ary ho voahitsakitsaky ny biby "fiompy madinika.

TOKO 18

Ho toy ny vato mahatafintohina sy vatolampy mahasolafaka i Kristy — Tadiavo ny Tompo fa tsy ireo mpisikidy mitsiatsiaka — Itodiho ny lalàna sy ny fanambarana mba ho torolalana — Ampitahao amin' i Isaia 8. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

Hoy ihany ny tenin' ny Tompo tamiko: Mangalà horonan-taratasy iray lehibe ka soraty amin' izany amin' ny penin' ny olona ny momba an' i "Mahera-salalahasi-baza.

2 Ary naka "vavolombelona mahatoky ho ahy aho mba hanoratra, dia i Oria mpisorona sy i Zekaria, zanakalahin' i Jebereka.

3 Ary nankany amin' ny "mpaminivavy aho; ary nitoe-jaza izy ka tera-dahy. Hoy ny Tompo tamiko tamin' izay: Antsoy hoe Mahera-salalahasi-baza ny anarany.

4 Fa indro, "mialohan' ny haizaizan' io ^bzaza io manonona hoe Ikaky sy Ineny, dia hoentina eo anatrehan' ny mpanjakan' i Asyria ny haren' i Damaskosy sy ny "babon' i Samaria.

5 Mbola niteny tamiko indray ny Tompo, nanao hoe:

6 Satria ity firenena ity mandà

20a IE Hozanahin' ny mpanafika vahiny ny tany.

b 2 Mpan. 16:5–9.

21a IE Olona vitsy mahavita tena no ho

hany tavela.

23a NA vola volafotsy.

25a HEB. ondry, na osy.

18 1a IE mananontanona ny fandravana.

2a TSM Vavolombelona.

3a IE ny vadiny.

4a Isa. 8:4.

b 2 Ne. 17:16.

d 2 Mpan. 15:29.

ny ranon' i "Siloa izay misononoka miadana, ary mifaly amin-^bdRezina sy amin' ny zanakalahin' i Remalia;

7 Dia ankehitriny, indro, mampiakatra eo amin' "ireo ny renirano izay mahery sady betsaka ny Tompo, dia ny mpanjakan' i Asyria sy ny voninahiny rehetra; ary hanondraka ny masondranony rehetra izy, ary hihoarany avokoa ny morony.

8 Ary "hamakivaky an' i Joda izy; hanafotra izy sy hihoatra, na dia hisondrotra havozone aza; ary ny fivelaran' ny elany dia hahenika ny ambaindain' ny taninao, Ry ^bImanoela.

9 "Mivondrona ianareo, ry firenena ary ianareo dia homontsamontsanina; atongilano ny sofinareo ry firenena lavitra rehetra; misikina ianareo, ary ianareo dia homontsamontsanina; misikina ianareo, ary ianareo dia homontsamontsanina.

10 Milà hevitra miaraka, ary ho tsinontsinona izany; manomeza baiko, ary tsy hahomby izany; "fa momba anay Andriamanitra.

11 Fa niteny toy izany tamiko ny Tompo tamin' ny tanana mahery ary nananatra ahy tsy

handeha amin' ny falehan' ity firenena ity, nanao hoe:

12 Aza lazainareo hoe "tsikombakomba izay rehetra lazain' ity firenena ity ho tsikombakomba; sady aza matahotra izay atahorany na manahy ianareo.

13 Manamasina ny Tompon' ny Maro, ary aoka Izy no "hatahoranareo, ary aoka Izy no hangovitanareo.

14 Dia ho "fialofana Izy; fa ho ^bvato mahatafintohina sy ho vatolampy mahasolafaka kosa ho an' ireo mpianakavy roa amin' i Isiraely sady fandrika no tadvavarana ho an' ny mponina ao Jerosalema.

15 Ary maro aminy no ho "tafintohina ka ho lavo sy ho torotoro, ary ho voafandrika sy ho voasambotra.

16 Fehezo ny fanambarana ary asio toambo-kase ny "lalàna eo anivon' ny mpianatro.

17 Ary izaho hatoky ny Tompo izay "manafina ny tavany amin' ny mpianakavin' i Jakoba ary hiandrindra Azy aho.

18 Indro, izaho sy ny zaza izay efa nomen' ny Tompo ahy dia "famantarana sy fahagagana amin' i Isiraely avy amin' ny

6a Gen. 49:10; DJS, Gen. 50:24.

b Isa. 7:1.

7a IE eo amin' Isiraely tavaratra no voalohany.

8a IE Hiditra ao Joda ihany koa i Asyria. b TSM Imanoela.

9a IE Manao fanekena.

10a IE Tsy ho kasihina i Joda (tanin' i Imanoela). Sal. 46:7.

12a IE Tsy tokony hiantehitra amin' ny tsikobakomba miafin' ny hafa i Joda ho fialofany.

13a IE Mahaiza manaja sy manetry tena eo anoloan' Andriamanitra.

14a Ezek. 11:15-21.

b 1 Pet. 2:4-8; Jakôba 4:14-15.

15a Mat. 21:42-44.

16a HEB. fampianarana, na fotopampianarana. TSM Filazantsara.

17a Isa. 54:8.

18a IE ny anaran' i Isaia sy ireo zanany lahy dia midika avy hoe; "Jehovah no mamonjy"; "Mihaino vavaka izy"; ary "Hiverina ireo sisa tavela."

2 Ne. 17:3; 18:3.

Tompon' ny Maro, izay monina ao an-Tendrombohitr' i Ziona.

19 Ary raha hilaza aminareo izy hoe: Milà torohevitra amin' ireo izay "miantso ny maty sy ny ^bmpisikidy izay mitsiatsiaka sy mimenomenona —^dmoa tsy ny Andriamaniny ihany va no tokony hadikadinin' ny olona mba hahainoan' ny velona izay 'manjo ny maty?

20 Amin' ny lalàna sy ny fanambarana; ary "raha tsy mite-ny araka izany teny izany izy, dia satria tsy misy hazavana ao aminy.

21 Ary "hamakivaky izany izy, fadiranovana be tokoa sy mosarena; ary ny zavatra hitranga, rehefa mosarena izy, dia hisafoaka ny tenany ka hanozona ny mpanjakany sy ny Andriamaniny ary hian-drandra.

22 Ary hijery ny tany izy ary hahita fahasahiranana sy haizina, haizin' ny famoizam-po, ary horoahina hankany amin' ny haizina izy.

TOKO 19

Niteny ho an' ny Mesia i Isaia — Hahita mazava lehibe ny olona ao amin' ny haizina — Zaza no nateraka ho antsika — Ho Andrian' ny Fiadanana Izy ary hanjaka eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida —

Ampitahao amin' i Isaia 9. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

KANEFA tsy ho tahaka ny tamin' ny androm-pahorianty ny haizina, fony izy nampijaly kely foana ny "tany Zebolona sy ny tany Naftalia tany am-boalohany sy rehefa nampitondra faisana izy tato aoriana tamin' ny lalana amoron' ny Ranomasina Mena, ampitan' i Jordana, any Galilia misy ireo firenena maro.

2 Ny olona izay nandeha tao amin' ny "haizina dia efa nahita hazavana lehibe; ireo izay mitoetra ao amin' ny tany aloky ny fahafatesana no efa niposahan' ny hazavana.

3 Hamaroinao ny firenena ary "ampitomboinao ny fifaliana — mifaly eo anatrehanao izy toy ny fifaliana amin' ny fararano sy toy ny olona mifaly raha mizara babo.

4 Fa notapahinao ny ziogan' ny enta-mavesany sy ny bao teo antsonony ary ny tsorakazon' ny mpampahory azy.

5 Fa ny ady rehetra an' ny mpiady dia arahina horakoraka mifanjevo sy fitafiana mihosindra; nefa dia hodorana izany, ary ho kitay ho an' ny afo.

6 Fa "zaza no teraka ho antsika; zazalahy no omena antsika, ary ny ^bfanapahana dia ho eo antsonony; ary ny anarany antsoina hoe: Mahagaga, Mpanolo-

19a Lev. 20:6.

^b IE mpamosavy, mpanandro.

^d 1 Sam. 28:6–20.

^e NA misolo tena an' ny.

20a IE mpitory teny matianina (andiny)

20–21 ihany koa).

21a IE Hoentina ho babo i Isiraely noho izy ireo minia tsy mihaino.

19 1a Mat. 4:12–16.

2a Ny "haizina" dia ny apôstazia sy ny

fahababoana, i Kristy no ilay "fahazavana lehibe."

3a Isa. 9:3.

6a Isa. 7:14; Lio. 2:11.

^b Mat. 28:18.

tsaina, ^dAndriamanitra Mahery, Ny ^eRay Maharitra Mandrakizay, Ny Andrian' ny ^fFiadanana.

7 Ny fitomboan' ny ^afanapahany sy ny fiadanany dia ^btsy misy fetra eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida sy eo amin' ny fanjakany mba handidiany sy hampiozenany azy araka ny hitsiny sy ny rariny, hatramin' izao ka ho mandrakizay. Ny faharisihan' ny Tompon' ny Maro no hanatanteraka izany.

8 Nandefa ny teniny ho an' i Jakoba ny Tompo, ary efa nianjera tamin' i ^aIsiraely izany.

9 Ary ho fantatry ny olona rehetra na dia i Efraïma sy ny mponina any Samaria aza, izay miteny amin' ny fiavonavonana sy fireharehan' ny fo hoe:

10 Efa mirodana ny biriky, nefa hanorina amin' ny vato voapaika isika; efa voakapa ny aviavy fa hosolointsika sedera kosa izy.

11 Koa ny Tompo no hanangana ny fahavalon-^adRezina hano-hitra azy ary hampiray hina ny fahavalony Izy;

12 Ny Syriana eo anoloana ary ny Filistina atỳ aoriana; ary ^ahitelina an' i Isiraely amin' ny vavany mitanatana ireo. Na dia eo aza izany rehetra izany dia tsy mitony ny ^bfahatezerany fa mbola mihinjitra ny tanany.

13 Satria ny olona tsy ^amitodi-

ka amin' izay mamely azy sady tsy mitady ny Tompon' ny Maro.

14 Noho izany dia hotapahin' ny Tompo hiala amin' i Isiraely ao anatin' ny indray andro ny loha sy ny rambo, ny sampan-drofia sy ny zozoro.

15 Ny zokiolona, izy no loha; ary ny mpaminany izay mam-pianatra lainga, izy no rambo.

16 Fa ny mpitondra ity vahoaka ity no mampaniasia azy; ary ireo izay tarihiny dia fongana.

17 Koa tsy hanam-pifaliana amin' ny zatovolahiny ny Tompo sady tsy hanana ^afamindram-po amin' ny kambotiny sy ny mpitondratenany; satria izy rehetra dia samy mpihatsaravelatsihy sy mpanao ratsy, ary ny vava tsirairay dia miteny ^bhadalana. Na dia eo aza izany rehetra izany, dia tsy mitony ny fahatezerany fa mbola mihinjitra ny ^atanany.

18 Fa mirehitra toy ny afo ny faharatsiana; handevona ny hery sy ny tsilo izany sady hampiredaka ny ala mikirindro ka hitambolina hiakatra ireo toy ny fiakaran' ny setroka.

19 Noho ny fahaviniran' ny Tompon' ny Maro dia nihamainina ny tany ary haroso ny afo toy ny kitay ny olona; ^atsy hisy hitsitsy ny rahalahiny.

20 Handroba amin' ny tanany havanana izy fa ho noana ihany;

6d Tito. 2:13-14.

e Almà 11:38-39, 44.

f Jao. 14:27.

7a TSM Fitondrampanjakana.

b Dan. 2:44.

8a IE Ny hafatra faminiana

manaraka (andiny 8-21) dia fampitandremana ho an' ny foko tavaratra folo, antsoina hoe Isiraely.

11a 2 Mpan. 16:5-9.

12a 2 Mpan. 17:6, 18.

b Isa. 5:25; 10:4.

13a Amo. 4:6-12.

17a TSM Famindram-po.

b 2 Ne. 9:28-29.

d Jakôba 5:47; 6:4.

19a Mika 7:2-6.

ary “hihinana amin’ ny tanany havia fa tsy ho voky; samy hihinana ny nofon-tsandriny avy ny tsirairay —

21 I “Manase hamely an’ i ^bEfraïma, ary i Efraïma hamely an’ i Manase; hiara-hamely an’ i ^dJoda izy roa tonta. Na dia eo aza izany rehetra izany dia tsy mitony ny fahatezerany fa mbo-la mihinjitra ny tanany.

TOKO 20

Ny fandravana an’ i Asyria dia tandindon’ ny famongorana ny olon-dratsy amin’ ny Fiaviany Fanindroany—Olom-bitsy no ho tavela aorian’ ny Fiavian’ ny Tompo indray—Hiverina ny sisa tavela amin’ i Jakoba amin’ izany andro izany—Ampitahao amin’ i Isaia 10. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

LOZAN’ izay mamoaka laàna tsy marina sy izay manoratra fampahoriana izay efa nampanoratiny;

2 Mba hampiala ny mahantra amin’ ny “fitsarana sy hanala ny zony amin’ ireo malahelo amin’ ny oloko ka hahatonga ny ^bmpitondratena ho rembiny sy hahazoany mandroba ny kamboty!

3 Ary inona no hataonareo amin’ ny andron’ ny “famaliana sy amin’ ny fandravana izay ho tonga avy lavitra? Any amin’ iza no handosiranareo hila vonjy?

Ary aiza no hametrahamanareo ny voninahitrareo?

4 Tsy eo Aho ka hiankohoka ambanin’ ny mpifatotra izy sy ho faty ambanin’ ny voavono. Na dia eo aza izany rehetra izany dia tsy mitony ny fahatezerany fa mbola mihinjitra ny tanany.

5 Ry Asyriana, tsorakazon’ ny fahatezerako, ary ny tehina eny an-tanany dia ny “fahavinirany.

6 Haniraka azy Aho “hamely firenena mpihatsaravelatsihy, ka amin’ ny olona mahatezitra Ahy izy no homeko baiko haka ny babo sy haka ny remby ary hanosihosy azy toy ny fotaka eny amin’ ny lalana.

7 Kanefa tsy mikasa hanao izany izy sady tsy mieritreritra izany ny fony; fa ny handrava sy hamongotra firenena tsy vitsy no ao am-pony.

8 Fa hoy izy: Moa tsy mpanjaka avokoa va ireny printsiko ireny?

9 Tsy tahaka an’ i Karkemis y va i Kalno? Tsy tahaka an’ i Arpada va i Hamata? Tsy tahaka an’ i Damaskosy va i Samaria?

10 Tahaka ny efa nanorenan’ ny “tanako ny fanjakan’ ny sampy ary ny sarin-javatra voasokitra, ny azy dia nanoatra noho ny an’ i Jerosalema sy ny an’ i Samaria;

11 Tsy toy ny efa nataoko tamin’ i Samaria sy ny sampiny va no hataoko koa amin’ i Jerosalema sy ny sampiny?

12 Noho izany ny zavatra hitranga, rehefa nahatontosa ny

20a Deot. 28:53–57.

21a TSM Manase.

b TSM Efraïma.

d TSM Joda.

20 2a NA Fahamarinana.

b TSM Mpitondratena.

3a IE sazy.

5a Isa. 10:5.

6a IE manohitra an’ i

Isiraely.

10a IE ny tanan’ ny mpanjaka Asyriana (andiny 10–11).

asany rehetra tamin' ny Tendrombohitry i Ziona sy tamin' i Jerosalema ny Tompo, dia ho faiziko ny "vokatry ny fiavononon' ny fon' ny mpanjakan' i bAsyria sy ny reharenan' ny fjeriny miandranandranana.

13 Fa hoy "izy: Tamin' ny herin' ny tanako sy tamin' ny fahendreko no efa nanaovako ireo zavatra ireo; fa malina aho; ary namindra ny sisintanin' ny olona aho sy namabo ny haren' ary nandresy ny mponina toy ny lehilahy mahery;

14 Ary tahaka ny fihazana aka-nim-borona no fihazana' ny tanako ny haren' ny olona; ary tahaka ny famoriana atody izay nilaozana no namoriako ny tany manontolo; ary tsy nisy nikopaka elatra na nisoka-bava na nisiatsiaka.

15 "Hirehareha amin' izay mi-kapa aminy va ny b'famaky? Hanindrahindra ny tenany amin' izay manatsofa aminy va ny tsofa? Tahaka ny hanetsehan' ny tsora-kazo ny tenany amin' izay manainga azy, na tahaka ny hanaingan' ny tehana ny tenany, miova tsy ny hazo!

16 Noho izany ny Tompo, ny Tompon' ny Maro dia handefa fahiazana any anivon'

ny olo-mataviny; ary ao ambanin' ny "voninahiny Izy no hamelona afo toy ny firehitry ny afo iray.

17 Ary ny fahazavan' i Isiraely hanjary afo, ary ny Iray Masiny no ho lelafo izay hirehitra ka handevona ny tsilo sy ny hery ao anatin' ny indray andro;

18 Ary holevoniny ny reharenan' ny alany sy ny sahany mahavokatra, na "fanahy na vatana; ary izy dia ho toy ny rehefa torana ny mpitondra faneva.

19 Ary ho vitsy ny hazo "tavela amin' ny alany ka ho azon' ny zaza soratana.

20 Ary ny zavatra hitranga amin' "izany andro izany dia ny Isiraely sisa tavela sy ny ierendoza amin' ny b'mpianakavin' i Jakoba dia tsy d'hiankina intsony amin' izay nikapoka azy fa hiankina kosa amin' ny Tompo, ny Iray Masin' ny Isiraely marina tokoa.

21 Ny "sisa tavela dia hiverina, eny, dia ny sisa tavela tamin' i Jakoba, ho amin' Andriamanitra Mahery.

22 Fa na dia tahaka ny fasiky ny ranomasina aza ny olonao ry Isiraely, dia izay sisa tavela aminy ihany no hiverina; ny "famongorana efa notinapaka

12a IE ny fireharehan' ny mpiavonavona.

b Zef. 2:13.

13a IE ny mpanjakan' ny Asyria (andiny 13–14).

15a Mametraka fanontaniana mitovy ny sarinteny rehetra ao amin' ity andiny ity: Moa va ny olona (i.e

ny mpanjaka Asyriana) afaka hiroborobo raha manohitra an' Andriamanitra?

b IE oharin' ny mpaminany amin' ny fitaovana ny mpanjaka.

16a IE ny mpanjakan' ny Asyria (andiny 17–19 ihany koa).

18a IE ho levona tanteraka i Asyria.

19a IE ny sisa tavela amin' ny tafik' i Asyria.

20a IE andro farany.

b Amo. 9:8–9.

d IE miantehitra amin' ny.

21a Isa. 11:11–12.

22a F&F 63:34.

TSM Izaio Tontolo Izaio—Faran' ny tany.

dia ^bhampitobaka ny fahamari-nana.

23 Fa ny Tompo Andriamanitry ny Maro dia “hanao ny famongorana, dia izay notinapaka tamin’ ny tany rehetra.

24 Noho izany, izao no lazain’ Andriamanitra, ny Tompon’ ny Maro: Ry oloko izay mitoetra ao Ziona, aza matahotra ny Asyriana; hikapoka anao amin’ ny tsora-kazo izy sy hanainga ny tehiny aminao araka ny “fanao tany Egipta.

25 Fa rehefa afaka kely foana, dia hitsahatra ny fahavinirana sy ny fahatezerako noho ny faharinganany.

26 Ary ny Tompon’ ny Maro hahatonga kotopia aminy taha-ka ny fandripahana ny “Midiana teo amin’ ny vatolampin’ i Oreba; ary toy ny tehiny teo ambonin’ ny ranomasina no hanaingany azy koa araka ny fanao tany Egipta.

27 Ary ny zavatra hitranga amin’ izany andro izany dia hoesorina hiala avy eo an-tsorokao ny “enta-mavesany ary ny zioga ho afaka avy eo amin’ ny vozona ka hopotehina ny zioga noho ny ^bfanosorana.

28 Tonga ao Aiata “izy, mamekivaky an’ i Migrona izy; mame-traka ny entany ao Mikmasy izy.

29 Mihoatra ny hadilalana ireo; milasy ao Geba ireo; matahotra i

Ramata; mandositra i Gibean’ i Saoly.

30 Asandrato ny feo, Ry zanakavavin’ i Galima; ataovy izay haharesana izany hatrany Laisy, Ry Anatota mahantra.

31 Mandositra i Madmena; miangona mba hiara-mandositra ny mponina ao Gebima.

32 Nefa mbola hijanona ao Noba izy amin’ izany andro izany; hanofahofa ny tanany amin’ ny tendrombohitry ny zanakavavin’ i Ziona izy, ny havoan’ i Jerosalema.

33 Indro, ny Tompo, ny Tompon’ ny Maro handratsana ny sampany amin’ ny fampihoro-horoana; ary hotapahiny fohy ireo izay “avo ny tsanganany; ary haetry ireo izay mianjonanjona.

34 Dia hokapainy amin’ ny vy ny ala mikirindro, ary halavon’ ny mahery iray i Libanona.

TOKO 21

Hitsara araka ny rariny ny vatan’ i Jese (i Kristy)—Hahenika ny tany ny fahalalana an’ Andriamanitra amin’ ny Arivotaona—Hanangana faneva ny Tompo ka hanangona an’ i Isiraely—Ampitahao amin’ i Isaia 11. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

ARY hisy “solofa hitsimoka amin’

22^b IE Na dia tonga aza ny famaizana, dia mbola hisy ny famindram-po.

23^a IE mahatonga ny lalana fandravana.

24^a IE toy ny nataon’ ny Egiptiana fahiny.

Eks. 1:13–14.

26^a Gen. 25:1–2; Mpits. 7:25.

27^a Isa. 14:25.

^b TSM Ilay Voahosotra.

28^a IE efa voasoritra mialoha ny fizotran’ ny tafika Asyriana

mankany Jerosalema; ary (andininy 33–34) voafaritra amin’ ny ambangovangony ny asan’ ny Tompo hanohitra azy ireo.

33^a Hel. 4:12–13.

21 1^a F&F 113:3–4.

ny ^bvatan' i ^dJese ary hisy sampana haniry amin' ny fakany.

2 Ary ny ^aFanahin' ny Tompo hitoetra Aminy, dia ny fanahin' ny fahendrena sy ny fahazavantsaina, ny fanahin' ny fanoloran-tsaina sy ny faherezana, ny fanahin' ny fahalalana sy ny fatahorana ny Tompo;

3 Ka hahatonga ny faharani-tan-tsainy ho mailaka amin' ny fahatahorana ny Tompo; dia tsy ^ahitsara araka ny hitan' ny masony Izy, na hitsara araka ny ren' ny sofiny.

4 Fa hitsara kosa ny mahantra araka ny ^arariny Izy ary ^bhitsara ny ^dmalemy fanahin' ny tany araka ny hitsiny; ary Izy hamely ny tany amin' ny tsora-kazon' ny vavany ary amin' ny fofonain' ny molony no hamonoany ny olon-dratsy.

5 Ary fahamarinana no ho sikina ^aam-balahany ary fahatokiana no ho fehin-kibo ambalahany.

6 Ny amboadia koa hiara-mitoetra amin' ny zanak' ondry ary ny leôparda hiara-mandry amin' ny zanak' osy ary ny zanak' omby sy ny liona tanora ary ny omby mifahy miaraka; ary zazakely no hiroaka azy.

7 Ary ny ombivavy sy ny bera

hiara-komana; ny zanany hiara-mandry; ary ny liona hihina-mololo toy ny omby.

8 Ary ny zaza minono hilalao amin' ny lavaky ny ^avipera ary ny zaza misara-nono hametraka ny tanany eo amin' ny ^blavaky ny menarana.

9 Sady ^atsy handratra no tsy handrava eran' ny tendrombohitro masina rehetra ireo fa ho henika ny ^bfahalalana ny Tompo ny tany, tahaka ny rano mandrakotra ny ranomasina.

10 Ary amin' ^aizany andro izany dia hisy ^bfakan' i Jese iray izay hitsangana ho fanevan' ny vahoaka; ^dIzy no hotadiavin' ny ^eJentilisa; ary ho feno voninahitra ny fitsaharany.

11 Ary ny zavatra hitranga amin' izany andro izany dia haninjitra ny tanany ^afanindroany indray ny Tompo mba hanavotra ny sisa tavela amin' ny vahoakany izay avy any Asyria sy avy any Egypta, sy avy any Patrosa, sy avy any Kosy, ary avy any Elama sy avy any Sinara, ary avy any Hamata sy avy amin' ireo nosin-dranomasina.

12 Ary Izy hanangana ^afaneva iray ho an' ny firenena ka hanangona ny ^bvoasesi-tany tamin'

1b F&F 113:1–2.

d I Jese no rain' i Davida; voalaza eto ny tetiaran' ireo mpanjaka taranak' i Davida izay hahaterahan' i Jesoa. Mika 5:2; Heb. 7:14.

TSM Jese.

2a Isa. 61:1–3.

3a Jao. 7:24.

4a Sal. 72:2–4;

Môsîa 29:12.

b HEB. manapa-kevitra.

d TSM Halemempahy.

5a NA kibo.

8a Bibilava kely misy poizina any Egypta.

b Bibilava hafa misy poizina.

9a Isa. 2:4.

TSM Arivotaona.

b F&F 101:32–33; 130:9.

10a IE ny andro farany.

JS—T 1:40.

b Roma. 15:12;

F&F 113:5–6.

d NA aminy.

e F&F 45:9–10.

11a 2 Ne. 6:14; 25:17; 29:1.

12a TSM Faneva.

b 3 Ne. 15:15; 16:1–4.

i Isiraely sy ^ahamory avy any amin' ny vazan-tany efatra ireo izay niely patrana tamin' i Joda.

13 Ho foana koa ny ^afialonan' i Efraima ary hofongorana ny fahavalon' i Joda; i Efraima tsy ^bhialona an' i ^dJoda, ary i Joda tsy hiantsy an' i Efraima.

14 Fa ^ahanidina kosa hankany andrefana eo ambony soroky ny Filistina ireo; hiara-mambabo ny avy any atsinanana ireo; haninjitra ny tanany amin' i Edoma sy i Moaba ireo; ary hanoa azy ny zanak' i Amona.

15 ^aHandritra tanteraka ny helodranomasin' i Egipta ny Tompo; ary amin' ny rivony mahery no hanetsiketsehany ny tanany eo ambonin' ny renirano sy hamelezany azy mba hisampanany fito ka hampandehanany ny olona tsy miala kapa.

16 Ary hisy ^alalana ho an' ny olony sisa izay ho tavela izay sisa avy any Asyria, toy ny nisian' izany ho an' i Isiraely tamin' ny andro niakarany avy tany amin' ny tany Egipta.

TOKO 22

Hidera ny Tompo ny olona rehetra amin' ny arivotaona—Honina eo anivony Izy—Ampitahao amin' i

Isaia 12. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

ARY amin' izany andro izany dia hiteny ianao hoe: Tompo ô, hidera Anao aho; fa na dia tezi-tra tamiko aza Ianao dia mitony ny fahatezeranao, ary mampionona ahy Ianao.

2 Indro, Andriamanitra no famonjena ahy; dia ^ahatoky aho ka tsy hatahotra; satria ^bJEHOVAH Tompo no heriko sy hirako; efa tonga famonjena ahy koa Izy.

3 Koa amin' ny fifaliana no hantsakanao ^arano ao amin' ny loharanom-pamonjena.

4 Ary amin' izany andro izany dia hiteny ianareo hoe: ^aMidera ny Tompo, miantsoa ny anarany, lazao amin' ny olona ny asany, ampahafantaro fa efa nasandra-tra ny anarany.

5 ^aMihira ho an' ny Tompo fa efa nanao zavatra tsara dia tsara Izy; fantatry ny tany iray manontolo izany.

6 ^aMiantsoa mafy sy mihobia ianao ry mponina ao Ziona; fa lehibe eo afovoanao ny Iray Masin' ny Isiraely.

TOKO 23

Ny fandravana an' i Babylona dia

12d Neh. 1:9;
1 Ne. 22:10–12;
F&F 45:24–25.
TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

13a Jer. 3:18.
^b Araka ny tantara dia mpifahavalo ny foko notarihin' i Joda sy i Efraima

(taorian' ny zavainitranga ao amin' ny 1 Mpan. 12:16–20).
Amin' ny andro farany dia hitsahatra izany fifandonana izany. Ezek. 37:16–22.
TSM Mialona.
^d TSM Joda.

14a IE manafika ny ilany andrefana izay faritry

ny Filistina.
15a Zak. 10:11.
16a Isa. 35:8; F&F 133:27.
22 2a Môsià 4:6; Hel. 12:1.
^b Eks. 15:2; Sal. 83:18.
TSM Jehovah.
3a TSM Rano Velona.
4a TSM Misaotra.
5a F&F 136:28.
6a Isa. 54:1; Zef. 3:14.

tandindon' ny famongorana amin' ny Fiaviany Fanindroany—Ho andron' ny fahatezerana sy ny valifaty izany—Hirodana mandrakizay i Babylona (izao tontolo izao)—Ampitahao amin' i Isaia 13. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

NY “loza mitatao amin' i ^bBabylona araka ny nahitan' i Isaia zanakalahin' i Amoza azy.

2 Manangàna ianareo “faneva eo amin' ny tendrombohitra avo, manandrata feo aminy, ^bhofay tanana izy hidirany amin' ny vavahadin' andriana.

3 Izaho efa nandidy ireo “nohamasiniko, efa niantso koa ireo maheriko Aho, satria ny fahatezerako dia tsy mba amin' ireo izay miravoravo noho ny fahamboniako.

4 Ny horakoraky ny valalabemandry any an-tendrombohitra dia toy ny an' ny vahoaka be, dia horakoraka mirohondrohon' ireo “fanjakan' ny firenena miara-^btafavory; misafo ny miaramila hiady ny Tompon' ny Maro.

5 Avy any an-tany lavitra ireo, avy any am-paravodilanitra, eny, ny Tompo sy ny fiadian' ny fahatezerany mba handrava ny tany manontolo.

6 Midradradradrà ianareo fa efa antomotra ny andron' ny

Tompo; ho tonga toy ny fandravana avy any amin' ny Tsitoha izany.

7 Koa hivalaketraka ny tanana rehetra, ho kivy ny fon' ny olona tsirairay;

8 Ary hatahotra izy; ho azon' ny fanaintainana sy ny alahelo izy; samy ho talanjona izy ka hifampijery; ho toy ny lelafo ny tarehiny.

9 Indro, avy ny andron' ny Tompo, dia fahasiahana sy fahatezerana ary fahavinirana mahamay mba hampanjary ny tany ho aolo; dia “hamongotra ny mpanota eo aminy Izy.

10 Fa na ny kintan' ny lanitra na ny telonohorefy dia tsy hanome ny hazavany; ny “masoandro hohamaizinina amin' ny fiposahany, ary ny volana tsy hampamiratra ny hazavany.

11 Ary Izaho “hanafay izao tontolo izao noho ny faharatsiana ary ny olon-dratsy noho ny helony; Izaho hampitsahatra ny fianjonanjon' ny ^bmpiavonavona ary haetrika ny fanambonian-tenan' ny mpampitahotra.

12 Hataoko sarobidy noho ny volamena voadio ny “olona; ho saro-tadiavina noho ny volamena avy any Ofira izy.

13 Koa Izaho hanozongozona ny lanitra, ary “hoesorina amin'

23 1a IE hafatra manambara fanamelohana.
b Ny tantaran' ny fandravana an' i Babylona ratsy fanahy araka ny faminiana ao amin' i Isaia 13 sy 14, dia tandindon' ny fandravana farany

ny ratsy fanahy rahetra eo amin' izao tontolo izao.
F&F 133:5, 7, 14.
TSM Babela, Babylona.
2a NA Faneva.
TSM Faneva.
b IE manofahofa tanana, manome famantarana.
3a IE Olomasina.

4a Zak. 14:2–3.
b Zak. 12:3.
9a TSM Tany—
Fandiovana ny tany.
10a TSM Izaio Tontolo Izaio—Faran' ny tany.
11a Mal. 4:1.
b F&F 64:24.
12a Isa. 4:1–4.
13a TSM Tany—Toetra faran' ny tany.

ny toerany ny tany noho ny fahatezeran' ny Tompon' ny Maro, ary amin' ny andron' ny fahatezerany mahamay izany.

14 Ary ho tahaka ny gazela hazaina izy sy ho tahaka ny ondry tsy misy mpanangona; dia samy hiverina any amin' ny va-hoakany avy ny tsirairay ary samy handositra hankany amin' ny taniny avy ny olona tsirairay.

15 Izay rehetra miavonavona dia hotrobarana; eny, ary izay rehetra mikambana amin' ny olon-dratsy dia halavo amin-tsabatra.

16 Homontsamontsanina eo imasony ny zanany; hobaboina ny tranony ary hosavihina ny vadiny.

17 Indro, hamporisihiko hamely azy ny Mediana izay tsy miraika amin' ny volafotsy na volamena sady tsy finaritra amin' ireny.

18 Hanamontsana ny zatovolahiny koa ny tsipikany; ary tsy hamindrany fo izay naloaky ny kibony; tsy hiantran' ny maso-ny ny zaza.

19 Ary Babylona, ilay reharehan' ny fanjakana, ilay "ravaky ny hatsarana ho an' ny Kaldeana, dia ho tahaka an' i ^bSodoma sy i Gomora izay noravan' Andriamanitra.

20 "Tsy honenana mandrakizay izy sady tsy hitoetra aminy ny taranaka fara mandimby: tsy hanangana lay ao ny Arabiana;

na hampandry ny ondriny ao ny mpiandry ondry.

21 Fa ny "bibidia any an' efitra kosa no hitoetra ao; ary ho feno biby manjonitra ny tranony; ka honina ao ny vorondolo, ary hifalihavanja ao ny ^bosidia.

22 Ary hinaonaona ao amin' ny "tranony aolo ireo bibidian' ny nosy ary ao an-dapany mahafinaritra ny ^bamboadia; ary antomotra ny hahatongavan' ny fotoany ka tsy hohalavaina ny androny. Fa Izaho handrava azy faingana tokoa; eny, hamindra fo amin' ny oloko Aho, fa hofongorana kosa ny olon-dratsy.

TOKO 24

Isiraely dia hangonina ary hankafy ny fitsaharan' ny arivotaona—Noroahina hiala tany an-danitra i Losifera noho ny fikomiany—Handresy an' i Babylona (izao tontolo izao) i Isiraely—Ampitahao amin' i Isaia 14. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

FA hamindra fo amin' i Jakoba ny Tompo ka "hifidy indray an' i Isiraely sy hampitoetra azy eo amin' ny taniny; dia hikambana aminy ny ^bvahiny ka hifikitra amin' ny mpianakavin' i Jakoba.

2 Ary haka azy ny "vahoaka sy hitondra azy any amin' ny toerany; eny, avy lavitra, avy any am-paran' ny tany; dia hody any amin' ny ^btany nampanantenai-

19a IE tsinontsinona.

b Gen. 19:24–25;

Deot. 29:23;

2 Ne. 13:9.

20a Jer. 50:3, 39–40.

21a Isa. 34:14–15.

b HEB. osilahy, na devoly.

22a HEB. lapa.

b HEB. (angamba) fosa, na amboadia.

24 1a Zak. 1:17.

b Isa. 60:3–5, 10.

2a IE Hisy firenena hafa hanampy an' i Isiraely.

b TSM Tany Nampanantenaina.

na azy izy. Ary ny mpianakavin' i Isiraely hizaka izany ho fananany ary ho an' ny "mpanompolahy sy ny mpanompovavy ny tanin' ny Tompo; ary izy hitondra ireny ho babo any amin' ireo izay nambabo azy; ary izy hanapaka ireo izay mpampahory azy.

3 Ary ny zavatra hitranga amin' izany andro izany, dia hanome anao "fitsaharana ny Tompo amin' ny alahelonao sy amin' ny tahotrao, ary amin' ny fanandevozana mafy izay nampanompoana anao.

4 Ary ny zavatra hitranga amin' izany andro izany dia hampiasa izao oha-pitenenana izao amin' ny mpanjakan' i "Babylona ianao ka hanao hoe: Endrey, nitsahatra ilay mpampahory, tsy ao intsony ilay tanàna volamena!

5 Efa notapatapahin' ny Tompo ny tehin' ny olon-dratsy sy ny tehim-piandrianan' ny mpitondra.

6 Izy ilay nikapoka ny vahoaka tamim-pahavinirana tamin' ny famelezana tsy an-kiato, Izy ilay nitondra ny firenena tamim-pahatezerana, dia enjehina ary tsy misy misakana.

7 Mandry fahalemana ny tany manontolo sady tony; "velonkira izy.

8 Eny, miravoravo noho ny aminao ny hazo kipreso ary koa ny sederan' i Libanona ka manao hoe: Hatramin' izay "nandavoana anao izay, dia tsy misy "mpikapa miakatra atỳ aminay.

9 Miontana ny "helo any ambany noho ny aminao ka hitsena anao amin' ny fiavianao; fohaziny ny "maty noho ny aminao, dia ireo mpanapaka rehetra tamin' ny tany izany; atsangany eo amin' ny seza fiandrianany avokoa ny mpanjakan' ny firenena.

10 Samy hiteny izy rehetra ka hanao aminao hoe: Hay zary osa toa anay koa ianao? Efa tonga tahaka anay ianao?

11 Aidina any am-pasana ny reharehanao; tsy heno ny feombalihananao; ny kankana no ilafihananao ary ny kankana no mandrakotra anao.

12 "Endrey latsaka avy any an-danitra ianao Ry "Losifera, zanaky ny maraina! Kapaina hianjera amin' ny tany ianao izay nampahosa ireo firenena!

13 Fa ianao efa nanao anakampo hoe: "Hiakatra any an-danitra aho ka hasandratro ho ambonin' ny kintan' Andriamanitra ny seza fiandrianako; hipetrahako koa eo ambonin' ny tendrombohitry ny

2d Isa. 60:14.

3a Jos. 1:13; F&F 84:24.

4a TSM Babela, Babylona.

7a Isa. 55:12.

8a IE ho faty.

b HEB. tsy tonga hiady amintsika ireo mpikapa (hazo).

9a TSM Helo.

b IE ireo fanahy tsy manana vatana.

12a F&F 76:26.

b HEB. kintan' ny maraina, zanaky ny maraina, ny mpanapaka eo

amin' ny tontolon'

ny ratsy fanahy (Babylona) dia voalaza fa i Losifera, ilay mpanapaka ny faharatsiana. TSM Devoly; Losifera.

13a Mos. 4:1-4.

fivoriana amin' ny lafiny bavaratra;

14 Hiakatra any ambonin' ny haavon' ny rahona aho; ho taha ka ny Avo Indrindra aho.

15 Kanjo hoentina midina hatrany amin' ny helo ianao, hatrany am-para-^avodilavaka.

16 Ireo Izay mahita anao, ^ahibanjina anao akaiky sy handinika anao ka hanao hoe: Moa io va ilay lehilahy izay nampihorohoro ny tany, izay nampihozongozona ny fanjakana?

17 Ka efa nahatonga ny tany toy ny foana sy nandrava ny tanànany sady tsy namoha ny tranon' ny mpifatony?

18 Ny mpanjaka rehetra amin' ny firenena, eny, izy rehetra dia mandry amin' ny voninahitra, samy any ^aan-tranony avy ny tsirairay.

19 Fa ianao kosa dia ariana any ivelan' ny fasanao toy ny ^asampana boboka, ary ny sisa tavela amin' ireo izay voavono, voatrobaky ny sabatra, izay mandeha midina hankao amin' ny ^bvato ao an-davaka; toy ny faty voahosihosin' ny tongotra.

20 Tsy hampiarahina amin' ireny ny fandevenana anao, satria efa nandrava ny taninao ianao sy nandripaka ny olonao;

tsy ho re laza mandrakizay ny ^ataranaky ny ^bmpanao ratsy.

21 Omano ny fandripahana ny zanany noho ny ^aheloky ny razany mba tsy hitsanganany na hizakany ny tany, na hame-noany izao tontolo izao amin' ny tanàna.

22 Fa Izaho no hitsangana hanohitra azy, hoy ny Tompon' ny Maro, ka hofongorako hiala amin' i Babylona ny ^aanarany sy ny sisa tavela mbamin' ny zanakalahy sy ny ^bzanakalahin' ny mpiray tampo, hoy ny Tompo.

23 Ary hataoko ^afonenan' ny vano izany sy fihandronan' ny rano; ary hofafako amin' ny ^bkifafan' ny fandranganana izany, hoy ny Tompon' ny Maro.

24 Ny Tompon' ny Maro efa nianiana, nanao hoe: Toy ny efa niheverako izany marina tokoa no hahatò izany; ary toy ny efa nikasako izany no hahatant-raka izany—

25 Fa hoentiko any amin' ny taniko ny ^aAsyriana mba hanosihoseko azy amin' ny faladia eny an-^btendrombohitro; dia hiala amin' ireo ny ^dziogany amin' izany ary hiala avy eo antsorok' ireo ny enta-mavesany.

26 Izany no zava-kinendry izay nokendrena ho an' ny tany manontolo; ary ity no tanana

13b IE ny fonenan' ireo andriamanitra araky ny finoana Babylonia. Sal. 48:2.

15a 1 Ne. 14:3.

16a HEB. mibanjina anao ary mandinika ny aminao.

18a IE ny fasan' ny fianakaviany.

19a IE sampana voahilika, nokapaina sy nariana.

b IE amin' ny farany ambany indrindra. 20a Sal. 21:10–11; 37:28.

b TSM Faharatsiana.

21a Eks. 20:5.

22a Ohab. 10:7.

b Joba 18:19.

23a Isa. 34:11–15.

b NA kifafa.

25a Niova ny amin' ny fanafihan' i Asyria sy ny faharavan' i Joda ny resaka, 701 talohan' i J.K. (andininy 24–27). 2 Mpan. 19:32–37; Isa. 37:33–38.

b IE ny tendrombohitra i Joda sy i Isiraely. d Isa. 10:27.

izay ahinjitra eo ambonin' ny "firenena rehetra.

27 Fa ny Tompon' ny Maro no efa nikasa ka iza no hahafoana? Ary ny tanany efa mihinjitra ka iza no hahalefitra izany?

28 Tamin' ny "taona nahafatesan' i ^bAhaza mpanjaka no nisian' izao loza mitatao izao.

29 Aza mifaly ianao ry Filistia iray manontolo, satria tapaka ny tsorakazon' ilay nikapoka anao; satria avy ao amin' ny fakan' ny bibilava no hivoahan' ny menarana, ary ny aterany ho tonga menaran' afo manidina.

30 Ary ny lahimatoan' ny ory hihinana ary ny faraidiny handry amim-pahatokiana; ary hataoko maty mosary kosa ny fakanao ka hamongotra ny sisa aminao izany.

31 Inaonaony, Ry vavahady; miantsoantsoa, Ry tanàna; levonina ianao ry Filistia iray manontolo; fa hisy setroka hitranga avy any avaratra ka tsy hisy hanirery amin' ny fotoana voatendryny.

32 Inona no havalin' ny iraky ny firenena amin' izany? Izao: Ny Tompo efa nanorina an' i "Ziona, ary ^bhatoky izany ny "mahantra amin' ny olony.

TOKO 25

Nirehareha ny amin' ny fanazavan-

tsaina i Nefia—Hazava ny faminanian' i Isaia amin' ny andro farany—Ny Jiosy dia hiverina avy any Babylona, hanombo ny Mesia sy haely patrana ary hampahoriana—Hampodiana izy rehefa mino ny Mesia—Ho tonga voalohany Izy, eninjato taona taorian' ny nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema—Nitandrina ny lalàn' i Mosesy ny Nefita sady nino an' i Kristy, dia ny Iray Masin' ny Isiraely. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY, izaho Nefia dia somary miresaka momba ny teny izay efa nosoratako, izay efa notenenin' ny vavan' i Isaia. Fa indro, i Isaia dia nilaza zavatra maro izay "sarotra ho an' ny ankamaroan' ny oloko ny mahazo izany; noho izy tsy mahalala ny fomban' ny faminania teo amin' ny Jiosy.

2 Fa izaho Nefia dia tsy nampianatra azy zavatra maro momba ny fomban' ny Jiosy; satria ny "asany dia asan' ny maizina ary ny ataony dia naneho fahavetavetana.

3 Koa manoratra ho an' ny oloko aho, ho an' ireo rehetra izay handray ireto zavatra izay soratako ireto rahatrizay mba hahazoany mahalala ny fitsaran' Andriamanitra izay hihatra amin' ny firenena rehetra, araka ny teny izay efa nolazainy.

4 Koa mihainoa ry vahoakako

26a IE Amin' ny farany dia horavana toa izany ireo firenen' izao tontolo izao rehetra.

28a IE Tokony ho 720 talohan' i J.K., ity

zioga na hafatra fanamelohana ity dia faminania momba ny Filistina, ary i Joda harovana.
b 2 Mpan. 16:20.
32a TSM Ziona.

b NA mitady fialofana amin' izany.
d Zef. 3:12.

25 1a 2 Ne. 25:5–6.
2a 2 Mpan. 17:13–20.

izay isan' ny mpianakavin' i Isiraely ary atongilano amin' ny teniko ny sofina; satria na dia tsy mazava aminareo aza ny tenin' i Isaia, dia mazava kosa izany amin' ireo rehetra izay heniky ny "fanahin' ny ^bfaminaniana. Fa omeko faminaniana iray ianareo araka ny fanahy izay ao anatiko; koa haminany aho araka ny ^dfahazavana izay efa nomba ahy hatry ny fotoana izay nandaozako an' i Jerosalema niaraka tamin-draiko; satria indro, finaritra ao amin' ny fanazavana ny sain' ny oloko ny fanahiko mba hahazoany mianatra.

5 Eny, finaritra amin' ny tenin' i "Isaia ny fanahiko fa nivoaka avy tany Jerosalema aho, ary ny masoko efa nahita ny zavatra ny ^bJiosy, ary fantatro fa ny Jiosy dia mahazo ny zavatra ny mpaminany, ary tsy misy olona hafa izay mahatakatra ny zavatra izay efa nolazaina ny Jiosy tahaka azy, raha tsy hoe efa nampianarina araka ny fombanjavatra teo amin' ny Jiosy izy.

6 Nefa indro izaho Nefia dia tsy nampianatra ny zanako araka ny fomban' ny Jiosy; nefa indro, izao tenako izao dia efa nonina tao Jerosalema, koa fantatro ny amin' ireo toerana manodidina; ary efa nasiako teny tamin' ny zanako ny momba ny fitsaran' Andriamanitra izay efa "nitrangana teo anivon' ny Jiosy

araka izay rehetra efa nolazain' i Isaia ka tsy hanoratra izany aho.

7 Nefa indro tohiziko ny faminaniako araka ny "fahazavantsaiko; izay nahalalako fa tsy misy olona afaka mandiso hevitra; kanefa, amin' ny andro izay hahato ireny faminanian' Isaia ireny, dia hahafantatra marina tokoa ny olona rehefa ho tanteraka izy ireny amin' ny fotoany.

8 Koa "manan-danja ho an' ny zanak' olombelona izy ireny, ary izay mihevitra fa tsy izany, dia ho azy indrindra no hitenenako, ary ferako ho an' ny ^boloko ihany ny teniko; satria fantatro fa izy ireny dia hanan-danja lehibe ho azy amin' ny ^dandro farany; satria amin' izany andro izany no hahatakarany azy ireny; koa mba hahasoa azy no nanoratako azy ireny.

9 Ary toy ny efa "namongorana ny taranaka iray teo amin' ny Jiosy noho ny helony, no efa namongorana ihany koa ny taranaka fara mandimby noho ny helony ary tsy nisy na oviana na oviana nofongorana taminy raha tsy efa ^bnampilaza mialoha taminy ny mpaminan' ny Tompo.

10 Noho izany dia efa nolazaina azy ny amin' ny famongorana izay hihatra aminy avy hatrany, taorian' ny nandaozan-draiko an' i Jerosalema; kanefa nanamafy ny fony izy; ary araka ny

4a TSM Fanahy Masina.

b TSM Faminaniana.

d 2 Ne. 31:3; 33:5-6;
Jakôba 4:13.

5a 1 Ne. 19:23;

3 Ne. 23:1.

b TSM Jiosy.

6a 2 Ne. 6:8;

Hel. 8:20-21.

7a 2 Ne. 32:7;

Almà 13:23.

8a TSM Soratra Masina—

Ny hasarobidin' ny

Soratra Masina.

b Enôsa 1:13-16;

Môm. 5:12-15;

F&F 3:16-20.

d TSM Andro Farany.

9a Jer. 39:4-10;

Mat. 23:37-38.

b Amo. 3:7; 1 Ne. 1:13.

faminaniako, dia efa ^afongana izy afa-tsy ireo izay ^bnentina ho babo tany Babylona.

11 Ary ankehitriny, izany no lazaiko noho ny fanahy izay ato anatiko. Ary na dia nentina any aza anefa izy dia mbola hiverina indray mba hizaka ny tanin' i Jerosalema; noho izany izy dia ^ahampodiana ho amin' ny laoniny indray any amin' ny tany lovany.

12 Nefa indro, ho tojo ady sy tabataban' ady izy; ary raha avy ny andro izay hanehoan' ny ^aZanaka Lahitokan' ny Ray, eny, dia ny Rain' ny lanitra sy ny tany, ny tenany ao amin' ny nofo aminy, dia indro hitsipaka Azy izy noho ny helony sy ny hamafin' ny fony ary ny fihenjanan' ny hatony.

13 Indro, ^ahohomboany Izy; ary rehefa avy nampandriana tao am-^bpasana nandritra ny ^atelo andro Izy, dia ^ahitsangana amin' ny maty miaraka amin' ny fanasitranana ao amin' ny elany; ary ireo rehetra izay hino ny anarany no hovonjena ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Koa finaritra amin' ny faminaniahana ny momba Azy ny fanahiko, satria efa ^anahita ny androny aho, ary ny foko dia midera ny anarany masina.

14 Ary indro, ny zavatra hi-

tranga, rehefa avy nitsangana tamin' ny maty ny ^aMesia sy naneho ny tenany tamin' ny olony, tamin' ny rehetra izay nety nino ny anarany, dia indro, ^bhoravana indray i Jerosalema; ka lozan' ireo izay miady amin' Andriamanitra mbamin' ny olon' ny fiangonany.

15 Koa ^ahaely patrana any anivon' ny firenena rehetra ny ^bJiosy; eny, ary horavana koa i ^aBabylona; noho izany dia haelin' ny firenen-kafa ny Jiosy.

16 Ary rehefa avy naely patrana izy, ary ny Tompo Andriamanitra efa nikaravasy azy tamin' ny alalan' ny firenen-kafa nandritra ny taranaka maro, eny, na dia hatramin' ny taranaka fara mandimby aza izany, mandra-paharesy lahatra azy ka ^ahinoany an' i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra sy ny sorompanavotana izay tsisy fetra ho an' ny olombelona rehetra — ary rehefa ho avy izany andro izany, izay hinoany an' i Kristy sy hiderany ny Ray amin' ny anarany amin' ny fo mahitsy sy ny tanana madio ary tsy hiandrandrany Mesia hafa intsony, amin' izany fotoana izany dia ho tonga ny andro izay tsy maintsy ilaina ny hinoany ireo zavatra ireo.

17 Ary haninjitra ny tanany fanindroany indray ny Tompo

10a 1 Ne. 7:13;

2 Ne. 6:8;

Omnia 1:15;

Hel. 8:20–21.

b 2 Mpan. 24:14;

Jer. 52:3–16.

11a Ezra 1:1–4;

Jer. 24:5–7.

12a TSM Lahitokana.

13a Lio. 23:33.

b Jao. 19:41–42;

1 Ne. 19:10.

d Lio. 24:6–7;

Môsià 3:10.

e TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

f 1 Ne. 11:13–34.

14a TSM Mesia.

b Lio. 21:24;

JS—M 1:1–18.

15a TSM Jiosy.

b Neh. 1:8–9;

2 Ne. 10:6.

d TSM Babela, Babylona.

16a 2 Ne. 10:6–9; 30:7;

Môrm. 5:14.

“hampodiana amin’ ny laoniny ny olony ho afaka amin’ ny toetry ny fahaverezana sy ny fahaloavoana. Noho izany Izy dia hanomboka hanao asa ^bmahagaga sy mahatalanjona eo anivon’ ny zanak’ olombelona.

18 Noho izany Izy dia hampitondra ny “teniny any aminy, dia ny teny izay ^bhitsara azy amin’ ny andro farany, satria homena ireny izy hoenti-mandresy lahatra azy ny amin’ ny tena Mesia izay notsipahiny; sy ^dhandresendahatra azy fa tsy ilainy ny hian-drandrany intsony Mesia iray izay ho avy, satria tsy hisy ho avy intsony afa-tsy ^eMesia sandoka izay hamitaka ny olona; satria tsy misy afa-tsy Mesia iray ihany no voalazan’ ny mpaminany, ary io no Ilay Mesia izay hotsipahan’ ny Jiosy.

19 Fa araka ny tenin’ ny mpaminany, dia ho avy ny ^aMesia, ^beninjato taona taorian’ ny fotoana nandaozan-draiko an’ i Jerosalema; ary araka ny tenin’ ny mpaminany ary koa ny tenin’ ilay ^danjelin’ Andriamanitra, dia ho Jesoa Kristy no anarany, ilay Zanak’ Andriamanitra.

20 Ary ankehitriny ry rahalahiko, efa nilaza mazava tsara

taminareo aho mba tsy hahafahanareo mandiso hevitra. Ary raha velona koa ny Tompo Andriamanitra izay “nitondra ny Isiraely hiala ny tany Egypta sy nanome fahefana an’ i Mosesy ^bhanasitranany ny vahoaka rehefa avy nokaikerin’ ny ^dmenarana misy poizina ireo, raha atopin’ izy ireo ny masony any amin’ ilay menarana izay natsangany teo anoloany, ary nanome azy koa fahefana hikapoka ny ^evato-lampy ka dia niboiboika ny rano; eny, indro hoy aho aminareo, fa raha marina ireo zavatra ireo ary raha velona koa ny Tompo Andriamanitra, dia tsy misy ^fanarana hafa nomena ambanin’ ny lanitra hahafahana mamonjy ny olona afa-tsy ny anaran’ i Jesoa Kristy, izay efa noteneniko.

21 Koa noho izany antony izany no efa nampanantenain’ ny Tompo Andriamanitra ahy fa horaketina sy hotehirizina ireto zavatra izay ^asoratako ireto ka hatolotra ny solofoko sy ny taranaka fara mandimby mba ho tanteraka ny fampanantena natao tamin’ i Josefa, fa tsy ho ^bfongana na oviana na oviana ny

17a 2 Ne. 21:11–12; 29:1.
TSM Famerenana amin’ ny Laoniny ny Filazantsara.
b Isa. 29:14;
2 Ne. 27:26;
3 Ne. 28:31–33.
18a 2 Ne. 29:11–12; 33:11, 14–15.
b TSM Fitarana Farany, Ny.
d 2 Ne. 26:12–13.
e TSM Antikristy.

19a TSM Jesoa Kristy—
Faminaniana ny amin’ ny fahaterahana sy ny fahafatesan’ i Jesoa Kristy.
b 1 Ne. 10:4;
3 Ne. 1:1, 13.
d 2 Ne. 10:3.
20a Eks. 3:7–10;
1 Ne. 17:24, 31; 19:10.
b Jao. 3:14;
1 Ne. 17:41.

d Nom. 21:8–9;
Almà 33:19;
Hel. 8:14–15.
e Eks. 17:6; Nom. 20:11;
1 Ne. 17:29; 20:21.
f Hosea 13:4;
Asa 4:10–12;
Môsià 5:8; Mos. 6:52.
TSM Mpanonjy.
21a 2 Ne. 27:6–14.
b Amo. 5:15;
2 Ne. 3:16;
Almà 46:24–27.

taranany raha mbola mijoro koa ny tany.

22 Noho izany ireto zavatra ireto dia hatolotra ny taranaka fara mandimby raha mbola mijoro koa ny tany; ary handeha ireto araka ny sitrapo sy ny safidin' Andriamanitra, ka ny firenena izay hanana ireto dia "hotsarainy araka ny teny izay voasoratra.

23 Fa miasa araka ny zotom-po isika hanoratra mba "handresy lahatra ny zanatsika ary koa ny rahalahintsika mba hinoany an' i Kristy sy hihavanany amin' Andriamanitra; satria fantatsika fa noho ny ^bfahasoavany no hamonjena antsika rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika ^aatao.

24 Ary na dia mino an' i Kristy aza isika dia "mitandrina ny lalàn' i Mosesy sady miandrindra an' i Kristy amin' ny fiorenana mafy, mandra-pahatanteraky ny lalàna.

25 Fa izany no antony nanomezana ny "lalàna; koa ny lalàna dia tonga ^bmaty amintsika, ary velomina ao amin' i Kristy isika noho ny finoantsika; kanefa dia mitandrina ny lalàna isika noho ny didy.

26 Ary "miresaka an' i Kristy isika, mifaly amin' i Kristy, mitory an' i Kristy, ^bmaminany ny amin' i Kristy, ary manoratra

araka ny faminanantsika mba hahafantaran' ny "zanatsika ny loharano azony andrandraina ho "famelana ny fahotany.

27 Koa miresaka ny amin' ny lalàna isika mba hahalalan' ny zanatsika ny fahafatesan' ny lalàna; ary ny fahalalany ny fahafatesan' ny lalàna no hahazoany miandrindra ny fiainana izay ao amin' i Kristy sy mahafantatra ny zava-kinendry tamin' ny nanomezana ny lalàna. Ary rehefa tanteraka ao amin' i Kristy ny lalàna, dia tsy ilaina ny hanamafisany ny fony Aminy rehefa tsy maintsy hofioanana ny lalàna.

28 Ary ankehitriny indro rey olona, ianareo dia olona "mafy hatoka; izany no efa niresahako mazava tsara taminareo mba tsy hahafahanareo mandiso hevitra. Ary ny teny efa nolazaiko dia hijoro ho toy ny ^bvavolombelona hanohitra anareo; satria ireny dia ampy ^dhampianatra ny tsirairay ny lala-mahitsy; satria ny lalamahitsy dia ny mino an' i Kristy fa tsy ny mandà Azy; fa amin' ny fandavanareo Azy, dia mandà ihany koa ny mpaminany sy ny lalàna ianareo.

29 Ary ankehitriny, indro lazaiko aminareo fa ny mino an' i Kristy no lala-mahitsy fa tsy ny mandà Azy; ary i Kristy no Iray Masin' ny Isiraely; koa ianareo dia tsy maintsy miankohoka eo

22a 2 Ne. 29:11; 33:10–15;
3 Ne. 27:23–27.

23a TSM Zanaka.
^b Roma. 3:23–24;
2 Ne. 2:4–10;
Môsîà 13:32;
Almà 42:12–16;
F&F 138:4.

TSM Fahasoavana.
^d Jakôba 2:14–26.

TSM Asa.
24a Jakôba 4:4–5.
25a TSM Lalàn' i Mosesy.
^b Roma. 7:4–6.
26a Jakôba 4:12; Jarôma
1:11; Môsîà 3:13.

^b Lio. 10:23–24.

^d TSM Zanaka.

^e TSM Famelana ny
Fahotana.

28a Môsîà 3:14.

^b TSM Fijoroana ho
Vavolombelona.
^d 2 Ne. 33:10.

anoloany sy mitsaoka Azy amin' ny "hery, ny saina ny tanjaka, ary ny fanahinareo rehetra; ary raha manao izany ianareo dia tsy holavina velively.

30 Ary raha tany ka mbola ilaina izany, dia tsy maintsy mitandrina ny fomba sy ny "ôrdônansin' Andriamanitra ianareo mandra-pahatanteraky ny lalàna izay nomena an' i Mosesy.

TOKO 26

Hampianatra ny Nefita i Kristy— Nahita ny famongorana ny olony i Nefia—Hiteny avy amin' ny vovoka ireo—Hanorina fiangonana sandoka sy firaisana tsikombakomba miafina ny Jentilisa—Ny Tompo dia nandrara ny olona tsy hampiasa ny komiberaky ny mpisorona. Toko-ny ho 559–545 talohan' i J.K.

ARY rehefa avy "nitsangana tamin' ny maty i Kristy dia ^bhaneho ny tenany aminareo ry zanako sy rahalahiko malala; ka ny teny holazainy aminareo no ho "lalàna harahinareo.

2 Fa indro lazaiko aminareo fa efa tsinjoko fa taranaka maro no hifandimby, ary dia hisy ady lehibe sy fifandirana eo anivon' ny oloko.

3 Ary rehefa tonga ny Mesia, dia hisy "famantarana homena ny oloko ny amin' ny ^bfahaterahany ary koa ny fahafatesany

sy ny fitsanganany amin' ny maty; ary ho lehibe sy mahatahotra izany andro izany ho an' ny ratsy fanahy, satria ho faty izy; ary ho faty izy, satria mandroaka ny mpaminany sy ny olomasina ka mitora-bato sy mamono ireny; noho izany, dia hiakatra avy amin' ny tany ka hankany amin' Andriamanitra ny antson' ny "ran' ireo olomasina hiampanga azy.

4 Noho izany, ny mpiavonavona rehetra sy ny mpanao ratsy, dia ny andro izay ho avy no "handoro azy, hoy ny Tompon' ny Maro, fa ho toy ny vodivary izy.

5 Ary ireo izay mamono ny mpaminany sy ny olomasina, dia ny halalin' ny tany no "hite-lina azy, hoy ny Tompon' ny Maro; ary ny ^btendrombohitra no handrakotra azy, hindaosin' ny tadio izy ary hianjera aminy ny trano ka hanamontsamontsana sy hanorotoro azy ho vovoka.

6 Ary hovangiana amin' ny varatra sy ny tselatra ary ny horohoron-tany sy amin' ny fomba fandranganana rehetra izy, satria hirehitra aminy ny afon' ny fahatezeran' ny Tompo ary dia ho toy ny vodivary izy, ary ny andro izay ho avy no handevona azy hoy ny Tompon' ny Maro.

7 Izany fanaintainana sy fan-girifirian' ny fanahiko iky noho

29a Deot. 6:5;
Mar. 12:29–31.
30a TSM Ôrdônansy.
26 1a 3 Ne. 11:1–12.
b 1 Ne. 11:7; 12:6.
d 3 Ne. 15:2–10.
3a 1 Ne. 12:4–6.

TSM Famantarana.
b TSM Jesoa Kristy—
Faminiana ny
amin' ny
fahaterahana sy ny
fahafatesan' i Jesoa
Kristy.

d Gen. 4:10;
2 Ne. 28:10;
Môm. 8:27.
4a 3 Ne. 8:14–24; 9:3, 9.
5a 1 Ne. 19:11;
3 Ne. 10:14.
b 3 Ne. 8:10; 9:5–8.

ny famoizana ny voavono tamin' ny oloko! Satria izaho Nefia dia efa nahita izany ka efa saika nandevona ahy izany manoloana ny fiatrehana ny Tompo; kanefa dia tsy maintsy miantso an' Andriamanitra aho hoe: "Mahitsy ny lalanao.

8 Nefa indro, ny marina izay mihaino ny tenin' ny mpaminany, ka tsy mandringana azy fa miandrindra amin' ny fiorenana kosa ao amin' i Kristy ny famantarana izay omena, na dia eo aza ny "fanenjehana rehetra— dia indro ireo no ireo izay ^btsy ho faty.

9 Fa "hiseho amin' ireo kosa ny Zanaky ny Fahamarinana; ary ^bhositrany ireo sy hanana "fiadanana miaraka Aminy, mandra-pahalasana ny "taranaka telo mifanesy, ary maro amin' ny ^ftaranaka fahefatra no ho lasana ao anatin' ny fahamarinana.

10 Ary rehefa lasa ireo zavatra ireo, dia avy faingana amin' ny oloko ny "famongorana; fa na dia teo aza ny fanaintainan' ny fanahiko dia efa nahita izany aho; koa fantatro fa hitranga izany; ary mivarotra ny tenany amin' ny tsinontsinona izy; satria ho tambin' ny fiavononany sy ny fahadalany dia hioty famongorana izy; satria manai-ky ny devoly izy sy mifidy ny asan' ny maizina toy izay ny

mazava, dia tsy maintsy midina any amin' ny ^bhelo izy.

11 Fa ny Fanahin' ny Tompo dia tsy "hitaona ny olona mandrakariva. Ary rehefa mitsahatra ny fiarahan' ny Fanahy miady amin' ny olona, dia avy faingana ny famongorana, ary izany dia mampahory ny fanahiko.

12 Ary tahaka ny nilazako ny momba ny "handresen-dahatra ny ^bJiosy, fa i Jesoa no ^dtena Kristy dia tsy maintsy ilaina koa ny handresen-dahatra ny Jentilisa fa i Jesoa no Kristy, Ilay Andriamanitra Mandrakizay;

13 Izay maneho ny tenany amin' izay rehetra mino Azy, noho ny herin' ny "Fanahy Masina; eny, amin' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina tsirairay, amin' ny fanaovany fahagagana lehibe sy famantarana ary zava-mahatalanjona eo anivon' ny zanak' olombelona araka ny finoany avy.

14 Nefa indro, maminany aminareo ny amin' ny "andro farany aho; ny amin' ny andro izay ^bhanehoan' ny Tompo Andriamanitra ireo zavatra ireo amin' ny zanak' olombelona.

15 Rehefa avy nihemotra tao amin' ny tsy finoana ny taranako sy ny taranaky ny rahalahiko, ary efa nafaizin' ny Jentilisa; eny, rehefa avy nitoetra nanodidina

7a TSM Fahamarinana.

8a TSM Fanenjehana.

b 3 Ne. 10:12–13.

9a 3 Ne. 11:8–15.

b 3 Ne. 17:7–9.

d 4 Ne. 1:1–4.

e 1 Ne. 12:11–12;

3 Ne. 27:30–32.

f Almà 45:10–12;

Hel. 13:9–10.

10a Almà 45:9–14;

Môrm. 8:1–9.

b TSM Helo.

11a Etera 2:15.

12a 2 Ne. 25:18.

b 2 Ne. 30:7;

Môrm. 5:14.

TSM Jiosy.

d Môrm. 3:21.

13a TSM Fanahy Masina.

14a TSM Andro Farany.

b TSM Famerenana

amin' ny Laoniny

ny Filazantsara.

azy ny Tompo Andriamanitra sady nanao fahirano azy tamin' ny havoana iray ary nanangana toerana mimanda iray hanoherana azy; ary rehefa avy naetry hiosim-bovoka izy, ka tsy misy miangana intsony, dia mbola hosoratana ny tenin' ny marina sy hohenoana ny vavaky ny mahatoky ka tsy hohadinoina ireo rehetra izay efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana.

16 Fa ireo izay hofongorana dia "hiteny aminy avy ao amin' ny tany, ary ny lahateniny dia hibitsika avy ao amin' ny vovoka ary ny feony dia ho toy ny an' ny olona izay tsindrian' ny fanahy; fa ny Tompo Andriamanitra hanome azy fahefana hahafahany mibitsibitsika ny momba azy, na dia ho toy ny nivoaka avy tamin' ny tany aza izany; ary ny lahateniny dia hibitsibitsika avy ao amin' ny vovoka.

17 Fa izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra: "Hanoratra ny zavatra izay hovitaina eo anivony izy ary hosoratana ireny ka hofehezina ao anaty boky iray, ary tsy hahazo ireny ireo izay efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana, satria ^bmikatsaka ny handrava ny zavatr' Andriamanitra izy.

18 Noho izany, satria ireo izay efa nofongorana, dia efa nofongorana faingana tokoa; ary ny saramaben' ny olony lozabe

dia ho tahaka ny "akofa izay mielina—eny, dia izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra: Hitranga ao amin' ny indray mipimaso izany, tampoka —

19 Ary ny zavatra hitranga dia "hokapohin' ny tanan' ny Jentilisa ireo izay efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana.

20 Ary asandraatra ao amin' ny "fiavonavonan' ny masony ny Jentilisa ka efa ^btafintohina noho ny fahalehibeazan' ny ^dvato fahatafintohinany, ka dia nanorina "fiangonana maro izy; kanefa dia nambianany ny hery sy ny fahagagan' Andriamanitra, ary dia nitory tamin' ny tenany ny fahendreny ihany sy ny ^ffahazany ihany izy mba hahazoany harena sy ^ghanosihoseny ny tavan' ny mahantra.

21 Ary nisy maro ny fiangonana miorina izay miteraka "fialonana sy fifandirana ary fietraketrahana.

22 Ary misy koa ny "tsikombakomba miafina, toy ny tamin' ny andro fahiny, araka ny tsikombakomban' ny devoly, satria izy no fototry ireo zavatra rehetra ireo; eny, izy no fototry ny vonoan' olona sy ny asan' ny maizina; eny, taritiny eo amin' ny vozony amin' ny tadin-drongony malefaka ireo mandra-pamatorany azy ireo mandrakizay amin' ny tady mahazaka.

23 Fa indro lazaiko aminareo,

16a Isa. 29:4; Môrô. 10:27;

Mos. 7:62.

TSM Bokin' i

Môrmôna.

17a 2 Ne. 29:12.

b Enôsa 1:14.

18a Môrm. 5:16–18.

19a 3 Ne. 16:8–9; 20:27–28.

20a TSM Fiavonavonana.

b 1 Ne. 13:29, 34.

TSM Apôstazia.

d Ezek. 14:4.

e 1 Ne. 14:10; 22:23;

Môrm. 8:28.

f Môrm. 9:7–8;

2 Ne. 9:28.

g Isa. 3:15;

2 Ne. 13:15.

21a TSM Mialona.

22a TSM Tsikombakomba

Miafina.

ry rahalahiko malala, fa tsy miasa ao amin' ny maizina ny Tompo Andriamanitra.

24 Izy dia tsy manao na inona na inona afa-tsy izay ho tombontsoan' izao tontolo izao; satria "tia izao tontolo izao Izy ka nomeny na dia ny ainy aza mba hisarihany ny ^bolona rehetra hanatona Azy. Noho izany Izy dia tsy mandidy na iza na iza tsy handray anjara amin' ny famonjeny.

25 Indro, moa misy antsoiny va ka ataony hoe: Mialà Amiko? Indro, lazaiko aminareo, Tsia; fa hoy kosa Izy: "Avia atỳ Amiko ianareo rehetra faran' ny tany, ^bmividia ronono sy tantely, nefa tsy amim-bola na amin-karena.

26 Indro, moa misy efa nodidiany va ny handaozany ny sinagoga na ny hialany amin' ny trano fivavahana? Indro lazaiko aminareo, Tsia.

27 Moa misy efa nodidiany va ny tsy handraisany anjara amin' ny "famonjeny? Indro lazaiko aminareo, Tsia; fa efa ^bnomeny maimaim-poana ny olon-drehetra kosa izany; sady efa nandidy ny vahoakany Izy ny handreseny lahatra ny olon-drehetra ho amin' ny ^afibebahana.

28 Indro, moa misy efa nodidian' ny Tompo va ny tsy handraisany anjara amin' ny hatsaram-pony? Indro lazaiko

aminareo, Tsia; fa manan-jo hitovy ny "olon-drehetra, ka tsy misy voarara amin' izany.

29 Mandidy Izy ny tsy hisian' ny "komiberaky ny mpisorona; fa indro, ny komiberaky ny mpisorona dia ny olona izay mitory sy mametraka ny tenany ho fahazavan' izao tontolo izao mba hahazoany harena sy ^blaza avy amin' izao tontolo izao; nefa tsy mikatsaka ny fiadanana ho an' i Ziona izy.

30 Indro, efa nandrara izany zavatra izany ny Tompo; koa efa nanome didy ny Tompo Andriamanitra fa ny olon-drehetra dia tokony hanana "fiantrana, dia fiantrana izay ^bfitiavana. Ary raha tsy manana fiantrana izy dia ho tsinontsinona. Koa raha manana fiantrana izy dia tsy hamela ny mpiasa any Ziona ho faty.

31 Fa hiasa ho an' i "Ziona ny mpiasa any Ziona; fa ho faty kosa izy raha miasa hahazoam-^bbola.

32 Ary efa "nandidy ny olona ihany koa ny Tompo Andriamanitra tsy hamonoany olona; tsy handaingany; tsy hangalarany; tsy ^bhanononany foana ny anaran' ny Tompo Andriamaniny; tsy hialonany; tsy hananany fo lentika; tsy hifandirany; tsy hjangajangany; ary ny tsy hanaovany na inona na inona amin'

24a Jao. 3:16.

^b 3 Ne. 27:14–15.

25a Almà 5:33–35;

3 Ne. 9:13–14.

^b Isa. 55:1–2.

27a TSM Famonjena.

^b Ef. 2:8;

2 Ne. 25:23.

^d TSM Fibebahana.

28a Roma. 2:11;

1 Ne. 17:33–35.

29a TSM Komiberaky

ny Mpisorona.

^b F&F 121:34–37.

30a Môrô. 7:47–48.

TSM Fiantrana.

^b TSM Fitiavana.

31a TSM Ziona.

^b Jakôba 2:17–19;

F&F 11:7; 38:39.

32a TSM Didin'

Andriamanitra.

^b TSM Faniratsirana.

ireo zavatra ireo; fa na zovy na zovy no manao ireo dia ho faty izy.

33 Fa samy tsy misy avy amin' ny Tompo ireo heloka ireo; satria manao izay tsara eo anivon' ny zanak' olombelona Izy; ary tsy manao na inona na inona afa-tsy izay mazava amin' ny zanak' olombelona Izy; ary manaina ny rehetra Izy hanatona Azy sy hanana anjara amin' ny hatsaram-pony; ary "tsy mandà izay manatona Azy Izy; na mainty na fotsy, na andevo na olon' afaka; na lahy na vavy; ary mahatsiaro ny ^bhafa firenena Izy; ary ho an' Andriamanitra dia mitovy ny ^drehetra na Jiosy na Jentilisa.

TOKO 27

Hanenika ny tany ny fahamaizina-na sy ny apôstazia amin' ny andro farany—Hivoaka ny Bokin' i Môrmôna—Ny vavolombelona telo no hanambara ny boky—Hilaza ny olo-mahay fa tsy afaka mamaky ny boky voafehin' ny tombo-kase izy—Hanao asa iray mahatalanjona sy mahagaga ny Tompo—Ampitahao amin' Isaia 29. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

NEFA amin' ny ^aandro farany, na amin' ny andron' ny Jentilisa — eny, indro ny firenena Jentilisa rehetra ary koa ny Jiosy, na ireo izay ho tonga eo amin' ity tany ity, na ireo izay ho any amin' ny tany hafa, eny, any amin' ny

firenena rehetra amin' ity tany ity, indro ho mamon' ny heloka sy ny fomban' ny fahavetavetana rehetra ireo—

2 Ary rehefa ho tonga izany andro izany, dia hovangian' ny Tompon' ny Maro ireo amin' ny kotrokorana sy amin' ny horohoron-tany ary amin' ny ro-hondrohona lehibe sy amin' ny oram-baratra, ary amin' ny tafio-drivotra sy amin' ny ^alelafo mandevona.

3 Ary ny ^afirenena rehetra izay ^bmiady amin' i Ziona sy mamoritra azy dia ho tahaka ny nofin' ny fahitana amin' ny alina; eny, ny hanjo azy ireo amin' izany dia ho tahaka ny olona noana izay manonofy, ary indro mihi-nana izy, kanjo nony taitra, dia noana ny fanahiny; na tahaka ny olona mangetaheta izay manonofy, ary indro misotro izy, kanjo nony taitra, dia indro rera-ka izy ary mangetaheta ny fanahiny; eny, ho tahaka izany ny sarambaben' ny firenena rehetra izay miady amin' ny Tendrom-bohitr' i Ziona.

4 Fa indro, ianareo rehetra mpanao meloka, mijanona ianareo ary mitalanjona, satria hikiakiaka ianareo sady hiantsoantso; eny, ho mamo ianareo nefa tsy amin' ny divay, hivembena ianareo nefa tsy noho ny zava-pisotro mahamamo.

5 Fa indro efa naidin' ny Tompo teo aminareo ny fanahy mahasondrian-tory lalina. Fa indro efa nakimpinareo ny masonareo

33a Asa 10:9–35, 44–45.

b Almà 26:37.

d Roma. 2:11;

1 Ne. 17:35.

27 1a TSM Andro Farany.

2a Isa. 24:6; 66:15–16;

Jakôba 6:3; 3 Ne. 25:1.

3a Isa. 29:7–8.

b 1 Ne. 22:14.

ary efa notsipahinareo ny mpaninany; ary ny mpanapaka teo aminareo sy ny mpahita efa nosaronany noho ny helokareo.

6 Ary ny zavatra hitranga dia havoakan' ny Tompo Andriamanitra eo "aminareo ny tenin' ny ^bboky iray, ary izany no ho tenin' ireo izay efa matory.

7 Ary indro hasiana "tombo-kase ny boky; ary hisy ^bfanambarana avy any amin' Andriamanitra ao anatin' ny boky hatry ny fiandohan' izao tontolo izao ka hatramin' ny ^dfiafarany.

8 Koa, noho ny zavatra izay efa "vita tombo-kase, ny zavatra izay efa vita tombo-kase dia ^btsy hatolotra amin' ny andron' ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny olona. Koa hafenina aminy ny boky.

9 Fa hatolotra ny "olona iray ny boky, ka izy no hanolotra ny tenin' ilay boky, dia ny tenin' ireo izay efa matory ao amin' ny vovoka, ary izy hanolotra ireo teny ireo ^bolon-kafa iray;

10 Fa tsy hanolotra kosa ny teny izay efa voaisy tombo-kase izy sady tsy hanolotra ny boky. Fa ilay boky dia hasian' ny herin' Andriamanitra tombo-kase ary ireo fanambarana izay voaisy tombo-kase dia hotehirizina ao anatin' ilay boky mandra-pahatongan' ny fotoana efa nofinidin' ny Tompo, izay hahazoana

mamoaka azy; fa indro, manambara ny zavatra rehetra ireo hatry ny fanorenana izao tontolo izao ka hatramin' ny fiafarany.

11 Ary avy ny andro izay hamakiana ny tenin' ilay boky izay efa voaisy tombo-kase eny ambony tafon-trano; ary hovakiana amin' ny herin' i Kristy izany; ary "hambara amin' ny zanak' olombelona ny zavatra rehetra izay efa nisy teo anivon' ny zanak' olombelona sy mbola hisy ambara-pahatongan' ny faran' izao tontolo izao.

12 Koa amin' izany andro izany, rehefa hatolotra ny olona iray izay efa noteneniko ilay boky, dia hafenina ny mason' izao tontolo izao ilay boky mba tsy hisy maso hahita azy afa-tsy ny "vavolombelona ^btelo izay hibanjina azy kosa noho ny herin' Andriamanitra, ankoatran' ilay olona izay efa hanolorana ilay boky; ka dia hanambara ny fahamarinan' ilay boky sy ny zavatra ao anatin' izy ireo.

13 Ary tsy hisy olon-kafa izay hahita azy afa-tsy vitsivitsy araka ny sitrapon' Andriamanitra ka ho vavolombelona hanambara ny teniny amin' ny zanak' olombelona; satria ny Tompo Andriamanitra no efa nilaza fa ny tenin' ny mahatoky dia hiteny tahaka ny "avy amin' ny maty.

14 Koa hiroso amin' ny fa-

6a Jarôma 1:2;
Môrm. 5:12–13.
b 2 Ne. 26:16–17; 29:12.
TSM Bokin' i
Môrmôna.
7a Isa. 29:11–12;
Etera 3:25–27; 4:4–7.
b Môsià 8:19.

d Etera 13:1–12.
8a Etera 5:1.
b 3 Ne. 26:9–12;
Etera 4:5–6.
9a F&F 17:5–6.
b JS—T 1:64–65.
11a Lio. 12:3; Môrm. 5:8;
F&F 121:26–31.

12a Deot. 19:15.
b 2 Ne. 11:3;
Etera 5:2–4;
F&F 5:11, 15; 17:1.
13a 2 Ne. 3:19–20;
33:13–15;
Môrô. 10:27.

moahana ny tenin' ilay boky ny Tompo Andriamanitra; ary eo am-bavan' ny vavolombelona maro araka izay heveriny ho mety no hampiroenany ny teniny; ary lozan' izay "mandà ny tenin' Andriamanitra!

15 Nefa indro, ny zavatra hitranga dia hiteny amin' ilay olona izay hotolorany ilay boky ny Tompo Andriamanitra hoe: Raiso ireo teny tsy voaisy tombo-kase ireo ary atolory olonkafa hahazoany mampiseho ireo ny olo-mahay ka lazao hoe: Miangavy anao aho, "vakio ity. Ary hiteny ilay olo-mahay hoe: Ento atỳ ny boky, dia hovakiako ireo teny.

16 Ary ankehitriny noho ny rehak' izao tontolo izao sy mba hahazoany "harena no hitenany izany fa tsy noho ny voninahitr' Andriamanitra.

17 Ary hiteny ilay olona hoe: Tsy azoko entina ny boky, satria efa voaisy tombo-kase.

18 Hiteny amin' izany ilay olo-mahay hoe: Tsy afaka mamaky azy aho.

19 Koa ny zavatra hitranga dia hatolotry ny Tompo Andriamanitra ny olona tsy mahavaky teny indray ilay boky sy ny teny ao anatiny; ary ilay olona tsy mahavaky teny hiteny hoe: Tsy mahay aho.

20 Hiteny aminy amin' izany ny Tompo Andriamanitra hoe: Tsy hamaky azy ny olo-mahay,

satria efa mandà azy izy, ary mahavita ny asako ihany Aho; noho izany dia ianao no hamaky ny teny izay homeko anao.

21 "Aza mikasika ny zavatra izay efa voaisy tombo-kase, fa Izaho no hamoaka azy amin' ny fotoana mahamety izany; satria hasehoko ny zanak' olombelona fa mahavita ny asako ihany Aho.

22 Noho izany, rehefa voavakinao ny teny izay efa nandidiako anao ary efa azonao ny "vavolombelona izay efa nampanantenaiko anao, dia hofehezinao indray ny boky ary hafenin' ato Amiko hahazoako mitahiry ny teny izay tsy novakinao, mandrapahitako ny mahamety ao amin' ny fahendreko ny hanambarako ny zava-drehetra amin' ny zanak' olombelona.

23 Fa indro, Izaho no Andriamanitra; ary Andriamanitry ny "fahagagana Aho; ary hasehoko izao tontolo izao fa Izaho dia ^btsy miova omaly, anio ary mandrakizay; ary tsy miasa eo anivon' ny zanak' olombelona Aho raha tsy ^dnoho ny finoany.

24 Ary ny zavatra hitranga indray dia hiteny amin' ilay hamaky ny teny izay hatolotra azy ny Tompo, hoe:

25 "Satria manatona Ahy amin' ny vavany ity vahoaka ity sy ^bmankalaza Ahy amin' ny molony, nefa efa nampanalaviriny Ahy ny fony, ary ny fahataho-

14a 2 Ne. 28:29–30;
Etera 4:8.

15a Isa. 29:11–12;
JS—T 1:65.

16a TSM Komiberaky ny
Mpisorona.

21a Etera 5:1.

22a TSM Vavolombelon'
ny Bokin' i
Mörmöna.

23a TSM Fahagagana.
b Heb. 13:8.

d Heb. 11;

Etera 12:7–22.

25a Isa. 29:13.
b Mat. 15:8.

rany Ahy dia ampianarina azy noho ny ^adidin' olombelona —

26 Noho izany Aho dia hiroso amin' ny fanaovana asa iray ^amahatalanjona eo anivon' ity vahoaka ity, eny, asa ^bmahatalanjona sy mahagaga iray, ka ho fongana ny fahendren' ny olon-kendryny sy mahay, ary hafenina ny fahazavan-tsainan' ny manam-panahiny.

27 Ary ^alozan' ireo izay mikatsaka lalina ny hanafina ny fisainany amin' ny Tompo! Ary ao amin' ny maizina ny asany; ary hoy izy: Iza no mahita antsika ary iza no mahalala antsika? Ary hoy koa izy: Tsy isalasalana fa ny famadihanareo ny zavatra ho ambony ambany dia hotombanana ho toy ny ^btanimangan' ny mpanefy. Nefa indro, hasehoko azy hoy ny Tompon' ny Maro fa fantatro ny asany reheatra. Fa moa va ny asa hilaza amin' ilay efa nanao azy hoe, tsy nanao ahy izy? Sa ny zavatra voarafitra hilaza amin' izay nandrafitra azy hoe, tsy manampahalalana izy?

28 Nefa indro, hoy ny Tompon' ny Maro: Hasehoko ny zanak' olombelona fa vetivety foana dia hovana ho saha mahavokatra i Libanona; ary ny saha mahavokatra dia heverina ho toy ny ala.

29 ^aAry amin' izany andro iza-ny, ny marenina dia handre ny

tenin' ilay boky, ary ny mason' ny jamba hahita avy ao amin' ny haizina sy avy ao amin' ny haizim-pito.

30 Ary hitombo koa ny ^amalemy paika, ary ho ao amin' ny Tompo ny ^bfifaliany, ary ny faraidiny amin' ny olona hifaly amin' ny Iray Masin' ny Isiraely.

31 Fa raha velona marina tokoa ny Tompo, dia hahita ireo fa efa ovana ho tsinontsinona ilay ^amahatahotra sy efa levona ny mpamingavinga ary efa fongana ireo rehetra miari-tory amin' ny heloka;

32 Sy ireo manao ny olona ho ^ampanafintohina noho ny teny iray ka mamela fandrika ho an' izay mandevilevy eo ^bam-bavahady, ary ^dmanosi-bohon-tanana ny olo-marina ho toy ny zavatra tsinontsinona.

33 Koa, izao no lazain' ny Tompo izay nanavotra an' i Abrahama momba ny mpianakavin' i Jakoba: Tsy ho menatra i Jakoba ankehitriny sady tsy hivaloarika ny tarehiny hatrizao.

34 Nefa rehefa ^amahita ny zany izy, ny asan' ny tanako eo anivony, dia hanamasina ny anarako izy ary hanamasina ny Iray Masin' i Jakoba sy hatahotra ny Andriamanitry ny Isiraely.

35 Ireo izay ^anandiso ny fanahiny koa dia ho tonga amin' ny fahazavan-tsaina ary ireo izay

25d 2 Ne. 28:31.

26a 1 Ne. 22:8;

2 Ne. 29:1–2.

TSM Famerenana

amin' ny Laoniny ny

Filazantsara.

b Isa. 29:14;

2 Ne. 25:17.

27a Isa. 29:15.

b Jer. 18:6.

29a Isa. 29:18.

30a TSM Halememp-panahy.

b F&F 101:36.

31a Isa. 29:20.

32a Lio. 11:54.

b Amo. 5:10.

d 2 Ne. 28:16.

34a Isa. 29:23–24.

35a 2 Ne. 28:14;

F&F 33:4.

mimonomonona dia ^bhianatra ny fotopampianarana.

TOKO 28

Haorina ny fiangonana sandoka marobe amin' ny andro farany—Hampianatra fotopampianarana diso, tsy ilaina ary tsy misy heviny ireny—Ho sesehena ny apôstazia noho ny mpampianatra sandoka—Ho romotra ny devoly ao am-pon' ny olona—Hampianariny avokoa ny toetoetry ny fotopampianarana sandoka. Tokony ho 559-545 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, indro ry rahalahy malala, efa niteny tamina-reo aho araka ny efa naneren' ny Fanahy ahy; koa fantatro fa tsy maintsy ho tonga marina tokoa ireo.

2 Ary ny zavatra izay hosoratana avy amin' ilay “boky dia ^bhanan-danja lehibe ho an' ny zanak' olombelona ary indrindra ho an' ny taranatsika izay sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i Isiraely.

3 Fa ny zavatra hitranga amin' izany andro izany dia ny “fiangonana izay miorina, saingy tsy miorina ho an' ny Tompo, dia hilaza amin' izy samy izy hoe: Indro, izaho, izaho no an' ny Tompo; ary ny hafa hiteny hoe: Izaho, izaho no an' ny Tompo; dia samy hilaza toy izany avo-

koa izay efa nanorina fiangonana, saingy tsy nanorina izany ho an' ny Tompo—

4 Ary dia hifanditra izy samy izy; hifanditra izy samy mpisorona, ary samy hampianatra ny “fahaizany ka handà ny Fanahy Masina izay manome ny fitenana.

5 Ary ^amandà ny ^bfahefan' Andriamanitra, ny Iray Masin' ny Isiraely, izy; ka hoy izy amin' ny olona: Mihainoa anay ary ankatoavy ny fampianaranay; fa indro, ^dtsy misy Andriamanitra ankehitriny fa efa nahatontosa ny asany ny Tompo sady Mpanavotra, ary efa natolony ny olona ny fahefany;

6 Indro, henoinareo ny fampianarako; raha misy milaza fa misy ny fahagagana nataon' ny tanan' ny Tompo dia aza mino izany; satria tsy Andriamanitry ny “fahagagana intsony Izy ankehitriny; efa nahatontosa ny asany Izy.

7 Eny, hisy maro izay hiteny hoe: “Mihinàna, misotroa ary mifalia, fa ho faty isika rahampitso; ary ho soa ho antsika izany.

8 Ary hisy maro koa ireo izay hilaza hoe: Mihinàna, misotroa ary mifalia; kanefa matahora an' Andriamanitra—homeny ^ararin' ny fanaovana fahotana madi-nidinika; eny, ^bmandaingà kely, mahaiza manararaotra ny hafa noho ny teniny, fandriho amin'

35b Dan. 12:4.
28 2a TSM Bokin' i Môrmôna.
b 1 Ne. 13:34-42; 22:9;
3 Ne. 21:6.
3a 2 Tan. 1:10-13;
1 Ne. 22:23;

4 Ne. 1:25-29;
Môrm. 8:28, 32-38.
4a 2 Ne. 9:28.
5a 2 Ne. 26:20.
b 2 Tim. 3:5.
d Almà 30:28.
6a Môrm. 8:26; 9:15-26.

7a 2 Tan. 15:32;
Almà 30:17-18.
8a Môrm. 8:31.
b F&F 10:25;
Mos. 4:4.
TSM Lainga.

ny ^alongoa ny namanao; fa tsy misy faharatsiana amin' izany; dia ataovy avokoa ireo zavatra ireo fa ho faty isika rahampitso; ary raha toa aza ka meloka isika, dia hofaizin' Andriamanitra amin' ny dian-kapoka vitsivitsy, ary dia hovanjena ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra ihany isika amin' ny farany.

9 Eny, ary hisy maro no hampianatra araka izany fomban' ny ^afotopampianarana ^bdiso sy tsy ilaina ary tsy misy heviny izany, ary hizihitra ao am-pony izy sady hikatsaka lalina ny hanafenany ny fiokoany amin' ny Tompo; ary ho ao amin' ny mazinina ny asany.

10 Ary ny ^aran' ny olomasina dia hiantsoantso avy amin' ny tany hiampanga azy.

11 Eny, efa nivily avokoa niala tamin' ny ^alalana izy; efa zary ^blo.

12 Noho ny ^aavonavona sy noho ny mpampianatra sandoka sy ny fotopampianarana diso dia efa zary lo ny fiangonany ary efa mieboebo ny fiangonany; noho ny avonavony dia efa mizihitra izy.

13 ^aMandroba ny ^bmahantra izy noho ny toerany masina mirenty; mandroba ny mahantra izy noho ny fitafiany tsara; ary manenjika ny malemy paika sy ny mahantra am-po izy, satria noho ny ^aavonavony dia mizihitra izy.

14 ^aHenjana ny hatony sady milanjalanja loha izy; eny, noho ny avonavona sy ny faharatsiana mbamin' ny fahavetavetana sy ny fijangajangany, dia efa ^bnianiasia izy rehetra afa-tsy vitsivitsy, dia ireo izay mpanaradia an' i Kristy sady manetry tena; kanjo dia voatarika ka dia mandiso hevitra amin' ny lafiny maro satria fampianaran' olombelona no ampianarina azy ireo.

15 Ry ^aolon-kendry sy olomahay ary mpanankarena izay mizihitra ao amin' ny ^bavonavon' ny fony, ô, mbamin' ireo rehetra izay mitory fampianarana sandoka sy ireo rehetra izay manafo fijangajangana ka mamily ny lala-mahitsin' ny Tompo, ^aloza, loza, lozan' izy ireo, hoy ny Tompo Andriamanitra Tsitoha fa hatsipy any amin' ny helo izy ireo.

16 Lozan' ireo izay ^amanosi-bohon-tanana ny olo-marina, noho ny zavatra tsinontsinona sy manaratsy izay tsara, ka milaza fa tsy manan-danja izany! Satria ho avy ny andro izay hamangian' ny Tompo Andriamanitra faingana tokoa ny mponin' ny tany; ary amin' izany andro izany izay ^bhahamasahany tanteraka ao amin' ny fahotana, dia hofongorana izy.

17 Nefa indro, raha mibebaka amin' ny faharatsiany sy ny fa-

8d Ohab. 26:27;

1 Ne. 14:3.

9a Mat. 15:9.

b Ezek. 13:3;

Hel. 13:29.

10a Fan. 6:9–11;

2 Ne. 26:3;

Môrm. 8:27;

Etera 8:22–24;

F&F 87:7.

11a Hel. 6:31.

b Môrm. 8:28–41;

F&F 33:4.

12a Ohab. 28:25.

13a Ezek. 34:8.

b Hel. 4:12.

d Almà 5:53.

14a Ohab. 21:4.

b Isa. 53:6.

15a Ohab. 3:5–7.

b TSM Fivonavonana.

d 3 Ne. 29:5.

16a Isa. 29:21.

b Etera 2:9–10.

havetavetany ny mponin' ny tany, dia tsy hofongorana izy, hoy ny Tompon' ny Maro.

18 Nefa indro fa ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko, ilay "vehivavy janga amin' ny tany manontolo, dia tsy maintsy ^bmirodana ary tsy maintsy ho lehibe ny firodanany.

19 Fa tsy maintsy "mihozon-gozona ny fanjakan' ny devoly, ary ireo izay anisan' izany dia tsy maintsy ilaina hotairina mba hibebaka fa raha tsy izany dia hohazonin' ny ^bdevoly amin' ny ^dgadrany maharitra mandrakizay izy mba hampahatezitra sy hahafongana azy;

20 Fa indro, ho "romotra ao am-pon' ny zanak' olombelona izy amin' izany andro izany ka hamporisika azy ho tezitra amin' izay tsara.

21 Ary "hampitoniany ny sasany ka handrotsirotsiany amin' ny fiadanana ara-nofo izay hitenenan' ireo hoe: Mandry fehizay ny rehetra ao Ziona; eny, miroborobo i Ziona, mandry fehizay ny rehetra—ary dia toy izany no anambakan' ny ^bdevoly ny fanahiny, ka hitarihiny azy amimpahamalinana hidina any amin' ny helo.

22 Ary indro, tarihiny amin' ny fandokafana ny sasany, ary ilazany fa tsy misy izany "helo izany; dia hoy izy amin' ireo: Tsy devoly izany aho, satria tsy

misy izany—ary dia toy izany no bitsihiny ao an-tsofiny mandra-pisamborany azy amin' ny ^bgadrany mahatsiravina izay tsy misy fanafahana.

23 Eny, voasambotry ny fahafatesana sy ny helo ireo; ary ny fahafatesana sy ny helo sy ny devoly ary izay rehetra efa voahazon' ireo dia tsy maintsy mijoro eo anoloan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra sy "hotsaraina araka ny asany, ary avy eo ireo dia tsy maintsy mankany amin' ny toerana efa voamana ho azy ireo, dia ny ^bfarihy afo sy solifara izay fijaliana tsisy fiafarany.

24 Koa lozan' izay miadana ao Ziona!

25 Lozan' izay miantso hoe: Mandry fehizay ny rehetra.

26 Eny, lozan' izay "mihaino ny fampianaran' olombelona ka mandà ny fahefan' Andriamanitra sy ny fanomezana ny Fanahy Masina!

27 Eny, lozan' izay milaza hoe: Efa nandray izahay ka tsy "mila intsony!

28 Ary raha fintinina, lozan' ireo izay mangovitra sady "tezitra noho ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra! Satria indro, fa izay miorina eo ambony ^bvatolampy dia mandray izany amim-pifaliana; ary izay miorina eo amin' ny fanorenana fasika dia mangovitra fandrao hianjera izy.

18a Fan. 19:2.
b 1 Ne. 14:3, 17.
19a 1 Ne. 22:23.
b Almà 34:35.
d Almà 12:11.
20a F&F 10:20–27.
21a Mòrm. 8:31.

b 2 Ne. 9:39.
22a TSM Helo.
b Almà 36:18.
23a TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara; Fitsarana
Farany, Ny.
b 2 Ne. 9:16, 19, 26.

26a 2 Ne. 9:29.
27a Almà 12:10–11.
28a 2 Ne. 9:40; 33:5.
TSM Fikomiana.
b Mat. 7:24–27.
TSM Vatolampy.

29 Lozan' izay hiteny hoe: Efa nandray ny tenin' Andriamanitra izahay ka "tsy mila ^bintsony ny tenin' Andriamanitra fa manana ny ampy izahay!

30 Nefa indro, izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra: Hanome ny zanak' olombelona andalan-tsoratra anampy "andalan-tsoratra Aho, ary fitsipika anampy fitsipika, etsy kely ary eroa kely; ary sambatra ireo izay mihaino ny fitsipiko, sy mampondry sofina amin' ny torohevitra, fa hianatra ^bfahendrena izy; fa izay ^dmandray no homeko "bebe kokoa; ary amin' ireo izay hilaza hoe: Manana ny ampy izahay, amin' ireo kosa dia hoesorina na dia izay efa ananany aza.

31 Voaozona ny olona mame-traka ny "fitokiany amin' olombelona, na manao ny nofo ho sandriny, na mihaino ny fampianaran' olombelona raha tsy nomena noho ny herin' ny Fanahy Masina ny fampianarany.

32 "Lozan' ny Jentilisa, hoy ny Tompon' ny Maro! Satria na dia hanolotra azy ny tanako isan' andro isan' andro aza Aho, dia handà Ahy izy; kanefa dia ho feno famindram-po aminy Aho, hoy ny Tompo Andriamanitra, raha mibebaka izy sy manatona Ahy; fa ny ^btanako dia mitolotra

mandritra ny manontolo andro hoy ny Tompon' ny Maro.

TOKO 29

Hitsipaka ny Bokin' i Môrmôna ny Jentilisa maro—Hilaza izy hoe, Tsy mila Baiboly intsony izahay—Niteny tamin' ny firenena maro ny Tompo—Hitsara izao tontolo izao Izy araka ireo boky izay hosoratana. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

NEFA hisy maro—amin' izany andro izany, rehefa hiroso Aho amin' ny fanaovana asa iray "mahatalanjona eo anivony mba hahatsiarovako ny ^bfanekempihavanako izay efa nataoko tamin' ny zanak' olombelona sy hahazoako manatsotra "fanindroany indray ny tanako mba hanombako ny oloko izay isan' ny mpianakavin' i Isiraely;

2 Ary koa, mba hahatsiarovako ny fampanantenana izay efa nataoko tamin-drainao fa hotsarovako ny taranakareo; ka ny "tenin' ny taranakareo dia hiloaka ny vavako hankany amin' ny taranakareo ary ny teniko dia ^bhisiaka hatrany am-paran' ny tany toy ny ^dfanava ho an' ny oloko izay isan' ny mpianakavin' i Isiraely;

3 Ary satria hisiaka ny teniko—dia maro, amin' ny Jentili-

29a 2 Ne. 29:3–10.

b 2 Ne. 27:14; Etera 4:8.

30a Isa. 28:9–13;

F&F 98:12.

b TSM Fahendrena.

d Lio. 8:18.

e Almà 12:10; F&F 50:24.

31a F&F 1:19–20.

32a 1 Ne. 14:6.

b Jakôba 5:47; 6:4.

29 1a 2 Ne. 27:26.

TSM Famerenana amin' ny Laoniny ny Filazantsara.

b TSM Fanekempihavanan' i Abrahama.

d 2 Ne. 6:14; 21:11–12; 25:17.

TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

2a 2 Ne. 3:18–21.

b Isa. 5:26; 2 Ne. 15:26; Môrô. 10:28.

d 1 Ne. 21:22.

TSM Fanava.

sa no hiteny hoe: “Baiboly iray! Baiboly iray! Efa manana Baiboly iray izahay, ary tsy mety hisy Baiboly hafa intsony.

4 Nefa, izao no lazain’ ny Tompo Andriamanitra: Ry adala, hazo Baiboly iray izy; ary izany dia hivoaka avy amin’ ny ^aJiosy, olon’ ny fanekempihavanako fahiny izany. Ary inona no mba fisaorany ny ^bJiosy noho ny ^dBaiboly izay noraisiny taminy? Eny, inona no tian’ ny Jentilisa hola-zaina? Moa mba tsaroany va ny asa sy ny raharaha ary ny fangirifirian’ ny Jiosy mbamin’ ny fahazotoana nasehony Tamiko, tamin’ ny nitondrany ny famonjena ho an’ ny Jentilisa?

5 E ianareo Jentilisa, moa efa notsarovanareo va ny Jiosy, ny olon’ ny fanekempihavanako fahiny? Tsia; fa efa nozoninareo kosa izy sy ^anankahalainareo ary tsy nikatsaka ny hampody azy ianareo. Indro anefa fa hovalia-ko eo ambony lohanareo avokoa ireo zavatra ireo; Izaho Tompo dia tsy nanadino ny oloko.

6 Adala ianao izay hiteny hoe: “Baiboly iray, efa manana Baiboly iray izahay ka tsy mila Baiboly intsony. Moa nanana ny Baiboly ianareo raha tsy noho ny Jiosy?

7 Tsy fantatrarao va fa tsy iray ihany ny firenena? Tsy fantatrarao va fa Izaho Tompo Andriamanitrareo dia efa ^anahary

ny olon-drehetra ka tsaroako ireo izay any amin’ ny ^bnosin-dranomasina; ary manapaka eny amin’ ny lanitra ambony sy ety amin’ ny tany ambany Aho; ary Izaho no mampitondra ny teniko ho an’ ny zanak’ olombelona, eny, na dia ho an’ ny firenena rehetra ambonin’ ny tany aza?

8 Noho izany, nahoana no mimonomonona ianareo, kanefa handray misimisy kokoa amin’ ny teniko? Tsy fantatrarao va fa ny fanambaran’ ny ^afirenena roa dia ^bvavolombelona aminareo fa Izaho no Andriamanitra, fa Izaho dia mahatsiaro ny firenena iray toy ny ahatsiarovako ny firenena iray hafa koa? Koa teny iray ihany no lazaiko na amin’ ity firenena ity na amin’ itsy firenena itsy. Ary rehefa mikambana ny ^dfirenena roa, dia hikambana koa ny fanambaran’ izy roroa.

9 Ary ataoko izany hanaporofoako amin’ ny maro fa Izaho no ^atsy miova omaly sy anio ary ho mandrakizay; ka manambara ny teniko Aho araka ny sitrapoko. Ary satria efa nilaza ^bteny iray Aho, dia tsy tokony heverinareo fa tsy afaka milaza iray hafa; satria ny asako dia tsy mbola vita; sady tsy ho vita izany mandra-pahatapitry ny olombelona na aorian’ izay fotoana izay na mandrakizay.

10 Koa satria efa manana

3a 1 Ne. 13:23–25.
TSM Baiboly; Bokin’
i Môrmôna.

4a F&F 3:16.

b TSM Jiosy.

d TSM Joda— Ny
tapa-kazon’ i Joda.

5a 3 Ne. 29:8.

6a 1 Ne. 13:38.

7a TSM Fahariana.

b 1 Ne. 22:4.

8a Ezek. 37:15–20;

1 Ne. 13:38–41;

2 Ne. 3:12.

b Mat. 18:16.

TSM Vavolombelona.

d Hosea 1:11.

9a Heb. 13:8.

b TSM Fanambaranana.

Baiboly iray ianareo, dia tsy tokony hihevitra ianareo fa mirakitra ny “teniko rehetra izany; sady tsy tokony hihevitra ianareo fa tsy nampanoratra misimisny kokoa Aho.

11 Satria mandidy ny “olon-drehetra Aho, na any atsinanana, na any andrefana, na any avaratra, na any atsimo ary na any amin’ ny nosin-dranomasina, ^bhanoratany ny teny izay lazaiko azy; fa araka ny ^dboky izay hosoratana no ^chitsarako izao tontolo izao, ny tsirairay araka ny asany avy, araka izay efa voasoratra.

12 Fa indro, hiteny amin’ ny “Jiosy Aho, dia hanoratra izany izy; ary hiteny amin’ ny Nefita Aho, dia ^bhanoratra izany izy; ary Izaho koa hiteny amin’ ny foko hafa amin’ ny mpianakavin’ i Isiraely, izay efa nentiko niala, dia hanoratra izany izy; ary Izaho koa hiteny amin’ ny ^dfirenen-drehetra eto an-tany, dia hanoratra izany ireo.

13 Ary ny zavatra hitranga dia ny “Jiosy handray ny tenin’ ny Nefita ary ny Nefita handray ny tenin’ ny Jiosy; ary ny Nefita sy ny Jiosy dia handray ny tenin’ ny ^bfoko very tamin’ i Isiraely; ary ny foko very tamin’ i Isiraely handray ny tenin’ ny Nefita sy ny Jiosy.

14 Ary ny zavatra hitranga dia hangonina ka hampodiana any amin’ ny tany zakainy ny oloko izay isan’ ny “mpianakavin’ i Isiraely; dia hatambatra ho ^biray ihany koa ny teniko. Ary hasehoko ireo izay miady amin’ ny teniko sy miady amin’ ny oloko izay isan’ ny ^dmpianakavin’ i Isiraely, fa Izaho no Andriamanitra, ary Izaho efa nanao ^cfanekempihavanana tamin’ i Abrahama fa hotsarovako ^fmandrakizay ny ^gtaranany.

TOKO 30

Ho tafiditra ho isan’ ny vahoakan’ ny fanekempihavanana ny Jentilisa niova fo—Hino ny teny ny Lamanita sy ny Jiosy maro ka hanjary mahatehotia—Hampodiana amin’ ny laoniny Isiraely ary hofongorana ny olon-dratsy. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny, indro ry rahalahiko malala, te hiresaka aminareo aho; satria izaho Nefia dia tsy hamela ny hiheveranareo fa marina kokoa noho ny Jentilisa ianareo. Satria indro fa raha tsy mitandrina ny didin’ Andriamanitra ianareo dia ho faty tahaka azy avokoa ianareo; satria noho ny teny izay efa nolazaiko, dia

10a TSM Soratra Masina—
Faminaniana ny
amin’ ny hivoahan’
ny Soratra Masina.

11a Almà 29:8.

b 2 Tim. 3:16.

d TSM Bokin’ ny
Fiainana.

e 2 Ne. 25:22; 33:11,
14–15.

TSM Fitsarana
Farany, Ny.

12a 1 Ne. 13:23–29.

b 1 Ne. 13:38–42;

2 Ne. 26:17.

d 2 Ne. 26:33.

13a Mòrm. 5:12–14.

b TSM Isiraely—Ireo
foko folo very amin’
ny Isiraely.

14a Jer. 3:17–18.

b Ezek. 37:16–17.

d 1 Ne. 22:8–9.

e Gen. 12:1–3;

1 Ne. 17:40;

3 Ne. 20:27; Abr. 2:9.

TSM Fanekempihava-
nan’ i Abrahama.

f Gen. 17:7.

g F&F 132:30.

tsy tokony hihevitra ianareo fa ho fongana tanteraka ny Jentilisa.

2 Satria indro, lazaiko aminareo fa rehefa mety ho Jentilisa ka mibebaka, dia isan' ny "olon' ny fanekempihavanan' ny Tompo; ary rehefa mety ho ^bJiosy ka tsy mibebaka, dia hariana; fa ny Tompo tsy manao fanekempihavanana afa-tsy amin' ireo izay ^amibebaka sady mino ny Zanany, dia ny Iray Masin' ny Isiraely.

3 Ary ankehitriny, mbola te haminany misimisy ihany aho ny momba ny Jiosy sy ny Jentilisa. Fa aorian' ny hivoahan' ilay boky izay efa nolazaiko fa hosoratana ho an' ny Jentilisa sady hofehezina kase indray ao amin' ny Tompo, dia hisy maro no ^ahino ny teny izay voasoratra; ary ^bhitondra izany izy hankany amin' ny taranatsika sisa.

4 Ary amin' izany dia ho fantatry ny taranatsika sisa ny momba antsika, ny nahatonga antsika handao an' i Jerosalema ary ny maha-taranaka Jiosy azy.

5 Ary hambara ^aamin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy; koa hampodiana amin' ny ^bfahalalana ny razany ^dizy, ary koa amin' ny fahalalana an' i Jesoa Kristy toy ny efa nahalalan' ny razany Azy.

6 Ary amin' izany dia hifaly izy; satria ho fantany fa fitahiana iray teo an-tanan' Andriamanitra

ho azy izany; ary hanomboka hiala amin' ny masonry ny kiran' ny fahamaizinana; ary tsy ho lasana ny taranaka maro eo anivony raha tsy efa tonga vahoaka madio sy ^amahatehotia izy.

7 Ary ny zavatra hitranga dia ^ahanomboka hino an' i Kristy ny ^bJiosy izay miely patrana; ka hanomboka hitambatambatra izy eto ambonin' ny tany; ary ho tonga olona mahatehotia koa izay rehetra mino an' i Kristy.

8 Ary ny zavatra hitranga dia hanomboka ny asany eo anivon' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra ny Tompo Andriamanitra, amin' ny fanatanterahana ny fampodiana amin' ny laoniny ny olony eto an-tany.

9 Ary araka ny rariny no ^ahitsaran' ny ^bTompo Andriamanitra ny mahantra, ary haniny araka ny hitsiny Izy ho an' ny ^amalemy fanahin' ny tany. Ary hamely ny tany amin' ny tsorakazon' ny vavany Izy; ary amin' ny fofonain' ny molony no handringanany ny olon-dratsy.

10 Fa avy faingana tokoa ny ^afotoana izay hampanjarian' ny Tompo Andriamanitra ^bfizarazarana lehibe eo anivon' ny vahoaka, ka ny olon-dratsy dia ho ringaniny; ary ^dhitsimbina ny olony Izy, eny, na dia tsy main-

30 2a Gal. 3:26-29.

b Mat. 8:10-13.

tsm Jiosy.

d tsm Fibebahana.

3a 3 Ne. 16:6-7.

b 1 Ne. 22:8-9.

5a 3 Ne. 21:3-7, 24-26.

b 1 Ne. 15:14;

2 Ne. 3:12;

Môrm. 7:1, 9-10.

d F&F 3:20.

6a F&F 49:24; 109:65.

7a 2 Ne. 25:16-17.

b 2 Ne. 29:13-14.

9a 2 Ne. 9:15.

b Isa. 11:4-9.

d tsm Halemempahany.

10a tsm Andro Farany.

b F&F 63:53-54.

d Mos. 7:61.

tsy ‘mandringana ny olon-dra-
tsy amin’ ny afo aza.

11 Ary “fahamarinana no ho fisikinany ary fahatokiana no ho fehin-kibony.

12 Ary amin’ izany ny amboadia hiara-“mitoetra amin’ ny zanak’ ondry; ary ny leoparda hiara-mandry amin’ ny zanak’ osy ary ny zanak’ omby sy ny liona tanora ary ny omby mifahy hiray toerana; ary zazakely no hiroaka azy.

13 Ary ny ombivavy sy ny bera hiara-komana; ny zanany hiara-mandry; ary ny liona hihina-mololo toy ny omby.

14 Ary ny zaza minono hilalao amin’ ny lavaky ny vipera ary ny zaza misara-nono hametraka ny tanany eo amin’ ny lavaky ny menarana.

15 Sady tsy handratra no tsy hanimba eran’ ny tendrombohitro masina ireo, satria ho henika ny fahalalana ny Tompo ny tany, dia tahaka ny rano mahahenika ny ranomasina.

16 Koa hampahafantarina ny zavatra ny “firenen-drehetra; eny, ^bhampahafantarina ny zanak’ olombelona ny zava-drehetra.

17 Tsy misy zava-miafina izay tsy “hambara; tsy misy asan’ ny maizina izay tsy haseho eo amin’ ny mazava; ary tsy misy zavatra voafehy eto an-tany izay tsy hoborahina.

18 Noho izany, ny zava-drehe-

tra izay efa nambara ny zanak’ olombelona dia hambara amin’ izany andro izany; ary tsy hanana fahefana amin’ ny fon’ ny zanak’ olombelona “intsony i Satana mandritra ny fotoana maharitra. Ary ankehitriny ry rahalahiko malala dia faranako ny teniko.

TOKO 31

Nilaza ny antony nanaovana batisa an’ i Kristy i Nefia—Tsy maintsy hanara-dia an’ i Kristy ka hatao batisa sy handray ny Fanahy Masina ary haharitra hatramin’ ny farany ny olona mba hovonjena—Ny fibebahana sy ny batisa no varavaran’ ny lalana ety sy tery. Ny fahatongavan’ ny fiainana mandrakizay amin’ ireo izay nitandrina ny didy rehefa avy natao batisa. Tokony ho 559–545 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny, izaho Nefia dia mamarana ny “faminaniako aminareo ry rahalahiko malala. Ary izaho tsy afa-manoratra afa-tsy zavatra vitsivitsy izay fantatro fa tsy maintsy hitranga marina tokoa; no tsy afa-manoratra koa afa-tsy vitsivitsy amin’ ny tenin’ i Jakôba rahalahiko.

2 Koa ampy ho ahy ny zavatra izay efa nosoratako afa-tsy teny vitsivitsy izay tsy maintsy lazaiko momba ny “fotopampianaran’ i Kristy; noho izany, dia hiteny aminareo mazava tsara

10e 1 Ne. 22:15–17, 23.
TSM Tany—
Fandiovana ny tany.
11a Isa. 11:5–9.
12a Isa. 65:25.

TSM Arivotaona.
16a F&F 101:32–35;
121:28–29.
b Etera 4:6–7.
17a F&F 1:2–3.

18a Fan. 20:1–3;
Etera 8:26.
31 1a 2 Ne. 25:1–4.
2a 2 Ne. 11:6–7.

aho, araka ny fahazavan' ny faminianiako.

3 Fa finaritra amin' ny fahazavan-tsaina ny fanahiko; fa amin' izany fomba izany no iasan' ny Tompo Andriamanitra eo anivon' ny zanak' olombelona. Fa manome "fahazavana ho an' ny faharanitan-tsaina ny Tompo Andriamanitra; fa miteny amin' ny olona Izy araka ny ^bfiteniny mba hahazoan' ny olona Azy.

4 Koa mba tiako ho tadidinareo fa izaho efa niresaka taminareo ny momba ilay "mpaminany izay nasehon' ny Tompo ahy, izay tokony hanao batisa ny ^bZanakondrin' Andriamanitra izay hanaisotra ny fahotan' izao tontolo izao.

5 Ary ankehitriny, raha ny Zanakondrin' Andriamanitra, izay masina aza, dia ilaina hatao "batisa amin' ny rano mba hatanteraka ny fahamarinana rehetra, Ô tsy mainka va isika izay tsy masina amin' izany no tena mila hatao batisa, eny, dia amin' ny rano izany!

6 Ary ankehitriny, te hanontan' anareo aho ry rahalahiko malala, ahoana no nahatanterahan' ny Zanakondrin' Andriamanitra ny fahamarinana rehetra tamin' ny nanaovana batisa Azy tamin' ny rano?

7 Tsy fantatrareo va fa masina Izy? Nefa na dia masina aza Izy

dia asehony ny zanak' olombelona araka ny maha-nofy, fa manetry ny tenany eo anoloan' ny Ray Izy ary mijoro ho vavolombelona amin' ny Ray, fa "hankatò Azy amin' ny fitandremana ny didiny.

8 Koa nony efa vita batisa tamin' ny rano Izy dia nidina teo Aminy tamin' ny "endriky ny ^bvoromailala ny Fanahy Masina.

9 Ary mampiseho indray amin' ny zanak' olombelona izany fa ety ny lalana ary tery ny "vavahady izay tokony hidirany, ka ny tenany no efa nataony ohatra taminy.

10 Ary niteny tamin' ny zanak' olombelona Izy hoe: "Manaraha Ahy. Noho izany ry rahalahiko malala, ahoana no ahazoantsika ^bmanara-dia an' i Jesoa raha tsy vonona ny hitandrana ny tenin' ny Ray isika?

11 Ary niteny ny Ray hoe: Mibebaha ianareo, mibebaha ianareo ka aoka hatao batisa amin' ny anaran' ny Zanak' Malalako.

12 Ary tonga tamiko koa ny feon' ny Zanaka, manao hoe: Izay atao batisa amin' ny anarako no "homen' ny Ray ny Fanahy Masina, tahaka Ahy; koa ^bmanaraha Ahy ary ataovy ny zavatra izay efa hitanareo fa ataoko.

13 Noho izany ry rahalahiko malala dia fantatro fa raha

3a TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.
b F&F 1:24.

4a 1 Ne. 10:7; 11:27.
TSM Jaona Mpanao
Batisa.

b TSM Zanakondrin'
Andriamanitra.

5a Mat. 3:11-17.
TSM Batisa.

7a Jao. 5:30.
TSM Mankatò.

8a 1 Ne. 11:27.
b TSM Voromailala,
Endriky Ny.

9a 2 Ne. 9:41;

3 Ne. 14:13-14;
F&F 22:4.

10a Mat. 4:19; 8:22; 9:9.

b Môrô. 7:11; F&F 56:2.

12a TSM Fanomezana ny
Fanahy Masina.

b Lio. 9:57-62;
Jao. 12:26.

manara-dia ny Zanaka ianareo, amin' ny finiavan' ny fonareo manontolo, tsy manao amin' ny fihatsarambelatsihy sady tsy misy fitaka eo anoloan' Andriamanitra fa omban' ny fikasana marina, mibebaka amin' ny fahotanareo, mijoro ho vavolombelona amin' ny Ray fa vonona hitondra ny anaran' i Kristy amin' ny "batisa—eny, amin' ny fanarahana ny Tomponareo sy ny Mpamonjy anareo midina ao anaty rano araka ny teniny, dia indro fa horaisinareo ny Fanahy Masina amin' izany; eny, amin' izany dia ho tonga ny ^bbatisan' ny afo sy ny Fanahy Masina; ary amin' izany dia ho afaka miteny amin' ny ^afitenin' ny anjely ianareo ary hiantsoantso fiderana ny Iray Masin' ny Isiraely.

14 Nefa indro, ry rahalahiko malala, fa toy izao ny feon' ny Zanaka tonga tamiko, manao hoe: Rehefa mibebaka amin' ny fahotanareo ianareo sy mijoro ho vavolombelona amin' ny Ray fa vonona ny hitandrina ny didiko amin' ny alalan' ny batisan' ny rano ary mandray ny batisan' ny afo sy ny an' ny Fanahy Masina ary afaka miteny amin' ny fiteny vaovao, eny, dia amin' ny fitenin' ny anjely, ary rehefa izany ka mbola "handà Ahy ihany, dia ho ^btsaratsara kokoa

ho anareo ny tsy nahafantatra Ahy.

15 Ary nandre ny feo avy tamin' ny Ray aho, manao hoe: Eny, marina sy mahatoky ny tenin' ny Malalako. Izay maharitra hatramin' ny farany no hovonjena.

16 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, fantatro araka izany, fa raha tsy "maharitra hatramin' ny farany ny olona amin' ny fanarahana ny ^bohatry ny Zanak' Ilay Andriamanitra velona, dia tsy ho azo vonjena izy.

17 Koa, ataovy ny zavatra izay efa nolazaiko anareo, izay efa hitako fa hataon' ny Tomponareo sy ny Mpanavotra anareo; satria izany no antony nampisehoana ahy izany mba hahafantarana-reo ny vavahady tokony hidiranareo. Satria ny vavahady izay tokony hidiranareo dia ny fibebahana sy ny "batisa amin' ny rano; ary avy eo dia tonga ny ^bfamelana ny fahotanareo amin' ny alalan' ny afo sy ny Fanahy Masina.

18 Ary efa mby amin' ny "lalana ^bety sy tery izay mitondra mankany amin' ny fiainana mandrakizay ianareo amin' izany; eny, efa niditra tamin' ny vavahady; efa nanao araka ny didin' ny Ray sy ny Zanaka; ary efa nandray ny Fanahy Masina izay mijoro ho "vavolombelona amin' ny Ray sy ny Zanaka ho fana-

13a Gal. 3:26–27.

b TSM Fanomezana ny Fanahy Masina; Afo.

d 2 Ne. 32:2–3.

14a Mat. 10:32–33;

Almà 24:30; F&F 101:1–5.

TSM Fahotana Tsy Ahazoana Famelana.

b 2 Pet. 2:21.
16a Almà 5:13; 38:2; F&F 20:29.

b TSM Jesoa Kristy—Ny ohatra nasehon' i Jesoa Kristy.

17a Mòsià 18:10.

TSM Batisa.

b TSM Famelana ny Fahotana.

18a Ohab. 4:18.

TSM Lalana.

b 1 Ne. 8:20.

d Asa 5:29–32.

tanterahina ny fampanantena-
na izay efa nataony fa raha toa
ianareo miditra amin' ny lalana
dia handray.

19 Ary ankehitriny ry rahala-
hiko malala, rehefa nihazo ny la-
lana ety sy tery ianareo dia mba
te hanontany anareo aho raha
toa ka efa "vita ny zava-drehetra.
Indro lazaiko anareo, Tsia; satria
tsy ho tonga hatreo amin' izay
isianareo ianareo, raha tsy noho
ny tenin' i Kristy sy ny ^bfinoana-
reo Azy tsy voahozongozona
ary ny ^dfianteheranareo tante-
raka amin' ny fahamendrehan'
Ilay Mahery ka mahavonjy.

20 Noho izany dia tsy maintsy
^amibosesika handroso amin' ny
fiorenana ao amin' i Kristy ia-
nareo, amin' ny fanananareo
^bfanantenana mamirapiratra sy
lavorary omban' ny ^dfitiavana
an' Andriamanitra sy ny olon-
drehetra. Koa raha mibosesika
handroso ianareo ka mivoky
amin' ny tenin' i Kristy ary
^emaharitra hatramin' ny fara-
ny, dia indro, izao no lazain' ny
Ray: Hahazo ny fiainana man-
drakizay ianareo.

21 Ary ankehitriny, indro ry
rahalahiko malala, izany no
^alalana; ary ^btsy misy lalana na
^danarana hafa nomena ambanin'
ny lanitra, izay hahazoana
mamonjy ny olona ho ao amin'

ny fanjakan' Andriamanitra.
Ary ankehitriny, indro izany
no ^e“fotopampianaran' i Kristy,
ary ny hany fotopampianarana
marina an' ny ^fRay sy an' ny
Zanaka ary an' ny Fanahy Masi-
na izay ^gAndriamanitra iray, tsy
manam-pahataperana. Amena.

TOKO 32

*Miteny amin' ny herin' ny Fanahy
Masina ny anjely—Tsy maintsy
mivavaka ny olona hahazoany fa-
halalana ho an' ny tenany avy
amin' ny Fanahy Masina. Tokony
ho 559–545 talohan' i J.K.*

ARY ankehitriny indro, ataoko
ry rahalahiko malala fa somary
misaintsaina ao am-ponareo ia-
nareo ny amin' izay tokony ha-
taonareo rehefa tafiditra amin'
ny lalana. Nefa indro, nahoana
ianareo no misaintsaina izany
zavatra izany ao am-ponareo?

2 Tsy tsaroanareo va ny nola-
zaiko taminareo fa rehefa avy
^anandray ny Fanahy Masina ia-
nareo, dia ho afaka miteny amin'
ny ^bfitenin' ny anjely? Ary anke-
hitriny, ahoana no hahafahana-
reo miteny amin' ny fitenin' ny
anjely amin' izany raha tsy amin'
ny alalan' ny Fanahy Masina?

19a Môsîà 4:10.

^b TSM Finoana.

^d F&F 3:20.

20a TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin'

Andriamanitra.

^b TSM Fanantenana.

^d TSM Fitiavana.

^e TSM Maharitra.

21a Asa 4:10–12;

2 Ne. 9:41;

Almà 37:46;

F&F 132:22, 25.

^b Môsîà 3:17.

^d TSM Jesoa Kristy—

Fitondrantsika eo

amintsika ny

anaran' i Jesoa Kristy.

^e Mat. 7:28;

Jaô. 7:16–17.

^f TSM Andriamanitra.

^g 3 Ne. 11:27, 35–36.

TSM Firaisan-kina.

32 2a 3 Ne. 9:20.

^b 2 Ne. 31:13.

3 Miteny amin' ny herin' ny Fanahy Masina ny "anjely; noho izany dia manambara ny tenin' i Kristy izy. Izany no nilazako taminareo hoe, ^bmivokisa amin' ny tenin' i Kristy; fa indro hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin' i Kristy.

4 Koa, ankehitriny rehefa avy nilaza ireo teny ireo aho, raha tsy mety takatrareo ireo, dia satria "tsy mangataka ianareo sady tsy mandondona; noho izany dia tsy entina eo amin' ny mazava ianareo fa tsy maintsy ho faty ao amin' ny maizina kosa.

5 Fa indro, lazaiko aminareo indray fa raha te hiditra ny lalana ianareo ary handray ny Fanahy Masina, dia Izy no hampiseho aminareo ny zavatra rehetra izay tokony hataonareo.

6 Indro, izany no fotopampianaran' i Kristy ary tsy hisy fotopampianarana homena intsony ambara-"panehoany ny tenany aminareo ao amin' ny nofo. Ary rehefa haneho ny tenany aminareo ao amin' ny nofo Izy, dia tsy maintsy ezahanareo ny hanao ny zavatra izay holazainy aminareo.

7 Ary ankehitriny, izaho Nefia dia tsy afaka miteny intsony; ajanon' ny Fanahy ny teniko, ary avela aho hitoreo noho ny "tsy finoana sy ny faharatsiana mbamin' ny tsy fahalalana ary ny hamafy hatoky ny olombelona; satria tsy mety mikatsaka

fahalalana izy no sady tsy takany ny fahalalana be rehefa omena azy amin' ny ^bfahatsorany izany, araka izay mahatsotra ny teny.

8 Ary ankehitriny takatro ry rahalahiko malala fa mbola mandinika ao am-ponareo ianareo; ary maharary ahy ny tsy maintsy ilazako izany zavatra izany. Satria raha mety mihaino ny Fanahy izay mampianatra ny olona "hivavaka ianareo, dia ho fantatrareo fa tsy maintsy mivavaka ianareo; satria tsy mampianatra ny olona hivavaka ny ^bfanahy ratsy fa mampianatra azy kosa tsy hivavaka izany.

9 Nefa indro lazaiko aminareo fa tsy maintsy "mivavaka mandrakariva ianareo ary tsy kivy; ary tsy hanao na inona na inona ho an' ny Tompo raha tsy efa nivavaka tamin' ny Ray aloha tamin' ny ^banaran' i Kristy mba hanamasinany ny asanareo ho anareo, mba hitondra "fiadana-na ho an' ny fanahinareo ny asanareo.

TOKO 33

Ny fahamarinan' ny tenin' i Nefia —Ny fanambarany ny amin' i Kristy— Ireo izay nino an' i Kristy dia hino ny tenin' i Nefia, izay hijoro ho vavolombelona eo anoloan' ny toeram-pitsarana. Tokony ho 559–545 talohan' i J.K.

3a TSM Anjely.

b Jer. 15:16.

4a TSM Mangataka.

6a 3 Ne. 11:8.

7a TSM Tsy Finoana.

b 2 Ne. 31:2–3;

Jakôba 4:13.

8a TSM Vavaka.

b Môsià 4:14.

TSM Devoly.

9a 3 Ne. 20:1;

F&F 75:11.

b Mos. 5:8.

d Almà 34:27.

ARY ankehitriny, izaho Nefia dia tsy afaka manoratra ny zavatra rehetra izay efa nampianarina teo anivon' ny oloko; sady tsy dia "mahery amin' ny fanorata-na toy ny amin' ny fitenenana aho; fa rehefa ^bmiteny amin' ny herin' ny Fanahy Masina ny olona iray, ny herin' ny Fanahy Masina dia mitondra izany han-kany am-pon' ny zanak' olombelona.

2 Nefa indro, maro ireo izay "manamafy ny fony amin' ny Fanahy Masina hany ka tsy manana toerana ao aminy Izy; koa izy ireo dia manary zavatra maro izay efa voasoratra ary misaina izany ho toy ny zava-tsinontsinona.

3 Nefa, izaho Nefia dia efa nanoratra izay efa voasoratro, ary heveriko ho misy "lanjany lehibe izany, indrindra ho an' ny oloko. Fa ^bmivavaka lalandava ho azy aho mandritra ny andro, ary vonton-dranomaso ny ondako amin' ny alina noho ny aminy; ary mitalaho amin' Andriamanitra amim-pinoana aho ka fantatro fa hihaino ny fitalahoako Izy.

4 Ary fantatro fa hanamasina ny fivavako ny Tompo Andriamanitra ho tombontsoan' ny oloko. Ary ny teny izay efa nosoratako tamin' ny fahalemena

dia "hatanjahina ho azy satria, ^bmandresy lahatra azy hanao ny tsara izany; mampahafantatra azy ny razambeny; ary miresaka an' i Jesoa ka mandresy lahatra azy hino Azy sy haharitra hatramin' ny farany, izay fiainana "mandrakizay.

5 Ary miteny "tsy misorona manohitra ny fahotana izany araka ny ^bfahatsoran' ny fahamarinana; noho izany dia tsy hisy olona ho tezitra amin' ny teny izay efa nosoratako afa-tsy izay hitoeran' ny fanahin' ny devoly.

6 Mirehareha ny amin' ny fahatsorana aho; mirehareha ny amin' ny fahamarinana aho; mirehareha ny amin' i Jesoako aho fa Izy efa "nanavotra ny fanahiko tamin' ny helo.

7 "Antra ny oloko aho sady manana finoana lehibe an' i Kristy hany ka hihaona amin' ny fanahy maro tsy misy pentina aho eo amin' ny toeram-pitsarany.

8 Antra ny "Jiosy aho—Jiosy, hoy aho, satria ny fiaviako no tiako ambara amin' izany.

9 Antra ny "Jentilisa koa aho. Nefa indro, tsy misy azoko antenaina ny aminy raha tsy efa ^bnihavana tamin' i Kristy izy ka miditra ny ^dvavahady tery sy "mandeha amin' ny ^flalana ety izay mitondra mankany amin' ny fiainana ary mitozo amin'

33 1a Etera 12:23-24.

b F&F 100:7-8.

2a Hel. 6:35-36.

3a TSM Soratra Masina—
Ny hasarobidin' ny
Soratra Masina.

b Enôsa 1:9-12; TiM 1:8.

4a Etera 12:26-27.

b Môrô. 7:13.

d TSM Fiainana
Mandrakizay.

5a 1 Ne. 16:1-3;

2 Ne. 9:40.

b 2 Ne. 31:3;

Jakôba 4:13.

6a TSM Fanavotana.

7a TSM Fiantrana.

8a TSM Jiosy.

9a TSM Jentilisa.

b TSM Sorompanavo-
tana.

d 2 Ne. 9:41.

e TSM Mandeha,

Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.

f Hel. 3:29-30;

F&F 132:22.

ny lalana mandra-pahatapitry ny andron' ny fizahan-toetra.

10 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala ary koa ianareo Jiosy sy ianareo rehetra faran' ny tany, mihainoa ireto teny ireto sady "minoa an' i Kristy; ary raha tsy mino ireto teny ireto ianareo, dia minoa an' i Kristy. Ary raha mino an' i Kristy ianareo, dia hino ireto ^bteny ireto, satria ^dtenin' i Kristy ireo ary Izy no efa nanolotra ireo ho ahy; ary "mampianatra ny olon-drehetra ireo mba hanao ny tsara.

11 Ary raha tsy tenin' i Kristy ireo, dia tsarainareo—fa hasehon' i Kristy anareo amin-"kery sy voninahi-dehibe amin' ny andro farany fa teniny ireo; ary dia hifanatri-tava isika na iza-ho na ianareo eo anoloan' ny ^bfitsarany; ary ho fantatrareo fa efa nandidy ahy Izy hanoratra ireto zavatra ireto na dia teo aza ny fahalemeko.

12 Ary mivavaka amin' ny Ray aho amin' ny anaran' i Kristy mba ho maro amintsika, raha

tsy isika rehetra, no hovonjena ao amin' ny "fanjakany amin' ny andro lehibe sady farany.

13 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, ianareo rehetra izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely sy ianareo rehetra faran' ny tany, miteny aminareo toy ny feon' olona "miantso avy ao amin' ny vovoka aho: Veloma ianareo mandra-pahatongan' izany andro lehibe izany.

14 Ary ianareo izay tsy mety mandray anjara amin' ny hatsaram-pon' Andriamanitra, na manaja ny "tenin' ny Jiosy ary koa ny ^bteniko sy ny teny izay hiloaka ny vavan' ny Zanakondrin' Andriamanitra, indro manao veloma anareo mandrakizay aho, satria "hanameloka anareo ireto teny ireto amin' ny andro farany.

15 Fa izay feheziko eto an-tany dia hoentina hiampangana anareo eo amin' ny "toeram-pitsarana; fa izany no efa nandidian' ny Tompo ahy ka dia tsy maintsy mankatò aho. Amena.

NY BOKIN' I JAKÔBA

RAHALAHIN' I NEFIA

Ny teny notoriany tamin' ny rahalahiny. Nampangaihay ny lehilahy iray izay nikatsaka ny handrodana ny fotopampianaran' i Kristy izy. Teny vitsivitsy momba ny tantaran' ny vahoakan' i Nefia.

10a TSM Finoana.

b TSM Bokin' i

Môrmôna.

d Môrô. 10:27–29.

e 2 Ne. 25:28.

11a Etera 5:4; Môrô. 7:35.

b Fan. 20:12;

Môrô. 10:34.

12a TSM Voninahitra

Selestialy.

13a Isa. 29:4;

2 Ne. 26:16.

14a TSM Baiboly.

b TSM Bokin' i

Môrmôna.

d 2 Ne. 29:11;

Etera 4:8–10.

15a TiM 1:11.

TOKO 1

Nikatsaka ny handresy lahatra ny olona mba hino an' i Kristy sy hitandrina ny didiny i Jakôba sy i Jôsefa — Nodimandry i Nefia — Nahazo vahana teo anivon' ny Nefita ny faharatsiana. Tokony ho 544-421 talohan' i J.K.

FA indro, ny zava-nitranga dia dimy amby dimampolo taona no efa lasana hatramin' ny fotoana izay nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema; noho izany, i Nefia dia nanome ahy, "Jakôba, ^bdidy iray momba ny "takelaka kely izay eo aminy no sokirina ireto zavatra ireto.

2 Ary nomeny ahy Jakôba, ny didy iray mba hanoratako eo amin' ireto takelaka ireto ny vitsivitsy amin' ny zavatra izay noheveriko ho tena sarobidy indrindra; mba tsy hikasihiko ny momba ny tantaran' ny vahoaka izay antsoina hoe ny vahoakan' i Nefia, raha tsy amin' ny ambangovangony ihany.

3 Satria nolazainy fa ny tantaran' ny olony dia tokony hosokirina eo amin' ny takelany hafa, ary tokony hotehiriziko ireto takelaka ireto ary hatolotro ny taranako, ny taranaka mifandimby.

4 Ary raha toa misy fitoriana izay masina, na fanambarana izay lehibe, na faminiana, dia

tokony hosokiriko eo amin' ireto takelaka ireto ny "votoatiny ary hovoaboasako misimisy araka izay azo atao ireny noho ny amin' i Kristy sy noho ny amin' ny olonay.

5 Fa noho ny finoana sy ny fanahiana lehibe, dia efa natao miharihary taminay marina tokoa ny momba ny olonay, izay zavatra "hihatra aminy.

6 Ary izahay koa dia efa nahazo fanambarana maro sy fanahin' ny faminiana betsaka; noho izany, izahay dia nahafantatra ny amin' i "Kristy sy ny fanjakany izay ho tonga.

7 Noho izany, izahay dia niasa tamim-pahazotoana tokoa teo anivon' ny olonay mba hahazoanay mandresy lahatra azy "hanatona an' i Kristy sy handray anjara amin' ny hatsaran' Andriamanitra hahazoany miditra ao amin' ny ^bfitsaharany, fandrao dia hisy antony hianianany ao amin' ny fahatezerany ka tsy ^dhidirany ao, toy ny tamin' ny ^efihantsiana tamin' ny andron' ny fakam-panahy raha mbola tany an-tany foana ny mpianakavin' i Isiraely.

8 Noho izany, inay anie hotovin' Andriamanitra aminay ny hahafahanay mandresy lahatra ny olon-drehetra tsy "hikomy amin' Andriamanitra, ka ^bhiantsy Azy ho amin' ny fahateze-

[JAKÔBA]

1 1a TSM Jakôba,
Zanakalahin' i Lehia.
b Jakôba 7:27.
d 2 Ne. 5:28-33; Jakôba
3:13-14.
TSM Takelaka.
4a IE ny manjaka,

zavatra mana-danja.
5a 1 Ne. 12.
6a 1 Ne. 10:4-11; 19:8-14.
7a 2 Ne. 9:41; Omnia
1:26; Môrô. 10:32.
b TSM Fitsaharana.
d Nom. 14:23;
Deot. 1:35-37;

F&F 84:23-25.
e Heb. 3:8.
f Nom. 26:65;
1 Ne. 17:23-31.
8a TSM Fikomiana.
b 1 Ne. 17:30;
Almà 12:36-37;
Hel. 7:18.

rana, fa mba hino an' i Kristy kosa ny olon-drehetra ary hibanjina ny fahafatesany sy hiaritra ny ^ahazofijaliany ary hizaka ny henatr' izao tontolo izao; koa izaho Jakôba dia mandray ho adidy ny fanatanterahana ny didin' i Nefia, rahalahiko.

9 Ankehitriny i Nefia dia namboka nandroso fahanterana, ary hitany fa tsy ho ela izy dia tsy maintsy ho ^afaty; noho izany izy dia ^bnanosotra olona iray ho mpanjaka sy ho mpanapaka teo amin' ny olony ankehitriny, araka ny fitondran' ny ^ampanjaka.

10 Ny vahoaka dia tia fatratra tokoa an' i Nefia, satria efa lasa mpiahy lehibe azy izy, tamin' ny fampiasana ny ^asabatr' i Labàna ho fiarovany azy, sy tamin' ny niasany nandritra ny androny rehetra ho fiadanany —

11 Noho izany, ny vahoaka dia naniry ny hitana ny anarany ho fahatsiarovana. Ary na zovy na zovy no hanjaka eo amin' ny toerany, dia nantsoin' ny vahoaka hoe Nefia faharoa, Nefia fahatelo sy ny toy izany, arakaraka ny fitondran' ny mpanjaka; ary dia toy izany no niantsoan' ny vahoaka azy ireny na inona na inona anarany.

12 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry i Nefia.

13 Ankehitriny ny vahoaka

izay tsy ^aLamanita dia ^bNefita; kanefa izy ireny dia nantsoina ho Nefita, Jakôbita, Jôsefita, ^aZôramita, Lamanita, Lemoelita ary Ismaelita.

14 Fa izaho Jakôba kosa dia tsy hanavaka azy etoana amin' ireo anarana ireo, fa dia ^ahantsoiko kosa hoe Lamanita ireo izay mikatsaka ny hamongotra ny vahoakan' i Nefia, ary ireo izay mihavana amin' i Nefia dia hantsoiko hoe ^bNefita na ny ^avahoakan' i Nefia, arakaraka ny fitondran' ny mpanjaka.

15 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny fitondran' ny mpanjaka faharoa, dia namboka nanamafy ny tao ampony ny vahoakan' i Nefia ary somary nanaram-po ihany tamin' ny fomba ratsy izy, toa an' i Davida fahiny izay naniry ^avady sy vaditsindrano maro, ary koa i Solomona zanany lahy.

16 Eny, ary izy koa dia nanomboka nikaroka volamena sy volafotsy maro ary nanomboka ho somary tafasondrotra ihany tao amin' ny avonavona.

17 Noho izany, izaho Jakôba dia nanome azy ireto teny ireto raha nampianatra azy tao amin' ny ^atempoly aho, rehefa nahazo mialoha ny ^bfanendrena ahy avy tamin' ny Tompo.

18 Fa izaho Jakôba sy i Jôsefa rahalahiko dia efa ^anatokana ho

8d DJS, Mat. 16:25–26; Lio. 14:27.

9a 2 Ne. 1:14.

b TSM Manosotra.

d 2 Ne. 6:2; Jarôma 1:7.

10a 1 Ne. 4:9; 2 Ne. 5:14; TiM 1:13; Môsià 1:16; F&F 17:1.

13a Enôsa 1:13;

F&F 3:18.

b TSM Nefita.

d 1 Ne. 4:35;

4 Ne. 1:36–37.

14a Môsià 25:12;

Almà 2:11.

b 2 Ne. 4:11.

d 2 Ne. 5:9.

15a F&F 132:38–39.

17a 2 Ne. 5:16.

TSM Tempoly,

Tranon' ny Tompo.

b TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.

18a 2 Ne. 5:26.

mpisorona sy ho mpampianatra ity vahoaka ity, tamin' ny fame-trahan-tanan' i Nefia.

19 Ary dia nandrianinay ny "adidinay ho an' ny Tompo, tamin' ny nandraisanay ho ^bandraikitra ny hamaliana ny fahotan' ny olona eo ambony lohanay raha tsy nampianatra azy ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fahazotoana rehetra izahay; noho izany, ny fiasana araka ny herinay dia ny mba tsy hipitipitihan' ny "rany amin' ny fitafianay; fa raha tsy izany dia hipitipitihan' ny rany ny fitafianay, ary dia tsy ho hita tsisy pentina izahay amin' ny andro farany.

TOKO 2

Niampanga ny fitiavan-karena, ny avonavona ary ny tsy fahadiovam-pitondrantena i Jakôba — Nahazo nikatsaka harena ny olona mba hanampy ny olona namany — Nomenohin' i Jakôba ny fanambadiana olo-marô tsy nahazoana lâlana — Finaritra amin' ny fahadiovam-pitondrantenan' ny vehivavy ny Tompo. Tokony ho 544–421 talohan' i J.K.

Ny teny izay nolazain' i Jakôba, rahalahin' i Nefia, tamin' ny vahoakan' i Nefia taorian' ny fahafatesan' i Nefia:

2 Ankehitriny, ry rahalahiko malala, izaho Jakôba, araka ny andraikitra izay ahy manoloana an' Andriamanitra mba handria-

niko amim-pahamaotonana ny asako, ary mba hahazoako manaisotra ny fahotana amin' ny fitafiako, dia miakatra ao antempoly aho izao anio izao mba hahazoako milaza aminareo ny tenin' Andriamanitra.

3 Ary ianareo ireo dia mahafantatra fa efa nazoto tamin' ny asa niantsoana ahy aho hatrizao; nefa androany aho dia mivesatra faniriana sy fanahiana betsaka kokoa noho izay efa tojo ahy hatrizao, ho fiadanan' ny fanahinareo.

4 Fa indro, hatrizao, ianareo dia efa nankatò ny tenin' ny Tompo, izay efa nomeko anareo.

5 Nefa indro, mihainoa ahy ianareo ary fantaro fa noho ny fanampian' ny Mpahary ny lanitra sy ny tany mahefa ny zava-drehetra, dia afaka milaza aminareo aho ny momba ny "eritreritrareo, ny fomba izay hanombohanareo miaina ao amin' ny fahotana, dia ny fahotana izay miharihary fa tena fahavetavetana amiko, eny, ary fahavetavetana amin' Andriamanitra.

6 Eny, mahory ny fanahiko ary mahatonga ahy hitakemotra noho ny henatra manoloana ny fanatrehana ny Mpahary ahy, ny tsy maintsy hanambarako aminareo ny momba ny faharatsian' ny fonareo.

7 Ary mahory ahy koa ny tsy maintsy ampiasako "fahasahiam-pitenenana be momba anareo, manoloana ny vadinareo sy ny

19a TSM Anjara
Fanompoana.
b F&F 107:99–100.

TSM Fitantanandrahara.
d 2 Ne. 9:44.

25a Almà 12:3; F&F 6:16.
TSM Andriamanitra.
7a F&F 121:43.

zanakareo izay malia sy ^bmadio ary marefo fatratra tokoa ny fihetseham-pon' ny ankamaroany eo anoloan' Andriamanitra, izay zavatra mahafinaritra an' Andriamanitra;

8 Ary mihevitra aho fa efa niakatra etoana izy ireo handre ny "teny mahafinaritra izay an' Andriamanitra, eny, dia ny teny izay manasitrana ny fanahy maratra.

9 Koa ny manavesatra ny fanahiko dia izaho voatery, noho ny didy henjana izay efa noraisiko avy tamin' Andriamanitra, hananatra anareo noho ny helokareo, hanitatra ny ratran' izay efa maratra sahadry ho solon' ny fampiononana sy ny fitsaboana ny ratrany; ary ireo izay tsy noratraina, ho solon' ny fivokisana amin' ny teny mahafinaritra izay an' Andriamanitra, dia efa atsindrona ny antsy hanatrobaka ny fanahiny sy handratra ny sainy malemy.

10 Nefa, na dia eo aza ny fahalehibeazan' ny asa, dia tsy maintsy manao araka ny "didy henjana avy amin' Andriamanitra aho ary milaza aminareo ny momba ny faharatsianareo sy ny fahavetavetanareo, eo anatrehan' izay madio am-po sy manana fo torotoro, ary eo ambany fijerin' ny maso ^bmatsilon' Ilay Andriamanitra Tsitoha.

11 Noho izany, dia tsy maintsy milaza aminareo ny marina aho, araka ny "fahazavan' ny tenin'

Andriamanitra. Fa indro raha nanadina ny Tompo aho, dia tonga toy izao tamiko ny teny, manao hoe: Ry Jakôba, miakara ianao ao an-tempoly rahampitso ary laza amin' ity vahoaka ity ny teny izay homeko anao.

12 Ary ankehitriny indro, ry rahalahiko, izao no teny izay lazaiko aminareo fa maro aminareo no efa nanomboka nikaroka volamena sy volafotsy ary ny karazana "vato sarobidy rehetra izay tena nananan' ity tany ity mihoa-pampana tokoa, dia ^btany nampanantenaina ho anareo sy ho an' ny taranakareo.

13 Ary ny fitondran' Andriamanitra dia efa nitsiky taminareo tamim-pankasitrahana indrindra tokoa, ka efa azonareo ny harena maro; ary noho ny sasany taminareo efa nahazo betsaka kokoa noho ny an' ny rahalahinareo, dia efa "tafasondrotra ao amin' ny avonavon' ny fonareo ianareo ary milanja ny hatoka henjana sy ny loha mianjonanjona noho ny fahalafosam-bidy ny fitafianareo ary manenjika ny rahalahinareo, satria mihevitra ianareo fa tsara kokoa noho izy.

14 Ary ankehitriny, ry rahalahiko moa heverinareo va fa Andriamanitra dia manamarina anareo amin' izany zavatra izany? Indro, lazaiko aminareo, Tsia. Fa manameloka anareo kosa Izy, ary raha mikiry amin' ireo zavatra ireo ianareo, dia

7b TSM Hatsaran-toetra.
8a Almà 31:5.
10a TSM Didin'
Andriamanitra.
b 2 Ne. 9:44.

11a 2 Ne. 25:4; 31:2-3.
12a 1 Ne. 18:25;
Hel. 6:9-11;
Etera 10:23.
b 1 Ne. 2:20.

TSM Tany
Nampanantenaina.
13a Mòrm. 8:35-39.

tsy maintsy ho tonga faingana tokoa aminareo ny famaliany.

15 Ô eng a nie Izy ka haneho aminareo fa afaka manatrobaka anareo Izy, ary ny topimasony indray mandeha dia ahafahany manamontsana anareo ho vovoka!

16 Ô eng a nie Izy ka hanafaka anareo amin' ity heloka sy fahavetavetana ity. Ary, Ô eng a nie ianareo ka hihaino ny tenin' ny didiny sy tsy hamela ity "avonavon' ny fonareo ity handrava ny fanahinareo!

17 Hevero ho toy ny tenanareo ny rahalahinareo, ary mihavàna amin' ny rehetra, ary aoka ianareo ho malala-tànana amin' ny "fanananareo mba hahatonga ^bazy ho mpanan-karena toa anareo.

18 Nefa mialohan' ny hikatsahanareo "harena, dia katsahonareo ny ^bfanjakan' Andriamanitra.

19 Ary rehefa avy nahazo ny fanantenana ao amin' i Kristy ianareo, dia hahazo harena raha hokatsahinareo izany; ary ianareo hikatsaka izany noho ny fikasana "hanao soa—hampitafy ny mitanjaka sy hamahana ny noana sy hanafaka ny babo ary hitondra fanampiana ho an' ny marary sy ny ory.

20 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, efa niresaka taminareo ny momba ny avonavona aho; ary ny sasany taminareo izay efa nampahory ny namanareo sy

nanenjika azy noho ianareo niavonavona tao am-ponareo noho ny zavatra izay efa nomen' Andriamanitra anareo, inona no lazainareo ny amin' izany?

21 Moa tsy heverinareo va fa ny zavatra toy izany dia fahavetavetana amin' Ilay nahary ny nofo rehetra? Ary ny mananaina aina iray dia sarobidy eo imasony tahaka ny iray hafa. Ary ny nofo rehetra dia avy amin' ny vovoka; ary ho amin' ny tanjona mitovy ihany no efa nahariana azy, dia ny hitandremany ny "didiny sy ny hankalazany Azy mandrakizay.

22 Ary ankehitriny aho dia mamarana ny firesahana aminareo ny momba ity avonavona ity. Ary raha tsy noho ny tsy maintsy iresahako aminareo ny momba ny heloka iray makadiry kokoa, dia ho nifaly fatratra tokoa noho ny aminareo ny foko.

23 Nefa ny tenin' Andriamanitra dia manavesatra ahy noho ny helokareo makadiry kokoa. Fa indro, izao no lazain' ny Tompo: Ity vahoaka ity dia manomboka mihamitombo ao amin' ny heloka; tsy takany ny soratra masina, fa tadiaviny kosa ny hanala tsiny ny tenany amin' ny fanaovany fijangajangana, noho ny zavatra izay efa nosoratana momba an' i Davida sy i Solomona zanany Lahy.

24 Indro, marina tokoa fa i Davida sy i "Solomona dia nana-

16a TSM Fiavonavonana.

17a TSM Fiantrana; Asa
Fanasoavana.

^b 4 Ne. 1:3.

18a 1 Mpan. 3:11-13;

Mar. 10:17-27;

2 Ne. 26:31;

F&F 6:7.

TSM Harena.

^b Lio. 12:22-31.

19a Môsià 4:26.

21a F&F 11:20;

Abr. 3:25-26.

24a 1 Mpan. 11:1;

Neh. 13:25-27.

na ^bvady sy vaditsindrano maro, izay zavatra fahavetavetana eo anoloako, hoy ny Tompo.

25 Noho izany, izao no lazain' ny Tompo, Izaho efa nitondra ity vahoaka ity nivoaka ny tanin' i Jerosalema, tamin' ny herin' ny sandriko mba hahazoako mangana sampana "marina ho Ahy avy amin' ny naloaky ny kibon' i Josefa.

26 Koa, Izaho Tompo Andriamanitra dia tsy hamela ity vahoaka ity hanao tahaka ireo teo aloha.

27 Koa, mihainoa ahy ry rahalahiko, ka tandremo ny tenin' ny Tompo: Fa tsy hisy lehilahy eo aminareo izay hanana vady mihoatra ny "iray; ary ny vaditsindrano dia tsy hanana izy;

28 Fa Izaho Tompo Andriamanitra, dia finaritra amin' ny "fahadiovam-pitondrantenan' ny vehivavy. Ary ny fijangajangana dia fahavetavetana eo anoloako; izany no lazain' ny Tompon' ny Maro.

29 Noho izany, ity vahoaka ity dia hitandrana ny didiko, hoy ny Tompon' ny Maro, fandrao dia ho "voaozona noho ny aminy ny tany.

30 Fa raha sitrako, hoy ny Tompon' ny Maro, ny hanangana "taranaka iray ho Ahy, dia handidy ny oloko Aho; fa raha tsy izany kosa dia hitandrana ireo zavatra ireo izy.

31 Fa indro, Izaho Tompo dia efa nahita ny alahelo sy nandre ny fitomanian' ny zanakavavin' ny oloko tany an-tanin' i Jerosalema, eny, sy tamin' ny tany rehetra an' ny oloko, noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny vadiny.

32 Ary Izaho tsy hamela, hoy ny Tompon' ny Maro, ny fitarainan' ny zanakavavy kanton' ity vahoaka ity, izay efa nentiko niala ny tanin' i Jerosalema, hiakatra aty Amiko hiampanga ny lehilahin' ny vahoakako, hoy ny Tompon' ny Maro.

33 Fa tsy hoentiny ho babo ny zanakavavin' ny oloko noho ny halemem-panahiny, fandrao dia hamaly azy amin' ny ozona mahatsiravina Aho, na dia ho famongorana aza; koa tsy hanao "fijangajangana toy ireo tamin' ny fahiny izy, hoy ny Tompon' ny Maro.

34 Ary ankehitriny indro, ry rahalahiko, ianareo mahalala fa ireo didy ireo dia nomena an' i Lehia raintsika; koa, efa fantatrearo ireo taloha; ary efa tonga amin' ny fanamelohana lehibe ianareo; satria efa nataonareo ny zavatra izay tsy tokony ho nataonareo.

35 Indro, efa nahavita "heloka lehibe kokoa noho ny Lamanita rahalahintsika ianareo. Efa novakianareo ny fon' ny vadinareo malemy paika ary narianareo

24b 1 Mpan. 11:1-3;
Ezra 9:1-2;
F&F 132:38-39.
25a Gen. 49:22-26;
Amo. 5:15;
2 Ne. 3:5;
Almà 26:36.

TSM Lehia, Rain' i Nefia.
27a F&F 42:22; 49:16.
TSM Fanambadiana.
28a TSM Fahadiovam-pitondrantena.
29a Etera 2:8-12.

30a Mal. 2:15;
F&F 132:61-66.
33a TSM Manarana ny Filan' ny Nofo;
Fitondrantena Maloto.
35a Jakôba 3:5-7.

ny fitokian' ny zanakareo, noho ny ohatrareo ratsy teo anatrehan'ny; ary ny fitolokon' ny fony dia miakatra any amin' Andriamanitra miampanga anareo. Ary noho ny mahahenjiana ny tenin' Andriamanitra, izay midina eo aminareo sady miampanga anareo, dia fo maro no maty voatrobaky ny ratra lalina.

TOKO 3

Nandray ny teny mahafinaritra izay an' Andriamanitra ny madio am-po — Nihoatra ny an' ny Nefita ny fahamarinan' ny Lamanita — Nampitandrina tamin' ny fijangajangana, ny faharatsiam-pitondran-tena ary ny fahotana rehetra i Jakôba. Toko-ny ho 544-421 talohan' i J.K.

NEFA indro, izaho Jakôba dia te hiresaka aminareo izay madio am-po. Miandrandra an' Andriamanitra amin' ny fiorenan' ny sainareo ary mivavaha Aminy amin' ny finoana fatratra, ary hampiononiny amin' ny fahorianareo ianareo, ary harovany ny tombontsoanareo, ary hampidininy amin' ireo izay mitady handrava anareo ny famaliana.

2 Ô, ianareo rehetra izay madio am-po, andrandrao ny lohana-reo ary raiso ny teny mahafinaritra izay an' Andriamanitra ary mivokisa amin' ny fitiavany; fa azonareo atao mandrakizay izany, raha "mitombina ny sainareo.

3 Nefa loza, lozanareo izay tsy madio am-po, izay "maloto amin'

ity andro ity eo anoloan' Andriamanitra; fa raha tsy mibebaka ianareo dia ho^bvoaozona ny tany noho ny aminareo; ary ny Lamanita, izay tsy maloto toa anareo, kanefa voaozona amin' ny ozona mahatsiravina, no hika-ravasy anareo na dia hatrany amin' ny famongorana aza.

4 Ary avy faingana tokoa ny fotoana, ka raha tsy mibebaka ianareo, dia izy no hizaka ny tany lovanareo ary ny Tompo Andriamanitra no "hitondra ny marina hiala avy eo anivonareo.

5 Indro, ny Lamanita, rahalahinareo, izay ankahalainareo noho ny fahalotoany sy ny ozona izay efa nihatra tamin' ny volon-kodiny, dia marina kokoa noho ianareo; fa tsy "nohadinoany ny didin' ny Tompo, izay nomeny ny razantsika — dia ny tsy tokony hananany afa-tsy vady iray, sy ny tsy tokony hananany vadi-sindrano ary ny tsy tokony hisian' ny fijangajangana eo anivony.

6 Ary ankehitriny, izany didy izany no niezahany hotandremana; koa, noho izany fiezahana ny hitandrina io didy io izany, ny Tompo Andriamanitra dia tsy hamongotra azy, fa ho "feno famindram-po aminy kosa; ary indray andro any, dia ho tonga vahoaka voatahy izy.

7 Indro, ny lahy "tia ny vadiny, ary ny vavy tia ny vadiny; ary samy tia ny zanany na ny lahy na ny vavy; ary ny tsy finoany sy ny fankahalany anareo dia

3 2a Almà 57:26-27.
3a TSM Fahalotoana.
b 1 Ne. 12:23.

4a Ômnia 1:5-7, 12-13.
5a Jakôba 2:35.
6a 2 Ne. 4:3, 6-7;

Hel. 15:10-13.
7a TSM Fianakaviana;
Fitiavana.

noho ny heloky ny razany; noho izany, toa inona no mahatsara anareo bebe kokoa mihoatra aminy eo imason' Ilay Mpahary lehibe anareo?

8 Ry rahalahiko, matahotra aho fa raha tsy mibebaka amin' ny fahotanareo ianareo, ny fihodirany dia hanjary fotsy kokoa noho ny anareo, rehefa hoentina miaraka aminy eo anoloan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra ianareo.

9 Noho izany, didy iray no omeko anareo, izay tenin' Andriamanitra, dia ny tsy hanaratsianareo azy intsony noho ny mahamatroka ny fihodirany; ary ny tsy hanaratsianareo azy koa noho ny fahalotoany; fa hotsaroanareo kosa ny fahalotoanareo, ary tsarovy fa ny fahalotoany dia avy tamin' ny razany.

10 Noho izany, ianareo dia hatsiaro ny "zanakareo sy ny fomba izay efa nampahalalohovanareo ny fony noho ny ohatra nasehonareo teo anoloany; ary koa, tsarovy fa, noho ny fahalotoanareo, ianareo dia mety hitondra ny zanakareo any amin' ny famongorana ary ny fahotany dia havangongo eo ambony lohanareo amin' ny andro farany.

11 Ry rahalahiko, mihainoa ny teniko; fohazy ny faharanitan' ny fanahinareo; hontsony ny tenanareo mba "hahataitra anareo amin' ny torimason' ny fahafatesana; ary vahao ny tenanareo ho afaka amin' ny fangirifirian'

ny^bhelo mba tsy hahatonga anareo ho "anjelin' ny devoly ka hatsipy any amin' ny farihy afo sy solifara izay "fahafatesana faharoa.

12 Ary ankehitriny, izaho Jakôba dia niresaka zavatra maro sy misimisy kokoa tamin' ny olon' i Nefia, nampitandrina azy tamin' ny "fijangajangana sy ny "faharatsiam-pitondran-tena ary ny karazany rehetra tamin' ny fahotana, nilaza taminy ny vokatra mahatsiravina aterak' ireny.

13 Ary ny iray am-pahazaton' ny fanaon' ity vahoaka ity, izay nanomboka ho nihamaro ankehitriny, dia tsy hay soratana amin' "ireto takelaka ireto; fa maro kosa amin' ny fanaony mbamin' ny adiny sy ny fifandirany ary ny fitondran' ny mpanjakany no voasoratra amin' ireo takelaka lehibe kokoa.

14 Ireto takelaka ireto dia antsoina hoe ny takelak' i Jakôba; ary ireto dia nataon' ny tanan i Nefia. Ary dia mamarana ny filazana ireo teny ireo aho.

TOKO 4

Nidera ny Ray tamin' ny anaran' i Kristy ny mpaminany rehetra— Ny fanateran' i Abrahama an' i Isaka dia tandidon' Andriamanitra sy ny Zanany Lahitokana— Tokony hihavana amin' Andriamanitra ny olona amin' ny alalan' ny sorompanavotana— Hotsipahin' ny Jiosy ny

10a TSM Zanaka.

11a Almà 5:6-9.

b TSM Helo.

d 2 Ne. 9:8-9.

e TSM Fahafatesana

Ara-panahy.

12a TSM Fijangajangana.

b TSM Mitsiriritra;

Faharatsiana.

13a 1 Ne. 19:1-4;

Jakôba 1:1-4.

vato fehizoro. Tokony ho 544-421 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY indro, ny zavavnitranga dia izaho Jakôba, rehefa avy nampianatra betsaka ny oloko tamin' ny teny, (ary tsy afaka manoratra afa-tsy ny teniko vitsivitsy aho, noho ny mahasarotra ny misokitra ny teninay eo amin' ny takelaka) dia fantatray fa ny zavatra izay soratanay eo amin' ny takelaka dia tsy maintsy mitoetra;

2 Nefa na inona na inona zavatra soratanay eo amin' ny zavatra hafa fa tsy eo amin' ny takelaka, dia tsy maintsy ho levona sy ho foana; nefa izahay dia afaka manoratra teny vitsivitsy eo amin' ny takelaka izay hanome ny zanakay ary koa ny rahalahy malalanay ampahampahalalana kely momba anay, na momba ny razambeny —

3 Ankehitriny izany zavatra izany no mahafaly anay; ary miasa amim-pahazotoana tokoa izahay mba hisokitra ireo teny ireo eo amin' ny takelaka ka manantena fa ny rahalahy malalanay sy ny zanakay dia handray azy ireny amin' ny fo feno fisaorana ary hiandrandra azy ireny mba hahazoany mianatra amim-pifaliana fa tsy amin' alahelo na amin' ny fanarabiana ny momba ny ray aman-dreniny voalohany.

4 Satria noho izany fikasana

izany no efa nanoratanay ireto zavatra ireto dia ny hahazony mahafantatra fa izahay dia "nahalala ny amin' i Kristy, ary nanananay ny fanantenana ny voninahiny, taon-jato maro talohan' ny fiaviany; ary tsy izahay ihany no nanana ny fanantenana ny voninahiny fa ny ^bmpaminany masina rehetra koa izay talohanay.

5 Indro, nino an' i Kristy izy ireny sy "nidera ny Ray tamin' ny Anarany, ary izahay koa dia midera ny Ray amin' ny Anarany. Ary noho izany fikasana izany no itandremanay ny ^blalàn' i Mosesy, izay "mampitodika ny fanahinay Aminy; ary noho izany antony izany, dia hamasinina ho anay izany ho fahamarinana, dia tahaka ny nanisana ho fahamarinana ho an' i Abrahamana ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra, tany an-tany foana tamin' ny fanaterany an' i Isaka zanany lahy, izay tandindon' Andriamanitra sy ny Zanany "Lahitokana.

6 Koa, manadihady ny mpaminany ary manana fanambarana maro sy ny fanahin' ny "faminiana izahay; ary satria manana ireo ^bvavolombelona rehetra ireo izahay dia manjary mahazo fanantenana, ary ny finoanay dia tsy voahozongozona, hany ka afaka "mibaiko marina tokoa amin' ny "anaran' i Jesoa izahay, ka na dia ny hazo aza, na ny

4 4a TSM Jesoa Kristy.
b Lio. 24:25-27;
Jakôba 7:11;
Môsià 13:33-35;
F&F 20:26.
5a Mos. 5:8.

b 2 Ne. 25:24; Jarôma
1:11; Môsià 13:27, 30;
Almà 25:15-16.
TSM Lalàn' i Mosesy.
d Gal. 3:24.
e Gen. 22:1-14;

Jao. 3:16-18.
TSM Lahitokana.
6a TSM Faminiana.
b TSM Vavolombelona.
d TSM Hery.
e Asa 3:6-16; 3 Ne. 8:1.

tendrombohitra na ny onjan-dranomasina dia mankatò anay.

7 Kanefa, ny Tompo Andriamanitra dia mampiseho aminay ny "fahalemenay mba hahalalana ny fa noho ny fahasoavany sy ny fiambaniany lehibe ho an' ny zanak' olombelona no anananay fahefana hanao ireny zavatra ireny.

8 Indro, lehibe sy mahatalanjona ny asan' ny Tompo. Endrey "tsy hita hotakarina ny halalin' ny ^bmistery momba Azy; sady tsy vitan' ny olona ny hahita ny lalany rehetra. Ary tsy misy olona ^dmahafantatra ny ^elalany raha tsy ambara azy izany; noho izany, ry rahalahy, aza manao tsinontsinona ny fanambaran' Andriamanitra.

9 Fa indro, tamin' ny herin' ny "teniny dia tonga teto ambonin' ny tany ny ^bolona, dia ny tany izay nohariana tamin' ny herin' ny teniny. Koa, noho Andriamanitra afaka niteny dia nisy izao tontolo izao, ary niteny dia ary ny olona, ô amin' izany, ô nahoana Izy no tsy ho afaka hibaiko ny ^dtany, na ny asan' ny tanany manerana izany, araka ny sitrapony sy ny safidiny?

10 Noho izany, ry rahalahy, aza mikatsaka ny "hanoro hevitra ny Tompo fa ny handray kosa to-

rohevitra eo an-tànany. Fa indro, fantatry ny tenanareo fa mitantana ny asany rehetra Izy araka ny ^bfahendrena sy ny hitsiny ary ny famindram-po lehibe.

11 Noho izany, ry rahalahy malala, mihavàna Aminy amin' ny alalan' ny "sorompanavotan' i Kristy, Zanany ^bLahitokana, dia ho azonareo raisina ny ^dfitsanganana amin' ny maty araka ny herin' ny fananganana amin' ny maty izay ao amin' i Kristy, ka hanolorana anareo ho an' Andriamanitra ho toy ny "voaloham-bokatr' i Kristy, rehefa nanam-pinoana sy nahazo ny fanantenana tsara ny voninahitra ao Aminy ianareo, talohan' ny hanehoany ny tenany ao amin' ny nofo.

12 Ary ankehitriny, ry malala, aza gaga amin' ny ilazako aminareo ireo zavatra ireo; fa nahoana no tsy "iresaka ny momba ny sorompanavotan' i Kristy, ka tsy ho takatra ny fahalalana tomombana ny Aminy, toy ny hahatakarana ny fahalalana ny amin' ny fitsanganana amin' ny maty sy ny tontolo ho avy?

13 Indro, ry rahalahiko, izay maminany, aoka izy haminany araka ny fahazoan' ny olona; fa milaza ny mandinga ny "Fanahy ary tsy mandainga. Noho iza-

7a Etera 12:27.

8a Roma. 11:33-36.

b F&F 19:10; 76:114.

tsm Misterin'

Andriamanitra.

d 2 Tan. 2:9-16;

Almà 26:21-22.

tsm Fahalalana.

e Isa. 55:8-9.

9a Môrm. 9:17;

Mos. 1:32.

b tsm Fahariana; Olona.

d Hel. 12:8-17.

10a 2 Ne. 9:28-29;

Almà 37:12, 37;

F&F 3:4, 13.

b tsm Heni-pahalalana; Fahendrena.

11a tsm Sorompanavotana.

b Heb. 5:9.

d tsm Fitsanganana amin' ny Maty.

e Môsià 15:21-23; 18:9;

Almà 40:16-21.

12a 2 Ne. 25:26.

13a tsm Fanahy Masina; Fahamarinana.

ny, izy dia milaza ny amin' ny zavatra araka ny ^btena toetrany sy ny amin' ny zavatra araka ny ho tena toetrany; noho izany, ireo zavatra ireo dia aseho antsika ^dmazava tsara ho famonjena ny fanahintsika. Nefa indro fa tsy isika irery no vavolombelon' ireo zavatra ireo; fa nolazain' Andriamanitra koa tamin' ny mpaminany fahiny izy ireny.

14 Nefa indro, olona ^amafy hatoka ny Jiosy; ary ^bnohamavoiny ny tenin' ny fahatsorana ary novonoiny ny mpaminany, ary zavatra tsy mety ho azony no nokatsahiny. Koa, noho ny ^afahajambany izay fahajambana avy amin' ny fibanjinana ny any ivelan' ny tanjona, dia tsy maintsy ilaina ny hahalavo azy; fa efa nesorin' Andriamanitra taminy ny fahatsorany ary natolony azy ny zavatra maro izay ^ctsy mety ho azony, satria maniry izany izy. Ary satria naniry izany izy, dia notanterahin' Andriamanitra izany mba hahafantohina azy.

15 Ary ankehitriny, izaho Jakôba dia taomin' ny Fanahy haminany; satria takatro amin' ny fiasan' ny Fanahy izay ato amiko fa noho ny ^afahatafintohinan' ny Jiosy dia ^bholaviny ny ^dvato izay hahazoany manorina eo amboniny ary hananany fototra azo antoka.

16 Nefa indro, araka ny soratra

masina, izany ^avato izany dia ho tonga ^bfototra lehibe sy farany ary ny hany azo antoka, izay ahafahan' ny Jiosy manorina eo amboniny.

17 Ary ankehitriny, ry malalako, ahoana moa no ahahafahan' ireo olona ireo, rehefa avy nandà ny fototra azo antoka, ho ^aafa-manorina eo amboniny mba hahatonga izany ho vato fehizorony?

18 Indro, ry rahalahy malalako, hovelabelariko aminareo izany mystery izany; raha tsy mihozongozona na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona ny fiorenako ara-panahy ary tsy tafintohina aho noho ny ahiahiko mihoa-pampana noho ny aminareo.

TOKO 5

Nitatitra ny tenin' i Zenosa mikasi-ka ny fanoharana ny amin' ny hazo oliva voakolokolo sy ny hazo oliva dia i Jakôba — Ireo dia fifanahafana eo amin' i Isiraely sy ny Jentilisa — Voasoritra mialoha ny fielezana sy ny fanangonana an' i Isiraely — Voatsiahy amin' izany ny Nefita sy ny Lamanita ary ny mpianakavin' i Isiraely rehetra — Hatao grefy amin' i Isiraely ny Jentilisa — Hodorana ny tanimboly amin' ny farany. Tokony ho 544–421 talohan' i J.K.

INDRO, ry rahalahiko, moa tsy

13b F&F 93:24.

d Almà 13:23.

14a Mat. 23:37–38;

2 Ne. 25:2.

b 2 Kor. 11:3;

1 Ne. 19:7;

2 Ne. 33:2.

d Isa. 44:18;

Roma. 11:25.

e 2 Ne. 25:1–2.

15a Isa. 8:13–15;

2 Tan. 1:23;

2 Ne. 18:13–15.

b 1 Ne. 10:11.

d TSM Vato Fehizoro;

Vatolampy.

16a Sal. 118:22–23.

b Isa. 28:16;

Hel. 5:12.

17a Mat. 19:30;

F&F 29:30.

tsaroanareo va ny efa namakina-reo ny tenin' i "Zenosa mpaminany, izay nolazainy tamin' ny mpianakavin' i Isiraely, manao hoe:

2 Mihainoa ianareo Ry mpianakavin' i Isiraely ary mandrenesa ny teny avy amiko, mpaminanin' ny Tompo.

3 Fa indro, izao no lazain' ny Tompo, Izaho hampitovy anao, Ry mpianakavin' i "Isiraely ô, amin' ny hazo ^boliva voakolokolo, izay nalain' ny olona iray ary nokolokoloiny tao ^dan-tanimboliny; dia nitombo izy ary nihan-titra sy nanomboka ho ^esimba.

4 Ary ny zava-nitranga dia nivoaka ny tompon' ny tanimboly ary nahita fa ny hazo ôliva dia nanomboka ho simba; ary hoy izy: Horantsanako izy sy hohevoiko ary hokolokoloiko, fa angamba mba mety hamoa rantsana tanora sy malemitemy izy ary tsy ho faty.

5 Ary ny zava-nitranga dia norantsanany izy ary nohevoiny sy nokolokoloiny araka ny teniny.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa afaka andro maromaro, dia nanomboka namoa rantsana madinika tanora sy malemitemy vitsivitsy izy; kanefa indro, nanomboka ho faty ny tendrony indrindra.

7 Ary ny zava-nitranga dia nahita izany ny tompon' ny tanimboly, ary hoy izy tamin' ny mpanompony: Mampahory ahy ny hamoizako ity hazo ity; noho

izany, mandehana manapaka rantsana amin' ny "hazo oliva dia ka ento aty amiko izany; ary hanapaka ireo rantsana fototra ireo izay manomboka malazo isika, sy hanipy azy any anaty afo mba hodorana izy.

8 Ary indro, hoy ny Tompon' ny tanimboly, esoriko ny maro amin' ireo rantsana tanora sy malemitemy ireo ary hataoko grefy ireo na aiza na aiza sitrako; ary tsy mampaninona raha toa ka ho faty ny fakan' ity hazo ity, satria afaka mitahiry ny voany ho an' ny tenako aho; noho izany, dia halaiko ireo rantsana tanora sy malemitemy ireo ary hataoko grefy ireo na aiza na aiza sitrako.

9 Alaonao ny rantsan' ny hazo oliva dia ary ataovy grefy ho "solony; ary ireo izay efa notapahiko kosa dia hatsipiko any anaty afo sy hodorako mba tsy hahazoany mandrakotra ny faritry ny tanimboliko.

10 Ary ny zava-nitranga dia nanao araka ny tenin' ny Tompon' ny tanimboly ny mpanompon' ny Tompon' ny tanimboly ary nanao grefy ny rantsan' ny "hazo oliva dia.

11 Ary ny Tompon' ny tanimboly nanao izay hihevoana ny manodidina sy handratsanana ary hokolokoloina azy, ka hoy izy tamin' ny mpanompony: Mampahory ahy ny hamoizako ity hazo ity; koa mba hahazoako angamba mitsimbina ny fakany

5 1a TSM Zenôsa.
3a Ezek. 36:8.
TSM Isiraely.
b Roma. 11:17-24.

TSM Hazo Oliva.
d F&F 101:44.
TSM Tanimbolin' ny
Tompo.

e TSM Apôstazia.
7a Roma. 11:17, 24.
9a Roma. 1:13.
10a TSM Jentilisa.

ka tsy hahafaty izany, mba hahazoako mitsimbina izany ho an' ny tenako no efa nanaovako izao zavatra izao.

12 Koa, mandehana; andraso ny hazo ary kolokoloy izy, araka ny teniko.

13 Ary ireto dia "hapetrako any amin' ny faritra iva indrindra amin' ny tanimboly, na aiza na aiza sitrako, tsy ahoanao izany; ary ataoko izany mba hahazoako mitahiry ho ahy ny sampana voajanaharin' ny hazo; ary koa mba hahazoako manangona ny voany ho an' ny tenako ho amin' ny tonon-taona; satria mampahory ahy ny hamoizako ity hazo ity sy ny voany.

14 Ary ny zava-nitranga dia nandeha ny Tompon' ny tanimboly, ary nanafina ny sampana voajanahary avy tamin' ilay hazo oliva voakolokolo tany amin' ny faritra iva indrindra tamin' ny tanimboly, ny sasany tetsy, ary ny sasany teroa araka ny safidiny sy ny sitrapony.

15 Ary ny zava-nitranga dia fotoana naharitra no lasana ary niteny tamin' ny mpanompony ny Tompon' ny tanimboly hoe: Avia, andeha isika hidina any an-tanimboly mba hahazoantsika miasa ao amin' ny tanimboly.

16 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nidina tany an-tanimboly ny Tompon' ny tanimboly ary koa ny mpanompony mba hiasa. Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin' ny tompony ilay mpanompo hoe: Indro, jereo eroa; tazano ilay hazo.

17 Ary ny zava-nitranga dia nijery ny Tompon' ny tanimboly ary nahita ny hazo izay efa nanaovana grefy ny sampan' ny oliva dia; ary efa nandrobona izany sy nanomboka nitondra "voa. Ary nahita izy fa tsara izany; ary ny voany dia nitovy tamin' ny voany voajanahary.

18 Ary hoy izy tamin' ilay mpanompo: Indro, ny sampan' ny oliva dia dia efa nisintona ny hamandoan' ny fakany, hany ka efa nanome hery betsaka ny fakany; ary noho izany hery betsaka avy tamin' ny fakany izany, dia efa namoa voa tsara ny sampany dia. Ankehitriny, raha tsy nataontsika grefy ireo sampana ireo dia mety ho efa maty ilay hazo. Ary ankehitriny, indro hanangona voa betsaka izay efa novokarin' ilay hazo aho; ary ny voany dia hangoniko ho amin' ny tonon-taona ho an' ny tenako ihany.

19 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin' ilay mpanompo ny Tompon' ny tanimboly hoe: Avia, andeha isika hankany amin' ny faritra iva indrindra amin' ny tanimboly ary hijery raha toa ny sampana voajanaharin' ny hazo efa nitondra voany betsaka ary koa mba hahazoako manangona ny voany ho amin' ny tonon-taona ho an' ny tenako ihany.

20 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izy ireo nankany amin' izay efa nanafenan' ny tompo ny sampana voajanaharin' ny hazo, ary hoy izy tamin' ilay

mpanompo: Tazano ireroa; ary izy dia nahita ny "voalohany izay efa nanome voa betsaka; ary nahita koa izy fa tsara izany. Ary hoy izy tamin' ilay mpanompo: Alaivo ny voany ary angony ho amin' ny tonon-taona mba hahazoako mitahiry izany ho an' ny tenako ihany; satria indro, hoy izy, izay fotoana ela izay no efa nikolokoloiko azy, ary dia efa nanome voa betsaka izy.

21 Ary ny zava-nitranga dia hoy ilay mpanompo tamin' ny tompony: Ahoana no nahatonga anao taty-namboly ity hazo ity, na ity sampan-kazo ity? Fa indro, ity no faritra tsy mahavokatra indrindra amin' ny tany rehetra amin' ny tanimbolinao.

22 Ary hoy ny Tompon' ny tanimboly taminy: Aza toroinao hevitra aho; fantatro fa ity no faritra tsy mahavokatra amin' ny tany; izany no nilazako taminao hoe efa nikolokolo azy aho nandritra izay fotoana ela izay, ary hitanao fa efa nitondra voa betsaka izy.

23 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin' ny mpanompony ny Tompon' ny tanimboly hoe: Jereo irony; indro efa namboly sampana iray hafa tamin' ilay hazo koa aho; ary ianao mahalala fa ity faritry ny tany ity dia kotra kokoa noho ilay voalohany. Nefa, tazano ny hazo. Efa nikolokolo azy aho nandritra izay fotoana ela izay, ary dia nitondra voa betsaka izy; koa otazo izany sy angony ho amin'

ny tonon-taona mba hahazoako mitahiry izany ho an' ny tenako ihany.

24 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin' ilay mpanompo indray ny Tompon' ny tanimboly hoe: Jereo iroa, ary tazano ny "sampana iray hafa koa, izay efa namboleko; indro efa nikolokolo azy koa aho, ary efa nitondra voa izy.

25 Ary hoy izy tamin' ilay mpanompo: Jereo iroa ary tazano ity farany. Indro, ity no namboleko teo tamin' ny "faritra tsara amin' ny tany; ary efa nikolokolo azy aho nandritra izay fotoana ela izay, ary ny ^bampahany ihany tamin' ny hazo no nitondra voa tsara ary ny ampahany hafa kosa tamin' ny hazo dia efa nitondra voa ratsy; indro, efa nikolokolo ity hazo ity toy ny hafa aho.

26 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin' ilay mpanompo ny Tompon' ny tanimboly hoe: Tapaho ny sampana izay tsy nitondra "voa tsara ary atsipazo any anaty afo.

27 Nefa indro, niteny taminy ilay mpanompo hoe: Aoka horantsanantsika izy sy hohevointsika ary hokolokolointsika maharitraritra fa angamba mba mety hitondra voa tsara ho anao izy ka hahazoanao manangona izany ho amin' ny tonon-taona.

28 Ary ny zava-nitranga dia nokolokoloin' ny Tompon' ny tanimboly sy ny mpanompon' ny Tompon' ny tanimboly ny voa rehetra tamin' ny tanimboly.

20a Jakôba 5:39.
24a Ezek. 17:22-24;
Almà 16:17;

3 Ne. 15:21-24.
25a 1 Ne. 2:20.
b 3 Ne. 10:12-13.

26a Mat. 7:15-20;
Almà 5:36;
F&F 97:7.

29 Ary ny zava-nitranga dia fotoana maharitra no efa lasana ary ny Tompon' ny tanimboly dia niteny tamin' ny "mpanompony hoe: Avia, andeha isika hidina any an-tanimboly, hahazoantsika miasa indray ao amin' ny tanimboly. Fa indro, manakaiky ny ^bfotoana ary avy tsy ho ela ny ^dfarany; noho izany aho dia tsy maintsy manangona voa ho an' ny tenako ho amin' ny tonon-taona.

30 Ary ny zava-nitranga dia nidina tany an-tanimboly ny Tompon' ny tanimboly sy ilay mpanompo; ary izy ireo dia tonga teo amin' ilay hazo izay efa notapahina ny rantsany voajanahary ary efa nanaovana grefy ireo sampana dia; ary indro ny "karazam-boa rehetra dia nandrakotra ny hazo.

31 Ary ny zava-nitranga, ny Tompon' ny tanimboly dia nandranana tamin' ny voa, ny karazany avy araka ny isany. Ary hoy ny Tompon' ny tanimboly: Indro, izay fotoana ela izay no efa nikolokolointsika izy hazo ity, ary efa nanangona voa betsaka ho an' ny tenako aho ho amin' ny tonon-taona.

32 Nefa indro, tamin' ity indray maka ity izy dia nanome voa betsaka, ary "tsy misy iray mba tsara aminy. Ary indro, misy ny karazana voa ratsy rehetra; ary tsy mahasoahy na amin' inona na amin' inona izy, na dia teo aza ny asantsika rehetra; ary

ankehitryny mampahory ahy ny hamoizako ity hazo ity.

33 Ary hoy ny Tompon' ny tanimboly tamin' ilay mpanompo: Inona no hataontsika amin' ny hazo mba hahazoako mitsimbina indray ny voa tsara ho an' ny tenako?

34 Ary hoy ilay mpanompo tamin' ny tompony: Indro, satria efa nataonao grefy ny sampan' ny hazo oliva dia, dia efa namahana ny fakany izany, hany ka velona izany, ary tsy maty; noho izany dia hitanao fa mbola tsara.

35 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompon' ny tanimboly tamin' ny mpanompony: Tsy mahasoahy na amin' inona na amin' inona ny hazo ary tsy mahasoahy na amin' inona na amin' inona ny fakany raha mbola hitondra voa ratsy izany.

36 Kanefa, fantatro fa tsara ireo fakany, ary araka ny fikasako no efa nitsimbiniho azy ireo; ary noho ny heriny be, dia efa nitondra voa tsara avy tamin' ny sampana dia izy ireo hatramin' izao.

37 Nefa indro, efa nitombo ny sampana dia, ary efa "nanafotra ny fakany; ary noho ny sampana dia efa nihoatra ny fakany dia nitondra voa ratsy betsaka izy; ary noho izy efa nitondra voa ratsy be loatra dia hitanao fa manomboka ho faty izy, ary tsy ho ela izy dia hanjary lò mba hahazoana manipy azy any anaty afo, raha tsy manao na inona na inona isika hitsimbina azy.

38 Ary ny zava-nitranga dia

29a F&F 101:55; 103:21.
b TSM Andro Farany.
d 2 Ne. 30:10;

Jakôba 6:2.
30a TSM Apôstazia.
32a JS—T 1:19.

37a F&F 45:28–30.

ho ny Tompon' ny tanimboly tamin' ny mpanompony hoe: Andeha isika hidina any amin' ny faritra iva indrindra amin' ny tanimboly ary hijery raha toa ka efa nitondra voa ratsy ihany koa ireo sampany voajanahary.

39 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nidina tany amin' ny faritra iva indrindra tamin' ny tanimboly izy ireo. Ary ny zava-nitranga dia hitany fa efa niharatsy koa ny voan' ny sampana voajanahary; eny na ny "voalohany, na ny faharoa, na koa ny farany; ary efa niharatsy izy rehetra.

40 Ary ny "voa ratsy tamin' ilay farany dia efa nihoatra ny ampahany tamin' ny hazo izay nitondra voa tsara, hany ka nalazo ary maty ilay sampana.

41 Ary ny zava-nitranga dia nitomany ny Tompon' ny tanimboly ary niteny tamin' ilay mpanompo hoe: "Inona no mety ho azoko natao bebe kokoa ho an' ny tanimboliko?

42 Indro, fantatro fa efa niharatsy ny voa rehetra tao amin' ny tanimboly, afa-tsy ireto. Ary ankehitriny, ireto izay nitondra voa tsara fahiny ireto dia efa niharatsy koa; ary ankehitriny ny hazo rehetra ao amin' ny tanimboly dia tsy misy mahatsara azy ireo afa-tsy ny hokapaina sy hatsipy any anaty afo.

43 Ary jereo ity farany ity izay efa nalazo ny sampany, dia namboleko teo amin' ny "faritra tsara

tamin' ny tany; eny, dia izay nofinidy indrindra ho ahy noho ny faritra hafa rehetra amin' ny tanin' ny tanimboliko.

44 Ary hitanao fa nokapaiko koa izay "nandrakotra ity fari-try ny tany ity mba hahazoako mamboly ity hazo ity ho solony.

45 Ary hitanao fa nitondra voa tsara ny ampahany taminy ary nitondra voa ratsy ny ampahany iray taminy; ary satria tsy nongotako ny sampany ary tsy natsipiko tany anaty afo, dia indro, fa rakotr' ireny ny sampana tsara ka tonga nalazo.

46 Ary ankehitriny, indro na dia teo aza ny fikarakarana rehetra izay efa nataontsika tamin' ny tanimboliko, dia efa niharatsy ny hazo taminy ka tsy mitondra voa tsara; ary ireto no efa nantenaiko hotsimbinina mba hanangonako ny voany ho amin' ny tonon-taona ho an' ny tenako ihany. Nefa, indro, efa tonga tahaka ilay hazo oliva dia izy ireo, ary tsy misy ilana azy ireo afa-tsy ny "hokapaina sy hatsipy any anaty afo; ary mampahory ahy ny hamoizako azy ireo.

47 Nefa inona no mety ho azoko natao bebe kokoa tao amin' ny tanimboliko? Efa niraviravy tanana va aho ka tsy nikolokolo azy? Tsia, efa nikolokolo azy aho ary efa nihevo azy sy efa nandratsana azy ary efa nanisy zezika azy; ary efa "naninjitra ny tanako aho saiky nandritra ny manontolo andro, ary manakai-

39a Jakôba 5:20, 23, 25.

40a Môrm. 6:6–18.

41a 2 Ne. 26:24.

43a 2 Ne. 1:5.

44a Etera 13:20–21.

46a 3 Ne. 27:11.

47a 2 Ne. 28:32;

Jakôba 6:4.

ky ny ^bfarany. Ary mampahory ahy ny tokony hikapako ny hazo rehetra amin' ny tanimboliko ary hanipazako azy ireny any anaty afo mba hodorana. Iza no ilay izay efa nanimba ny tanimboliko?

48 Ary ny zava-nitranga dia hoy ilay mpanompo tamin' ny tompony hoe: Moa va tsy ny haavon' ny tanimbolinao—moa va ny sampana taminy tsy efa nihoatra ny fakany izay tsara? Ary satria efa nihoatra ny fakany ny sampana, dia indro izy ireo fa nitombo haingana kokoa noho ny herin' ny faka ary nandray ny hery ho azy ireo. Indro, hoy aho, tsy izany va no antony nahatonga ny hazon' ny tanimbolinao ho simba?

49 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompon' ny tanimboly tamin' ilay mpanompo hoe: Aoka isika handeha sy hikapa ny hazon' ny tanimboly ary hanipy azy any anaty afo, mba tsy hamenoany ny faritry ny tanimboliko, satria efa nataoko ny zava-drehetra. Inona no mety ho azoko natao bebe kokoa ho an' ny tanimboliko?

50 Nefa indro, hoy ilay mpanompo tamin' ny Tompon' ny tanimboly: Tsimbino izy mandritra ny ^afotoana fohy.

51 Ary hoy ny Tompo: Eny, hitsimbina azy Aho mandritra ny fotoana fohy, fa mampahory ahy ny hamoizako ny hazo amin' ny tanimboliko.

52 Noho izany, dia aoka isika

haka ny ^a“sampan' ireo izay efa namboleko tany amin' ny faritra iva indrindra amin' ny tanimboliko ireo, ary aoka hataontsika grefy amin' ny hazo izay nihaviany izy ireny; ary aoka isika hanapaka hiala amin' ny hazo ireo sampana ireo izay tena mangidy ny voany ary hanao grefy kosa ny sampana voajanaharin' ilay hazo ho solony.

53 Ary izany no hataoko dia ny mba tsy hahafaty ny hazo, fa angamba mba ho azoko tehirizina ho an' ny tenako ny fakany araka ny fikasako.

54 Ary, indro, ny fakan' ny sampana voajanaharin' ilay hazo izay namboleko tany amin' izay rehetra sitrako dia mbola velona; noho izany, mba hahazoako mitahiry azy koa araka ny fikasako, dia haka amin' ny sampan' ity hazo ity aho, ary hataoko ^a“grefy aminy izy. Eny, hataoko grefy aminy ny sampan' ny renin-kazo mba hahazoako mitahiry koa ny fakany ho an' ny tenako, ka rehefa ampy azy ny heriny dia angamba mba mety hitondra voa tsara ho ahy izy, ary mba hahazoako mbola mirehareha amin' ny voan' ny tanimboliko.

55 Ary ny zava-nitranga dia nakany tamin' ilay hazo voajanahary izay efa lasa dia ary nataony grefy tamin' ireo hazo voajanahary izay efa lasa dia ihany koa.

56 Ary nakany koa tamin' ireo hazo voajanahary izay efa lasa

47b TSM Izao Tontolo Izao—Faran' ny tany.
50a Jakôba 5:27.

52a TSM Israely—Ny fanangonana ny Israely.

54a 1 Ne. 15:12-16.

dia, ary nataony grefy tamin' ny renin-kazo.

57 Ary hoy ny Tompon' ny tanimboly tamin' ilay mpanompo hoe: Aza ongotana hiala amin' ireo hazo ny sampana dia, afa-tsy ireo izay tena mangidy; ary aminy no hanaovanao grefy, araka izay efa nolazaiko.

58 Ary hokolokolointsika indray ny hazon' ny tanimboly ary horantsanantsika ny sampany; ary hongotantsika hiala amin' ireo hazo ireo ny sampana izay efa lò, izay tsy maintsy ho faty ary hatsipy any anaty afo.

59 Ary izany no ataoko dia angamba mba mety hahazo hery ny fakany noho ny hatsarany; ary noho ny fiovan' ny sampana mba hahazoan' ny tsara mandre-sy ny ratsy.

60 Ary satria efa nitsimbina ny sampana voajanahary sy ny fakany aho ary efa nanao grefy ny sampany voajanahary indray tamin' ilay renin-kazo, ary efa nitsimbina ny fakan' ilay renin-kazo dia angamba mba mety hitondra "voa tsara indray ny hazo ao amin' ny tanimboliko; ary mba mety hanam-pifaliana indray aho amin' ny voa avy amin' ny tanimboliko, ary angamba mba mety hanana fifaliana izaitsizy tokoa aho fa efa nahatahiry ny fakany sy ny sampan' ny voaloham-bokatra —

61 Noho izany, mandehana ary antsoy ireo "mpanompo mba hahazoantsika ^bmiasa amin' ny zotom-po tokoa sy amin' ny he-

rintsika ao amin' ny tanimboly, mba hahazoantsika manomana ny lalana, ka hahazoako mamoa voa tsara indray, dia voa tsara izay soa sy sarobidy indrindra noho ireo voa hafa rehetra.

62 Koa aoka isika handeha sy hiasa amin' ny herintsika amin' izao fotoana farany izao, fa indro manakaiky ny farany, ary izao no fotoana farany izay handrantsanako ny tanimboliko.

63 Ataovy grefy ny sampana; atomboy amin' ny "farany mba ho voalohany izy, ary ny voalohany mba ho farany, ary hevoy ireo hazo, na antitra na tanora, ny voalohany sy ny farany; ary ny farany sy ny voalohany ka ho azo kolokoloina indray mandeha indray sady farany izy rehetra.

64 Koa, hevoy izy, rantsano izy, asio zezika indray mandeha sady farany izy, fa manakaiky ny farany. Ary raha toa ka maniry ireo grefy farany ireo ary mitondra voa tsara, dia omaninareo amin' izany ny lalana ho azy ireo mba hahazoany mitombo.

65 Ary rehefa manomboka maniry izy, dia horantsanana-reo ny sampana izay mitondra voa mangidy, arakaraka ny tanjaka sy haben' ireo tsara; ary tsy "horantsananareo miaraka ny sampany ratsy, fandrao dia hahery loatra ny fakany ho an' ireo grefy, ary ho faty ny grefy, ary dia hahoiko ny hazo amin' ny tanimboliko.

66 Fa mampahory ahy ny

60a Isa. 27:6.
61a Jakôba 6:2;
F&F 24:19.

b F&F 39:11, 13, 17.
63a 1 Ne. 13:42;
Etera 13:10-12.

65a F&F 86:6-7.

hamoizako ny hazo amin' ny tanimboliko; koa ianareo dia handratsana ny ratsy arakarakana ny fitomboan' ny tsara ka ny fakany sy ny tampony dia mba hitovy hery, mandra-pandresen' ny tsara ny ratsy, ary hotapahina ny ratsy sy hatsipy any anaty afo mba tsy handrakofany ny faritry ny tanimboliko; ary dia toy izany no hamafako ny ratsy amin' ny tanimboliko.

67 Ary ny sampan' ilay hazo voajanahary dia hataoko grefy indray amin' ilay hazo voajanahary;

68 Ary ny sampan' ilay hazo voajanahary dia hataoko grefy amin' ny sampana voajanaharin' ilay hazo; ary dia toy izany no hitondrako azy ireo miaraka indray mba hamoazany voa tsara ary mba ho iray ihany izy ireo.

69 Ary "hariana ny ratsy, eny, dia any ivelan' ny faritra rehetra amin' ny tanimboliko izany; fa indro, izao indray mandeha izao ihany no handrantsanako ny tanimboliko.

70 Ary ny zava-nitranga dia naniraka ny "mpanompony ny Tompon' ny tanimboly; ary nandeha ilay mpanompo ary nanao araka ny efa nandidian' ny Tompo azy sy nitondra mpanompo hafa; ary ^bvitsy izy ireo.

71 Ary hoy ny Tompon' ny tanimboly taminy: Mandehana ary "miasà ao amin' ny tanimboly amin' ny herinareo. Fa indro, izao no ^bfotoana farany hikolo-

koloiko ny tanimboliko; fa efa akaiky sy antomotra ny farany ary avy faingana tokoa ny tonontaona; ary raha miara-miasa amiko amin' ny herinareo ianareo dia hanam-^dpifaliana amin' ny voa izay hangoniko ho an' ny tenako amin' ny fotoana izay ho avy tsy ho ela.

72 Ary ny zava-nitranga dia nandeha ary niasa tamin' ny heriny ireo mpanompo; ary niara-niasa taminy koa ny Tompon' ny tanimboly; ary izy ireo dia nankatò ny didin' ny Tompon' ny tanimboly tamin' ny zava-drehetra.

73 Ary nanomboka nisy voa tsara indray tao amin' ny tanimboly; ary nanomboka naniry sy nandrobona fatratra tokoa ny sampana voajanahary; ary nanomboka nongontana sy nariana kosa ny sampana dia; ary notandrovin' ny fampitoviana ny fakany sy ny tendrony, araka ny tanjany.

74 Ary dia toy izany no niasany tamin' ny zotom-po rehetra, araka ny didin' ny Tompon' ny tanimboly, mandra-panariny ny ratsy tany ivelan' ny tanimboly, ary ny Tompo efa nitsimbina ho an' ny tenany ireo hazo izay efa tonga voa tsara indray; ary izy ireo dia nanjary toy ny "tena iray ihany; ary sahala ireo voany; ary ny Tompon' ny tanimboly dia efa nitahiry ho an' ny tenany ireo voa tsara, izay tena sarobidy ho Azy hatrany am-piandohana.

69a 1 Ne. 22:15-17, 23;
2 Ne. 30:9-10.

70a F&F 101:55; 103:21.
b 1 Ne. 14:12.

71a Mat. 21:28;
Jakôba 6:2-3;
F&F 33:3-4.

b F&F 39:17; 43:28-30.

d F&F 18:10-16.
74a F&F 38:27.

75 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny Tompon' ny tanimboly fa tsara ny voany ary tsy simba intsony ny tanimboliny, dia nantsoiny ny mpanompony, ary hoy izy taminy: Indro, izao no nikolokolointsika farany ny tanimboliko; ary hitanareo fa efa nanao araka ny sitrapoko aho; ary efa nitahiry ny tena voa aho mba ho tsara izy dia tahaka azy tany am-piandohana. Ary "hotahiana anie ianareo; fa satria efa nazoto niasa niaraka tamiko tao amin' ny tanimboliko ianareo ary efa nitandrina ny didiko sy efa namoa ho ahy indray ny ^bvoa tsara, hany ka tsy simba intsony ny tanimboliko, ary efa nariana ny ratsy, dia indro fa hiaraka hanana fifaliana amiko noho ny voa avy amin' ny tanimboliko ianareo.

76 Fa indro, mandritra ny "fotoana maharitra no hanangonako ny voa avy amin' ny tanimboliko ho an' ny tenako ihany ho amin' ny tonon-taona, izay avy faingana tokoa; ary izao no nikolokoloiko farany ny tanimboliko sy nandrantsanako azy ary nihevoako azy sy nanasiako azy zezika; koa hanangona voa ho an' ny tenako aho, mandritra ny fotoana maharitra, araka izay efa nolazaiko.

77 Ary raha avy ny fotoana izay hiavian' ny voa ratsy indray ao amin' ny tanimboliko,

dia hataoko amin' izany izay hanangonana ny tsara sy ny ratsy; ary ny tsara dia hotehiriziko ho an' ny tenako ary ny ratsy kosa hariako eo amin' ny toerany ihany. Ary amin' izany dia tonga ny "tonon-taona sy ny farany, ary dia hasaiko ^bdorana amin' ny afo ny tanimboliko.

TOKO 6

Hampody ny Isiraely ny Tompo amin' ny andro farany—Hodorana amin' ny afo izao tontolo izao—Tsy maintsy manara-dia an' i Kristy ny olona mba hisorohana ny farihy afo sy solifara. Tokony ho 544-521 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, indro, ry rahalahiko, satria efa nilaza tamina-reo aho fa haminany, dia indro, izao no faminaniako—fa ny zavatra izay nolazain' ity "Zenosa mpaminany ity ny amin' ny mpianakavin' i Isiraely, tamin' ny nampitahany azy tamin' ny hazo oliva voakolokolo, dia tsy maintsy hitranga marina tokoa.

2 Ary ny andro izay haninjirany ny tanany fanindroany indray mba "hampody ny olony, no andro, eny, no fotoana farany handehanan' ny ^bmpanompon' ny Tompo amin' ny ^dheriny mba "hikolokolo sy handrantsana ny ^ftanimboliny; ary aorian' izany dia ho avy tsy ho ela ny ^gfarany.

75a 1 Ne. 13:37.

^b TSM Isiraely.

76a 1 Ne. 22:24-26.

TSM Arivotaona.

77a Fan. 20:2-10;

F&F 29:22-24;

43:29-33; 88:110-116.

^b TSM Izaon Tontolo

Izaon—Faran' ny tany.

6 1a Jakôba 5:1.

2a 1 Ne. 22:10-12;

F&F 110:11.

TSM Famerenana

amin' ny Laoniny ny

Filazantsara.

^b Jakôba 5:61.

^d 1 Ne. 14:14.

^e Jakôba 5:71.

^f TSM Tanimbolin' ny

Tompo.

^g 2 Ne. 30:10.

3 Ary endrey, hotahiana tokoa ireo izay efa niasa tamim-pahazotoana tao amin' ny tanimboliny; ary endrey ho voaozona tokoa ireo izay horoahina hankoe amin' ny toerany ihany! Ary "hodorana amin' ny afo izao tontolo izao.

4 Ary, endrey, feno famindram-po amintsika tokoa ny Andriamanitsika fa mahatsiaro ny mpianakavin' i "Isiraely Izy, na fakany na sampany; ary maninjitra ny ^btanany aminy Izy mandritra ny manontolo andro; ary vahoaka ^dmafy hatoka sy mpamalivaly izy; nefa izay rehetra tsy manamafy ny fony no hovonjena ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

5 Noho izany, ry rahalahy malalako, dia miangavy anareo amin' ny teny hentitra aho mba hibebahanareo ary hanatona-nareo amin' ny fo feno finiavana sy "hifikiranareo amin' Andriamanitra, toy ny ifikirany aminareo. Ary raha mbola mitolotra aminareo ny ^bsandrin' ny famindram-pony amin' ny fahazavan' ny andro, dia aza manamafy ny fonareo.

6 Eny, anio, raha te hihaino ny feony ianareo, dia aza manamafy ny fonareo; fa nahoana no te ho "faty ianareo?

7 Fa indro, rehefa avy nofahanana tamin' ny teny soan' An-

driamanitra ianareo nandritra ny manontolo andro, moa va hitondra voa ratsy ianareo ka tsy maintsy "hokapaina ary hatsipy any anaty afo?

8 Indro, hotsipahinareo va ireo teny ireo? Hotsipahinareo va ny tenin' ny mpaminany; ary hotsipahinareo va ny teny rehetra izay efa nolazaina momba an' i Kristy, kanefa maro tokoa no efa niteny momba Azy; ary holavinareo va ny teny soan' i Kristy sy ny herin' Andriamanitra ary ny "fanomezana ny Fanahy Masina, ary hovanoinareo va ny Fanahy Masina, ary hoosoinareo va ny drafitra lehiben' ny fanavotana izay efa nomanina ho anareo?

9 Tsy fantatrareo va fa raha manao ireo zavatra ireo ianareo, dia ny herin' ny fanavotana sy ny fitsanganana amin' ny maty, izay ao amin' i Kristy, no hitondra anareo hijoro amin-kenatra sy "fanamelohana mahatsiravina eo anoloan' ny ^btoeram-pitsaran' Andriamanitra?

10 Ary araka ny herin' ny rariny, fa tsy azo lavina ny "rariny, dia tsy maintsy mandeha manka-min' ny ^bfarihy afo sy solifara ianareo, izay tsy mety maty ny lelafony ary miakatra mandrakizay mandrakizay ny setrony, dia farihy afo sy solifara izay "fijaliana ^etsisy fiafarany.

3a 2 Ne. 27:2;
Jakôba 5:77;
3 Ne. 25:1.

4a 2 Sam. 7:24.
b Jakôba 5:47.
d Môsià 13:29.

5a TSM Firaisan-kina.
b Almà 5:33-34;

3 Ne. 9:14.
6a Ezek. 18:21-23.
7a Almà 5:51-52;

3 Ne. 27:11-12.
8a TSM Fanomezana ny
Fanahy Masina.

9a Môsià 15:26.
TSM Heloka.

b TSM Fitsarana
Farany, Ny.
10a TSM Fahamarinana.
b 2 Ne. 28:23.
TSM Helo.
d TSM Fahamelohana.
e F&F 19:10-12.

11 Ô amin' izany, ry rahalahiko malala, mibebaha ianareo ary midira amin' ny "vavahady ety ary mitozoa amin' ny lalana izay tery mandra-pahazoanareo ny fiainana mandrakizay.

12 Ô, mba "hendry; inona no azoko lazaina ankoatra izany?

13 Farany, dia manao veloma anareo aho mandra-pihaonako aminareo eo anoloan' ny toeram-pitsarana mahafinaritra izay an' Andriamanitra, dia toeram-pitsarana izay mamely ny olondratsy amin' ny horohoro sy ny tahotra "mahatsiravina. Amena.

TOKO 7

I Serema dia nandà an' i Kristy, nifanditra tamin' i Jakôba, nitaky famantarana, ary nofaizin' Andriamanitra—Efa nilaza ny amin' i Kristy sy ny sorompanavotany ny mpaminany rehetra—Nandany ny androny toy ny mpirenireny ny Nefita, nateraka tao amin' ny fahasahiranana izy ary nankahalain' ny Lamanita. Tokony ho 544-421 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa lasana ny taona maro, dia nisy lehilahy iray tonga teo anivon' ny vahoakan' i Nefia, izay i Serema no anarany.

2 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nitory teo anivon' ny vahoaka izy ary nolazainy taminy fa tsy hisy i Kristy. Ary notoriany ny zavatra maro izay nanasohaso ny vahoaka; ary izany no nataony dia ny hahazoany

mandrodana ny fotopampianaran' i Kristy.

3 Ary niasa tamim-pahazotoana tokoa izy mba hahazoany mampaniasia ny fon' ny vahoaka, hany ka nampaniasia fo maro izy; ary noho ny fahalalany fa izaho Jakôba dia nanana finoana an' i Kristy izay ho avy, dia notadiaviny fatratra ny fomba hahatongavana aty amiko.

4 Ary olo-mahay izy, ka nanana fahalalana tomombana ny momba ny fitenin' ny vahoaka; noho izany izy dia afaka nampiasa fanasohasoana betsaka sy hery be tamin' ny lahateny, araka ny herin' ny devoly.

5 Ary nanana fanantenana izy ny hanozongozona ahy tamin' ny finoana, na dia teo aza ny "fanambarana maro sy ny zavatra maro izay efa hitako momba ireo zavatra ireo; fa efa nahita anjely marina tokoa aho, ary efa nampianatra ahy izy ireny. Ary koa efa nandre ombieny ombieny ny feon' ny Tompo aho niresaka tamiko tamin' ny teny mihitsy; noho izany aho dia tsy azo hozongozonina.

6 Ary ny zava-nitranga dia tonga tao amiko izy, ary toy izao no noteneniny ahy, nanao hoe: Ry rahalahy Jakôba, efa nitady fatratra ny fomba hahazoako miresaka aminao aho; satria efa reko sy fantatro koa fa ianao dia mivezivezy be, mitory izay antsoinao hoe ny filazantsara na ny fotopampianaran' i Kristy.

7 Ary efa nampaniasia ny maro tamin' ity vahoaka ity ia-

nao, hany ka manova ny lalana marin' Andriamanitra izy ary "tsy mitandrana ny lalàn' i Mosesy izay lalana marina; ary manova ny lalàn' i Mosesy izy ho fiderana an' Ilay lazainao fa ho avy rehefa afaka taon-jato maro. Ary ankehitriny indro, izaho Serema dia milaza aminao fa fanevatevana izany; fa tsy misy olona mahalala ny zavatra toy izany; noho izy ^btsy afaka milaza ny amin' ny zavatra ho avy. Ary dia toy izany no fomba nentin' i Serema nifanditra tamiko.

8 Nefa indro, fa nampirotsaka ny "Fanahiny tao amin' ny fanahiko ny Tompo Andriamanitra, hany ka nampangaihaiziko izy tamin' ny teniny rehetra.

9 Ary hoy aho taminy: Mandà an' i Kristy izay ho avy va ianao? Ary hoy izy: Raha toa ka tokony hisy i Kristy, dia tsy handà Azy aho; nefa fantatro fa tsy misy izany Kristy izany, sady tsy nisy no tsy hisy na oviana na oviana.

10 Ary hoy aho taminy: Mino ny soratra masina va ianao? Ary hoy izy, Eny.

11 Ary hoy aho taminy: Tsy azonao izy raha izany; fa izy dia manambara marina tokoa ny amin' i Kristy. Indro, lazaiko aminao fa tsy nisy mpaminany izay nanoratra na "maminany ka tsy nilaza ny momba an' ity Kristy ity.

12 Ary tsy izay ihany — efa nanehoana izany aho, satria efa nandre sy nahita; ary efa nanehoana izany koa aho tamin' ny "herin' ny Fanahy Masina; noho izany, dia fantatro fa raha tsy misy sorompanavotana atao, dia tsy maintsy ho ^bvery ny olombelona rehetra.

13 Ary ny zava-nitranga dia hoy izy tamiko: Anehoy "famantarana iray aho amin' io herin' ny Fanahy Masina io, izay aha-fantaranao zavatra betsaka.

14 Ary hoy aho taminy: Inona moa aho no haka fanahy an' Andriamanitra mba haneho aminao famantarana iray ny amin' ny zavatra izay fantatrao fa "marina? Nefa dia holavinao izany, satria ianao dia avy amin' ny ^bdevoly. Kanefa, tsy ny sitrapoko anie no atao; fa raha hame-ly anao kosa Andriamanitra, dia aoka izany ho famantarana ho anao fa manan-kery Izy, na any an-danitra na etỳ an-tany; ary koa fa ho avy i Kristy. Ary ny sitraponao anie, Tompo ô, no atao fa tsy ny ahy.

15 Ary ny zava-nitranga, rehefa nilaza ireo teny ireo izaho Jakôba dia tonga taminy ny herin' ny Tompo, hany ka lavo tamin' ny tany izy. Ary ny zava-nitranga dia nofahanan' ny olona izy nandritra ny andro maro.

16 Ary ny zava-nitranga dia nilaza tamin' ny vahoaka izy

7a Jakôba 4:5.

b Almà 30:13.

8a TSM Fitaoman' ny Fanahy.

11a Fan. 19:10;

1 Ne. 10:5;

Jakôba 4:4;

Môsià 13:33-35;

F&F 20:26.

TSM Jesoa Kristy.

12a TSM Andriamanitra—
Andriamanitra
Fanahy Masina;
Fanahy Masina.

b 2 Ne. 2:21.

13a Mat. 16:1-4;

Almà 30:43-60.

TSM Famantarana.

14a Almà 30:41-42.

b Almà 30:53.

hoe: Miaraha-mivory ianareo rahampitso fa ho faty aho; koa maniry ny hiresaka amin' ny vahoaka aho mialohan' ny hafatesako.

17 Ary ny zava-nitranga nony ampitso dia tafavory miaraka ny valalabemandry; ary noteneniny mazava taminy tokoa sy nolaviny ny zavatra izay efa nampianariny azy ary nibabohany ny amin' i Kristy sy ny herin' ny Fanahy Masina ary ny fampianaran' ny anjely.

18 Ary dia nolazainy mazava taminy tokoa fa izy dia efa "voafitaky ny herin' ny ^bdevoly. Ary noresahiny ny momba ny helo sy ny mandrakizay ary ny famaizana mandrakizay.

19 Ary hoy izy: Matahotra aho fandrao efa nahavita fahotana "tsy azo ivalozana, satria efa nandainga tamin' Andriamanitra aho; satria nandà an' i Kristy aho, ary nilaza fa izaho dia nino ny soratra masina; ary izany dia manambara marina tokoa ny Aminy. Ary satria efa nandainga tamin' Andriamanitra toy izany aho, dia matahotra fatratra tokoa aho fandrao dia ^bhahatsiravina ny anjarako; nefa mibaboka amin' Andriamanitra aho.

20 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo izy, dia tsy afaka niteny intsony ary "afaka ny ainy.

21 Ary rehefa avy nanatri-maso ny valalabemandry fa notene-

niny ireo zavatra ireo rehefa akaiky ho afaka ny ainy, dia talanjona fatratra tokoa izy; hany ka nidina taminy ny herin' Andriamanitra, ary "ankona izy ka lavo tamin' ny tany.

22 Ankehitriny, izany zavatra izany dia nahafinaritra ahy Jakôba, satria efa nangataka izany tamin' ny Raiko izay any andanitra aho; fa efa nandre ny fitalahoako Izy ary namaly ny fivavako.

23 Ary ny zava-nitranga dia naverina teo anivon' ny vahoaka indray ny fiadanana sy ny fitiavana an' Andriamanitra; ary "nanadihady ny soratra masina izy sy tsy nihaino intsony ny tenin' ity olon-dratsy ity.

24 Ary ny zava-nitranga dia novisavisaina ireo tetika maro "hanarenana sy hamerenana ny Lamanita ho amin' ny fahalalana ny fahamarinana; saingy ^bzava-poana avokoa izany, satria finaritra tamin' ny ^dady sy ny ^efandatsahan-dra izy ary nanana ^ffankahalana mandrakizay anay rahalahiny. Ary nokatsahiny ny hamongotra anay lalandava tamin' ny herin' ny fiadiany.

25 Noho izany, ny vahoakan' i Nefia dia nanamafy ny toerampiarovana tamin' ny fitaovampiadiany sy tamin' ny heriny rehetra, nitoky tamin' Andriamanitra sy ny "vatolampy famonjena azy; noho izany izy dia

18a Almà 30:53.

TSM Fitaka.

b TSM Devoly.

19a TSM Fahotana Tsy

Ahazoana Famelana.

b Môsià 15:26.

20a Jer. 28:15-17.

21a Almà 19:6.

23a Almà 17:2.

24a Enôsa 1:20.

b Enôsa 1:14.

d Môsià 10:11-18.

e Jarôma 1:6;

Almà 26:23-25.

f 2 Ne. 5:1-3;

Môsià 28:2.

25a TSM Vatolampy.

tonga mpandresy ny fahavalony hatramin' izao.

26 Ary ny zava-nitranga, izaho Jakôba dia nandroso fahanterana; ary satria efa voatahiry amin' ny "takelak' i Nefia hafa ny rakisoratra ity vahoaka ity, noho izany aho dia mamarana ity rakisoratra ity, amin' ny filazana fa efa nanoratra araka ny fara-fahai-zako aho, tamin' ny filazana fa nandalo ny fotoana taminay ary koa nihelina taminay miova tsy ny nofy ny ^bfiainanay, dia izahay izay vahoaka manirery sy matotra, mpirenireny, noroahina avy tany Jerosalema, nateraka tao anatin' ny fahasahiranana tany an-tany foana; ary nankahain'

ny rahalahinay izay nahatonga ady sy fifandirana; noho izany, dia nisaonanay ny andronay.

27 Ary izaho Jakôba dia nahita fa tsy maintsy midina tsy ho ela any am-pasako; koa nilaza tamin' i "Enôsa zanako lahy aho hoe: Raiso ireto takelaka ireto. Ary noteneniko azy ny zavatra izay efa ^bnandidian' i Nefia rahalahiko ahy, ary nampanantena izy fa hankatò ny didy. Ary mamarana ny fanoratako aho eo amin' ireto takelaka ireto, izay fanoratana kely ihany; ary ho an' ny mpamaky dia manao veloma aho sady manantena fa maro amin' ny rahalahiko no ho afaka hamaky ny teniko. Veloma, ry rahalahy.

NY BOKIN' I ENÔSA

Nahery nivavaka tokoa i Enôsa ary nahazo ny famelana ny fahotany izy—Tonga tao an-tsainy ny feon' ny Tompo, nampanantena famonjena ho an' ny Lamanita amin' ny andro ho avy—Nikatsaka ny hanarina ny Lamanita ny Nefita—Nifaly tamin' ny Mpanavotra azy i Enôsa. Tokony ho 420 talohan' i J.K.

INDRO, ny zava-nitranga, izaho "Enôsa, noho ny fahalalako ny raiko fa ^bizy dia lehilahy marina—fa izy dia ^anampianatra

ahy tamin' ny fiteniny ary koa tamin' ny "fanabeazana sy ny fananarana araka ny Tompo—ary hotahiana anie ny anaran' ny Andriamanitra noho izany—

2 Ary izaho dia hilaza aminareo ny amin' ny "tolona izay nataoko teo anoloan' Andriamanitra, talohan' ny nahazoako ny ^bfamelana ny fahotako.

3 Indro, nandeha nihaza bibidia tany an' ala aho; ary ny teny izay efa reko matetika notenenin-draiko momba ny fiainana mandrakizay sy ny "fifalian' ny

26a 1 Ne. 19:1–6;
Jarôma 1:14–15.
TSM Takelaka.
b Jakôba 4:14.
27a Enôsa 1:1.
b Jakôba 1:1–4.

[ENÔSA]
1 1a TSM Enôsa,
Zanakalahin' i Jakôba.
b 2 Ne. 2:2–4.
d 1 Ne. 1:1–2.
e Ef. 6:4.

2a Gen. 32:24–32;
Almà 8:10.
TSM Fibe bahana.
b TSM Famelana ny
Fahotana.
3a TSM Fifaliana.

olomasina dia ^btafalatsaka lalina tao am-poko.

4 Dia “mosarena ny fanahiko; ary ^bnandohalika teo anoloan’ ny Mpanao ahy aho ary nitalaho taminy sady nahery ^dnivavaka no nitaraina ho an’ ny fanahiko ihany; ary nandritra ny manontolo andro no nitalahoako taminy; eny, ary rehefa tonga ny alina dia mbola nanandratra avo ny feoko aho ka nahatakatra ny lanitra izany.

5 Ary nisy “feo tonga tamiko, nanao hoe: Ry Enôsa, voavela ny fahotanao ary hotahiana ianao.

6 Ary izaho Enôsa dia nahafantatra fa tsy afaka mandainga Andriamanitra; noho izany, dia nofafana ny hadisoako.

7 Ary hoy aho: Ahoana no mahatò izany, Tompo ô?

8 Ary hoy Izy tamiko: Noho ny “finoanao an’ i Kristy izay tsy mbola henonao na hitanao na oviana na oviana. Ary taona maro no ho lasana mialohan’ ny hanehoany ny tenany ao amin’ ny nofo; koa mandehana, ny finoanao no efa ^bnamonjy anao.

9 Ankehitriny, ny zava-nitranga, nony efa nandre ireo teny ireo aho, dia nanomboka nahatsapa “faniriana ho an’ ny fiadan’ ny Nefita rahalahiko; koa, ho azy no ^bnamborahiko tamin’ Andriamanitra ny tao am-poko manontolo.

10 Ary raha mbola nitolona am-panahy toy izany aho, indro tonga tao “an-tsaiko indray ny feon’ ny Tompo, nanao hoe: Iza-ho hamangy ny rahalahinao araka ny fahazotoany mitandrana ny didiko. Efa ^bnomeko azy ity tany ity, ary tany masina izany; ary Izaho tsy “hanozona azy raha tsy noho ny amin’ ny heloka; noho izany Aho dia hamangy ny rahalahinao araka izay efa nola-zaiko; ary ny fandikany lalàna dia haidiko miaraka amin’ alahelo eo ambony lohany ihany.

11 Ary rehefa nandre ireo teny ireo izaho Enôsa dia nanomboka ho tsy azo hozongozonina ny finoako ny Tompo; ary nitolona am-bavaka maro sy naharitra taminy aho ho an’ ny Lamanita rahalahiko.

12 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy “nivavaka sy niasa tamin’ ny fahazotoana rehetra aho, dia hoy ny Tompo tamiko: Hotoviko aminao araka ny ^bfanirianao noho ny finoanao.

13 Ary ankehitriny, indro izao no faniriana izay niriako taminy—fa raha toa ka ho lavo ao amin’ ny fandikany lalàna ny Nefita oloko ary mety ho “fongotra, ary tsy ho fongotra kosa ny Lamanita, dia ny mba ^bhitsimbina’ ny Tompo Andriamanitra ny rakitsoratra ny Nefita, oloko, na dia ho amin’ ny herin’ ny

3b 1 Ne. 10:17-19;

Almà 36:17-21.

4a 2 Ne. 9:51; 3 Ne. 12:6.

^b TSM Fanajana.

^d TSM Vavaka.

5a TSM Fanambarana.

8a Etera 3:12-13.

TSM Finoana.

^b Mat. 9:22.

9a 1 Ne. 8:12;

Almà 36:24.

^b 2 Ne. 33:3; TiM 1:8;

Almà 34:26-27.

10a TSM Fitaoman’ ny

Fanahy; Saina.

^b 1 Ne. 2:20.

^d Etera 2:7-12.

12a Môrm. 5:21; 9:36.

^b Sal. 37:4; 1 Ne. 7:12;

Hel. 10:5.

13a Môrm. 6:1, 6.

^b TiM 1:6-11;

Almà 37:2.

sandriny masina aza izany mba hahazoana ^dmamoaka izany ho an' ny Lamanita amin' ny andro ho avy, ka angamba ho azo ^etarihina ho amin' ny famonjena izy —

14 Fa ^azava-poana amin' izao fotoana izao ny fikelezanay aina amin' ny fampodiana azy ho amin' ny finoana marina. Ary miozonozona izy ao amin' ny fahatezerany, fa raha azo atao, dia ho ^bnofongorany miaraka izahay sy ny rakitsoratra, ary koa ny fomban-drazanay rehetra.

15 Koa, noho ny fahalalako fa afaka ^anitsimbina ny rakitsoratra ny Tompo Andriamanitra dia nitalaho Taminy lalandava aho, fa hoy Izy tamiko: Na inona na inona zavatra angatahinao amin' ny finoana, rehefa mino fa hahazo ianao amin' ny anaran' i Kristy, dia ho azonao izany.

16 Ary nanana finoana aho, ary izaho dia nitalaho tamin' Andriamanitra mba ^ahitsimbiny ny ^brakitsoratra; ary nanao fanekempihavanana tamiko Izy fa ^ahamoaka izany ho an' ny Lamanita amin' ny fotoana mahamety izany Aminy.

17 Ary izaho Enôsa dia nahalala fa izany dia ho araka ny fanekempihavanana izay efa nataony; noho izany dia nitony ny fanahiko.

18 Ary hoy ny Tompo tamiko:

Ny razanao koa efa nangataka tamiko izany zavatra izany; ary dia hotanterahina aminy araka ny finoany izany; fa ny finoany dia toy ny anao.

19 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, izaho Enôsa dia nivezivezy tany anivon' ny vahoakan' i Nefia, naminany ny amin' ny zavatra ho avy ary nanambara ny amin' ny zavatra izay efa reko sy hitako.

20 Ary izaho dia vavolombelona manambara fa ny vahoakan' i Nefia dia nikatsaka tamimpahazotoana tokoa ny hampody ny Lamanita ho amin' ny tena finoana an' Andriamanitra. Saingy zava-poana ny ^aasanay; lalimpaka ny fankahalany, ary nentanin' ny toetra ratsiny izy ka zary olon-dia sy loza-be ary ^blian-dra, feno ^dfanompoan-tsampy sy fahalotoana; homana bibidia; mitoetra anaty lay ary mireni-reny any an-tany foana ka hodibiby no sikina fohy eo ambalahany, ary mangadihady ny lohany; ary ao amin' ny fampiasana ^etsipika sy sabatra ary famaky ny hakingany. Ary maro taminy no tsy nihinana na inona na inona afa-tsy hena manta; ary nikatsaka lalandava ny hamongotra anay izy.

21 Ary ny zava-nitranga dia niasa ny tany ny vahoakan' i Nefia ary ^anikolo ny karazana rehetra tamin' ny voamaina sy

13d Almà 37:19;
Etera 12:22; F&F 3:18.
e Almà 9:17.
14a Jakôba 7:24.
b Môrm. 6:6.
15a TSM Soratra Masina—
Hotehirizina ny

Soratra Masina.
16a 3 Ne. 5:13–15;
F&F 3:19–20;
10:46–50.
b TSM Bokin' i
Môrmôna.
d 2 Ne. 27:6.

20a Môrô. 9:6.
b Jarôma 1:6.
d Môsià 9:12.
TSM Fanompoan-
tsampy.
e Môsià 10:8.
21a Môsià 9:9.

ny voankazo, ary andiana karazam-biby fiompy rehetra, ary osy sy osy dia, ary koa soavaly maro.

22 Ary nisy “mpaminany maro izaitsizy tokoa teo aminay. Ary vahoaka ^bmafy hatoka ny vahoaka, malaina hanakatra.

23 Ary tsy nisy afa-tsy ny “fihenjanana mihoa-pampana, ny ^bfitoriana ary ny faminiana momba ny ady, mbamin’ ny fifandirana sy ny faharavana, ary ny ^dfampahatsiahivana azy lalandava ny fahafatesana sy ny faharetan’ ny mandrakizay, ary ny famaliana sy ny herin’ Andriamanitra, ary ireo zavatra rehetra ireo—no hanairana azy “lalandava ka hitanana azy amin’ ny fahatahorana ny Tompo. Ambarako fa tsy misy afa-tsy ireo zavatra ireo sy ny fahatsoram-pitenenana lehibe izaitsizy tokoa no hihazona azy tsy hivarina faingana tokoa any amin’ ny famongorana. Ary araka izany fomba izany no anoratako ny momba azy.

24 Ary nahita ady teo amin’ ny Nefita sy ny Lamanita aho nandritra ny androko.

25 Ary ny zava-nitranga dia

nandroso fahanterana aho ary sivy amby fitopolo amby zato taona no efa lasana hatramin’ ny fotoana “nandaozan’ i Lehia rainay an’ i Jerosalema.

26 Ary hitako fa tsy ho ela dia tsy maintsy midina any am-pasako aho, rehefa avy nentanin’ ny herin’ Andriamanitra fa tsy maintsy mitory sy maminany amin’ ity vahoaka ity ary manambara ny teny araka ny fahamarinana izay ao amin’ i Kristy. Ary efa nanambara izany aho nandritra ny androko rehetra ka nifaly tamin’ izany mihoatra noho ny tamin’ ny zavatr’ izao tontolo izao.

27 Ary tsy ho ela aho dia handeha any amin’ ny toerana “hialako sasatra, izay hiarahako amin’ ny Mpanavotra ahy, satria fantatro fa ao Aminy no hialako sasatra. Ary mifaly amin’ ny andro izay hitafian’ ny tenako ^bmety maty ny ^dtsy fahafatesana aho sy hijoroako eo anoloany; ary amin’ izany aho dia ho finaritra hahita ny tavany, ary Izy hiteny amiko hoe: Avia aty Amiko, ianao notahiana, fa efa misy toerana voavoatra ho anao ao “an-tranon-dRaiko. Amena.

NY BOKIN’ I JARÔMA

Nitandrina ny lalàn’ i Mosesy ny Nefita sady niandrandra ny fia-

vian’ i Kristy ka niroborobo teo amin’ ny tany—Nifofotra ny

22a TiM 1:16–18.

b Jarôma 1:3.

23a 1 Ne. 16:2;

2 Ne. 33:5.

b TSM Mitory.

d Hel. 12:3.

e Jarôma 1:12;

Almà 31:5.

25a 1 Ne. 2:2–4.

27a TSM Fitsaharana.

b TSM Mety Maty.

d TSM Tsy Fahafatesana.

e Jao. 14:2–3;

Etera 12:32–34;

F&F 72:4; 98:18.

mpaminany marobe mba hitana ny olona amin' ny lâlân' ny fahamarinana. Tokony ho 399-361 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY, indro izaho Jarôma no manoratra teny vitsivitsy araka ny didin' i Enôsa raiko mba hahazoana mitahiry ny ^atetiarianay.

2 Ary satria ^akely ^bireto takelaka ireto ary satria itony zavatra itony dia ^asoratana ka ny fikasana dia ny hahasoa ny ^cLamanita rahalahinay, noho izany, dia tsy maintsy ilaina ny hanoratako fohy; saingy tsy hanoratra ny zavatra ny faminaniako aho na koa ny amin' ny fanambarako. Fa inona moa no mbola azoko soratana mihoatra noho izay efa nosoratan' ny razako? Fa moa tsy efa nanambara ny drafitry ny famonjena va izy ireo? Lazai-ko aminareo, Eny; ary ampy ho ahy izay.

3 Indro, ilaina ny tokony hanaovana zavatra betsaka eo anivon' ity vahoaka ity noho ny hamafin' ny fony sy ny fahadontoan' ny sofiny ary ny fahajamban' ny sainy sy ny ^afihenjanan' ny hatony; kanefa feno fiantrana azy fatratra tokoa Andriamanitra ary tsy mbola ^bnandringana azy tambonin' ny tany.

4 Ary misy maro aminay no

manana ^afanambarana maro, fa tsy mafy hatoka avokoa akory izy ireo. Ary izay rehetra tsy mafy hatoka nefa manam-pinoana no manana ^bfiraaisana amin' ny Fanahy Masina, izay miseho amin' ny zanak' olombelona, araka ny finoany.

5 Ary ankehitriny, indro roanjato taona no efa lasana ary efa nihanahery tamin' ny tany ny vahoakan' i Nefia. Niezaka ny ^ahitandrina ny lâlân' i Mosesy sy ny andro ^bSabata ho Masina ho an' ny Tompo izy. Ary tsy ^anametaveta izy; sady tsy ^cnanevateva. Ary henjana izaitsizy tokoa ny lâlân' ny tany.

6 Ary niely patrana be tambonin' ny tany izy, ary koa ny Lamanita. Ary izy dia tena maro izaitsizy tokoa noho ny Nefita; ary tia ^amamono olona sy misotro ny ran' ny biby izy.

7 Ary ny zava-nitranga dia imbetsaka izy no tonga niady taminay Nefita. Saingy ny ^ampanjakanay sy ny mpitondra anay dia lehilahy mahery tamin' ny finoana ny Tompo; ary nampianarinay ny vahoaka ny lâlân' ny Tompo; noho izany izahay dia nahatohitra ny Lamanita sy nifaoka azy hiala ny ^btaninay ary nanomboka nanamafy ny tananay na izay rehetra toerana lovanay.

[JARÔMA]

1 1a 1 Ne. 3:12; 5:14.

2a 1 Ne. 6:1-6.

b Jakôba 3:14;

Ômnia 1:1.

d TSM Soratra Masina—
Ny hasarobidin' ny
Soratra Masina.

e 2 Ne. 27:6;

Môrm. 5:12.

3a Enôsa 1:22-23.

b Etera 2:8-10.

4a Almà 26:22;

Hel. 11:23;

F&F 107:18-19.

TSM Fanambarana.

b TSM Fanahy Masina.

5a 2 Ne. 25:24;

Almà 34:13-14.

b Eks. 35:2.

TSM Andro Sabata.

d TSM Faniratsirana.

e TSM Manevateva.

6a Jakôba 7:24;

Enôsa 1:20.

7a Jakôba 1:9, 11, 15.

b TiM 1:14.

8 Ary nitombo isa fatratra tokoa izahay ary niely patrana tambonin' ny tany sy nanjary mpafefohefo izaitsizy tokoa tamin' ny volamena sy ny volafotsy ary ny zava-tsarobidy sy ny taozavatra voakaly tamin' ny hazo, ny tao-trano sy ny milina, ary koa tamin' ny vy sy ny varahinamena ary ny varahina sy ny tsy, nanamboatra izay rehetra mety ho fitaovana isan-karazany mba hiasana ny tany ary ny "fitaovam-piadiana — eny, ny loha maranitra ny zana-tsipika sy ny tranon-jana-tsipika, ary ny longy sy ny lefompohy, ary ny fiomanana rehetra ho amin' ny ady.

9 Ary dia toy izany no fiomananay hifanandrina amin' ny Lamanita, ka tsy nahomby taminay izy. Fa nohamarinina kosa ny tenin' ny Tompo izay nolazainy tamin' ny razanay, manao hoe: Arakaraka ny hitandremanareo ny didiko no hiroboroboanareo eo amin' ny tany.

10 Ary ny zava-nitranga dia nampitandrina ny vahoakan' i Nefia ny mpaminan' ny Tompo, araka ny tenin' Andriamanitra, fa raha tsy mitandrina ny didy izy, fa ho lavo ao amin' ny fandikan-dalàna kosa, dia "hofongorana teo ambonin' ny tany.

11 Koa, ny mpaminany sy ny mpisorona ary ny mpampianatra dia niasa tamim-pahazotoana tokoa, namporisika ny vahoaka

tamin' ny fahari-po rehetra ho amin' ny fahazotoana; nampianatra ny "lalàn' i Mosesy sy ny antony izay nanomezana izany; nandresy lahatra azy mba ^bhiandrindra ny Mesia sy hino Azy izay ho avy, ho "toy ny efa tonga sahady. Ary dia toy izany no fomba nampianarany azy.

12 Ary ny zava-nitranga dia tamin' ny fanaovany izany no nitsimbiny azy tsy ho "fongana tambonin' ny tany; fa ^bnotsindrontsindroniny tamin' ny teny ny fony mba hanairana azy lalandava ho amin' ny fibebahana.

13 Ary ny zava-nitranga dia valo amby telopolo sy roanjato taona no efa lasana — tao anatin' ny ady sy fifandirana ary tsy fifanarahana ny ampahany betsaka tamin' ny fotoana.

14 Ary izaho Jarôma dia tsy manoratra misimisy kokoa, satria kely ny takelaka. Nefa indro, ry rahalahiko, afaka mizaha ireo "takelak' i Nefia hafa ianareo; fa indro, efa voasokitra amin' ireny ny rakitsoratra mikasika ny adinay, araka ny soratr' ireo mpanjaka, na ireo izay nasainy nosoratana.

15 Ary manolotra ireto takelaka ireto ho eo an-tànan' i Ômnia zanako lahy aho, mba hahazoana mitahiry azy ireo araka ny "didin' ny razako.

8a Môsîà 10:8.
10a 1 Ne. 12:19–20;
Ômnia 1:5.
11a Jakôba 4:5;
Almà 25:15–16.

b 2 Ne. 11:4;
Etera 12:18–19.
d 2 Ne. 25:24–27;
Môsîà 3:13; 16:6.
12a Etera 2:10.

b Almà 31:5.
14a 1 Ne. 9:2–4.
15a Jakôba 1:1–4.

NY BOKIN' I ÔMNIA

Nifandimby tsirairay nitana ny rakitsoratra i Ômnia, i Amarôna, i Kemisa, i Abinadôma ary i Amalekià — Hitan' i Môsià ny mponin' i Zarahemlà, izay nandao an' i Jerosalema tamin' ny andron' i Zedekia — Nataon' izy ireo mpanjakany i Môsià — Ny nahitan' ny tamingan' i Mioleka ao Zarahemlà an' i Kôriantomira ilay sisa tavela tamin' ny Jarêdita — Nandimby an' i Môsià i Benjamîna mpanjaka — Tokony hatolotry ny olona an' i Kristy ho toy ny fanatitra ny fanahiny. Tokony ho 323–130 talohan' i J.K.

INDRO ny zava-nitranga, rehefa nandidy ahy Ômnia i Jarôma raiko, ny somary hanoratako ihany eo amin' ireto takelaka ireto mba hitsimbinana ny tetiaranay —

2 Noho izany, dia mba tiako ny hahafantaranareo, fa tamin' ny androko dia niady mafy tamin-tsabatra aho mba hitsimbinana ny Nefita oloko tsy hianjera eo an-tànan' ny Lamanita fahavalony. Nefa indro, raha ny tenako dia olon-dratsy aho ary tsy nahatandrina ny sata sy ny didin' ny Tompo araka ny tokony ho efa nataoko aho.

3 Ary ny zava-nitranga dia enina amby fitopolo sy roanjato taona no efa lasana, ary nanana vanim-potoana maro nandriana fahalemana izahay; ary nanana vanim-potoana maro nisian' ny ady mangotraka sy fandatsahandra izahay. Eny, raha fintinina,

dia roa amby valopolo sy roanjato taona no efa lasana, ary efa nitahiry ireto takelaka ireto aho araka ny “didin' ny razako; ary nankiniko tamin' i Amarôna zanaoko lahy izy ireo. Ary mamarana aho.

4 Ary ankehitriny dia izaho, Amarôna, no manoratra izay rehetra zavatra soratako, izay vitsivitsy, ao amin' ny bokindraiko.

5 Indro, ny zava-nitranga dia roapolo sy telonjato taona no efa lasana ary efa “nofongorana ny ampahany ratsy indrindra tamin' ny Nefita.

6 Fa tsy tian' ny Tompo ny hamela, taorian' ny efa nitondrany azy niala ny tanin' i Jerosalema sy nitehirizany ary nitsimbina-ny azy tsy hianjera eo an-tanan' ny fahavalony, eny, tsy tiany ny hamela ny teniny tsy ho tò, dia izay nolazainy tamin' ny razanay, manao hoe: Arakaraka ny tsy hitandremanareo ny didiko no tsy hiroboroboanareo eo amin' ny tany.

7 Noho izany, ny Tompo dia namangy azy tamin' ny famaliana lehibe; kanefa dia notsimbininy ny marina mba tsy hahafaty azy fa nafahany teo an-tànan' ny fahavalony kosa izy.

8 Ary ny zava-nitranga dia natolotro an' i Kemisa rahalahiko ny takelaka.

9 Ankehitriny, dia izaho Kemisana no manoratra izay zava-bitsy soratako ao amin' ity boky ity

ihany miaraka amin' ny rahalahiko; fa indro, nahita ny farany izay nosoratany aho fa ny tanany ihany no nanoratra izany; ary nosoratany izany tamin' ny andro izay nanolorany ahy azy ireo. Ary dia araka izany fomba izany no itananay ny rakitsoratra, fa izany dia araka ny didin' ny razanay. Ary mamarana aho.

10 Indro, izaho Abinadôma dia zanakalahin' i Kemisa. Indro, ny zava-nitranga dia nahita ady betsaka sy fifandirana teo amin' ny Nefita oloko sy ny Lamanita aho; ary efa nalatsako tamin' ny sabatro ny ain' ny Lamanita maro mba ho fiarovana ny rahalahiko.

11 Ary indro, ny rakitsoratr' ity vahoaka ity dia voasokitra eo amin' ny takelaka izay notanan' ny mpanjaka araka ny taranaka; ary tsy mahalala ny amin' ny fanambarana afa-tsy izay efa voasoratra aho, toraka izany ny faminania; noho izany, dia ampy izay voasoratra. Ary mamarana aho.

12 Indro, izaho dia Amalekià, zanakalahin' i Abinadôma. Indro, izaho dia somary hiresaka aminareo ny momba an' i Môsià, izay natao mpanjakan' ny tanin' i Zarahemlà; fa indro, rehefa nampilazain' ny Tompo mialoha izy fa tokony handositra hiala ny tanin' i "Nefia, ary izay rehetra nety nihaino ny feon' ny Tompo dia tokony^bhanainga koa hiala ny tany miaraka aminy, hankany an-tany foana—

13 Ary ny zava-nitranga dia nanao araka izay efa nandidian' ny Tompo azy izy. Ary izay rehetra nety nihaino ny feon' ny Tompo dia nianga niala ny tany hankany an-tany foana; ary izy ireo dia notarihan' ny fitoriana sy faminania maro. Ary nannarin' ny tenin' Andriamanitra lalandava izy ireo; ary notarihin' ny herin' ny sandriny izy ireo namakivaky ny tany foana, mandra-pidiny tao amin' ny tany izay nantsoina hoe ny tanin' i Zarahemlà.

14 Ary nahita vahoaka iray izay nantsoina hoe ny vahoakan' i "Zarahemlà izy ireo. Ankehitriny, dia nisy firavoravoana be teo anivon' ny vahoakan' i Zarahemlà; ary Zarahemlà koa dia niravoravo fatratra tokoa, satria ny Tompo no efa nandefa ny vahoakan' i Môsià niaraka tamin' ny^btakela-barahina izay nitahirany ny rakitsoratr' ny Jiosy.

15 Indro, ny zava-nitranga dia nahita i Môsià fa ny "vahoakan' i Zarahemlà dia nivoaka avy tao Jerosalema tamin' ny fotoana izay nitondrana an' i^bZedekia, mpanjakan' i Joda, ho babo tany Babylona.

16 Ary nandeha tany an-tany foana izy, sy nentin' ny tanan' ny Tompo namakivaky ny rano be, hankany amin' ny tany izay nahitan' i Môsià azy; ary izy dia nonina teo hatramin' izay fotoana izay.

17 Ary tamin' ny fotoana izay nahitan' i Môsià azy, dia efa ni-

12a 2 Ne. 5:6-9.
b Jakôba 3:4.
14a TSM Zarahemlà.

b 1 Ne. 3:3, 19-20;
5:10-22.
15a Môsià 25:2.

b Jer. 39:1-10;
Hel. 8:21.

hamaro fatratra tokoa izy. Kamefa dia efa nanana ady maro sy fifandirana mafy izy, ary efa lavon-tsabatra ombieny ombieny; ary efa nihasimba ny fiteniny; ary tsy nitondra “rakitsoratra niaraka taminy izy, ary nolaviny ny fisian’ ny Mpahary azy; ary na i Môsià na ny vahoakan’ i Môsià dia samy tsy nahazo azy.

18 Fa ny zava-nitranga kosa dia nasain’ i Môsià nampianarina azy ny fiteniny. Ary ny zava-nitranga rehefa avy nampianarina ny fitenin’ i Môsià izy, dia nanome ny tetiaran’ ny razambeny i Zarahemlà araka ny fitadidiany; ary ireny dia voasoratra, saingy tsy amin’ ireto takelaka ireto.

19 Ary ny zava-nitranga dia “nikambana ny vahoakan’ i Zarahemlà sy ny an’ i ^bMôsià; ary i Môsià no notendrena ho mpanjakany.

20 Ary ny zava-nitranga tamin’ ny andron’ i Môsià, dia nisy vato iray lehibe nisy ireo soratra voasokitra nentina teo aminy; ary “nadikany ny soratra voasokitra tamin’ ny alalan’ ny fanomezampahasoavan’ Andriamanitra sy ny heriny.

21 Ary ireny dia nanome ny tantaran’ izany “Kôriantomira izany sy ny voavono tamin’ ny vahoakany. Ary i Kôriantomira dia hitan’ ny vahoakan’ i Zarahemlà; ary niara-nonina taminy izy nandritra ny sivy volana.

22 Izany koa dia nilaza tamin’

ny teny vitsivitsy ny momba ny razany. Ary ny razambeny voalohany dia nivoaka avy tao amin’ ny “tilikambo, tamin’ ny fotoana ^bnanorokoroan’ ny Tompo ny fitenin’ ny olona; ary nianjera taminy ny fahasiahan’ ny Tompo araka ny famaliany izay marina; ary ny “taolany dia nitsitra nihahaka tao amin’ ny faritra avaratry ny tany.

23 Indro izaho Amalekià dia teraka tamin’ ny andron’ i Môsià; ary mbola velona ka nahita ny fahafatesany aho; ary i “Benjamîna zananilahy no manjaka eo amin’ ny toerany.

24 Ary indro, tamin’ ny andron’ i Benjamîna mpanjaka no efa nahitako ady mangotraka sy fandatsahan-dra be teo amin’ ny Nefita sy ny Lamanita. Nefa indro, nanana tombony betsaka taminy ny Nefita; eny, hany ka i Benjamîna mpanjaka dia nanosika azy hiala ny tanin’ i Zarahemlà.

25 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nandroso fahantetana aho; ary, satria tsy mana-na taranaka aho ary mahalala fa olona marina eo anoloan’ ny Tompo i “Benjamîna mpanjaka, noho izany, dia ^bhatolotro azy ireto takelaka ireto hamporisihina ny olon-drehetra hanatona an’ Andriamanitra, ny Iray Masin’ ny Isiraely, ary hino ny faminiana sy ny fanambarana, ary ny fampianaran’ ny anjely,

17a Môsià 1:2–6.

19a Môsià 25:13.

b Ômnia 1:12.

20a Môsià 8:13–19.

TSM Mpahita.

21a Etera 12:1.

TSM Kôriantomira.

22a Etera 1:1–5.

b Gen. 11:6–9;

Môsià 28:17; Etera 1:33.

d Môsià 8:8.

23a TiM 1:3.

25a TiM 1:17–18;

Môsià 29:13.

b TiM 1:10.

ary ny talenta amin' ny fitene-nana amin' ny teny sy ny talenta amin' ny fandikan-teny ary amin' ny zavatra rehetra izay ^atsara; fa tsy misy na inona na inona izay tsara ka tsy avy amin' ny Tompo, ary izay ratsy dia avy amin' ny devoly.

26 Ary ankehitriny, ry rahalahy malalako, dia mba tiako ny ^ahanatonanareo an' i Kristy, dia ny Iray Masin' ny Isiraely ary handraisanareo anjara amin' ny famonjeny sy ny herin' ny fanavotany. Eny, manatòna Azy ary ^batolory ho toy ny ^afanatitra ho Azy ny fanahinareo manontolo, ary tohizo ny ^cfifadianareo hanina sy ny fivavahanareo, ary mahareta hatramin' ny farany; ary raha velona koa ny Tompo, dia hovonjena ianareo.

27 Ary ankehitriny aho dia somary te hiresaka ihany ny amin' ireo sasantsasany izay nandeha niakatra nankany an-tany foana

mba hiverina any an-tanin' i Nefia; satria nisy ny ankamaroanay izay naniry ny hizaka ny tany lovany.

28 Noho izany, dia nandeha niakatra nankany an-tany foana izy ireo. Ary satria lehilahy matanjaka sy mahery no mpitondra azy ireo ary lehilahy mafy hatoka, noho izany izy dia nampisy fifandirana teo anivony; ary dia ^anovonoina tany an-tany foana izy rehetra, afa-tsy dimampolo, ary niverina indray tany an-tanin' i Zarahemlà ireo.

29 Ary ny zava-nitranga dia naka olon-kafa marobe koa ireo ary lasana nandeha indray nankany an-tany foana.

30 Ary izaho Amalekià dia nana rahalahy izay nandeha koa niaraka taminy; ary tsy nahafantatra ny momba azy ireo intsony aho hatrizao. Ary efa madiva ny handry ao am-pasako aho; ary feno ^aireto takelaka ireto. Ary mamarana ny fitenenako aho.

NY TENIN' I MÔRMÔNA

Namintina ny takelaka lehiben' i Nefia i Môrmôna — Nampiarahany tamin' ny takelaka hafa ny takelaka kely — Nampiorina fandriampahalemana teo amin' ny tany i Benjamîna Mpanjaka. Tokony ho 385 taorian' i j.k.

ARY ankehitriny, izaho ^aMôrmôna, rehefa madiva ny hanolotra ny rakitsoratra izay efa nataoko ho eo an-tanan' i Môrônia zanako lahy, dia indro fa efa nanatri-maso ny fandranganana saiky manontolo ny Nefita oloko aho.

25d Almà 5:40;

Etera 4:12;

Môrô. 7:15–17.

26a Jakôba 1:7; Almà 29:2;

Môrô. 10:32.

b TSM Sorona.

d 3 Ne. 9:20.

e TSM Fifadian-kanina.

28a Môsià 9:1–4.

30a 1 Ne. 6:1–6.

[TENIN' I MORMONA]

1 1a 3 Ne. 5:9–12;

Môrm. 1:1–4; 8:1, 4–5.

TSM Môrmôna,

Mpaminany Nefita.

2 Ary "taon-jato maro aorian' ny fiavian' i Kristy no anolorako ireto rakitsoratra ireto eo an-tanan' ny zanako lahy; ary mihevitra aho fa izy dia hanatrimaso ny famongorana tanteraka ny oloko. Nefa hotovin' Andriamanitra anie ny hahela velona azy noho izy ireo mba hahazoa-ny manoratra misimisy kokoa ny amin' izy ireo sy misimisy kokoa ny amin' i Kristy, fa angamba mety ^bhahaso azy ireo izany indray andro any.

3 Ary ankehitriny aho dia miresaka misimisy kokoa ny momba izay efa nosoratako; fa rehefa avy nanao ny "famintinana avy tamin' ny ^btakelak' i Nefia aho hatreo amin' ny fitondran' ity Benjamîna mpanjaka ity, izay noresahan' i Amalekià, dia nosavako tao amin' ny ^drakitsoratra izay efa natolotra ho eo an-tanako ka hitako ireto takelaka ireto, izay nirakitra ny tantara fohin' ny mpaminany hatramin' i Jakôba ka hatramin' ny fitondran' ity "Benjamîna mpanjaka ity ary koa ny maro tamin' ny tenin' i Nefia.

4 Ary ny zavatra izay eo amin' ireo takelaka ireo dia "mahafinaritra ahy noho ny faminaniana ny amin' ny fiavian' i Kristy; ary nahalala ny razako fa maro tamin' ireny no efa tanteraka; eny, ary izaho koa mahalala fa izay zavatra rehetra efa naminaniana

mikasika anay hatramin' izao andro anio izao dia efa tanteraka, ary izay rehetra any ankoatra izao andro anio izao dia tsy maintsy hitranga marina tokoa.

5 Noho izany, dia nofidiako "ireo zavatra ireo mba hamaranana ny rakitsoratro momba azy ireo, izay sisa ambiny amin' ny rakitsoratro dia halai-ko amin' ny ^btakelak' i Nefia; ary tsy afaka manoratra ny ^dampahazaton' ny zavatra mikasika ny oloko aho.

6 Nefa indro, halaiko ireo takelaka ireo izay mirakitra ireo faminaniana sy fanambarana ireo, ka hapetrako miaraka amin' ny sisa tavela amin' ny rakitsoratro ireo, fa ireo dia finidy ho ahy; ary fantatro fa ireo dia ho finidy ho an' ny rahalahiko.

7 Ary ataoko izany noho ny "fikasana hendry; fa toy izany no ibitsibitsihany ahy araka ny fiasan' ny Fanahin' ny Tompo izay ato amiko. Ary ankehitriny, tsy mahalala ny zava-drehetra aho; fa ny Tompo kosa no ^bmaalala ny zavatra rehetra izay ho avy; koa miasa ato amiko Izy mba hanaovako araka ny sitrapony.

8 Ary ny "fivavako amin' Andriamanitra dia ho an' ny rahalahiko, ka enga anie ho tonga indray mandeha indray amin' ny fahalalana an' Andriamanitra

2a Môm. 6:5-6.

b F&F 3:16-20.

3a F&F 10:44.

b F&F 10:38-40.

d Môsià 1:6;

Hel. 3:13-15;

Môm. 4:23.

e Ômnia 1:23.

4a 1 Ne. 6:5.

5a IE ny zavatra mahafinaritra azy, voalaza ao amin' ny andininy 4.

b 1 Ne. 9:2.

d 3 Ne. 5:8-11; 26:6-12.

7a 1 Ne. 9:5; 19:3;

F&F 3:12-20;

10:1-19, 30-47.

b TSM Heni-pahalalana.

8a 2 Ne. 33:3-4;

Enôsa 1:11-12.

izy, eny, amin' ny fanavotan' i Kristy; ka hahatonga azy indray mandeha indray ho ^bvahoaka mahafinaritra.

9 Ary ankehitriny izaho Môrmôna dia miroso amin' ny famaranana ny rakitsoratro izay alaiko amin' ny takelak' i Nefia; ary ataoko izany araka ny fahalalana sy ny fahatakarana izay efa nomen' Andriamanitra ahy.

10 Noho izany ny zava-nitranga, rehefa avy "natolotr' i Amalekià ho teo an-tanan' i Benjamîna mpanjaka ireo takelaka ireo, dia nalainy izy ireo sy nampiarahany tamin' ny ^btakelaka hafa izay nitahiry ny rakitsoratra izay efa nampitain' ny ^dmpanjaka ny taranaka nifandimby, ka hatreo amin' ny andron' i Benjamîna mpanjaka.

11 Ary avy any amin' i Benjamîna mpanjaka izy ireo dia nampitaina tamin' ny taranaka nifandimby mandra-pahatongany teto "an-tànako. Ary izaho Môrmôna dia mivavaka amin' Andriamanitra mba hitsimbiana azy ireo hatramin' izao fotoana izao. Ary fantatro fa hotsimbina izy ireo; satria misy zava-dehibe voasoratra aminy, avy amin' izany no ^bhitsarana ny oloko sy ny rahalahiny amin' ny andro lehibe sady farany, araka ny tenin' Andriamanitra izay voasoratra.

12 Ary ankehitriny, raha ny amin' io Benjamîna mpanjaka

io—izy dia somary nanana fifandirana ihany teo anivon' ny olony.

13 Ary ny zava-nitranga koa dia nidina avy tany amin' ny "tanin' i Nefia ny miaramilan' ny Lamanita mba hiady amin' ny vahoakany. Nefa indro, novorian' i Benjamîna mpanjaka miaraka ny miaramilany, ary nijoro izy nanohitra azy; ary izy dia niady tamin' ny herin-tsandrin' ny niaraka tamin' ny ^bsabatr' i Labàna.

14 Ary tamin' ny herin' ny Tompo no niadiany nanoherana ny fahavalony, mandra-pandringanany an' arivony maro tamin' ny Lamanita. Ary ny zava-nitranga dia niady tamin' ny Lamanita izy mandra-panosehany azy hiala amin' ny tany lovany rehetra.

15 Ary ny zava-nitranga taorian' ny nisian' ny "Kristy sandoka, ary ny vavany dia efa nakombona, ary ireny dia nofaizina araka ny helony;

16 Ary taorian' ny nisian' ny mpaminany sandoka sy mpitory ary mpampianatra sandoka teo anivon' ny vahoaka, ary izy rehetra ireo dia samy efa nofaizina araka ny helony; ary taorian' ny efa nisian' ny fifandirana be sy fisaraham-bazana maro nankany amin' ny Lamanita, indro ny zava-nitranga dia i Benjamîna mpanjaka, niaraka tamin' ny fanampian' ny

8b 2 Ne. 30:6.
10a Ômnia 1:25, 30.
b 1 Ne. 9:4.
d Jarôma 1:14.
11a 3 Ne. 5:8-12;

Môrm. 1:1-5.
b 2 Ne. 25:18; 29:11;
33:11-15;
3 Ne. 27:23-27.
13a Ômnia 1:12.

b 1 Ne. 4:9; 2 Ne. 5:14;
Jakôba 1:10;
Môsià 1:16; F&F 17:1.
15a tsm Antikristy.

“mpaminany masina izay teo anivon’ ny olony—

17 Fa indro, i Benjamîna mpanjaka dia lehilahy “masina ary izy dia nanjaka tamin’ ny vahoakany araka ny hitsiny; ary nisy olona masina maro teo amin’ ny tany ary izy ireo dia nilaza ny tenin’ Andriamanitra ^btamin-kery sy tamin’ ny fahefana; ary izy ireo dia naneho ^afihenjanana

be noho ny hamafy hatoky ny olona—

18 Koa tamin’ ny fanampian’ izy ireo, i Benjamîna mpanjaka, tamin’ ny fampiasana ny herin’ ny tenany rehetra sy ny fahai-zan’ ny fanahiny manontolo, ary koa ny mpaminany, dia nampiorina indray mandeha indray ny fandriampahalemana teo amin’ ny tany.

NY BOKIN’ I MÔSIÀ

TOKO 1

Nampianatra ny zanany lahy ny fiteny sy ny faminanian’ ny razany i Benjamîna Mpanjaka—Voatahiry ny fivavahany sy ny ribany noho ny rakitsoratra notanana tamin’ ny takelaka samihafa—Nofidiana ho mpanjaka i Môsià ary natolotra azy ny fitanana ny rakitsoratra sy ny zavatra hafa. Tokony ho 130–124 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny dia tsy nisy antsony fifandirana teo amin’ ny “tanin’ i Zarahemlà manontolo, teo anivon’ ny vahoaka rehetra izay an’ i Benjamîna mpanjaka, hany ka nahita fandriampahalemana lalanda-va i Benjamîna mpanjaka ny androny sisa rehetra.

2 Ary ny zava-nitranga dia nana zanakalahy telo izy; ary nantsoiny hoe i Môsià sy i He-

lôroma ary i Helamàna ny anarany. Ary nataony izay “hampianarana azy ireo tamin’ ny ^bfitenin-drazany rehetra, fa izany no hahatonga azy ireo ho olon’ ny fahazavan-tsaina; ary mba hahazoany mahafantatra ny momba ny faminiana izay efa nolazain’ ny vavan’ ireo razany, izay efa natolotra azy ireny tamin’ ny tanan’ ny Tompo.

3 Ary nampianariny azy ireo ny amin’ ny rakitsoratra izay voasokitra teo amin’ ny takelabarahina, manao hoe: Anaka, mba tiako ny hahatsiarovanareo fa raha tsy teo ireto “takelaka ireto izay mitahiry ireo rakitsoratra sy ireo didy, dia tsy maintsy ho efa nijaly tao amin’ ny ^btsy fahalalana isika na dia amin’ izao fotoana izao aza, tsy nahafantatra ny misterin’ Andriamanitra.

4 Fa tsy ho vitan’ i Leahia raintsika ny ho nitadidy ireny zavatra

16a Enôsa 1:22.

17a Almà 13:26.

b Almà 17:2–3.

d Môrô. 9:4;

F&F 121:41–43.

[MÔSIÀ]

1 1a Ômnia 1:13.

2a Môsià 4:14–15;

F&F 68:25, 28.

b Môrm. 9:32.

3a TSM Takelaka.

b Almà 37:8–9.

rehetra ireny ka ho nampianatra ireny an-janany, raha tsy noho ny fanampian' ireto takelaka ireto; fa rehefa avy nampianarina tamin' ny "fitenin' ny Egiptiana izy, dia afaka namaky ireo soratra voasokitra ireo sy nampianatra ireny ny zanany, ka tamin' izany izy ireo dia afaka nampianatra ireny ny zanany ary nahatanteraka araka izany ny didin' Andriamanitra na dia hatramin' izao fotoana izao aza.

5 Lazaiko aminareo, ry zanako, fa raha tsy noho ireto zavatra ireto izay efa notanana sy "notsimbinin' ny tanan' Andriamanitra, mba hahazoantsika mamaky sy mahazo ny amin' ny "misteriny ary manana mandrakariva ny didiny eo anoloan' ny masontsika, na dia ny razantsika aza dia ho efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana ary isika dia ho efa nanjary toy ny Lamanita rahalahintsika, izay tsy mahalala na inona na inona momba ireto zavatra ireto sady tsy mino velively ireto zavatra ireto rehefa ampianarina ireto izy, noho ny "fomban' ny razany izay tsy marina.

6 Ry zanako, mba tiako ny hahatsiarovanareo fa ireny teny ireny dia "marina, ary koa, fa ireto rakitsoratra ireto dia marina. Ary indro, ny takelak' i Nefia koa, izay mitahiry ny rakitsoratra sy ny tenin' ny razantsika hatramin' ny fotoana

nandaozany an' i Jerosalema ka mandraka ankehitriny, dia marina; ary azontsika fantarina ny maha-azo antoka azy ireny, satria isika dia manana azy ireny eo anoloan' ny masontsika.

7 Ary ankehitriny, ry zanako, dia mba tiako ny hahatsiarovanareo ny "hanadihady azy ireny amim-pahazotoana tokoa, fa mety hahazo tombontsoa amin' izany ianareo; ary mba tiako ny hitandremanareo ny didin' Andriamanitra mba hahazoanareo "miroborobo eo amin' ny tany araka ny "fampanantenana izay nataon' ny Tompo tamin' ny razantsika.

8 Ary zavatra maro hafa no nampianarin' i Benjamîna mpanjaka ny zanany lahy, izay tsy voasoratra ao amin' ity boky ity.

9 Ary ny zava-nitranga rehefa avy namarana ny fampianarana ny zanany lahy i Benjamîna mpanjaka, dia niantitra izy ary hitany fa tsy ho ela dia tsy maintsy mandeha amin' ny lalan' ny tany rehetra izy; koa noheveriny fa mety ny tokony hanolorana ny fanjakana amin' ny anankiray amin' ireo zanany lahy.

10 Noho izany, dia nasainy nentina teo anoloany i Môsià; ary izao no teny izay nolazainy taminy, manao hoe: Anaka, mba tiako ny hanaovanao filazana eran' ity tany manontolo ity, eo anivon' ity vahoaka rehetra ity,

4a JS—T 1:64.

5a TSM Soratra Masina—
Hotehirizina ny
Soratra Masina.

b Deot. 6:6–8.

d TSM Misterin'

Andriamanitra.

e Môsià 10:11–17.

6a 1 Ne. 1:3;

2 Ne. 33:10–11;

Môrô. 10:27.

7a TSM Soratra Masina.

b Môsià 2:22;

Almà 50:20–22.

d Sal. 122:6;

1 Ne. 2:20.

e Almà 9:12–14.

na ny “vahoakan’ i Zarahemlà sy ny vahoakan’ i Môsià, izay monina eo amin’ ny tany, fa amin’ izany no hahazoana mamory azy ireo miaraka; fa rahampitso dia holazaiko ity vahoakako ity, hiloaka ny vavako ihany, fa ianao no ^bmpanjaka sy mpanapaka ity vahoaka ity izay efa nomen’ ny Tompo Andriamantsika antsika.

11 Ary ankoatra izany, dia homeko “anarana ity vahoaka ity, fa amin’ izany no hahazoana manavaka azy ho ambonin’ ny vahoaka rehetra izay efa nentin’ ny Tompo Andriamanitra niala ny tanin’ i Jerosalema; ary izany no ataoko dia noho izy efa vahoaka nazoto tamin’ ny fitandremana ny didin’ ny Tompo.

12 Ary omeko azy ny anarana izay tsy hovonoina na oviana na oviana, raha tsy noho ny “fandikan-dalàna.

13 Eny, ary ankoatra izany, dia lazaiko aminao fa raha ity vahoakan’ ny Tompo ankasitrahana fatratra tokoa ity no ho lavo ao amin’ ny “fandikan-dalàna ary hanjary vahoaka ratsy sy janga, dia hafoin’ ny Tompo izy, ka amin’ izany izy dia ho tonga ^bmalemy toy ny rahalahiny; ary tsy “hotsimbininy intsony amin’ ny heriny tsy manan-tsa-hala sy mahagaga izy, toy ny efa nitsimbinany hatramin’ izao ny razantsika.

14 Satria lazaiko aminao, fa raha tsy nahinjiny ny tànany

ho fitsimbinana ny razantsika, dia tsy maintsy ho efa nianjera teo an-tànan’ ny Lamanita izy ary dia ho efa nijaly noho ny fankahalany.

15 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ireo fitenana ireo tamin’ ny zanany lahy i Benjamîna mpanjaka, dia natolony azy ny fiandraiketana ny raharaha rehetra momba ny fanjakany.

16 Ary ankoatra izany, dia natolony azy koa ny fiandraiketana ny rakitsoratra izay voasokitra teo amin’ ny “takela-barahina; ary koa ny takelak’ i Nefia; ary koa ny ^bsabatr’ i Labàna sy ny “bola na ilay mpitari-dalana izay nitarika ny razantsika namakivaky ny tany foana, izay efa nomanin’ ny tànan’ ny Tompo, ka tamin’ izany no nahazoana nitarika azy, arakaraka ny fitandremana sy ny fahazotoana izay nasehon’ ny tsirairay Taminy.

17 Noho izany, raha tsy nanampinoana izy, dia tsy nambinina na tsy nandroso tamin’ ny diany fa “niverina ilalana ary niharan’ ny fahasosoran’ Andriamanitra; ary noho izany dia nokapohina tamin’ ny mosary sy ny fahorianafy izy mba hanairana azy hahatsiaro ny adidiny.

18 Ary ankehitriny, ny zava-nitranga dia nandeha i Môsià ary nanao araka ny efa nandidian-drainy azy sy nilaza tamin’ ny vahoaka rehetra izay tany an-tanin’ i Zarahemlà, fa amin’

10a Ômnia 1:14.

b Môsià 2:30.

11a Môsià 5:8–12.

12a TSM Fahotana.

13a Heb. 6:4–6.

b Hel. 4:24–26.

d F&F 103:8–10.

16a Môsià 1:3.

b 1 Ne. 4:8–19;

TiM 1:13; F&F 17:1.

d 1 Ne. 16:10.

17a 1 Ne. 18:12–13.

izany no hahazoany mivory miaraka mba handeha hiakatra ao amin' ny tempoly ka handre ny teny izay holazain-drainy azy.

TOKO 2

Nandaha-teny tamin' ny olony i Benjamîna Mpanjaka—Nampahatsiahy ny rariny sy ny hitsiny ary ny fiainam-panahy tamin' ny fitondrany izy—Notolorany hevitra izy hanompo ny Mpanjakany any an-danitra—Ireo izay nikomy tamin' Andriamanitra dia hiaritra fitaintainana toy ny afo tsy mety maty. Tokony ho 124 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, rehefa avy nanao araka izay efa nandidian-drainy azy i Môsià, sy efa nanao filazana eran' ny tany manontolo, dia niara-nifamory ny vahoaka eran' ny tany manontolo mba hahazoany mandeha miakatra ao amin' ny tempoly handre ny teny izay holazain' i Benjamîna mpanjaka aminy.

2 Ary be dia be ny isany, maro loatra aza ka tsy nisainy izy; fa efa nitombo fatratra tokoa sy nihabetsaka tamin' ny tany izy.

3 Ary nitondra tamin' ny "voalohan-teraky ny biby fiompiny izy mba hahazoany manatitra ^b sorona sy ^a fanatitra odorana e araka ny lalàn' i Mosesy;

4 Ary koa mba hahazoany manolotra fisaorana ny Tompo Andriamaniny izay efa nitondra

azy niala ny tanin' i Jerosalema sy izay efa nanafaka azy tamin' ny tanaan' ny fahavalony ary efa "nanendry olona marina ho ^b mpampianatra azy ary koa lehilahy marina iray ho mpanjakany izay efa nampiorina fandriampahalemana teo amin' ny "tanin' i Zarahemlà sy izay efa nampianatra azy ^e hitandrina ny didin' Andriamanitra mba hahazoany mifaly sy ho fenon' ny ^f fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra.

5 Ary ny zava-nitranga, rehefa niakatra teo amin' ny tempoly izy, dia samy nanangana ny lainy manodidina, ny lehilahy tsirairay araka ny "fianakaviany avy izay nahitana ny vadiny sy ny zanany lahy ary ny zanany vavy ary ny zanany lahy sy ny zanany vavy, hatramin' ny zokin' ny indrindra ka hatramin' ny zandriny indrindra, samy nitsitokotoko isam-pianakaviany avy.

6 Ary izy ireo dia nanangana ny lainy nanodidina ny tempoly, ny lehilahy tsirairay dia nanana ny "lainy izay nitodika tany amin' ny tempoly ny varavaran' ny, ka tamin' izany izy dia afaka nitoetra tao an-dainy sy mandre ny teny izay holazain' i Benjamîna mpanjaka aminy;

7 Fa be loatra ny valalabemandry ka tsy afaka nampianatra azy rehetra tao anatin' ny rindrin' ny tempoly i Benjamîna mpanjaka, koa nataony izay hanan-

2 3a Gen. 4:4.
b TSM Sorona.
d 1 Ne. 5:9.
e 2 Ne. 25:24;
Almà 30:3; 34:13-14.

4a TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.
b Môsià 18:18-22.
TSM Mampianatra.
d Ômnia 1:12-15.

e Jao. 15:10.
f TSM Fitiavana.
5a TSM Fianakaviana.
6a Eks. 33:8-10.

ganana tilikambo iray, fa amin' izany no mety handrenesan' ny olona ny teny izay holazainy aminy.

8 Ary ny zava-nitranga dia namboka niteny tamin' ny olony avy teo amin' ny tilikambo izy; ary izy rehetra dia tsy afaka nandre ny teniny noho ny habetsahan' ny valalabemandry; noho izany, ny teny nolazainy dia nasainy nosoratana sy nalefa tany anivon' ireo izay tsy takatry ny hiakan' ny feony mba hahazoan' ireny koa mandray ny teniny.

9 Ary izao ny teny izay “nolazainy sy nasainy nosoratana, manao hoe: Ry rahalahiko, ianareo rehetra izay efa niara-nivory, ianareo izay afaka mandre ny teniko izay holazaiko anareo anio; satria tsy nandidy anareo ho tonga etoana aho mba ^bhamazivazy ny teny izay holazaiko fa ny mba ^dhihainoanareo ahy kosa sy hanokafanareo ny sofinareo mba hahazoanareo mandre ary ny ^efonareo mba hahazoanareo mahatakatra, ary ny ^fsainareo ka ny ^gmisterin' Andriamanitra dia ho azo velabelarina ho an' ny fandinihanareo.

10 Izaho dia tsy nandidy anareo ho tonga etoana mba “hahorananareo ahy na hiheverananareo fa ny tenako dia mihoatra noho ny olona mety maty.

11 Fa izaho dia tahaka ny tenanareo andairan' ny karazany rehetra amin' ny rofin' ny vata-

na sy ny saina; kanefa dia efa nofinidin' ity vahoaka ity aho, ary natokan' ny raiko sy navelan' ny tanan' ny Tompo mba ho mpanapaka sy ho mpanjakan' ity vahoaka ity; ary dia efa notehirizina sy notsimbina tamin' ny heriny tsy manan-tsahala aho mba hanompo anareo amin' ny hery sy saina ary tanjaka rehetra izay efa nomen' ny Tompo ahy.

12 Lazaiko aminareo fa efa navela aho handany ny androko amin' ny fanompoana anareo na dia hatramin' izao fotoana izao aza, ary tsy nikatsaka “volamena na volafotsy na izay mety ho karazana harena taminareo aho;

13 Sady tsy navelako hahiboka tao an-tranomaizina ianareo, no tsy navelako hifanandevo ianareo samy ianareo, na hamono olona, na handroba, na hangalatra, na hanao fijangajangana; tsy navelako ataonareo mihitsy rehefa mety ho fomban' ny faharatsiana, ary efa nampianariko anareo fa ianareo dia tokony hitandrina ny didin' ny Tompo amin' ny zavatra rehetra izay efa nandidiany anareo—

14 Ary na dia ny tenako aza dia efa “nampiasa ny tânako mba hahazoako manompo anareo sy mba tsy hovesarana amin' ny hetra ianareo ary mba tsy hisy na inona na inona hianjady aminareo izay sarotra zakaina—ary ny amin' ireo zavatra rehetra izay efa nolazaiko ireo dia ny

9a Môsià 8:3.
b F&F 6:12.
d TSM Mihaino.
e Môsià 12:27;

3 Ne. 19:33.
f TSM Saina.
g TSM Misterin'
Andriamanitra.

10a TSM Tahotra.
12a Asa 20:33–34.
14a 2 Tan. 9:18.

tenanareo ihany no vavolombelona anio.

15 Kanefa, ry rahalahiko, tsy nanao ireo zavatra ireo aho mba hahazoako mirehareha, sady tsy milaza ireo zavatra ireo koa aho mba hahazoako miampanga anareo amin' izany; fa lazaiako anareo kosa ireo zavatra ireo mba hahalalanareo mahalalala fa izaho dia afaka manamarina ny "fieritreretana madio eo anoloan' Andriamanitra anio.

16 Indro, lazaiko aminareo, satria nolazaiko taminareo fa efa nandany ny androko tamin' ny fanompoana anareo aho, dia tsy noho izaho maniry ny hirehareha, satria izaho dia tsy nanao afa-tsy ny nanompo an' Andriamanitra.

17 Ary indro, lazaiko aminareo ireo zavatra ireo mba hahazoanareo mianatra "fahendrena, mba hahazoanareo mianatra fa rehefa eo amin' ny ^bfanompoana ny "mpiarabelona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitra-reo ianareo.

18 Indro, efa nantsoinareo hoe mpanjakanareo aho; ary raha izaho izay antsoinareo hoe mpanjakanareo aza dia miasa mba "hanompo anareo, moa va ianareo tsy mba tokony hiasa mba hifanompo ianareo samy ianareo?

19 Ary indro koa, raha izaho izay antsoinareo hoe mpanja-

kanareo izay efa nandany ny androny tamin' ny fanompoana anareo, ary mbola eo ampanompoana an' Andriamanitra anefa, dia mendrika izay mety ho fisaorana avy aminareo, Ô tsy mainka va ny tokony "hisaoranareo ny Mpanjakanareo any an-danitra!

20 Lazaiko aminareo, ry rahalahiko, fa raha manatitra ny fisaorana sy ny "fiderana rehetra araka ny hery ananan' ny fanahinareo manontolo ianareo, ho an' Ilay ^bAndriamanitra izay efa nahary anareo, ary efa nitahiry sy nitsimbina anareo, ary efa nanao izay tokony hifalianareo, ary efa namela anareo samy ianareo hiaina ampilaminana —

21 Lazaiko aminareo fa raha manompo Azy izay efa nahary anareo hatrany ampindohana ianareo sy mitahiry anareo isan' andro isan' andro amin' ny fampindramana anareo fofon' aina mba hahazoanareo miaina sy mihetsika ary manao araka ny "sitraponareo, ary manohana mihitsy anareo ombieny ombieny — Lazaiko fa raha manompo Azy amin' ny fanahinareo rehetra sy manontolo ianareo, dia mbola ho mpanompo ^btsy mahaso ihany ianareo.

22 Ary indro, ny hany takiany aminareo dia ny "hitandrina ny ^bdidiny; ary efa nampanantena anareo Izy fa raha mitandrina ny didiny ianareo dia hirobo-

15a TSM Fieritreretana.

17a TSM Fahendrena.

^b Mat. 25:40;

Jakoba 1:27;

F&F 42:29–31.

TSM Fanompoana.

^d TSM Rahalahy;

Rahavavy.

18a Mat. 20:26–27.

19a TSM Misaotra.

20a 1 Ne. 18:16.

^b TSM Andriamanitra.

21a TSM Safidy.

^b Lio. 17:7–10.

22a Lev. 25:18–19;

2 Ne. 1:9.

^b TSM Didin'

Andriamanitra.

robo eo amin' ny tany; ary tsy ^dmivadika na oviana na oviana amin' ny efa nolazainy Izy; noho izany, raha ^emitandrana ny didiny ianareo dia mitahy anareo tokoa Izy sady mampiroborobo anareo.

23 Ary ankehitriny, voalohany indrindra, Izy dia efa nahary anareo sy nanome anareo ny ainareo ka raiki-trosa Aminy ianareo.

24 Ary faharoa, dia takiany ny hanaovanareo araka ny efa nandidiany anareo; fa raha manao araka izany ianareo, dia ^emitahy anareo avy hatrany Izy; ary noho izany dia efa manonitra anareo Izy. Ary ianareo kosa dia mbola raiki-trosa Aminy, sy raiki-trosa, ary ho raiki-trosa mandrakizay mandrakizay; noho izany, inona no mampirehareha anareo?

25 Ary ankehitriny manontany aho, moa va ianareo afaka milaza na inona na inona akory momba ny tenanareo? Mamaly anareo aho, Tsia. Ianareo dia tsy afaka milaza akory fa ianareo dia mitovy amin' ny vovoky ny tany; kanefa ianareo dia ^enohariana avy tamin' ny ^bvovoky ny tany; nefa indro izany dia an' Ilay nahary anareo.

26 Ary izaho, na dia izaho izay antsoinareo hoe mpanjakanareo aza, dia tsy tsaratsara kokoa noho ny tenanareo; fa izaho koa dia avy amin' ny vovoka. Ary hitanareo fa efa antitra aho ary efa madiva ny hamerina ity

vatana mety maty ity amin' ny tany niaviany.

27 Noho izany, toy ny nilazako taminareo fa efa nanompo anareo aho, ^e“nandeha tamin' ny fieritreretana madio teo anoloan' Andriamanitra, dia toy izany koa amin' izao fotoana izao no efa nanaovako izay hivorianareo miaraka mba ho hita tsisy tsiny aho ary mba tsy havaly ahy ny ^branareo rehefa hijoro aho mba hotsarain' Andriamanitra amin' ny zavatra izay efa nandidiany ahy momba anareo.

28 Lazaiko aminareo fa efa nanao izay hivorianareo miaraka aho mba hahazoako ^e“manaisotra ny ranareo hiala amin' ny fitafiako amin' izao fotoana madiva hidinako any am-pasana izao, mba hahazoako midina ampiadanana ary mba hahazoan' ny ^bfanahiko tsy mety maty mikambana amin' ny ^damboaram-peo ao ambony amin' ny fihirana fiderana an' Ilay Andriamanitra marina.

29 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa efa nanao izay hivorianareo miaraka aho mba hahazoako milaza aminareo fa tsy afaka ny ho mpampianatra anareo intsony aho na ny ho mpanjakanareo;

30 Fa na dia amin' izao fotoana izao aza, ny vatako manontolo dia mangozohozo izaitsizy tokoa raha mbola eo am-piezahana ny hiteny aminareo aho; saingy ny Tompo Andriamanitra no

22d F&F 3:1–2.
e F&F 14:7; 58:2–3.
24a TSM Fintahiana.
25a TSM Fahariana.

b Gen. 3:19; Jakôba 2:21.
27a TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.

b Jakôba 1:19.
28a Jakôba 2:2.
b TSM Fanahy.
d Môm. 7:7.

manohana ahy sy efa namela ahy hiteny aminareo ary efa nandidy ahy ny tsy maintsy hilazako aminareo anio fa i Môsià zanako lahy no mpanjaka sy mpanapaka eo aminareo.

31 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, dia mba tiako ny hanaovanareo toy izay efa nataonareo hatrizao. Toy ny efa nitandremanareo ny didiko ary koa ny didin' ny raiko, ary efa niroborobonareo sy efa nitsimbinana tsy ho latsaka eo an-tànan' ny fahavalonareo, dia toy izany koa, raha mitandrina ny didin' ny zanako lahy ianareo na ny didin' Andriamanitra, izay hatolotra anareo amin' ny alalany, dia hiroborobo amin' ny tany ianareo, ary ny fahavalonareo dia tsy hanan-kery aminareo.

32 Nefa, ry oloko, mitandrema fandrao hitranga eo anivonareo ny "fifandirana, ary hofidianareo ny hankatò ny fanahy ratsy izay efa noresahan' i Môsià raiko.

33 Fa indro, misy loza efa voatonona ho an' izay mifidy ny hankatò izany fanahy izany; satria raha mifidy ny hankatò azy izy sy mitoetra ary maty ao amin' ny fahotany, dia misotro "fanamelohana ho an' ny fanahiny ihany izy; fa mandray ny ^bfamaizana maharitra mandrakizay ho karamany izy, rehefa nandika ny lalàn' Andriamanitra mifanohitra amin' ny fahalalany ihany.

34 Lazaiko aminareo fa tsy misy na dia iray aza aminareo, afa-tsy ny zanakareo madinika

izay tsy nampianarina ny momba ireo zavatra ireo, izay tsy mahalala fa ianareo dia raiki-trosa mandrakizay amin' ny Rainareo any an-danitra mba hamerina Aminy izay rehetra anananareo sy ny maha-ianareo anareo; ary koa izay tsy nampianarina ny momba ireny rakitsoratra izay mitahiry ny faminiana izay efa nolazain' ny mpaminany masina, na dia hatramin' ny fotoana nandaozan' i Lehia raintsika an' i Jerosalema aza;

35 Ary koa, izay rehetra efa nolazain' ny razantsika hatramin' izao. Ary indro koa izy ireo dia nilaza izay efa nandidian' ny Tompo azy ireo; noho izany dia mahitsy sy marina ireny.

36 Ary ankehitriny, lazaiko aminareo ry rahalahiko fa rehefa avy nahalala sy nampianarina ireo zava-drehetra ireo ianareo, raha mandika lalàna ianareo sy mandeha manohitra izay efa voalaza, dia mampihataka ny tenanareo amin' ny Fanahin' ny Tompo, hany ka tsy mety hanana toerana ao aminareo Izy mba hitarika anareo amin' ny lalàn' ny fahendrena hahazoana mitahy sy mampiroborobo ary mitsimbina anareo—

37 Lazaiko aminareo fa ny olona izay manao izany dia miroso amin' ny "fikomiana an-kitsirano amin' Andriamanitra; noho izany izy dia misafidy ny hankatò ny fanahy ratsy ary tonga fahavalon' ny fahamarinana rehetra; noho izany, ny Tompo dia tsy manan-toerana ao aminy,

32a 3 Ne. 11:29–30.

33a TSM Fahamelohana.

b F&F 19:6, 10–12.

37a Môsià 3:12;

Hel. 8:24–25.

TSM Fikomiana.

satria tsy mitoetra ao amin' ny ^btempoly tsy masina Izy.

38 Noho izany raha tsy “mi-bebaka izany olona izany, ary mitoetra sy maty fahavalon' Andriamanitra, ny fitakian' ny ^bfahamarinan' Andriamanitra dia ny hamohazana ny fanahiny tsy mety maty ho amin' ny fahatsapana mivaivay tokoa ny ^dhelony ihany izay mahatonga azy hitakemotra hiala ny fanatrehana ny Tompo sy mameno ny tratrany amin' ny heloka sy ny fanaintainana ary ny fitaintainana izay toy ny afo tsy mety maty, izay misondrotra mandrakizay mandrakizay ny lelafony.

39 Ary ankehitriny, lazaiko aminareo fa tsy manan-jo amin' izany olona izany ny ^dfamin-dram-po; noho izany ny fara-fanamelohana azy dia ny fiaretana fijaliana tsy mifarana na oviana na oviana.

40 Ry lahiantitra rehetra ô, ary koa ianareo tovolahy sy ianareo ankizy madinika izay mety mahatakatra ny teniko, satria efa niteny taminareo tamimpahatsorana tokoa aho mba hahazoanareo mahatakatra, mivavaka aho mba hifohazanareo ho amin' ny ^dfahatsiarovana ny toerana mahatsiravina misy ireo izay efa lavo noho ny fandikan-dalàna.

41 Ary ankoatra izany dia mba maniry aho ny hisaintsainanareo ny toetry ny fitahiana sy ^dfahasambaran' ireo izay mitan-

drina ny didin' Andriamanitra. Fa indro izy ireo dia ^btahiana amin' ny zava-drehetra, na aranofo na ara-panahy; ary raha mitoetra ho ^dmahatoky hatramin' ny farany izy ireo dia raisina any ^can-danitra, fa amin' izany no hahazoany miara-monina amin' Andriamanitra ao amin' ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana. Ô tsarovy, tsarovy fa ireo zavatra ireo dia marina; fa ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany.

TOKO 3

Nanohy ny lahateniny i Benjamîna Mpanjaka—Hanompo ny olona ao amin' ny tabernakely tanimanga ny Tompo Tsitoha—Hivoaka ny mason-koditra rehetra ny ra rehefa hanonitra ny fahotan' izao tontolo izao Izy—Ny Azy no hany anarana izay iavian' ny famonjena—Afaka nanaisotra ny maha-nofy azy ny olona ary nanjary Olomasina tamin' ny alalan' ny sorompanavotana—Ho toy ny farihy afo sy solifara ny fijalian' ny olon-dratsy. Tokony ho 124 talohan' i J.K.

ARY koa ry rahalahiko, te hisintona ny sainareo aho fa somary manana hotenenina misimisy aminareo aho; fa indro, mananjavatra holazaina anareo aho momba izay ho avy.

2 Ary ny zavatra izay holazaiko anareo dia nampahafantaran' ny

37b Almà 7:21.

38a TSM Fibebahana.

b TSM Fahamarinana.

d TSM Heloka.

39a Almà 34:8–9, 15–16.

TSM Famindram-po.

40a Almà 5:18.

41a 4 Ne. 1:15–18.

TSM Fifaliana.

b TSM Fitahiana.

d F&F 6:13.

e TSM Lanitra.

"anjely iray avy amin' Andriamanitra ahy. Ary hoy izy tamiko: Mifohaza; dia nifoha aho, ary indro nijoro nanoloana ahy izy.

3 Ary hoy izy tamiko: Mifohaza ary henoy ny teny izay holazai-ko anao; fa indro, efa tonga aho hilaza aminao "vaovao mahafaly sady fifaliana lehibe.

4 Fa efa nandre ny fivavakao ny Tompo ary efa nitsara ny fahamarinanao sy efa naniraka ahy hilaza aminao fa mahazo mifaly ianao; ary mahazo milaza amin' ny olona ianao mba ho feno fifaliana koa izy.

5 Fa indro, avy ny fotoana ary tsy dia lavitra loatra izany, ka ny "Tompo Tsitoha izay manjaka, izay nisy ary misy hatrizay ka ho mandrakizay, dia hidina amin-kery avy any an-danitra ho eo anivon' ny zanak' olombelona sy honina ao amin' ny ^btabernakely tanimanga sy handeha eo anivon' ny olona ary hanao ^dfahagagana lehibe toy ny fanasitranana ny marary, ny fangananana ny maty, ny fampandehanana ny mandringa, ny fampahiratana ny jamba, ny fampahaladiana ny marenina, ary ny fanasitranana ny karan' aretina rehetra.

6 Ary horoahiny hiala ny

"devoly, na ny fanahy ratsy izay mitoetra ao am-pon' ny zanak' olombelona.

7 Ary indro hiaretany ny "fakampanahy sy ny fanaintainan' ny vatana, dia ^bhanoanana, hetaheta ary harerahana na dia mihoatra noho izay azon' ny olona ^dzakaina aza izany kanefa tsy hatramin' ny fahafatesana; fa indro mivoaka ny mason-koditra rehetra ny ^era, fa ho lehibe loatra ny ^ffitaintainany noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny olony.

8 Ary hantsoina hoe "Jesoa Kristy Izy, Ilay ^bZanak' Andriamanitra, ny "Rain' ny lanitra sy ny tany, ny Mpahary ny zavadrehetra hatrany am-piandohana; ary ny ^ereniny dia hantsoina hoe ^fMaria.

9 Ary indro tonga any amin' ny azy Izy mba hahatongavan' ny "famonejina amin' ny zanak' olombelona, noho ny ^bfinoana ny anarany; ary na dia eo aza izany rehetra izany dia hoheveriny ho toy ny olona Izy ary holazainy fa manana "devoly, ary dia ^ehokapohina sy ^fhohomboina Izy.

10 Ary "hitsangana amin' ny maty Izy amin' ny andro ^bfahatelo; ary indro, mijoro Izy mba

3 2a TSM Anjely.

3a Lio. 2:10-11.

5a TSM Jehovah.

b Môsià 7:27;

Almà 7:9-13.

d Mat. 4:23-24; Asa

2:22; 1 Ne. 11:31.

TSM Fahagagana.

6a Mar. 1:32-34.

7a TSM Fakampanahy.

b Mat. 4:1-2.

d F&F 19:15-18.

e Lio. 22:44.

f Isa. 53:4-5.

8a TSM Andriamanitra—

Andriamanitra

Zanaka.

b Almà 7:10.

d Hel. 14:12; 3 Ne. 9:15.

e Mat. 1:16;

1 Ne. 11:14-21.

f TSM Maria, Renin' i

Jesoa.

9a TSM Famonejina.

b TSM Finoana.

d Jao. 8:48.

e Mar. 15:15.

f Lio. 18:33;

1 Ne. 19:10;

2 Ne. 10:3.

TSM Fanomboana.

10a TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

b Mat. 16:21;

2 Ne. 25:13;

Hel. 14:20-27.

^dhitsara izao tontolo izao; ary indro, ireo zavatra rehetra ireo no atao dia ny mba hiavian' ny fitsarana marina amin' ny zanak' olombelona.

11 Fa indro, ary ny ^arany koa dia ^bmanonitra noho ny fahotan' ireo izay efa ^dlavo noho ny fandikan-dalàn' i Adama, izay efa maty tsy nahalala ny sitrapon' Andriamanitra momba azy ireo, na izay efa nanota tao amin' ny ^etsy fahalalana.

12 Nefa loza, lozan' izay mahalala fa ^amikomy amin' Andriamanitra izy! Fa tsy ho tonga amin' ny toa azy ny famonjena raha tsy amin' ny alàlan' ny fibebahana sy ny finoana an' i ^bJesoa Kristy Tompo.

13 Ary ny Tompo Andriamanitra dia efa naniraka ny mpaminaniny masina tany anivon' ny zanak' olombelona rehetra hilaza ireo zavatra ireo amin' ny foko, ny firenena sy ny samy hafa fiteny rehetra, ka amin' izany na zovy na zovy no hino fa ho avy i Kristy, dia handray ny ^afamelana ny fahotany izy ary hifaly amim-pifaliana lehibe izaitsizy tokoa, ^bmiova tsy ny efa tonga teo anivony sahady Izy.

14 Kanefa ny Tompo Andriamanitra dia nahita fa vahoaka

mafy hatoka ny olony, ary no-tendreny ho azy ny lalàna dia ny ^alalàn' i Mosesy.

15 Ary famantarana maro sy fahagagana ary ^afambara sy tandindona no nasehony azy momba ny fiaviany; ary ny mpaminaniny masina koa dia nilaza taminy ny amin' ny fiaviany; ary dia mbola nanamafy ny fony anefa izy ary tsy nahatakatra fa tsy mahasoa na amin' inona na amin' inona ny ^blalàn' i Mosesy raha tsy amin' ny alalan' ny sorompanavotana amin' ny rany.

16 Ary raha toa aza ka ho azo natao ny mihevitra fa afaka manota ny ^aankizy madinika, dia tsy ho azo vonjena izy ireny; nefa izaho milaza aminareo fa efa ^btahiana izy ireny; fa indro, toy ny mahalavo azy ireny ao amin' i Adama, na noho ny toetenany, dia toy izany no anoneran' ny ran' i Kristy ny fahotan' izy ireny amin' ny sorompanavotana.

17 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo fa ^atsy hisy anarana hafa omena na lalan-kafa na fomba izay mety hahatongavan' ny ^bfamonjena amin' ny zanak' olombelona, afa-tsy ao Aminy sy amin' ny alalan' ny anaran' i ^dKristy ihany, Ilay Tompo Tsitoha.

10d TSM Fitsarana.

11a TSM Ra.

b TSM Sorompanavotana.

d TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.

e 2 Ne. 9:25–26.

12a Môsià 2:36–38;

Hel. 8:25.

TSM Fikomiana.

b TSM Tompo.

13a TSM Famelana ny Fahotana.

b 2 Ne. 25:24–27;

Jarôma 1:11.

14a TSM Lalàn' i Mosesy.

15a TSM Jesoa Kristy—Tandindona na sarinteny momba an' i Kristy.

b Môsià 13:27–32.

16a TSM Zanaka.

b Môrô. 8:8–9.

17a Asa 4:10–12;

2 Ne. 31:21.

b TSM Famonjena.

d TSM Jesoa Kristy—Fitondrantsika eo amintsika ny anaran' i Jesoa Kristy.

18 Fa indro mitsara Izy, ary ny fitsarany dia mahitsy; ary tsy maty ny zaza izay maty ao amin' ny fahazazany; fa ny olona kosa dia misotro fanamelohana ho an' ny fanahiny ihany raha tsy manetry tena izy ary "tonga tahaka ny ankizy madinika ary mino fa ny famonjena dia efa tao sy ao ary ho tonga ao sy amin' ny alalan' ny ^bran' ny sorompanavotan' i Kristy, Ilay Tompo Tsitoha.

19 Fa ny olona "araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra, ary efa toy izany hatramin' ny ^bfahalavoan' i Adama ary mbo-la ho toy izany mandrakizay mandrakizay raha tsy "manai-ky ny fitaoman' ny "Fanahy Masina izy ary manaisotra ny maha olona araka ny nofo azy sy tonga ^folomasina amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy Tompo, ary tonga tahaka ny ^sankizy, mankatò, malemy paika, manetry tena, miaritra, feno fitiavana, vonona hanoa amin' ny zava-drehetra izay hitan' ny Tompo fa mety ampitondraina azy, dia tahaka ny zaza manoa an-drainy.

20 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa ho avy ny fotoana, ka ny "fahalalana ny Mpamonjy dia hiely patrana eran' ny ^bfirenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary mponina tsirairay.

21 Ary indro rehefa tonga izany fotoana izany, dia tsy hisy ho hita "tsisy tsiny eo anoloan' Andriamanitra afa-tsy ny ankizy madinika, raha tsy amin' ny alalan' ny fibebahana sy ny finoana ny anaran' ny Tompo Andriamanitra Tsitoha ihany.

22 Ary na dia amin' izay fotoana izay aza, rehefa avy nampianarinao ny olonao ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo Andriamanitrao anao, na dia amin' izay aza dia tsy hita tsisy tsiny intsony eo imason' Andriamanitra izy raha tsy araka ny teny izay efa nolazaiko anao ihany.

23 Ary ankehitriny dia efa nolazaiko ireo teny izay efa nandidian' ny Tompo Andriamanitra ahy.

24 Ary izao no lazain' ny Tompo: Ireo no hijoro ho toy ny vavolombelona mazava hiam-panga ity vahoaka ity amin' ny andro fitsarana; amin' ireo no hitsarana azy, ny olona tsirairay araka ny asany avy, na tsara izany, na ratsy izany.

25 Ary raha ratsy izany, dia ahiboka ao amin' ny "fahitana mahatsiravina ny helony sy ny fahavetavetany ihany izy, izay mahatonga azy hitakemotra hiala ny fanatrehana ny Tompo ho ao amin' ny toetry ny ^bfahantrana sy fijaliana tsisy fiafarany, izay tsy ahafahany miverina ilà-

18a Mat. 18:3.

^b Mòsià 4:2;
Hel. 5:9.

19a 2 Tan. 2:11–14;
Mòsià 16:2–3.

TSM Olona araka
ny Nofo.

^b TSM Fahalavoan' i
Adama sy i Eva.

^d 2 Tan. 30:8.

^e Môrô. 10:4–5.

TSM Fanahy Masina.

^f TSM Olomasina.

^g 3 Ne. 9:22.

20a F&F 3:16.

^b TSM Asa Fitoriana.

21a TSM Ampamoahina,
Ampamoaka.

25a Almà 5:18; 12:14–15.

^b Môrm. 8:38.

lana intsony; noho izany izy dia efa nisotro fanamelohana ho an' ny fanahiny.

26 Noho izany izy dia efa nisotro tamin' ny kapoaky ny fahatezeran' Andriamanitra, izay tsy azon' ny hitsiny lavina aminy intsony, toy ny tsy nahazoan' izany nandà fa i "Adama dia ho lavo noho ny fihinanany tamin' ny ^bvoankazo voarara; noho izany, dia tsy manan-jo aminy mandrakizay intsony ny ^afamin-dram-po.

27 Ary ny ^afijaliany dia toy ny ^bfarihy afo sy solifara, ka ny lelafony dia tsy mety maty ary ny setrony dia miakatra mandrakizay mandrakizay. Izay no efa nandidian' ny Tompo ahy. Amena.

TOKO 4

Nanohy ny lahateniny i Benjamîna Mpanjaka — Ny nahatongavan' ny Famonjena noho ny sorompanavotana — Minoa an' Andriamanitra mba hovoñena — Tano ny famelana ny fahotanareo amin' ny alalan' ny fahatokiana — Izarao amin' ny fananareo ny mahantra — Ataovy amim-pahendrena sy amim-pilaminana ny zava-drehetra. Tokony ho 124 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny filazana ny teny izay efa nolazain' ny anjelin' ny Tompo taminy i

Benjamîna mpanjaka, dia natopiny manodidina ny masony tany amin' ny valalabemandry, ka indro fa efa lavo tamin' ny tany izy fa efa tonga taminy ny ^afahatahorana ny Tompo.

2 Ary efa nahita ny tenany tao amin' ny ^atoetra araka ny nofo avy izy, izay ^bambany kokoa noho ny vovon-tany. Ary nihia-ka mafy tamin' ny feo tokana izy rehetra nanao hoe: Ô, mamindrà fo, ary ampiharo ny ^aran' ny sorompanavotan' i Kristy hahazoanay mandray ny famelana ny fahotanay sy hahazoana manadio ny fonay; fa izahay dia mino an' i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, izay ^anahary ny lanitra sy ny tany ary ny zava-drehetra; izay hidina etỳ an-tany ho eo anivon' ny zanak' olombelona.

3 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza izany teny izany izy, dia nidina teo aminy ny Fanahin' ny Tompo, ary feno fifaliana izy rehefa mandray ny ^afamelana ny fahotany sy nahazo fiadan-^btsaina noho ny ^afinoana fattratra izay nananany tao amin' i Jesoa Kristy izay ho avy, araka ny teny izay efa nolazain' i Benjamîna mpanjaka taminy.

4 Ary nisoka-bava indray i Benjamîna mpanjaka, sy nanomboka niteny taminy, nanao hoe: Ry sakaizako sy rahalahiko, ry havako sy oloko, te hisintona indray ny sainareo aho mba

26a Môm. 9:12.

^b Gen. 3:1–12;
2 Ne. 2:15–19;

Almà 12:21–23.

^d TSM Famindram-po.

27a TSM Heloka.

^b 2 Ne. 9:16;

Jakôba 6:10;
F&F 76:36.

4 1a TSM Tahotra.

2a TSM Ara-nofo.

^b Hel. 12:7–8.

^d Môsîà 3:18; Hel. 5:9.

^e TSM Fahariana.

3a TSM Famelana ny Fahotana.

^b TSM Fieritreretana.

^d TSM Finoana.

hahazoanareo mandre sy mahazo ny teniko sisa izay holazaiko anareo.

5 Fa indro, raha ny fahalalana ny hatsaram-pon' "Andriamanitra amin' izao fotoana izao no efa nanaitra anareo ho amin' ny fahatsapana ny mahatsinontsinona anareo sy ny mahatsisy vidiny ary ny maha-lavo anareo—

6 Lazaiko aminareo fa rehefa tonga amin' ny "fahalalana ny hatsaram-pon' Andriamanitra ianareo sy ny heriny tsy manantsahala ary ny fahendreny sy ny faharetany ary ny fahari-pony amin' ny zanak' olombelona; ary koa ny ^bsorompanavotana izay efa voaomana hatry ny ^afanorenana izao tontolo izao, ka amin' izany no hahatongavan' ny famonjena amin' izay hametraka ny "fitokiany amin' ny Tompo sy hazoto hitandrina ny didiny ary hitozo amin' ny finoana mandra-pahatapitry ny ainy, ny tiako holazaina dia ny ain' ny vatana mety maty—

7 Lazaiko, fa izany no olona izay mandray ny famonjena amin' ny alalan' ny sorompanavotana izay efa nomanina hatry ny fanorenana izao tontolo izao ho an' ny olombelona rehetra, izay efa niaina hatrizay "nahalavo an' i Adama, na izay velona, na izay mbola hiaina, na dia

hatrany amin' ny faran' izao tontolo izao aza.

8 Ary izany no fomba hiavian' ny famonjena. Ary "tsy misy famonjena hafa afa-tsy io izay efa voalaza io; sady tsy mety hisy koa fepetra izay hahazoana mamonjy ny olona afa-tsy ny fepetra izay efa nolazaiko anareo.

9 Minoa an' Andriamanitra; minoa fa misy Izy, ary Izy no nahary ny zava-drehetra, na any an-danitra na etỳ an-tany; minoa fa Izy dia manana ny "fahendrena rehetra sy ny fahefana rehetra, na any an-danitra na etỳ an-tany; minoa fa ny olona dia tsy ^bmahatakatra ny zava-drehetra izay azon' ny Tompo takarina.

10 Ary koa, minoa fa ianareo dia tsy maintsy "mibebaka amin' ny fahotanareo ary mandao izany sy manetry ny tenanareo eo anoloan' Andriamanitra; ary mangataka amin-kitsim-po mba ^bhamelany anareo; ary ankehitriny, raha ^amino izany zavatra rehetra izany ianareo dia ezaho izay ^eanaovanareo izany.

11 Ary lazaiko indray aminareo, toy ny efa voalazako teo aloha, fa tahaka ny efa ahatongavanareo amin' ny fahalalana ny voninahitr' Andriamanitra, na raha efa nahalala ny hatsaram-pony sy efa "nanandrana tamin' ny fitiavany ianareo ary

5a Mos. 1:10.

6a TSM Andriamanitra.

b TSM Sorompanavotana.

d Môsià 15:19.

e Sal. 36:7; 2 Ne. 22:2; Hel. 12:1.

TSM Matoky.

7a TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.

8a Asa 4:12; 2 Ne. 31:21; Môsià 3:17.

9a Roma. 11:33–34; Jakôba 4:8–13.

b Isa. 55:9.

10a TSM Fibebahana.

b F&F 61:2.

d Mat. 7:24–27.

e 2 Ne. 31:19–21.

11a Almà 36:24–26.

efa nandray ny ^bfamelana ny fahotanareo, izay mahatonga fialiana lehibe izaitsizy tokoa ao amin' ny fanahinareo, dia taha-ka izany no mba hitiavako ny hahatsiarovanareo sy hitanana-reo mandrakariva ao amin' ny fahatsiarovana ny halehibeazan' Andriamanitra sy ny ^dmahatsinontsinona anareo ary ny ^ehatsaram-pony sy ny fahari-pony aminareo, voary tsy mendrika, ary ny hanetrenareo ny tenanareo ao amin' ny ^ffanetren-tena lalina amin' ny ^gfiantsoana ny anaran' ny Tompo isan' andro sy amin' ny fiorenana mafy tokoa amin' ny finoana an' Ilay ho avy izay efa nolazain' ny vavan' ny anjely.

12 Ary indro, lazaiko aminareo fa raha manao izany ianareo, dia hifaly mandrakariva ianareo sy ho feno ny ^afitiavana an' Andriamanitra ary ^bhitana mandrakariva ny famelana ny fahotanareo; ary ianareo dia hitombo ao amin' ny fahalalana ny voninahitr' ilay nahary anareo, na ao amin' ny fahalalana an' izay mahitsy sy marina.

13 Ary tsy ho ao an-tsainareo ny hifandraatra fa ny hiaina kosa ^aamim-pilaminana sy hamaly ny olona tsirairay avy araka izay sahaza azy.

14 Ary tsy hamela ny ^azanaka-

reo ho noana na hitanjaka ianareo; sady tsy hamela azy koa handika ny lalàn' Andriamanitra, na ^bhiady, na hifanjihitra, na hanompo ny devoly izay tompon' ny fahotana, na ny fanahy ratsy izay efa nolazain' ny razantsika, noho izy fahavalon' ny fahamarinana rehetra.

15 Fa ^ahampianatra azy kosa ^bhandeha amin' ny lalàn' ny marina sy ny fahononam-po ianareo; hampianatra azy ^dhifankatia sy hifanompo ianareo.

16 Ary koa, ny tenanareo mihi-tsy no ^ahanampy ireo izay mila ny fanampianareo; hanome amin' ny fanananareo ho an' ny ory ianareo; ary ianareo dia tsy hamela ny ^bmpangataka izay manao ny fitalahoany aminareo hiala maina sy hanosi-bohon-tànana azy mba ho faty.

17 Angamba ^ahiteny ianareo hoe: Ilay olona no nahatonga ny fahantrany teo amin' ny tenany; noho izany dia hofihiniko ny tànako ary tsy hanome azy amin' ny haniko aho, ary tsy hizara aminy amin' ny fananako aho mba tsy hijaliany, fa rariny ny famaizana azy—

18 Nefa lazaiko aminareo Rey olona, na zovy na zovy no manao izany dia izy no manana antony lehibe hibebahana; ary raha tsy mibebaka amin' izay

11b TSM Famelana ny Fahotana.
d Mos. 1:10.
e Eks. 34:6; Môrô. 8:3.
f TSM Fanetren-tena.
g TSM Vavaka.
12a TSM Fitiavana.
b Môsià 4:26;
Almà 4:13-14; 5:26-35;

F&F 20:31-34.
13a TSM Mpampihavana.
14a 1 Tim. 5:8;
F&F 83:4.
b TSM Fifandirana.
15a F&F 68:25-28;
Mos. 6:58.
TSM Mampianatra.
b TSM Mandeha,

Mandeha Miaraka amin' Andriamanitra.
d Môsià 18:21.
16a TSM Fiantrana;
Fanompoana.
b Deot. 15:7-11;
Ohab. 21:13;
Isa. 10:1-2.
17a Ohab. 17:5.

efa nataony izy, dia ho very mandrakizay ary tsy manana anjara ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

19 Fa indro, moa tsy mpangataka avokoa va isika? Moa va isika rehetra tsy miankina amin' Ilay Izy, dia Andriamanitra, amin' ny fananana rehetra izay ananantsika, na hanina, na fitafiana, na volamena, na volafotsy na ireo harena rehetra isan-karazany izay ananantsika?

20 Ary indro, na dia amin' izao fotoana izao aza, dia efa miantso ny anarany sy mangataka ny hamelana ny fahotanareo ianareo. Ary moa efa navelany ho zava-poana ve ny fangatahinareo? Tsia; efa nampidina ny Fanahiny taminareo Izy, ary efa nanao izay hahafeno "fifaliana ny fonareo sy efa nahatonga ny vavanareo ho gina ka tsy afaka niteny ianareo, fa lehibe izaitsizy tokoa ny fifalianareo.

21 Ary ankehitriny, raha Andriamanitra aza izay efa nahary anareo sy izay ianteheranareo amin' ny fiainanareo ary amin' izay rehetra anananareo sy ny maha-ianareo anareo manome anareo rehefa mety ho zavatra izay rariny ka angatahinareo amin' ny finoana, rehefa mino fa hahazo ianareo, Ô amin' izany, ahoana ianareo samy ianareo no tsy tokony "hifampizara amin' ny harena izay anananareo.

22 Ary raha ianareo aza, "mitsara ny olona izay maneho fitalahoana aminareo amin' ny

fanananareo mba tsy hahafaty azy, ary manameloka azy, tsy mainka va ara-drarin' ny fanamelohana anareo noho ianareo ^bmihirim-belona amin' ny fanananareo izay tsy anareo fa an' Andriamanitra izay tompon' ny fiainanareo koa; ary ianareo anefa dia tsy manao fitalahoana sady tsy mibebaka amin' ny zavatra izay efa vitanareo.

23 Lazaiko aminareo, lozan' izany olona izany fa hiara-levona aminy ny fananany; ary ankehitriny, lazaiko izany zavatra izany ho an' ireo izay "manan-karena raha ny amin' ny zavatr' izao tontolo izao.

24 Ary koa, lazaiko amin' ny mahantra, ianareo izay tsy manana ary manana ny ampy anefa hivelomana isan' andro isan' andro; ny tiako holazaina dia ianareo rehetra izay tsy manome ny mpangataka, satria tsy manana ianareo; mba tiako ny hanaovanareo anakampo hoe: Tsy manome aho satria tsy manana, fa raha nanana kosa aho dia ho "nanome.

25 Ary ankehitriny, raha manao izany anakampo ianareo, dia mitoetra ho tsy manan-tsiny, fa raha tsy izany dia "meloka ianareo; ary araka ny hitsiny ny fahamelohanareo fa mitsiriritra izay tsy noraisinareo ianareo.

26 Ary ankehitriny, noho ny amin' ireo zavatra izay efa nolazaiko anareo ireo—izany hoe, noho ny amin' ny fitanana ny famelana ny fahotanareo

20a TSM Fifaliana.

21a TSM Fanompoana;
Asa Fanasoavana.

22a Mat. 7:1–2;

Jao. 7:24.
b 1 Jn. 3:17.

23a F&F 56:16.

24a Mar. 12:44.

25a F&F 56:17.

isan' andro isan' andro, ka hahazoanareo "mandeha tsisy tsiny eo anoloan' Andriamanitra — dia mba tiako ny ^bhizaranareo amin' ny fanananareo amin' ny ^dmahantra, ny olona tsirairay dia araka izay ananany avy, toy ny ^efamahanana ny noana, ny fanafiana ny mitanjaka, ny famangiana ny marary sy ny fiahiana ny fanampiana azy, na ara-panahy na ara-batana, araka ny filàny.

27 Ary ezaho izay hanaovanareo ireo zavatra rehetra ireo amin' ny fahendrena sy ny filaminana; fa tsy takiana ny hihazakazahan' ny olona iray "haingana kokoa noho izay tratry ny heriny. Ary koa ilaina izy mba hazoto, fa amin' izany no mety hahazoany ny loka; noho izany, ny zava-drehetra dia tsy maintsy atao amim-pilaminana.

28 Ary mba tiako ny hahatsiarovanareo fa na zovy na zovy aminareo no mindrana amin' ny namany, dia tokony hamerina ny zavatra izay indraminy araka izay ifanekena, fa raha tsy izany dia hanota ianao; ary angamba hanao izay hanotan' ny nama-nao koa.

29 Ary farany, izaho dia tsy afaka milaza aminareo ny zavatra rehetra izay mety hanotanareo; fa misy làlana sy fomba samihafa, be loatra aza ka tsy hitako hisaina izy ireny.

30 Saingy izao ihany no azoko

lazaina anareo, raha tsy "mitandrina ny tenanareo sy ny ^beritritrareo ary ny ^dteninareo sy ny ataonareo ianareo, ary tsy mitandrina ny didin' Andriamanitra sy tsy mitozo amin' ny finoana an' izay efa renareo momba ny fiavian' ny Tompotsika ka ambara-pahatapitry ny ainareo, dia tsy maintsy ho faty ianareo. Ary ankehitriny, Rey olona ô, tsarovy, ary aoka tsy ho faty.

TOKO 5

Nanjary zanakalahy sy zanakavavin' i Kristy tamin' ny alalan' ny finoana ny olomasina — Nantsoina tamin' ny anaran' i Kristy izy tamin' izany — Namporisika azy hiorina mafy sy tsy ho azo hozongozonina amin' ny asa soa i Benjamîna Mpanjaka. Tokony ho 124 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy niteny toy izany tamin' ny olony i Benjamîna mpanjaka, dia nampaniraka tany anivony izy noho ny faniriany hahafantatra avy tamin' ny olony raha nino ny teny izay efa nolazainy taminy izy.

2 Ary nihiaka tamin' ny feo tokana izy rehetra, nanao hoe: Eny, mino ny teny rehetra izay efa nolazainao taminay izahay; ary fantatray koa fa azo antoka sy marina ireny, noho ny amin' ny Fanahin' ny Tompo Tsitoha

26a TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.
b Jakôba 2:17–19.
d Zak. 7:10; Almà 1:27.

TSM Fiantrana.
e Isa. 58:10–11;
F&F 104:17–18.
27a F&F 10:4.
30a Almà 12:14.

TSM Mpiambina.
b Mar. 7:18–23.
TSM Eritreritra.
d Mat. 15:18–20.
TSM Faniratsirana.

izay efa nahatonga "fiovana mahery vaika tao aminay, na tao am-ponay, ka tsy manana fironana hanao ^bratsy intsony izahay fa ny hanao soa lalanda-va kosa.

3 Ary izahay, ny tenanay koa, amin' ny alalan' ny hatsaram-po tsisy fetra izay an' Andriamanitra sy ny fanehoana ny Fanahiny, dia nahazo fahitana lehibe ny amin' izay ho avy; ary raha toa nilaina, dia ho afaka naminy ny amin' ny zava-drehetra izahay.

4 Ary ny finoana izay efa nananay tamin' ny zavatra izay efa nolazain' ny mpanjakanay taminay dia efa nitondra anay ho amin' izao fahalalana lehibe izao, ka amin' izany izahay dia mifaly amin' ny fifaliana lehibe izaitsizy tokoa toy izao.

5 Ary izahay dia vonona hanao "fanekempihavanana amin' Andriamanitray, hanao ny sitrapony sy hankatò ny didiny amin' ny zava-drehetra izay handidiany anay, amin' ny andronay sisa rehetra, mba tsy hahazoanay mampitondra amin' ny tenanay ny fijaliana ^btsy mifarana na oviana na oviana, toy izay efa nolazain' ilay ^danjely, mba tsy hahazoanay misotro amin' ny kapoakan' ny fahatezeran' Andriamanitra.

6 Ary ankehitriny, izany no teny izay nirian' i Benjamîna mpanjaka taminy; ary noho izany dia hoy izy taminy: Efa nilaza ny teny izay niriako ianareo; ary ny fanekempihavanana izay efa nataonareo dia fanekempihavanana marina.

7 Ary ankehitriny, noho ny fanekempihavanana izay efa nataonareo, dia hantsoina hoe "zanak' i Kristy ianareo, dia zanany lahy sy zanany vavy; fa indro, efa ^bniteraka anareo arapanahy Izy androany; satria lazainareo fa ny ^dfonareo dia efa miova amin' ny alalan' ny finoana ny anarany; noho izany, dia ^eaterany ianareo ary efa tonga ^fzanany lahy sy zanany vavy.

8 Ary eo ambanin' izany anarana izany no "anafahana anareo; ary ^btsy misy ^danarana hafa izay ahazoana manafaka anareo. Tsy misy anarana hafa nomena izay hiavian' ny famonjena; noho izany, dia mba tiako ny ^ehitondranareo eo aminareo ny anaran' i Kristy, dia ianareo rehetra izay efa nanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra fa ho mpankatò mandra-pahatapitry ny ainareo.

9 Ary ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no manao izany, dia ho hita eo an-tànan' ankavanan' Andriamanitra izy, satria

5 2a Almà 5:14.
TSM Ateraka Indray,
Aterak'
Andriamanitra.
b Almà 19:33.
5a Môsià 18:10.
b Môsià 3:25-27.
d Môsià 3:2.
7a Môsià 27:24-26;

Mos. 6:64-68.
TSM Zanakalahy sy
Zanakavavin'
Andriamanitra.
b TSM Ateraka.
d TSM Fo.
e Môsià 15:10-11.
TSM Ateraka Indray,
Aterak'

Andriamanitra.
f F&F 11:30.
8a Roma. 6:18; Gal. 5:1;
Hel. 14:30.
b Asa 4:10, 12;
Almà 21:9.
d Môsià 26:18.
e Asa 11:26;
Almà 46:15.

hahafantatra ny anarana izay iantsoana azy izy; fa hantsoina amin' ny anaran' i Kristy izy.

10 Ary ankehitriny ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no tsy hitondra eo aminy ny anaran' i Kristy, dia tsy maintsy hantsoina amin' ny "anarana hafa izy; noho izany izy dia mahita ny tenany eo an-^btànana ankavian' Andriamanitra.

11 Ary mba tiako ny hahatsiarovanareo koa fa izany no "anarana izay nolazaiko fa homeko anareo, izay tsy hovanoina mandrakizay raha tsy noho ny fandikan-dalàna; noho izany dia mitandrema mba tsy handikanareo lalàna, mba tsy ho voavono ao am-ponareo ilay anarana.

12 Lazaiko aminareo, mba tiako ny hahatsiarovanareo ny "hitana ilay anarana ho voasoratra mandrakariva ao am-ponareo, ka tsy hahitana anareo ho eo an-tànana ankavian' Andriamanitra fa ny mba handrenesanareo sy ny halalalanareo kosa ny feo izay hiantsoana anareo, ary koa ny anarana izay hiantsoany anareo.

13 Fa ahoana moa no "ahalalan' ny olona iray ny tompo izay tsy notompoiny sy izay vahiny aminy ary lavitry ny eritreriny sy ny fikasan' ny fony?

14 Ary koa, ny olona iray va haka ny boriky izay an' ny namany ary hitana azy? Lazaiko aminareo, Tsia; tsy avelany akoriry hiraoka eo anivon' ny biby

fiompiny izy, fa hoentiny hivoaka ary horoahiny any ivelany izy. Lazaiko aminareo, fa ho toy izany koa ny aminareo raha tsy fantatrareo ny anarana izay iantsoana anareo.

15 Noho izany dia mba tiako ianareo hiorina mafy sy tsy ho azo hozongozonina, hahefa be mandrakariva amin' ny asa tsara mba hahazoan' i Kristy, Ilay Tompo Andriamanitra Tsi-toha "mamehy anareo ho Azy, hahazoana mitondra anareo any an-danitra ka hahazoanareo ny famonjena maharitra mandrakizay sy ny fiainana mandrakizay, amin' ny alalan' ny fahendrena sy ny hery ary ny fahamarinana sy ny famindram-pon' Ilay ^bnahary ny zava-drehetra any an-danitra sy ety an-tany, izay Andriamanitra ambonin' ny rehetra. Amena.

TOKO 6

Nirakitra ny anaran' ny olona i Benjamîna Mpanjaka ary nanendry mpisorona hampianatra azy—Nanjaka toy ny mpanjaka marina i Môsià. Tokony ho 124–121 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, i Benjamîna mpanjaka dia nihevitra fa mety, rehefa avy namarana ny lahateniny tamin' ny vahoaka izy, ny "handraisany ny anaran' ireo izay efa nanao fanekempihava-

10a Almà 5:38–39.
b Mat. 25:33.

11a Môsià 1:11–12.
TSM Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo

amintsika ny anaran' i Jesoa Kristy.

12a F&F 18:23–25.

13a Môsià 26:24–27.

15a TSM Fiantsoana sy

Fifidianana;

Fanamasinana.

b Kol. 1:16; Môsià 4:2;

Almà 11:39.

6 1a F&F 128:8.

nana tamin' Andriamanitra mba hitandrina ny didiny.

2 Ary ny zava-nitranga dia tsy nisy na dia olona iray aza, afa-tsy ireo ankizy madinika, ka tsy nanao fanekempihavanana sy tsy nitondra teo aminy ny anaran' i Kristy.

3 Ary koa ny zava-nitranga, rehefa avy namarana izany zavatra rehetra izany i Benjamîna mpanjaka sy efa nanokana an' i "Môsià zanany lahy ho mpanapaka sy mpanjaka eo amin' ny vahoaka ary efa nanolotra azy ny fiadidiana rehetra momba ny fanjakana, ary koa efa ^bnanendry mpisorona ^dhampianatra ny olona, fa amin' izany no hahazoany mandre sy mahalala ny didin' Andriamanitra sy hanaitra azy ho amin' ny fahatsiarovana ny ^efianianana izay efa nataony, dia noravany ny valalabemandry, ary ny tsirairay dia samy niverina tany amin' ny isam-pianakaviany sy ny isantokantranony avy.

4 Ary nanomboka nanjaka teo amin' ny toeran-drainy i "Môsià. Ary izy dia nanomboka nanjaka teo amin' ny fahatelo-polon' ny taonany, koa raha ny fitambarany rehetra dia enina amby fitopolo sy efajato taona taorian' ny ^bfotoana izay nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema.

5 Ary niaina telo taona i Benjamîna mpanjaka dia nodimandry.

6 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tamin' ny làlan' ny

Tompo i Môsià mpanjaka, ary nohajainy ny fitsipiny sy ny satany ary notandremany ny didiny tamin' ny zava-drehetra izay nandidiany azy.

7 Ary nasain' i Môsià mpanjaka niasa ny tany ny vahoakany. Ary ny tenany mihitsy koa dia niasa ny tany mba "tsy hahatonga azy ho enta-mavesatra ho an' ny olony, ka hahazoany manao araka izay efa nataondrainy amin' ny zava-drehetra. Ary tsy nisy fifandirana teo anivon' ny vahoakany rehetra nandritra ny telo taona.

TOKO 7

Nahita ny tanin' i Lehia-Nefia, izay Limia no mpanjakany, i Amôna — Nandevozin' ny Lamanita ny vahoakan' i Limia — Nitanisa ny tantarany i Limia — Nanambara ny mpaminany iray (i Abinadia) fa i Kristy no Andriamanitra sy Rain' ny zava-drehetra — Ireo izay namafy fahalotoana no hijinja tadio, ary ireo izay nametraka ny fitokiany tao amin' ny Tompo no hafahana. Tokony ho 121 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa nahita fandriampahalemana lalandava nandritry ny telo taona i Môsià mpanjaka, dia naniry izy ny mahalala ny momba ny olona izay "nandeha niakatra ka nonina tany an-tanin' i Lehia-Nefia na tao an-tanànan' i Lehia-Nefia; fa tsy nandre na

3a Môsià 1:10; 2:30.

b TSM Manokana.

d Almà 4:7.

e Môsià 5:5–7.

4a TSM Môsià,
Zanakalahin' i
Benjamîna.

b 1 Ne. 1:4.

7a 2 Kor. 11:9.

7 1a Ômnia 1:27–30.

inona na inona momba azy ireny intsony ny vahoakany hatramin' ny fotoana nandaozan' izy ireny ny tanin' i ^bZarahemlà; noho izany izy dia nanasatra azy tamin' ny fanaovany lemozy.

2 Ary ny zava-nitranga dia navelan' i Môsià mpanjaka ny enina ambin' ny folo tamin' ny lehilahiny matanjaka mba handeha hiakatra any an-tanin' i Leahia-Nefia mba hanadihady ny momba ny rahalahiny.

3 Ary ny zava-nitranga dia namboka nandeha niakatra izy ireo ny ampitso, ka niaraka taminy ilay antsoina hoe Amôna, ary izy dia lehilahy matanjaka sy mahery ary tamingan' i Zarahemlà; ary izy koa no mpitondra azy ireo.

4 Ary ankehitriny izy ireo dia tsy nahafantatra ny lâlana tokony hзорany tany an-tany foana mba handehanana miakatra any an-tanin' i Leahia-Nefia; nirenireny tany an-tany foana andro maromaro izy ireo, dia efaolo andro izy ireo no nirenireny.

5 Ary rehefa avy nirenireny efaolo andro izy ireo, dia tonga teo amin' ny havoana iray izay avaratry ny tanin' i "Silôma, ary teo izy ireo no nanangana ny lainy.

6 Ary nentin' i Amôna ny telo tamin' ny rahalahiny, ary ny anarany dia Amalekià, Helema ary Hema, ary nandeha nidina izy ireo nankany an-tanin' i "Nefia.

7 Ary indro, izy ireo dia nifanehitra tamin' ny mpanjakan'

ny vahoaka izay tao an-tanin' i Nefia sy tao an-tanin' i Silôma; ary dia nohodidinin' ny mpiambin' ny mpanjaka izy ireo ary nosamborina sy nofatorana ary nampidirina am-ponja.

8 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy natao am-ponja roa andro izy ireo, dia nentina indray teo anoloan' ny mpanjaka ary novahana ny fatorany; ary nijoro teo anoloan' ny mpanjaka izy ireo sy navela, na ny marimarina kokoa, nodidina hamaly ny fanontaniana izay hapetrany aminy.

9 Ary hoy izy taminy: Indro, izaho no "Limia, zanakalahin' i Noà izay zanakalahin' i Zenifa izay nandeha niakatra avy tany an-tanin' i Zarahemlà mba handova ity tany ity izay tanindrazany, izay natao mpanjaka noho ny feon' ny vahoaka.

10 Ary ankehitriny, dia maniry aho ny hahalala ny antony nahatonga anareo ho sahy fatratra ka nanatona ny mandan' ny tanàna, nefa na dia ny tenako aza dia niaraka tamin' ny mpiambina ahy tany ivelan' ny vavahady?

11 Ary ankehitriny, noho izao antony izao no efa namelako ny hitsimbinihana anareo mba hahazoako manadihady ny momba anareo, raha tsy izany, dia ho efa nasaiko novonoin' ny mpiambina ahy ho faty ianareo. Mahazo miteny ianareo.

12 Ary ankehitriny, nony nahita i Amôna fa navela hiteny izy, dia nandroso izy ary niankohoka teo anoloan' ny mpanjaka ny

1b Ômnia 1:13.
5a Môsià 9:6, 8, 14.

6a 2 Ne. 5:8.
9a Môsià 11:1.

tenany ary nitsangana indray izy ka niteny hoe: Ry mpanjaka ô, tena feno fisaorana an' Andriamanitra aho androany fa mbola velon' aina ary avela hiteny; ary dia hiezaka aho hiresaka ampahasahiana;

13 Satria matoky aho fa raha nahafantatra ahy ianao dia tsy ho navelanao ny hitondrako itony fatorana itony. Fa izaho no Amôna, ary izaho dia tamingan' i "Zarahemlà sy efa niala avy tany an-tanin' i Zarahemlà mba hanadihady ny momba ny rahalahinay izay nentin' i Zenifa niakatra avy tany amin' izany tany izany.

14 Ary ankehitriny ny zavanimitranga, rehefa avy nandre ny tenin' i Amôna i Limia, dia faly fatratra tokoa izy ary nanao hoe: Ankehitriny, dia fantatro marina tokoa fa ny rahalahiko izay tao an-tanin' i Zarahemlà dia mbola velon' aina. Ary ankehitriny, dia hifaly aho; ary rahampitso dia ataoko izay hifalian' ny oloko koa.

15 Fa indro, izahay dia andevonin' ny Lamanita ary "itataovan' ny hetra izay sarotra zakaina. Ary ankehitriny, indro, ny rahalahinay no hanafaka anay amin' ny fanandevozana anay, na hanala anay eo an-tanan' ny Lamanita, ary izahay dia ho andevony; fa tsaratsara kokoa izahay ho andevon' ny Nefita toy izay handoa hetra ho an' ny mpanjakan' ny Lamanita.

16 Ary ankehitriny, dia nodidian' i Limia mpanjaka ny

mpiambina azy ny tsy hamatorany intsony an' i Amôna sy ny rahalahiny, fa nataony kosa izay handehanany any amin' ilay havoana izay avaratr' i Silôma ary hitondrany ny rahalahiny hankao an-tanàna mba hahafahany mihinana sy misotro ary miala sasatra amin' ny hasasarana tamin' ny diany; fa efa niaritra zavatra maro izy ireo, efa niaritra hanoanana, hetaheta ary hasasarana.

17 Ary ankehitriny, ny zavanimitranga ny ampitso dia nandefa filazana tany anivon' ny olony rehetra i Limia mpanjaka mba hahazoany miara-mifamory ao amin' ny "tempoly handre ny teny izay holazainy azy.

18 Ary ny zavanimitranga, rehefa tafavory izy, dia niteny tamin' toy izao izy, manao hoe: He, ianareo, ry oloko, atrakao ny lohanareo ary mahereza; fa indro, antomotra ny fotoana sady tsy dia lavitra loatra izay tsy hahatonga antsika intsony ho eo ambany fifehezan' ny fahavalontsika na dia teo aza ny adintsika maro izay zary zavapoana; kanefa izaho dia matoky fa mbola misy ny ady mahomby hovitaina.

19 Noho izany, dia atrakao ny lohanareo sy mifalia, ary apetraho amin' "Andriamanitra ny fitokianareo amin' Ilay Andriamanitra izay Andriamanitr' i Abrahama sy i Isaka ary i Jakôba; ary koa, Ilay Andriamanitra izay ^bnitondra ny zanak' i Isiraely hivoaka ny tany

13a Ômnia 1:12–15.
15a Môsià 19:15.

17a 2 Ne. 5:16.
19a Eks. 3:6; 1 Ne. 19:10.

b Eks. 12:40–41;
Almà 36:28.

Egypta ary nanao izay handia-vany tany maina namakivaky ny Ranomasina Mena ary namahana azy tamin' ny "mana mba tsy hahafaty azy tany an-tany foana; ary zava-marô kokoa no nataony ho azy.

20 Ary koa, Izy ihany Ilay Andriamanitra izay efa nitondra ny razantsika "niala ny tanin' i Jerosalema ary efa nitahiry sy nitsimbina ny olony na dia mandraka ankehitriny aza; ary indro, fa noho ny helotsika sy ny fahavetavetantsika no efa namarinany antsika tao amin' ny fanandevozana.

21 Ary ianareo rehetra dia vavolombelona androany fa i Zenifa izay efa natao mpanjaka teo amin' ity vahoaka ity, noho izy tena "narisika ny handova ny tanindrazany, dia voambakan' ny hafetsena sy ny fitak' i Lamàna mpanjaka izay nanao fifanekena tamin' i Zenifa mpanjaka, ka dia nanolotra ho eo an-tànany ny fizakana ny ampahan-tany na dia ny tanànan' i Lehia-Nefia aza sy ny tanànan' i Silôma; ary ny tany manodidina —

22 Ary izany rehetra izany no nataony dia satria ny hany fikasana dia ny "hitondrana ity vahoaka ity any amin' ny fanoavana na any amin' ny fanandevozana. Ary indro, amin' izao fotoana izao isika dia mandoa hetra amin' ny mpanjakan' ny Lamanita, izay hatrany amin' ny antsasaky ny katsaka sy ny

varimbazahantsika, ary na dia ireo voamainantsika rehetra isaky ny karazany avy aza sy ny antsasaky ny fitomboan' ny biby fiompintsika; ary na dia ny antsasaky ny harentsika aza na ny fananantsika, dia takian' ny mpanjakan' ny Lamanita amin-tsika na ny aintsika.

23 Ary ankehitriny, moa va tsy sarotra zakaina izany? Ary moa va izany fahoriantantsika izany tsy lehibe? Ankehitriny, indro lehibe tokoa ny antony mampitomanany antsika.

24 Eny, milaza aminareo aho fa lehibe ny antony izay mampitomanany antsika; fa indro, firy tamin' ny rahalahintsika no efa novonoina, ary ny rany dia efa nalatsaka tsy amin' ny antony, ary izany rehetra izany dia noho ny heloka.

25 Fa raha tsy lavo tamin' ny fandikan-dalàna ity vahoaka ity, dia tsy ho navelan' ny Tompo ho tonga taminy izao antambo lehibe izao. Nefa indro, tsy nety nihaino ny teniny izy; fa nisy fifandirana nitranga kosa teo anivony, hany ka dia nifandatsa-dra izy.

26 Ary "mpaminan' ny Tompo iray no efa novonoiny; eny, olom-boafidin' Andriamanitra, izay nilaza taminy ny faharatsiany sy ny fahavetavetany ary naminany ny amin' ny zava-marô izay ho avy, eny, na dia ny fiavian' i Kristy aza.

27 Ary satria nilaza taminy izy fa i Kristy no "Andriamanitra,

19d Eks. 16:15, 35;
Nom. 11:7–8;
Jos. 5:12.

20a 1 Ne. 2:1–4.
21a Môsià 9:1–3.
22a Môsià 10:18.

26a Môsià 17:12–20.
27a TSM Andriamanitra.

Ilay Rain' ny zava-drehetra, ary nilaza fa Izy dia handray eo Aminy ny endrik' olombelona, ary izany no ho ^bendrika araka izay nahariana ny olona tany am-piandohana; na amin' ny teny hafa, nilaza izy fa ny olona dia nohariana araka ny endrik' "Andriamanitra ary Andriamanitra dia hidina eo anivon' ny zanak' olombelona sy hitafy nofo sy ra ary handeha eto ambonin' ny tany—

28 Ary ankehitriny, noho izy nilaza izany, dia novonoiny ho faty izy, ary zava-marô hafa koa no nataony izay nampianjera ny fahatezeran' Andriamanitra taminy. Noho izany, iza no hitolagaga fa lasa andevo izy ary efa nianjadian' ny fahoriana mangidy?

29 Satria indro, ny Tompo no efa niteny hoe: Izaho dia tsy "hanampy ny oloko amin' ny andro handikany lâlana, fa hasiako sakana ny lâlany mba tsy hambinina izy; ary ny ataony dia ho toy ny vato mahatafintohina eo anoloany.

30 Ary hoy koa Izy: Raha ny oloko no hamafy "fahalotoana, dia ^bhijinja ny akofany ao amin' ny tadio izy; ary ny vokany dia poizina.

31 Ary hoy koa Izy: Raha ny oloko no hamafy fahalotoana, dia hijinja ny "rivotra avy any atsinanana izy, izay mitondra fandravana eo noho eo.

32 Ary ankehitriny, indro ny

fampanantenan' ny Tompo dia tanteraka ary kapohina sy ampahoriana ianareo.

33 Nefa raha "mitodika amin' ny Tompo amin' ny fo feno finaviavana ianareo ary mametra-ka ny fitokianareo Aminy sy manompo Azy amin' ny fahavitrihan' ny saina rehetra, raha manao izany ianareo, dia Izy no hanafaka anareo amin' ny fanandevozana araka ny sitrapony sy ny safidiny.

TOKO 8

Nampianatra ny vahoakan' i Limia i Amôna—Nahalala ny amin' ireo takelaka efatra amby roapolo an' ny Jarêdita izy—Afaka mandika ireo takelaka tranainy ny mpahita—Tsy misy talenta lehibe noho ny maha-mpahita. Tokony ho 121 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny lahateny tamin' ny olony i Limia mpanjaka, satria nilaza zava-marô taminy izy ary vitsivitsy ihany tamin' ireny no nosoratako tao amin' ity boky ity, dia nolazainy ny olony ny zava-drehetra momba ireo rahalahiny izay tany antanin' i Zarahemlà.

2 Ary nasainy nitsangana nanoloana ny valalabemandry i Amôna ary nitantara taminy ny zava-drehetra izay efa nanjo ny rahalahiny hatramin' ny fotoana niakaran' i Zenifa avy tany amin'

27b Gen. 1:26–28;
Etera 3:14–17;
F&F 20:17–18.
d Môsià 13:33–34;

15:1–4.
29a 1 Sam. 12:15;
2 Tan. 24:20.
30a TSM Fahalotoana.

b Gal. 6:7–8; F&F 6:33.
TSM Fararano.
31a Jer. 18:17; Môsià 12:6.
33a Môm. 9:6.

ny tany ka hatramin' ny fotoana izay niakaran' ny tenany avy tany amin' ny tany.

3 Ary nitantara taminy koa ny teny farany izay efa nampianarin' i Benjamina mpanjaka azy izy, ary nanazava ireny tamin' ny vahoakan' i Limia mba hahazoany mahatakatra ny teny rehetra izay nolazainy.

4 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nanao izany rehetra izany izy, dia noravan' i Limia mpanjaka ny valalabemandry ary nasainy niverina tany antranony avy ny tsirairay.

5 Ary ny zava-nitranga dia nasainy nentina teo anoloan' i Amôna ny takelaka izay nitahiry ny "rakitsoratra ny olony hatramin' ny fotoana izay nandaozany ny tanin' i Zarahemlà mba hahazoany mamaky azy ireny.

6 Ankehitriny, raha vantany vao avy namaky ny rakitsoratra i Amôna, dia nanadina azy ny mpanjaka hahafantarana raha mahay mandika teny izy, ary niteny taminy i Amôna fa tsy mahay izy.

7 Ary hoy ny mpanjaka taminy: Rehefa nalahelo noho ny fahorian' ny oloko aho, dia nasaiko nandeha nankany an-tany foana ny telo amby efapolo tamin' ny oloko mba hahitany ny tanin' i Zarahemlà mba hahazoanay miantso ny rahalahinay hanafaka anay hiala amin' ny fanandevozana.

8 Ary very tany an-tany foana nandritra ny andro maro izy ireo, ka na dia nazoto aza izy

ireo dia tsy nahita ny tanin' i Zarahemlà fa niverina teto amin' ity tany ity, rehefa avy nandeha tao amin' ny tany iray tao anivon' ny rano maro, rehefa avy nahita tany iray izay rakotry ny taolan' olona sy ana biby, ary koa rakotry ny trano rava isankarazany, rehefa avy nahita tany iray izay efa nonenan' ny mpoinina maro toy ny miaramilan' i Isiraely.

9 Ary ho fanambarana fa ny zavatra izay nolazain' izy ireo dia marina dia efa nentin' izy ireo nody ny takelaka "efatra amby roapolo izay feno soratra voasokitra, ary ireny dia vita tamin' ny volamena tsy misy fangarony.

10 Ary indro koa, efa nentin' izy ireo ny "saron-tratra izay lehibe, ary izany dia vita tamin' ny ^bvarahina sy varahinamena, ary voatahiry tsara tokoa.

11 Ary koa, efa nentin' izy ireo ny sabatra izay efa simba ny fitanana azy, ary ny lelany efa lanin' ny harafesenina; ary tsy nisy na dia iray aza teo amin' ny tany, izay afaka nandika ny teny na ny soratra voasokitra izay teo amin' ny takelaka. Izany no nilazako taminao hoe: Mahay mandika teny ve ianao?

12 Ary lazaiko aminao indray hoe: Moa mahalala olona izay mahay mandika teny ve ianao? Fa maniry aho ny mba handikana amin' ny fiteninay ireto rakitsoratra ireto; fa angamba izany dia hanome fahalalana ny amin' ny sisa tavela tamin' ny

vahoaka izay efa nofongorana, izay niavian' ireto rakitsoratra ireto; na angamba ireto dia hanome fahalalana ny amin' izany vahoaka izay efa nofongorana izany; ary te hahalala ny anton' ny famongorana azy aho.

13 Ankehitriny dia hoy i Amôna taminy: Afaka milaza aminao marina tokoa aho, ry mpanjaka ô, ny amin' ny olona iray izay mahay "mandika ny rakitsoratra; fa izy dia manana izay hahafahany mijery sy mandika ny rakitsoratra rehetra izay tranainy; ary izany dia talenta avy amin' Andriamanitra. Ary ireo zavatra ireo dia antsoina hoe ^bfandikan-teny, ary tsy misy olona afaka mijery amin' izany raha tsy didina izy, fandrao izy hijery izay tsy tokony ho hitany ary ho faty. Ary na zovy na zovy no didina hijery amin' ireo, dia izy no antsoina hoe "mpahita.

14 Ary indro, ny mpanjakan' ny vahoaka izay ao amin' ny tanin' i Zarahemlà no olona izay didina hanao izany zavatra izany sy manana izany talenta ambony avy amin' Andriamanitra izany.

15 Ary nilaza ny mpanjaka fa ny mpahita dia lehibe kokoa noho ny mpaminany.

16 Ary nilaza i Amôna fa ny mpahita dia mpanambara sy mpaminany koa; ary ny talenta izay lehibe kokoa dia tsy ho azon' ny olona raha tsy manana ny herin' Andriamanitra izy, izay tsy mety ho azon' ny olona;

kanefa ny olona iray dia mety hahazo hery lehibe omena azy avy amin' Andriamanitra.

17 Fa ny mpahita dia mety mahafantatra ny amin' ny zavatra izay efa lasa ary koa ny amin' ny zavatra izay ho avy, ary amin' ny alalan' ireo no hanambarana ny zava-drehetra, na ny marimarina kokoa no hanehoana ny zava-miafina, ary ny zava-nafenina dia ho tonga eo amin' ny hazavana ary ny zavatra izay tsy fantatra dia hampahafantarina amin' ny alalany ary ao koa ireo zavatra hampahafantarina amin' ny alalany, ireo izay tsy azo fantarina amin' ny fomba hafa.

18 Dia toy izany no namatsian' Andriamanitra fitaovana, izay hahazoan' ny olona manao fahagagana mahery amin' ny alalan' ny finoana; noho izany izy dia ho tombontsoa lehibe ho an' ny mpiara-belona aminy.

19 Ary ankehitriny, rehefa avy namarana ny filazana ireo teny ireo i Amôna, dia nifaly fatratra tokoa ny mpanjaka ary nati-tsaotra an' Andriamanitra, nanao hoe: Tsy isalasalana fa "mistry lehibe no voatahiry ao anatin' ireto takelaka ireto, ary ireo fandikan-teny ireo dia tsy isalasalana fa efa nomanina noho ny fikasana hamelabelatra izany mistry rehetra izany amin' ny zanak' olombelona.

20 Endrey mahatalanjona ny asan' ny Tompo ary endrey ny faharipony amin' ny olony; eny, ary endrey ny fahajambana sy

ny fahadontoan' ny sain' ny zanak' olombelona; fa tsy te hikatsaka ny fahendrena izy sady tsy maniry izany hana-paka azy!

21 Eny, toy ny andiana biby kaodikaody izay mandositra ny mpiandry izy, ary mihakaka sy enjehina ary atelin' ny bibidia avy any an' ala.

NY RAKITSORATR' I ZENIFA — Tantaran' ny olony, hatramin' ny fotoana nandaozany ny tanin' i Zarahemlà ka hatramin' ny fotoana nanafahana azy hiala teo an-tànan' ny Lamanita.

Mahafoaka ny toko 9 ka hatramin' ny 22 manontolo.

TOKO 9

Nitarika andiany iray avy tany Zarahemlà i Zenifa mba hizaka ny tany ao Lehia-Nefia — Namela azy ireo handova ny tany ny mpanjaka Lamanita — Nisy ady teo amin' ny Lamanita sy ny vahoakan' i Zenifa. Tokony ho 200–187 talohan' i J.K.

IZAHO Zenifa, rehefa avy nampianarina tamin' ny fitenin' ny Nefita rehetra sy rehefa nahazo fahalalana ny amin' ny "tanin' i Nefia na ny tany lova santatr' ireo razanay ary rehefa avy nalefa ho toy ny mpitsikilo teo anivon' ny Lamanita mba hahafahako mitsikilo ny heriny mba hahazoan' ny miaramilanay manafika azy sy mamongotra azy — nefa nony nahita izay

tsara teo aminy aho dia naniry ny tsy hamongorana azy.

2 Noho izany aho dia nifanditra tamin' ny rahalahiko tany an-tany foana, satria tiako ny hanaovan' ny mpanapaka anay dina aminy; kanefa noho izy lehilahy kiriana sy lian-dra, dia nodidiany ny hamonoana ahy; nefa dia voavonjy aho noho ny fandatsahan-dra be; fa ny ray niady nanohitra ny ray, ny rahalahy nanohitra ny rahalahy mandra-paharingan' ny ankamaroan' ny miaramilanay tany an-tany foana; ary izahay, ireo taminay izay voatsimbina, dia niverina tany an-tanin' i Zarahemlà mba hitantara ny zavananjo amin' ny vadiny sy ny zanany avy.

3 Ary, noho izaho mbola naniry mafy ny handova ny tanindrazanay, dia novoriako izay rehetra naniry ny handeha hiakatra mba hizaka ny tany, ary dia natombokay indray ny dianay nankany an-tany foana mba handeha hiakatra any amin' ilay tany; nefa dia namely anay ny mosary sy ny fahoriana mangidy; satria nitaredretra tamin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamanitray izahay.

4 Kanefa, rehefa avy nirenireny andro maro tany an-tany foana izahay, dia nanangana ny lainay teo amin' ny toerana izay namonoana ny rahalahinay, izay akai-kin' ny tanindrazanay.

5 Ary ny zava-nitranga dia nan-deha indray aho niaraka tamin' ny oloko efa-dahy ho ao an-

tanàna, nankao amin' ny mpanjaka, mba hahazoako mahalala ny amin' ny toe-tsain' ny mpanjaka sy mba hahazoako mahalala raha toa aho ka mahazo miditra miaraka amin' ny oloko ary mizaka ny tany amin-pilaminana.

6 Ary nankao amin' ny mpanjaka aho ary nanao dina tamiko izy mba hahazoako mizaka ny tanin' i Lehia-Nefia sy ny tanin' i Silôma.

7 Ary nodidiany koa ny tokony hialan' ny olony amin' ny tany, ary dia niditra ny tany izaho sy ny oloko mba hahazoanay mizaka izany.

8 Ary rafitra izahay nanorina trano sy namboatra ny mandan' ny tanàna, eny, na dia ny mandan' ny tanànan' i Lehia-Nefia sy ny tanànan' i Silôma izany.

9 Ary nanomboka namboly ny tany izahay, eny, dia tamin' ny karazana masomboly rehetra, na tamin' ny voan-katsaka izany, na tamin' ny varimbazaha, na tamin' ny karazam-barimbazaha, na tamin' ny neasy, na tamin' ny seoma, na tamin' ny voan' ny karazam-boankazo rehetra; ary nanomboka nihamaro izahay sy niroborobo teo amin' ny tany.

10 Ankehitriny dia hafetsena sy fitaka ny an' i Lamàna mpanjaka, fa ny "hamarina ny oloko any amin' ny fanandevozana no nanomezany ny tany mba hahazoanay mizaka izany.

11 Noho izany ny zava-nitranga, rehefa nonina teo amin' ny tany nandritra ny roa ambin' ny folo taona izahay, dia nanombo-

ka ho tsy tafandry mandry i Lamàna mpanjaka fandrao mety hisy fomba hampahery ny oloko eo amin' ny tany ka tsy ho azony resena izy ary havarina any amin' ny fanandevozana izy.

12 Ankehitriny dia olona kamo sy "mpanompo sampy izy; noho izany dia niriany ny hamarina anay any amin' ny fanandevozana mba hahazoany manarampo amin' ny asan' ny tananay; eny mba hahazoan' ny tenany mivoky amin' ny biby fiompy eny an-tsahanay.

13 Noho izany, ny zava-nitranga dia nanomboka nambosy ny olony i Lamàna mpanjaka mba hifandirany amin' ny oloko; hany ka nanomboka nisy ady sy fifandirana teo amin' ny tany.

14 Fa tamin' ny fahatelo ambin' ny folon' ny taona nanjakako teo amin' ny tanin' i Nefia lavitra tany atsimon' ny tanin' i Silôma, raha mbola nampisotro rano sy nampiraoka ahitra ny biby fiompiny ary namboly ny taniny ny oloko, dia nanafika azy ny andiana Lamanita maro ary rafitra namono azy sy nifaoka ny biby fiompiny sy ny katsaka teny an-tsahanay.

15 Eny, ary ny zava-nitranga dia nandositra izy rehetra izay tsy tratra, eny, hatrany an-tanànan' i Nefia, ary niantso ahy hiaro azy.

16 Ary ny zava-nitranga dia izaho no namatsy azy tamin' ny tsi-pika sy tamin' ny zanatsipika ary tamin' ny sabatra sy tamin' ny simetera, ary tamin' ny ki-

bay sy tamin' ny antsamotady, ary tamin' izay rehetra mety ho karazam-piadiana izay azonay namboarina, ary izaho sy ny oloko dia nivoaka hiady tamin' ny Lamanita.

17 Eny, tamin' ny herin' ny Tompo no nandehananay niady tamin' ny Lamanita; fa izaho sy ny oloko dia nahery nitalaho tokoa tamin' ny Tompo mba hanafahany anay eo an-tànan' ny fahavalonay, fa efa nifoha ho amin' ny fahatsiarovana ny fanafahana ny razanay izahay.

18 Ary Andriamanitra dia "nandre ny fitalahoanay sy namaly ny fivavakay; ary izahay dia nandeha tamin' ny heriny; eny, izahay dia nandeha niady tamin' ny Lamanita, ary tao anatin' ny indray andro sy indray alina izahay dia nahafaty telo amby efapolo sy telo arivo; ary izahay dia namono azy mandra-panosehanay azy hiala ny taninay.

19 Ary izaho tenako mihitsy, tamin' ny tanako, no nanampy tamin' ny fandevenana ny maty taminy. Ary indro, lehibe ny alahelonay sy ny fidradradradranay fa sivy amby fitopolo sy roanjato no voavono tamin' ny rahalahinay.

TOKO 10

Nodimandry i Lamàna Mpanjaka — Baribariana sy lozabe ny olony ary nino fomban-drazana diso — Nandresy azy i Zenifa sy ny olony. Tokony ho 187–160 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia rafitra indray nanorina ny fanjakana izahay sy nanomboka indray nizaka ny tany tamim-pilaminana. Ary nampanamboatra fitaovam-piadiana isan-karazany aho mba hananako fitaovam-piadiana ho an' ny oloko hiatrehana ny fotoana hiavian' ny Lamanita indray hiady amin' ny oloko.

2 Ary nasiako mpiambina ny manodidina ny tany mba tsy hahafahan' ny Lamanita manafika anay tampoka sy mandringana anay; ary dia toy izany no niambenako ny oloko sy ny biby fiompy, sady nitehirizako azy ireo tsy hianjera eo an-tànan' ny fahavalonay.

3 Ary ny zava-nitranga dia nandova ny tanindrazanay nandritra ny taona maro izahay, eny, nandritra ny roa amby roapolo taona.

4 Ary nasaiko niasa ny tany ny lehilahy ary namboly izay mety ho "voa ary izay mety ho voankazo araka ny karazany avy.

5 Ary ny vehivavy dia nasaiko nandrany sy nilofo ary niasa, ary nanao hariry madinika isan-karazany, eny, sy "fitafiana isan-karazany mba hahazoanay manafy ny fitanjahanay; ary dia toy izany no niroboroboanay teo amin' ny tany—dia toy izany no nanananay fandriampahalemana lalandava teo amin' ny tany nandritra ny roa amby roapolo taona.

6 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry i "Lamàna mpan-

jaka ary ny zanany lahy no namboka nanjaka teo amin' ny toerany. Ary nanomboka namoky ny vahoakany izy hikomy amin' ny oloko; noho izany izy dia nanomboka niomana ho amin' ny ady ary niakatra hiady amin' ny oloko.

7 Saingy efa nandefa ny mpi-tsikiloko tany amin' ny manodidina an' i "Semlôna aho mba hahazoako mahafantatra ny fiomanany sy hahazoako miaro tena aminy ka tsy hahazoany manafika ny oloko sy mamongotra azy.

8 Ary ny zava-nitranga dia niakatra tany avaratry ny tanin' i Silôma izy, niaraka tamin' ny miaramilany maro, dia lehilahy "nirongo" tsipika sy zanatsipika ary sabatra sy simetera ary vato sy antsamotady; ary nokakasany ny lohany ka dia nangadihady izany; ary dia nosikinany hetra hodibiby ny valahany.

9 Ary ny zava-nitranga dia nasaiko nafenina tany an-tany foana ny vehivavy sy ny ankizy tamin' ny oloko; ary nasaiko nifamory miaraka ny lahiantitra rehetra izay afaka mitondra fiadiana, ary koa ny zatovolahiko rehetra izay afaka mitondra fiadiana mba handeha hiady amin' ny Lamanita; ary dia napetrako araka ny filaharany izy ireo, ny olona tsirairay arakaraka ny taonany avy.

10 Ary ny zava-nitranga dia nandeha niakatra izahay hiady

amin' ny Lamanita; ary izaho na dia tao amin' ny fahanterako aza, dia nandeha niakatra hiady amin' ny Lamanita. Ary ny zava-nitranga dia nandeha niakatra tamin' ny "herin' ny Tompo izahay mba hiady.

11 Ankehitriny, ny Lamanita dia tsy nahalala na inona na inona ny momba ny Tompo, na ny herin' ny Tompo, noho izany izy dia niantehitra tamin' ny herin' ny tenany ihany. Saingy vahoaka matanjaka izy raha ny herim-batana.

12 Olona "baribariana sy lozabe ary lian-drà izy, nino ny" fombandrazany izay toy izao—Mino fa noroahina hiala ny tanin' i Jerosalema izy noho ny heloky ny razany, fa nampiaretin' ny rahalahiny ny tsy rariny izy tany an-tany foana ary nampiaretna ny tsy rariny koa izy raha nita ny ranomasina;

13 Ary koa, fa niaritra ny tsy rariny izy raha teo amin' ny tany lovany "voalohany taorian' ny nitany ny ranomasina, ary izany rehetra izany dia noho i Nefia nahatoky kokoa tamin' ny fitandremana ny didin' ny Tompo—noho izany izy dia" nankasitahan' ny Tompo, fa nandre ny fivavany ny Tompo ary namaly ireny, ary nandray ny fitarihana ny diany tany an-tany foana.

14 Ary ny rahalahiny dia nisafoaka taminy noho izy ireo "tsy nahatakatra ny fitondran' ny Tompo; ary izy ireo koa dia" ni-

7a Môsià 11:12.
8a Jarôma 1:8.
b Almà 3:4-5.
10a TSM Matoky.

12a Almà 17:14.
b 2 Ne. 5:1-3.
13a 1 Ne. 18:23.
b 1 Ne. 17:35.

14a 1 Ne. 15:7-11.
b 1 Ne. 18:10-11.

safaoka taminy teny ambony rano noho izy ireo nanamafy ny fony tamin' ny Tompo.

15 Ary koa, nisafaoka taminy izy ireo nony efa tonga tany amin' ny tany nampanantenaina, satria nolaizain' izy ireo fa efa norombahiny ny "fifehezana ny olona teo an-tànan' izy ireo; ary nokatsahin' izy ireo ny hamono azy.

16 Ary koa, izy ireo dia nisafaoka taminy, satria niainga izy nankany an-tany foana araka ny efa nandidian' ny Tompo azy ary naka ny "rakitsoratra izay voasokitra teo amin' ny takela-barahina, satria nolazain' izy ireo fa ^bnorobainy izy ireo.

17 Ary dia toy izany no efa nampianarin' izy ireo ny zanany mba hankahalany azy, satria tokony hovanoiny izy, satria tokony horobainy sy hobaboiny ny fananany ary hataony izay rehetra azony atao hamongorana azy; koa nananany ny fankahalana mandrakizay ny zanak' i Nefia.

18 Fa izany no tena antony namitahan' i Lamàna mpanjaka ahy tamin' ny hafetseny sy ny hakingany mandainga ary ny fampanantenany poak' aty, hany ka efa nentiko niakatra nankamin' ity tany ity ireto oloko ireto mba hahazoany mamongotra azy; eny, ary efa niaritra izay taona maro izay izahay teo amin' ny tany.

19 Ary ankehitriny, izaho Zenifa, rehefa avy nitantara izany zavatra rehetra momba ny

Lamanita izany tamin' ny oloko, dia namporisika azy handeha hiady amin' ny heriny, hametraka ny fitokiany ao amin' ny Tompo; koa niady taminy nifanatrika izahay.

20 Ary ny zava-nitranga dia natosikay indray izy hiala ny taninay, ary nandripaka azy tamin' ny fandranganana lehibe izahay, maro loatra aza ka tsy nisainay izany.

21 Ary ny zava-nitranga dia niverina indray teo amin' ny taninay izahay ary nanomboka indray nisahana ny biby fiompiny ny oloko ary namboly ny taniny.

22 Ary ankehitriny izaho, izay efa antitra, dia nanolotra ny fanjakany tamin' ny anankiray tamin' ny zanako lahy; noho izany aho dia tsy hiteny intsony. Ary ny Tompo anie hitahy ny oloko. Amena.

TOKO 11

Nanapaka tamin' ny faharatsiana i Noà Mpanjaka — Nanaram-po tao amin' ny fiainana baranahiny niaraka tamin' ny andefimandriny sy ny vaditsindranony izy — Naminany i Abinadia fa ny vahoaka dia havarina ho andevo — Nifofo ny ainy i Noà Mpanjaka. Tokony ho 160–150 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia natolotr' i Zenifa an' i Noà, anankiray tamin' ireo zanany lahy, ny fanjakana; noho izany dia nanomboka nanjaka teo amin' ny toerany i Noà; ary

tsy nandeha tamin' ny làlan' ny rainy izy.

2 Satria indro tsy nitandrana ny didin' Andriamanitra izy fa nandeha kosa araka ny fanirian' ny fony ihany. Ary nanana andefimandry sy "vaditsindrano maro izy. Ary izy no ^bnahatonga ny vahoaka hanota sy hanao izay fahavetavetana teo imason' ny Tompo. Eny, izy ireo dia nahavita ^dfijangajangana sy karazam-paharatsiana rehetra.

3 Ary nampandoa hetra izy, dia ny ampahadiminy tamin' ny rehetra nananany, ny ampahadiminy tamin' ny volamena ny sy tamin' ny volafotsiny, ary ny ampahadiminy tamin' ny "zifany sy ny varahinamenany, ary tamin' ny varahiny sy ny viny; ary ny ampahadiminy tamin' ny zanak' ombiny mifahy; ary koa ny ampahadiminy tamin' ny voamainany rehetra.

4 Ary izany rehetra izany no nalainy dia ny hamelomany ny tenany sy ny andefimandry ary ny vaditsindranony, ary koa ny mpisorony sy ny andefimandry ary ny vaditsindranony; dia toy izany no efa nanovany ny raharaha tao amin' ny fanjakana.

5 Fa naongany ny mpisorona rehetra izay efa nohamasinindrainy ary nanamasina olombaovao teo amin' ny toerany izy, toy ireo izay efa nanandra-tena tao amin' ny avonavon' ny fony.

6 Eny, ary dia toy izany no na-

melomana azy ireny, tao amin' ny hakamoany sy tao amin' ny fanompoan-tsampiny ary tao amin' ny fijangajangany, tamin' ny alalan' ny hetra izay nampandoavin' i Noà mpanjaka ny olony; dia toy izany no niasan' ny vahoaka fatratra tokoa mba hanohana ny heloka.

7 Eny, ary izy ireo koa dia nanjary mpanompo sampy noho izy ireo voafitaka tamin' ny teny poak' aty sy manasohason' ny mpanjaka sy ny mpisorona; satria izy ireny dia nilaza zavatra manasohaso taminy.

8 Ary ny zava-nitranga dia nanorina trano maro sady kanto no makadiry i Noà mpanjaka; ary ireny dia noravahiny tamina asa rafitra voakaly sy tamin' ireo karazan-java-tsarobidy rehetra, tamin' ny volamena sy tamin' ny volafotsy ary tamin' ny vy sy tamin' ny varahina ary tamin' ny zifa sy tamin' ny varahinamena;

9 Ary naoriny ho azy koa ny lapa iray malalaka sy ny seza fiandrianana iray teo afovoany, ary izany rehetra izany dia vita tamin' ny hazo sarobidy sy voaravaka volamena ary volafotsy sy zava-tsarobidy.

10 Ary nataony koa izay hahantontosan' ny mpiasany ny karazan' asa voakaly rehetra tamin' ny aty rindrin' ny tempoly, tamin' ny hazo sarobidy sy tamin' ny varahinamena ary tamin' ny varahina.

11 Ary ireo fitoerana izay nato-

11 2a Jakôba 3:5.
b 1 Mpan. 14:15–16;
Môsià 29:31.
d 2 Ne. 28:15.

3a HEB. teny mitovy aminy: mpamari-toetra, "mamirapiratra";

matoanteny, "lalorina na rakofana vy."

kana ho an' ny mpisorona avo izay ambony noho ny fitoerana hafa rehetra, dia noravahiny volamena tsy misy fangarony; ary nasainy natsangana teo anoloan' izy ireo ny arofanina mba hahafahany mampiankina ny tenany sy ny sandriny amin' izany, rehefa hanao teny mandainga sy poak' aty amin' ny olony izy ireo.

12 Ary ny zava-nitranga dia naoriny ny "tilikambo iray teo akaikin' ny tempoly; eny, tili-kambo iray tena avo, avo loatra aza ka azony natao ny nijoro teo amboniny sy nitsinjo ny tanin' i Silôma sy ny tanin' i Semlôna koa, izay nozakain' ny Lamanita; ary azony natao na dia ny nita-zana ny tany manodidina aza.

13 Ary ny zava-nitranga dia nasainy naorina tao an-tanin' i Silôma ny trano maro; ary nasainy naorina ny tilikambo lehibe iray teo amin' ny havoana avatraty ny tanin' i Silôma, izay toeram-pialokalofana ho an' ny zanak' i Nefia tamin' ny fotoana nandosirany niala ny tany; ary dia toy izany no nataony tamin' ny harena izay azony tamin' ny fampandoavan-ketra ny olony.

14 Ary ny zava-nitranga dia napetrany tamin' ny harenny ny fony ary nolaniany tamin' ny fiainana baranahiny niaraka tamin' ny andefimandriny sy vadsindranony ny fotoany; ary torak' izany koa ny mpisorony dia nandany ny fotoany niaraka tamin' ny vehivavy janga.

15 Ary ny zava-nitranga dia

nanao tanimboly manodidina ny tany izy; ary namboatra famiazam-boaloboka sy nanao divay betsaka; ary noho izany dia nanjary "mpiboboka divay izy, ary ny olony koa.

16 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nanafika ny olony ny Lamanita, namely ny vitsy an' isa sy namono azy teny antsahany, raha mbola niandry ny biby fiompiny izy.

17 Ary nandefa mpiambina manodidina ny tany i Noà mpanjaka mba hampandositra azy; nefa tsy ampy ny isan' ny olona nalefany, ary dia nanatratra azy ny Lamanita ary namono azy ary nandroaka ny maro tamin' ny biby fiompiny hivoaka ny tany; dia toy izany no nanombohan' ny Lamanita namongotra azy sy nampihatra ny fankahalany azy.

18 Ary ny zava-nitranga dia nandefa ny miaramilany hano-hitra azy i Noà mpanjaka ary na izy voatosika azy haverina na izy nahatosika azy handritra ny fotoana fohy; noho izany dia niverina izy nifaly noho ny fananana nobaboiny.

19 Ary ankehitriny, noho izany fandresena lehibe izany dia efa tafasondrotra tao amin' ny avonavon' ny fony izy; fa izy dia "nirehareha tamin' ny herin' ny tenany ihany, nilaza fa ny dimampolo lahy aminy dia afaka mifanandrina amin' ny an' arivony amin' ny Lamanita; ary dia toy izany no nireharehany, ary izy dia finaritra tamin' ny ra

sy ny fandatsahana ny ran' ny rahalahiny, ary izany dia noho ny faharatsian' ny mpanjakan' ny mpisorony.

20 Ary ny zava-nitranga dia nisy lehilahy iray teo aminy, izay i "Abinadia no anarany; ary nandeha teo anivony izy sy namboka naminany, nanao hoe: Indro, izao no lazain' ny Tompo, ary izao no efa nandidiany ahy, manao hoe: Mandehana ary lazao amin' ity vahoaka ity hoe, izao no lazain' ny Tompo—Lozan' ity vahoaka ity, fa efa hitako ny fahavetavetany sy ny faharatsiany ary ny fijangajangany; ary raha tsy mibebaka izy, dia hamangy azy amin' ny fahatezerako Aho.

21 Ary raha tsy mibebaka izy ary mitodika amin' ny Tompo Andriamaniny, dia indro, Izaho hanolotra azy ho eo an-tànan' ny fahavalony; eny, ary dia havarina any amin' ny "fanandevozana izy; ary hampahorian' ny tànan' ny fahavalony izy.

22 Ary ny zavatra hitranga, dia ho fantany fa Izaho no Tompo Andriamaniny ary Izaho dia Andriamanitra "saro-piaro ka mamaly ny heloky ny oloko.

23 Ary ny zavatra hitranga, raha tsy mibebaka ity vahoaka ity sy mitodika amin' ny Tompo Andriamaniny, dia havarina any amin' ny fanandevozana izy; ary tsy hisy hanafaka azy afa-tsy ny Tompo Andriamanitra Tsitoha.

24 Eny, ary ny zavatra hitranga

rehefa hitalaho Amiko izy, dia "hitaredretra Aho handre ny fitarainany; eny, ary Izaho hamela azy hokapohin' ny fahavalony.

25 Ary raha tsy mibebaka amin' ny lamba fisaonana sy ny lavenona izy ary mahery mitalaho tokoa amin' ny Tompo Andriamaniny, dia tsy "handre ny fivavany Aho sady tsy hanafaka azy hiala amin' ny fahoriany; ary dia izany no lazain' ny Tompo, ary dia izany no efa nandidiany ahy.

26 Ankehitriny, ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo taminy i Abinadia, dia nisafoaka taminy izy ary nika-tsaka ny hanala ny ainy; fa ny Tompo kosa nanafaka azy teo an-tànany.

27 Ankehitriny, rehefa nandre ny teny izay efa nolazain' i Abinadia tamin' ny vahoaka i Noà mpanjaka dia nisafoaka koa izy; ary hoy izy: Iza moa i Abinadia no hitsara ahy sy ny oloko, na "iza moa ny Tompo izay hitondra eo amin' ny oloko izany fahoriana lehibe izany?

28 Mandidy anareo aho hitondra an' i Abinadia atỳ mba hahazoako mamono azy, fa efa nolazainy ireo zavatra ireo izay hahazoany mamoky ny oloko mba hifampitezitra izy samy izy ary hanangana fifandirana eo anivon' ny oloko; noho izany dia hovonoiko izy.

29 Ankehitriny dia "nohajambaina ny mason' ny olona; noho

20a TSM Abinadia.

21a Môsià 12:2; 20:21;
21:13–15; 23:21–23.

22a Eks. 20:5;

Deot. 6:15;

Môsià 13:13.

24a Mika 3:4;

Môsià 21:15.

25a Isa. 1:15; 59:2.

27a Eks. 5:2;

Môsià 12:13.

29a Mos. 4:4.

izany izy dia ^bnanamafy ny fony tamin' ny tenin' i Abinadia, ary hatramin' izay fotoana izay dia nikatsaka ny hisambotra azy izy. Ary i Noà mpanjaka dia nanamafy ny fony tamin' ny tenin' ny Tompo sy tsy nibebaka tamin' ny ratsy fanaony.

TOKO 12

Naiditra am-ponja i Abinadia noho ny faminiana ny hamongorana ny vahoaka sy ny fahafatesan' i Noà Mpanjaka — Nitansa ny soratra masina ny mpisorona sandoka ary nihambo ho mitandrana ny lalàn' i Mosesy — Nanomboka nampianatra azy ireo ny Didy Folo i Abinadia. Tokony ho 148 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, rehefa afaka roa taona, dia tonga teo aminy i Abinadia rehefa nano-va ny fisehoany ivelany, ka tsy fantany izy, ary dia nanomboka naminany teo anivony izy, nanao hoe: Izao no efa nandidian' ny Tompo ahy, manao hoe — Ry Abinadia, mandehana ary maminania amin' ity vahoakako ity fa efa nanamafy ny fony tamin' ny teniko izy; tsy nibebaka tamin' ny ratsy fanaony izy; koa "hamangy azy amin' ny fahatezerako Aho, eny, amin' ny fahatezerako mirehitra no hamangiako azy ao amin' ny helony sy ny fahavetavetany.

2 Eny, lozan' ity taranaka ity!

Ary hoy ny Tompo tamiko: Ahinjiro ny tanao ary maminania manao hoe: Izao no lazain' ny Tompo, ny zavatra hitranga dia havarina any amin' ny "fanandevozana ity taranaka ity noho ny helony ary hasiana tehamaina ny ^btakolany; eny, ary hoenjehin' ny olona sy hovo-voina; ary ny voltoran' ny habakabaka sy ny amboa, eny, ary ny bibidia no hambosibosika ny nofony.

3 Ary ny zavatra hitranga, dia hotombanana toy ny fitafiana ao anaty "memy mahamay ny ^bain' i Noà mpanjaka; ka ho fantany fa Izaho no Tompo.

4 Ary ny zavatra hitranga, dia hamely ity vahoakako ity amin' ny fahoriana mangidy Aho, eny, amin' ny mosary sy amin' ny "areti-mandringana; ary hataoko izay ^bhidradradradrany mandritra ny manontolo andro.

5 Eny, ary hataoko izay hitondrany "enta-mavesatra mifatotra eo an-damosiny; ary horoahina toy ny boriky moana izy.

6 Ary ny zavatra hitranga, dia halefako aminy ny havandra, ary hamely azy izany; ary hasian' ny "rivotra avy any atsinanana izy; ary hanimba ny taniny koa ny ^bbibikely ary hihinana ny voaminany.

7 Ary hasian' ny areti-mandringana lehibe izy — ary izany rehetra izany no ataoko, dia noho ny "helony sy ny fahavetavetany.

29b Almà 33:20;
Etera 11:13.

12 1a Isa. 65:6.

2a Môsià 11:21; 20:21;
21:13-15; 23:21-23.

b Môsià 21:3-4.

3a Môsià 19:20.

b Môsià 12:10.

4a F&F 97:26.

b Môsià 21:9-10.

5a Môsià 21:3.

6a Jer. 18:17;

Môsià 7:31.

b Eks. 10:1-12.

7a F&F 3:18.

8 Ary ny zavatra hitranga, raha tsy mibebaka izy, dia “horinganiko tanteraka sy ho eto ambonin’ ny tany izy; kanefa dia hamela ^brakitsoratra iray izy, ary hotehiriziko izany ho an’ ny firenena hafa izay hizaka ny tany; eny, ary izany no ataoko dia ny hahazoako mampiharihary ny fahavetavetan’ ity vahoaka ity amin’ ny firenen-kafa. Ary maro ny zavatra naminanian’ i Abinadia tamin’ ity vahoaka ity.

9 Ary ny zava-nitranga dia tezitra taminy izy; ary naka azy izy ary nitondra azy nifatotra teo anoloan’ ny mpanjaka sy niteny tamin’ ny mpanjaka hoe: Indro, entinay eto anoloanao ny lehilahy iray izay efa naminany loza momba ny olonao sy nilaza fa Andriamanitra dia handringana azy.

10 Ary maminany loza momba ny ainao izy, ary milaza fa ny ainao dia ho toy ny fitafiana ao anaty memy mirehitra afo.

11 Ary koa, milaza izy fa ianao dia ho toy ny taho, dia ny taho maina eny an-tsaha, izay itsahin’ ny biby sady hosen’ ny tongotra.

12 Ary koa, milaza izy fa ianao dia ho toy ny vonin’ ny tsilo, izay rehefa vaky vony tanteraka, raha mitsoka ny rivotra, dia indaosiny miparitaka eo ambonin’ ny tany. Ary mihambo izy fa Andriamanitra no efa nilaza izany. Ary milaza izy fa izany rehetra izany no ho tonga aminao raha tsy mibebaka ianao, ary izany dia noho ny helokao.

13 Ary ankehitriny, ry mpan-

jaka, inona no antambo lehibe efa vitanao, na inona no fahotana lehibe efa nataon’ ny olonao ka hahatonga antsika hohelohin’ Andriamanitra na hotsarain’ ity lehilahy ity?

14 Ary ankehitriny, ry mpanjaka, indro tsy meloka isika, ary ianao, ry mpanjaka, dia tsy nanao; noho izany, ity lehilahy ity dia efa nandainga momba anao, ary zava-poana ny faminaniany.

15 Ary indro isika dia matanjaka, tsy havarina any amin’ ny fanandevozana, na hoentina ho babon’ ny fahavalontsika; eny, ary efa niroborobo tamin’ ny tany ianao, ary ianao dia hiroborobo ihany koa.

16 Indro, ity izany lehilahy izany, atolotray eo an-tànanao izy mba hahazoanao manao aminy araka izay heverinao fa mety.

17 Ary ny zava-nitranga dia nasain’ i Noà mpanjaka naiditra am-ponja i Abinadia; ary nandidy ny “mpisorona izy hiara-mifamory hahazoany mila-hevitra miaraka amin’ izy ireo ny amin’ ny tokony hataony aminy.

18 Ary ny zava-nitranga dia hoy ireo tamin’ ny mpanjaka: Ento atỳ izy mba hahazoanay manontany azy; ary nandidy ny mpanjaka ny hitondrana azy eo anoloany.

19 Ary izy ireo dia rafitra nantontany azy mba hahazoany mampisahotaka azy fa amin’ izany no mety hananany izay hiampangana azy, nefa dia namaly azy ireo tamim-pahasahiana tokoa izy ary nahatohitra

ny fanontaniana rehetra nataony, eny, ka talanjona izy ireo; satria "notoheriny izy ireo tamin' ny fanontaniana rehetra nataon' izy ireo, ary nampangaihaiziny izy ireo tamin' ny teny rehetra nataony.

20 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny iray taminy nanao hoe: Inona no hevitriny ny teny izay voasoratra sy izay efa nampianarin' ny razantsika, manao hoe:

21 "Akory ny hatsaran' ny tongotr' iry izay mitondra vaovao mahafaly eny an-tendrombohitra; izay mitory fiadanana; izay mitondra teny soa mahafaly; izay mitory famonjena; izay manao amin' i Ziona hoe: Manjaka ny Andriamanitrao;

22 Ny mpitilinao hanandrapeo; hiray feo izy ireo ka hihira; fa hahita mifanatri-maso izy ireo, rehefa haverin' ny Tompo indray i Ziona;

23 Velomy ny hoby; miara-mihira ianareo ry toerana rava ao Jerosalema; fa ny Tompo efa nampionona ny olony, efa nanao an' i Jerosalema Izy;

24 Ny Tompo efa nampitanjaka ny "sandrin' masina teo imason' ny firenen-drehetra, ary ny faran' ny tany rehetra hahita ny famonjen' ny Andriamanitsika?

25 Ary ankehitriny dia hoy i Abinadia taminy: Moa "mpisorona va ianareo ary mihambo ho mampianatra ity vahoaka ity sy mahatakatra ny fanahin' ny faminiana, kanefa dia maniry

ny hahafantatra avy amiko ny hevitr' ireo zavatra ireo?

26 Lazaiko aminareo, lozana-reo izay mamilivily ny lalàn' ny Tompo! Fa raha takatrareo ireo zavatra ireo, dia tsy nampianarinareo ireo; koa efa navilivilinareo ny lalàn' ny Tompo.

27 Tsy nilofo tamin' ny "fahalalana ny fonareo, noho izany ianareo dia tsy manam-pahendrena. Koa, inona no ampianarinareo ity vahoaka ity?

28 Ary hoy ireo: Mampianatra ny lalàn' i Mosesy izahay.

29 Ary hoy indray izy taminy: Raha mampianatra ny "lalàn' i Mosesy ianareo, nahoana ianareo no tsy mitandrina izany? Nahoana ianareo no mametraka ny fonareo amin' ny harena? Nahoana ianareo no mijangajanga sy mandany ny herinareo amin' ny vehivavy janga, eny, ary manao izay hanotan' ity vahoaka ity, hany ka manana antony hanirahana ahy ny Tompo mba haminany amin' ity vahoaka ity, eny, dia antambo lehibe ho an' ity vahoaka ity izany?

30 Tsy fantatrareo va fa milaza ny marina aho? Eny, fantatrareo fa milaza ny marina aho; ary ianareo dia tokony hangovitra eo anoloan' Andriamanitra.

31 Ary ny zavatra hitranga dia hokapohina ianareo noho ny helokareo, satria efa nolazainareo fa mampianatra ny lalàn' i Mosesy ianareo. Ary inona no fantatrareo momba

19a F&F 100:5-6.

21a Isa. 52:7-10;
Naho. 1:15.

24a 1 Ne. 22:11.

25a Môsià 11:5.

27a TSM Fahatakarana.

29a TSM Lalàn' i Mosesy.

b TSM Fanitsakitsahambady.

ny lalàn' i Mosesy? “Moa va ny famonjena tonga amin' ny alalan' ny lalàn' i Mosesy? Inona no lazainareo?

32 Ary namaly sy nilaza izy ireo fa ny famonjena dia tonga amin' ny alalan' ny lalàn' i Mosesy.

33 Nefa ankehitriny, dia hoy i Abinadia taminy: Fantatro fa raha tandremanareo ny didin' Andriamanitra, dia hovonjena ianareo; eny, raha tandremanareo ny didy izay natolotry ny Tompo an' i Mosesy tao antendrombohitr' i “Sinay, manao hoe:

34 “Izaho no Tompo Andriamanitrao izay efa ^bnitondra anao niala avy tany amin' ny tany Egipta, niala ny tranon' ny fanandevozana.

35 Ianao dia tsy hanana “Andriamani-kafa eo anoloako.

36 Ianao dia tsy hanao sarinjavatra voasokitra ho anao, izay mety hitovy na amin' ny zavatra eny amin' ny lanitra ambony, na amin' ny zavatra izay etỳ amin' ny tany ambany.

37 Ankehitriny dia hoy i Abinadia taminy: Moa efa nahavita izany rehetra izany va ianareo? Lazaiko aminareo, Tsia, tsy nahavita izany ianareo. Ary moa va efa “nampianarinareo ity vahoaka ity ny tokony hanaovany ireo zavatra rehetra ireo? Lazaiko aminareo, Tsia, tsy nampianarinareo izany.

TOKO 13

Narovan' ny herin' Andriamanitra i Abinadia—Nampianatra ny Didy Folo izy—Tsy amin' ny alalan' ny lalàn' i Mosesy irery no hiavian' ny famonjena—Izy Andriamanitra tenany mihitsy no hanao ny sorompanavotana sy hanavotra ny olony. Tokony ho 148 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, nony efa nandre ireo teny ireo ny mpanjaka, dia hoy izy tamin' ny mpisorony: Ento any io olona io, ary vonoy izy; fa inona moa no azontsika atao aminy, fa efa adala izy.

2 Ary nitsangana izy ireo ary nanandrana ny haninjitra ny tànany taminy; fa saingy notohery izy ireo, ary hoy izy taminy hoe:

3 Aza mikasika ahy fa hamely anareo Andriamanitra raha maninjitra ny tananareo amiko ianareo, satria tsy mbola nahalaza ny hafatra izay nanirahan' ny Tompo ahy holazaina aho; sady tsy mbola niteny taminareo izay “nangatahinareo hoteneniko; koa tsy havelan' Andriamanitra ho faty aho amin' izao fotoana izao.

4 Nefa izaho dia tsy maintsy manatanteraka ny didy izay efa nandidian' Andriamanitra ahy; ary satria efa nilaza ny marina taminareo aho dia tezitra amiko ianareo. Ary koa, satria efa nila-

31a Môsià 3:15; 13:27–32;
Almà 25:16.

33a Eks. 19:9, 16–20;
Môsià 13:5.

34a Eks. 20:2–4.

b Eks. 12:51;
1 Ne. 17:40;
Môsià 7:19.

35a Hosea 13:4.

TSM Fanompoan-

tsampy.
37a Môsià 13:25–26.
13 3a Môsià 12:20–24.

za ny tenin' Andriamanitra aho dia efa notsarainareo ho adala.

5 Ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Abinadia, dia tsy sahy naninjitra ny tãnany tamin' ny olon' i Noà mpanjaka, satria tao aminy ny Fanahin' ny Tompo; ary "namirapiratan' ny hazavana fatratra ny tavany, toy ny an' i Mosesy raha mbola tao an-tendrombohitr' i Sinay izy, ka mbola niresaka tamin' ny Tompo.

6 Ary niteny tamin-"kery sy fahefana avy tamin' Andriamanitra izy; ary nanohy ny teniny izy nanao hoe:

7 Hitanareo fa tsy manan-kery hamono ahy ianareo, noho izany dia faranako ny hafatro. Eny, ary takatro fa "mandrasarasa ny fonareo izany, satria milaza aminareo ny marina momba ny helokareo aho.

8 Eny, ary ny teniko dia mame-no fahagagana sy fitalanjonana ary fahatezerana anareo.

9 Nefa faranako ny hafatro; ary tsy ahoako amin' izany izay halehako, raha toa ka voavonjy aho.

10 Nefa izao ihany no lazaiko aminareo, izay ataonareo amiko aorian' izao dia ho toy ny "fambara sy tandindon' ny zavatra izay ho avy.

11 Ary ankehitriny, vakiako aminareo ny sisa tavela tamin' ny "didin' Andriamanitra, satria tsapako fa tsy voasoratra ao amponareo izany; takatro fa efa nianatra sy nampianatra heloka

ianareo nandritra ny androatokom-piainanareo.

12 Ary ankehitriny, tsaroanareo izay nolazaiko taminareo hoe: Ianao dia tsy hanao sarin-javatra voasokitra ho anao, izay mety hitovy amin' ny zavatra izay eny amin' ny lanitra ambony, na izay etỳ amin' ny tany ambany, na izay any amin' ny rano ambanin' ny tany.

13 Ary koa: Ianao dia tsy hiankohoka eo anatrehany sady tsy hanompo azy; fa Izaho Tompo Andriamanitrao dia Andriamanitra saro-piaro, izay mamaly ny heloky ny ray amin' ny zanaka, hatrany amin' ny zafiafy sy ny zafindohalika amin' izay mankahala Ahy;

14 Ary mampiseho famindram-po amin' ny an' arivony izay tia Ahy sy mitandrina ny didiko.

15 Ianao dia tsy hanonononopoana ny anaran' ny Tompo Andriamanitrao; fa tsy havelan' ny Tompo ho tsy manan-tsiny izay manonononom-poana ny anarany.

16 Mahatsiarova ny andro "sabata hanamasina azy.

17 Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra;

18 Fa ny andro fahafito kosa dia sabatan' ny Tompo Andriamanitrao, ka ianao dia tsy hanao raharaha, na ianao, na ny zanaka lahy, na ny zanaka vavy, na ny mpanompolahinao, na ny mpanompovavinao, na ny biby fiompinao, na ny vahininao izay tafiditra ny vavahadinao;

5a Eks. 34:29-35.
6a TSM Hery.
7a 1 Ne. 16:2.

10a Môsià 17:13-19;
Almà 25:10.
11a Eks. 20:1-17.

16a TSM Andro Sabata.

19 Fa “henemana no nanaovan’ ny Tompo ny lanitra sy ny tany, ary ny ranomasina sy izay rehe-tra ao aminy; izany no nitahin’ ny Tompo ny andro sabata sy nanamasinany azy.

20 “Manajà ny rainao sy ny reninao mba ho lava ny andronao eo amin’ ny tany izay omen’ ny Tompo Andriamanitrao anao.

21 Ianao dia tsy “hamono olona.

22 Ianao dia tsy “hijangajanga. Ianao dia tsy ^bhangalatra.

23 Ianao dia tsy hijoro ho “va-volombelona mandainga hano-hitra ny namanao.

24 Ianao dia tsy “hitsiriritra ny tranon’ ny namanao, ianao dia tsy hitsiriritra ny vadin’ ny namanao, na ny mpanompolahiny, na ny mpanompovaviny, na ny ombiny, na ny borikiny, na izay mety ho an’ ny namanao.

25 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namarana izany filazana izany i Abinadia, dia hoy izy taminy: Moa efa nampianarinareo ity vahoaka ity va fa tokony hoezahany ny hanatanteraka ireo zavatra rehetra ireo mba ho fitandremana ireo didy ireo?

26 Lazaiko aminareo, Tsia; fa raha nataonareo izany, dia tsy ho nanao izay hivoahako sy haminaniako antambo momba ity vahoaka ity ny Tompo.

27 Ary ankehitriny efa nolazainareo fa ny famonjena dia tonga amin’ ny alalan’ ny lalàn’ i Mosesy. Lazaiko aminareo fa ilaina aloha izao ny hitandremanareo ny “lalàn’ i Mosesy; nefa lazaiko aminareo fa ho avy ny fotoana izay ^btsy ilana intsony ny hitandremana ny lalàn’ i Mosesy.

28 Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo fa ny “famonjena dia tsy tonga amin’ ny alalan’ ny ^blalàna samirery; ary raha tsy nisy ny ^dsorompanavotana izay Izy Andriamanitra tenany mi-hitsy no hanatanteraka izany noho ny fahotany sy ny heloky ny olony, dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy ho nahafaty azy ireo, na dia teo aza ny lalàn’ i Mosesy.

29 Ary ankehitriny lazaiko aminareo fa nilaina ny nisian’ ny lalàna nomena ny zanak’ i Isiraely, eny, na dia “lalàna tena henjana aza izany; satria olona mafy hatoka izy, ^bmailaka amin’ ny fanaovana heloka ary mitandretra amin’ ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny;

30 Noho izany dia nisy ny lalàna nomena azy, eny, dia ny “lalàn’ ny fombam-pivavahana sy ny ^bôrdônansy, dia lalàna izay tsy maintsy “narahiny ara-bakiteny isan’ andro isan’ andro mba hitehirizana azy ao amin’

19a Gen. 1:31.

20a Mar. 7:10.

21a Mat. 5:21–22;

F&F 42:18.

TSM Famonoan’

Olona.

22a TSM Fanitsakitsahambady.

^b TSM Mangalatra.

23a Ohab. 24:28.

TSM Lainga.

24a TSM Mitsiriritra.

27a TSM Lalàn’ i Mosesy.

^b 3 Ne. 9:19–20; 15:4–5.

28a Gal. 2:16.

TSM Fanavotana;

Famonjena.

^b Gal. 2:21;

Môsià 3:14–15;

Almà 25:15–16.

^d TSM Sorompanavotana.

29a Jos. 1:7–8.

^b Almà 46:8.

30a Eks. 20.

^b TSM Ôrdônansy.

^d Jakôba 4:5.

ny fahatsiarovana an' Andriamanitra sy ny adidiny Aminy.

31 Nefa indro, lazaiko aminareo, fa izany zavatra rehetra izany dia "tandindon' ny zavatra ho avy.

32 Ary ankehitriny, moa nahatakatra ny lalàna va izy? Lazaiko aminareo, Tsia, tsy nahatakatra ny lalàna izy rehetra; ary izany dia noho ny hamafin' ny fony; satria tsy nahatakatra izy fa tsy mety hisy olona azo vonjena "raha tsy amin' ny alàlan' ny fanavotan' Andriamanitra.

33 Fa indro, moa va i Mosesy tsy naminany taminy ny amin' ny fiavian' ny Mesia, ary Andriamanitra no hanavotra ny olony? Eny, ary na dia ny "mpaminany rehetra izay efa naminany hatry ny niandohan' izao tontolo izao aza—moa va izy ireny tsy efa niteny misimisy na fohifohy ny momba ireo zavatra ireo?

34 Moa tsy efa niteny va izy ireny fa Izy "Andriamanitra tenany mihitsy no hidina eo anivon' ny zanak' olombelona sy haka eo Aminy ny endrik' olombelona, ary handeha aminkery sy fahefana eto ambonin' ny tany?

35 Eny, ary moa tsy efa niteny koa va izy ireny fa Izy no hanatanteraka ny "fitsanganana amin' ny maty ary Izy tenany dia hampahoriana sy hampijaliana?

TOKO 14

Niteny ho an' ny Mesia i Isaia — Naharihary ny fanivaivana sy ny fahorian' ny Mesia — Nanolotra ny fanahiny Izy ho fanatitra noho ny fahotana ary nanao fanalalanana ho an' ny mpandika lalàna — Ampitahao amin' Isaia 53. Tokony ho 148 talohan' i J.K.

ENY, ary moa va i Isaia tsy milaza hoe: Iza no nino ny tatitray, ary iza no anehoana ny sandrin' ny Tompo?

2 Fa Izy dia haniry eo anoloany toy ny zava-maniry tanora sy tahaka ny faka mitsimoka amin' ny tany karakaina; tsy manana endrika na hatsaran-tarehy Izy; ary rehefa hahita Azy isika dia tsy misy hatsarana haniriansika Azy.

3 Amavoina sy lavin' ny olona Izy; lehilahin' ny alahelo, sy zatra fahoriana; ary nafenintsika Taminy ny tavantsika; nohamavoina Izy ary tsy nanoantsika.

4 "Nitondra marina tokoa ny fahoriansika Izy ary nivesatra ny alahelontsika; kanefa isika dia nihevitra Azy ho novelezina sy nokapohin' Andriamanitra ary nampahoriana.

5 Nefa Izy dia noratraina noho ny "fandikantsika lalàna, notorotroina noho ny helotsika; ny famaizana nahatra taminy no nahazoantsika fiadanana;

31a Môsià 16:14;
Almà 25:15.
TSM Fanehoana an'
Ohatra.
32a 2 Ne. 25:23–25.

33a 1 Ne. 10:5;
Jakôba 4:4; 7:11.
34a Môsià 7:27; 15:1–3.
TSM Andriamanitra.
35a Isa. 26:19; 2 Ne. 2:8.

14 4a Almà 7:11–12.
b Mat. 8:17.
5a Môsià 15:9;
Almà 11:40.

ary ny dian-kapoka taminy no ^bnahasitrana antsika.

6 Isika rehetra dia samy efa naniaasia tahaka ny “ondry; samy efa nivily tamin’ ny lälany avy isika rehetra; ary efa nampihatra Taminy ny helotsika rehetra ny Tompo.

7 Nampijaliana sy nampahoriana Izy kanefa “tsy niloa-bava; nentina toy ny ^bzanak’ ondry hovanoina Izy, ary tahaka ny ondrivavy moana eo anoloan’ ny mpanety azy dia tsy niloa-bava Izy.

8 Nesorina niala ny tranomai-zina sy ny fitsarana Izy; ary iza no hanambara ny taranany? Fa nokapaina Izy hiala ny tanin’ ny velona; fa noho ny fandikan-dalän’ ny oloko no namelezana Azy.

9 Ary nataony niaraka tamin’ ny olon-dratsy ny fasany, ary niaraka tamin’ ny “mpanankarena ny fatiny; satria Izy dia tsy nanao ^bratsy sady tsy nisy fitaka teo am-bavany.

10 Kanefa sitraky ny Tompo ny hanorotoro Azy; Izy dia efa nametraka Azy tao amin’ ny fahoriana; rehefa hanolotra ny fanahiny ianao ho fanatitra noho ny fahotana, dia hahita ny “taranany Izy ary hanalava ny androny Izy, ary ny fahafinaretan’ ny

Tompo dia hiroborobo eo antänany.

11 Hahita ny fijalian’ ny fanahiny Izy ary ho afa-po; amin’ ny fahalalany no hanamarinan’ ny mpanompoko marina ny maro; fa “hitondra ny helony Izy.

12 Noho izany Aho dia hanome ny anjarany miaraka amin’ ny lehibe, ary Izy dia hizara babo miaraka amin’ ny mahery; fa efa naidiny hatrany amin’ ny fahafatesana ny fanahiny; ary efa natao ho isan’ ny mpandika lälana Izy; ary nitondra ny fahotan’ ny maro Izy sy nanao “fanalalanana ho an’ ny mpandika lälana.

TOKO 15

Ny maha-Ray sy Zanaka an’ i Kristy — Izy no hanao fanalalanana sy hitondra ny fandikan-dalän’ ny olony — Izy ireo sy ny mpaminany masina rehetra no taranany — Nanatantarakana ny fitsanganana amin’ ny maty Izy — Ny fahazoan’ ny ankizy madinika fiainana mandrakizay. Tokony ho 148 talohan’ i j.k.

ARY ankehitriny dia hoy i Abinadia taminy: Mba tiako ny hahatakaranareo fa Izy “Andriamanitra tenany mihitsy no hidina eo anivon’ ny zanak’ olombelona ary ^bhanavotra ny olony.

2 Ary satria “mitoetra ao amin’

5b 1 Pet. 2:24–25.

6a Mat. 9:36;

2 Ne. 28:14;

Almä 5:37.

7a Mar. 15:3.

tsm Jesoa Kristy.

b tsm Zanakondrin’

Andriamanitra;

Paska.

9a Mat. 27:57–60;

Mar. 15:27, 43–46.

tsm Josefa Avy any

Arimatia.

b Jao. 19:4.

10a Môsià 15:10–13.

11a Lev. 16:21–22;

1 Pet. 3:18;

F&F 19:16–19.

12a 2 Ne. 2:9;

Môsià 15:8;

Môrô. 7:27–28.

15 1a 1 Tim. 3:16;

Môsià 13:33–34.

tsm Jesoa Kristy.

b tsm Fanavotana.

2a Môsià 3:5; 7:27;

Almä 7:9–13.

ny nofo Izy, dia hantsoina hoe Zanak' Andriamanitra Izy, noho Izy nifehy ny nofo tamin' ny sitrapon' ny ^bRay, ka tonga Ray sy Zanaka —

3 Ray, "satria ^bnotorontoronina tamin' ny herin' Andriamanitra Izy; ary Zanaka, noho ny amin' ny nofo; noho izany dia tonga Ray sy Zanaka Izy —

4 Ary Andriamanitra "iray ihany ireo, eny, dia Ilay ^bRay "Mandrakizay tokoa an' ny lanitra sy ny tany.

5 Ary dia toy izany no nahatonga ny nofo ho voafehin' ny Fanahy, na ny Zanaka ho voafehin' ny Ray izay Andriamanitra iray "miaritra fakampanahy sy tsy resin' ny fakampanahy, fa mamela ny tenany kosa hotevatevaina sy ^bhokapohina, ary ho-roahina sy ^dholavin' ny olony.

6 Ary aorian' izany rehetra izany, ary aorian' ny hanaovany fahagagana mahery maro eo anivon' ny zanak' olombelona, dia hoentina Izy, eny, "araka ny tenin' i Isaia hoe, toy ny ondry moana eo anoloan' ny mpanety azy, dia tsy ^bniloa-bava Izy.

7 Eny dia hoentina toy izany Izy "hohomboana sy hovanoina, fa ny nofo dia efa zary fehezin' ny fahafatesana ary ny ^bsitra-

pon' ny Zanaka dia efa voatelina ao amin' ny sitrapon' ny Ray.

8 Ary dia toy izany no anapatapahan' Andriamanitra ny "famatoran' ny fahafatesana, rehefa azo ny ^bfandresena tamin' ny fahafatesana; ka manome fahefana ny Zanaka hanao "fanalalanana ho an' ny zanak' olombelona —

9 Rehefa niakatra any andanitra, ka manana ny kibon' ny famindram-po; heniky ny fangorahana ny zanak' olombelona; mijoro manelanelana azy sy ny fahamarinana; nanapatapaka ny famatoran' ny fahafatesana, ka efa nandray teo amin' ny "tenany ny helony sy ny fandikany lalana, nanavotra azy sy ^bnanefa ny fitakian' ny fahamarinana.

10 Ary ankehitriny lazaiko aminareo, iza no hilaza ny taranany? Indro, lazaiko aminareo fa rehefa avy natolotra ho fanatitra noho ny fahotany ny fanahiny, dia hahita ny "taranany Izy. Ary ankehitriny inona no lazainareo? Ary iza no ho taranany?

11 Indro, lazaiko aminareo fa na zovy na zovy no efa nandre ny tenin' ny "mpaminany, eny, ny mpaminany masina rehetra izay efa naminany ny amin' ny fiavin' ny Tompo—Lazaiko ami-

2b Isa. 64:8;
Jao. 10:30; 14:8-10;
Môsià 5:7;
Almà 11:38-39;
Etera 3:14.
3a F&F 93:4.
^b Lio. 1:31-33;
Môsià 3:8-9;
Almà 7:10; 3 Ne. 1:14.
4a Deot. 6:4;
Jao. 17:20-23.
TSM Andriamanitra.

^b Môsià 3:8; Hel. 14:12;
3 Ne. 9:15; Etera 4:7.
^d Almà 11:39.
5a Lio. 4:2; Heb. 4:14-15.
^b Jao. 19:1.
^d Mar. 8:31; Lio. 17:25.
6a Isa. 53:7.
^b Lio. 23:9; Jao. 19:9;
Môsià 14:7.
7a TSM Fanomboana.
^b Lio. 22:42; Jao. 6:38;
3 Ne. 11:11.

8a Môsià 16:7;
Almà 22:14.
^b Hosea 13:14;
2 Tan. 15:55-57.
^d 2 Ne. 2:9.
9a Isa. 53; Môsià 14:5-12.
^b TSM Sorompanavotana.
10a Isa. 53:10;
Môsià 5:7; 27:25;
Môrô. 7:19.
11a F&F 84:36-38.

nareo fa izay rehetra efa nandre ny tenin' izy ireny sy nino fa hanavotra ny olony ny Tompo ary efa niandrandra izany andro izany ho famelana ny fahotany, dia lazaiko aminareo fa ireo no taranany, na ireo no mpandova ny ^bfanjakan' Andriamanitra.

12 Fa izy ireo no ireo izay efa "nentiny ny fahotana; ho azy ireo no efa nahafaty Azy, mba hanavotra azy ireo amin' ny fandikany lalàna. Ary ankehitriny, moa va tsy taranany ireo?

13 Eny, ary moa va tsy izany ireo mpaminany, dia ny tsirairay izay efa niloa-bava haminany, izay tsy lavo tao amin' ny fandikan-dalàna, ny tiako holazaina dia ny mpaminany masina rehetra nisy hatry ny niandohan' izao tontolo izao? Lazaiko aminareo fa ireny no taranany.

14 Ary ireny no ireo izay efa nanambara fiadanana, izay efa nitondra teny soa mahafaly, izay efa "nanambara famonjena; ary niteny tamin' i Ziona hoe: Manjaka ny Andriamanitrao!

15 Ary, ô endrey ny hatsaran' ny tongony teny an-tendrombohitra!

16 Ary koa, endrey izany hatsaran' ny tongotr' ireo eny an-tendrombohitra izay mbola manambara fiadanana!

17 Ary koa, endrey ny hatsaran' ny tongotr' ireo eny an-tendrombohitra izay hanambara fiadanana rahatrizay, eny, hatramin'

izao fotoana izao ka ho mandrakizay!

18 Ary indro, lazaiko aminareo fa tsy izay ihany. Fa, ô endrey ny hatsaran' ny "tongotr' irỳ eny an-tendrombohitra izay mitondra vaovao mahafaly, izay mpanorina ^bfiadanana, eny, dia ny Tompo izay efa nanavotra ny olony; eny, dia Izy izay efa nanome ny famonjena ho an' ny olony;

19 Fa raha tsy nisy ny fanavotana izay efa nataony ho an' ny olony, izay efa nomanina hatry ny "fanorenana izao tontolo izao, lazaiko aminareo fa raha tsy nisy izany dia tsy maintsy ho efa ^bmaty ny olombelona rehetra.

20 Nefa indro, ny famatoran' ny fahafatesana dia hotapahina ary ny Zanaka dia manjaka sy manam-pahefana amin' ny maty; noho izany Izy dia manatontosa ny fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty.

21 Ary dia ho tonga ny fitsanganana amin' ny maty, dia ny "fitsanganana amin' ny maty voalohany izany; eny, dia ny fitsanganan' ireo izay efa lasana sy izay velona, ary izay ho velona amin' ny maty, mandrapitsangan' i Kristy amin' ny maty — fa izany no hiantsoana Azy.

22 Ary ankehitriny, ny fitsanganan' ny mpaminany rehetra amin' ny maty sy ireo rehetra izay nino ny tenin' izy ireny, na

11b TSM Fanjakan' Andriamanitra na Fanjakan' ny Lanitra; Famonjena.

12a Môsià 14:12; Almà 7:13; 11:40–41.

14a Isa. 52:7; Roma. 10:15; 1 Ne. 13:37; Môsià 12:21–24.

TSM Asa Fitoriana. 18a 3 Ne. 20:40;

F&F 128:19.
b Jao. 16:33.
TSM Fiadanana.
19a Môsià 4:6.
b 2 Ne. 9:6–13.
21a Almà 40:16–21.

ireo rehetra izay efa nitandrina ny didin' Andriamanitra, dia ho to amin' ny fitsanganana amin' ny maty voalohany; noho izany, dia ireo no fitsanganana amin' ny maty voalohany.

23 Atsangana ireo mba "hiarahonina amin' Andriamanitra izay efa nanavotra azy; dia toy izany no ananany fiainana mandrakizay amin' ny alalan' i Kristy izay efa ^bnanapatapaka ny famatoran' ny fahafatesana.

24 Ary izy ireo no ireo izay manana anjara amin' ny fitsanganana amin' ny maty voalohany; izy ireo no ireo izay efa maty tao amin' ny tsy fahalalany talohan' ny nahatongavan' i Kristy, rehefa tsy nahazo ny "famondra nambara taminy. Ary dia toy izany no hanatontosan' ny Tompo ny fampodiana azy ireo amin' ny laoniny, ary ireo dia manana anjara amin' ny fitsanganana amin' ny maty voalohany na manana ny fiainana mandrakizay, rehefa navotan' ny Tompo.

25 Ary mahazo ny fiainana mandrakizay koa ny "ankizy madinika.

26 Nefa indro, ary "matahòra sy mangovita eo anoloan' Andriamanitra, fa ianareo dia tokony hangovitra; fa ny Tompo tsy manavotra ireo izay ^bmikomy Aminy ary ^dmaty ao amin' ny fahotany; eny, dia ireo rehetra izay efa maty tao amin' ny

fahotany hatry ny niandohan' izao tontolo izao, izay efa ninia nikomy tamin' Andriamanitra, izay efa nahalala ny didin' Andriamanitra ary tsy nety nitandrina izany; "ireny no ireo izay ^ftsy manana anjara ao amin' ny fitsanganana amin' ny maty voalohany.

27 Noho izany, moa va tsy mba tokony hangovitra ianareo? Fa ny famondra dia tsy tonga amin' ny toy ireny; fa tsy nanavotra ny toy ireny ny Tompo; eny, sady tsy afaka manavotra ny toy ireny ny Tompo; fa tsy afaka mandà ny tenany Izy; fa tsy afaka mandà ny "fahamarinana Izy rehefa ao amin' ny zony izany.

28 Ary ankehitriny, lazaiko aminareo fa ho avy ny fotoana ka ny famondra ny Tompo dia "holazaina amin' ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina tsirairay avy.

29 Eny, ry Tompo, ny "mpitilinao hanandratra ny feony; hiray feo izy ka hihira; fa izy dia ahita mifanatri-maso, rehefa haverin' ny Tompo indray i Ziona.

30 Velomy ny hoby, miaraha-mihira ianareo, ry toerana rava ao Jerosalema; fa ny Tompo efa nampionona ny olony, efa nanavotra an' i Jerosalema Izy.

31 Ny Tompo efa nampitanjaka ny sandriny masina teo imason' ny firenen-drehetra; ary ny

23a Sal. 24:3-4;
1 Ne. 15:33-36;
F&F 76:50-70.
^b TSM Fahafatesan' ny
Vatana.
24a 2 Ne. 9:25-26;
F&F 137:7.

25a F&F 29:46; 137:10.
TSM Famondra—
Famondra ny
ankizy.
26a Deot. 5:29; Jakôba 6:9.
^b 1 Ne. 2:21-24.
^d Ezek. 18:26;

1 Ne. 15:32-33;
Môrô. 10:26.
^e Almà 40:19.
^f F&F 76:81-86.
27a Almà 34:15-16; 42:1.
28a TSM Asa Fitoriana.
29a TSM Mpiambina.

faran' ny tany rehetra hahita ny famonjen' ny Andriamanitsika.

TOKO 16

Nanavotra ny olona tamin' ny toetry ny fahalavoana sy fahaverezana Andriamanitra— Ireo izay olon' ny nofo dia nijanona toy ny tsy nisy fanavotana vita— I Kristy no natanteraka ny fitsanganana amin' ny maty ho amin' ny fiainana tsisy fiafarany na ho amin' ny fanamelohana tsisy fiafarany. Tokony ho 148 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Abinadia, dia naninjitra ny tânany izy ary nanao hoe: Ho avy ny fotoana izay hahitan' ny rehetra ny "famonjen' ny Tompo; ka ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina tsirairay avy dia hahita maso sy ^bhiaiky eo anoloan' Andriamanitra fa marina ny fitsarany.

2 Ary amin' izany, dia "horohina hiala ny olon-dratsy, ary ireo dia hanana antony hidradradradrana sy ^bhitomaniana ary hitaraindrainana sy hikiroa-nify; ary izany dia noho ny tsy netezany nihaino ny feon' ny Tompo; noho izany izy ireo dia tsy avotan' ny Tompo.

3 Fa izy ireo dia "olon' ny nofo sy ny ^bdevoly, ary manam-pa-

hefana aminy ny devoly; eny, dia ilay menarana ela izay ^ananangoly ny ray aman-drenintsika voalohany, izay anton' ny "fahalavoany; izay nahatonga ny olombelona rehetra ho olon' ny nofo, ny filàna ary ny devoly rehefa 'nahalala ny tsara sy ny ratsy ary nifehy tena ho an' ny devoly.

4 Dia toy izany no "nahavery ny olombelona rehetra; ary indro, tsy ho nisy fiafarany ny nahavery azy raha toa Andriamanitra ka tsy nanavotra ny olony tamin' ny toetry ny fahaverezany sy ny fahalavoany.

5 Nefa tsarovy fa izay miziriziry amin' ny maha-"olon' ny nofo azy ary manohy ny diany amin' ny lalan' ny fahotana sy ny fikomiana amin' Andriamanitra dia mijanona ao amin' ny toetry ny fahalavoany, ary manana ny fahafana rehetra aminy ny devoly. Noho izany izy dia mijanona toy ny tsy nisy ^bfanavotana vita, noho izy fahavalon' Andriamanitra; ary ny devoly koa dia fahavalon' Andriamanitra.

6 Ary ankehitriny, raha tsy tonga teo amin' izao tontolo izao i Kristy, satria miresaka ny amin' ny zavatra ho avy "toy ny efa tonga sahady aho, dia tsy ho nety nisy ny fanavotana.

7 Ary raha tsy nitsangana tamin' ny maty i Kristy, na tsy

16 1a TSM Famonjena.

b Môsià 27:31.

2a F&F 63:53-54.

b Mat. 13:41-42;

Lio. 13:28;

Almà 40:13.

3a Gal. 5:16-25;

Môsià 3:19.

TSM Olona araka ny Nofo.

b 2 Ne. 9:8-9.

TSM Devoly.

d Gen. 3:1-13;

Mos. 4:5-19.

e TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.

f 2 Ne. 2:17-18, 22-26.

4a Almà 42:6-14.

5a Almà 41:11.

TSM Ara-nofy.

b TSM Fanavotana.

6a Môsià 3:13.

nanapatapaka ny famatoran' ny fahafatesana mba tsy hahazoan' ny fasana fandresena ary tsy hananan' ny fahafatesana "fanindronana, dia tsy ho nety nisy ny fitsanganana amin' ny maty.

8 Nefa misy ny "fitsanganana amin' ny maty, noho izany ny fasana dia tsy manana fandresena ary ny fanindronan' ny ^bfahafatesana dia efa voatelina ao amin' i Kristy.

9 Izy no "fahazavana sy fiainan' izao tontolo izao; eny, fahazavana tsisy fiafarany izay tsy azo hamaizinina na oviana na oviana; eny, ary koa fiainana izay tsisy fiafarany mba tsy hisian' ny fahafatesana intsony.

10 Ka na dia ity mety maty ity aza dia mitafy ny "tsy fahafatesana, ary ity fahalovana ity dia mitafy ny tsy fahalovana, ary hoentina ^bmijoro eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra mba ^dhotsarainy araka ny asany avy, na tsara izany na ratsy —

11 Raha tsara izany, dia fitsanganana amin' ny maty ho amin' "ny fiainana sy fahasambarana tsisy fiafarany; ary raha ratsy kosa, dia fitsanganana amin' ny maty ho amin' ny ^bfanamelohana tsisy fiafarany, rehefa natalotra ny devoly izay efa nifehy azy, izay no fahaverezana —

12 Rehefa nandeha araka ny sitrapon' ny nofo sy ny fanirria-

ny avy; rehefa tsy niantso na oviana na oviana ny Tompo raha mbola nitsotra taminy ny sandrin' ny famindram-po; satria efa nitsotra taminy ny sandrin' ny "famindram-po fa tsy nety izy; efa nanarina noho ny helony izy fa tsy te hiala tamin' izany; ary nodidina hibebaka izy, kanefa tsy te hibebaka.

13 Ary ankehitriny, moa va ianareo tsy tokony hangovitra sy hibebaka amin' ny fahotanareo ary hahatsiaro fa ao Aminy sy amin' ny alalan' i Kristy ihany no hahazoana mamonjy anareo?

14 Koa raha mampianatra ny "lalàn' i Mosesy ianareo, dia ampianaro koa fa izany dia tandindon' ireo zavatra izay ho avy —

15 Ampianaro azy fa ny fanavotana dia tonga amin' ny alalan' i Kristy Tompo izay ny "Ray Mandrakizay tokoa. Amena.

TOKO 17

Nino sy nanoratra ny tenin' i Abinadia i Almà—Niaritra fahafatesana tamin' ny afo i Abinadia—Naminany aretina sy fahafatesana amin' ny afo ho an' ny mpamono azy izy. Tokony ho 148 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nofaranan' i Abinadia izany teny izany, dia nodidian' ny mpanjaka ny hi-

7a Hosea 13:14;
Môsià 15:8, 20.

8a Almà 42:15.
TSM Fitsanganana
amin' ny Maty.
b Isa. 25:8;
2 Tan. 15:54–55;
Môrm. 7:5.

9a F&F 88:5–13.
TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

10a Almà 40:2.
TSM Tsy Fahafatesana.
b TSM Fitsarana
Farany, Ny.
d Almà 41:3–6.

11a TSM Fiainana
Mandrakizay.
b TSM Fahamelohana.
12a TSM Famindram-po.
14a TSM Lalàn' i Mosesy.
15a Môsià 3:8; 5:7;
Etera 3:14.

tondran' ny "mpisorona azy sy ny hanaovany izay hahafaty azy.

2 Nefa nisy anankiray teo amin' ireo, izay i "Almà no anarany, izy koa dia avy amin' ny tamingan' i Nefia. Ary tovolahy izy, ary ^bnino ny teny izay efa nolazain' i Abinadia, satria izy dia nahalala ny momba ny heloka izay efa nambaran' i Abinadia, niampangana azy ireo; noho izany izy dia nanomboka niangavy ny mpanjaka mba tsy ho tezitra amin' i Abinadia, fa hamela azy kosa hahazoany mandeha am-piadanana.

3 Nefa vao mainka koa nisafoaka ny mpanjaka ary nasainy noroahina hiala teo anivony i Almà ary nalefany ny mpanompony hanenjika azy hahazoany mamono azy.

4 Nefa nandositra niala teo anoloany izy sy niafina ka tsy hitany. Ary satria niafina nandritra ny andro maro izy, dia "nosoratany ny teny rehetra izay efa nolazain' i Abinadia.

5 Ary ny zava-nitranga dia nasain' ny mpanjaka nohodidinin' ny mpiambina azy i Abinadia ary nosamborina; ary ireo dia namatotra azy sy nampiditra azy am-ponja.

6 Ary rehefa afaka hateloana, rehefa nila hevitra tamin' ny mpisorony izy, dia nasainy nentina teo anoloany indray izy.

7 Ary hoy izy taminy: Ry Abinadia, efa nahita fiampan-gana anao izahay, ary ianao dia mendrika ny ho faty.

8 Satria efa nolazainao fa Izy "Andriamanitra tenany mi-hitsy no hidina eo anivon' ny zanak' olombelona; ary ankehitriny noho izany antony izany dia hovonoina ho faty ianao raha tsy hoe manatsoaka ny teny rehetra izay efa nilazanao antambo momba ahy sy ny oloko.

9 Ankehitriny dia hoy i Abinadia taminy: Lazaiko aminao, izaho dia tsy hanatsoaka ny teny izay efa nolazaiko anao momba ity vahoaka ity, satria marina ireny; ary mba hahazoanao mahafantatra ny maha-azo antoka ireny no efa naneken' ny tenako hitolo-batana aminao.

10 Eny, ary hiaretako na dia hatramin' ny fahafatesana aza, ary izaho tsy hanatsoaka ny teniko, ary ireny dia hijoro ho toy ny vavolombelona hiampangana anareo. Ary raha mamono ahy ianareo dia handatsaka "ra tsy manan-tsiny, ary izany koa dia hijoro ho toy ny vavolombelona hiampangana anareo amin' ny andro farany.

11 Ary ankehitriny, dia efa saika hamotsotra azy i Noà mpanjaka, satria natahotra ny teniny izy; satria natahotra izy fandrao ho tonga aminy ny famalian' Andriamanitra.

12 Nefa nampiakatra ny feony taminy ny mpisorona ary rafitra niampangana azy, nanao hoe: Efa nanevateva ny mpanjaka izy. Noho izany dia novokisana ho tezitra taminy ny mpanjaka

17 1a Môsià 11:1, 5-6.
2a Môsià 23:6, 9-10.
TSM Almà Rainy.

b Môsià 26:15.
4a TSM Soratra Masina.
8a Môsià 13:25, 33-34.

10a Almà 60:13.

ary dia nanolotra azy hovoanoina izy.

13 Ary ny zava-nitranga, dia nosamboriny sy nofatorany izy ary nokapohiny tamin' ny kitay ny hodiny, eny, ambara-pahafatiny.

14 Ary ankehitriny nony efa nanomboka nandoro azy ny lelafo, dia nihiaka izy, nanao hoe:

15 Indro, toy ny efa nataonareo tamiko, dia toy izany koa no hitranga, fa ny taranakareo dia hanao izay hiaretan' ny maro ny fangirifiriana izay iaretako, dia ny fangirifirian' ny "fahafatesana amin' ny afo; ary izany dia noho izy ireo mino ny famonjen' ny Tompo Andriamaniny.

16 Ary ny zavatra hitranga dia hampahoriana amin' ny karazana aretina rehetra ianareo noho ny helokareo.

17 Eny, ary ianareo dia "hokapohina amin' ny lafiny rehetra, sy hoenjehina, ary hahahaka etsy sy eroa, dia toy ny ondry aman' osy kaodikaody enjehin' ny bibidia masiaka tsy mifadi-trovana.

18 Ary amin' izany andro izany dia hohazaina ianareo sy hosamborin' ny tanan' ny fahavalonareo, ary amin' izany ianareo dia hiaritra toy ny hiaretako ny fangirifirian' ny "fahafatesana amin' ny afo.

19 Dia toy izany no anatanterahan' Andriamanitra ny "valifaty amin' ireo izay mamongotra ny olony. Andriamanitra ô, raiso ny fanahiko.

20 Ary ankehitriny, nony efa nilaza ireo teny ireo i Abinadia, dia lavo izy rehefa avy niaritra ny fahafatesana tamin' ny afo; eny, rehefa novonoina ho faty noho ny tsy netezany nandà ny didin' Andriamanitra, ka nofeheziny tamin' ny fahafatesany ny fahamarinan' ny teniny.

TOKO 18

*Nitory teny mangingina i Almà—
Nanazava ny fanekempihavanan' ny batisa izy ary nanao batisa tao amin' ny ranon' i Môrmôna—
Nanangana ny Fiangonan' i Kristy izy ary nanendry mpisorona—
Name-lon-tena ny mpisorona ary nampianatra ny vahoaka—
Nankany an-tany foana i Almà sy ny olony mandositra an' i Noà Mpanjaka.
Tokony ho 147–145 talohan' i J.K.*

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, dia "nibebaka tamin' ny fahotany sy ny helony i Almà izay nandositra ny mpanompon' i Noà mpanjaka, ary nandeha an-tsokosoko tany anivon' ny vahoaka sy nanomboka nitory ny tenin' i Abinadia —

2 Eny, momba izay ho avy ary koa momba ny fitsanganana amin' ny maty sy ny "fanavotana ny olona, izay ho tanteraka amin' ny alalan' ny ^bfahefana sy ny fahoriana ary ny fahafatesan' i Kristy sy ny fitsanganany amin' ny maty ary ny fiakarany any an-danitra.

3 Ary izay rehetra nety nihai-

15a Môsià 13:9–10;
Almà 25:4–12.
17a Môsià 21:1–5, 13.

18a Môsià 19:18–20.
19a TSM Valifaty.
18 1a Môsià 23:9–10.

2a TSM Fanavotana.
b TSM Sorompanavotana.

no ny teniny dia nampianariny. Ary nampianatra an' ireo mangingina izy mba tsy hahatonga izany ho fantatry ny mpanjaka. Ary maro no nino ny teniny.

4 Ary ny zava-nitranga dia izay rehetra nino azy dia nandeha nankany amin' ny "toerana izay nantsoina hoe Môrmôna, izay nandray ny anarany avy tamin' ny mpanjaka, izay any an-tsisin-tany sady iriariavan' ny bibidia amin' ny fotoana na vanim-potoana samy hafa.

5 Ankehitriny, dia nisy loharano madio tao Môrmôna, ary nandeha tany i Almà, fa teo anilan' ny farihy dia nisy kirihitr' ala madinika, izay niafenan' ny tenany tamin' ny antoandro tamin' ny fikarohan' ny mpanjaka.

6 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nankany izay rehetra nino azy mba handre ny teniny.

7 Ary ny zava-nitranga rehefa afaka andro maromaro, dia nisy betsaka tokoa ny isan' ireo nivory tao amin' ny toeran' i Môrmôna mba handre ny tenin' i Almà. Eny, tafavory niaraka avokoa izay nino ny teniny mba handre azy. Ary "nampianariny izy ireo ary notoriany taminy ny fibebahana sy ny fanavotana ary ny finoana ny Tompo.

8 Ary ny zava-nitranga dia hoy izy taminy: Indro, intỳ no ranon' i Môrmôna (fa izany no niantsoana azy) ary ankehitriny, satria "maniry ianareo ny ho tonga

ao amin' ny ^bvalan' Andriamanitra sy hantsoina hoe vahoakany ary ^ate hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany;

9 Eny, ary te hiara-malahelo amin' izay malahelo; eny, ary hampionona ireo izay mila fampiononana sy hijoro ho "vavolombelon' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny zava-drehetra ary amin' ny toerana rehetra izay mety hisy anareo, na dia hatramin' ny fahafatesana aza, mba hahatonga anareo ho voavotr' Andriamanitra ary ho voaisa miaraka amin' ireo ao amin' ny ^bfitsanganana amin' ny maty voalohany, ka hahazoanareo ny ^dfiainana mandrakizay —

10 Ankehitriny, lazaiko aminareo, raha izany no fanirian' ny fonareo, inona no misakana ny tsy anaovana "batisa anareo amin' ny anaran' ny Tompo ho vavolombelona eo anoloany fa efa nanao ^bfanekempihavana-na Taminy ianareo, fa hanompo Azy sy hitandrina ny didiny mba hahazoany mampidina bebe tokoa ny Fanahiny aminareo?

11 Ary ankehitriny, nony efa nandre izany teny izany ny vahoaka dia niteha-tànana noho ny fifaliana ary niantso hoe: Izany no fanirian' ny fonay.

12 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, i Almà dia naka an' i Helama, izy dia anankiray

4a Almà 5:3.

7a Almà 5:11-13.

8a F&F 20:37.

b TSM Fiangonan' i Jesoa Kristy.

d TSM Fangorahana.

9a TSM Asa Fitoriana;

Mijoro ho

Vavolombelona;

Vavolombelona.

b Môsià 15:21-26.

d TSM Fiainana

Mandrakizay.

10a 2 Ne. 31:17.

TSM Batisa.

b TSM Fanekempihavana-na.

tamin' ireo voalohany, ary nandeha sy nijoro tao anaty rano ary niantso hoe: Tompo ô, aidi-no amin' ny mpanomponao ny Fanahinao mba hahazoany manao izao asa izao amin' ny fahasinan' ny fo.

13 Ary rehefa avy nilaza izany teny izany izy, dia tonga taminy ny "Fanahin' ny Tompo ary hoy izy: Ry Helama, izaho ^bmanao batisa anao rehefa nahazo ny ^dfahefana avy tamin' Andriamanitra Tsitoha ho fanambarana fa ianao dia efa nanao fanekempihavanana fa hanompo Azy mandra-pahafatinao raha ny amin' ny vatana mety maty; ary ny Fanahin' ny Tompo anie hirotsaka aminao; ary Izy anie hanome anao ny fiainana mandrakizay, amin' ny alalan' ny ^efanavotan' i Kristy, izay efa nomaniny hatry ny ^ffanorenana izao tontolo izao.

14 Ary rehefa avy nilaza izany teny izany i Almà, dia niara-^anilevina tao anaty rano i Almà sy i Helama; ary dia niara-nitsangana izy ireo ary nivoaka ny rano, faly sy heniky ny Fanahy.

15 Ary naka anankiray hafa indray i Almà ary nandeha fanindroany niditra tao anaty rano ary nanao batisa azy araka ilay voalohany, saingy tsy nandevina ny tenany tao anaty rano intsony izy.

16 Ary dia araka izany fomba

izany no nanaovany batisa ny rehetra izay tonga teo amin' ny toeran' i Môrmôna; ary niisa ho efatra sy roanjato ireo olona ireo; eny, "vita batisa tao amin' ny ranon' i Môrmôna ireo ary heniky ny ^bfahasoavan' Andriamanitra.

17 Ary nantsoina hoe ny fiangonan' Andriamanitra na ny "fiangonan' i Kristy ireo hatramin' izay fotoana izay. Ary ny zava-nitranga dia na zovy na zovy no natao batisa tamin' ny hery sy fahefan' Andriamanitra dia natambatra tamin' ny fiangonana.

18 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahazo ^afahefana avy tamin' Andriamanitra i Almà, dia nanokana mpisorona izy; mpisorona iray isaky ny olona dimampolo taminy no notendreny mba hitory aminy sy ^bhampianatra azy ny momba ny zavatra mikasika ny fanjakan' Andriamanitra.

19 Ary nodidiany izy ny tsy hampianarany afa-tsy ny zavatra izay efa nampianariny sy izay efa niloaka ny vavan' ny mpaminany masina.

20 Eny, izy dia nandidy azy mihitsy ny tsy ^ahitoriany afa-tsy ny fibebahana sy ny finoana ny Tompo izay efa nanavotra ny olony.

21 Ary izy dia nandidy azy ny tsy hisian' ny ^afifandirana eo amin' izy samy izy fa ny hibanjinany kosa ny ho avy amin' ny

13a TSM Fanahy Masina.
b 3 Ne. 11:23–26;
F&F 20:72–74.
d Fp. 1:5.
TSM Fisoronana.
e TSM Fanavotana.
f Mos. 4:2; 5:9.

14a TSM Batisa—Batisa
asitrika.
16a Môsià 25:18.
b TSM Fahasoavana.
17a 3 Ne. 26:21; 27:3–8.
TSM Fiangonan' i
Jesoa Kristy.

18a TSM Fisoronana.
b TSM Mampianatra.
20a F&F 15:6; 18:14–16.
21a 3 Ne. 11:28–30.
TSM Fifandirana.

^bmaso tokana, manana finoana iray sy batisa iray ary manana ny fony mifamihina ao amin' ny ^dfiraisan-kina sy ny fifankatiavan' izy samy izy.

22 Ary dia toy izany no nandidiany azy hitory. Ary dia toy izany no nahatonga azy ho ^azanak' Andriamanitra.

23 Ary nandidy azy izy ny hanajany ny ^aandro sabata sy ny hanamasinany izany, ary koa ny hanaterany fisaorana isan' andro ho an' ny Tompo Andriamaniny.

24 Ary nandidy azy koa izy ka ny mpisorona izay efa notendreny dia tokony ^ahampiasa ny tànany ho fivelomany.

25 Ary nisy andro iray isan-kerinandro izay natokana mba hiarahany mivory hampianatra ny vahoaka sy ^ahidera ny Tompo Andriamaniny, ary koa hiaramivory araka izay tratran' ny heriny.

26 Ary ny mpisorona dia tsy tokony hiantehitra amin' ny vahoaka amin' ny fivelomany; fa noho ny asany kosa, dia handray ny ^afahasoavan' Andriamanitra izy ka hihamatanjaka ara-panahy, manana ny ^bfahalalana an' Andriamanitra mba hahazoany mampianatra aminkery sy ny fahefana avy amin' Andriamanitra.

27 Ary i Almà dia nandidy indray ny hanomezan' ny vahoakan' ny fiangonana amin' ny

fananany, ny ^atsirairay araka izay nananany; raha manana bebe kokoa izy, dia tokony hanome bebe kokoa, ary ho an' izay manana kelikely ihany, dia kelikely ihany kosa no angatahina aminy; ary ho an' izay tsy manana kosa, dia homena izy.

28 Ary dia toy izany no tokony hanomezany amin' ny fananany, araka ny safidiny malalaka sy ny faniriany tsara momba an' Andriamanitra sy ho an' ny mpisorona izay ao anatin' ny fahasahiranana, eny, ary ho an' ireo olona ory sy mitanjaka rehetra.

29 Ary izany no nolazainy taminy, rehefa nodidian' Andriamanitra; ary izy ireo dia ^anandeha araka ny hitsiny tokoa teo anoloan' Andriamanitra sady ^bnifampizara ny ara-nofo sy ny ara-panahy araka izay nilainy sy notadiaviny.

30 Ary ankehitriny, ny zavaintranga dia natao tao Môrmôna izany rehetra izany, eny, teo amoron' ny ^aranon' i Môrmôna, tao anaty ala izay akaikin' ny ranon' i Môrmôna; eny, ny toeran' i Môrmôna, ny ranon' i Môrmôna, ny alan' i Môrmôna, endrey ny hakantony teo imason' ireo izay teo no tonga tamin' ny fahalalana ny Mpanavotra azy; eny, endrey ny fitahiana azy, fa ireo dia hihira ny fankalazana Azy mandrakizay.

21b Mat. 6:22;
F&F 88:67–68.
^d TSM Firaisan-kina.
22a Môsià 5:5–7;
Mos. 6:64–68.
23a Môsià 13:16–19;
F&F 59:9–12.

24a Asa 20:33–35;
Môsià 27:3–5;
Almà 1:26.
25a TSM Fitsaohana.
26a TSM Fahasoavana.
^b TSM Fahalalana.
27a Asa 2:44–45;

4 Ne. 1:3.
29a TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.
^b TSM Asa
Fanasoavana.
30a Môsià 26:15.

31 Ary ireo zavatra ireo dia natao tany an-“tsisin-tany mba tsy hahatonga ny fahalalana izany any amin’ ny mpanjaka.

32 Nefa indro ny zava-nitranga, rehefa nahita ny fihetsiketsehana teo anivon’ ny vahoaka ny mpanjaka, dia naniraka ny mpanompony hanara-maso azy ireo. Noho izany, tamin’ ny andro izay niarahany nifamory mba hihaino ny tenin’ ny Tompo, dia niarahany tamin’ ny mpanjaka ny aminy.

33 Ary ankehitriny, ny mpanjaka dia nilaza fa namoky ny vahoaka hikomy aminy i Almà; koa nalefany ny miaramilany hamongotra azy ireo.

34 Ary ny zava-nitranga dia “nandre mialoha ny fiavian’ ny miaramilan’ ny mpanjaka i Almà sy ny vahoakan’ ny Tompo; koa dia nentina ny lainy sy ny ankohonany ary niainga izy ireo nankany an-tany foana.

35 Ary sahabo ho dimampolo sy efajato ny isan’ ny olona.

TOKO 19

Nikatsaka hamono an’ i Noà Mpanjaka i Gideôna—Nanani-bohitra ny Lamanita—Niaritra fahafatesana tamin’ ny afo i Noà Mpanjaka—Nanapaka toy ny tompomenakely i Limia. Tokony ho 145–121 talohan’ i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia niverina ny miaramilan’ ny mpanjaka, rehefa very maina ny fikarohana ny ny vahoakan’ ny Tompo.

2 Ary ankehitriny, indro vitsy ireo lahindefon’ ny mpanjaka, satria nihena, ary nanomboka nisy fisaraham-bazana teo anivon’ ny vahoaka sisa.

3 Ary ny ampahany vitsy an’ isa dia nanomboka nifofo fandrahonana ny mpanjaka, ary dia nanomboka nisy fifandirana lehibe teo anivony.

4 Ary ankehitriny dia nisy lehilahy anankiray teo anivony, izay i Gideôna no anarany, ary izy dia lehilahy matanjaka sy fahavalon’ ny mpanjaka, noho izany dia nosintoniny ny sabany ary nianiana tamin’ ny fahatezerany izy fa hovonoiny ny mpanjaka.

5 Ary ny zava-nitranga dia niady tamin’ ny mpanjaka izy; ary nony nahita ny mpanjaka fa efa akaiky horesiny izy, dia nandositra izy ary nianika ny “tilikambo izay akaikin’ ny tempoly.

6 Ary nanenjika azy i Gideôna, ary saika hianika ny tilikambo izy hamono ny mpanjaka, ary nanopy ny masony manodidina ny mpanjaka nitazana ny tanin’ i Semlôna, ary indro, ny miaramilan’ ny Lamanita dia efa tafiditra ny sisin-tany.

7 Ary ankehitriny, ny mpanjaka dia niantso noho ny fitaintainan’ ny fanahiny, nanao hoe: Ry Gideôna ô, tsimbino aho fa mby amintsika ny Lamanita, ary hamongotra antsika izy, eny, hamongotra ny oloko izy.

8 Ary ankehitriny dia tsy nahohan’ ny mpanjaka firy noho ny ainy anefa izay vahoakany;

na dia izany aza dia nitsimbina ny ainy i Gideôna.

9 Ary nodidian' ny mpanjaka ny handosiran' ny vahoaka eo anoloan' ny Lamanita, ary ny tenany mihitsy dia nandositra teo anoloany, ary dia nitsoaka nandositra nankany an-tany foana izy ireo niaraka tamin' ny vady aman-janany.

10 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika azy ireo ny Lamanita ka nahatratra azy ireo, ary rafitra namono azy ireo.

11 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nandidy azy ireo ny mpanjaka mba handaozan' ny lehilahy rehetra ny vady aman-janany ary handosirany eo anoloan' ny Lamanita.

12 Ankehitriny dia nisy maro izay tsy netao azy ireo, fa naleony nijanona sy niaramaty taminy. Ary ny sisa kosa nandao ny vady aman-janany ary nandositra.

13 Ary ny zava-nitranga dia ireo izay niara-nijanona tamin' ny vady aman-janany dia nanao izay hirosoan' ireo zananivavy kanto sy hitalahoany ny Lamanita mba tsy hamonoany azy.

14 Ary ny zava-nitranga dia nanana fitserana azy ny Lamanita, fa babon' ny hatsaran' ny zatovovaviny izy.

15 Noho izany ny Lamanita dia nitsimbina ny ainy ary naka azy ho babo sy nitondra azy niverina tany an-tanin' i Nefia, ary notoviny taminy ny hahazoany mizaka ny tany, ka ny fepetra dia ny hanolorany an'

i Noà mpanjaka ho eo an-tanan' ny Lamanita sy hanolorany ny fananany, dia ny antsasak' izay rehetra ananany, antsasaky ny volamenany sy ny volafotsiny ary ny zava-tsarobidiny rehetra, ary dia toy izany no nandoavany hetra tamin' ny mpanjakan' ny Lamanita isantaona isantaona.

16 Ary ankehitriny dia nisy anankiray tamin' ny zanakalahin' ny mpanjaka tamin' ireo izay nentina ho babo, izay i "Limia no anarany.

17 Ary ankehitriny dia naniry i Limia ny tsy hamongorana an-drainy; kanefa dia tsy zovina tamin' i Limia ny amin' ny heloky ny rainy noho ny mahaolo-marina ny tenany.

18 Ary ny zava-nitranga dia naniraka olona an-tsokosoko i Gideôna hankany an-tany foana mba hikaroka ny mpanjaka sy ireo izay niaraka taminy. Ary ny zava-nitranga dia nifanehitra tamin' ny olona tany an-tany foana izy ireo, dia izy rehetra afa-tsy ny mpanjaka sy ny mpi-sorony.

19 Ankehitriny izy ireo dia efa nianiana tao am-pony fa hiverina any an-tanin' i Nefia, ary raha toa efa novonoina ny vady aman-janany ary koa ireo izay efa niara-nijanona taminy, dia hitady ny hamaly faty izy ireo, ary koa ho faty miaraka aminy.

20 Ary nandidy azy ireo ny mpanjaka ny tsy hiverenany; ary dia tezitra tamin' ny mpanjaka izy ireo ary nataony izay

hijaliany na dia hatramin' ny "hahafatesany tamin' ny afo aza.

21 Ary efa andeha hisambotra ny mpisorona koa izy ireo sy hamono azy ho faty, ary nandositra teo anoloany izy.

22 Ary ny zava-nitranga dia efa saika hiverina any an-tanin' i Nefia izy ireo, raha nifanena tamin' ny olon' i Gideôna. Ary ny olon' i Gideôna dia nilaza taminy ny amin' ny zava-drehe-tra nanjo ny vady aman-janany sy ny namelan' ny Lamanita azy hahazo hizaka ny tany amin' ny alàlan' ny fandoavana hetra amin' ny Lamanita, dia ny antsasak' izay rehetra nananany.

23 Ary nolazain' ny vahoaka kosa tamin' ny olon' i Gideôna fa efa novonoiny ny mpanjaka, ary ny mpisorony dia efa nandositra azy lavidavitra nankany an-tany foana.

24 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nofananany ny fomba-fomban' ny fihaonana, dia niverina tany an-tanin' i Nefia izy ireo nifaly, satria tsy novonoina ny vady aman-janany; ary dia nolazainy tamin' i Gideôna ny amin' izay efa nataony tamin' ny mpanjaka.

25 Ary ny zava-nitranga dia nanao "fianianana taminy ny mpanjakan' ny Lamanita fa tsy hamono azy ny olony.

26 Ary i Limia koa, izay zanakalahin' ny mpanjaka, rehefa nandray ny fanjakana' "natolotry ny vahoaka azy, dia nianiana tamin' ny mpanjakan' ny Lamanita fa handoa hetra aminy

ny olony, dia ny antsasak' izay rehetra ananany.

27 Ary ny zava-nitranga dia rafitra nanorina ny fanjakan' i Limia ary nampiorina fandriampahalemana teo anivon' ny olony.

28 Ary ny mpanjakan' ny Lamanita dia nanisy mpiambina manodidina ny tany mba hahazoany mitana ny vahoakan' i Limia eo amin' ny tany, ka tsy hahazoany miala mankany antany foana; ary novelominy tamin' ny hetra izay noraisiny avy tamin' ny Nefita ny mpiambiny.

29 Ary ankehitriny i Limia mpanjaka dia nahita fandriampahalemana lalandava teo amin' ny fanjakany nandritra ny roa taona fa tsy nampitondra faisana na nitady ny hamongotra azy ny Lamanita.

TOKO 20

Nalain' ny mpisoron' i Noà ankeriny ny sasany tamin' ny zanakavavin' ny Lamanita — Namaky ady tamin' i Limia sy ny olony ny Lamanita — Voatosika ary nitony ny miaramila Lamanita. Tokony ho 145–123 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY dia nisy toerana iray tao Semlôna, izay niarahan' ny zanakavavin' ny Lamanita nifamory mba hihira sy handihy ary hamalifaly ny tenany.

2 Ary ny zava-nitranga indray andro dia nisy vitsivitsy taminy no niara-tafavory mba hihira sy handihy.

3 Ary ankehitriny ny mpisoron' i Noà mpanjaka, rehefa menatra ny hiverina ao an-tanànan' i Nefia, eny, ary koa natahotra fandrao hovonoin' ny olona, noho izany dia tsy sahin' ny niverina tany amin' ny vady aman-janany.

4 Ary rehefa nijanona tany antany foana sy nahita ny zanakavavin' ny Lamanita izy dia niafina sy nitily azy;

5 Ary rehefa tsy nisy afa-tsy vitsivitsy taminy no niara-tafavory mba handihy, dia nivoaka ny toerana niafenany izy ary naka azy sy nitondra azy nankany an-tany foana; eny, efa amby roapolo tamin' ny zanakavavin' ny Lamanita no nentiny nankany an-tany foana.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny Lamanita fa efa nanjavona ny zanany vavy, dia tezitra tamin' ny vahoakan' i Limia izy, satria nihevitra izy fa ny vahoakan' i Limia no anton' izany.

7 Noho izany izy dia nandefa ny miaramilany; eny, ary ny tenan' ny mpanjaka mihitsy no nialoha làlana ny vahoakany; ary nandeha niakatra tany antanin' i Nefia ireo mba hamongotra ny vahoakan' i Limia.

8 Ary ankehitriny dia efa nahatazana azy avy teny amin' ny tilikambo i Limia, tazany na dia ny fiomankomanany ho amin' ny ady aza; noho izany dia namory ny olony niaraka izy, ary namela otrika ho azy teny antsaha sy tao an' ala.

9 Ary ny zava-nitranga, nony

efa tafakatra ny Lamanita, dia rafitra niantoraka taminy avy tamin' ny toerana niandrasany ny vahoakan' i Limia ary nanomboka namono azy.

10 Ary ny zava-nitranga dia nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady, fa niady toy ny liona miaro ny hazany izy.

11 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nandroaka ny Lamanita teo anoloany ny vahoakan' i Limia; kanefa dia tsy nisy antsasaky ny Lamanita ny hamaroany. Saingy "niady ho an' ny ainy sy ho an' ny vadiny ary ho an' ny zanany izy; koa nataony vivery ny tenany ary toy ny dragona no fiadiny.

12 Ary ny zava-nitranga dia hitany teo anivon' ireo maty ny mpanjakan' ny Lamanita; tsy maty anefa izy fa naratra ary tavela teo amin' ny tany satria haingana loatra ny fandosiran' ny olony.

13 Ary naka azy izy ary namehy ny ratrany sy nitondra azy teo anoloan' i Limia, ary nanao hoe: Indro, inty ny mpanjakan' ny Lamanita; fa naratra izy ka efa niampatra teo anivon' ireo maty taminy, ary ireo dia efa nandao azy; ary indro, efa nentinay eto anoloanao izy; ary ankehitriny aoka hovonointsika izy.

14 Nefa hoy Limia taminy: Tsy hamono azy ianareo fa hitondra azy kosa aty mba hahitako azy. Ary ireo dia nitondra azy. Ary hoy i Limia taminy: Inona no antony niakaranao hiady tamin' ny oloko? Indro, tsy nivadika ny

“fianianana izay nataoko tamin’ ny oloko; koa nahoana ianao no nivadika ny fianianana izay nataonao tamin’ ny oloko?”

15 Ary ankehitriny dia hoy ny mpanjaka: Nivadi-belirano aho satria nentin’ ny olonao nitsoaka ireo zanakavavin’ ny oloko; koa noho ny hatezerako, dia nasaiko niakatra ny oloko hiady amin’ ny olonao.

16 Ary ankehitriny dia tsy nandre na inona na inona momba izany zavatra izany i Limia; koa hoy izy: Hisava any anivon’ ny oloko aho, ary na zovy na zovy no efa nanao izany zavatra izany dia ho faty izy. Koa nampanao fisavana tany anivon’ ny olony izy.

17 Ankehitriny, nony efa nandre izany zavatra izany i “Gideôna, izay izy no kapitenin’ ny mpanjaka, dia nandroso sy niteny tamin’ ny mpanjaka hoe: Miangavy anao aho ajanony, ary aza mampisava ity vahoaka ity ary aza tânanao ho hadisoany izany zavatra izany.

18 Fa tsy tsaroanao va ny mpisoron-drainao, izay notadiavin’ ity vahoaka ity hofongorina? Ary moa va ireny tsy any an-tany foana? Ary moa va tsy ireny no ireo izay nangalatra ny zanakavavin’ ny Lamanita?

19 Ary ankehitriny, indro ary lazao ny mpanjaka ny amin’ izany zavatra izany mba hahazoany milaza amin’ ny olony ka hahazoany mitony amintsika; fa indro efa miomana sahady izy hiakatra hamely antsika; ary in-

dro koa fa tsy misy afa-tsy vitsivitsy isika.

20 Ary indro tonga miaraka amin’ ny miaramilany sesehena izy; ary raha tsy ampitonian’ ny mpanjaka amintsika izy, dia tsy maintsy ho faty isika.

21 Fa moa va tsy “tanteraka ny tenin’ i Abinadia izay namanianany ny momba antsika — ary izao rehetra izao dia noho isika tsy te hihaino ny tenin’ ny Tompo sy tsy mivily hiala amin’ ny helotsika?

22 Ary ankehitriny aoka hotonentsika ny mpanjaka ary hotanterahantsika ny fianianana izay efa nataontsika taminy; fa tsaratsara kokoa isika ao amin’ ny fanandevozana toy izay hamoy ny aintsika; koa aoka hasiantsika fitsaharana ny fandasahan-dra be loatra.

23 Ary ankehitriny i Limia dia nilaza tamin’ ny mpanjaka ny zavatra rehetra momba an-drainy sy ny “mpisorona izay efa nandositra tany an-tany foana ary tanany ho nitondra nitsoaka ny zanakavaviny.

24 Ary ny zava-nitranga dia tony tamin’ ny olony ny mpanjaka; ary nanao taminy hoe: Andeha isika hivoaka mba hitsena ny oloko, tsy miaraka amin’ ny fiadiana; ary dia mianiana aminao amin’ ny velirano aho fa tsy hamono ny olonao ny oloko.

25 Ary ny zava-nitranga dia nanaraka ny mpanjaka izy ary nandroso tsy nisy fiadiana hitsena ny Lamanita. Ary ny zava-nitranga dia nitsena ny Lamanita

izy; ary ny mpanjakan' ny Lamanita niankohoka teo anoloany sy niteny tamin' ny anaran' ny vahoakan' i Limia.

26 Ary rehefa nahita ny vahoakan' i Limia ny Lamanita, fa izy dia tsy nirongo fiadiana, dia nana "fitserana azy izy ka nitony taminy ary niverina tamim-piadanana tany an-taniny niaraka tamin' ny mpanjakany.

TOKO 21

Nasian' ny Lamanita ny vahoakan' i Limia ary noreseny—Nifanena tamin' i Amôna ny vahoakan' i Limia ary niova fo—Nitantara tamin' i Amôna ny momba ny takelaky ny Jarêdita efatra amby roapolo izy. Tokony ho 122–121 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia niverina tao an-tanànan' i Nefia i Limia sy ny olony ary nanomboka nonina tamim-piadanana teo amin' ny tany indray.

2 Ary ny zava-nitranga, rehefa afaka andro maromaro, dia nanomboka ho voambosy ho tezitra tamin' ny Nefita indray ny Lamanita ary nanomboka niditra ny tany tamin' ny sisintany manodidina izy.

3 Ankehitriny dia tsy sahiny ny namono azy noho ny fianiana izay nataon' ny mpanjakany tamin' i Limia; fa izy kosa dia namely azy teo amin' ny "takolany sy nanampatra fahefana taminy; ary nanomboka nampitondra azy ^benta-mavesatra teo an-damosiny sy nandroaka azy

toy ny hatao amin' ny boriky moana—

4 Eny, izany rehetra izany no tò, dia ny hahatanteraka ny tenin' ny Tompo.

5 Ary ankehitriny ny fahorian' ny Nefita dia lehibe, ary tsy nisy làlana nahazoany nanafaka ny tenany teo an-tànany, satria efa nohodidinin' ny Lamanita tamin' ny lafiny rehetra izy.

6 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nimonomonona tamin' ny mpanjaka ny vahoaka noho ny fahoriany; ary nanomboka nanam-paniriana ny handeha hiady aminy izy. Ary nampahory ny mpanjaka tokoa izy tamin' ny fitarainany; koa navelany izy hanao araka ny sitrapony.

7 Ary niara-nifamory indray izy ary nanao ny akanjo fiarovan-tena ary nivoaka hiady amin' ny Lamanita mba hanosika azy hiala ny taniny.

8 Ary ny zava-nitranga dia nandresy azy ny Lamanita ary nanosika azy hiverina sy nandringana ny maro taminy.

9 Ary ankehitriny dia nisy "fisaonana sy fidradradradràna lehibe teo anivon' ny vahoakan' i Limia, fa ny mpitondratena nitomany ny vadiny, ny zanakalahy sy ny zanakavavy nitomany ny rainy, ary ny mpirahalaha nitomany ny rahalahiny.

10 Ankehitriny dia nisy mpitondratena maro teo amin' ny tany, ary ireo dia nahery niantsoantso tokoa isan' andro isan' andro fa efa tonga taminy

ny fahatahorana fatratra ny Lamanita.

11 Ary ny zava-nitranga, dia nambohy ny sisa tavela tamin' ny vahoakan' i Limia ho tezitra tamin' ny Lamanita ny antsoan-tsony lavareny; ary nandeha niady indray izy nefa resy tosika indray sady niaritra famoizana be.

12 Eny, nandeha niady fanintelony indray izy, ary dia niaritra ny toy izany ihany; ary ireo izay tsy voavono dia niverina indray tao an-tanànan' i Nefia.

13 Ary nanetry ny tenany izy na dia hatrany amin' ny vovoka aza, ka nifehy ny tenany tamin' ny ziogan' ny fanandevozana, nampanaiky ny tenany hokapohina sy havezivezy etsy sy eroa ary hovesarana araka ny sitrapon' ny fahavalony.

14 Ary "nanetry ny tenany hatrany amin' ny fanentretena lalina izy; ary nahery nitalaho tokoa tamin' Andriamanitra izy; eny, nandritra ny manontolo andro izy no nitalaho tamin' Andriamaniny mba hanafahany azy hiala amin' ny fahoriany.

15 Ary ankehitriny ny Tompo dia "nitaredretra tamin' ny fihainoana ny fitalahoany noho ny helony; na dia teo aza izany, dia nihaino ny fitalahoany ny Tompo, ary nanomboka nanalefaka ny fon' ny Lamanita, hany ka dia nanomboka nohamaivany ny entany; saingy tsy hitan' ny Tompo ny mahamety ny

hanafahana azy hiala amin' ny fanandevozana.

16 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka niroborobo niandalana izy teo amin' ny tany, ary rafitra izy nikolokolo voamaina sesehena tokoa sy biby fiompy, mba tsy hiaretany hanoanana intsony.

17 Ankehitriny dia nisy betsaka ny isan' ny vehivavy, betsaka kokoa noho ny lehilahy; noho izany i Limia mpanjaka dia nandidy ny lehilahy tsirairay "hanomezany ho fanampiana ny ^bmpitondratena sy ny zanany mba tsy hahatonga azy ho fatin' ny hanoanana; ary izany no nataony dia noho ny hamaroan' ny isan' ireo izay efa voavono.

18 Ankehitriny, ny vahoakan' i Limia dia niray hina toy ny tena iray araka izay tratra, sady niaro mafy ny voamainany sy ny biby fiompy;

19 Ary na dia ny mpanjaka aza dia tsy natoky tena tany ivelan' ny mandan' ny tanàna, raha tsy nitondra niaraka tamin' ny mpiambina azy, noho ny fahatahorany ny mety hianjerany eo an-tanànan' ny Lamanita na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana.

20 Ary nataony izay hiambenan' ny olony ny tany manodidina mba hahazoany misambotra na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana ireo mpisorona izay nandositra tany an-tany foana, izay efa nangalatra ny "zanakavavin' ny Lamanita ary

14a Môsià 29:20.
TSM Fanetren-tena.
15a Ohab. 15:29;

Môsià 11:23–25;
F&F 101:7–9.
17a Môsià 4:16, 26.

^b TSM Mpitondratena.
20a Môsià 20:5.

efa nahatonga izao faharavana lehibe izao hianjady taminy.

21 Fa nanam-paniriana izy ny hisambotra azy mba hahazoany manafay azy; fa ireo dia niditra ny tanin' i Nefia nony alina ary naka ny voamainany sy ny maro tamin' ny zava-tsarobidiny; noho izany izy dia namela otrika ho azy.

22 Ary ny zava-nitranga dia tsy nisy intsony fanelingelena teo amin' ny Lamanita sy ny vahoakan' i Limia ambara-pahatongan' ny fotoana izay niavian' i "Amôna sy ny rahalahiny teo amin' ny tany.

23 Ary raha tany ivelan' ny vavahadin' ny tanàna niaraka tamin' ny mpiambina azy ny mpanjaka, dia nahita an' i Amôna sy ny rahalahiny; ary noho izy noheveriny ho ny mpisoron' i Noà dia nasainy nosamborina sy nafatotra ary naiditra "amponja. Ary raha toa izy mpisoron' i Noà dia ho efa nataony izay hamonoana azy ho faty.

24 Nefa nony hitany fa tsy izany izy fa rahalahiny kosa ary efa tonga avy tany an-tanin' i Zarahemlà, dia heniky ny fifaliana lehibe fatratra tokoa izy.

25 Ankehitriny, i Limia mpanjaka dia efa nandefa, talohan' ny fiavian' i Amôna, lehilahy "vitsivitsy ^bhitady ny tanin' i Zarahemlà; nefa tsy nety nahita izany izy ireo ary very tany an-tany foana.

26 Kanefa izy ireo dia nahita tany iray izay efa nonenana;

eny, tany iray izay rakotra "taola-maina; eny, tany iray izay efa nonenana sy efa noravana; ary izy ireo, rehefa nihevitra izany ho ny tanin' i Zarahemlà, dia niverina tany an-tanin' i Nefia ary efa tafiditra ny faritry ny sisin-tany andro vitsivitsy talohan' ny fiavian' i Amôna.

27 Ary nentiny niaraka taminy ny rakitsoratra iray, dia ny rakitsoratra ny vahoaka izay efa hitany ny taola-mainany; ary izany dia voasokitra tamin' ny takelaka metaly.

28 Ary ankehitriny dia feno hafaliana indray i Limia rehefa nandre avy teo am-bavan' i Amôna fa i Môsià mpanjaka dia nahazo "talenta avy tamin' Andriamanitra, izay hahafahany mandika ny soratra voasokitra toy izany; eny, ary nifaly koa i Amôna.

29 Kanefa i Amôna sy ny rahalahiny dia feno alahelo, satria maro loatra ny rahalahiny efa voavono;

30 Ary i Noà mpanjaka sy ny mpisorony koa dia efa nanao izay hahavitan' ny vahoaka fahotana sy heloka maro loatra tamin' Andriamanitra; ary nitomany koa ny "fahafatesan' i Abinadia izy; ary koa ny ^bfandehanan' i Almà sy ny vahoaka izay nandeha niaraka taminy, izay efa niorina ho fiangonan' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny hery sy fahefan' Andriamanitra ary ny finoana ny teny izay efa nolazain' i Abinadia.

22a Môsià 7:6–13.

23a Hel. 5:21.

25a Môsià 8:7.

^b Môsià 7:14.

26a Môsià 8:8.

28a Ômnia 1:20–22;

Môsià 28:11–16.

30a Môsià 17:12–20.

^b Môsià 18:34–35.

31 Eny, nitomany ny fandeha-nany izy, satria tsy nahalala ny làlana izay nandositra ny izy. Ankehitriny dia ho nahafaly azy tokoa ny nikambana taminy, satria ny tenany mihitsy dia efa nanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra fa hanompo Azy sy hitandrina ny didiny.

32 Ary ankehitriny, hatramin' ny fiavian' i Amôna, dia efa nanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra koa i Limia mpanjaka ary koa ny maro tamin' ny olony fa hanompo Azy sy hitandrina ny didiny.

33 Ary ny zava-nitranga dia naniry ny hatao batisa i Limia mpanjaka sy ny ankamaroan' ny olony; saingy tsy nisy teo amin' ny tany izay nanana ny "fahefana avy tamin' Andriamanitra. Ary nandà ny hanao izany zavatra izany i Amôna noho ny fiheveran' ny tenany ho mpanompo tsy mendrika.

34 Koa tamin' izay fotoana izay dia tsy niorina ho fiangonana izy fa niandry kosa ny Fanahin' ny Tompo. Ankehitriny dia naniry izy ny ho tonga tahaka an' i Almà sy ny rahalahiny, izay efa nandositra nankany antany foana.

35 Naniry izy ny hatao batisa mba ho vavolombelona sy ho fanambarana fa izy dia vonona ny hanompo an' Andriamanitra amin' ny fony manontolo; na dia izany aza dia nanemotra ny fotoana izy; ary "homena aoriana ny fitantarana ny batisany.

36 Ary ankehitriny, ny sain' i

Amôna manontolo sy ny olony ary ny an' i Limia mpanjaka sy ny vahoakany dia ao amin' ny fanafahana ny tenany hiala eo an-tànan' ny Lamanita sy amin' ny fanandevozana.

TOKO 22

Nanao tetika ny vahoaka mba handositra ny fanandevozan' ny Lamanita — Natao ny hahamamo ny Lamanita — Nandositra ny vahoaka, niverina tany Zarahemlà ary nanjary olom-pehezina' i Môsià Mpanjaka. Tokony ho 121–120 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia niara-nifandinika tamin' ny vahoaka ny amin' ny fomba hanafahany ny tenany hiala amin' ny fanandevozana i Amôna sy i Limia mpanjaka; ary na dia ny vahoaka manontolo aza dia nasainy niara-nifamory; ary izany no nataony dia ny hahazoany ny feon' ny vahoaka momba ity toe-javatra ity.

2 Ary ny zava-nitranga dia tsy hitany ny fomba hanafahany ny tenany hiala amin' ny fanandevozana afa-tsy ny mitondra ny vadiny aman-janany sy ny biby fiompiny ary ny lainy sy ny miainga mankany antany foana; fa maro loatra ny Lamanita ka tsy ho vitan' ny vahoakan' i Limia ny hiady aminy, raha noheveriny fa amin' ny alalan' ny sabatra no hanafahana ny tenany hiala amin' ny fanandevozana.

3 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nandroso i Gideôna ary nijoro teo anoloan' ny mpanjaka sy nanao taminy hoe: Ankehitriny, ry mpanjaka ô, efa nihaino imbetsaka ny teniko ianao hatramin' izao, fony isika niady tamin' ny Lamanita rahalahintsika.

4 Ary ankehitriny ry mpanjaka ô, raha tsy hitanao ny mahampanompo tsy mahaso ahy na raha mba nihaino ihany ny teniko ianao hatramin' izao, ary efa nahaso aho ireny, dia maniry aho ny mba hihainoanao ny teniko amin' izao fotoana izao, ary izaho dia ho mpanomponao ary hanafaka ity vahoaka ity hiala amin' ny fanandevozana.

5 Ary ny mpanjaka namela azy mba hahazoany miteny. Ary hoy i Gideôna taminy:

6 Jereo ilay hadilalana ivoho mamakivaky ny manda ivoho any an-damosin' ny tanàna. Ny Lamanita na ny mpiambin' ny Lamanita dia mamamo amin' ny alina; koa aoka alefantsika any anivon' ity vahoaka manontolo ity ny filazana hamoriany miaraka ny biby fiompiny mba hahazoany mitondra azy mankany an-tany foana amin' ny alina.

7 Ary handeha aho araka ny didinao ary handoa amin' ny Lamanita ny hetra farany amin' ny divay, ary dia ho mamamo izy; ary handeha manaraka ilay làla-takona ao ankavian' ny tobiny isika rehefa mamamo sy resin-tory izy.

8 Dia toy izany no hiaingan-tsika miaraka amin' ny vady

aman-janatsika, ny biby fiompintsika mankany an-tany foana; ary handeha hioididina ny tanin' i Silôma isika.

9 Ary ny zava-nitranga dia nihaino ny tenin' i Gideôna ny mpanjaka.

10 Ary dia nasain' i Limia mpanjaka nanangona ny biby fiompiny ny olony; ary nandefa ny hetra tamin' ny divay ho an' ny Lamanita izy; ary nandefa divay misimisy kokoa ho toy ny fanomezana ho azy; ary dia nanara-po tamin' ny fisotroana ny divay izay nalefan' i Limia mpanjaka ho azy izy.

11 Ary ny zava-nitranga dia niainga nankany an-tany foana ny vahoakan' i Limia nony alina, niaraka tamin' ny biby fiompiny, ary nandeha nihodidina ny tanin' i Silôma tany an-tany foana izy, ary dia nivily ny diany nankany an-tanin' i Zarahemlà rehefa notarihan' i Amôna sy ny rahalahiny.

12 Ary efa nalainy niaraka taminy nankany an-tany foana avokoa ny volamenany sy ny volafotsiny ary ny zava-tsarobidiny izay azony nentina ary koa ny vatsiny; ary dia nanohy ny diany izy.

13 Ary rehefa tany an-tany foana andro maromaro izy, dia tonga tao an-tanin' i Zarahemlà ary nikambana tamin' ny vahoakan' i Môsià ary nanjary olom-peheziny.

14 Ary ny zava-nitranga dia noraisin' i Môsià tamim-pifaliana izy; ary izy koa nandray ny "rakitsorany ary koa ny ^brakitso-

ratra izay efa hitan' ny vahoakan' i Limia.

15 Ary ankehitriny ny zavaintranga, nony efa nahita ny Lamanita fa efa niainga nandao ny tany nandritra ny alina ny vahoakan' i Limia, dia nandefa ny miaramilany izy hankany an-tany foana hanenjika azy;

16 Ary rehefa avy nanenjika azy roa andro izy, dia tsy afaka nanaraka ny diany intsony; noho izany izy dia very tany an-tany foana.

Ny tantaran' i Almà sy ny vahoakan' ny Tompo izay noroahan' ny vahoakan' i Noà Mpanjaka tany an-tany foana.

Mahafaoka ny toko 23 sy 24.

TOKO 23

Nandà tsy ho mpanjaka i Almà— Nanompo izy araka ny maha-mpisorona avo azy— Nanafay ny olony ny Tompo, ary lasan' ny Lamanita ny tanin' i Helama— Amiolôna mpitondra ny mpisorona mamohetatr' i Noà Mpanjaka, dia nanapaka amin' ny maha-tompomenakelin' ny mpanjaka Lamanita azy. Tokony ho 145–121 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY i Almà, rehefa nampahalalain' ny Tompo mialoha fa hosovohan' ny miaramilan' i Noà mpanjaka izy, ary rehefa nampahafantariny ny olony izany, dia namory miaraka ny biby fiompiny sy naka tamin' ny voamainany ary niainga nan-

kany an-tany foana talohan' ny miaramilan' i Noà mpanjaka.

2 Ary ny Tompo dia nampahatanjaka azy, hany ka tsy azon' ny olon' i Noà mpanjaka nostrarina izy mba hamongorana azy.

3 Ary nandositra izy ary nandeha havalooana tany an-tany foana.

4 Ary tonga teo amin' ny tany iray izy, eny, dia tany tena tsara sy mahafinaritra, tanin' ny rano madio.

5 Ary nanangana ny lainy izy ary rafitra niasa ny tany sy nanomboka nanorina trano; eny, nahery miasa izy ary nifofotra izaitsizy tokoa.

6 Ary ny olona dia naniry an' i Almà mba ho mpanjakany, fa nolalain' ny olony izy.

7 Nefa hoy izy taminy: Indro, tsy ilaina ny hananantsika mpanjaka; fa izao no lazain' ny Tompo: Ianareo "tsy hihevitra ny nofo iray ho ambony noho ny iray hafa, na ny olona iray dia tsy hihevitra ny tenany ho ambony noho ny iray hafa; noho izany dia milaza aminareo aho fa tsy ilaina ny hanananareo mpanjaka.

8 Kanefa raha mety mitranga ny hanananareo mandrakariva olo-marina ho mpanjakanareo, dia soa ho anareo ny hanananareo mpanjaka.

9 Nefa tsarovy ny "helok' i Noà mpanjaka sy ny mpisorony; ary na dia ny tenako aza dia efa ^bvoan' ny fandrika sy nanao zavatra maro izay

fahavetavetana teo imason' ny Tompo, izay nahatonga ahy hibebaka mafy;

10 Kanefa, taorian' ny ^afijaliana be, dia nandre ny fitalahoako ny Tompo ary namaly ny fivavako sy efa nanao ahy ho fitaovana teo an-tànany tamin' ny fitondrana ny ^bmaro taminareo ho amin' ny fahalalana ny fahamarinany.

11 Kanefa tsy mirehareha amin' izany aho, satria tsy mendrika ny hirehareha ny amin' ny tenako aho.

12 Ary ankehitriny lazaiko aminareo, efa nampahorian' i Noà mpanjaka ianareo ary efa navarina ho andevo ho azy sy ho an' ny mpisorony sy efa notaomin' ireo ho any amin' ny heloka; koa efa novejain' ny ^afamatoran' ny heloka ianareo.

13 Ary ankehitriny, satria efa navotan' ny herin' Andriamanitra ianareo ho afaka tamin' ireny famatorana ireny; eny, ho afaka na dia teo an-tanan' i Noà mpanjaka sy ny olony aza ary koa ho afaka tamin' ny famatoran' ny heloka, dia maniry aho ny ^ahiorenanareo mafy ao amin' ity ^bfahafahana izay efa nanafahana anareo ity sy ny tsy hitokianareo ^dolona ho mpanjaka eo aminareo.

14 Ary koa, aza matoky olona ho ^ampampianatra na ho mpiahy anareo raha tsy olon' Andriamanitra izy ka mandeha

amin' ny lalany sy mitandrana ny didiny.

15 Dia toy izany no nampianarin' i Almà ny olony mba ^ahitivan' ny olona tsirairay ny namany toy ny tenany ka tsy hisian' ny ^bfifandirana eo anivony.

16 Ary ankehitriny dia i Almà no ^ampisorona avo teo aminy, noho izy mpanorina ny fiangonany.

17 Ary ny zava-nitranga dia tsy nisy nandray ^afahefana hitory na hampianatra raha tsy tamin' ny alalany izay avy tamin' Andriamanitra. Koa izy no nanokana ny mpisorony rehetra sy ny mpampianany rehetra; ary tsy nisy notokanany afa-tsy izay olo-marina.

18 Koa ireo dia niahy ny olony sy ^anamahana azy tamin' ny zavatra mikasika ny fahitsiana.

19 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka niroborobo izaitsizy teo amin' ny taniny izy; ary nantsoiny hoe Helama ny tany.

20 Ary ny zava-nitranga dia nihamaro sy nambinina izaitsizy tokoa izy teo amin' ny tanin' i Helama; ary nanorina tanàna iray izy, izay nantsoina hoe ny tanànan' i Helama.

21 Kanefa ny Tompo dia mahita fa mety ny ^ahamaizana ny olony; eny, mizaha-toetra ny ^bfaharetany sy ny finoany Izy.

22 Kanefa—na zovy na zovy no mametraka ny ^afitokiany Aminy, dia izy no ^bhasandratra

10a F&F 58:4.

b Môsià 18:35.

12a 2 Ne. 28:19–22.

13a Gal. 5:1.

b TSM Fahalalahana.

d Môsià 29:13.

14a Môsià 18:18–22.

15a TSM Fitiavana.

b 3 Ne. 11:28–29.

16a Môsià 26:7.

17a TSM Fahefana;
Fisoronana.

18a 1 Tim. 4:6.

21a Hel. 12:3; F&F 98:21.

TSM Famaizana.

b TSM Faharetana.

22a TSM Matoky.

b 1 Ne. 13:37.

amin' ny andro farany. Eny, dia toy izany no nitranga tamin' ity vahoaka ity.

23 Fa indro, hasehoko anareo fa efa navarina tany amin' ny fanandevozana izy, ary tsy nisy nahafaka azy afa-tsy ny Tompo Andriamaniny, eny, dia Ilay Andriamanitr' i Abrahama sy i Isaka ary i Jakoba.

24 Ary ny zava-nitranga dia Izy no nanafaka azy sy naneho taminy ny heriny lehibe, ka dia lehibe ny fifaliany.

25 Fa indro ny zava-nitranga, raha mbola tao amin' ny tanin' i Helama izy, eny, tao an-tanànan' i Helama, raha mbola teo ampiasana ny tany manodidina, dia indro mbÿ tao amin' ny fari-try ny sisin-tany ny miaramilan' ny Lamanita.

26 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nitsoaka nandao ny tanimboliny ny rahalahin' i Almà ary niara-nifamory tao an-tanànan' i Helama; ary dia raiki-tahotra be izy ireo noho ny fisehoan' ny Lamanita.

27 Nefa nandroso i Almà ary nijoro teo anivony sy nandrisika azy ireo tsy hatahotra fa hahatsiaro kosa ny Tompo Andriamaniny, ary ho afahany izy ireo.

28 Noho izany izy ireo dia nampangina ny tahony ary rafitra nitalaho tamin' ny Tompo mba hanalefahany ny fon' ny Lamanita mba hitsimbiny azy ireo sy ny vadiny aman-janany.

29 Ary ny zava-nitranga dia nanalefaka ny fon' ny Lamanita ny Tompo. Ary nivoaka i Almà

sy ny rahalahiny ka nitolo-batana teo an-tanany; ary nandray ny fizakana ny tanin' i Helama ny Lamanita.

30 Ankehitriny ny miaramilan' ny Lamanita, izay efa nanenjika ny vahoakan' i Limia mpanjaka, dia efa very tany an-tany foana nandritra ny andro maromaro.

31 Ary indro efa hitany ireo mpisoron' i Noà mpanjaka ireo teo amin' ny toerana izay nantsoiny hoe Amiolôna; ary efa nanomboka nizaka ny tanin' i Amiolôna sy efa nanomboka niasa ny tany izy ireo.

32 Ankehitriny ny anaran' ny mpitondra ireo mpisorona ireo dia i Amiolôna.

33 Ary ny zava-nitranga dia nitalaho tamin' ny Lamanita i Amiolôna; ary nasainy nandroso koa ny vadiny izay "zanakavin' ny Lamanita mba hiangavy ny anadahiny tsy hamongorany ny vadiny.

34 Ary nanana "fitserana an' i Amiolôna sy ny rahalahiny ny Lamanita noho ny vadiny, ary tsy namongotra azy.

35 Ary i Amiolôna sy ny rahalahiny dia nitambatra tamin' ny Lamanita, ary nandeha tany an-tany foana ireo teo am-pitadiavana ny tanin' i Nefia raha nahita ny tanin' i Helama, izay efa nozakain' i Almà sy ny rahalahiny.

36 Ary ny zava-nitranga dia nampanantena an' i Almà sy ny rahalahiny ny Lamanita fa raha toa izy mety manoro azy ny làlana izay mitondra mankany

an-tanin' i Nefia, dia havelany aminy ny ainy sy ny fahafahany.

37 Nefa nony natoron' i Almà azy ny lalana izay mitondra mankany an-tanin' i Nefia, dia tsy nety nitana ny fampanantenany ny Lamanita; fa nasiany "mpiambina kosa manodidina ny tanin' i Helama, hiandry an' i Almà sy ny rahalahiny.

38 Ary ny sisa tavela taminy dia nandeha nankany an-tanin' i Nefia; ary ny ampahany taminy kosa niverina tany an-tanin' i Helama, ary koa nitondra niaraka taminy ny vady aman-janaky ny mpiambina izay efa navela hiandry ny tany.

39 Ary ny mpanjakan' ny Lamanita dia efa namela an' i Amiolôna ho mpanjaka sy ho mpanapaka amin' ny olony, izay nonina teo an-tanin' i Helama; kanefa tsy hanam-pahefana izy hanao na inona na inona mifanohitra amin' ny sitrapon' ny mpanjakan' ny Lamanita.

TOKO 24

Nanenjika an' i Almà sy ny olony i Amiolôna—Novonoina ho faty izy raha mivavaka—Nanao izay hanamaivanana ny enta-mavesany ny Tompo—Nanafaka azy tamin' ny fanandevozana Izy, ary niverina tany Zarahemlà izy. Tokony ho 145–120 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nahita sitraka teo imason' ny mpanjakan' ny Lamanita i Amiolôna;

noho izany ny mpanjakan' ny Lamanita dia nanaiky ny hanendrena azy sy ny rahalahiny ho mpampianatra teo amin' ny vahoakany, eny, dia teo amin' ny vahoaka izay tao an-tanin' i Semlôna sy tao amin' ny tanin' i Silôma ary tao amin' ny tanin' i Amiolôna.

2 Satria efa nandray ny fizakana ireo tany rehetra ireo ny Lamanita; noho izany, ny mpanjakan' ny Lamanita dia efa nanendry mpanjaka teo amin' ireo tany rehetra ireo.

3 Ary ankehitriny ny anaran' ny mpanjakan' ny Lamanita dia i Lamàna noho izy nantsoina araka ny anaran-drainy; noho izany izy dia nantsoina hoe i Lamàna, mpanjaka. Ary mpanjakan' ny vahoaka maro izy.

4 Ary notendreny tamin' ny rahalahin' i Amiolôna ny mpampianatra ho an' ny tany tsirairay izay nozakain' ny vahoakany; ary dia toy izany no nanombohana nampianarana ny fitenin' i Nefia tany anivon' ny vahoaka Lamanita rehetra.

5 Ary izy samy vahoaka dia nifampisakaiza tokoa; na dia teo aza izany dia tsy nahalala an' Andriamanitra izy; sady tsy nampianarin' ny rahalahin' i Amiolôna azy koa na inona na inona momba ny Tompo Andriamaniny, na ny momba ny lalàn' i Mosesy; no tsy nampianariny azy koa ny tenin' i Abinadia;

6 Fa nampianariny azy kosa ny tokony hitanany ny rakitsorany

ary mba hahazoan' izy samy izy mifanoratra.

7 Ary dia toy izany no nanombohan' ny Lamanita nitombo harena sy nanombohany nifampivarotra sy nihalehibe ary nanombohany ho lasa vahoaka fetsy sy hendry, raha ny amin' ny fahendren' izao tontolo izao, eny, vahoaka tena fetsy, finaritra tamin' ny karazana faharatsiana rehetra sy ny famaboana fanana afa-tsy ny teo anivon' ny rahalahiny ihany.

8 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nanomboka nampihatra "fahefana tamin' i Almà sy ny rahalahiny i Amiolôna ary nanomboka nanenjika azy, ary nataony izay hanenjehin' ny zanany ny zanak' izy ireo.

9 Satria nahafantatra an' i Almà i Amiolôna, fa "anankiray tamin' ny mpisoron' ny mpanjaka izy, ary izy ilay nino ny tenin' i Abinadia ka efa noroahina hiala teo anoloan' ny mpanjaka, ary noho izany izy dia nisafaoka taminy; satria olom-pehezin' i Lamàna mpanjaka izy, kanefa izy dia nanampatra fahefana taminy sy nampanao azy ^basa an-tery vozona ary nanome azy mpampiasa.

10 Ary ny zava-nitranga dia lehibe loatra ny fahoriany ka nanomboka ho nahery nitalaho mafy tokoa tamin' Andriamanitra izy.

11 Ary nandidy azy i Amiolôna hampitsahatra ny fitalahoany; ary nametrahany mpiambina teo

amin' hiandry azy, ka na zovy na zovy no ho hita miantso an' Andriamanitra dia hovanoina ho faty.

12 Ary i Almà sy ny olony dia tsy nanandratra ny feony tamin' ny Tompo Andriamaniny fa "namboraka ny tao am-pony taminy, ary Izy dia nahalala ny fihevitra ny fony.

13 Ary ny zava-nitranga dia tonga taminy tao amin' ny fahoriany ny feon' ny Tompo, nanao hoe: Atrakao ny lohana-reo ary manàna fahatokiana, satria fantatro ny fanekempihavanana izay efa nataonareo Tamiko; ary Izaho hanao fanekempihavanana amin' ny oloko sy hanafaka azy hiala amin' ny famatorana.

14 Ary hohamaivaniko koa ny enta-mavesatra izay apetraka eo an-tsorokareo, ka tsy hahatsapa izany ny lamosinareo na dia mbola ao anatin' ny famatorana aza ianareo; ary izany no hataoko dia ny mba hahazoanareo mijoro ho "vavolombelona ny Amiko rahatrizay sy mba hahazoanareo mahalala marina tokoa fa Izaho, Tompo Andriamanitra, dia mamangy ny oloko ao amin' ny ^bfahoriany.

15 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nohamaivanina ny enta-mavesatra izay nampitondraina an' i Almà sy ny rahalahiny; eny, "nampahatanjaka azy ny Tompo mba hahafahany mitondra mora foana ny ^benta-mavesany, ary izy dia nanaiky

24 8a F&F 121:39.

9a Môsià 17:1-4; 23:9.

b Môsià 21:3-6.

12a TSM Vavaka.

14a TSM Vavolombelona.

b TSM Fahoriana.

15a Mat. 11:28-30.

b Almà 31:38; 33:23.

tamim-pifaliana sy tamim-^dpaharetana ny sitrapon' ny Tompo rehetra.

16 Ary ny zava-nitranga dia lehibe loatra ny finoany sy ny faharetany ka tonga taminy indray ny feon' ny Tompo, nanao hoe: Manàna fahatokiana fa rahampitso Aho dia hanafaka anreo hiala amin' ny famatorana.

17 Ary hoy Izy tamin' i Almà: Ianao no handeha eo alohan' ity vahoaka, ary Izaho dia handeha hiaraka aminao ka hanafaka ity vahoaka ity hiala amin' ny "famatorana.

18 Ankehitriny ny zava-nitranga nony alina dia nanangona ny biby fiompiny ary koa ny ampahan' ny voamainany i Almà sy ny olony; eny, nandritra ny alina manontolo no nanangonany miaraka ny biby fiompiny.

19 Ary nony maraina dia nahatonga "torimaso lalina tamin' ny Lamanita ny Tompo, eny, renoky ny torimaso lalina avokoa ny mpampiasa azy.

20 Ary dia niainga nankany an-tany foana i Almà sy ny olony; ary nony efa nandeha nandritra ny manontolo andro izy, dia nanangana ny lainy teo an-dohasaha iray, ary nantsoiny hoe Almà ny lohasaha, satria izy no nitarika ny diany tany an-tany foana.

21 Eny, ary tao andohasahan' i Almà izy no namboraka ny "fisaorany an' Andriamanitra noho Izy efa feno famindram-po taminy ary nanamaivana ny enta-mavesany sy nanafaka azy hiala tamin' ny famatorana;

satria tao amin' ny famatorana izy, ary tsy ho nisy nahafaka azy tamin' izany afa-tsy ny Tompo Andriamaniny.

22 Ary nanolotra fisaorana an' Andriamanitra izy, eny, ny lehilahiny rehetra, sy ny vehivaviny rehetra ary ny zanany rehetra izay nahay miteny dia nanandra-peo ho fankalazana ny Andriamaniny.

23 Ary ankehitriny dia hoy ny Tompo tamin' i Almà: Faingàna ianao ary mialà eo amin' ity toerana ity ianao sy ity vahoaka ity fa efa nifoaha ny Lamanita sy manenjika anao; koa mialà ianao eo amin' ity toerana ity ary Izaho hampijanona ny Lamanita eto amin' ity lohasaha ity mba tsy handehanany lavidavitra kokoa amin' ny fanenjehana ity vahoaka ity.

24 Ary ny zava-nitranga dia nanainga izy niala ny lohasaha ary nanohy ny diany nankany an-tany foana.

25 Ary rehefa avy nandeha roa ambin' ny folo andro tany an-tany foana izy, dia tonga tao an-tanin' i Zarahemlà; ary i Môsià mpanjaka dia nandray azy koa tamim-pifaliana.

TOKO 25

Nanjary Nefita ny tamingan' i Mioleka tao Zarahemlà—Nianatra ny momba ny olon' i Almà sy ny an' i Zenifa izy—Nanao batisa an' i Limia sy ny olony rehetra i Almà—Nanome lalana an' i Almà

i Môsià hanangana ny fiangonan' Andriamanitra. Tokony ho 120 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny dia nasain' i Môsià mpanjaka nivory miaraka avokoa ny vahoaka.

2 Ankehitriny, ny zanak' i Nefia na ny ankamaroan' ireo izay tamingan' i Nefia dia tsy nisy firy tahaka ny "mponin' i Zarahemla izay tamingan' i ^bMioleka sy ireo izay niara-tonga taminy tany an-tany foana.

3 Ary tsy dia nisy firy loatra toy ny Lamanita ny vahoakan' i Nefia sy ny vahoakan' i Zarahemlà; eny, tsy nisy antsasany ny hamaroany.

4 Ary ankehitriny dia niara-tafavory avokoa ny vahoakan' i Nefia, ary koa ny vahoakan' i Zarahemlà rehetra, ary navondrona ho toko roa izy ireo.

5 Ary ny zava-nitranga dia namaky sy nampamaky ny rakitsoratr' i Zenifa tamin' ny olony i Môsià; eny, novakiany ny rakitsoratra ny vahoakan' i Zenifa hatramin' ny fotoana nandaozany ny tanin' i Zarahemlà ka ambara-piveriny indray.

6 Ary novakiany koa ny tantaran' i Almà sy ny rahalahiny ary ny fahoriany rehetra hatramin' ny fotoana nandaozany ny tanin' i Zarahemlà ka hatramin' ny fotoana niverenany indray.

7 Ary ankehitriny, rehefa avy namarana ny famakiana ny rakitsoratra i Môsià, ny olony

izay nijanona tao an-tanàna dia nozoin' ny hagagana sy ny fitalanjonana.

8 Satria tsy fantany izay tokony hoeritreretina; fa nony hitany ireo izay efa "nafahana tamin' ny famatorana, dia feno fifaliana fatratra tokoa izy.

9 Ary koa, nony nieritreritra ny rahalahiny izay efa novonoin' ny Lamanita izy, dia feno alahelo ary nandrotsaka ranomason' alahelo maro mihitsy.

10 Ary koa, nony nieritreritra ny hatsaram-pon' Andriamanitra mivantana izy sy ny heriny tamin' ny nanafahany an' i Almà sy ny rahalahiny teo antanan' ny Lamanita sy tamin' ny famatorana, dia nanandra-tra ny feony izy sy nanolotra fisaorana an' Andriamanitra.

11 Ary koa, nony nieritreritra ny momba ny Lamanita izay rahalahiny izy, ny amin' ny toetrany feno fahotana sy loto, dia heniky ny "fanaintainana sy ny fitaintainana izy ho an' ny fiadanana' ny ^bfanahiny.

12 Ary ny zava-nitranga dia ireo izay zanak' Amiolôna ireo sy ny rahalahiny izay efa naka ny zanakavavin' ny Lamanita ho vadiny, dia sosotra tamin' ny fitondran-tenan' ny rainy ary tsy nety nantsoina intsony tamin' ny anaran-drainy, noho izany izy dia nitondra kosa teo aminy ny anaran' i Nefia mba hahazoana miantso azy hoe ny zanak' i Nefia sy hanisana azy

25 2a Ômnia 1:13–19.
b Hel. 6:10.
TSM Mioleka.
8a Môsià 22:11–13.

11a Môsià 28:3–4;
Almà 13:27.
b TSM Fanahy
(Fitambaran'ny

Vatana sy ny
Fanahy)—
Hasarobidin' ny
olona.

eo anivon' ireo izay nantsoina hoe Nefita.

13 Ary ankehitriny ny vahoakan' i Zarahemlà rehetra dia "nisaina niaraka tamin' ny Nefita, ary izany dia satria ny fanjakana dia tsy natolotra na iza na iza afa-tsy ireo izay tamingan' i Nefia.

14 Ary ankehitriny ny zavainitranga rehefa avy namarana ny fitenenana sy ny famakianteny tamin' ny vahoaka i Môsià, dia niriany ny mba hitenenan' i Almà amin' ny vahoaka.

15 Ary i Almà dia niteny tamin' ny nony efa vory lanona tamina vondrona lehibe ireo, ary nitety ny vondrona tsirairay avy izy, ka nitory tamin' ny olona ny fibebahana sy ny finoana ny Tompo.

16 Ary notaominy ny vahoakan' i Limia sy ny rahalahiny, ireo rehetra izay efa nafahana tamin' ny famatorana mba hahatsiarovany fa ny Tompo no nanafaka azy ireo.

17 Ary ny zavainitranga, rehefa avy nampianatra ny olona zavatra maro i Almà ary efa namarana ny fitenenana taminy, dia naniry i Limia mpanjakany mba ho azo atao batisa; ary ny olony rehetra dia naniry mba ho azo atao batisa ihany koa.

18 Noho izany, i Almà dia niroso nankao anaty rano ary nanao "batisa azy; eny, izy dia nanao batisa azy araka ny fomba nataony tamin' ny rahalahiny tany amin' ny ^branon' i Môrmôna; eny, ary izay rehetra nataony batisa

dia isan' ny fiangonan' Andriamanitra; ary izany dia noho ny finoany ny tenin' i Almà.

19 Ary ny zava-nitranga dia notovin' i Môsià mpanjaka tamin' i Almà ny hahazoany manangana fiangonana eran' ny tanin' i Zarahemlà manontolo; ary nomeny azy ny "fahefana hanendry mpisorona sy mpampianatra ao amin' ny fiangonana tsirairay avy.

20 Ankehitriny, izany no natao dia satria nisy maro loatra ny olona ka tsy hita hofeheziny ny mpampianatra iray izy rehetra; sady tsy afaka mandre ny tenin' Andriamanitra ao amin' ny fivoriana iray izy rehetra;

21 Noho izany izy dia niaranivory tamin' ny vondrona samihafa izay nantsoina hoe fiangonana; ny fiangonana tsirairay avy dia nanana ny mpisorony sy ny mpampianatra azy, ary ny mpisorona tsirairay dia nitory ny teny araka izay nolazain' ny vavan' i Almà taminy.

22 Ary dia toy izany, na dia teo aza ny fisian' ny fiangonana maro, no maha-"fiangonana iray ihany azy rehetra, eny, dia ny fiangonan' Andriamanitra; fa tsy nisy na inona na inona notoriana tany amin' ny fiangonana rehetra afa-tsy ny fibebahana sy ny finoana an' Andriamanitra.

23 Ary ankehitriny dia nisy fiangonana fito teo amin' ny tanin' i Zarahemlà. Ary ny zavainitranga dia na zovy na zovy no naniry ny hitondra eo aminy

13a Ômnia 1:19.
18a Môsià 21:35.

^b Môsià 18:8–17.
19a TSM Fisoronana.

22a Môsià 18:17.

ny “anaran’ i Kristy, na ny an’ Andriamanitra, dia nikambana tamin’ ny fiangonan’ Andriamanitra izy;

24 Ary ireo no nantsoina hoe ny “vahoakan’ Andriamanitra. Ary nampidina ny Fanahiny tamin’ ny Tompo, ary notahiana sy niroborobo tamin’ ny tany izy.

TOKO 26

Notarihin’ ny tsy mpino ho any amin’ ny fahotana ny mpikambana maro tao amin’ ny fiangonana — Nampanantenaina an’ i Almà ny fiainana mandrakizay — Ireo izay nibebaka sy natao batisa no nahazo famelana — Ny mpikamban’ ny fiangonana tao amin’ ny ota, ka nibebaka sy niaiky ny helony tamin’ i Almà sy ny Tompo, dia ho voavela; raha tsy izany, dia tsy ho raisina ho isan’ ny vahoakan’ ny Fiangonana izy. Tokony ho 120–100 talohan’ i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga dia nisy maro tamin’ ny taranaka vao misondrotra, izay tsy nety nahatakatra ny tenin’ i Benjamîna mpanjaka noho izy mbola ankizy madinika tamin’ ny fotoana nitenenany tamin’ ny olony; ary tsy nino ny fomban-drazany izy.

2 Tsy nino izay efa nolazaina momba ny fitsanganan’ ny nodimandry amin’ ny maty izy ary tsy nino koa ny momba ny fiavian’ i Kristy.

3 Ary ankehitriny noho ny tsy finoany dia tsy nety “nahatakatra ny tenin’ Andriamanitra izy; ary nohamafisina ny fony.

4 Ary tsy nety natao batisa izy; sady tsy nety nikambana tamin’ ny fiangonana. Ary olona niavaka izy raha ny finoany sady nijanona ho toy izany hatrany, dia tao amin’ ny toetry ny maha-“olon’ ny nofo sy mpanota; fa tsy nety niantso ny Tompo Andriamaniny izy.

5 Ary ankehitriny, nandritra ny fitondran’ i Môsià dia tsy nisy an-tsasaky ny vahoakan’ Andriamanitra ny hamaroany; nefa noho ny “tsy fifanarahana teo amin’ ireo rahalahy dia nanjary nihamaro kokoa izy.

6 Fa ny zava-nitranga dia nofitahiny tamin’ ny teny manasohaso ny maro izay tao anatin’ ny fiangonana ary nataony izay hahavitany fahotana maro; noho izany dia nilaina ny hananaran’ ny fiangonana ireo izay nahavita fahotana, izay tao “anatin’ ny fiangonana.

7 Ary ny zava-nitranga dia nentina teo anoloan’ ny mpisorona ireo ary natolotry ny mpampianatra ny mpisorona; ary ny mpisorona nitondra azy ireo teo anoloan’ i Almà izay “mpisorona avo.

8 Ankehitriny dia efa natolotr’ i Môsià mpanjaka an’ i Almà ny fahefana amin’ ny fiangonana.

9 Ary ny zava-nitranga dia tsy

23a TSM Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran’
i Jesoa Kristy.
24a TSM Fanekempihava-

nana.
26 3a TSM Fahatakarana.
4a TSM Olona araka ny
Nofo.
5a TSM Apôstazia;

Fifandirana.
6a Almà 5:57–58; 6:3.
TSM Fampitandre-
mana.
7a Môsià 29:42.

nahalala ny momba azy ireo i Almà; saingy nisy maro ny vavolombelona niampanga azy ireo; eny, nitsangana sady nanambara lavareny ny momba ny helony ny vahoaka.

10 Ankehitriny dia tsy nisy zavatra toy izany nitranga tamin' ny fiangonana teo aloha; noho izany i Almà dia sahiran-tsaina, ary nasainy nentina teo anatrehan' ny mpanjaka izy ireo.

11 Ary hoy izy tamin' ny mpanjaka: Indro, ireto ny maro izay efa nentinay eto anoloanao izay ampangain' ny rahalahiny; eny, ary izy ireo dia efa voaray teo am-panaovana heloka samihafa. Ary tsy mibebaka amin' ny helony izy ireo; noho izany izahay dia efa nitondra azy ireo eto anoloanao mba hahazoanao mitsara azy ireo araka ny helony avy.

12 Nefa hoy i Môsià mpanjaka tamin' i Almà: Indro, izaho dia tsy hitsara azy ireo; noho izany dia "manolotra azy ireo kosa eo an-tananao aho mba hotsaraina.

13 Ary ankehitriny dia sahiran-tsaina indray i Almà; dia nandeha izy ary nanadina ny Tompo ny amin' izay tokony hataony momba ity raharaha ity, satria natahotra izy fandrao hanao hadisoana eo imason' Andriamanitra.

14 Ary ny zava-nitranga, rehefa noborahiny tamin' Andriamanitra ny fanahiny manontolo, dia

tonga tamin' ny feon' ny Tompo, manao hoe:

15 Hotahina ianao ry Almà ary hotahina ireo izay natao batisa tao amin' ny "ranon' i Môrmôna. Hotahina ianao noho ny ^bfinoanao fatratra ny teny fotsiny ihany; izay an' i Abinadia mpanompoko.

16 Ary hotahina ireo noho ny finoany fatratra ny teny fotsiny ihany izay efa nolazainao azy ireo.

17 Ary hotahina ianao, satria efa nanangana "fiangonana teo anivon' ity vahoaka ity ianao; ka haorina mafy ianao, ary izy no ho oloko.

18 Eny, hotahina ity vahoaka ity izay te hitondra ny "anarako; fa amin' ny anarako no hiantsoana azy ary Ahy izy.

19 Ary satria efa nanadina Ahy ny amin' ny mpanjaka lalàna ianao, dia hotahiana ianao.

20 Mpanompoko ianao; ary Izaho dia manao fanekempihavanana aminao fa hahazo ny "fiainana mandrakizay ianao; ary hanompo Ahy ianao ary handeha amin' ny anarako sy hanangona ny ondriko.

21 Ary izay handre ny feoko no ho "ondriko; ary izay horaisinao ao amin' ny fiangonana, dia izy no horaisiko koa.

22 Fa indro, ity no fiangonako; na zovy na zovy no "atao batisa dia hatao batisa ho amin' ny fibebahana izy. Ary na zovy na

12a F&F 42:78–93.

15a Môsià 18:30.

b Môsià 17:2.

TSM Finoana.

17a Môsià 25:19–24.

18a Môsià 1:11; 5:8.

TSM Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran' i Jesoa Kristy.

20a TSM Olom-boafidy;
Fifidianana; Fiainana

Mandrakizay.

21a TSM Mpiandry

Ondry Tsara.

22a 2 Ne. 9:23.

TSM Batisa.

zovy no horaisinao, dia hino ny Anarako izy; ary izy no ^bhave-lako malalaka.

23 Fa Izaho no “mitondra eo amiko ny fahotan’ izao tontolo izao; fa Izaho no efa ^bnahary azy; ary Izaho no manome izay mino hatramin’ ny farany toerana eo an-tanako ankavanana.

24 Fa indro, amin’ ny Anarako no iantsoana azy; ary raha “mahalala Ahy izy, dia hivoaka sy handray ny toerany mandrakizay eo an-tanako ankavanana.

25 Ary ny zavatra hitranga, rehefa haneno ny “trompetra faharoa, dia amin’ izay vao hivoaka ireo izay tsy ^bnahalala Ahy na oviana na oviana ary hijoro eo anoloako.

26 Ary amin’ izany dia ho fantany fa Izaho no Tompo Andriamaniny, fa Izaho no Mpanavotra azy; saingy tsy te ho voavotra izy.

27 Ary amin’ izany Aho dia hiaiky aminy fa tsy “nahalala azy na oviana na oviana Aho; koa ^bhiala izy hankany amin’ ny ^aafo maharitra mandrakizay, voamana ho an’ ny devoly sy ny anjeliny.

28 Noho izany dia lazaiko aminao fa izay tsy te “handre ny feoko dia tsy horaisinao ao amin’ ny fiangonako, fa izy no

tsy horaisiko amin’ ny andro farany.

29 Noho izany dia lazaiko aminao, Mandehana, ary na zovy na zovy no mandika ny lalàko dia “hotsarainao ^baraka ny fahotana izay efa nataony izy; ary raha “miaiky ny fahotany eo anatrehanao sy eo anatrehako izy ary “mibebaka amin’ ny fahitsin’ ny fony, dia ^fhamela azy ianao, ary Izaho koa hamela azy.

30 Eny, ary “isaky ny ^bmibebaka ny oloko dia Izaho hamela ny fahadisoany Tamiko.

31 Ary ianareo samy ianareo koa dia “hifamela ny fahadi-soanareo; fa lazaiko aminareo marina tokoa, izay tsy mamela ny fahadisoan’ ny namany raha milaza izy fa mibebaka, dia izy no efa mametraka ny tenany eo ambany fanamelohana.

32 Ankehitriny dia lazaiko aminao, Mandehana; ary na zovy na zovy no tsy te hibe-baka amin’ ny fahotany dia tsy horaisina ho isan’ ny oloko izy; ary izany dia hankatoavina hatramin’ izao fotoana izao.

33 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nandre ireo teny ireo i Almà, dia nosoratany izany mba hahazoany mitana izany sy mba hahazoany mitsara ny vahoakan’ ity fiangonana ity araka ny didin’ Andriamanitra.

22b TSM Mamela;
Famelana ny
Fahotana.

23a TSM Mpanavotra.
b TSM Fahariana.

24a Jao. 17:3.

25a F&F 88:99, 109.

b F&F 76:81–86.

27a Mat. 7:21–23.

b Lio. 13:27.

d F&F 76:43–44.

28a 2 Ne. 9:31;

F&F 1:14.

29a TSM Fitsarana.

b TSM Ampamoahina,
Ampamoaka.

d 3 Ne. 1:25.

TSM Miaiky.

e TSM Fibe-bahana.

f TSM Mamela.

30a Môrô. 6:8.

b Ezek. 33:11, 15–16;

Asa 3:19–20;

Môsià 29:19–20.

31a 3 Ne. 13:14–15;

F&F 64:9–10.

34 Ary ny zava-nitranga dia nandeha i Almà ary nitsara ireo izay efa noraisina tao amin' ny heloka, araka ny tenin' ny Tompo.

35 Ary na zovy na zovy no nibbaka tamin' ny fahotany sy "niaiky izany dia izy no noraisiny ho isan' ny vahoakan' ny fiangonana;

36 Ary ireo izay tsy te hiaiky ny fahotany sy tsy te hibebaka tamin' ny helony, ireo no tsy noraisina ho isan' ny vahoakan' ny fiangonana, ary "novonoina ny anarany.

37 Ary ny zava-nitranga dia i Almà no nitantana ny raharahan' ny fiangonana rehetra; ary nanomboka nahita filaminana sy ho nambinina fatratra tokoa izy ireo teo amin' ny raharahan' ny fiangonana, nandeha tamimpahamalinana teo anatrehan' Andriamanitra sy nandray maro ary nanao batisa maro.

38 Ary ankehitriny izany zavatra rehetra izany no nataon' i Almà sy ny mpiara-miasa taminy tamin' ny fiangonana, nandeha tamin' ny fahazotoana rehetra, nampianatra ny tenin' Andriamanitra tamin' ny zava-drehetra, niaritra ny karazam-pahoriana rehetra, nen-jehin' ireo rehetra izay tsy isan' ny fiangonan' Andriamanitra.

39 Ary izy ireo dia nananatra ny rahalahiny; ary izy ireo koa dia "nanarina, ny tsirairay

tamin' ny tenin' Andriamanitra araka ny fahotany na ny fahotana izay efa nataony, rehefa nodidian' Andriamanitra ^bhivavaka tsy tapaka, sy hana-ti-^dtsaotra amin-java-drehetra.

TOKO 27

Nandrara ny fanenjehana i Môsià ary nandidy ny hisian' ny fitoviana — Nikatsaka ny handrava ny fiangonana i Almà Zanany sy ny zanak' i Môsià efa-dahy — Niseho ny anjely iray ary nandidy azy hampitsahatra ny asa ratsiny — Nanjary moana i Almà — Tsy maintsy ateraka indray ny olombelona rehetra hahazoany ny famonjena — Nilaza vaovao mahafaly i Almà sy ny zanakalahin' i Môsià. Tokony ho 100–92 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia nanjary lehibe loatra ny fanenjehana izay nampiharinar' ny tsy mpino tamin' ny fiangonana hany ka nanomboka nimonomonona ny fiangonana, ary nitaraina tamin' ny mpitondra azy momba izany raharaha izany; ary izy kosa dia nitaraina tamin' i Almà. Ary i Almà dia nanazava ny toe-javatra teo anoloan' i Môsià mpanjakany. Ary niaranidinika tamin' ny mpisorony i Môsià.

2 Ary ny zava-nitranga dia nandefa filazana eran' ny tany manodidina i Môsià mpanjaka mba tsy hisy tsy mpino "hanenjika na

35a TSM Miaiky.

36a Eks. 32:33;

Almà 1:24.

TSM Bokin' ny

Fiainana; Fanesorana tsy ho Mpikambana.

39a TSM Fampitandremana.

b 2 Ne. 32:8–9.

d TSM Misaotra.

27 2a TSM Fanenjehana.

iza na iza amin' ireo izay anisan' ny fiangonan' Andriamanitra.

3 Ary nisy didy henjana eran' ny fiangonana rehetra mba tsy hisian' ny fifanenjarahana eo aminy fa ny mba hisian' ny "fitoviana kosa eo anivon' ny olon-drehetra;

4 Mba tsy hamelany ny avonavona sy ny fiamboniana hanelingelina ny "fiadanany; mba ^bhiheveran' ny olona tsirairay ny namany ho toy ny tenany, ka hampiasany ny tanany ihany ho fivelomany.

5 Eny, ary ny mpisorona sy ny mpampianatra rehetra dia tokony "hampiasa ny tanany avy hivelomany amin' ny lafiny rehetra afa-tsy amin' ny aretina na ao amin' ny fahasahiranana be; ary ny fanaovana ireo zavatra ireo dia nampitombo azy tao amin' ny ^bfahasoavan' Andriamanitra.

6 Ary nanomboka nisy fandriampahalemana be indray teo amin' ny tany; ary nanomboka ho maro tokoa ny mponina ary nanomboka niely patrana lavitra tambonin' ny tany, eny, tatsy avaratra sy tany atsimo, tany atsinanana sy tany andrefana, nanorina tanàn-dehibe midadasika sy tanàna kely tany amin' ny faritra rehetra teo amin' ny tany.

7 Ary ny Tompo dia namangy azy sy nanambina azy ary tonga firenena lehibe sy manan-karena izy.

8 Ankehitriny ny zanakalahin' i Môsià dia noraisina ho isan' ny tsy mpino; ary anisan' ireo koa ny anankiray tamin' ny "zanakalahin' i Almà, izay nantsoina hoe Almà toa an-drainy; kanefa dia nanjary lehilahy tena mamohetra sy ^bmpanompo sampy izy. Ary izy dia olon' ny teny maro, ary nanao teny nanasohaso be ny vahoaka izy; noho izany izy dia nitarika ny maro tamin' ny vahoaka hanao araka ny fomban' ny helony.

9 Ary nanjary sakana lehibe ho an' ny fandrosoan' ny fiangonan' Andriamanitra izy; tamin' ny "fangalarana ny fon' ny vahoaka; ny famelomana fifandirana be teo anivon' ny mponina; ny fanomezana lâlana ny fahavalon' Andriamanitra hanampatra ny fahefany taminy.

10 Ary ankehitriny ny zavaintranga, raha mbola nandeha tetsy sy teroa izy handrava ny fiangonan' Andriamanitra, fa nandeha an-tsokosoko tetsy sy teroa izy niaraka tamin' ny zanakalahin' i Môsià nikatsaka ny handrava ny fiangonana sy ny hitarika ny vahoakan' Andriamanitra haniaasia ary hanohitra ny didin' Andriamanitra, na koa ny mpanjaka—

11 Ary toy ny efa nolazaiko taminareo, fa raha mbola nandeha tetsy sy teroa izy ireo "nikomy tamin' Andriamanitra, dia indro, ^bniseho taminy ny

3a Môsià 23:7; 29:32.

4a TSM Fiadanana.

b TSM Mihevitra Ho.

5a Môsià 18:24, 26.

b TSM Fahasoavana.

8a TSM Almà,
Zanakalahin' i
Almà.

b TSM Fanompoan-
tsampy.

9a 2 Sam. 15:1–6.

11a TSM Fikomiana.

b Asa 9:1–9;

Almà 8:15.

“anjelin’ ny Tompo; ary nidina toy ny tao anaty rahona izy; ary niteny izy miova tsy ny feon’ ny kotrobaratra, izay nahatonga ny tany hihorohoro teo amin’ ny toerana nijoroan’ izy ireo.

12 Ary lehibe loatra ny fitalanjonany ka nianjera tamin’ ny tany izy ireo ary tsy nahatakatra ny teny izay nolazainy taminy.

13 Kanefa dia niantso indray izy, nanao hoe: Ry Almà, miarena ary mitsangàna, fa nahoana ianao no manenjika ny fiangonan’ Andriamanitra? Fa efa niteny ny Tompo hoe: “Intỳ no fiangonako ary Izaho no hanorina azy ary tsy hisy na inona na inona handrodana azy, afa-tsy ny fandikan-dalàn’ ny oloko.

14 Ary hoy indray ilay anjely: Indro, ny Tompo dia efa nandre ny “fivavaky ny olony ary koa ny fivavak’ i Almà mpanompony izay rainao; fa efa nivavaka tamim-pinoana be momba anao izy hahazoana mitondra anao mankamin’ ny fahalalana ny marina; koa, noho izany antony izany no efa nahatongavako mba handresy lahatra anao ny amin’ ny hery sy ny fahefan’ Andriamanitra, hahazoana mamaly ny ^bfivavaky ny mpanompony arakaraka ny finoany.

15 Ary ankehitriny indro, moa afaka manohitra ny herin’ Andriamanitra va ianao? Fa indro, moa va ny feoko tsy mampihorohoro ny tany? Ary moa va tsy azonao jerena koa aho manoloa-

na anao? Ary izaho dia iraka avy any amin’ Andriamanitra.

16 Ankehitriny dia lazaiko aminao hoe: Mandehana, ary tsarovy ny fahababoan’ ny razanao tany an-tanin’ i Helama sy tany an-tanin’ i Nefia; ary tsarovy ny mahalehibe ny zavatra efa nataony ho azy; fa tao amin’ ny famatorana izy, ary Izy dia efa “nanafaka azy. Ary ankehitriny, lazaiko aminao ry Almà, zory ny lalanao, ary aza mikatsaka ny handrava ny fiangonana intsony mba hahazoana mamaly ny fivavany, ary izany na dia sitrakao aza ny hanariana ny tenanao.

17 Ary ankehitriny ny zavaintranga dia ireo no teny farany izay nataon’ ilay anjely tamin’ i Almà, ary dia lasana izy.

18 Ary ankehitriny lavo tamin’ ny tany indray i Almà sy ireo izay niaraka taminy, fa lehibe ny fitalanjonany; fa tamin’ ny masony mihitsy no efa nijereny ny anjelin’ ny Tompo iray; ary ny feony dia toy ny kotrobaratra izay nampihorohoro ny tany; ary nahalala izy ireo fa tsy misy na inona na inona afa-tsy ny herin’ Andriamanitra ihany no afaka mampihorohoro ny tany sy mahatonga azy hihovotrovotra miova tsy ny hitresaka.

19 Ary ankehitriny lehibe loatra ny fitalanjonan’ i Almà ka nanjary moana izy ka tsy afaka nanokatra ny vavany; eny, ary nanjary osa izy fa tsy afanampihetsika ny tanany; noho

11*d* TSM Anjely.
13*a* TSM Jesoa Kristy—
Lohan’ ny

Fiangonana.
14*a* Almà 10:22.
b Mòrm. 9:36–37.

16*a* Mòsià 23:1–4.

izany dia nalain' ireo izay niaraka taminy izy ary nentina, tsy naharay tena, ambara-pahame-trahana azy teo anoloan-drainy.

20 Ary notanisainy tamin-drainy avokoa izay efa nanjo azy; ary dia faly ny rainy, satria nahalala izy fa herin' Andriamanitra izany.

21 Dia nasainy niara-nifamory ny valalabemandry mba hahazoany manatri-maso ny zavatra izay efa nataon' ny Tompo tamin-janany, ary koa tamin' ireo izay niaraka taminy.

22 Ary nasainy niara-nifamory ny mpisorona; ary nanomboka nifady hanina izy ireo ary niva-vaka tamin' ny Tompo Andriamaniny mba hanokafany ny vavan' i Almà mba hahazoany miteny ary koa mba hahazoan' ny rantsam-batany mandray hery—hahazoana manokatra ny mason' ny vahoaka ka hahita sy hahafantatra ny hatsaram-po sy ny voninahitr' Andriamanitra.

23 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nifady hanina sy niva-vaka nandritra ny roa andro sy roa alina izy ireo, dia nahazo hery ny rantsam-batan' i Almà, ary nitsangana izy ary nanomboka niteny taminy, nandrisika azy ireo hanana fahatokiana:

24 Fa, hoy izy, izaho dia efa nibbaka tamin' ny fahotako sy efa "navotan' ny Tompo; indro, ateraky ny Fanahy aho.

25 Ary hoy ny Tompo tamiko: Aza gaga fa ny olombelona re-

hetra, eny, na lahy na vavy, ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra, dia tsy maintsy "ateraka indray; eny, aterak' Andriamanitra, ^bovaina avy amin' ilay toetra "manaram-batana sy lavo, ho amin' ny toetry ny fahamari-nana, rehefa navotan' Andriamanitra ka tonga zanany lahy sy vavy;

26 Ary dia toy izany no maha-tonga azy ho olom-baovao; ary raha tsy manao izany izy, dia "tsy mahazo mandova ny fanjakan' Andriamanitra mihitsy.

27 Lazaiko aminareo fa raha tsy izany no mitranga, dia tsy maintsy lavina izy; ary izany no fantatro dia satria efa saika nolavina aho.

28 Kanefa, rehefa namakivaky fahasahiranana be aho ka nibbaka saika hatrany amin' ny fahafatesana aza, ny Tompo tao amin' ny famindram-po dia nahita fa mety ny handrombahana ahy hiala ny "afo maharitra mandrakizay, ary aterak' Andriamanitra aho.

29 Ny fanahiko dia efa navotana tamin' ny ngidin' ny afero sy ny famatoran' ny heloka. Tao amin' ny hantsana maizin-kitroka aho; nefa ankehitriny hitoka ny fahazavana mahagaga izay an' Andriamanitra. "Nosamatsamahan' ny fijaliana mandrakizay ny fanahiko; nefa norombahana tao aho, ary tsy manaintaina intsony ny fanahiko.

24a 2 Ne. 2:6–7.
TSM Fanavotana.

25a Roma. 6:3–11;
Môsià 5:7; Almà 5:14;

Mos. 6:59.
TSM Ateraka Indray,
Aterak' Andriamanitra.
b Môsià 3:19; 16:3.

d TSM Ara-nofo.
26a Jaos. 3:5.
28a 2 Ne. 9:16.
29a Môsià 2:38.

30 Notsipahiko ny Mpanavotra ahy ary nolaviko izay efa nolazain' ny razantsika; nefa ankehitriny, mba hahitan' izy ireo mialoha fa ho avy Izy, ary tsaroany ny voary tsirairay nohariany, dia haneho ny tenany amin' ny rehetra Izy.

31 Eny, ny ^alohaliika tsirairay dia hitsaoka ary ny lela tsirairay hiaiky eo anoloany. Eny, na dia amin' ny andro farany aza, rehefa hitsangana ny olon-drehetra mba ^bhotsarainy, dia hiaiky izy ireo amin' izany fa Izy no Andriamanitra; hiaiky amin' izany ireo izay miaina ^dtsy misy Andriamanitra eo amin' izao tontolo izao, fa rariny ny famaliana azy amin' ny famaizana maharitra mandrakizay; ary ho tora-kovitra sy hihorohoro ary hitakemotra ireo eo ambanin' ny fijerin' ny masony ^emahita ny zava-drehetra.

32 Ary ankehitriny ny zavanimitranga, hatramin' izay fotoana izay, dia nanomboka nampianatra ny vahoaka i Almà mbamin' ireo izay niaraka tamin' i Almà tamin' ny fotoana nisehoan' ilay anjely taminy, nandeha nitety ny tany rehetra manodidina nilaza tamin' ny olon-drehetra ny zavatra izay efa reny sy hitany, sady nitory ny tenin' Andriamanitra tao anatin' ny fahasahiranana be rehefa nenjehin' ireo izay tsy mpino mafy tokoa, rehefa nokapohin' ny maro taminy.

33 Nefa na dia teo aza izany dia nitondra fampaherezana be ho an' ny fiangonana izy ireo, tamin' ny fanamafisan' orina ny finoany sy ny famporisihana azy tamin' ny fahari-po ary ny filofosana be mba hitandrina ny didin' Andriamanitra.

34 Ary ^azanakalahin' i Môsià ny efa tra taminy; ary ny anarany dia i Amôna sy i Aharôna, ary i Ômnera sy i Himnia; ireo no anaran' ny zanakalahin' i Môsià.

35 Ary ireo dia nandeha eran' ny tanin' i Zarahemlà manontolo, tany anivon' ny vahoaka rehetra izay teo ambany fitondran' i Môsià mpanjaka, niezaka tamin' ny faharisihana tokoa hanarina ny fanimbana rehetra izay efa nataony tamin' ny fiangonana, niaiky ny fahotany rehetra sy nilaza ny zavatra rehetra izay efa hitany sy nanazava ny faminiana ary ny soratra masina tamin' ireo rehetra izay naniry ny handre izany.

36 Ary dia toy izany no nahafitaovana azy ireo teo an-tanan' Andriamanitra tamin' ny fitondrana ny maro ho amin' ny fahalalana ny fahamarinana, eny, ho amin' ny fahalalana ny Mpanavotra azy.

37 Ary endrey notahiana izy ireo! Fa ^anotoriany ny fiadanana; notoriany ny ^bteny soa mahafaly; ary nolazainy tamin' ny olona fa manjaka ny Tompo.

31a Filip. 2:9–11;
Môsià 16:1–2;

F&F 88:104.

^b TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara.

^d Almà 41:11.

^e TSM Andriamanitra.

34a TSM Amôna,
Zanakalahin' i Môsià.

37a Isa. 52:7;

Môsià 15:14–17.

TSM Mitory.

^b TSM Filazantsara.

TOKO 28

Nandeha mba hitory tany amin' ny Lamanita ny zanakalahin' i Môsià — Nandika ny takelaky ny Jarèdita i Môsià, tamin' ny fampiasana ny vato roan' ny mpahita. Tokony ho 92 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, rehefa avy nanao ireo zavatra rehetra ireo ny “zanakalahin' i Môsià, dia naka vitsivitsy izy ireo hiaraka aminy ary niverina tany amin' ny mpanjaka rainy sy nangataka taminy ny hamelany azy sy ireo izay efa nofantany mba hahazoany mandeha miakatra any an-tanin' i ^bNefia, mba hahazoany mitory ny zavatra izay efa reny mba hahazoany mizara ny tenin' Andriamanitra amin' ny Lamanita rahalahiny—

2 Mba hahazoany, angamba, mitondra azy ho amin' ny fahalalana ny Tompo Andriamaniny sy mandresy lahatra azy ny amin' ny heloky ny razany; ary mba hahazoany, angamba, manasitrana azy amin' ny “fankahalany ny Nefita ary mba hahazoany mitondra azy koa hiravoravo ao amin' ny Tompo Andriamaniny, mba hanjary mpinamana izy samy izy ary mba tsy hisy intsony ny fifandirana eran' ny tany rehetra izay efa nomen' ny Tompo Andriamaniny azy.

3 Ankehitriny dia niriany ny hanambara ny famonjena amin'

ny olona tsirairay, satria tsy “tantiny ny mety hisian' ny ^bfanahin' olona ho very; eny, na dia ny fieritreretana aza fa mety hisy fanahy hiaritra “fijaliana tsisy fiafarany dia nahatonga azy ireo hihorohoro sy hangovitra.

4 Ary dia toy izany no niasan' ny Fanahin' ny Tompo taminy, fa izy ireo no “faraidiny indrindra tamin' ny fahotana. Ary hitan' ny Tompo tao amin' ny ^bfamin-dram-po tsy hita lany fa mety ny hitsimbinana azy ireo; kane-fa dia niaritra ny fitaintainan' ny fanahiny fatratra izy ireo noho ny helony, rehefa nijaly mafy sy natahotra ny holavina mandrakizay.

5 Ary ny zava-nitranga dia niangaviany andro maromaro ny rainy mba hahazoany mandeha miakatra any an-tanin' i Nefia.

6 Ary nandeha i Môsià mpanjaka ary nanadina ny Tompo raha toa ka tokony havelany ny zanany lahy handeha hiakatra any amin' ny Lamanita hitory teny.

7 Ary hoy ny Tompo tamin' i Môsià: Avelao izy handeha hiakatra, fa maro no hino ny teniny, ary ho azony ny fiainana mandrakizay; ary Izaho no “hanafaka ny zanakao lahy eo an-tànan' ny Lamanita.

8 Ary ny zava-nitranga dia namela ny handehanany sy hanaovany araka ny fangatahiny i Môsià.

28 1a Môsià 27:34.

b Ômnia 1:12–13;
Môsià 9:1.

2a Jakôba 7:24.

3a Almà 13:27;

3 Ne. 17:14; Mos. 7:41.

b TSM Fanahy
(Fitambaran'ny
Vatana sy ny
Fanahy)—
Hasarobidin' ny
olona.

d Jakôba 6:10;

F&F 19:10–12.

4a Môsià 27:10.

b TSM Famindram-po.

7a Almà 19:22–23.

9 Ary dia “nizotra ny diany nankany an-tany foana mba hiakatra hitory teny any anivon’ ny Lamanita; ary homeko any aoriana ny ^bfitantarana ny zava-bitany.

10 Ankehitriny i Môsià mpanjaka dia tsy nanana olona amelana ny fanjakana, satria tsy nisy tamin’ ireo zanany lahy nety nandray ny fanjakana.

11 Noho izany izy dia nandray ny rakitsoratra izay voasokitra tamin’ ny “takela-barahina, ary koa ny takelak’ i Nefia sy ny zavatra rehetra izay efa notanany sy notehiriziny araka ny didin’ Andriamanitra, rehefa avy nandika sy nampanoratra ny rakitsoratra izay teo amin’ ny ^btakelabolamena izay hitan’ ny olon’ i Limia, izay natolotry ny tanan’ i Limia azy;

12 Ary izany no nataony dia noho ny ahiahy lehibe teo amin’ ny olony; fa naniry fatratra izy ny hahafantatra ny momba ireo olona izay efa nofongorana ireo.

13 Ary ankehitriny izy dia nandika izany tamin’ ny alalan’ ireo “vato roa ireo izay natambatry ny tanjaka roan’ ny andohalambo iray.

14 Ankehitriny ireo zavatra ireo dia efa voaomana hatrany am-piandohana ary nifanoloran’ ny taranaka nifandimby, satria ny fikasana dia ny fandikana teny;

15 Ary ireo dia efa notanana sy notehirizin’ ny tanan’ ny Tom-

po, mba hasehony ny voary tsirairay izay hizaka ny tany ny heloka sy ny fahavetavetan’ ny olony;

16 Ary na zovy na zovy no manana ireo zavatra ireo, dia antsoina hoe “mpahita, araka ny fomban’ ny fahagolan-tany.

17 Ankehitriny nony efa nahavita ny fandikana ireo rakitsoratra ireo i Môsià, dia indro, nanambara ny tantaran’ ny vahoaka iray izay “nofongorana izany, nanomboka tamin’ ny fotoana izay namongorana azy ka mianotra mankany amin’ ny fananganana ny ^btilikambo lehibe tamin’ ny fotoana “nanorokoroan’ ny Tompo ny fitenin’ ny olona, ary dia naely patrana lavitra teo ambonin’ ny tany manontolo izy, eny, ary dia hatramin’ izay fotoana izay ka miverina hatrany amin’ ny nahariana an’ i Adama.

18 Ankehitriny ity tantara ity dia nahatonga ny vahoakan’ i Môsià halahelo izaitsizy tokoa, eny, feno alahelo izy; kanefa dia nanome azy fahalalana be izany, izay naharavoravo azy.

19 Ary ity tantara ity dia hosoratana rahatrizay; satria indro ilaina ny hahafantaran’ ny vahoaka rehetra ny zavatra izay voasoratra ao amin’ ity tantara ity.

20 Ary ankehitriny, toy ny nolazaiko taminareo fa rehefa nahavita ireo zavatra ireo i Môsià mpanjaka, dia nalainy ny takela-

9a Almà 17:6–9.

b Almà 17–26.

11a TSM Takela-barahina.

b TSM Takela-bolamena.

13a TSM Orima sy Tomima.

16a Môsià 8:13–18.
TSM Mpahita.

17a Môsià 8:7–12.

b Etera 1:1–5.

d Gen. 11:6–9.

“barahina sy ny zavatra rehetra izay efa notehiriziny ary natolony an’ i Almà izany, izay zanakalahin’ i Almà; eny, ny rakisoratra rehetra ary koa ny ^bfandikana, ary natolony azy izany, ary nodidiany izy hitana sy “hitahiry izany ary koa hitana ny rakisoratry ny vahoaka, hanolotra izany ny taranaka mifandimby, dia tahaka ny efa nanolorana izany hatrany, hatramin’ ny fotoana izay nandaozan’ i Leahia an’ i Jerosalema.

TOKO 29

Namosa-kevitra i Môsià mba hifidianana ny mpitsara ho eo amin’ ny toeran’ ny mpanjaka—Nitarika ny vahoakany tany amin’ ny fahotana ny mpanjaka tsy marina—Nofinidin’ ny feon’ ny vahoaka i Almà Zanany mba ho lohan’ ny mpitsara—Izy koa no mpisorona avo teo amin’ ny fiangonana—Nodimandry i Almà rainy sy i Môsià. Toko ny ho 92–91 talohan’ i j.k.

ANKEHITRINY, nony efa nahavita izany i Môsià, dia naniraka olona eran’ ny tany manontolo tany anivon’ ny vahoaka rehetra izy, noho ny faniriana hahalala ny sitrapony momba izay tokony ho mpanjakany.

2 Ary ny zava-nitranga dia tonga ny feon’ ny vahoaka, nanao hoe: Maniry an’ i Aharôna zanakao lahy izahay ho mpanjaka sy ho mpanapaka anay.

3 Ankehitriny dia efa lasa nia-

katra tany an-tanin’ i Nefia i Aharôna, noho izany ny mpanjaka dia tsy afaka nanolotra azy ny fanjakana; sady tsy te handray ny fanjakan’ i Aharôna; sady tsy nisy koa tamin’ ny “zanak’ i Môsià te handray ny fanjakana.

4 Noho izany i Môsià mpanjaka dia nampaniraka indray tany anivon’ ny vahoaka; eny, nandefa teny voasoratra mihitsy tany anivon’ ny vahoaka izy. Ary ireo teny izay voasoratra ireo dia manao hoe:

5 Indro, ianareo ry vahoakako na ry rahalahiko, fa toy izany no iheverako anareo, maniry aho ny handinihinareo ny foto-kevitra izay iantsoana anareo hodinihina—fa maniry ianareo ny hanana “mpanjaka iray.

6 Ankehitriny ambarako aminareo fa ilay manan-jo ara-dalàna amin’ ny fanjakana dia efa nandà ary tsy handray eo aminy ny fanjakana.

7 Ary ankehitriny, raha toa misy anankiray hafa voatendry eo amin’ ny toerany, dia indro manahy aho fandrao hitranga ny fifandirana eo aminareo. Ary iza moa no mahalala raha toa ny zanako lahy izay manana zo ara-dalàna amin’ ny fanjakana ka tsy ho tezitra ary hitarika ny ampahan’ ity vahoaka ity hanaraka azy, izay hahatonga ady sy fifandirana eo anivonareo, izay ho anton’ ny fandatsahan-dra be sy ny familiviliana ny lalan’ ny Tompo, eny, ary hamongotra ny fanahin’ olona maro.

20a Almà 37:3–10.
b TSM Orima sy
Tomima.

d TSM Soratra Masina—
Hotehirizina ny
Soratra Masina.

29 3a Môsià 27:34.
5a 1 Sam. 8:9–19.

8 Ankehitriny dia lazaiko aminareo, aoka isika ho hendry ary handinika ireo zavatra ireo, fa tsy manan-jo hamongotra ny zanako lahy isika, no sady tsy manan-jo koa hamongotra olonkafa raha misy iray hafa hotendrena eo amin' ny toerany.

9 Ary raha toa ny zanako lahy ka miverina indray amin' ny avonavony sy ny zava-poanany, dia hotsoahiny ny zavatra izay efa nolazainy, ary hitaky ny zony amin' ny fanjakana izy izay hahatonga azy ary koa ity vahoaka ity hanao fahotana be.

10 Ary ankehitriny aoka isika ho hendry sy hitsinjo izany zavatra izany, ary hanao izay hampandry fahalemana ity vahoaka ity.

11 Noho izany dia izaho no ho mpanjakanareo mandritra ny androko sisa; kanefa dia aoka isika "hanendry^b mpitsara hitsara ity vahoaka ity araka ny lalàntsika; ary handamina amin' ny fomba vaovao tokoa ny raharahan' ity vahoaka ity isika, fa hanendry olon-kendry isika ho mpitsara izay hitsara ity vahoaka ity araka ny didin' Andriamanitra.

12 Ankehitriny dia tsaratsara kokoa raha tsarain' Andriamanitra ny olona toy izay tsarain' olombelona, fa ny fitsaran' Andriamanitra dia marina mandrakariva, fa ny fitsaran' olombelona kosa dia tsy marina mandrakariva.

13 Noho izany, raha toa ka mety hitranga ny hanananareo "olo-

marina ho mpanjakanareo, izay hampiorina ny lalàn' Andriamanitra sy hitsara ity vahoaka ity araka ny didin' Andriamanitra, eny, raha toa ianareo ka mety hanana olona ho mpanjakanareo izay hanao tahaka ny nataon' i ^bBenjamîna raiko tamin' ity vahoaka ity — Lazaiko aminareo fa raha toa ka izany mandrakariva no mitranga, dia tsara amin' izany ny hanananareo mandrakariva mpanjaka hifehy anareo.

14 Ary na dia ny tenako aza dia efa niasa tamin' ny hery rehetra sy ny fahaizana izay nananako mba hampianatra anareo ny didin' Andriamanitra sy hampiorina fandriampahalemana eran' ny tany mba tsy hisian' ny ady na fifandirana na fangalarana na famaboana fananana na famonoana olona na izay mety ho karazan-keloka;

15 Ary na zovy na zovy no efa nanao heloka dia izy no efa "nofaiziko araka ny heloka izay efa nataony, araka ny lalàna izay efa nomen' ny razantsika antsika.

16 Ankehitriny lazaiko aminareo satria tsy marina ny olon-drehetra dia tsy tsara ny hanananareo mpanjaka iray na maro hanapaka eo aminareo.

17 Fa indro, firifiry akory ny "heloka ampanaovin' ny mpanjaka ^bmamohehatra iray, eny, ary izany halehiben' ny faharavana iky!

18 Eny, tsarovy i Noà mpanjaka, ny "faharatsiany sy ny fahavetavetany ary koa ny faharatsiana

11a Môsià 29:25–27.

^b Eks. 18:13–24.

13a Môsià 23:8, 13–14.

^b TiM 1:17–18.

15a Almà 1:32–33.

17a Almà 46:9–10.

^b Môsià 23:7–9.

18a Môsià 11:1–15.

sy ny fahavetavetan' ny olony. Indro, akory ny halehiben' ny faharavana nihatra taminy; ary koa noho ny helony dia navarina tany amin' ny ^bfamatorana izy ireo.

19 Ary raha tsy nisy ny fanalalan' Ilay Mpahary azy ireo, izay feno ny fahendrena rehetra, ary izany dia noho ny fibebahany marina, dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy ho nijanonany tao amin' ny famatorana mandraka ankehitriny.

20 Nefa indro, nafahiny izy ireo noho izy ireo "nanetry ny tenany teo anoloany; ary satria izy ireo dia nahery ^bnitalaho tokoa Taminy dia Izy no nanafaka azy ireo hiala tamin' ny famatorana; ary dia toy izany no iasan' ny Tompo amin-kery amin' ny toe-javatra rehetra eo anivon' ny zanak' olombelona, amin' ny fanolorana ny sandrin' ny ^afamindram-po amin' ireo izay mametraka ny ^cfitokiany Aminy.

21 Ary indro ankehitriny, lazai-ko aminareo fa tsy afaka manongana mpanjaka iray mpanao meloka ianareo raha tsy amin' ny alalan' ny fifandirana be sy ny fandatsahan-dra be.

22 Fa indro, manana ny "namany ao amin' ny heloka izy, ary mitana ny mpiambina azy manodidina azy izy; ary mandrovitra ny lalàn' ireo izay efa nanjaka talohany tamin' ny fahamarinana izy; ary manosiho-

sy amin' ny tongony ny didin' Andriamanitra izy;

23 Ary mamoa lalàna izy sy mandefa izany any anivon' ny olony, eny, dia lalàna araka ny toetry ny "faharatsiany ihany; ary na zovy na zovy no tsy mankatò ny lalàny dia asainy fongorana; ary na zovy na zovy no mikomy aminy dia handefasany ny miaramilany hamaky ady aminy, ary raha azony atao, dia hofongorany izy; dia toa izany no hamilivilian' ny mpanjaka tsy marina iray ny lalan' ny fahamarinana rehetra.

24 Ary ankehitriny indro lazaiko aminareo, tsy tsara ny hahatongavan' ny fahavetavetana toy izany eo aminareo.

25 Noho izany, dia mifidiàna ianareo, amin' ny alalan' ny feon' ity vahoaka ity, mpitsara mba hahazoana mitsara anareo araka ny lalàna izay efa nomen' ny razantsika anareo, izay marina ary izay efa natolotry ny tanan' ny Tompo azy.

26 Ankehitriny dia tsy fahita izany feon' ny vahoaka maniry zavatra mifanohitra amin' izay rariny izany; fa matetika dia ny ampahany vitsy an' isa amin' ny vahoaka no maniry izay tsy rariny; noho izany dia izao no araho sy ankatoavy ho lalànareo—dia ny hanaovana ny raharahanareo amin' ny alalan' ny feon' ny vahoaka.

27 Ary "raha avy ny fotoana izay ifidianan' ny feon' ny

18b 1 Sam. 8:10–18;
Môsià 12:1–8;
Etera 6:22–23.
20a Môsià 21:13–15.

b Eks. 2:23–25;
Almà 43:49–50.
d Ezek. 33:11, 15–16;
Môsià 26:30.

e tsm Matoky.
22a 1 Mpan. 12:8–14.
23a tsm Faharatsiana.
27a Almà 10:19.

vahoaka ny heloka, dia izany no fotoana hahatongavan' ny famalian' Andriamanitra aminareo; eny, izany no fotoana haman-giany anareo amin' ny famongorana lehibe, tahaka ny efa namangiany ity tany ity hatrizao.

28 Ary ankehitriny raha manana mpitsara ianareo, ary ireo dia tsy mitsara anareo araka ny lalàna izay efa nomena, dia azonareo atao ny hitsaran' ny mpitsara iray ambony kokoa azy ireo.

29 Ary raha tsy mitsara araka ny fitsarana marina ny mpitsaranareo ambony, dia asainareo mifamory ireo mpitsaranareo ambanibany vitsivitsy, ary ireo no hitsara ny mpitsaranareo ambony araka ny feon' ny vahoaka.

30 Ary mandidy anareo aho hanao izany zavatra izany amin' ny fahatahorana ny Tompo; ary mandidy anareo aho hanao izany zavatra izany ary ny tsy hanaanareo mpanjaka; fa raha mahavita fahotana sy heloka ity vahoaka ity, dia hovaliana eo ambony lohany ihany izany.

31 Fa indro lazaiko aminareo, ny otan' ny olona maro dia voakaty ny fahotanay mpanjakany; noho izany, ny helony dia hovaliana eo ambony lohan' ireo mpanjakany.

32 Ary ankehitriny dia maniry aho ny tsy hisian' ny "tsy fitoviana intsony eo amin' ity tany ity, indrindra fa eo anivon' ity oloko ity; fa iriako kosa ity tany ity mba ho tanin' ny ^bfahafahana ka ho azon' ny ^dolona tsirairay

ny mizaka ny zony sy ny tombontsoany ihany koa, raha mbola heverin' ny Tompo fa mety ny ahazoantsika miaina sy mandova ny tany, eny, raha mbola mety misy koa taranatsika tavela eto ambonin' ny tany.

33 Ary maro ny zavatra mbola nosoratan' i Môsià mpanjaka taminy ka namelabelarany taminy ny fizahan-toetra rehetra sy ny fahasahiranana rehetra an' ny mpanjaka marina, eny, ny tebitebin-tsainy rehetra ho an' ny vahoakany ary koa ny fimonomononana rehetra ataon' ny vahoaka amin' ny mpanjakany; ary dia nohazavainy taminy izany rehetra izany.

34 Ary dia nolazainy azy fa tsy tokony hisy ireo zavatra ireo; fa ny enta-mavesatra kosa dia tokony ho tonga amin' ny olon-drehetra mba hahazoan' ny olona tsirairay mitondra ny anjarany.

35 Ary novelabelariny taminy koa ny fahavoazana rehetra hiar-etany amin' ny fananana mpanjaka tsy marina hifehy azy;

36 Eny, ny helony sy ny fahavetavetany rehetra, ary ny ady rehetra sy ny fifandirana ary ny fandatsahan-dra, ary ny fangalarana sy ny famaboana fananana, ary ny fijangajangana sy ny karazany rehetra amin' ny heloka izay tsy hita hotanisaina—nilazany taminy fa ireo zavatra ireo dia tsy tokony hisy, fa ireo dia manohitra an-kitsirano ny didin' Andriamanitra.

37 Ary ankehitriny ny zava-

32a Almà 30:11.
b 2 Ne. 1:7; 10:11.

TSM Fahalalhana.
d Almà 27:9.

nitranga, rehefa avy nandefa ireo zavatra ireo tany anivon' ny vahoaka i Môsià mpanjaka, dia resy lahatra ny amin' ny mahamarina ny teniny izy.

38 Noho izany izy dia nahafoy ny faniriany hanana mpanjaka ary nanjary dodona fatratra tokoa ny hananan' ny olona tsirairay zara mitovy eran' ny tany manontolo; eny, ary ny olona tsirairay dia samy naneho ny fahavononany hiantsoroka ny fahotany avy.

39 Noho izany ny zava-nitranga dia nitambatambatra tamina vondrona ny mponina eran' ny tany mba hampahafantatra ny feony momba izay tokony ho mpitsarany hitsara azy araka ny "lalàna izay efa nomena azy; ary niravoravo fatratra tokoa izy noho ny ^bfahalalahana izay efa nomena azy.

40 Ary dia nihamafy ny fitiavan' an' i Môsià; eny, nohajainy mihoatra noho ny olon-kafa rehetra izy; fa izy dia tsy nihevitra azy ho toy ny andriamborivory izay nikatsaka ny harena, eny, dia io harena io izay mahalò ny fanahy; fa tsy nitaky harena tamin' izy no sady tsy finaritra tamin' ny fandatsahan-dra; fa efa nampiorina "fandriampahalemana kosa teo amin' ny tany izy, ary efa namela ny olony ho afaka tamin' ny famatorana isan-karazany; noho izany izy dia nanaja azy, eny, fatratra tokoa, nihoa-pampana aza.

41 Ary ny zava-nitranga, dia

notendreny ny "mpitsara hifehy azy na hitsara azy araka ny lalàna; ary izany no nataony eran' ny tany manontolo.

42 Ary ny zava-nitranga dia i Almà no notendrena voalohan' ny lohan' ny mpitsara, efa mpisorona avo rahateo koa izy, noho ny rainy efa nanankina ny fandraharahana tamin' ny nanolotra azy ny fiadidiana momba ny raharaha rehetra an' ny fiangonana.

43 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia "nandeha tamin' ny lalan' ny Tompo i Almà ary nitandrina ny didiny, ary nitsara araka ny fitsarana marina izy; ary nisy fandriampahalemana lalandava eran' ny tany.

44 Ary dia toy izany no niantombohan' ny fitondran' ny mpitsara eran' ny tanin' i Zarahemlà manontolo, tany anivon' ny vahoaka rehetra izay nantsoina hoe ny Nefita; ary i Almà no voalohany sady lohan' ny mpitsara.

45 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nodimandry ny rainy, rehefa roa amby valopolo taona sady niaina mba hanatanteraka ny didin' Andriamanitra.

46 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry koa i Môsià, teo amin' ny faha-telo amby telopolo taona nanjakany, rehefa nahatratra "telo amby enimpolo taona izy; ka ny fitambarany dia sivy amby dimanjato taona hatramin' ny fotoana nandaozan' i Leahia an' i Jerosalema.

39a Almà 1:14.

^b TSM Fahalalahana.

40a TSM Mpampihavana.

41a Môsià 29:11.

43a TSM Mandeha,

Mandeha Miraka

amin' Andriamanitra.

46a Môsià 6:4.

47 Ary dia toy izany no nifaranan' ny fitondran' ny mpanjaka teo amin' ny vahoakan' i Nefia;

ary dia toy izany no nifaranan' ny andron' i Almà, izay mpanorina ny fiangonany.

NY BOKIN' I ALMÀ

ZANAKALAHIN' I ALMÀ

Ny fitantaran' i Almà izay zanakalahin' i Almà, lohan' ny mpitsara voalohany tamin' ny vahoakan' i Nefia ary koa mpisorona avo tamin' ny fiangonana. Ny tantaran' ny fitondran' ireo mpitsara sy ny ady ary ny fifandirana teo anivon' ny vahoaka. Ary koa ny fitantarana ny ady teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita, araka ny rakitsoratr' i Almà, ilay lohan' ny mpitsara voalohany.

TOKO 1

Nampianatra fotopampianarana sandoka, nanorina fiangonana iray, nampiditra ny komiberaky ny mpisorona ary namono an' i Gideôna i Nehôra—Novonoina i Nehôra noho ny helony—Niely tany anivon' ny vahoaka ny komiberaky ny mpisorona sy ny fanenjehana—Name-lon-tena ny mpisorona, niahy ny mahantra ny vahoaka, nandroso ny fiangonana. Tokony ho 91–88 talohan' i j.k.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga tamin' ny taona voalohan' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, hatramin' izay fotoana izay, ka i Môsià mpanjaka dia efa "nihazo ny lalana falehan' ny tany rehetra, rehefa niady ny ady tsara sy nandeha araka ny hitsiny tokoa teo anoloan'

Andriamanitra sady tsy namela na iza na iza hanjaka hisolo azy; na dia teo aza izany, dia efa nampitoetra ireo ^blalàna izy ary ireo dia nankatoavin' ny vahoaka; noho izany izy dia voatery niaina araka ny lalàna izay efa nataony.

2 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona voalohan' ny fitondran' i Almà teo amin' ny toeram-pitsarana, dia nisy ^alehilahy iray nentina teo anoloany mba hotsaraina, lehilahy iray vaventy sy nalaza noho ny tanjany be.

3 Ary efa nandeha tany anivon' ny vahoaka izy, nitory taminy izay ^anolazainy fa ny tenin' Andriamanitra, ^bnanohitra ny fiangonana; nilaza tamin' ny vahoaka fa ny mpisorona sy ny mpampianatra tsirairay avy dia tokony ho ^dmamy hoditra; ary ^etsy tokony hampiasa ny

[ALMÀ]

1 ^a 1a Môsià 29:46.
^b Jarôma 1:5;

Almà 4:16; Hel. 4:22.
 2a Almà 1:15.
 3a Ezek. 13:3.

^b TSM Antikristy.
^d Lio. 6:26; 1 Ne. 22:23.
^e Môsià 18:24, 26; 27:5.

sandriny izy ireo, fa tokony hovelomin' ny vahoaka kosa.

4 Ary nanambara tamin' ny vahoaka koa izy fa hovonjena ny olombelona rehetra amin' ny andro farany, ary tsy ilaina matahotra na mangovitra izy ireo fa mahazo manandratra ny lohany sy miravoravo kosa; fa efa nahary ny olon-drehetra ny Tompo ary koa efa nanavotra ny olon-drehetra; ary amin' ny farany, ny olon-drehetra dia hahazo ny fiainana mandrakizay.

5 Ary ny zava-nitranga dia nampianatra fatratra tokoa ireo zavatra ireo izy ka maro no nino ny teniny, maro tokoa, ka ireo dia nanomboka nanohana azy sy nanome vola azy.

6 Ary nanomboka nanandra-tena tao amin' ny avonavon' ny fony izy ary nitondra fitafiana tena lafo vidy tokoa, eny, ary rafitra mihitsy nanorina "fiangonana anankiray nifanaraka tamin' ny fomba fitoriany.

7 Ary ny zava-nitranga raha nandeha hitory tamin' ireo izay nino ny teniny izy, dia nifanehitra tamin' ny lehilahy iray izay isan' ny fiangonan' Andriamanitra, eny, dia ny iray tamin' ny mpampianany izany; ary nanomboka nifanditra mafy tokoa taminy izy hahazoany mitarika ny olon' ny fiangonana haniaisia; fa ralehilahy kosa nanohitra azy sady nananatra azy tamin' ny "tenin' Andriamanitra.

8 Ankehitriny dia i "Gideôna no anaran' izany lehilahy izany;

ary fitaovana teo an-tànan' Andriamanitra izy tamin' ny fanafahana ny vahoakan' i Limia hiala ny famatorana.

9 Ankehitriny, noho i Gideôna nanohitra azy tamin' ny tenin' Andriamanitra, dia nisafoaka tamin' i Gideôna izy ary nana-tsoaka ny sabany sy nanomboka namely azy. Ankehitriny dia efa nitambesaran' ny taona maro i Gideôna, hany ka tsy afaka nanohitra ny famelezany, koa dia "voavono tamin-tsabatra izy.

10 Ary ilay olona izay namono azy kosa dia nosamborin' ny vahoakan' ny fiangonana ary nentina teo anoloan' i Almà mba "hotsaraina araka ny heloka efa vitany.

11 Ary ny zava-nitranga dia nijoro teo anoloan' i Almà izy sady niaro ny tenany tamimpahasahiana be.

12 Nefa hoy i Almà taminy: Indro, izao no nampidirana voalohany ny "komiberaky ny mpisorona teo anivon' ity vahoaka ity. Ary indro, ianao dia tsy meloka fotsiny ihany noho ny komiberaky ny mpisorona, fa efa niezaka ny hampihatra izany tamin-tsabatra; ary raha ny komiberaky ny mpisorona no ampiharina eo anivon' ity vahoaka ity, dia hiafara amin' ny faharavany tanteraka izany.

13 Ary efa nandatsaka ny ran' olo-marina iray ianao, eny, dia olona iray izay efa nanao soa be tamin' ity vahoaka ity; ary raha toa aza ka hitsitsy ny ainao

6a 1 Ne. 14:10.

7a TSM Tenin' Andriamanitra.

8a Môsià 20:17; 22:3.

9a Almà 6:7.
10a Môsià 29:42.

12a 2 Ne. 26:29.

TSM Komiberaky ny Mpisorona.

izahay, dia hanody anay ny rany ho “valifaty.

14 Noho izany, dia voaheloka ho faty ianao araka ny lalàna izay efa nomen’ i Môsià, mpanjakantsika farany antsika; ary izany dia efa nankatoavin’ ity vahoaka ity; noho izany ity vahoaka ity dia tsy maintsy “miaina araka ny lalàna.

15 Ary ny zava-nitranga dia nalainy izy; ary ny anarany dia i “Nehôra; ary nentiny hankenany an-tampon-kavoan’ i Mantia izy, ary teny no nampanekeny azy, na ny marimarina kokoa, no nankenany teo anatrehan’ ny lanitra sy ny tany fa izay nampianariny ny vahoaka dia nifanohitra tamin’ ny tenin’ Andriamanitra; ary teny no niaretany ^bfahafatesana mahatsiravina.

16 Kanefa tsy nampitsahatra ny fielezan’ ny komiberaky ny mpisorona eran’ ny tany izany; satria nisy maro ireo izay tia ny zava-poanan’ izao tontolo izao ary nandeha ireo nitory fotopampianarana sandoka; ary ireo no nanao izany dia noho ny “harena sy ny voninahitra.

17 Na dia teo aza izany, dia tsy sahy “nandainga izy ireo fandrao ho fantatra izany noho ny fahatahorany ny lalàna, satria nefaizina ny mpandainga; noho izany dia mody nitory araka ny finoany izy ireo; ary ankehitriny ny lalàna dia tsy nanan-kery tamin’ ny olona noho ny ^bfinoany.

18 Ary tsy sahy “nangalatra izy ireo noho ny fahatahorany ny lalàna, satria nefaizina ny toy izany; ary tsy sahy nandroba koa na namono olona, fa izay ^bnamono olona dia nefaizina tamin’ ny famonoana ho “faty.

19 Nefa ny zava-nitranga dia na zovy na zovy no tsy isan’ ny fiangonan’ Andriamanitra dia rafitra nanenjika ireo izay isan’ ny fiangonan’ Andriamanitra ary efa nitondra ny anaran’ i Kristy.

20 Eny, nanenjika sy nampahory azy tamin’ ny fombam-pitenenana rehetra, ary izany dia noho ny fanetren-tenany; satria tsy mba nirehareha teo imasony izy ary satria nifampizara ny tenin’ Andriamanitra izy samy izy nefa tsy “tamim-bola na tamin-karena.

21 Ankehitriny dia nisy lalàna henjana teo anivon’ ny vahoakan’ ny fiangonana mba tsy hisy olona iray isan’ ny fiangonana hitsangana ary “hanenjika ireo izay tsy isan’ ny fiangonana ary mba tsy hisy fifanen-jehina eo amin’ izy samy izy.

22 Na dia teo aza izany, dia nisy maro taminy no nanomboka nirehareha ary rafitra nifanditra tamin’ ny mpanohitra tamin-kafanam-po tokoa ary hatrany amin’ ny fifamelezana mihitsy; eny, nifamily tamin’ ny totohondry izy samy izy.

23 Ankehitriny, izany dia ta-

13a TSM Valifaty.

14a TSM Famaizana ho Faty.

15a Almà 1:2.

^b Deot. 13:1–9.

16a TSM Harena;

Zava-poana.

17a TSM Fahamarinantoetra; Lainga.

^b Almà 30:7–12;

Fp. 1:11.

18a TSM Mangalatra.

^b TSM Famonoan’ Olona.

^d TSM Famaizana ho Faty.

20a Isa. 55:1–2.

21a TSM Fanenjehana.

min' ny taona faharoan' ny fitondran' i Almà ary nahatonga fahoriana be ho an' ny fiangonana izany; eny, izany no anton' ny fisedrana lehibe ho an' ny fiangonana.

24 Fa nihakafy ny fon' ny maro, ary "novonoina ny anarany mba tsy hahatsiarovana azy intsony eo anivon' ny vahoakan' Andriamanitra. Ary koa, maro ireo izay ^bnanala ny tenany tsy ho isany.

25 Ankehitriny dia fisedrana lehibe ho an' ireo izay niorina mafy tamin' ny finoana izany; na dia teo aza izany dia niorina mafy izy sady tsy niova tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra, ary niaritra tamim-^apaharetana ny fanenjehana izay navangongo taminy.

26 Ary rehefa nandao ny "asany ny mpisorona mba hizara ny tenin' Andriamanitra amin' ny vahoaka, dia nandao ny asany koa ny vahoaka mba hihaino ny tenin' Andriamanitra. Ary rehefa avy nizara ny tenin' Andriamanitra taminy ny mpisorona, dia niverina tamim-pahazotoana tokoa indray tamin' ny asany ny rehetra; ary tsy nihevitra ny tenany ho ambony noho ireo mpihaino azy ny mpisorona, fa ny mpitory dia tsy tsaratsara kokoa noho ny mpihaino, ary ny mpampianatra dia tsy tsaratsara kokoa noho ny mpianatra; ary dia toy izany no

nitovian' izy rehetra, ary samy niasa izy rehetra, ny tsirairay ^baraka ny heriny avy.

27 Ary "nanome tamin' ny fananany izy, ny tsirairay araka izay nananany, ho an' ny ^bmahantra sy ny sahirana ary ny marary sy ny ory; ary tsy mba nanao fitafiana lafo vidy izy, ka nefa sady madio no meva tokoa.

28 Ary dia toy izany no nandrandrany ny raharahan' ny fiangonana; ary dia toy izany no nanombohany nahazo fandriampahalemana lalandava indray na dia teo aza ny fanenjehana rehetra azy.

29 Ary ankehitriny, noho ny fahamafisan' orin' ny fiangonana dia nanomboka "nanan-karena fatratra tokoa izy, fa nananany sesehena ny zavatra rehetra, na inona na inona nilainy — sesehena ny biby fiompiny sy ny biby nafahy isan-karazany, ary koa sesehena ny voa sy ny volamena ary ny volafotsy sy ny zava-tsa-robidy, ary sesehena ny ^blandy sy ny hariry madinika ary ny lamba tsotra sady soa isan-karazany.

30 Ary dia toy izany, tamin' izany fotoam-^apanambinana izany, no tsy mba nandroahany izay ^bnitanjaka, na izay noana, na izay nangetaheta, na izay marary, na izay tsy nihinana; ary tsy mba nanankina ny fony tamin' ny harena izy; noho izany izy dia

24a Eks. 32:33;
Môsìa 26:36;
Almà 6:3.
TSM Fanesorana tsy
ho Mpikambana.
b Almà 46:7.

TSM Apôstazia.
25a TSM Faharetana.
26a Môsìa 18:24, 26;
27:3–5.
b Môsìa 4:27; F&F 10:4.
27a TSM Fiantrana.

b Lio. 18:22; Môsìa 4:26;
F&F 42:29–31.
29a TSM Harena.
b Almà 4:6.
30a Jakôba 2:17–19.
b TSM Mahantra.

nalala-tanana tamin' ny rehetra, na antitra na tanora, na mpifatotra na olona afaka, na lahy na vavy, na olona ivelan' ny fiangonana, na ao anatin' ny fiangonana, tsy "nanavakavaka olona tamin' ireo izay fadiranovana.

31 Ary dia toy izany no niroboroboany sy nahatonga azy nanan-karena lavitra noho ireo izay tsy isan' ny fiangonany.

32 Fa ireo izay tsy isan' ny fiangonany kosa dia nanarampo tamin' ny famosaviana sy ny "fanompoan-tsampy na ^bhaka-moana ary ny "fifosana sy ny "fitsiriritana ary ny fifandirana; nitondra fitafiana lafo vidy tokoa; fa ^fnanandra-tena tao amin' ny avonavon' ny masonry ihany; nanenjika, nandainga, nangalatra, nandroba, nijangajanga, namono olona ary ny fomban' ny faharatsiana rehetra; na dia teo aza izany, ny lalàna dia nampiharina araka izay tratra tamin' ireo rehetra izay nandika izany.

33 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fampiharana toy izany ny lalàna taminy, ka ny tsirairay dia niaritra araka izay efa vitany avy, dia lasa bonaika kokoa izy ary tsy sahy nanao ratsy fandrao dia ho fantatra izany; noho izany dia nisy fandriampahalemana be teo anivon' ny vahoakan' i Nefia mandra-pahatongan' ny taona fahadimin' ny fitondran' ny mpitsara.

TOKO 2

Nikatsaka ny ho mpanjaka i Amlisia ary nolavin' ny feon' ny vahoaka—Nanangana azy ho mpanjaka ny mpanara-dia azy—Namaky ady tamin' ny Nefita ny Amlisita ary resy—Nanambatra ny heriny ny Lamanita sy ny Amlisita ary resy—Novonoin' i Almà i Amlisia. Tokony ho 87 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga tamin' ny fiandohan' ny taona fahadimin' ny fitondrany, dia nanomboka nisy fifandirana teo anivon' ny vahoaka; fa nisy izany lehilahy iray nantsoina hoe Amlisia izany; lehilahy tena fetsy izy, eny, lehilahy hendry, raha ny fahendren' izao tontolo izao, ary araka ny lamin' ilay lehilahy izay namono an' i "Gideôna tamin-tsabatra, izay efa novonoina ho faty araka ny lalàna—

2 Ankehitriny io Amlisia io, noho ny hafetseny, dia efa nahataona olona betsaka hanaraka azy; be loatra aza ka nanomboka ho tena natanjaka izy ireo; ary nanomboka niezaka izy ireo ny hanangana an' i Amlisia ho mpanjaka teo amin' ny vahoaka.

3 Ankehitriny dia nampivadi-po ny vahoakan' ny fiangonana izany, ary koa ireo izay tsy mba voataonan' ny fandresen-dahatr' i Amlisia; satria fantany fa araka ny lalàna teo aminy, ny zavatra

30d Almà 16:14;
F&F 1:35.

32a TSM Fanompoan-tsampy.

b TSM Midonana-poana.
d TSM Fitenenan-dratsy.
e TSM Mialona.
f Jakôba 2:13;

Almà 31:25;
Môrm. 8:28.
TSM Fiavonavonana.
2 1a Almà 1:8.

toy izany dia tsy maintsy aorin' ny "feon' ny vahoaka.

4 Noho izany, raha toa ka mety ho vitan' i Amlisia ny fahazoana ny feon' ny vahoaka, izy, araka ny maha-olon-dratsy azy, dia "hanaisotra aminy ny zony sy ny tombontsoany ao amin' ny fiangonana; satria ny fikasany dia ny handrava ny fiangonan' Andriamanitra.

5 Ary ny zava-nitranga dia niara-nivory nanerana ny tany manontolo ny vahoaka, ny olona tsirairay dia samy araka ny sainy avy, na izy mpomba an' i Amlisia, na izy mpanohitra azy, tamina antoko nisaratsaraka, noho ny fisian' ny fifamaliana sy ny "fifandirana nampitolagaga teo amin' izy samy izy.

6 Ary dia toy izany no niaraha-ny nivory mba haneho ny heviny momba ity toe-draharaha ity; ary izany dia natao teo anatrehan' ny mpitsara.

7 Ary ny zava-nitranga dia narahitra an' i Amlisia ny feon' ny vahoaka, ka tsy natao mpanjaka teo amin' ny vahoaka izy.

8 Ankehitriny, dia niteraka fialiana be tao am-pon' ireo izay nanohitra azy izany; fa i Amlisia kosa dia namoky ireo mpomba azy mba ho tezitra amin' ireo izay tsy mpomba azy.

9 Ary ny zava-nitranga dia niara-nifamory ireo ka nanokana an' i Amlisia ho mpanjakany.

10 Ankehitriny rehefa voahosotra ho mpanjakany i Amlisia,

izy kosa dia nandidy azy ireo handraisany fiadiana hanohitra ny rahalahiny; ary izany no nataony dia ny mba hahazoany mampanaiky ireo ho azy.

11 Ankehitriny ny olon' i Amlisia dia navahana araka ny anaran' i Amlisia ka nantsoina hoe "Amlisita; ary ny sisa kosa dia nantsoina hoe "Nefita, na ny vahoakan' Andriamanitra.

12 Koa, nahalala ny fikasan' ny Amlisita ny vahoakan' ny Nefita, noho izany izy dia nio-mana ny hifanehitra aminy; eny, nampirongo fiadiana ny tenany ihany izy tamin' ny sabatra sy tamin' ny simetera, ary tamin' ny tsipika sy tamin' ny zana-tsipika, ary tamin' ny vato sy tamin' ny antsamotady, ary tamin' ny "fitaovam-piadiana isan-karazany rehetra.

13 Ary dia toy izany no nio-manany hifanehitra amin' ny Amlisita amin' ny fotoana hia-viany. Ary nisy ny fanendrena kapiteny sy kapiteny ambony ary lohan' ny kapiteny, araka ny isany.

14 Ary ny zava-nitranga dia nampirongo fiadiana ny olony tamin' ny fitaovam-piadiana isan-karazany rehetra i Amlisia; ary nanendry koa mpanapaka sy mpitondra teo amin' ny olony izy hitondra azy amin' ny ady amin' ny rahalahiny.

15 Ary ny zava-nitranga dia niakatra teo amin' ny havoan' i Amniho ny Amlisita, izay atsi-

3a Mòsià 29:25–27;
Almà 4:16.
4a Almà 10:19;
Hel. 5:2.

5a 3 Ne. 11:29.
11a Almà 3:4.
b Jakôba 1:13–14;
Mòsià 25:12;

Almà 3:11.
12a Mòsià 10:8;
Hel. 1:14.

nanan' ny "renirano Sidôna, izay nikoriana teo akaikin' ny ^btanin' i Zarahemlà, ary teo izy no namomboka namaky ady tamin' ny Nefita.

16 Ankehitriny dia i Almà no "lohan' ny mpitsara sady governoran' ny vahoakan' i Nefia, noho izany izy dia nandeha niakatra niaraka tamin' ny vahoakany, eny, niaraka tamin' ny kapiteniny sy ny lohan' ny kapiteny, eny, nialoha lâlana ny miaramilany hiady amin' ny Amlisita.

17 Ary nanomboka nandripaka ny Amlisita teo amin' ny havoana atsinanan' i Sidôna izy ireo. Ary ny Amlisita dia nifanandrina tamin' ny Nefita tamin' ny tanjaka be, hany ka maro tamin' ny Nefita no lavo teo anoloan' ny Amlisita.

18 Kanefa nampahahery ny tanaan' ny Nefita ny Tompo, hany ka naripany tamin' ny fandripahana be ny Amlisita, ka nanomboka nandositra teo anoloany izy ireo.

19 Ary ny zava-nitranga, dia nanenjika ny Amlisita nandritra ny manontolo andro ny Nefita ary nandripaka azy tamin' ny fandripahana be, hany ka nisy roa amby telopolo sy dimanjato sy roa arivo sy iray alina no "voaripaka tamin' ny Amlisita; ary nisy roa amby enimpolo sy dimanjato sy enina arivo kosa no voaripaka tamin' ny Nefita.

20 Ary ny zava-nitranga rehefa tsy afaka nanenjika ny Amlisita

intsony i Almà, dia nasainy nanangana ny lainy tao an-"dohasahan' i Gideôna ny vahoakany; nantsoina hoe Gideôna ny lohasaha araka ny anaran' ilay lehilahy novonoin' ny tanan' i ^bNehôra tamin-tsabatra; ary tao amin' izany lohasaha izany ny Nefita no nanangana ny lainy nony alina.

21 Ary nandefa mpitsikilo hanara-dia ireo Amlisita sisa i Almà mba hahazoany mahafantatra ny tetik' adiny sy ny fiokony, mba hahazoany miaro tena aminy, mba hahazoany mitsimbina ny vahoakany tsy ho fongotra.

22 Ankehitriny ireo izay nalefany hitily ny tobin' ny Amlisita dia nantsoina hoe i Zerama sy i Amnôra ary i Mantia sy i Limeira; ireo no ireo izay nandeha niaraka tamin' ny olony mba hitily ny tobin' ny Amlisita.

23 Ary ny zava-nitranga nony ampitso dia niverina tany antobin' ny Nefita izy ireo, niolomay be sady talanjona fatratra tokoa no nozoin' ny tahotra be, nanao hoe:

24 Indro, narahinay ny tobin' ny "Amlisita, ary akory ny hagasaganay, tany an-tanin' i Minôna, avaratry ny tanin' i Zarahemlà, tamin' ny lâlana mankany antanin' i ^bNefia, raha nahita miaramila Lamanita maro; ary indro fa efa nitambatra taminy ny Amlisita;

25 Ary eo am-panafihana ny rahalahintsika ao amin' izany tany izany izy ireo, ary mando-

15a Almà 3:3.
b Ômnia 1:13–15.
16a Môsià 29:42.

19a Almà 3:1–2, 26; 4:2.
20a Almà 6:7.
b Almà 1:7–15; 14:16.

24a Almà 3:4, 13–18.
b 2 Ne. 5:8.

sitra eo anoloany izy miaraka amin' ny biby fiompiny sy ny vady aman-janany mankaty amin' ny tanànantsika; ary raha tsy miolomay isika dia hanjakany ny tanànantsika ary ho voaringana ny raintsika sy ny vadintsika ary ny zanatsika.

26 Ary ny zava-nitranga dia nalain' ny vahoakan' i Nefia ny lainy ary niainga izy nandao ny lohasahan' i Gideôna nankany an-tanànanany, dia ny tanànan' i "Zarahemlà.

27 Ary indro, raha mbola teo am-pitana ny onin' i Sidôna izy, ny Lamanita sy ny Amlisita "maro, efa mila hitovy amin' ireny fasi-dranomasina ireny, dia nanatratra azy mba hamongotra azy.

28 Na dia teo aza izany, dia "nampaherezin' ny tanaan' ny Tompo ny Nefita, rehefa nahe-ry nivavaka Taminy tokoa mba hanafahany azy hiala eo an-tanan' ny fahavalony, koa ny Tompo dia nihaino ny fitalahoany sy nampahery azy, ary ny Lamanita sy ny Amlisita dia lavo teo anoloany.

29 Ary ny zava-nitranga dia niady nifanatrika tamin-tsabatra tamin' i Amlisia i Almà ary nifanandrina mafy tokoa ny an-daniny sy ny ankilany.

30 Ary ny zava-nitranga amin' ny maha-olon' Andriamanitra an' i Almà, rehefa nentanin' ny "finoana be izy, dia nihiaka, nanao hoe: Tompo ô, mamindra fo ary tsimbino ny aiko hahatonga ahy ho fitaovana eo an-tananao

hamonjena sy hitehirizana ity vahoaka ity.

31 Ankehitriny rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia nifanandrina indray tamin' i Amlisia izy; ary nampaherezina izy, hany ka namono an' i Amlisia tamin-tsabatra.

32 Ary niady tamin' ny mpanjakan' ny Lamanita koa izy; saingy nitsoaka nandositra teo anoloan' i Almà ny mpanjakan' ny Lamanita, ary nandefa ny mpiambina azy hiady amin' i Almà.

33 Fa i Almà mbamin' ny mpiambina azy dia nifanandrina tamin' ny mpiambin' ny mpanjakan' ny Lamanita mandra-pamonoany ka nanosehany azy hiverin-dalana.

34 Ary dia toy izany no nana-diovany ny faritra, na ny marimarina kokoa ny morona izay tamin' ny ilany andrefan' ny renirano Sidôna, sy nanipazany ny vatan' ny Lamanita izay efa voavono tao amin' ny ranon' i Sidôna, ka amin' izay ny vahoakany dia hanana toerana malalaka hiampitana ary hifamelezana amin' ny Lamanita sy ny Amlisita amin' ny ilany andrefan' ny renirano Sidôna.

35 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy niampita ny renirano Sidôna izy rehetra, dia nanomboka nandositra teo anoloany ny Lamanita sy ny Amlisita, na dia maro loatra aza izy ireo ka tsy ary ho voaisa.

36 Ary nandositra teo anoloan' ny Nefita izy ireo nankany

an-tany foana izay tao andrefana sy avaratra lavitra, ivelan' ny sisin-tany; ary ny Nefita dia nanenjika azy ireo tamin' ny heriny sy namono azy ireo.

37 Eny, voatsena hatrany izy ireo tamin' ny toerana rehetra ary voavono sy voatosika mandra-pielezany tany andrefana sy tany avaratra, mandra-pahatrarany ny tany foana izay nantsoina hoe Hermaontsa; ary izany dia tany amin' ny faritry ny tany foana izay nanjakan' ny bibidia sy ny mpihaza.

38 Ary ny zava-nitranga dia maro no maty tany an-tany foana noho ny ratrany sy nohanin' ireo bibidia ary koa ny voltoran' ny habakabaka; ary hita ny taolany ary efa nivangongo tamin' ny tany izany.

TOKO 3

Efa nanisy marika ny tenany ny Amlisita araka ny teny faminiana — Efa nozonina ny Lamanita noho ny fikomiany — Ny olona ihany no nahatonga ny ozona hianjera amin' ny tenany — Nandresy miaramila Lamanita hafa ny Nefita. Tokony ho 87–86 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia ny Nefita izay tsy "voaringana tamin' ny fitaovam-piadiana, rehefa avy nandevina ireo izay efa voaringana — ankehitriny ny isan' ireo voaringana dia tsy nisaina noho ny habetsahan'

ny isany — rehefa nahavita ny fandevenana ny maty teo aminy izy, dia niverina tany amin' ny taniny sy tany amin' ny tranony ary ny vadiny sy ny zanany izy rehetra.

2 Ankehitriny dia maro ny vehivavy sy ny ankizy no efa voaringana tamin-tsabatra, ary toraka izany koa ny maro tamin' ny biby fiompiny; ary maro koa ireo tanimboliny namafazana no rava, fa voahosihosin' ny andiana miaramila izany.

3 Ary ankehitriny, rehefa mety ho Lamanita sy Amlisita izay voavono teo amoron' ny renirano Sidôna, dia natsipy tao amin' ny "ranon' i Sidôna; ary indro ny taolany dia any anaty ^branomasina lalina, ary maro izany.

4 Ary niavaka tamin' ny Nefita ny "Amlisita, satria efa ^bnasiany marika mena ny handriny araka ny fanaon' ny Lamanita; kanefa dia tsy mba nokakasany toy ny an' ny Lamanita ny lohany.

5 Ankehitriny dia nokakasana ny lohan' ny Lamanita; ary "nihanjaka izy ankoatra ny hodi-biby izay nasikiny ny valahany, ary koa ny fiadiany izay nasikiny ny tenany, dia ny tsipikany sy ny zana-tsipikany ary ny vatony sy ny antsamotadiny, sy ny sisa.

6 Ary matroka ny fihodiran' ny Lamanita, araka ny marika izay naraikitra tamin' ny razany, dia "ozona izay nianjera taminy noho ny fandikany lalàna sy ny fikomiany tamin' ireo rahalahi-

3 1a Almà 2:19; 4:2.
3a Almà 2:15.
b Almà 44:22.
4a Almà 2:11.

b Almà 3:13–19.
5a Enôsa 1:20;
Môsià 10:8;
Almà 42:18–21.

6a 2 Ne. 5:21; 26:33.
TSM Ozona.

ny izay nahitana an' i Nefia, i Jakôba sy i Jôsefa ary i Samy, izay olona mahitsy fo sy masina.

7 Ary nikatsaka ny hamongotra azy ireo ny rahalahiny, noho izany dia voaozona izy; ary nanisy "marika tamin' ny Tompo Andriamanitra, eny, dia tamin' i Lamàna sy Lemoela ary koa tamin' ny zanakalahin' i Ismaela sy tamin' ny vehivavy Ismaelita.

8 Ary izany no natao dia ny mba hahazoana manavaka ny taranany amin' ny taranaky ny rahalahiny, fa amin' izany no hahazoan' ny Tompo Andriamanitra mitahiry ny olony mba tsy hahazoany "miharoharo sy tsy hinoany ^bfomban-drazana diso, izay hiafara amin' ny fandranganana azy.

9 Ary ny zava-nitranga dia na zovy na zovy no nampiharoharo ny taranany tamin' ny an' ny Lamanita, dia nampitondra ny taranany izany ozona izany koa.

10 Koa na zovy na zovy no namela ny tenany ho voatariky ny Lamanita, dia nantsoina tamin' izany anarana izany izy, ary nisy marika nitoetra tamin' ny.

11 Ary ny zava-nitranga dia na zovy na zovy no tsy nino ny "fomban-drazana Lamanita, fa nino kosa ny rakitsoratra izay nentina niala ny tanin' i Jerosalema ary koa ny fomban-drazany izay marina, izay nino ny didin' Andriamanitra ary nitandrina izany dia nantsoina hoe Nefita,

na ny vahoakan' i Nefia hatramin' izay fotoana izay —

12 Ary ireo no efa nitahiry ny rakitsoratra izay "marina mikasika ny vahoakany ary koa mikasika ny vahoakan' ny Lamanita.

13 Ankehitriny dia iverenantsika indray ny Amlisita, satria efa nanana "marika nipetaka tamin' ny tenany koa izy; eny, izy no nanisy ny marika tamin' ny tenany, eny, dia ny marika mena tamin' ny handriny.

14 Dia tanteraka araka izany ny tenin' Andriamanitra, satria izao no teny izay nataony tamin' i Nefia: Indro, ny Lamanita dia efa nozoniko, ary hasiako marika aminy, ka izy sy ny taranany dia ho azo sarahina aminao sy ny taranakao, hatramin' izao fotoana izao ka ho mandrakizay, raha tsy mibebaka amin' ny faharatsiany izy ary "mitodika Amiko mba hamindrako fo aminy.

15 Ary koa; Izaho hanisy marika amin' izay nampiharoharo ny taranany amin' ny rahalahinao mba ho voaozona koa izy.

16 Ary koa: Izaho hanisy marika amin' izay miady aminao sy ny taranakao.

17 Ary koa: Izaho dia milaza fa izay miala aminao dia tsy hantsoina intsony hoe taranakao; ary Izaho hitahy anao sy izay hantsoina hoe taranakao, hatramin' izao ka ho mandrakizay; ary ireo no fampanante-

7a 1 Ne. 12:23.

8a TSM Fanambadiana—
Fifanambadian' ny
samy hafa finoana.

b Môsià 10:11-18;

Almà 9:16.

11a Almà 17:9-11.

12a Môsià 1:6;

Etera 4:6-11.

13a Almà 3:4.

14a 2 Ne. 30:4-6.

nan' ny Tompo an' i Nefia sy ny taranany.

18 Ankehitriny dia tsy nahalala ny Amlisita fa teo am-panatan-terahana ny tenin' Andriamanitra izy raha nanomboka nanisy marika ny tenany tamin' ny handriny; na dia teo aza izany dia efa "nikomy an-kitsirano tamin' Andriamanitra izy; koa rariny ny hianjeran' ny ozona aminy.

19 Ankehitriny dia maniry aho ny hahitanareo fa izy ihany no nahatonga ny "ozona tamin' ny tenany; ary toraka izany koa ny olona tsirairay izay voaozona dia mampitondra fanamelohana ny tenany ihany izy.

20 Ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa afaka andro vitsivitsy taorian' ny ady izay nifanaovan' ny Lamanita sy ny Amlisita tao an-tanin' i Zarahemlà, dia nisy miaramila Lamanita hafa tonga hifanandrana amin' ny vahoakan' i Nefia teo amin' io "toerana io ihany, izay efa nifandonan' ny miaramila voalohany tamin' ny Amlisita.

21 Ary ny zava-nitranga dia nisy miaramila nalefa hanosika azy hiala amin' ny taniny.

22 Ankehitriny noho ny tanan' i Almà nitondra "ratra dia tsy nandeha niakatra hiady tamin' ny Lamanita izy tamin' ity indray maka ity;

23 Fa nandefa miaramila maro kosa izy hanohitra azy; ary nandeha niakatra ireo sy nandripaka ny maro tamin' ny Lamanita

ary nanosika ny sisa tavela tamin' ny sisin-taniny.

24 Ary taorian' izany dia nody indray ireo ka nanomboka nampiorina fandriampahalemana teo amin' ny tany, rehefa tsy notabatabain' ny fahavalony intsony nandritra ny fotoana fohy.

25 Ankehitriny, ireo zavatra rehetra ireo dia nitranga, eny, ireo ady sy fifandirana rehetra ireo dia nanomboka sy nifarana tamin' ny taona fahadimin' ny fitondran' ny mpitsara.

26 Ary tao anatin' ny herintao-na dia an' arivony sy an' aliny ny fanahy nalefa tany amin' ny tontolon' ny mandrakizay mba hahazoany mioty ny "tambiny araka ny asany avy, na tsara izany na ratsy mba hiotazany fahasambarana mandrakizay na fijaliana mandrakizay, araka ny fanahy izay nofinidiny hankatoavina, na fanahy tsara izany na ratsy.

27 Fa mandray "karama amin' izay nofinidiny ^bhankatoavina ny olona tsirairay, ary izany dia araka ny tenin' ny fanahin' ny faminiana; koa aoka mba ho araka ny fahamarinana izany. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahadimin' ny fitondran' ny mpitsara.

TOKO 4

Nanao batisa ireo niova fo an' arivony i Almà — Niditra ny fiangonana

18a 4 Ne. 1:38.
TSM Fikomiana.
19a 2 Ne. 5:21–25;
Almà 17:15.

20a Almà 2:24.
22a Almà 2:29–33.
26a TSM Asa.
27a Mòsià 2:31–33;

Almà 5:41–42.
^b Roma. 6:16;
Hel. 14:29–31.
TSM Mankatò.

ny heloka, ary dia voasakantsakana ny fandrosoan' ny fiangonana — Voatendry ho lohan' ny mpitsara i Nefihà — Nanokan-tena ho amin' ny asa fanompoana i Almà araka ny maha-mpisorona avo azy. Tokony ho 86-83 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenin' ny fitondran' ny mpitsara ny vahoakan' i Nefia, dia tsy nisy fifandirana na ady teo amin' ny "tanin' i Zarahemlà;

2 Saingy ory ny vahoaka, eny, ory be tokoa noho ny "famoizana ireo rahalahiny, ary koa noho ny famoizana ny biby fiompiny, ary koa noho ny famoizana ny tanimboliny, izay nohosihosen' ny tongotra sy noravan' ny Lamanita.

3 Ary lehibe loatra ny fahoriany ka ny tsirairay avy dia samy nanana izay antony nampisaona azy; ary nino izy fa niantefa tamin' ny famalian' Andriamantitra noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany; koa nofohazina ho amin' ny fahatsiarovana ny adidiny izy.

4 Ary nanomboka nampiorina ny fiangonana ho amin' ny fahafenoany kokoa izy; eny, ary maro no natao "batisa tao amin' ny ranon' i Sidôna ka nikambana tamin' ny fiangonan' Andriamantitra; eny, natao batisa tamin' ny tanan' i Almà ireny, izay efa nohamasinina ho ^bmpisorona avo teo amin' ny vahoakan' ny

fiangonana tamin' ny tanan' i Almà rainy.

5 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahafiton' ny fitondran' ny mpitsara, dia nisy olona sahabo ho dimanjato sy telo arivo izay nikambana tamin' ny "fiangonan' Andriamantitra ary vita batisa. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahafiton' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia; ary nisy fandriampahalemana lalandava nandritra izany fotoana rehetra izany.

6 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahavalon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nanomboka niavonavona ny vahoakan' ny fiangonana noho ny "hareny nihoa-pampana sy ny ^blamba landiny kanto sy ny hariry fotsiny madinika, ary noho ny biby fiompiny sy ny volamenany ary ny volafotsiny sy ny zava-tsoa isan-karazany rehetra, izay efa azony noho ny taozavany; ary tamin' ireo zavatra rehetra ireo izy no nanandra-tena tao amin' ny avonavon' ny masony, fa nanomboka nitondra fitafiana tena lafo vidy tokoa izy.

7 Ankehitriny dia izany no antony nampahory fatratra an' i Almà, eny, sy ny maro tamin' ny olona izay efa "nohamasinin' i Almà ho mpampianatra sy mpisorona ary loholona tamin' ny fiangonana; eny, maro tamin' ny no nalahelo mafy tokoa noho ny faharatsian-toetra izay hitany

4 1a Ômnia 1:12-19.

2a Almà 2:19; 3:1-2, 26.

4a Môsià 18:10-17.

b Môsià 29:42.

5a Môsià 25:18-23;

3 Ne. 26:21.

6a TSM Harena.

b Almà 1:29.

7a TSM Fahefana.

fa efa nanomboka nisy teo anivon' ny olony.

8 Fa nahita sy nahatsikaritra tamin' ny alahelo lehibe ireo fa ny olon' ny fiangonana dia nanomboka nanandra-tena tao amin' ny "avonavon' ny masonry, ary nametraka ny fony tamin' ny harena sy tamin' ny zava-poanan' izao tontolo izao, fa nanomboka nifanebaka izy samy izy sy nanomboka nanenjika ireo izay ^btsy nino araka ny sitrapony sy ny safidiny.

9 Ary dia toy izany, tamin' ity taona fahavalon' ny fitondran' ny mpitsara ity, no nanomboka nisian' ny "fifandirana be teo anivon' ny olon' ny fiangonana; eny, nisy ^bfitsiriritana sy adilahy ary hasomparana sy fanenjehana ary avonavona, izay nanoatra noho ny avonavon' ireo izay tsy isan' ny fiangonan' Andriamanitra.

10 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalon' ny fitondran' ny mpitsara; ary ny faharatsian' ny fiangonana dia vato fahatafintohinana lehibe ho an' ireo izay tsy isan' ny fiangonana; ary araka izany, dia nanomboka tsy nahomby ny fiangonana tamin' ny fandrosoany.

11 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahasivy dia nahita ny faharatsian' ny fiangonana i Almà, ary nahita koa izy fa ny "ohatry ny fiango-

nana dia nanomboka nitarika ireo izay tsy mpino hiala amin' ny heloka iray hankamin' ny iray hafa, ary nitondra faharavana ho an' ny vahoaka izany.

12 Eny, nahita tsy fitoviana lehibe teo anivon' ny olona izy, fa nanandra-tena tao amin' ny avonavony ny sasany, ka nanamavo ny hafa, nanosi-bohon-tanana ny "mahantra sy ny mitanjaka, ary ireo izay ^bnoana sy ireo izay mangetaheta, ary ireo izay marray sy ory.

13 Ankehitriny izany dia anton' ny fitarainana lehibe teo anivon' ny vahoaka, fa nanetry tena kosa ny sasany, nanampy ireo izay mila ny fanampiany, toy ny "fizarana ny fananany amin' ny mahantra sy ny sahirana, ny famahanana ny noana ary ny fiaretana ny karazam-^bpijaliana rehetra noho ny "amin' i Kristy, izay tsy maintsy ho avy araka ny fanahin' ny faminaniana;

14 Ka niandraza izany andro izany, fa izany no "hitanana ny famelana ny fahotany; rehefa heniky ny ^bfifaliana be noho ny fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty, araka ny sitrapo sy ny hery ary ny fanafahan' i Jesoa Kristy amin' ny famatoran' ny fahafatesana.

15 Ary ankehitriny ny zavainitranga, rehefa nahita ny fahorian' ireo mpanara-dia an' Andriamanitra izay nanetry tena i Almà sy ny fanenjehana izay

8a TSM Fivonavonana;
Zava-poana.

b Almà 1:21.

9a TSM Fifandirana.

b TSM Mialona.

11a 2 Sam. 12:14;

Almà 39:11.

12a Isa. 3:14;

Jakôba 2:17.

b Môsià 4:26.

13a TSM Fiantrana.

b TSM Fahoriana.

d 2 Kor. 12:10.

14a Môsià 4:12;

Almà 5:26-35.

TSM Manamarina.

b TSM Fifaliana.

navangongon' ny vahoakany sisa taminy, ary rehefa nahita ny "tsy fitoviany rehetra, dia nanomboka ho tena nalahelo tokoa izy; na dia teo aza izany, dia tsy nahafoy azy ny Fanahin' ny Tompo.

16 Ary nifidy olon-kendry iray izay isan' ny loholon' ny fiangonana izy ary nanome azy fahefana araka ny "feon' ny vahoaka mba hahazoany manana fahefana hanao ^blalàna araka ny lalàna izay efa nomena, ary hampihatra izany araka ny faharatsiana sy ny heloky ny olona.

17 Ankehitriny ny anaran' izany lehilahy izany dia i Nefihà, ary notendrena ho "lohan' ny mpitsara izy; ary nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana izy mba hitsara sy hifehy ny vahoaka.

18 Ankehitriny dia tsy nanolotra azy ny asan' ny mpisorona avo amin' ny fiangonana i Almà, fa notanany ho an' ny tenany kosa ny asan' ny mpisorona avo; fa natolony an' i Nefihà kosa ny toeram-pitsarana.

19 Ary izany no nataony dia ny mba hahazoan' ny "tenany mandeha any anivon' ny vahoakany, na any anivon' ny vahoakan' i Nefia, ka hahazoany mitory aminy ny ^btenin' Andriamanitra, mba "hanairana azy ho amin' ny "fahatsiarovana ny adidiny sy mba hahazoany mandrodana amin' ny alalan' ny tenin' An-

driamanitra ny avonavona sy ny fitaka rehetra ary ny fifandirana rehetra, izay nisy teo anivon' ny olony, noho ny tsy fahitany lalan-kafa hahazoany manitsy azy raha tsy ny filofosana amin' ny 'fanambarana tsisy tsiny hanotherana azy.

20 Ary dia toy izany, tamin' ny fiandohan' ny taona fahasiavin' ny fitondran' ny mpitsara ny vahoakan' i Nefia, no nanoloran' i Almà an' i "Nefihà ny toeram-pitsarana ary nanokanany ny tenany manontolo ho an' ny ^bfisoronana avo araka ny lamina masin' Andriamanitra, ho vavolombelon' ny teny araka ny fanahin' ny fanambarana sy ny faminaniana.

Ny teny izay nataon' i Almà, Mpisorona Avo araka ny lamina masin' Andriamanitra, tamin' ny vahoaka tany amin' ireo tanànany sy vohiny nanerana ny tany.

Mahafaoka ny toko 5.

TOKO 5

Mba hahazoana ny famonjena, ny olona dia tsy maintsy mibebaka sy mitandrina ny didy, ateraka indray, manadio ny fitafiany amin' ny ran' i Kristy, manetry tena, ary manaisotra ny avonavona sy ny fitsiriritana hiala amin' ny tenany, ary manao

15a F&F 38:27; 49:20.

16a Almà 2:3–7.

b Almà 1:1, 14, 18.

17a Almà 50:37.

19a Almà 7:1.

b Almà 31:5;

F&F 11:21–22.

d Enôsa 1:23.

e Môsià 1:17; Hel. 12:3.

f TSM Fijoroana ho

Vavolombelona.

20a Almà 8:12.

b Môsià 29:42;

Almà 5:3, 44, 49.

ny asan' ny fahamarinana—Miantso ny olony ny mpiandry ondry tsara—Ireo izay manao ny asa ratsy no zanaky ny devoly—Nanambara ny amin' ny fahamarinan' ny fampianarany i Almà sady nandidy ny olona hibebaka—Hosoratana ao amin' ny bokin' ny fiainana ny anaran' ny marina. Tokony ho 83 talohan' i j.k.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga dia nanomboka "nitory ny tenin' ^bAndriamanitra tamin' ny vahoaka i Almà, voalohany dia tao amin' ny tanin' i Zarahemlà ary avy eo dia nanerana ny tany manontolo.

2 Ary izao no teny izay nola-zainy ny olona tao amin' ny fiangonana izay niorina tao antanànan' i Zarahemlà, araka ny rakitsorany ihany, manao hoe:

3 Izaho Almà, rehefa "nohamasinin' i Almà raiko ho ^bmpisorona avo ao amin' ny fiangonan' Andriamanitra, noho izy nandray ny hery sy ny ^dfahefana avy tamin' Andriamanitra hanatontosa ireo zavatra ireo, dia indro, lazaiko aminareo fa nanomboka nanorina fiangonana iray tao amin' ny "tany izay tao amin' ny sisin-tanin' i Nefia izy; eny, tao amin' ny tany izay nantsoina hoe ny tanin' i Môrmôna; eny, ary nataony batisa tao amin' ny ranon' i Môrmôna ireo rahalahiny.

4 Ary indro, lazaiko aminareo

fa "nafahana hiala teo an-tanan' ny olon' i Noà mpanjaka izy ireo, noho ny famindram-po sy ny herin' Andriamanitra.

5 Ary indro, taorian' izany, dia nentin' ny tanan' ny Lamanita ho "andevo tany an-tany foana izy ireo; eny, lazaiko aminareo fa tao anatin' ny fahababoana izy ireo, ary ny Tompo dia nanafaka azy ireo indray hiala tamin' ny ^bfahababoana tamin' ny herin' ny teniny; ary nentina nankamin' ity tany ity isika, ary teto isika no nanomboka nanorina ny fiangonan' Andriamanitra eran' ity tany ity koa.

6 Ary ankehitriny, indro, lazaiko aminareo ry rahalahiko, ianareo izay isan' ity fiangonana ity, moa va ianareo efa nahatahiry tsara ny fahatsiarovana ny fambaboana ny razanareo? Eny, moa va ianareo efa nahatahiry tsara ny fahatsiarovana ny famindram-pony sy ny faharipony taminy? Ary ankoatra izany, moa va ianareo efa nahatahiry tsara ny fahatsiarovana fa Izy dia efa nanafaka ny fanahiny tamin' ny helo?

7 Indro Izy dia nanova ny fon' izy ireo; eny, namoha azy ireo tamin' ny torimasolalina, ary dia nifoha ho an' Andriamanitra izy ireo. Indro tao afovoan' ny haizina izy ireo; na dia teo aza izany, dia nohazavaina tamin' ny fahazavan' ny teny maharitra mandrakizay ny fanahiny; eny, nohodidinin' ny "famatoran' ny

5 1a Almà 4:19.

b Almà 5:61.

3a ТSM Manokana.

b Almà 4:4, 18, 20.

d Môsià 18:13;

3 Ne. 11:25.

e Môsià 18:4; 3 Ne. 5:12.

4a Môsià 23:1-3.

5a Môsià 23:37-39;

24:8-15.

b Môsià 24:17.

7a Môsià 15:8.

fahafatesana sy ny ^bgadran' ny helo izy ireo, ary famongorana maharitra mandrakizay no nian-dry azy ireo.

8 Ary ankehitriny, manontany anareo aho ry rahalahiko, moa va nofongorana izy ireo? Indro, lazaiko aminareo: Tsia, tsy nofongorana izy ireo.

9 Ary manontany indray aho, moa va notapatapahina ny famatoran' ny fahafatesana, ary ny gadran' ny helo izay nana-gadrana azy ireo, moa va novahana izany? Lazaiko aminareo: Eny, novahana izany, ary nira-voravo ny fanahiny sady nihira ny fitiavana manavotra izy ireo. Ary lazaiko aminareo fa voa-vonjy izy ireo.

10 Ary ankehitriny manontany anareo aho, inona no fepetra "amonjena azy ireo? Eny, inona no fiorenana nananany mba hanantenana famonjena? Inona no antony namahana azy ireo tamin' ny famatoran' ny fahafatesana, eny, ary koa tamin' ny gadran' ny helo?

11 Indro, azoko lazaina anareo—moa va i Almà raiko tsy nino ny teny izay niloaky ny vavan' i "Abinadia? Ary moa va izy tsy mpaminany masina? Moa va tsy nolazainy ireo tenin' Andriamanitra, ary nino ireny i Almà raiko?

12 Ary araka ny finoany, dia

nisy "fiovana mahery vaika nitranga tao am-pony. Indro lazaiko aminareo fa marina avokoa izany.

13 Ary indro, "notoriany tamin' ny razanareo ny teny, ary fiovana mahery vaika no nitranga koa tao am-pony, ary nanetry tena izy ireo ary nametraka ny ^bfitokiany tamin' ilay Andriamanitra marina sady ^dvelona. Ary indro, nahatoky hatramin' ny ^efarany izy ireo; noho izany dia novonjena izy ireo.

14 Ary ankehitriny, indro manontany anareo aho ry rahalahiko ao amin' ny fiangonana, efa "naterak' Andriamanitra araka ny fanahy ve ianareo? Moa va ny endriny efa nisoritra teo amin' ny tarehinareo? Efa nahatsapa izany ^bfiovana mahery vaika izany tao am-ponareo va ianareo?

15 Moa ampiasainareo va ny finoana ny fanavotan' ilay "nahary anareo? Moa va ianareo miandrandra amin' ny masompinoana ary mahita ity vatana mety maty ity atsangana ao amin' ny tsy fahafatesana sy ity fahalòvana ity ^batsangana ao amin' ny tsy fahalòvana ka hijoro eo anoloan' Andriamanitra mba "hotsaraina araka ny asa izay vitan' ny vatana mety maty?

16 Lazaiko aminareo, moa azon' ny tenanareo saintsainina

7b Almà 12:11;
F&F 138:23.

10a TSM Famonjena;
Drafitry ny
Fanavotana.

11a Mòsià 17:1-4.

12a TSM Fiovam-po.

13a Mòsià 18:7.

b TSM Matoky.

d Mòrm. 9:28;

F&F 20:19.

e TSM Maharitra.

14a Mòsià 27:24-27;

Almà 22:15.

TSM Ateraka Indray,
Aterak' Andriamanitra.

b Roma. 8:11-17;

Mòsià 5:2; Mos. 6:65.

TSM Fiovam-po.

15a TSM Fahariana.

b TSM Fitsanganana
amin' ny Maty.

d TSM Fitsarana
Farany, Ny.

ve fa handre ny feon' ny Tompo ianareo amin' izany andro izany, manao aminareo hoe: Mankanesa atỳ Amiko ianareo "notahiana, satria indro ny asanareo dia efa asan' ny fahamarinana teny ambonin' ny tany?

17 Sa moa va mihevitra ny tenanareo fa afaka mandainga amin' ny Tompo ianareo amin' izany andro izany, ary "hanao hoe—Tompo ô, ny asanay dia asa marina teny ambonin' ny tany—ary dia hamonjy anareo Izy?

18 Sa, raha tsy izany, moa azonareo sary an-tsaina va ny tenanareo entina eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra miaraka amin' ny fanahinareo feno hadisoana sy nenina noho ny "fahatsiarovana ny hadisoanareo rehetra, eny, fahatsiarovana tanteraka ny faharatsianareo rehetra, eny, fahatsiarovana fa efa nihantsy ny didin' Andriamanitra ianareo?

19 Lazaiko aminareo, moa va ho afaka hiandrandra an' Andriamanitra ianareo amin' izany andro izany amin' ny fo mahitsy sy ny tanana madio? Lazaiko aminareo, moa va ho afaka hiandrandra ianareo rehefa nana ny "endrik' Andriamanitra voasokitra teo amin' ny tarehinareo?

20 Lazaiko aminareo, moa azonareo eritretina va ny hamonjena anareo, rehefa navelanareo

ny tenanareo ho zary "olom-pehezin' ny devoly?

21 Lazaiko aminareo, ho fantatrareo amin' izany andro izany fa tsy azo "vonjena ianareo; fa tsy misy olona azo vonjena raha tsy efa fotsiana ny ^bfitafiany; eny, tsy maintsy ^ddiovina ny fitafiany mandra-panadio ny pentina rehetra amin' ny ran' ilay efa nolazain' ny razantsika, izay ho avy hanavotra ny olony amin' ny fahotany.

22 Ary ankehitriny, manontany anareo aho ry rahalahiko, inona no ho tsapanareo raha mijoro eo anoloan' ny fitsaran' Andriamanitra ianareo, mitondra fitafiana mihosin-^adra sy ny karazany rehetra amin' ny ^bfahalotoana? Indro, inona no hambaran' ireny zavatra ireny hanoherana anareo?

23 Indro, tsy "hambaran' ireny va fa ianareo dia mpamono olona, eny, ary koa fa ianareo dia meloka amin' ny karazam-paharatsiana rehetra?

24 Indro ry rahalahiko, moa heverinareo va fa ny toy izany dia mahazo anjara toerana hipetrahana ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra miaraka amin' i "Abrahama, miaraka amin' i Isaka ary miaraka amin' i Jakoba, ary koa ny mpaminany masina rehetra izay voadio sy tsisy pentina ary tsisy tsiny sy fotsy ny fitafiany?

25 Lazaiko aminareo, Tsia;

16a Mat. 25:31-46.

17a 3 Ne. 14:21-23.

18a Ezek. 20:43;

2 Ne. 9:14; Mòsia 3:25;

Almà 11:43.

19a 1 Jn. 3:1-3.

20a Mòsia 2:32.

21a TSM Famonjena.

b 1 Ne. 12:10;

Almà 13:11-13;

3 Ne. 27:19-20.

d TSM Madio.

22a Isa. 59:3.

b TSM Fahalotoana.

23a Isa. 59:12.

24a Lio. 13:28.

raha tsy hoe ataonareo ho mpan-dainga hatrany am-piandohana Ilay Mpahary antsika, na raha tsy hoe heverinareo fa mpan-dainga hatrany am-piandohana Izy, dia tsy azonareo saintsainina fa ny toa azy dia mahazo anjara toerana ao amin' ny fanjakan' ny lanitra; fa hariana any ivelany izy, satria "zanaky ny fanjakan' ny devoly.

26 Ary ankehitriny, indro lazaiko aminareo ry rahalahiko, fa raha efa nandalo "fiovam-po ianareo ary raha efa nahatsiaro ny hikalo ny ^bhiran' ny fitiavana manavotra ianareo, dia hanontany aho, "tsapanareo ve izany ankehitriny?

27 Efa nandeha ve ianareo, nitandrina ny tenanareo ho "tsisy tsiny eo anoloan' Andriamanitra? Raha toa, hono, ka antsoina ho faty ianareo izao ankehitriny izao, moa va ianareo afaka miteny anakampo fa ampy tokoa ny ^bfanetren-tenanareo? Fa ny fitafianareo dia efa nodiovina sy nofotsiana tamin' ny ran' i Kristy izay ho avy "hanavotra ny olony amin' ny fahotany?

28 Indro, efa endahinareo amin' ny tenanareo ve ny "avonavona? Lazaiko aminareo fa raha tsy ataonareo izany, dia tsy miomana ny hihaona amin' Andriamanitra ianareo. Indro, tsy maintsy miomana faingana tokoa ianareo; fa efa akaiky sy antomotra

ny fanjakan' ny lanitra, ary tsy mahazo ny fiainana mandrakizay ny toa azy.

29 Indro, hoy aho, misy anankiray va aminareo izay tsy miendaka amin' ny "fialonana? Lazaiko aminareo fa tsy miomana ny toa azy; ary mba tiako ny hiomanany faingana tokoa fa efa akaiky sy antomotra ny ora, ary tsy mahalala izay hianan' ny fotoana izy; fa ny toa azy dia tsy ho hita tsisy tsiny.

30 Ary lazaiko aminareo indray hoe, misy anankiray va aminareo izay "maneso ny rahalahiny, na izay mampivangongo ny fanenjehana aminy?

31 Lozan' ny toa azy, fa tsy miomana izy, ary efa antomotra ny fotoana izay tsy maintsy ibebahany, raha tsy izany dia tsy azo vonjena izy!

32 Eny, lozanareo rehetra "mpanao heloka; mibebaha, mibebaha, fa ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany!

33 Indro mandefa fanasana ho an' ny "olona rehetra Izy, fa ny ^bsandrin' ny famindram-po dia mitolotra ho azy, ary hoy Izy: Mibebaha dia handray anareo Aho.

34 Eny, hoy Izy: "Mankanesa atỳ Amiko, ary hihinana amin' ny ^bvoan' ny hazon' aina ianareo; eny, hihinana sy hisotro "maimaimpoana amin' ny "mofony sy ny ranon' aina ianareo;

25a 2 Ne. 9:9.

26a TSM Fiovam-po.

b Almà 26:13.

d Môsià 4:12;

F&F 20:31-34.

27a TSM Manamarina.

b TSM Fanetren-tena.

d TSM Fanavotana.

28a TSM Fiavonavonana.

29a TSM Mialona.

30a TSM Fitenenan-dratsy.

32a Sal. 5:5.

33a Almà 19:36;

3 Ne. 18:25.

b Jakôba 6:5; 3 Ne. 9:14.

34a 2 Ne. 26:24-28;

3 Ne. 9:13-14.

b 1 Ne. 8:11; 15:36.

d 2 Ne. 9:50-51;

Almà 42:27.

e TSM Mofon' Aina.

35 Eny, mankanesa atỳ Amiko ary ataovy ny asan' ny fahamarinana, ary tsy hokapaina sady tsy hatsipy any anatin' ny afo ianareo—

36 Fa indro akaiky ny fotoana, ka na zovy na zovy no “tsy manoa voa tsara, na zovy na zovy no tsy manao ny asan' ny fahamarinana, dia manana antony hitomaniana sy hisaonana izy.

37 E ianareo mpanao heloka; ianareo izay mizihitra ao amin' ny “zava-poanan' izao tontolo izao, ianareo izay efa nihambo ho nahalala ny lalan' ny fahamarinana, kanefa dia ^bnaniasia toy ny ^dondry tsy nanana mpiandry, kanefa ilay mpiandry efa ^eniantso anareo sy mbola miantso anareo fa tsy mety ^fmihaino ny feony ianareo!

38 Indro, lazaiko aminareo fa miantso anareo ilay “mpiandry tsara; eny, ary amin' ny anarany ihany no iantsoany anareo, dia ny anaran' i Kristy; ary raha tsy te ^bhihaino ny feon' ilay ^dmpiandry tsara ianareo, na ny ^eanarana izay iantsoana anareo, dia indro, tsy ondrin' ilay mpiandry tsara ianareo.

39 Ary ankehitriny raha tsy ondrin' ilay mpiandry tsara ianareo, avy amin' ny “valan' iza ary

ianareo? Indro, lazaiko aminareo fa ny ^bdevoly no mpiandry anareo, ary ianareo dia avy amin' ny valany; ary ankehitriny, iza no afaka mandà izany? Indro, lazaiko aminareo, fa na zovy na zovy no mandà izany dia ^dmpan-dainga sy ^ezanaky ny devoly.

40 Satria lazaiko aminareo, fa na inona na inona “tsara dia avy amin' Andriamanitra, ary na inona na inona ratsy dia avy amin' ny devoly.

41 Noho izany, raha manao “asa tsara ny olona iray, dia mihaino ny feon' ilay mpiandry tsara izy ary manaraka Azy; fa na zovy na zovy kosa no manao asa ratsy, dia tonga ^bzanaky ny devoly izy, satria mihaino ny feony sy manaraka azy.

42 Ary na zovy na zovy no manao izany dia tsy maintsy mandray ny “tambiny aminy; koa ho ^btambiny dia mandray ny ^dfahafatesana izy, raha ny zavatra mikasika ny fahamari-nana, satria maty ho an' ny asa soa rehetra izy.

43 Ary ankehitriny ry rahalahiko, dia mba tiako ny hihainoanareo ahy, satria miteny amin' ny herin' ny fanahiko aho; fa indro, efa niteny mazava tsara taminareo aho mba tsy hahafa-

36a Mat. 3:10; 7:15–20;
3 Ne. 14:19; F&F 97:7.

37a TSM Zava-poana.
b 2 Ne. 12:5; 28:14;
Môsià 14:6.

d Mat. 9:36.
e Ohab. 1:24–27;
Isa. 65:12.

f Jer. 26:4–5;
Almà 10:6.

38a TSM Mpiandry
Ondry Tsara.

b Lev. 26:14–20;
F&F 101:7.

d 3 Ne. 15:24; 18:31.

e Môsià 5:8;
Almà 34:38.

39a Mat. 6:24; Lio. 16:13.

b Môsià 5:10.
TSM Devoly.

d 1 Jn. 2:22.
e 2 Ne. 9:9.

40a Ômnia 1:25;
Etera 4:12;

Môrô. 7:12, 15–17.

41a 3 Ne. 14:16–20.
TSM Asa.

b Môsià 16:3–5;
Almà 11:23.

42a Almà 3:26–27;
F&F 29:45.

b Roma. 6:23.

d Hel. 14:16–18.

TSM Fahafatesana
Ara-panahy.

hanareo mandiso, na efa niteny araka ny didin' Andriamanitra aho.

44 Fa antsoina aho hiteny araka izany fomba izany, araka ny "lamina masin' Andriamanitra izay ao amin' i Kristy Jesoa; eny, didina aho hitsangana sy hanambara amin' ity vahoaka ity ny amin' ny zavatra izay efa nolazain' ny razantsika mikasika ny zavatra izay ho avy.

45 Ary tsy izay ihany. Moa tsy heverinareo va fa "mahalala ny momba an' ireny zavatra ireny ny tenako? Indro, manambara aminareo aho satria fantatro fa ireny zavatra izay efa voalazako ireny dia marina. Ary ahoana no iheveranareo fa fantatro ny maha-azo antoka ireny zavatra ireny?

46 Indro lazaiko aminareo fa "ampahafantarina ahy amin' ny alalan' ny Fanahy Masin' Andriamanitra ireny. Indro, efa ^bnifady hanina sy nivavaka andro maro aho mba hahazoan' ny tenako mahafantatra ireny zavatra ireny. Ary ankehitriny, mahalala ny tenako fa marina ireny; fa ny Tompo Andriamanitra dia efa naneho ireny tamiko tamin' ny alalan' ny Fanahy Masiny; ary izany no fanahin' ny ^afanambarana izay ao amiko.

47 Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa dia toy izany no efa nanambarana tamiko fa ny teny efa nolazain' ny razan-

tsika dia marina, ary izany dia araka ny fanahin' ny faminiana izay ato amiko, izay amin' ny alàlan' ny fanehoana ihany koa ny Fanahin' Andriamanitra.

48 Lazaiko aminareo fa mahalala ny tenako fa na inona na inona holazaiko aminareo momba izay ho avy dia marina; ary lazaiko aminareo fa fantatro fa ho avy i Jesoa Kristy, eny, ny Zanaka, ny Lahitokan' ny Ray, feno fahasoavana sy famindram-po ary fahamarinana. Ary indro Izy no tonga mba hanaisotra ny fahotan' izao tontolo izao, eny, ny fahotan' ny olona tsirairay izay miorina mafy amin' ny fi-noana ny anarany.

49 Ary ankehitriny lazaiko aminareo fa araka izany "lamina izany no iantsoana ahy, eny, mba hitory amin' ny rahalahiko malala, eny, amin' ny tsirairay izay monina eo amin' ny tany; eny, mba hitory amin' ny rehetra, na antitra na tanora, na mpifatotra na olona afaka; eny, lazaiko aminareo zokiolona, ary koa amin' ny olon-dehibe sy ny taranaka vao misondrotra; eny, mba hiantso azy ireo, fa tsy maintsy mibebaka izy ireo ka ^bateraka indray.

50 Eny, izao no lazain' ny Fanahy: Mibebaha ianareo rehetra faran' ny tany, fa efa akaiky sy automotra ny fanjakan' ny lanitra; eny, tonga amin' ny "voninahiny, amin' ny heriny,

44a Almà 13:6.

45a TSM Fijoroana ho Vavolombelona.

46a 2 Tan. 2:9-16.

b TSM Fifadian-kanina.

d TSM Fanambarana.

49a TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra;

Fisoronana.

b TSM Ateraka Indray,

Aterak'

Andriamanitra.

50a TSM Voninahitra;

Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

fiandrianany, fahefany ary fanapahiny ny Zanak' Andriamanitra. Eny, ry rahalahiko malala, lazaiko aminareo, fa hoy ny Fanahy: Indro ny voninahitry ny ^bMpanjakan' ny tany manontolo; ary hamirapiratra tsy ho ela koa ny Mpanjakan' ny lanitra eo anivon' ny zanak' olombelona rehetra.

51 Ary milaza amiko koa ny Fanahy, eny, miantso ahy amin' ny feo mahery, manao hoe: Mandehana ary lazao amin' ity vahoaka ity hoe—Mibebaha, fa raha tsy mibebaka ianareo, dia tsy mahazo mandova ny fanjakan' ny ^alanitra mihitsy ianareo.

52 Ary lazaiko indray aminareo, fa hoy ny Fanahy: Indro, ny ^afamaky efa mipetraka eo ampototry ny hazo; koa ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia ^bhokapaina ary hatsipy any anaty afo, eny, afo iray izay tsy mety levona, dia afo iray tsy mety maty. Indro, ary tsarovy, ny Iray Masina no efa niteny izany.

53 Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, lazaiko aminareo, moa va ianareo afa-manohitra ireo teny ireo; eny, moa va ianareo afa-mandà ireo zavatra ireo ary ^ahanosihosy amin' ny tongotra ny Iray Masina; eny, moa va

ianareo afaka mizihitra ao amin' ny ^bavonavon' ny fonareo; eny, moa va ianareo mbola hikiry hitondra fitafiana ^alafo vidy ary hametraka ny fonareo amin' ny zava-poanan' izao tontolo izao, amin' ny ^aharenareo?

54 Eny, hikiry ve ianareo hihevitra fa ianareo dia tsaratsara kokoa noho ny hafa; eny, hikiry ve ianareo amin' ny fanenjehana ny rahalahinareo izay manetry ny tenany sy mandeha araka ny lamina masin' Andriamanitra, izay efa nitondrana azy hankamin' ity fiangonana ity, rehefa avy ^anohamasinina tamin' ny Fanahy Masina izy, ka manao asa miendrika fibebahana—

55 Eny, ary hikiry ve ianareo hanome ny lamosinareo ny ^amahantra sy ny sahirana ary hihirim-belona amin' ny fananareo tsy ho an' ireny?

56 Ary farany, ianareo rehetra izay hikiry amin' ny faharatsianareo, lazaiko aminareo fa ireny no ireo izay hokapaina sy hatsipy any anaty afo raha tsy mibebaka faingana tokoa.

57 Ary ankehitriny lazaiko aminareo, ianareo rehetra izay maniry ny hanaraka ny feon' ny ^ampiandry tsara, mivoàha hiala amin' ny olon-dratsy, ary aoka ^bhisaraka, ary aza mikasika ny

50*b* Sal. 24; Mat. 2:2;
Lio. 23:2;
2 Ne. 10:14;
F&F 38:21–22;
128:22–23;
Mos. 7:53.
TSM Jesoa Kristy;
Fanjakan'
Andriamanitra na
Fanjakan' ny Lanitra.

51*a* TSM Lanitra.
52*a* Lio. 3:9; F&F 97:7.
b Jakôba 5:46; 6:7;
3 Ne. 27:11–12.
53*a* 1 Ne. 19:7.
b TSM Fiavonavonana.
d 2 Ne. 28:11–14;
Môrm. 8:36–39.
e Sal. 62:10;
F&F 56:16–18.

54*a* TSM Fanamasinana.
55*a* Sal. 109:15–16;
Jakôba 2:17;
Hel. 6:39–40.
57*a* TSM Mpiandry
Ondry Tsara.
b Ezra 6:21; 9:1;
Neh. 9:2;
2 Tes. 3:6;
F&F 133:5, 14.

zavany tsy madio; ary indro, “hovonoina ny anarany, hany ka ny anaran’ ny olon-dratsy dia tsy horaisina ho isan’ ny anaran’ ny marina mba hahatanteraka ny tenin’ Andriamanitra izay manao hoe: Ny anaran’ ny olon-dratsy dia tsy hafangaro amin’ ny anaran’ ny oloko;

58 Fa ny anaran’ ny marina dia hosoratana ao amin’ ny “bokin’ ny fiainana, ary izy no homeko lova ny eo an-tanako ankavanana. Ary ankehitriny ry rahalahiko, inona no azonareo lazaina hanoharana izany? Lazaiko aminareo, fa raha miteny manohitra izany ianareo, dia tsy maninona izany, fa ny tenin’ Andriamanitra dia tsy maintsy tanteraka.

59 Fa mpiandry ondry iza eo aminareo no manana ondry maro ka tsy miambina azy mba tsy hidiran’ ny ambodia hihinana ny andian’ ondriny? Ary indro, raha miditra ao ambala ny ambodia iray, moa tsy ho-roahiny izy hivoaka? Eny, ary amin’ ny farany, raha azony atao, dia hovonoiny izy.

60 Ary ankehitriny lazaiko aminareo fa ny mpiandry tsara no miantso anareo; ary raha mety mihaino ny feony ianareo, dia hoentiny hankany ambalany, ary ianareo no ondriny; ary mandidy anareo izy ny tsy hamelanareo ny ambodia masiaka hiditra eo aminareo mba tsy haharava anareo.

61 Ary ankehitriny izaho Almà dia mandidy anareo amin’ ny fitenin’ “ilay efa nandidy ahy hankatoavanareo ny teny izay efa nolazaiko anareo.

62 Miteny aminareo izay isan’ ny fiangonana aho amin’ ny alalan’ ny fandidiana; ary aminareo izay tsy isan’ ny fiangonana no itenenako amin’ ny alalan’ ny fanasana, manao hoe: Avia ary aoka hatao batisa ho amin’ ny fibebahana, mba hahatonga anareo koa ho mpihinana amin’ ny voan’ ny “hazon’ aina.

TOKO 6

Voadio sy voalamina ny fiangonana tao Zarahemlà—Nandeha tany Gideôna i Almà mba hitory. Tokony ho 83 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny fitenenany tamin’ ny vahoakan’ ny fiangonana izay efa niorina tao an-tanànan’ i Zarahemlà i Almà, dia “nanokana mpisorona sy ^blohohona izy tamin’ ny alalan’ ny fametraha-^dtanana, araka ny lamin’ Andriamanitra, mba hitarika sy “hitandrina ny fiangonana.

2 Ary ny zava-nitranga dia na zovy na zovy no tsy isan’ ny fiangonana, kanefa nibebaka tamin’ ny fahotany, dia “natao batisa ho amin’ ny fibebahana ary noraisina ho isan’ ny fiangonana.

57d Deot. 29:20;
Môrô. 6:7; F&F 20:8.
58a TSM Bokin’ ny
Fiainana.

61a Almà 5:44.
62a 1 Ne. 8:10; 11:21–23.
61a TSM Manokana.
b TSM Loholona.

d TSM Fametrahan-
tanana.
e F&F 52:39.
2a TSM Batisa.

3 Ary ny zava-nitranga koa dia na zovy na zovy no isan' ny fiangonana, kanefa tsy "nibebaka tamin' ny faharatsiany sy tsy nanetry ny tenany teo anoloan' Andriamanitra—ny tiako hola-zaina dia ireo izay nanandra-tena tao amin' ny ^bavonavy ny fony—ireo no nolavina, ary ^anovonoina ny anarany, ka ny anarany dia tsy nisaina teo anivon' ny an' ny marina.

4 Ary dia toy izany no nanombohan' izy ireo nanorina ny lamin' ny fiangonana tao antanànan' i Zarahemlà.

5 Ankehitriny, dia mba tiako ny hahatakarana fa ny tenin' Andriamanitra dia nisokatra ho an' ny rehetra, ka tsy nesorina na tamin' iza na tamin' iza ny zo hivory mba hihaino ny tenin' Andriamanitra.

6 Na dia teo aza izany, ny zanak' Andriamanitra dia nodidina mba hiara-mivory matetika sy hiombona amin' ny ^afifadian-kanina sy ny faherezana mivavaka ho fiadanan' ny fanahin' ireo izay tsy nahalala an' Andriamanitra.

7 Ary ankehitriny ny zavainitranga, rehefa avy nanao ireo rafi-pitondrana ireo i Almà, dia nilaozany izy ireo, eny, nilaozany ny fiangonana izay tao antanànan' i Zarahemlà, ary nandeha tany atsinanan' ny renirano Sidôna izy, nankany ^aan-dohasahan' i Gideôna izay nisy tanàna iray naorina, izay

nantsoina hoe: ny tanànan' i Gideôna, izay tao an-dohasaha izay nantsoina hoe Gideôna, rehefa nantsoina araka ny anaran' ilay lehilahy izay ^bnovonoin' ny tanan' i Nehôra tamin-tsabatra.

8 Ary nandeha i Almà sy nanomboka nilaza ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fiangonana izay efa niorina tao an-dohasahan' i Gideôna, araka ny fanambarana ny fahamarinan' ny teny izay efa nolazain' ny razany sy araka ny fanahin' ny faminania izay tao aminy, araka ny ^afanambaran' i Jesoa Kristy, ny Zanak' Andriamanitra, izay ho avy mba hanavotra ny olony amin' ny fahotany, ary ny lamina masina izay efa niantsoana azy. Ary dia toy izany no voasoratra. Amena.

Ny tenin' i Almà izay nolazainy tamin' ny mponina tao Gideôna, araka ny rakitsorany ihany.

Mahafaoka ny toko 7.

TOKO 7

Haterak' i Maria i Kristy—Hama-ha ny famatoran' ny fahafatesana Izy ary hitondra ny fahotan' ny olony—Ireo izay mibebaka, vita batisa, ary mitandrana ny didy no hahazo ny fiainana mandrakizay—Tsy afaka mandova ny fanjakan' Andriamanitra ny fahalotoana—Fanetren-tena, finoana, fanante-

3a Môsîà 26:6.
b TSM Fiavonavonana.
d Eks. 32:33;
Môsîà 26:36;

Almà 1:24; 5:57–58.
TSM Fanesorana tsy
ho Mpikambana.
6a TSM Fifadian-kanina.

7a Almà 2:20.
b Almà 1:9.
8a Fan. 19:10.

nana, ary fiantrana no takiana. Tokony ho 83 talohan' i J.K.

INDRO ry rahalahiko malala, satria efa navela ho tonga aty aminareo aho, noho izany dia miezaka aho ny “handahateny aminareo amin’ ny fiteniko; eny, amin’ ny vavako ihany, satria izao no fotoana voalohany itenenako aminareo amin’ ny tenin’ ny vavako, rehefa voatana tanteraka tao amin’ ny ^btoeram-pitsarana aho, satria nanandraharaha betsaka aho izay tsy nahafahako nankatỳ aminareo.

2 Ary tena tsy ho afaka nankatỳ aho na dia amin’ izao fotoana izao aza, raha tsy “natolotra olon-kafa ny toeram-pitsarana mba hitondra eo amin’ ny toerako; ary tamin’ ny famindram-po lehibe no efa namelan’ ny Tompo ny hankanesako atỳ aminareo.

3 Ary indro, tonga aho manana fanantenana lehibe sy faniriana fatratra ny hahita fa efa nanetry tena teo anatrehan’ Andriamanitra ianareo, ary efa nitozo tamin’ ny fitalahoana ny fahasoavany, ny hahita fa tsy nisy tsiny teo anatrehany ianareo, ny hahita fa tsy tao anatin’ ny safidy mahatsiravina izay nisy ireo rahalahintsika tao Zarahemlà ianareo.

4 Nefa hotahiana anie ny anaran’ Andriamanitra, fa efa omeny aho hahafantatra, eny, efa omeny fifaliana fatratra tokoa aho hahafantatra fa izy ireo

dia efa miorina indray amin’ ny làlan’ ny fahamarinany.

5 Ary matoky aho, araka ny Fanahin’ Andriamanitra izay ato amiko, fa hanam-pifaliana aminareo koa; na dia eo aza izany dia tsy maniry aho ny hahatongavan’ ny fifaliako aminareo amin’ ny alalan’ ny fahoriana sy ny alahelo be izay efa nahazo ahy noho ireo rahalahy tao Zarahemlà, satria indro, tonga taorian’ ny fandalovana fahoriana sy alahelo be ny fifaliako taminy.

6 Nefa indro, matoky aho fa tsy ao anatin’ ny toetry ny tsy finoana be toy izay nisy ireo rahalahinareo ianareo; matoky aho fa tsy manandra-tena ao amin’ ny avonavon’ ny fonareo ianareo; eny, matoky aho fa tsy nametraka ny fonareo tamin’ ny harena sy ny zava-poanan’ izao tontolo izao ianareo; eny, matoky aho fa tsy manompo “sampy ianareo fa manompo kosa Ilay Andriamanitra marina sy ^bvelona ary miandrindra ny famelana ny fahotanareo, izay ho avy, miaraka amin’ ny finoana maharitra mandrakizay.

7 Satria indro, lazaiko aminareo fa zavatra maro no hitranga; ary indro, misy zavatra iray izay manan-danja kokoa noho ny rehetra — satria indro, tsy lavitra loatra ny “fotoana izay hiainan’ ny Mpanavotra sy hahatongavany eo anivon’ ny vahoakany.

8 Indro, tsy milaza aho fa ho avy eo anivontsika Izy amin’ ny fotoana izay hitoerany ao amin’

7 1a Almà 4:19.
b Mòsià 29:42.

2a Almà 4:16–18.
6a 2 Ne. 9:37; Hel. 6:31.

b Dan. 6:26.
7a Almà 9:26.

ny tabernakely mety maty; satria indro, tsy nilaza tamiko ny Fanahy fa izany no tokony hitranga. Ankehitriny, raha ny amin' izay zavatra izay dia tsy fantatro; fa ny hany fantatro kosa dia manana fahefana ny Tompo Andriamanitra hanao ny zavatra rehetra izay misy araka ny teniny.

9 Kanefa indro, efa nilaza izao tamiko ny Fanahy, manao hoe: Antsoantsoy amin' ity vahoaka ity hoe—“Mibebaha ianareo, ary amboary ny lalan' ny Tompo, ary mandehana amin' ny lalany izay mahitsy; fa indro, efa akai-ky ny fanjakan' ny lanitra, ary ho ^btonga eto ambonin' ny tany ny Zanak' Andriamanitra.

10 Ary indro, “haterak' i ^bMaria Izy, ao Jerosalema izay “tanin' ny razambentsika, izy izay “virijiny sady fanaka iray sarobidy sy nofinidy izay halofana sy ^fhitoe-jaza noho ny herin' ny Fanahy Masina, ary hiteraka zazalahy, eny, dia ny Zanak' Andriamanitra.

11 Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy “fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; ary izany dia ny mba hahatanteraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin' ny olony Izy.

12 Ary haka ny “fahafatesana ho eo Aminy Izy, mba hahazoa-

ny mamaha ny famatoran' ny fahafatesana izay mamatotra ny olony; ary haka ny rofiny ho eo Aminy Izy mba hahatonga ny ao anatin' ny feno famindram-po araka ny nofo, mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba ^bhanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny.

13 Ankehitriny “mahalala ny zava-drehetra ny Fanahy; na dia eo aza izany, ny Zanak' Andriamanitra dia miaritra araka ny nofo mba hahazoany ^bmaka ho eo Aminy ny fahotan' ny olony, mba hahazoany mamafa ny fandikan-dalany araka ny herin' ny fanafahany; ary ankehitriny indro izany no fanambarana izay ato amiko.

14 Ankehitriny lazaiko aminareo fa tsy maintsy mibebaka ary “ateraka indray ianareo; satria milaza ny Fanahy fa raha tsy ateraka indray ianareo, dia tsy afaka mandova ny fanjakan' ny lanitra; koa avia ary aoka hatao batisa ho amin' ny fibebahana, mba hahazoana manasa anareo amin' ny fahotanareo, mba hahazoanareo manana finoana ny Zanakondrin' Andriamanitra, izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao, izay mahery ka mahavonjy sy mampahadio amin' ny tsy fahamarinana rehetra.

15 Eny, lazaiko aminareo hoe

9a Mat. 3:2-4; Almà 9:25.

b Môsià 3:5; 7:27; 15:1-2.

10a Isa. 7:14; Lio. 1:27.

b Môsià 3:8.

TSM Maria, Renin' i Jesoa.

d 1 Tan. 9:3; 2 Tan. 15:9;

1 Ne. 1:4; 3 Ne. 20:29.

e 1 Ne. 11:13-21.

f Mat. 1:20;

Môsià 15:3.

11a Isa. 53:3-5;

Môsià 14:3-5.

12a 2 Ne. 2:8;

Almà 12:24-25.

TSM Fanomboana.

b Heb. 2:18; 4:15;

F&F 62:1.

13a TSM Andriamanitra.

b Môsià 15:12.

TSM Sorompanavotana.

14a TSM Ateraka Indray, Aterak' Andriamanitra.

avia ary aza matahotra, ary ave-lao ny fahotana rehetra, izay "mamely anareo mora foana, izay mamatotra anareo amin' ny fandravana, eny, avia ary mandehana ary aseho ny Andriamanitrareo fa vonona ianareo ny hibebaka amin' ny fahotana-reo sy hiditra amin' ny fanekempihavanana miaraka Aminy mba hitandrina ny didiny, ary mijoroa ho vavolombelon' izany Aminy anio amin' ny firobohana ao amin' ny ranon' ny batisa.

16 Ary na zovy na zovy no manao izany sy mitandrina ny didin' Andriamanitra hatramin' izao, dia hahatsiaro izy fa lazai-ko azy, eny, hahatsiaro izy fa efa nolazaiko azy fa hahazo ny fiainana mandrakizay izy araka ny fanambaran' ny Fanahy Masina izay manambara izany ato amiko.

17 Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, mino ireo zavatra ireo ve ianareo? Indro, lazaiko aminareo, eny, fantatro fa mino ireo ianareo; ary ny fomba ahafantarako fa mino ireo ianareo dia amin' ny alalan' ny fanehoan' ny Fanahy izay ato amiko. Ary ankehitriny, satria efa matanjaka ny finoanareo momba izany, eny, momba ireo zavatra izay efa noteneniko, dia lehibe ny fifaliako.

18 Fa toy ny efa nilazako taminareo hatrany am-piandohana, fa nanana faniriana fatratra aho ny mba tsy ho tratry ny toetry

ny famoizam-po ohatra ireo rahalahinareo ianareo, dia toy izany no efa nahitako fa efa to ny faniriako.

19 Satria takatro fa mby amin' ny lalan' ny fahamarinana ianareo; takatro fa mby amin' ny lalana izay mitondra mankany amin' ny fanjakan' Andriamanitra ianareo; eny, takatro fa ataonareo mahitsy ny "lälany.

20 Takatro fa efa nampahalalaina anareo tamin' ny fanambaran' ny teniny, fa tsy afa-"mandeha amin' ny lalana miolikolika Izy; sady tsy mivaona amin' izay efa nolazainy Izy; no tsy manana aloka noho ny fihodinana ankavanana miankavia, na avy any amin' izay marina mankamin' izay diso; koa ny diany dia hodina mandrakizay.

21 Ary Izy dia tsy mitoetra ao amin' ny tempoly izay "tsy masina; na fahalotoana, rehefa mety ho zavatra tsy madio dia tsy azo raisina ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra; koa lazaiko aminareo fa ho avy ny fotoana, eny, ary izany dia ho amin' ny andro farany, ka izay ^bmaloto dia hijanona ao amin' ny fahalotoany.

22 Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, efa nilaza taminareo ireo zavatra ireo aho mba hahazoako mamoha anareo ho amin' ny fahatsiarovana ny adidinareo amin' Andriamanitra, mba hahazoanareo mandeha tsisy tsiny eo anoloany, mba hahazoanareo

15a 2 Ne. 4:18.
19a Mat. 3:3.
20a 1 Ne. 10:19;
Almà 37:12;

F&F 3:2.
21a 2 Tan. 3:16-17; 6:19;
Môsià 2:37;
Almà 34:36.

b 1 Ne. 15:33-35;
2 Ne. 9:16;
Môm. 9:14;
F&F 88:35.

mandeha araka ny lamina masin' Andriamanitra, araka izay efa nandraisana anareo.

23 Ary ankehitriny dia mba tiako ianareo “hanetry tena sy hanoa ary ho malemy fanahy; mora hihavanana; feno faharetana sy fahari-po; mahonom-po amin' ny zava-drehetra; mazoto amin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra; mangataka izay zavatra rehetra ilainareo, na arapanahy na ara-nofo; mamaly saotra an' Andriamanitra mandrakariva amin' izay zavatra rehetra raisinareo.

24 Ary ezaho izay anananareo “finoana, fanantenana ary fiantrana, ary amin' izany dia hihabe mandrakariva amin' ny asa soa ianareo.

25 Ary ny Tompo anie hitahy anareo sy hitandrina ny fitafianareo ho tsisy pentina mba hahazoana mitondra anareo amin' ny farany hiara-mipetra-ka amin' i Abrahama sy i Isaka ary i Jakoba ary ny mpaminany masina izay nisy hatramin' ny niandohan' izao tontolo izao, manana ny fitafianareo “tsisy pentina toy ny fitafian' izy ireo tsisy pentina ao amin' ny fanjakan' ny lanitra, ka tsy handehanareo mivoaka intsony.

26 Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, dia efa nolazaiko anareo ireo teny ireo araka ny Fanahy izay manambara izany ato amiko; ary ny fanahiko dia miravoravo fatratra tokoa noho

ny fahazotoana sy ny fitandremana izaitsizy izay efa nasetrinareo ny teniko.

27 Ary ankehitriny, ny “fiadan' Andriamanitra anie hitoetra aminareo, ary amin' ny tranonareo sy ny taninareo, ary amin' ny biby fiompinareo, ary amin' izay anananareo rehetra, amin' ny vadinareo sy ny zanakareo, araka ny finoanareo sy ny asa soanareo, hatramin' izao ka ho mandrakizay. Ary dia toy izany no efa noteneniko. Amena.

TOKO 8

Nitory sy nanao batisa tao Meleka i Almà—Nolavin' ny tao Amônihà izy ka lasa—Anjely iray no nandidy azy hiverina sy hitory fibebahana amin' ny vahoaka—Noraisin' i Amioleka izy, ka izy roa lahy no nitory tao Amônihà—Tokony ho 82 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia niverina avy tany an-“tanin' i Gideôna i Almà, rehefa avy nampianatra ny mponin' i Gideôna zavatra maro izay tsy hita hosoratana, rehefa avy nanorina ny lamin' ny fiangonana araka izay efa nataony teo aloha tao amin' ny tanin' i Zarahemlà, eny, niverina tao an-tranony tao Zarahemlà izy mba hiala sasatra tamin' ny asa izay efa notontosainy.

2 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahasivin' ny

23a TSM Fanetren-tena.
24a 2 Tan. 13:1–13;
Etera 12:30–35;

Môrô. 7:33–48.
25a 2 Pet. 3:14.
27a TSM Fiadanana.

8 1a Almà 2:20; 6:7.

fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

3 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona faha-folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia niala avy tao i Almà ka nandeha nankany an-tanin' i Meleka tany andrefan' ny "renirano Sidôna, tany andrefan' ny faritra manamorona ny tany foana.

4 Ary nanomboka nampianatra ny mponin' ny tanin' i Meleka izy araka ny "lamina masin' Andriamanitra izay efa niantsoana azy; ary nanomboka nampianatra ny mponina eran' ny tanin' i Meleka manontolo izy.

5 Ary ny zava-nitranga dia tonga teo aminy ny mponin' ny faritry ny tany rehetra izay manamorona ny tany foana. Ary dia natao batisa ny eran' ny tany manontolo;

6 Hany ka nony efa nahavita ny asany tao Meleka izy, dia niala avy tao ary nandeha hate-loana tany avaratry ny tanin' i Meleka; ary tonga tao amin' ny tanàna iray izay nantsoina hoe Amônihà izy.

7 Ankehitriny, dia fanao teo amin' ny vahoakan' i Nefia ny miantso ny taniny sy ny tanànan' ary ny vohiny, eny, na dia ny vohiny kely rehetra aza, araka ny anaran' ilay niorimponenana voalohany teo; ary dia araka izany ny amin' ny tanin' i Amônihà.

8 Ary ny zava-nitranga nony

efa tonga tao an-tanànan' i Amônihà i Almà, dia nanomboka nitory ny tenin' Andriamanitra taminy izy.

9 Ankehitriny dia efa nahazo "vahana be tao am-pon' ny mponin' ny tanànan' i Amônihà i Satana; koa tsy te hihaino ny tenin' i Almà izy.

10 Kanefa dia "niasa am-panahy fatratra i Almà, ^bnifampitolona tamin' Andriamanitra tamin' ny "faherezana nivavaka mba handatsahany ny fanahiny amin' ny mponina izay tao an-tanàna; mba havelany koa ny hahazoany manao batisa azy ho amin' ny fibebahana.

11 Kanefa, nanamafy ny fony izy, nanao taminy hoe: Indro, fantatray fa ianao no Almà; ary fantatray fa ianao dia mpisorona avon' ny fiangonana izay efa naorinao tamin' ny faritra maro tamin' ny tany, araka ny fombanareo; ary tsy isan' ny fiangonanao izahay ary tsy mino ny fomba adala toy izany.

12 Ary ankehitriny, fantatray fa noho izahay tsy isan' ny fiangonanao dia fantatray fa tsy manana fahefana aminay ianao; ary efa natolotrao an' i "Nefihà ny toeram-pitsarana; noho izany ianao dia tsy lohan' ny mpitsara aminay.

13 Ankehitriny, nony efa nilaza izany ny mponina, ary nanohitra ny teniny rehetra sy nanevateva azy sy nandrora azy ary nanao izay handroahana azy

3a Almà 16:6-7.

4a F&F 107:2-4.

TSM Fisoronana
Melkizedeka.

9a 2 Ne. 28:19-22;

F&F 10:20.

10a Almà 17:5.

b Enôsa 1:1-12.

d 3 Ne. 27:1.

TSM Vavaka.

12a Almà 4:20.

hiala ny tanànanany, dia niala avy tao izy ary nandeha nankamin' ny tanàna izay nantsoina hoe Aharôna.

14 Ary ny zava-nitranga, raha mbola nandeha nankany izy, nivesatra alahelo, nandalo tamin' ny "fahoriana be sy ny fitaintainan' ny fanahy, noho ny faharatsian' ny mponina izay tao an-tanànan' i Amônihà, ny zava-nitranga, raha mbola nivesatra alahelo toy izany i Almà, dia indro, niseho taminy ny ^banjelin' ny Tompo iray, nanao hoe:

15 Hotahiana anie ianao ry Almà; koa andrandrao ny lohanao ary miravoravao, fa manana antony lehibe hiravoana ianao; fa efa nahatoky tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra ianao hatramin' ny fotoana izay nandraisanao ny hafatrao voalohany Taminy. Indro, izaho no ilay "nanolotra izany anao.

16 Ary indro, irahina aho handidy anao ny hiverenanao any an-tanànan' i Amônihà, ary ny hitory indray amin' ny mponin' ny tanàna; eny, torio aminy. Eny, lazao aminy fa raha tsy mibebaka izy, dia ny Tompo Andriamanitra no "hamongotra azy.

17 Fa indro, misaintsaina izy amin' izao fotoana izao ny hahazoany mandrava ny fahafahan' ny olonao (fa izany no lazain' ny Tompo), izay mifanohitra amin' ny fitsipika, sy ny lalàna ary ny didy izay efa nomeny ny olony.

18 Ankehitriny ny zava-ni-

tranga, taorian' ny nandraisan' i Almà ny hafany avy tamin' ilay anjelin' ny Tompo, dia niverina faingana tokoa tany an-tanin' i Amônihà izy. Ary niditra ny tanàna tamin' ny lalana hafa izy, eny, tamin' ny lalana izay tao atsimon' ny tanànan' i Amônihà.

19 Ary raha niditra ny tanàna izy dia mosarena, ary hoy izy tamin' ny lehilahy iray: Moa hanome hanin-kohanina ity mpanompon' Andriamanitra mietry tena ity va ianao?

20 Ary hoy ralehilahy taminy: Izaho dia Nefita, ary fantatro fa mpaminany masin' Andriamanitra ianao, satria ianao ilay lehilahy izay nolazain' ny "anjely tamin' ny fahitana hoe: Horaisinao izy. Koa, andeha hiaraka amiko hankany an-trano, ary homeko anao ny haniko; ary fantatro fa ianao dia ho fitahiana ho ahy sy ny tranoko.

21 Ary ny zava-nitranga dia noraisin-dralehilahy tao an-tranony izy; ary ralehilahy dia nantsoina hoe "Amioleka; ary narosony ny mofa sy ny hena ka napetrany teo anoloan' i Almà.

22 Ary ny zava-nitranga dia nihinana mofa i Almà ary voky; ary "nitso-drano an' i Amioleka sy ny tranony izy ary nanatitsaotra ho an' Andriamanitra.

23 Ary rehefa avy nihinana izy ka voky, dia hoy izy tamin' i Amioleka: Izaho no Almà sady "mpisorona avon' ny fian-

14a TSM Fahoriana.
b Almà 10:7–10, 20.
TSM Anjely.
15a Môsià 27:11–16.

16a Almà 9:12, 18, 24.
20a Almà 10:7–9.
21a TSM Amioleka.
22a Almà 10:11.

23a Almà 5:3, 44, 49;
13:1–20.

gonan' Andriamanitra manerana ny tany.

24 Ary indro, efa nantsoina aho hitory ny tenin' Andriamanitra amin' ity vahoaka rehetra ity, araka ny fanahin' ny fanambarana sy ny faminaniana; ary efa teto amin' ity tany ity aho, ary tsy nety nandray ahy izy fa "norohany aho, ary efa saika hatodiko ity tany ity mandrakizay ny lamosiko.

25 Nefa indro, efa nodidina aho hiverina indray sy haminany amin' ity vahoaka ity, eny, ary hanambara aminy ny amin' ny helony.

26 Ary ankehitriny ry Amioleka, satria efa namahana ahy ianao sady nampiantrano ahy, dia hotahiana ianao; satria mosarena aho, fa efa nifady hanina andro maromaro.

27 Ary nipetraka andro maromaro niaraka tamin' i Amioleka i Almà, talohan' ny nanombohany nitory tamin' ny vahoaka.

28 Ary ny zava-nitranga dia nanjary vantambantana kokoa ny olona tamin' ireo helony.

29 Ary tonga tamin' i Almà ny teny, manao hoe: Mandehana, ary lazao koa amin' i Amioleka mpanompoko hoe mandehana ary maminania amin' ity vahoaka ity hoe—"Mibebaha ianareo, fa izao no lazain' ny Tompo, raha tsy mibebaka ianareo, dia hamangy ity vahoaka ity amin' ny fahatezerako Aho; eny, ary Izaho dia tsy hampihodina ny fahatezerako mirehitra hiala.

30 Ary nandeha i Almà sy i

Amioleka koa, teny anivon' ny vahoaka mba hilaza ny tenin' Andriamanitra aminy; ary heniky ny Fanahy Masina izy ireo.

31 Ary nanana izy ireo "hery nomena azy ireo, hany ka tsy azo nahiboka tany am-ponja izy ireo; no sady tsy nety nisy olona afaka namono azy ireo; na dia teo aza izany dia tsy nampiasa ny ^bfahefany izy ireo raha tsy efa nafatotra tamin' ny tady ary natsipy tany an-tranomaizina. Ankehitriny, izany no natao dia ny mba hahazoan' ny Tompo maneho ny heriny aminy.

32 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izy ireo ary nanomboka nitory sy naminany tamin' ny vahoaka, araka ny fanahy sy ny fahefana izay efa nomen' ny Tompo azy ireo.

Ny tenin' i Almà ary koa ny tenin' i Amioleka nolazaina ny vahoaka izay tany an-tanin' i Amônihà. Ary izy ireo koa dia naiditra am-ponja, ary nafahan' ny herin' Andriamanitra mahagaga izay tao aminy, araka ny rakitsoratr' i Almà.

Mahafaoka ny toko 9 ka hatramin' ny 14 manontolo.

TOKO 9

Nandidy ny mponin' i Amônihà hibe-baka i Almà—Ho feno famindram-po amin' ny Lamanita ny Tompo amin' ny andro farany—

24a Almà 8:13.
29a Almà 9:12, 18.

TSM Fibebahana.
31a 1 Ne. 1:20.

b Almà 14:17–29.

Ny fahafoizan' ny Nefita ny fahazavana dia handraovan' ny Lamanita azy — Ho avy tsy ho ela ny Zanak' Andriamanitra — Izy no hanavotra ireo izay mibebaka, vita batisa, ary manana ny finoana ny anarany. Tokony ho 82 talohan' i J.K.

ARY ankoatra izany izaho Almà, rehefa nodidian' Andriamanitra haka an' i Amioleka sy handeha ary hitory indray amin' ity mponina ity, na amin' ny mponina izay ao an-tanànan' i Amônihà, ny zava-nitranga, raha nanomboka nitory taminy aho, dia nanomboka nifanditra tamiko izy, nanao hoe:

2 Iza moa ianao? Mihevitra ve ianao fa izahay dia hino ny fanambaran' "olona iray na dia hitory aza izy fa ho levona ny tany?

3 Ankehitriny dia tsy nahatakatra ny teny izay nolazainy izy, satria tsy nahalala izy fa ho levona ny tany.

4 Ary hoy koa izy: Tsy hino ny teninao izahay na dia haminany aza ianao fa ity tanàna lehibe ity dia horavana ao anatin' ny "indray andro.

5 Ankehitriny dia tsy nahalala izy fa afaka manao zavatra mahavariana toy izany Andriamanitra, satria vahoaka mafy fo sy henja-katoka izy.

6 Ary hoy izy: "Iza moa Andriamanitra izay ^btsy mandefa fahefana afa-tsy lehilahy iray eo anivon' ity vahoaka ity, mba hilaza aminy ny fahamarinan'

ny zavatra lehibe sy mahavariana toy izany?

7 Ary nanatona izy hisambotra ahy; nefa indro, tsy nanao izany izy. Ary nijoro tamim-pahasahiana aho mba hilaza aminy, eny, izaho dia nanambara tamim-pahasahiana tokoa taminy, nanao hoe:

8 Indro, Ry "taranaka ratsy fanahy sady maditra, ahoana no efa nanadinoanareo ny fomban' ny razanareo; eny, vetivety erỳ ny nanadinoanareo sahady ny didin' Andriamanitra!

9 Tsy tsaroanareo va fa i Lehia razantsika, dia efa nentin' ny "tan' Andriamanitra niala an' i Jerosalema? Tsy tsaroanareo va fa izy rehetra dia notarihiny namakivaky ny tany foana?

10 Ary moa efa hadinonareo sahady ve fa imbetsaka Izy no nanafaka ny razantsika teo antànan' ny fahavalony sy nitsimbina azy tsy ho fongotra na dia tamin' ny tan' ny rahalahiny ihany aza?

11 Eny, ary raha tsy noho ny fahefany tsy manan-tsahala sy ny famindram-pony ary ny fahari-pony tamintsika, dia tsy azo ihodivirana ny ho efa nahafongotra antsika teto ambonin' ny tany elabe talohan' izao vanim-potoana izao, ary angamba aza ho efa nahiboka tao amin' ny toetry ny "fahoriana sy alahelo tsisy fiafarany isika.

12 Indro, ankehitriny dia lazai-ko aminareo fa mandidy anareo hibebaka Izy; ary raha tsy mi-

9a Deot. 17:6.
4a Almà 16:9-10.
6a Eks. 5:2;

Môsià 11:27;
Mos. 5:16.
b Almà 10:12.

8a Almà 10:17-25.
9a 1 Ne. 2:1-7.
11a Môsià 16:11.

bebaka ianareo, dia tsy afaka mandova ny fanjakan' Andriamanitra mihitsy. Nefa indro, tsy izay ihany — efa mandidy anareo hibe-baka Izy, fa raha tsy izany, dia “hofongorany tant-raka eto ambonin' ny tany ianareo; eny, hovangiany amin' ny ^bfahatezerany ianareo, ary amin' ny fahatezerany mirehitra dia tsy hihodina Izy.

13 Indro, tsy tsaroanareo va ny teny izay nolazainy tamin' i Leahia, manao hoe: “Raha mitandrina ny didiko ianareo, dia hiroborobo amin' ny tany? Ary voalaza koa fa: Raha tsy mitandrina ny didiko ianareo, dia hoesorina tsy ho eo anatrehan' ny Tompo.

14 Ankehitriny dia mba tiako ny hahatsiarovanareo fa noho ny Lamanita tsy nitandrina ny didin' Andriamanitra dia efa “nesorina izy hiala teo anatrehan' ny Tompo. Ankehitriny mahita isika fa ny tenin' ny Tompo dia efa voamarina tamin' izany zavatra izany ary efa nesorina hiala teo anatrehan' ny Lamanita, hatramin' ny niandohan' ny fandikany lalàna teo amin' ny tany.

15 Kanefa lazaiko aminareo fa “handeferana kokoa izy amin' ny andro fitsarana noho ianareo, raha mitoetra ao amin' ny fahotanareo ianareo, eny, ary handeferana kokoa izy eo amin' ity

fiainana ity noho ianareo, raha tsy mibe-baka ianareo.

16 Satria misy fampanantenana maro izay “omena ny Lamanita; satria ny ^bfomban-drazany no nahatonga azy hijanona ao amin' ny toetry ny “tsy fahalalana; koa ny Tompo dia ho feno famindram-po aminy sy “hanalava ny fahavelomany eo amin' ny tany.

17 Ary amin' ny vanim-potoana sasany dia “hotaomina izy hino ny teniny sy hahalala ny tsy fetezan' ny fomban-drazany; ary maro aminy no hovonjena, satria ny Tompo dia ho feno famindram-po amin' izay rehetra ^bmiantso ny anarany.

18 Nefa indro, lazaiko aminareo fa raha mikiry amin' ny faharatsianareo ianareo, dia tsy hohalavaina ny andronareo eo amin' ny tany, fa halefa hamely anareo ny “Lamanita; ary raha tsy mibe-baka ianareo, dia ho avy izy amin' ny fotoana izay tsy fantatrareo, ary hovangiana amin' ny ^bfaharavana tanteraka ianareo; ary izany dia ho araka ny “fahatezerana mirehitry ny Tompo.

19 Fa tsy havelany ny hiainanareo ao amin' ny helokareo, mba hamongotra ny olony. Lazaiko aminareo, Tsia; aleony mame-la ny hahazoan' ny Lamanita “mamongotra ny olony rehetra izay antsoina hoe ny vahoakan' i

12a Almà 8:16; 10:19, 23, 27.

b Almà 8:29.

13a 2 Ne. 1:20; Môsìa 1:7;

Almà 37:13.

14a 2 Ne. 5:20–24;

Almà 38:1.

15a Mat. 11:22, 24.

16a Almà 17:15.

b Môsìa 18:11–17.

d Môsìa 3:11.

e Hel. 15:10–12.

17a Enôsa 1:13.

b Almà 38:5;

F&F 3:8.

18a Almà 16:2–3.

b Almà 16:9.

d Almà 8:29.

19a 1 Ne. 12:15, 19–20;

Almà 45:10–14.

Nefia, raha toa ka mety mitran-ga ny ^bhahalavo azy amin' ny fahotana sy ny fandikan-dalàna, taorian' ny efa nahazoany fahazavana be sy fahalalana be nomen' ny Tompo Andriamaniny azy;

20 Eny, taorian' ny nahavahoaka nankasitrahana' ny Tompo azy fatratra tokoa; eny, taorian' ny efa nankasitrahana azy tambonin' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, na ny mponina hafa rehetra; taorian' ny efa nahazoany ny zavatra rehetra "nampahalalaina azy, araka ny faniriany sy ny finoany ary ny vavaka momba izay efa nisy sy izay misy ary izay ho avy;

21 Taorian' ny namangian' ny Fanahin' Andriamanitra azy; taorian' ny nitafany tamina anjely sy efa nitenenan' ny feon' ny Tompo; ary nahazoany ny fanahin' ny faminiana sy ny fanahin' ny fanambarana ary koa fanomezana maro, dia ny fanomezana hiteny amin' ny fiteny sy ny fanomezana hitory ary ny fanomezana ny Fanahy Masina sy ny fanomezana "handika teny;

22 Eny, ary taorian' ny efa "nanafahan' Andriamanitra azy hiala ny tanin' i Jerosalema, tamin' ny tanan' ny Tompo; taorian' ny namonjena azy tamin' ny mosary ary tamin' ny aretina sy rehefa mety ho aretina rehetra isan-karazany avy, ka

efa natao mahery an' ady izy mba tsy hahazoana mamongotra azy; taorian' ny nitondrana azy hiala ny ^bfamatorana ombieny ombieny sy efa nitehirizana ary nitsimbina azy hatramin' izao; ary efa niroborobo izy mandra-pahatonga azy hanankarena amin' ny karazan-javatra rehetra —

23 Ary ankehitriny indro lazai-ko aminareo fa raha izany mponina, izay efa nandray fitahiana maro tokoa tamin' ny tanan' ny Tompo izany, no mandika lalàna manohitra ny fahazavana sy ny fahalalana izay ananany, dia lazaiko anareo fa raha izany no mitranga, raha lavo amin' ny fandikan-dalàna izy, dia "handeferana be lavitra ireo Lamanita noho izy.

24 Fa indro, efa omena ny Lamanita ny "fampanantenan' ny Tompo, fa tsy ho anareo raha mandika lalàna ianareo; fa moa tsy efa nampanantena an-karihary sy nanapaka tamim-pihenjanana tokoa va ny Tompo fa raha mikomy Aminy ianareo, dia hofongorana tanteraka eto ambonin' ny tany?

25 Ary ankehitriny noho izany antony izany mba tsy hahazoana mamongotra anareo no efa nanirahan' ny Tompo ny anjelin' hamangy ny maro tamin' ny olony, hilaza aminy fa tsy maintsy mandeha izy ary miantso mafy tokoa amin' ity mponina ity hoe: "Mibebaha ianareo fa

19b Almà 24:30.

20a TSM Fanambarana.

21a Ômnia 1:20;

Môsîà 8:13–19;

28:11–17.

22a 2 Ne. 1:4.

b Môsîà 27:16.

23a Mat. 11:22–24.

24a 2 Ne. 30:4–6;

F&F 3:20.

25a Almà 7:9;

Hel. 5:32.

efa akaiky sy antomotra ny fanjakan' ny lanitra;

26 Ary "tsy firy ny andro ho lasa hatramin' izao, dia ho avy ny Zanak' Andriamanitra amin' ny voninahiny; ary ny voninahiny dia ho ny voninahitry ny ^bZanaka Lahitokan' ny Ray, feno "fahasoavana, hitsiny ary fahamarinana, feno faharetana, "famindram-po ary fahari-po, mailaka amin' ny ^ffihainoana ny fitalahoan' ny olony sy amin' ny famaliana ny fivavany.

27 Ary indro, tonga Izy mba "hanavotra ireo izay ho ^bvita batisa ho amin' ny fibebahana, noho ny finoana ny anarany.

28 Noho izany, amboarinareo ny lalan' ny Tompo fa antomotra ny fotoana izay hijinjan' ny olona rehetra ny valin' ny "asany, araka izany asa izany — raha marina izany, dia ^bhijinja ny famonjena ny fanahiny izy araka ny fahefana sy ny fanafahan' i Jesoa Kristy; ary raha ratsy izany dia hijinja ny ^afanamelohana ny fanahiny izy araka ny fahefana sy ny fambaboan' ny devoly.

29 Ankehitriny, indro izany no feon' ilay anjely miantso ny olona.

30 Ary ankehitriny, ry "rahalahiko malala, satria rahalahiko ianareo, ary tokony ho malala ianareo ary ianareo dia tokony hamokatra asa miendrika ny fibebahana, satria efa nihamafy

izaitsizy tokoa tamin' ny tenin' Andriamanitra ny fonareo, ary satria efa ^bvery sy lavo ianareo.

31 Ankehitriny ny zava-nitranga rehefa nilaza ireo teny ireo izaho Almà, dia indro tezitra tamiko ny olona noho ny nilazako taminy fa olona mafy fo sy "henja-katoka izy.

32 Ary koa, noho izaho nilaza taminy fa olona very sy lavo izy dia nisafoaka tamiko izy ary nitady ny hisambotra ahy hahazoany manipy ahy any antranomaizina.

33 Nefa ny zava-nitranga dia tsy navelan' ny Tompo hisambotra ahy izy tamin' izay fotoana izay ka hanipy ahy any antranomaizina.

34 Ary ny zava-nitranga dia nandeha i Amioleka, ary nijoro sy nanomboka nitory taminy koa. Ary ankehitriny, dia tsy voasoratra avokoa ny "tenin' i Amioleka, na dia teo aza izany dia voasoratra ao anatin' ity boky ity ny ampahan' ny teniny.

TOKO 10

Avy amin' ny taranak' i Manase i Lehia — Nitantara ny didin' ilay anjely mba hikorakarany an' i Almà i Amioleka — Nahatonga ny olona ho voatsimbina ny fivoavaky ny marina — Ny mpahay lalàna sy ny mpitsara tsy marina no nandatsaka ny fanorenan' ny faharavan' ny va-hoaka. Tokony ho 82 talohan' i J.K.

26a Almà 7:7.

b TSM Lahitokana.

d TSM Fahasoavana.

e TSM Famindram-po.

f Deot. 26:7.

27a TSM Fanavotana.

b TSM Batisa.

28a F&F 1:10; 6:33.

b Sal. 7:16.

d TSM Fahamelohana.

30a 1 Jn. 4:11.

b Almà 12:22.

31a 2 Ne. 25:28;

Môsîa 3:14.

34a Almà 10.

ANKEHITRINY izao no “teny izay notorian’ i ^bAmioleka tamin’ ny mponina izay tao an-tanin’ i Amônihà, manao hoe:

2 Izaho no Amioleka; izaho dia zanakalahin’ i Gidônà izay zanakalahin’ i Ismaela, izay tamingan’ i Aminadia; io Aminadia io ihany ilay nandika ny soratra izay teo amin’ ny rindrin’ ny tempoly, izay nosoratan’ ny rantsantanan’ Andriamanitra.

3 Ary i Aminadia dia tamingan’ i Nefia izay zanakalahin’ i Lehia, izay nivoaka ny tanin’ i Jerosalema, izay tamingan’ i “Manasè izay zanakalahin’ i ^bJosefa izay “namidin’ ireo rahalahiny tany Egipta.

4 Ary indro, izaho koa dia lehilahy tsy dia kely laza eo anivon’ ireo rehetra izay mahafantatra ahy; eny, ary indro, manana havana sy “namana maro aho, ary efa nahangona harena betsaka koa aho tamin’ ny asan’ ny tanako.

5 Kanefa na dia teo aza izany rehetra izany, dia tsy nahalala firy na oviana na oviana ny lalan’ ny Tompo sy ny “misteriny ary ny heriny mahagaga aho. Nolazaiko fa tsy nahalala firy na oviana na oviana ny amin’ ireny zavatra ireny aho; nefa indro, diso aho, satria efa nahita betsaka tamin’ ny misteriny sy ny heriny mahagaga aho; eny, ny fitsimbi-

nana ny ain’ ity mponina ity izany.

6 Kanefa izaho dia nanamafy ny foko, satria efa “nantsoina imbetsaka aho ary tsy te ^bhihai-no; koa nahalala ny momba ireny zavatra ireny aho, kanefa tsy te hahalala; koa dia notohizako ny fikomiana tamin’ Andriamanitra, tao amin’ ny faharatsian’ ny foko, mandra-pahatongan’ ny andro fahefatr’ ity volana fahafito ity, izay tamin’ ny taona fahafolon’ ny fitondran’ ny mpitsara.

7 Raha nandeha namangy havana iray tena akaiky aho, dia indro ny “anjelin’ ny Tompo niseho tamiko ary nanao hoe: Ry Amioleka, miverena any an-tranonao fa hamahana ny mpaminanin’ ny Tompo iray ianao; eny, lehilahy masina iray, dia lehilahy nofinidin’ Andriamanitra; fa efa ^bnifady hanina andro maromaro izy noho ny fahotan’ ity mponina ity, ary noana izy, ary ^dhandray azy ao an-tranonao ianao sy hamahana azy, ary hitso-drano anao sy ny tranonao izy; ary ny fitahian’ ny Tompo dia hitoetra aminao sy ny tranonao.

8 Ary ny zava-nitranga dia nankatò ny feon’ ilay anjely aho sy niverina tany an-tranoko. Ary raha nandeha nankany aho dia nahita ilay “lehilahy izay nolazain’ ilay anjely ahy hoe: Handray azy ao an-tranonao

10 1a Almà 9:34.

b Almà 8:21-29.

3a Gen. 41:51; 1 Tan. 9:3.

b TSM Josefa,
Zanakalahin’ i
Jakoba.

d Gen. 37:29-36.

4a Almà 15:16.

5a TSM Misterin’
Andriamanitra.

6a Almà 5:37.

b F&F 39:9.

7a Almà 8:20.

b Almà 5:46; 6:6.

TSM Fifadian-kanina.

d Asa 10:30-35.

8a Almà 8:19-21.

ianao—ary indro izy ihany no ilay lehilahy izay vao avy niresaka taminareo ny zavatra momba an' Andriamanitra.

9 Ary nilaza tamiko ilay anjely fa “olona masina izy; noho izany dia fantatro fa olona masina izy, satria efa nolazain' ny anjelin' Andriamanitra izany.

10 Ary fantatro koa, fa ny zavatra izay efa nambarany dia marina; satria indro, lazaiko aminareo fa raha velona koa ny Tompo, dia toy izany no efa nanirahany ny “anjeliny mba haneho ireo zavatra ireo amiko; ary izany no efa nataony raha mbola ^bnitoetra tao an-tranoko ity Almà ity.

11 Fa indro, efa “nitso-drano ny tranoko izy, efa nitso-drano ahy sy ny vehivaviko, ary ny zanako sy ny raiko, ary ny anko-honako izy; eny, na dia ny mpianakaviko rehetra aza dia efa notsofiny rano, ary ny fitahian' ny Tompo dia efa nitoetra taminay araka ny teny izay nolazainy.

12 Ary ankehitriny, nony efa nilaza ireo teny ireo i Amioleka dia nanomboka ho gaga ny mponina, rehefa nahita fa nisy “mihoatra ny anankiray ny vavolombelona izay nanambara ny amin' ny zavatra izay niam-pangana azy, ary koa ny amin' ny zavatra izay ho avy, araka ny fanahin' ny faminiana izay tao amin' izy ireo.

13 Na dia teo aza izany, dia nisy ny sasany taminy izay ni-

hevitra ny hanontany azy ireo, ka ny “hafetseny sy ny tetiny dia ny hahazoany mamandrika azy ireo amin' ny teniny, mba hahitany vavolombelona hanoherana azy ireo, mba hahazoany manolotra azy ireo ny mpitsarany, ka hahazoany mitsara azy ireo araka ny lalàna, sy hahazoany mamono na manipy azy ireo any an-tranomaizina araka ny heloka izay azony atao ny hisehoany na hijoroany ho vavolombelona hanoherana azy ireo.

14 Ankehitriny ireo lehilahy ireo izay nikatsaka ny hamongotra azy ireo dia “mpahay lalàna, izay nampiasaina na notendren' ny vahoaka hampihatra ny lalàna amin' ny fotoam-pitsarany, na amin' ny fitsarana ny heloky ny olona eo anoloan' ny mpitsara.

15 Ankehitriny, ireo mpahay lalàna ireo dia havanana tamin' ny tetika sy ny hafetsena rehetra an' ny olona; ary izany dia ny mba hahombiazany ka hahatonga azy ireo ho feno hakingana amin' ny raharahany.

16 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nanontany an' i Amioleka izy ireo mba hahazoany mitarika azy hampifanohitra ny teniny, na hanohitra ny teny izay holazainy.

17 Ankehitriny dia tsy fantany fa mety mahafantatra ny fikasany i Amioleka. Nefa ny zava-nitranga, raha nanomboka nanontany azy ireo, dia “nahatakatra ny eritreriny izy,

9a TSM Masina.
10a Almà 11:30–31.
b Almà 8:27.
11a Almà 8:22.

12a Almà 9:6.
13a Almà 11:21.
14a Almà 10:24; 11:20–21;
14:18.

17a Almà 12:3; 20:18, 32;
F&F 6:16.

ary hoy izy taminy: E ianareo, ^btaranaka ratsy fanahy sady maditra, ianareo mpahay lalàna sady mpihatsaravelatsihy, satria mandatsaka ny fanorenan' ny devoly ianareo; satria mamelatra “fandrika sy tadivavarana hisamborana ireo masin' Andriamanitra ianareo.

18 Manao drafitra ianareo mba “hamadihana ny lalan' ny marina sy hampidinana ny fahatezeran' Andriamanitra eo ambony lohanareo, na dia ho faharavana tanteraka ho an' ity mponina ity aza izany.

19 Eny, rariny i Môsià izay mpanjakantsika farany raha niteny, nony efa nadiva hanolotra ny fanjakana izy, rehefa tsy nanana olona hanankinana izany, ka ny feon' izy ireo ihany no nataony hanapaka ny olony — eny, rariny izy raha niteny fa raha avy ny fotoana izay “hifidianan' ny feon' ity vahoaka ity ny heloka, izany hoe, raha avy ny fotoana izay hahalavo ity vahoaka ity ao amin' ny fandikan-dalàna, dia masaka ho amin' ny faharavana izy.

20 Ary ankehitriny lazaiko aminareo fa rariny ny Tompo raha mitsara ny amin' ny helokareo; rariny Izy raha miantso ity vahoaka ity, amin' ny feon' ny “anjeliny hoe: Mibebaha ianareo, mibebaha, fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitra.

21 Eny, rariny Izy raha miantso

amin' ny feon' ny anjeliny hoe: “Izaho hidina eo anivon' ny vahoakako, miaraka amin' ny rariny sy hitsiny eo an-tanako.

22 Eny, ary lazaiko aminareo fa raha tsy noho ny “fivavaky ny marina izay eo amin' ny tany ankehitriny, izao ankehitriny izao ihany dia ho efa novangiana tamin' ny faharavana tantaraka ianareo; kanefa tsy ho amin' ny alalan' ny ^bsafo-drano toy ny nanjo ireo olona tamin' ny andron' i Noa izany, fa ho amin' ny alalan' ny mosary kosa sy ny areti-mandringana ary ny sabatra.

23 Nefa noho ny “fivavaky ny marina dia tsimbinina ianareo; koa ankehitriny, raha mandroaka ny marina hiala eo anivonareo ianareo, dia tsy hihazona ny tanany ny Tompo amin' izany; fa amin' ny fahatezerany mirehitra kosa no hivoahany hamely anareo; amin' izany ianareo dia hasiana amin' ny mosary sy amin' ny areti-mandringana ary amin' ny sabatra; ary efa akaiky sy antomotra ny ^bfotoana raha tsy mibebaka ianareo.

24 Ary ankehitriny, ny zavaintranga dia vao mainka koa tezitra tamin' i Amioleka ny mponina ary niantsoantso izy hoe: Ity lehilahy ity dia manaratsy ny lalàntsika izay marina sy ny mpahay lalàna hendry eto amintsika izay efa nofidintsika.

25 Nefa naninjitra ny tanany i

17b Mat. 3:7; Almà 9:8.

d F&F 10:21–27.

18a Asa 13:10.

19a Môsià 29:27;

Almà 2:3–7;

Hel. 5:2.

20a Almà 8:14–16; 13:22.

21a Môsià 13:34.

22a Jakoba 5:16;

Môsià 27:14–16.

b Gen. 8:21;

3 Ne. 22:8–10.

TSM Safo-drano

tamin' ny Andron' i

Noa.

23a TSM Vavaka.

b Almà 34:32–35.

Amioleka ary niantso azy mafy kokoa, nanao hoe: E ianareo, taranaka ratsy fanahy sady maditra, nahoana i Satana no efa nahazo vahana be tao amponareo? Nahoana ianareo no hanolotra azy ny tenanareo mba hahazoany manana fahefana aminareo ka "hanajamba ny masonareo mba tsy ho azonareo ny teny izay voalaza, araka ny fahamarinany?

26 Nefa indro, moa efa nambarako va ny fanoherako ny lalànareo? Ianareo no tsy mahatakatra; milaza ianareo fa efa niteny nanohitra ny lalànareo aho; nefa tsy nanao izany aho, fa efa niteny kosa aho ho fiandaniako amin' ny lalànareo, ho fanamelohana anareo.

27 Ary ankehitriny, indro lazai-ko aminareo fa ny fanorenana ny faharavan' ity mponina ity dia manomboka alatsaka noho ny tsy fahamarinan' ny "mpahay lalànareo sy ny mpitsaranareo.

28 Ary ankehitriny ny zavainitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Amioleka, dia nihiaka nanohitra azy ny mponina, nanao hoe: Ankehitriny, fantatsika fa ity lehilahy ity dia zanaky ny devoly, satria efa "nandainga tamintsika izy; fa efa niteny nanohitra ny lalàntsika izy. Ary ankehitriny milaza izy fa tsy niteny nanohitra izany.

29 Ary koa, efa nanaratsy ireo mpahay lalàntsika sy mpitsarantsika izy.

30 Ary ny zava-nitranga dia nalatsak' ireo mpahay lalàna tao

am-pony izany, fa izy ireo dia tokony hahatsiaro ireo zavatra ireo hanoherana azy.

31 Ary nisy anankiray taminy izay i Zezrôma no anarany. Ankehitriny, dia izy no voalohany "niampanga an' i Amioleka sy i Almà, fa izy no za-draharaha indrindra taminy, noho izy efa nanan-draharaha betsaka natao teo anivon' ny vahoaka.

32 Ankehitriny, ny zava-kinendrin' ireo mpahay lalàna ireo dia ny hahazo harena; ary nahazo harena izy ireo arakaraka ny asany.

TOKO 11

Aroso etoana ny rafi-bola Nefita—Nifanditra tamin' i Zezrôma i Amioleka—Tsy hamonjy ny olona ao anatin' ny otany i Kristy—Ireo izay mandova ny fanjakan' ny lanitra ihany no voavonjy—Hitsangana ho tsy mety maty ny olona rehetra—Tsy misy fahafatesana aorian' ny fitsanganana amin' ny maty. Tokony ho 82 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY, tao amin' ny lalàn' i Môsià, ny olona tsirairay izay mpitsaran' ny lalàna, na ireo izay voatendry ho mpitsara, dia tokony handray karama araka ny fotoana izay niasany mba hitsara ireo izay nentina teo anoloany mba hotsaraina.

2 Ankehitriny raha nananan' ny hafa trosa ny olona anankiray ary tsy te hanefa izay tokony haloany izy, dia notarainina tany amin' ny mpitsara izy; ary

nampiasa ny fahefany ny mpi-tsara ary nandefa ny sakaizam-bohitra mba hitondra azy eo anoloany; ary nitsara ilay olona izy araka ny lalàna sy ny porofo izay nentina niampangana azy, ary dia toy izany no nanerena ilay olona handoa ny trosany, na izy nendahina, na izy no-roahina hiala teo anivon' ny vahoaka toy ny mpangalatra sy ny mpandroba.

3 Ary nandray ny karamany ny mpitsara araka ny fotoany — senina volamena iray ny indray andro, na senoma volafotsy iray izay mitovy amin' ny senina volamena iray; ary izany dia araka ny lalàna izay efa nomena.

4 Ankehitriny dia ireto no anaran' ny karazana vola samihafa tamin' ny volamenany sy tamin' ny volafotsiny, araka ny sandany. Ary ny anarana dia nomen' ny Nefita, satria tsy nanisa araka ny fanaon' ny Jiosy izay tao Jerosalema izy; no sady tsy namatra araka ny fanaon' ny Jiosy; fa novany ny fanisany sy ny famarany, araka ny fisainany sy ny toejavatra ny vahoaka, araka ny taranaka tsirairay, mandrapitondran' ireo mpitsara, ka i Môsià mpanjaka no “nametraka azy ireo.

5 Ankehitriny dia toy izao no fanisana — senina volamena iray, seona volamena iray, soma volamena iray ary limnà volamena iray.

6 Senoma volafotsy iray, amnôra volafotsy iray, ezirôma

volafotsy iray, ary aonty volafotsy iray.

7 Ny senoma volafotsy iray dia nitovy tamin' ny senina volamena iray, na koa tamin' ny varimbazaha iray famarana, ary koa tamin' ny famarana voamaina rehetra isan-karazany.

8 Ankehitriny ny vidin' ny seona volamena iray dia avo roa heny ny sandan' ny senina iray.

9 Ary ny soma volamena iray dia avo roa heny ny sandan' ny seona iray.

10 Ary ny limnà volamena iray dia nitovy tamin' ny sandan' izy rehetra.

11 Ary ny amnôra volafotsy iray dia tahaka ny haben' ny senoma roa.

12 Ary ny ezirôma volafotsy iray dia tahaka ny haben' ny senoma efatra.

13 Ary ny aonty iray dia tahaka ny haben' izy rehetra.

14 Ankehitriny dia izao ny sandan' ny vola madinika tamin' ny fanisany —

15 Ny siblôna iray dia antsa-saky ny senoma iray; koa ny siblôna iray dia nitovy tamin' ny antsa-saky ny varimbazaha iray famarana.

16 Ary ny sibloma iray dia antsa-saky ny siblôna iray.

17 Ary ny leà iray dia antsa-saky ny sibloma iray.

18 Ankehitriny dia ireo no sora-bolany araka ny fanisany.

19 Ankehitriny, ny antiona volamena iray dia mitovy amin' ny siblôna telo.

20 Ankehitriny, ny hany zava-kinendry dia ny hahazo harena, satria noraisiny arakaraka ny asany ny karamany, koa namporisihany ho amin' ny fikomiana ary ho amin' ireo fanakorontana sy faharatsiana isan-karazany ny vahoaka, mba hahazoany asa bebe kokoa, mba "hahazoany vola arakaraka ny fitoriana izay nentina teo anoloany; koa namporisihany ny olona hanohitra an' i Almà sy i Amioleka.

21 Ary nanomboka nanontany an' i Amioleka io Zezrôma io, nanao hoe: Mety hamaly ahy amin' ny fanontaniana vitsivitsy izay hanontaniako anao ve ianao? Ankehitriny i Zezrôma dia lehilahy izay za-draharaha tamin' ny "tetiky ny devoly mba hahazoany mandrava izay tsara; noho izany dia hoy izy tamin' i Amioleka: Mety hamaly ny fanontaniana izay hanontaniako anao ve ianao?

22 Ary hoy i Amioleka taminy: Eny, raha araka ny "Fanahin' ny Tompo izay ato amiko izany; fa izaho tsy hilaza na inona na inona izay manohitra ny Fanahin' ny Tompo. Ary hoy i Zezrôma taminy: Indro, ireto ny aonty volafotsy enina, ary homeko anao izy rehetra ireto raha mety mandà ny fisian' Ilay Izy Faratampony ianao.

23 Ankehitriny dia hoy i Amioleka: Ry "zanaky ny helo, nahoana no ^bmaka fanahy ahy ianao? Moa mba fantatrao fa

ny marina dia tsy manaiky ny fakam-panahy toy izany?

24 Mino va ianao fa tsy misy Andriamanitra? Lazaiko aminao, Tsia, fantatrao fa misy Andriamanitra, saingy tianao bebe kokoa ity "harena ity noho Izy.

25 Ary ankehitriny, efa nandainga tamiko teo anoloan' Andriamanitra ianao. Hoy ianao tamiko—Indro ireto aonty enina ireto, izay misy sandany be, dia homeko anao—nefa ny ao am-ponao nihevitra ny hihazona azy ireo tsy ho ahy; ary ny hany fanirianao dia ny handavako an' Andriamanitra marina sy velona mba hanananao antony hamongorana ahy. Ary ankehitriny indro, noho izao haratsiana lehibe izao dia handray ny valiny ianao.

26 Ary hoy i Zezrôma taminy: Milaza ianao fa misy Andriamanitra marina sy velona?

27 Ary hoy i Amioleka: Eny, misy Andriamanitra marina sy velona.

28 Ankehitriny dia hoy i Zezrôma: Moa misy Andriamanitra mihoatra ny iray va?

29 Ary namaly izy, Tsia.

30 Ankehitriny dia hoy indray i Zezrôma taminy: Ahoana no ahafantaranao ireo zavatra ireo?

31 Ary hoy izy: "Anjely iray no efa nampahafantatra ahy ireo.

32 Ary hoy indray i Zezrôma: Iza no Ilay tsy maintsy ho avy? Moa ny Zanak' Andriamanitra va izany?

33 Ary hoy izy taminy, Eny.

20a Almà 10:32.

21a Almà 10:13.

22a TSM Fanahy Masina.

23a Almà 5:41.

^b TSM Fakam-panahy.

24a 1 Tim. 6:10; Tito. 1:11.

31a Almà 10:7–10.

34 Ary hoy indray i Zezrôma: Hamonjy ny olony “ao anatin’ ny fahotany va Izy? Ary namaly i Amioleka sady nanao taminy hoe: Lazaiko aminao fa tsy hanao izany Izy, satria tsy azony atao ny mandà ny teniny.

35 Ankehitriny dia hoy i Zezrôma tamin’ ny vahoaka: Aoka hotadidinareo ireo zavatra ireo; satria nilaza izy fa tsy misy afa-tsy Andriamanitra tokana; kanefa milaza izy fa ho avy ny Zanak’ Andriamanitra, saingy tsy hamonjy ny olony Izy — toy ny manana fahefana handidy an’ Andriamanitra izy.

36 Ankehitriny dia hoy indray i Amioleka taminy: Indro efa nandainga ianao, satria lazainao fa niteny toy ny manana fahefana handidy an’ Andriamanitra aho, noho izaho nilaza fa tsy hamonjy ny olony ao anatin’ ny fahotany Izy.

37 Ary lazaiko aminao indray fa tsy afaka mamonjy azy ao amin’ ny “fahotany Izy; fa tsy afaka mandà ny teniny aho, ary efa nilaza Izy fa ^btsy misy zavatra tsy madio afaka mandova ny ^dfanjakan’ ny lanitra; noho izany, ahoana no ahazoana mamonjy anareo, raha tsy mandova ny fanjakan’ ny lanitra ianareo? Koa ianareo dia tsy azo vonjena ao amin’ ny fahotanareo.

38 Ankehitriny dia hoy indray i Zezrôma taminy: Moa ny Zanak’ Andriamanitra tokoa va no Ray Mandrakizay?

39 Ary hoy i Amioleka taminy: Eny, Izy tokoa no “Ray Mandrakizain’ ny lanitra sy ny tany ary ny ^bzava-drehetra izay eo aminy; Izy no fiandohana sy fiafarana, ny voalohany sy ny farany;

40 Ary ho tonga eo amin’ “izao tontolo izao Izy mba ^bhanavotra ny olony; ary ^dhaka eo Aminy ny fandikan-dalàn’ ireo izay mino ny anarany Izy; ary ireo no ireo izay hahazo ny fiainana mandrakizay, ary tsy tonga amin’ ny hafa ny famonjena.

41 Koa ny ratsy dia mijanona ho toy ny “tsy nisy fanavotana efa natao, afa-tsy ny famahana ny famatoran’ ny fahafatesana; satria indro, avy ny andro izay hitsanganan’ ny ^brehetra amin’ ny maty sy hijoroany eo anoloan’ Andriamanitra, ary ^dhotsaraina araka ny asany.

42 Ankehitriny dia misy fahafatesana izay antsoina hoe fahafatesan’ ny nofo; ary ny fahafatesan’ i Kristy no hamaha ny “famatoran’ ny fahafatesan’ ny nofo, mba hitsanganan’ ny rehetra amin’ ity fahafatesan’ ny nofo ity.

43 “Hakambana indray ao amin’ ny endriny tomombana

34a Hel. 5:10–11.

37a 2 Tan. 6:9–10.

b 1 Ne. 15:33;

Almà 40:26;

3 Ne. 27:19.

tsm Tsy an’

Andriamanitra.

d tsm Fanjakan’

Andriamanitra na

Fanjakan’ ny Lanitra.

39a Isa. 9:6.

b Kol. 1:16; Môsîà 4:2.

40a tsm Izao Tontolo Izao.

b Roma. 11:26–27.

d Eks. 34:6–7;

Isa. 53:5; 1 Jn. 2:2;

Môsîà 14:5; 15:12;

F&F 19:16–19.

41a Almà 12:18;

F&F 88:33.

b Fan. 20:12–13;

Almà 42:23.

d tsm Fitsarana

Farany, Ny.

42a Almà 12:16.

43a 2 Ne. 9:13;

Almà 40:23.

ny fanahy sy ny vatana; ny rantsambatana sy ny vanintaolana dia samy haverina amin' ny tena endriny, toa antsika ankehitriny amin' izao fotoana izao; ary hoentina hijoro eo anoloan' Andriamanitra isika, mahafantara tahaka ny ahafantarantsika ankehitriny ary manana ny ^bfitadidiana mazava ny ^dhadisoantsika rehetra.

44 Ankehitriny, ity famerenana amin' ny laoniny ity dia ho tonga amin' ny rehetra, na antitra na tanora, na mpifatotra na olon' afaka, na lahy na vavy, na ny ratsy na ny marina; ary tsy hisy na dia singam-bolo iray amin' ny lohany aza ho very; fa ny zavatra tsirairay kosa dia ^ahaverina amin' ny endriny tomombana toy ny ankehitriny, na ao amin' ny vatana, ary hoentina sy hadinina eo anoloan' ny toeram-pitsaran' i Kristy Zanaka sy Andriamanitra ^bRay ary ny Fanahy Masina, izay Andriamanitra ^airay Mandrakizay mba ^chotsaraina araka ny asany, na tsara izany na ratsy.

45 Ankehitriny, indro, efa niteny taminareo ny momba ny fahafatesan' ny vatana mety maty aho ary koa ny momba ny ^afitsanganan' ny vatana mety maty amin' ny fahafatesana. Lazaiko aminareo fa ity vatana mety maty ity dia ^batsangana ho ^avatana tsy mety maty, izany hoe avy amin' ny fahafatesana,

dia ny fahafatesana voalohany ho amin' ny fiainana mba tsy ^ahahafaty azy intsony; ny fanahiny dia mikambana amin' ny vatany ka tsy hisaraka intsony; izy manontolo amin' izany dia zary ^aara-panahy sy tsy mety maty mba tsy hahafahany mahita intsony ny fahalovana.

46 Ankehitriny, nony efa nahavita ireo teny ireo i Amioleka dia nanomboka ho gaga ny mponina, ary nanomboka nangovitra koa i Zezrôma. Ary dia toy izany no nifaranan' ny tenin' i Amioleka, na izay ihany no efa nosoratako.

TOKO 12

Nifanditra tamin' i Zezrôma i Almà —Ny misterin' Andriamanitra dia tsy azo omena afa-tsy ireo mahatoky—Tsaraina araka ny eritreriny, ny finoany, ny teniny ary ny asany ny olona—Hiaritra ny fahafatesam-panahy ny ratsy—Fotoana fizahan-toetra ity fiainana mety maty ity—Ny drafitry ny fanavotana no manatanteraka ny fitsanganana amin' ny maty ary ny famelana ny fahotana amin' ny alalan' ny finoana—Izay mibebaka dia manan-jo amin' ny famindram-po amin' ny alalan' ny Zanaka Lahitokana. Tokony ho 82 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY i Almà, rehefa nahita fa efa nahasina an' i Zezrôma ny tenin' i Amioleka,

43b 2 Ne. 9:14;

Môsià 3:25;

Almà 5:18.

^d TSM Heloka.

44a Almà 41:12–15.

^b TSM Andriamanitra—

Andriamanitra Ray.

^d 3 Ne. 11:27, 36.

TSM Andriamanitra.

^e Fan. 20:12–13.

45a Almà 40:23;

F&F 88:16.

^b TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

^d TSM Tsy Fahafatesana.

^e Fan. 21:4;

F&F 63:49; 88:116.

^f 2 Tan. 15:44.

satria nahita izy fa i Amioleka dia nahatratra azy tamin' ny "laingany sy ny famitahany mba hamongorana azy, ary rehefa nahita fa nanomboka nangovitra izy noho ny ^bfahatsapana ny hadisoany, dia nisoka-bava sy nanomboka niteny taminy sy nanamafy ny tenin' i Amioleka ary nanazava mihoatra, na namelabelatra ny soratra masina mihoatra noho izay efa nataon' i Amioleka.

2 Ankehitriny ny teny izay notenenin' i Almà tamin' i Zezrôma dia ren' ny mponina manodidina; satria betsaka ny vahoaka, ary niteny toy izao izy:

3 Ankehitriny ry Zezrôma, noho ianao efa tratra tamin' ny lainganao sy ny famitahanao, satria tsy nandainga tamin' ny olona ihany ianao fa efa nandainga tamin' Andriamanitra; satria indro, mahalala ny "eritritrao rehetra Izy, ary hitanao fa ny eritritrao dia nampahafantarina anay tamin' ny alalan' ny Fanahiny;

4 Ary hitanao fa fantatray fa ny tetikao dia tetika tena fetsy, araka ny hafetsen' ny devoly mba handaingana sy hamitahana ity vahoaka ity, mba hahazoanao mamporisika azy hanohitra anay, hanaratsy anay sy handroaka anay—

5 Ankehitriny, izany no tetiky ny "fahavalonao, ary efa nampihariny taminao ny fahefany. Ankehitriny, dia mba tiako ny hitadidiana fa izay lazaiko anao dia lazaiko ny rehetra.

6 Ary indro lazaiko anareo rehetra fa izany no fandriky ny fahavalo, izay efa novelariny hisamborana ity vahoaka ity, hahazoany mitondra anareo ho amin' ny fanoavana azy, ka ho azony hahodidina anareo ny "gadrany, mba hahazoany managadra anareo ho amin' ny faharavana maharitra mandrakizay, araka ny herin' ny fambaboany.

7 Ankehitriny rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia nanomboka nangovitra fatratra tokoa hatrany i Zezrôma, satria efa resy lahatra hatrany hatrany izy ny amin' ny herin' Andriamanitra; ary efa resy lahatra koa izy fa i Almà sy i Amioleka dia nanana fahalalana ny aminy, satria resy lahatra izy fa izy ireo dia nahalala ny eritritra sy ny fikasan' ny fony; satria fahefana no nomena azy ireo mba hahazoany mahalala ny amin' ireo zavatra ireo araka ny fanahin' ny faminiana.

8 Ary nanomboka nanadina azy ireo tamim-pahazotoana tokoa i Zezrôma mba hahazoany mahalala misimisy kokoa ny amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Ary hoy izy tamin' i Almà: Inona no tian' i Amioleka lazaina raha niteny izy ny amin' ny fitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty, fa ny rehetra no hitsangana amin' ny maty, na ny marina na ny tsy marina, ary hoentina hijoro eo anoloan' Andriamanitra mba hotsarina araka ny asany?

9 Ary ankehitriny dia nanomboka namaofivaofy ireo zavatra ireo taminy i Almà, nanao hoe: Efa nomena ny maro ny hahalala ny “misterin’ Andriamanitra; kanefa nofeperana tamin’ ny didy henjana ireo ny tsy hizara ^braha tsy arakaraka ny ampahany amin’ ny teniny izay omeny ho an’ ny zanak’ olombelona, araka ny fitandremana sy ny fahazotoana izay asehony Azy.

10 Ary noho izany, izay “manamafy ny fony dia izy no mandray ny ampahany ^bkely indrindra amin’ ny teny; ary izay ^dtsy manamafy ny fony dia izy no “omena ny ampahany betsaka indrindra amin’ ny teny, mandra-panomezana azy ny fahafantarana ny misterin’ Andriamanitra mandra-pahafantarany izany tanteraka.

11 Ary ireo izay manamafy ny fony dia ireo no omena ny “ampahany kely indrindra amin’ ny teny mandra-pahatonga azy ireo tsy ^bhahafantatra na inona na inona ny amin’ ny misteriny; ary amin’ izany izy ireo dia entin’ ny devoly ho babo ary tarihin’ ny sitrapony hidina any amin’ ny famongorana. Ankehitriny dia izay no tian-kambara amin’ ny hoe ^dgadrán’ ny ^ehelo.

12 Ary i Amioleka dia efa nila-

za mazava tokoa momba ny “fahafatesana sy ny amin’ ny fitsanganana avy amin’ ity mety maty ity ho amin’ ny toetry ny tsy mety maty ary ny fitondrana eo anoloan’ ny toeram-pitsaran’ Andriamanitra mba ^bhotsaraina araka ny asantsika.

13 Raha amafisina ny fontsika amin’ izany, eny, raha efa manamafy ny fontsika isika hanohitra ny teny, hany ka tsy hita amin-tsika izany, dia hahatsiravina ny toetrantsika amin’ izany, fa ho voaheloka isika amin’ izany.

14 Satria hanameloka antsika ny “tenintsika, eny, ny asantsika rehetra no hanameloka antsika; tsy ho hita tsisy pentina isika; ary hanameloka antsika koa ny eritreritsika; ary amin’ izany toetra mahatsiravina izany isika dia tsy ho sahy ny hiandrandra ny Andriamanitsika; ary ho faly aza isika raha afaka mibaiko ny vatolampy sy ny ^btendrom-bohitra hianjera amintsika mba ^dhanafina amintsika ny tavany.

15 Saingy tsy azo atao izany; tsy maintsy mandroso isika sy mijoro eo anoloany, eo amin’ ny voninahiny sy eo amin’ ny fahefany ary eo amin’ ny heriny, fiandrianany ary fanapahany, ary miaiky ao amin’ ny “henatsika maharitra mandrakizay fa

9a Almà 26:22.
TSM Misterin’
Andriamanitra.

b Jao. 16:12;
Almà 29:8;
3 Ne. 26:8–11;
Etera 4:7.

10a 2 Ne. 28:27; Etera 4:8.

b F&F 93:39.
d TSM Fanetren-tena.

e 2 Ne. 28:30;
F&F 50:24.

11a Mat. 25:29.

b TSM Apôstazia.

d Jao. 8:34;

2 Ne. 28:19.

e Ohab. 9:18;

2 Ne. 2:29.

TSM Helo.

12a Almà 11:41–45.

b TSM Fitsarana
Farany, Ny.

14a Mat. 12:36;

Jakoba 3:6;

Môsîà 4:29–30.

b Hosea 10:8;

2 Ne. 26:5.

d Joba 34:22;

2 Ne. 12:10.

15a Môsîà 3:25.

ny ^bfitsarany rehetra dia marina; fa marina amin' ny asany rehetra Izy, ary feno famindram-po amin' ny zanak' olombelona Izy ary manana ny hery rehetra hamonjy ny olona tsirairay izay mino ny anarany ary mamoa voa miendrika ny fibebahana.

16 Ary ankehitriny, indro lazaiko anareo fa tonga ny fahafatesana amin' izany, dia ny "fahafatesana faharoa izay fahafatesam-panahy; izany no fotoana ka na zovy na zovy no maty ao amin' ny fahotany, araka ny ^bfahafatesan' ny nofo, dia ho ^amaty koa araka ny fahafatesam-panahy; eny, ho maty izy raha ny amin' ny zavatra mikasika ny fahamarinana.

17 Izany no fotoana ka ny fijaliany dia ho toy ny "farihy afo sy solifara izay misondrotra miakatra mandrakizay mandrakizay ny lelafony; ary izany no fotoana izay hanagadrana azy amin' ny faharavana maharitra mandrakizay, araka ny hery sy ny fambaboan' i Satana, rehefa nampanaoviny araka ny sitrapony izy.

18 Amin' izany dia lazaiko anareo fa izy dia ho tahaka ny "tsy nisy fanavotana natao; fa tsy azo avotana araka ny fahamarinan' Andriamanitra izy; ary tsy mety ^bmaty izy satria tsy misy intsony ny fahalovana.

19 Ankehitriny ny zava-nitranga nony efa namarana ny filazany ireo teny ireo i Almà, dia nanomboka ho gaga kokoa ny vahoaka;

20 Fa nisy anankiray atao hoe Antiônà, izay lohan' ny mpifehy teo aminy, nandroso ary nanao taminy hoe: Inona ange ity nolazainao ity, fa hitsangana amin' ny maty ny olona ary hovana avy amin' ity mety maty ity ho amin' ny "toetry ny tsy mety maty, ka ny fanahy dia tsy mety maty na oviana na oviana?

21 Inona no tian' ny soratra masina holazaina amin' ny hoe, fa Andriamanitra efa nampitoetra ny "kerobima sy ny lelafon-tsabatra tany atsinanan' ny saha ^bEdena, fandrao hiditra ireo ray aman-drenintsika voalohany ary hihinana amin' ny voan' ny hazon' aina ka ho velona mandrakizay? Ary dia hitantsika amin' izany fa tsy nisy fomba mba hahavelomany mandrakizay.

22 Ankehitriny dia hoy i Almà taminy: Izany no zavatra izay efa saika hohazavaiko. Ankehitriny dia hitantsika fa "lavo i Adama noho ny nihinanany ny ^bvoankazo voarara, araka ny tenin' Andriamanitra; ary hitantsika amin' izany, fa noho ny fahalavoany, ny olombelona

15b 2 Pet. 2:9.

TSM Fahamarinana.

16a TSM Fahafatesana

Ara-panahy.

b Almà 11:40-45.

d 1 Ne. 15:33;

Almà 40:26.

17a Fan. 19:20; 21:8;

Môsià 3:27.

18a Almà 11:41.

b Fan. 21:4;

Almà 11:45;

F&F 63:49.

20a TSM Tsy Fahafatesana.

21a Gen. 3:24;

Almà 42:2;

Mos. 4:31.

TSM Kerobima.

b TSM Edena.

22a TSM Fahalavoan' i

Adama sy i Eva.

b Gen. 3:6;

2 Ne. 2:15-19;

Môsià 3:26.

rehetra dia nanjary olona ^dvery sy lavo.

23 Ary ankehitriny indro, lazaiko anareo, fa raha azon' i Adama natao ny "nihinana tamin' ny voan' ny hazon' aina tamin' izay fotoana izay, dia tsy ho nisy ny fahafatesana, ary ho nanjary foana ny teny, ka manao an' Andriamanitra ho mpandainga izany, satria niteny Izy hoe: ^bRaha mihinana ianao, dia ho faty marina tokoa.

24 Ary hitantsika fa tonga amin' ny olombelona ny "fahafatesana, eny, ny fahafatesana izay efa notenenin' i Amioleka, izay fahafatesan' ny nofo; na dia eo aza izany dia nisy ny fotoana nomena ny ^bolona izay hahazoany mibebaka ao anatin' izany; noho izany ity fiainana ity dia nanjary fotoana fizahan-toetra; fotoana ^dhiomanana hihaonana amin' Andriamanitra; fotoana hiomanana ho amin' ilay toetra tsisy fiafarany izay efa nolazainay, izay aorian' ny fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty.

25 Ankehitriny, raha tsy nisy ny ^drafitry ny fanavotana izay efa nomanina hatry ny fanorena-na izao tontolo izao, dia tsy ho nety nisy ny ^bfitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty; saingy nisy ny drafitry ny fanavotana voaomana, izay hanatanteraka ny fitsanganan' ireo

nodimandry amin' ny maty, izay efa noresahana.

26 Ary ankehitriny, indro, raha toa ka azon' ireo ray amandrenintsika voalohany natao ny nandroso sy nihinana tamin' ny "hazon' aina, dia ho efa fadiranovana mandrakizay izy ireo, satria tsy nanana toetra fiomanana; ary amin' izany ny ^bdrafitry ny fanavotana dia ho efa voasampona, ary ny tenin' Andriamanitra dia ho efa foana, tsy ho nisy vokany.

27 Nefa indro, tsy izany no izy; satria efa "voatendry ho an' ny olona fa tsy maintsy ho faty izy; ary aorian' ny fahafatesana dia tsy maintsy mandalo ^bfitsarana izy, io ihany ilay fitsarana izay efa noresahinay, izay farany.

28 Ary taorian' ny efa nanendren' Andriamanitra fa ireo zavatra ireo dia ho tonga amin' ny olona, dia indro, nahita Izy tamin' izany fa nilaina ny hafantaran' ny olona ny amin' ny zavatra izay efa notendreny ho azy;

29 Noho izany Izy dia naniraka "anjely hitafa aminy, izay nanao ny hahitan' ny olona ny ampahany amin' ny voninahiny.

30 Ary nanomboka nantsoiny ny anarany hatramin' izay fotoana izay; koa "niresaka tamin' ny olona Andriamanitra ka

22d Môsîà 16:4-5.

23a Almà 42:2-9.

^b Gen. 2:17.

24a TSM Fahafatesan' ny Vatana.

^b 2 Ne. 2:21;

Mos. 5:8-12.

^d Almà 34:32-35.

25a TSM Drafitry ny Fanavotana.

^b 2 Ne. 2:8;

Almà 7:12; 42:23.

26a Gen. 2:9; 1 Ne. 15:36;

Almà 32:40.

^b Almà 34:8-16; 42:6-28;

Mos. 6:59-62.

27a Joba 7:1;

Heb. 9:27;

F&F 42:48.

^b TSM Fitsarana

Farany, Ny.

29a Môrô. 7:25, 31;

F&F 29:42.

30a Mos. 5:4-5; 6:51.

nampahafantatra azy ny ^bdrafitry ny fanavotana, izay efa voamana hatry ny ^dfanorena-
na izao tontolo izao; ary izany dia nampahafantariny azy araka ny finoany sy ny fibebahany ary ireo asany masina.

31 Koa nomeny ho an' ny olona ny ^ddidy, satria tany am-boalohany dia efa nandika ny ^bdidy voalohany izy raha ny amin' ny zavatra izay ara-nofa, ka nanjary toy ireo andriamanitra, ^dnahalala ny tsara sy ny ratsy, satria nametraka ny tenany teo amin' ny toetry ny ^empanao, na napetraka teo amin' ny toetry ny mpanao araka ny sitrapony sy ny faniriany, na hanao ny ratsy na hanao ny tsara —

32 Koa nomen' Andriamanitra ho azy ny didy, rehefa ^dnampahafantariny azy ny drafitry ny fanavotana mba tsy hanaovany ny ratsy, satria ny famaizana amin' izany dia ny ^bfahafatesana faharoa izay fahafatesana maharitra mandrakizay raha ny amin' ny zavatra mikasika ny fahamarinana; fa ho an' ny toy ireny, ny drafitry ny fanavotana dia tsy mety manan-kery, fa araka ny hatsaram-po faratampony an' Andriamanitra, ny asan' ny ^dfahamarinana dia tsy azo ravana.

33 Nefa niantso ny olona Andriamanitra tamin' ny anaran' ny Zanany (izany no drafitry ny

fanavotana izay efa voamana) nanao hoe: Raha mibebaka ianareo ary tsy manamafy ny fonareo, dia hamindra fo aminareo Aho amin' izany, amin' ny alalan' ny Zanako Lahitokana;

34 Koa na zovy na zovy no mibebaka sy tsy manamafy ny fony dia izy no hanan-jo amin' ny ^dfamindram-po amin' ny alalan' ny Zanako Lahitokana, ho ^bfamelana ny fahotany; ary hiditra ao amin' ny ^dfitsaharako izy.

35 Ary na zovy na zovy no manamafy ny fony sy manao heloka, dia indro, mianiana amin' ny fahatezerako Aho fa tsy hiditra ao amin' ny fitsaharako izy.

36 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, indro, lazaiko anareo fa raha manamafy ny fonareo ianareo, dia tsy hiditra ao amin' ny fitsaharan' ny Tompo ianareo; koa mihantsy Azy ny helokareo ka mandefa ny fahatezerany aminareo Izy, toy ny tamin' ny ^dfihantsiana voalohany, eny, araka ny teniny tamin' ny fihantsiana farany tahaka ny tamin' ny voalohany, ho ^bfaharavana maharitra mandrakizay ho an' ny fanahinareo; noho izany, araka ny teniny, dia ho fahafatesana farany tahaka ny voalohany.

37 Ary ankehitriny ry rahalahiko, satria mahalala ireo zavatra ireo isika, ary marina ireo, dia aoka isika hibebaka sy tsy ha-

30b TSM Drafitry ny Fanavotana.
d Mòsià 18:13;
Almà 13:3, 5, 7–8.
31a TSM Didin' Andriamanitra.
b Gen. 2:16–17;
2 Ne. 2:18–19.

d Gen. 3:22–23;
Mos. 4:11.
e 2 Ne. 2:16.
TSM Safidy.
32a Mos. 5:4–9.
b TSM Fahafatesana Ara-panahy.
d Mòsià 15:27;

Almà 34:15–16; 42:15.
34a TSM Famindram-po.
b TSM Famelana ny Fahotana.
d TSM Fitsaharana.
36a Jakôba 1:7–8;
Almà 42:6, 9, 14.
b TSM Fahamelohana.

namafy ny fonsika mba tsy “hihantsiantsika ny Tompo Andriamanitsika ka hampianjera ny fahatezerany amintsika ao amin’ ireto didiny faharoa ireto izay efa nomeny antsika; fa aoka isika hiditra ao amin’ ny ^bfitsaharan’ Andriamanitra, izay efa voaomana araka ny teniny.

TOKO 13

Antsoina ho mpisorona avo ny lehilahy noho ny finoany fatratra sy ny asa soany—Tokony hampianatra ny didy izy—Amasinina amin’ ny fahamarinana izy ary miditra ao amin’ ny fitsaharan’ ny Tompo—Anankiray taminy i Melkizedeka—Nilaza ny vaovao mahafaly eran’ ny tany ny anjely—Hanambara ny tena fiavian’ i Kristy izy. Tokony ho 82 talohan’ i J.K.

ARY ankoatra izany, ry rahalahiko, dia mba tiako ny hampitodika ny sainareo hankamin’ ny fotoana izay nanomezan’ ny Tompo Andriamanitra ny zanak’ olombelona ireo didy ireo; ary mba tiako ny hahatsiarovanareo fa ny Tompo Andriamanitra dia “nanendry mpisorona, araka ny laminy masina izay araka ny lamin’ ny Zanany, mba hampianatra ny olona ireo zavatra ireo.

2 Ary ireo mpisorona ireo dia notendrena araka ny “lamin’ ny

Zanany, tamin’ ny ^bfomba izay nahazoan’ ny olona mahalala ny fomba hiandrdrana ny Zanany ho fanavotana.

3 Ary izao no fomba izay efa nanendrena azy — rehefa “nantsoina sy ^bnomanina hatry ny “fanorenana izao tontolo izao izy, araka ny “fahalalana mialoha tao amin’ Andriamanitra, noho ny finoany fatratra sy ny asa soany; tany am-piandohana dia navela ^fhifidy na ny tsara na ny ratsy izy; koa satria efa nifidy ny tsara sy nampihatra ^sfinoana be izaitsizy tokoa izy, dia ^hnantsoina tamin’ ny antso masina, eny, tamin’ ity antso masina ity izay efa voaomana miaraka amin’ ny fanavotana fiomanana ary araka izany, ho an’ ny toa azy.

4 Ary dia toy izany no efa “niantsoana azy ho amin’ ity antso masina ity noho ny finoany, raha ny hafa kosa nandà ny Fanahin’ Andriamanitra noho ny hamafin’ ny fony sy ny fahajamban’ ny sainy, kanefa raha tsy nisy izany dia mety ho efa nahazo ^btombontsoa lehibe tahaka ireo rahalahiny izy.

5 Na raha fintinina, tany ampiandohana dia toe-javatra “iray ihany no niaingany niaraka tamin’ ny rahalahiny; noho izany, ity antso masina ity dia efa voaomana hatry ny fanorenana

37a 1 Ne. 17:30;

Jakôba 1:8;

Hel. 7:18.

b Almà 13:6-9.

13 1a Abr. 2:9, 11.

2a F&F 107:2-4.

b Almà 13:16.

3a F&F 127:2.

TSM Fifidianana;

Fanokanana Mialoha.

b F&F 138:55-56.

d Almà 12:25, 30.

TSM Fiainana

Talohan’ ny Fiainana

An-tany.

e F&F 38:2.

f TSM Safidy.

g TSM Finoana.

h TSM Antso, Antsoin’

Andriamanitra;

Fisoronana.

4a Etera 12:10.

b 1 Ne. 17:32-35.

5a 2 Ne. 26:28.

izao tontolo izao ho an' ny toy ireo izay tsy hanamafy ny fony, ao anatin' sy amin' ny alalan' ny sorompanavotan' ny Zanaka Lahitokana, izay efa voaomana—

6 Ary rehefa nantsoina tamin' ity antso masina ity toy izany izy, sy notendrena ho amin' ny fisoronana avon' ny lamina masin' Andriamanitra, mba hampianatra ny didiny amin' ny zanak' olombelona, mba hahazoany koa miditra ao amin' ny "fitsaharany—

7 Ity fisoronana avo araka ny lamin' ny Zanany ity, izay lamina nisy hatry ny fanorena-na izao tontolo izao; na amin' ny teny hafa, "tsy nisy fiandohan' andro na fiafaran-taona, efa voaomana hatrizay hatrizay ary ho mandrakizay, araka ny ^bfahalalany mialoha ny zava-drehetra—

8 Ankehitriny dia "notendrena araka izao fomba izao izy— nantsoina tamin' ny antso masina izy ary notendrena tamin' ny ôrdônansy masina sy nitondra teo amin' ny tenany ny fisoronana avon' ny lamina masina, izay antso sy ôrdônansy ary fisoronana avo tsy misy fiandohana na fiafaràna—

9 Dia toy izany no maha-^ampisorona avo mandrakizay azy, araka ny lamin' ny Zanaka, ny

Lahitokan' ny Ray, izay tsy misy fiandohan' andro na fiafaran-taona, izay feno ^bfahasoavana, hitsiny ary fahamarinana. Ary dia izany no izy. Amena.

10 Ankehitriny, toy ny nola-zaiko momba ny lamina masina, na ity "fisoronana avo ity, dia nisy maro ireo izay notendrena sy lasa mpisorona avon' Andriamanitra; ary izany dia noho ny finoany fatratra sy ny ^bfibebahany ary ny fahamari-nany teo anoloan' Andriamanitra, rehefa nifidy ny hibebaka sy hanao ny marina izy ireo toy izay ny ho faty;

11 Koa nantsoina araka ity lamina masina ity izy ireo ary efa "nohamasinina sy nosasana ho fotsy tamin' ny ran' ny Zanakondry ny ^bfitafiany.

12 Ankehitriny, rehefa "nohamasinina tamin' ny ^bFanahy Masina izy ireo, rehefa nofotsiana ny fitafiany ka ^dmadio sy tsisy pentina eo anatrehan' Andriamanitra izy ireo, dia tsy afaka ny hihevitra ny ^efahotana afa-tsy amin' ny ^frikoriko; ary nisy maro, marobe izaitsizy tokoa, izay efa nodiovina ary niditra ny fitsaharan' ny Tompo Andriamaniny.

13 Ary ankehitriny ry rahalahiko, dia mba tiako ny hanetrenareo tena eo anoloan' Andriamanitra ary ny hamoazanareo ny

6a Almà 12:37; 16:17.
TSM Fitsaharana.

7a Heb. 7:3.

b TSM Andriamanitra.

8a F&F 84:33-42.

TSM Fisoronana
Melkizedeka.

9a TSM Mpisorona Avo.

b 2 Ne. 2:6.

TSM Fahasoavana.

10a F&F 84:18-22.

b TSM Fibebahana.

11a Mos. 6:59-60.

b 1 Ne. 12:10;

Almà 5:21-27;

3 Ne. 27:19-20.

12a Roma. 8:1-9.

TSM Fanamasinana.

b TSM Fanahy Masina.

d TSM Madio.

e Môsià 5:2;

Almà 19:33.

f Ohab. 8:13;

Almà 37:29.

“voa miendrika ny fibebahana mba hahazoanareo koa miditra amin’ izany fitsaharana izany.

14 Eny, manetre tena ianareo, toy ny olona tamin’ ny andron’ i “Melkizedeka, izay mpisorona avo koa araka io lamina io ihany izay noresahiko, izay nandray teo amin’ ny tenany koa ny fisoronana avo mandrakizay.

15 Ary izy ihany ilay Melkizedeka izay nandoavan’ i “Abrahama ny ^bfahafolonkarena; eny, na dia i Abrahama rain-tsika aza dia nandoa ho fahafolonkarena ny ampahafolony tamin’ izay rehetra nananany.

16 Ankehitriny ireo “ôrdônansy ireo dia nomena araka izany fomba izany mba hahazoan’ ny olona miandrindra ny Zanak’ Andriamanitra, izany moa dia ^btandindon’ ny laminy, na izany no laminy, ary izany dia ny mba hahazoany miandrindra Azy ho famelana ny fahotany ka hahazoany miditra ao amin’ ny fitsaharan’ ny Tompo.

17 Ankehitriny, io Melkizedeka io dia mpanjaka teo amin’ ny tanin’ i Salema; ary ny olony dia efa niha-nahery tamin’ ny heloka sy ny fahavetavetana; eny efa naniaasia izy rehetra; fenon’ ny fomban’ ny faharatsiana rehetra izy ireo.

18 Fa i Melkizedeka kosa, rehefa nampihatra finoana mahery sy nandray ny raharahan’ ny

fisoronana avo araka ny “lamina masin’ Andriamanitra, dia nitory fibebahana tamin’ ny olony. Ary indro, nibebaka ireo; ary i Melkizedeka dia nanorina fiadanana teo amin’ ny tany tamin’ ny androny; koa nantsoina hoe andrian’ ny fiadanana izy, fa izy no mpanjakan’ i Salema; ary izy dia nanjaka teo ambany fanapahan-drainy.

19 Ankehitriny dia nisy “maro talohany ary nisy maro koa taoriany, saingy ^btsy nisy lehibebe kokoa; noho izany dia izy no efa nasian-dry zareo teny manokana tokoa.

20 Ankehitriny tsy ilaiko ny mitantara ny antonantony; izay efa voalazako dia mety ho ampy. Indro eo anoloanareo ny “soratra masina; raha ^bhovainareo izany dia hanjary ho fan-dravana anareo.

21 Ary ankehitriny ny zavannitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo taminy i Almà, dia naninjitra ny tanany nankany aminy izy ary nihiaka tamin’ ny feo mahery, nanao hoe: Izao no fotoana “fibebahana fa manakaiky ny androm-pamonjena;

22 Eny, ary ny feon’ ny Tompo, amin’ ny “vavan’ ny anjely, dia milaza izany amin’ ny firenendrehetra; eny, milaza izany izy mba hahazoan’ izy ireo manana ny vaovao mahafalin’ ny fifaliana lehibe; eny, ary Izy dia

13a Lio. 3:8.

14a F&F 84:14. DJS,
Gen. 14:25–40.
TSM Melkizedeka.

15a TSM Abrahama.
^b Gen. 14:18–20;
Mal. 3:8–10.

TSM Fahafolonkarena.

16a TSM Ôrdônansy.
^b TSM Fanehoana an’
Ohatra.

18a TSM Fisoronana
Melkizedeka.

19a Hel. 8:18;

F&F 84:6–16; 107:40–55.

^b F&F 107:1–4.

20a TSM Soratra Masina.

^b 2 Pet. 3:16;
Almà 41:1.

21a TSM Fibebahana.

22a Almà 10:20.

mampanehoeho ireny vaovao mahafaly ireny eo anivon' ny olony rehetra, eny, na dia ho an' ireo izay miely patrana lavitra ambonin' ny tany aza; noho izany dia tonga tatỳ amintsika ireny.

23 Ary ampahafantarina antsika amin' ny "teny tsotra ireny, mba hahatakarantsika ka tsy hahafahantsika mandiso; ary izany dia noho isika ^bmpirenireny an-tany tsy fantatra; koa araka izany dia ankasitrahana fatratra tokoa isika, satria azontsika ireny vaovao mahafaly ireny, voalaza amintsika ao amin' ny faritra rehetra amin' ny tanimbolintsika.

24 Fa indro, "anjely no milaza izany amin' ny maro amin' izao fotoana izao eto amin' ny tanintsika; ary izany, dia noho ny fikasana hanomana ny fon' ny zanak' olombelona handray ny teniny amin' ny fotoana hiaviny amin' ny voninahiny.

25 Ary ankehitriny ny hany andrasantsika dia ny handre ny vaovao mahafaly ambara amintsika amin' ny vavan' ny anjely ny amin' ny hiaviny; fa tonga ny fotoana, tsy "fantatsika ny maha antomotra izany. Enga anie Andriamanitra ka mba ho amin' ny androko izany; nefa na ho ela na ho haingana dia amin' izany no hifaliako.

26 Ary izany dia hampahafantarina ny "olona marina sy ma-

sina amin' ny vavan' ny anjely, amin' ny fotoana hiaviany mba ho tanteraka ny tenin' ny razantsika, araka izay efa nolazainy momba Azy, izay araka ny fanahin' ny faminaniana izay tao amin' izy ireo.

27 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, dia "iriako hatrany amin' ny aty foko indrindra, eny, amin' ny tebiteby lehibe, amin' ny fanaintainana aza ny hihainoanareo ny teniko sy ny hanarianareo ny fahotanareo ary ny tsy hanemorareo ny andron' ny fibebahanareo;

28 Fa ny mba hanetrenareo tena kosa eo anoloan' ny Tompo sy ny hiantsoanareo ny anarany masina ary ny "hiambenanareo sy ny hivavahanareo lalandava mba tsy hahazoana ^bmaka fanahy anareo mihoatra noho izay azonareo zakaina, ary dia hotarihin' ny Fanahy Masina toy izany ka lasa manery tena, "malemy fanahy, manoa, manam-paharetana, feno fitiavana sy ny fahari-po rehetra;

29 "Manana finoana ny Tompo; manana fanantenana fa ho azonareo ny fiainana mandrakizay; manana ny ^bfitiavana an' Andriamanitra mandrakariva ao am-ponareo mba ho azo hasandratra ianareo amin' ny andro farany ary hiditra ao amin' ny "fitsaharany.

30 Ary eng a nie ny Tompo hanaiky ny fibebahanareo mba

23a 2 Ne. 25:7–8; 31:3; 32:7;

Jakôba 4:13;

Etera 12:39.

b Jakôba 7:26.

24a Almà 10:10; 39:19.

25a 1 Ne. 10:4; 3 Ne. 1:13.

26a Amo. 3:7;

Lio. 2:8–11.

27a Môsià 28:3.

28a TSM Vavaka;

Mpiambina.

b 2 Tan. 10:13.

d TSM Halemem-

panahy; Faharetana.

29a Almà 7:24.

b F&F 20:31; 76:116.

TSM Fiantrana.

d F&F 84:24.

tsy hahazoanareo mampidina ny fahatezerany eo aminareo, mba tsy hahazoana mamatotra anareo amin' ny gadran' ny "helo, mba tsy hahazoanareo miaritra ny ^bfahafatesana faharoa.

31 Ary nilaza teny maromaro kokoa tamin' ny olona i Almà, izay tsy voasoratra ao anatin' ity boky ity.

TOKO 14

Naiditra am-ponja sy nokapohina i Almà sy i Amioleka—Nodorana tamin' ny afo ny mpino sy ny soratra masiny—Noraisin' ny Tompo tamim-boninahitra ireo maritiora ireo—Nitresaka sy nirodana ny rindrin' ny fonja—Nafahana i Almà sy i Amioleka, ary voavono ny mpanenjika azy ireo. Tokony ho 82–81 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny fitenenany tamin' ny vahoaka izy, dia maro taminy no nino ny teniny sy nanomboka nibebaka ary nandinika ny "soratra masina.

2 Nefa ny ankamaroany dia naniry ny hahazoany mamongotra an' i Almà sy i Amioleka; satria tezitra tamin' i Almà izy, noho ny "fahatsoran' ny teniny tamin' i Zezrôma; ary noteneni-ny koa fa efa ^bnandainga taminy i Amioleka ary efa nanevateva ny lalàny ary koa ny mpahay lalàny sy ny mpitsarany.

3 Ary tezitra koa tamin' i Almà

sy i Amioleka izy; ary satria efa nambaran' izy ireo tamim-pahatsorana tokoa ny fanoherany ny faharatsiany, dia nokatsahiny ny hamono azy ireo mangingina.

4 Nefa ny zava-nitranga dia tsy nataony izany; fa nalainy izy ireo sy nafatony tamin' ny tady mafy ary nentiny teo anoloan' ny lohan' ny mpitsara eo amin' ny tany izy ireo.

5 Dia nandeha ny vahoaka ary nambarany ny fanoherana azy ireo—nanambara fa efa nani-ratsira ny lalàna sy ny mpahay lalàny ary ny mpitsarany teo amin' ny tany izy ireo, ary koa ny olona rehetra izay teo amin' ny tany; ary nanamarina koa fa tsy nisy afa-tsy Andriamanitra iray, ary handefa ny Zanany eo anivon' ny olona Izy nefa tsy hamonjy azy Izy; ary zavatra maro toy izany no nambaran' ny vahoaka nanoherana an' i Almà sy i Amioleka. Ankehitriny dia izany no natao teo anatrehan' ny lohan' ny mpitsara teo amin' ny tany.

6 Ary ny zava-nitranga dia talanjona i Zezrôma tamin' ny teny izay efa nolazaina; ary nahalala koa izy ny amin' ny fahajamban-tsaina izay izy no efa nahatonga izany teo anivon' ny vahoaka tamin' ny teniny mandainga; ary nanomboka ho "rotidrotika ny fanahiny noho ny ^bfahatsapana ny hadisoany; eny, nanomboka ho nohodidin' ny fangirifirian' ny helo izy.

30a TSM Fahamelohana;
Helo.
b TSM Fahafatesana
Ara-panahy.

14 1a 2 Mpan. 22:8–13.
TSM Soratra Masina.
2a Almà 12:3–7.
b Almà 10:27.

6a Almà 15:5.
b TSM Fieritreretana.

7 Ary ny zava-nitranga dia namboka niantso ny olona izy, nanao hoe: Indro, “meloka aho, ary ireo lehilahy ireo dia tsisy pentina eo anoloan’ Andriamanitra. Ary hatramin’ izay fotoana izay no nanombohany nitalaho ho azy ireo; fa notevatevainy kosa izy, nataony hoe: Azon’ ny devoly koa ve ianao? Ary nororany sy ^bnoroahany hiala teo aminy izy, ary koa ireo rehetra izay nino ny teny izay efa nolazain’ i Almà sy i Amioleka; ary noroahany hiala izy ireo, ary nirahiny ny olona hitora-bato azy ireo.

8 Ary nangoniny miaraka ny vadiny aman-janany sy izay rehetra nino na efa nampianarina hino ny tenin’ Andriamanitra ka nasainy natsipy tany anaty afo; ary nalainy koa ny rakitsorany izay nirakitra ny soratra masina, ary natsipiny tany anaty afo koa izany, mba hodorana izany ary ho levon’ ny afo.

9 Ary ny zava-nitranga dia nalainy i Almà sy i Amioleka ary nentiny izy ireo hankeo amin’ ny toeran’ ireo maritiora mba hahazoany manatri-maso ny famongorana ireo izay nolevonin’ ny afo.

10 Ary nony efa nahita ny fangirifirian’ ny vehivavy sy ny ankizy izay nolevonin’ ny afo i Amioleka, dia nangirifiry koa izy; ary hoy izy tamin’ i Almà: Ahoana no ahafahantsika manatri-maso ity toe-javatra ma-

hatsiravina ity? Koa aoka isika haninjitra ny tanantsika sy hampiasa ny “fahefan’ Andriamanitra izay ao amintsika ary hamonjy azy ireo avy ao amin’ ny lelafo.

11 Nefa hoy i Almà taminy: Manery ahy ny Fanahy tsy haninjitra ny tanako; fa indro, mandray azy ireo any Aminy amim-^bboninahitra ny Tompo; ary Izy dia mamela ny hahazoany manao izao zavatra izao, na ny hanaovan’ ny vahoaka izao zavatra izao amin’ izy ireo araka ny hamafin’ ny fony, ka ny ^bfitsarana izay hampihariny aminy ao amin’ ny fahatezerany dia ho marina; ary ny ^aran’ ny “tsy manan-tsiny dia hijoro toy ny vavolombelona hanohitra azy, eny, sy hiantso mafy tokoa hanohitra azy amin’ ny andro farany.

12 Ankehitriny dia hoy i Amioleka tamin’ i Almà: Indro, angamba handoro antsika koa izy.

13 Ary hoy i Almà: Aoka ho to araka ny sitrapon’ ny Tompo. Nefa indro, tsy vita ny asantsika; koa tsy handoro antsika izy.

14 Ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa levona ny vatan’ ireo izay natsipy tanaty afo ary koa ny rakitsoratra izay natsipy tao niaraka taminy, dia avy ny lohan’ ny mpitsara amin’ ny tany ary nijoro teo anoloan’ i Almà sy i Amioleka raha nifatoatra izy ireo; ary nasiany teha-

7a Almà 11:21-37.

b Almà 15:1.

10a Almà 8:30-31.

11a TSM Voninahitra.

b Sal. 37:8-13;

Almà 60:13;

F&F 103:3.

TSM Fahamarinana.

d TSM Maritiora.

e Mòsià 17:10.

maina teo amin' ny takolany izy ireo, ary hoy izy taminy: Rehefa izay hitanareo izay, moa va ianareo mbola hitory indray amin' ity vahoaka ity fa hatsipy any anaty "farihy afo sy solifara izy?

15 Indro, hitanareo fa tsy nana-na fahefana mba hamonjy ireo izay efa natsipy tanaty afo ianareo; ary tsy namonjy azy ireo koa Andriamanitra, satria iray finoana aminareo izy ireo. Ary nasian' ilay mpitsara indray teo amin' ny takolany izy ireo, ary nanontaniany hoe: Inona no lazainareo ho an' ny tenanareo?

16 Ankehitriny io mpitsara io dia araka ny lamina sy ny finoan' i "Nehôra izay namono an' i Gideôna.

17 Ary ny zava-nitranga dia tsy namaly azy na inona na inona i Almà sy i Amioleka; ary nasian' indray izy ireo sy natolony ny sakaizambohitra mba hatsipy any am-ponja.

18 Ary nony efa natsipy tao am-ponja hateloana izy ireo dia tonga tao ny "mpahay lalàna sy ny mpitsara, ary ny mpisorona sy ny mpampianatra maro izay avy tamin' ny fandraharahan' i Nehôra; ary nidirany tao am-ponja mba hahitany azy ireo, ary nanontaniany momba ny teny maro izy ireo; fa izy ireo dia tsy namaly azy ireo na inona na inona.

19 Ary ny zava-nitranga dia nijoro teo anoloany ilay mpitsara ary nanao hoe: Nahoana ianareo no tsy mamaly ny tenin' ity

vahoaka ity? Tsy fantatrareo ve fa manana fahefana aho hampanipy anareo any anaty afo? Ary nodidiany hiteny izy ireo; fa tsy namaly na inona na inona izy ireo.

20 Ary ny zava-nitranga dia niainga izy ireo ary samy nandeha tamin' ny lalany avy nefa dia niverina indray ny ampitso; ary nasian' ilay mpitsara indray teo amin' ny takolany izy ireo. Dia nandroso koa ny maro sy namely azy ireo, sady nanao hoe: Hijoro indray ve ianareo ary hitsara ity vahoaka ity sy hanameloka ny lalànay? Raha manana fahefana lehibe toy izany ianareo, nahoana no tsy "manafaka ny tenanareo?

21 Ary zavatra maro toy izany no nolazainy taminy sady nandrian' vazana taminy no nandrorany azy ary nataony hoe: Toa inona ny endrikay rehefa voaheloka izahay?

22 Ary zavatra maro toy izany, eny, ny karazan-javatra rehetra toy izany no nolazainy azy ireo; ary dia toy izany no nanesoany azy ireo nandritra ny andro maro. Ary nofihininy ny hanina tsy ho azy ireo mba hahamosarena azy ireo, ary ny rano mba hampangetaheta azy ireo; ary nesoriny taminy koa ny fitafiany ka dia nitanjaka izy ireo; ary dia toy izany no nifatorany tamin' ny tady mafy sy nihiboany tao am-ponja.

23 Ary ny zava-nitranga rehefa avy niaritra toy izany nandritra ny andro maro izy ireo (ary

14a Almà 12:17.
16a Almà 1:7-15.

18a Almà 10:14; 11:20.
20a Mat. 27:39-43.

izany dia tamin' ny andro faharoa ambin' ny folo, tamin' ny volana fahafolo, tamin' ny taona fahafolon' ny fitondran' ny mpi-tsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia) dia nandeha nankao amponja izay nifatoran' i Almà sy i Amioleka tamin' ny tady ny filohan' ny mpitsara nanerana ny tanin' i Amônihà ary ny maro tamin' ireo mpampianany sy ny mpahay lalàny.

24 Ary nijoro teo anoloan' izy ireo ny filohan' ny mpitsara sy namely azy ireo indray, ary nanao taminy hoe: Raha manana ny fahefan' Andriamanitra ianareo, dia afaho ny tenanareo hiala amin' ireo fatorana ireo, ary amin' izay dia hino izahay fa hamongotra ity vahoaka ity ny Tompo araka ny teninareo.

25 Ary ny zava-nitranga dia nanatona izy rehetra sy namely azy ireo sady nilaza ireo teny ireo ihany mandra-pandalon' ny farany; ary rehefa avy niteny taminy ilay farany, dia tonga tamin' i Almà sy i Amioleka ny "fahefan' Andriamanitra, ary nitsangana izy ireo sady nijoro tamin' ny tongony.

26 Ary niantso i Almà, nanao hoe: Mandra-pahoviana no hiaretanay izao "fahoriana lehibe izao, Tompo ô? Tompo ô, omeo anay ny hery araka ny finoanay izay ao amin' i Kristy ho fanafahana. Ary notapatapahiny ny tady izay nifatorany; ary rehefa nahita izany ny olona, dia nanomboka nitsoaka, satria tonga

taminy ny fahatahorana ny famongorana.

27 Ary ny zava-nitranga dia lehibe loatra ny tahony ka lavo tamin' ny tany izy ireo, ary tsy nahavonjy ny varavarana ivelan' ny "fonja; ary nihovitrovitra mafy tokoa ny tany ary nitresaka roa ny rindrin' ny fonja ka nirodana tamin' ny tany; ary ny lohan' ny mpitsara sy ny mpahay lalàna ary ny mpisorona sy ny mpampianatra, izay namely an' i Almà sy i Amioleka, dia maty noho ny firodanany.

28 Ary nandeha nivoaka ny fonja i Almà sy i Amioleka, ary tsy naratra izy ireo; satria efa nomen' ny Tompo fahefana izy ireo, araka ny finoany izay tao amin' i Kristy. Ary avy hatrany dia nivoaka ny fonja izy ireo; ary "nafahana tamin' ny fatorany izy ireo, ary efa nidaraboka tamin' ny tany ny fonja, ary ny olona rehetra tanatin' ny rindriny, afa-tsy i Almà sy Amioleka, dia efa maty; ary nandeha avy hatrany izy ireo nankao an-tanàna.

29 Ankehitriny rehefa avy nandre rohondrohona be ny vahoaka, dia tonga niara-nirohitra maro mba hahalala ny anton' izany; ary rehefa nahita an' i Almà sy i Amioleka nivoaka avy tao amin' ny fonja izy, sy ny rindrina efa nianjera tamin' ny tany, dia nozoin' ny tahotra be ary nandositra niala ny fifanatrehana tamin' i Almà sy i

25a Almà 8:31.
26a Jakoba 5:10–11;
Môsà 17:10–20;

F&F 121:7–8.
27a Asa 16:26;
Etera 12:13.

28a Jakôba 4:6;
3 Ne. 28:19–22.

Amioleka, miova tsy ny osy sy ny zanany milefa liona roa; ary dia toy izany no nandosirany niala ny fifanatrehana tamin' i Almà sy i Amioleka.

TOKO 15

Nandeha nankany Sidôma i Almà sy i Amioleka ary nanorina fiangonana anankiray—Nositrainin' i Almà i Zezrôma izay nilatsaka ho isan' ny Fiangonana—Maro ny natao batisa, ary nandroso ny Fiangonana—Nandeha nankany Zarahemlà i Almà sy i Amioleka. Tokony ho 81 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nodidina i Almà sy i Amioleka handao izany tanàna izany; ary niainga izy ireo ary nivoaka nankany an-tanin' i Sidôma; ary indro, tao izy ireo no nahita ny olona rehetra izay efa nandao ny tanin' i "Amônihà, izay efa ^bno-roahina sy notoraham-bato noho ny ninoany ny tenin' i Almà.

2 Ary notantarain' izy ireo taminy izay rehetra efa nanjo ireo "vadiny sy ny zanany, ary koa ny momba ny tenany sy ny ^bherin' ny fanafahana azy ireo.

3 Ary nandry nandraiki-narary tao Sidôma koa i Zezrôma, voan' ny tazo mahamay izay avy amin' ny fahorian-tsainy fatratra noho ny "faharatsiany, satria noheveriny fa tsy any intsony i Almà sy i Amioleka; ary noheveriny fa efa novonoina izy ireo noho ny helony. Ary izany

fahotana lehibe izany sy ny fahotany maro hafa dia nandrotidrotika ny sainy mandrapahatongan' izany hanaintaina fatratra tokoa, tsy azom-panafana; noho izany dia nanomboka notanehin' ny hafanana mahamay izy.

4 Ankehitriny, nony reny fa any an-tanin' i Sidôma i Almà sy i Amioleka, dia nanomboka nahazo hery ny fony; ary nalefany teo no ho eo ny hafatra hankamin' izy ireo, naniry azy ireo ho tonga any aminy.

5 Ary ny zava-nitranga dia nandeha avy hatrany izy ireo, nankatò ilay hafatra izay efa nalefany ho azy ireo; ary niditra ny trano izy ireo nankao amin' i Zezrôma; ary hitany teo ampandriany izy marary, reraka voan' ny tazo mahamay; ary ny sainy koa dia nanaintaina fatratra tokoa noho ny helony; ary nony hitany izy ireo, dia natalony ny tanany, ary niangaviany izy ireo mba hanasitranany azy.

6 Ary ny zava-nitranga dia hoy i Almà taminy raha nandray ny tânany: "Mino ny herin' i Kristy ho famonjena va ianao?"

7 Ary namaly izy sady nanao hoe: Eny, izaho mino ny teny rehetra izay efa nampianarinao.

8 Ary hoy i Almà: Raha mino ny fanavotan' i Kristy ianao, dia azo "sitranina.

9 Ary hoy izy: Eny, izaho mino araka ny teninao.

10 Ary niantso ny Tompo i Almà tamin' izay, nanao hoe:

15 1a Almà 16:2-3, 9, 11.

b Almà 14:7.

2a Almà 14:8-14.

b Almà 14:28.

3a Almà 14:6-7.

6a Mar. 9:23.

8a TSM Manasitrana.

Tompo Andriamanitray ô, amin-drao fo ity lehilahy ity ary “sitrano izy araka ny finoany izay ao amin’ i Kristy.

11 Ary rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia “niant-sambotra tamin’ ny tongony i Zezrôma ary nanomboka namindra; ary dia to izany ka lehibe ny fahagagan’ ny olon-drehetra; ary ny fahalalana izany dia nandeha niely eran’ ny tanin’ i Sidôma manontolo.

12 Ary nataon’ i Almà batisa ho an’ ny Tompo i Zezrôma, ary hatramin’ izay fotoana izay dia nanomboka nitory tamin’ ny olona izy.

13 Ary nanorina fiangonana anankiray tao amin’ ny tanin’ i Sidôma i Almà ary nanokana mpisorona ary mpampianatra teo amin’ ny tany, mba hatao batisa ho an’ ny Tompo izay rehetra naniry ny hatao batisa.

14 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro izy ireo; satria nanao andiany avy tamin’ ny faritra manodidina an’ i Sidôma rehe-tra izy ireo, ary dia natao batisa.

15 Fa raha ny amin’ ny mponina izay tao an-tanin’ i Amônihà, izy dia nijanona ihany ho olona mafy fo sy henja-katoka; ary tsy nibebaka tamin’ ny fahotany izy noho ny fiheverany ny fahefan’ i Almà sy i Amioleka rehetra ho avy amin’ ny devoly; fa avy amin’ ny fandraharahan’ i “Nehôra izy ary tsy nino ny fibebahana amin’ ny fahotany.

16 Ary ny zava-nitranga dia i Almà sy i Amioleka, rehefa “nahafoy ny volamenany rehe-tra sy ny volafotsiny ary ny zava-tsarobidiny izay tao antanin’ i Amônihà i Amioleka, noho ny tenin’ Andriamanitra sady efa ^bnolavin’ ireo izay sakaizany fahiny ary koa ny rainy sy ny mpianakaviny;

17 Noho izany, rehefa avy nanorina ny fiangonana tao Sidôma i Almà, noho ny fahitany “sakana lehibe, eny, ny fahitany fa voasakana ny olona raha ny amin’ ny avonavompony, ary nanomboka ^bnanetry tena teo anoloan’ Andriamanitra izy ary nanomboka niara-nivory teo amin’ ny fitoeramasiny mba “hitsaoka an’ Andriamanitra eo anoloan’ ny alitara, “niambina sy nivavaka lalandava mba hanafahana azy amin’ i Satana sy amin’ ny ^ffahafatesana ary amin’ ny famongorana—

18 Ankehitriny araka ny nola-zaiko, rehefa avy nahita ireo zavatra rehetra ireo i Almà, dia naka an’ i Amioleka izy ary nandeha nankany an-tanin’ i Zarahemlà sy nitondra azy nankany an-tranony ary nanao izay hahamaivana ny fahoriany sy nampahery azy tao amin’ ny Tompo.

19 Ary dia toy izany no nifaranan’ ny taona fahafolon’ ny fitondran’ ny mpitsara teo amin’ ny vahoakan’ i Nefia.

10a Mar. 2:1–12.

11a Asa 3:1–11.

15a Almà 1:2–15.

16a Lio. 14:33; Almà 10:4.

b TSM Fanenjehana.

17a Almà 16:21.

b TSM Fanetren-tena.

d TSM Fitsaohana.

e TSM Vavaka;

Mpiambina.

f TSM Fahafatesana
Ara-panahy.

TOKO 16

Namongotra ny mponin' i Amôni-hà ny Lamanita — Nitarika ny Nefita tamin' ny fandresena ny Lamanita i Zôrama — Nitony ny teny i Almà sy i Amioleka ary ireo maro hafa — Nampianariny fa aorian' ny fitsanganany amin' ny maty dia hiseho amin' ny Nefita i Kristy. Tokony ho 81-77 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahiraika ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, tamin' ny andro fahadimin' ny volana faharoa, rehefa nisy fandriampahalemana be teo amin' ny tanin' i Zarahemlà, rehefa tsy nisy ady na fifandirana nandritra ny taona maro, na dia hatramin' ny andro fahadimin' ny volana faharoan' ny taona fahiraika ambin' ny folo aza, dia nisy tabataban' ady re eran' ny tany.

2 Fa indro, ny miaramila Lamanita dia efa niditra avy tao amin' ny faritry ny tany foana nankamin' ny sisin-tany, hatrany an-tanànan' i "Amôni-hà mihitsy, ary nanomboka namono ny mponina sy nandrava ny tanàna.

3 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, talohan' ny nahafahan' ny Nefita nanangana miaramila ampy hanosehana azy hiala ny tany, dia efa "naringany ny mponina izay tao an-tanànan' i Amôni-hà, ary koa ny sasany teo

amin' ny manodidina ny sisintanin' i Noà, ary nentiny ho babo any an-tany foana ny hafa.

4 Ankehitriny ny zava-nitranga dia naniry ny Nefita ny mba hamonjy ireo izay efa nentina ho babo any an-tany foana.

5 Noho izany, ilay efa notendrena ho kapiteny lehiben' ny miaramila Nefita (ary ny anarany dia i Zôrama, ary nanana zanakalahy roa izy, dia i Lehia sy i Ahà) — ankehitriny, i Zôrama sy ny zanany roa lahy, rehefa fantany fa mpisorona avon' ny fiangonana i Almà, sy reny fa nanana ny fanahin' ny faminiana izy, dia nandeha nankao aminy ireo ary naniry ny hahala taminy izay tian' ny Tompo halehany any an-tany foana, hitadiavana ny rahalahiny izay efa nentin' ny Lamanita ho babo.

6 Ary ny zava-nitranga dia "nanontany ny Tompo i Almà momba izany raharaha izany. Ary niverina i Almà sy nanao taminy hoe: Indro, hiampita ny renirano Sidôna ny Lamanita ao an-tany foana atsimo, lavitra ambadiky ny faritry ny sisintanin' i Mantia. Ary indro, any no hahitanareo azy ireo, any atsinanan' ny renirano Sidôna, ary any ny Tompo no hanolotra anao ny rahalahinao izay efa nentin' ny Lamanita ho babo.

7 Ary ny zava-nitranga dia nita ny renirano Sidôna i Zôrama sy ny zanany lahy mbamin' ny miaramilany, ka nandeha nihoatra ny sisintanin' i Mantia, nankany an-tany foana atsimo, izay

tao amin' ny faritra atsinanan' ny renirano Sidôna.

8 Ary nosovohany ny miaramila Lamanita, ary nihahaka ny Lamanita sy voatosika hankany an-tany foana; ary nalainy ny rahalahiny izay efa nentin' ny Lamanita ho babo, ary tsy nisy very na dia iray aza tamin' ireo izay nentina ho babo. Ary nentin' ny rahalahiny ireo mba hizaka ny taniny ihany.

9 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika ambin' ny folon' ny mpitsara, rehefa voatosika hiala ny tany ny Lamanita, ary "fongotra ny mpoinin' i Amônihà; eny, ny olona tsirairay tamin' ny Amônihahita dia ^bfongotra, ary koa ny tanàna lehibeny, izay nolazainy fa tsy azon' Andriamanitra fongorina noho ny halehibeny.

10 Nefa indro, tao anatin' ny "indray andro dia navela ho aolo izany; ary ny faty dia noviravirain' ny amboa sy ny bibidia avy any an-tany foana.

11 Kanefa, taorian' ny andro maro, dia nifanongoa ny fatiny tambonin' ny tany, ary izany dia voarakotra firakofana manify. Ary ankehitriny dia lehibe loatra ny fofon' izany, hany ka tsy nandeha nizaka ny tanin' i Amônihà ny olona nandritra ny taona maro. Ary izany dia nantsoina hoe ny Faharavan' ny mpanaraka an' i "Nehôra; satria ireo izay voavono dia araka ny

fandraharahan' i Nehôra; ary nijanona ho aolo ny taniny.

12 Ary tsy niverina indray mba hiady amin' ny Nefita ny Lamanita mandra-pahatongan' ny taona fahefatra ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia. Ary dia toy izany nandritra ny telo taona no nananan' ny vahoakan' i Nefia fandriampahalemana tsy tapaka nanerana ny tany manontolo.

13 Ary nandeha nitory fibebahana tamin' ny olona tany amin' ny "tempoliny sy ny fitoeramasingy i Almà sy i Amioleka, ary koa tany amin' ny ^bsinagogany izay naorina araka ny fomban' ny Jiosy.

14 Ary izay rehetra nety nihaino ny teniny, dia taminy no nizarany tsy tapaka ny tenin' Andriamanitra, tsy nisy "fizahan-tavan' olona.

15 Ary dia toy izany no nandehanan' i Almà sy i Amioleka ary koa ny maro izay efa nofinidy ho amin' ny asa mba hitory ny teny eran' ny tany manontolo. Ary ny fanorenana ny fiangonana dia nanjary niitatra eran' ny tany, tamin' ny faritra manodidina rehetra, tany anivon' ny vahoaka Nefita rehetra.

16 Ary "tsy nisy tsy fitoviana teo anivony; ny Tompo dia nampidina ny Fanahiny tambonin' ny tany manontolo mba hanomana ny sain' ny zanak' olombelona, na mba hanomana

9a Almà 8:16; 9:18–24;
Môrm. 6:15–22.
b Almà 25:1–2.
10a Almà 9:4.

11a Almà 1:15; 24:28–30.
13a 2 Ne. 5:16.
b Almà 21:4–6, 20.
14a Almà 1:30.

16a Môsià 18:19–29;
4 Ne. 1:3.

ny ^bfony handray ny teny izay hampianarina eo anivony amin' ny fotoana hiaviany —

17 Mba tsy hahatonga azy hihamafy hanohitra ny teny, mba tsy hahatonga azy ho tsy mpino ka hanohizany mankany amin' ny famongorana, fa ny mba hahazoany kosa mandray ny teny amim-pifaliana ka ho tahaka ny ^asampana iray hatao grefy amin' ilay tena ^bvoaloboka mba hahazoany miditra ao amin' ny ^dfitsaharan' ny Tompo Andriamaniny.

18 Ankehitriny, ireo ^ampisirona ireo izay nandeha tany anivon' ny vahoaka dia nitory nanohitra ny lainga rehetra sy ny ^bfanambakana ary ny ^dfitsiriritana sy ny fifandirana ary ny hasomparana sy ny fanevatevana, ary ny halatra, ny fandrohana, ny famaboana fananana, ny famonoana, ny fijangajanganana ary ireo karazana fahalo-toam-pitondra-tena rehetra, nihiaka fa ireo karazan-javatra ireo dia tsy tokony hisy —

19 Nitory ny zavatra izay tsy maintsy ho avy tsy ho ela; eny, nitory ny ^afiavian' ny Zanak' Andriamanitra, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ary koa ny fitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty.

20 Ary maro tamin' ny olona no nanontany ny momba ny toerana izay hahatongavan'

ny Zanak' Andriamanitra; ary nampianarina azy fa Izy dia ^ahiseho aminy ^baorian' ny fitsanganany amin' ny maty; ary izany dia nohenoin' ny olona tamin-pifaliana sy haravoana be.

21 Ary ankehitriny, rehefa niorina eran' ny tany manontolo ny fiangonana — ka azo ny ^afandresena ny devoly ary ny tenin' Andriamanitra dia efa notoriana tamin' ny fahadiovan' teo amin' ny tany manontolo ka nandrotsaka ny fitahiany tamin' ny olony ny Tompo — dia toy izany no nifaranan' ny taona fahefatra ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

Ny tantaran' ny zanakalahin' i Môsià, izay nandà ny zony ho mpanjaka, noho ny tenin' Andriamanitra, ary nandeha niakatra tany an-tanin' i Nefia mba hitory amin' ny Lamanita; ny fijaliany sy ny fanafahana azy ireo — araka ny rakitsoratr' i Almà.

Mahafaoka ny toko 17 ka hatramin' ny 27 manontolo.

TOKO 17

Nanana ny fanahin' ny faminiana sy ny fanambarana ny zanakalahin' i Môsià — Samy nandeha

16b TSM Fo Torotoro.

17a Jakôba 5:24.

b TSM Tanimbolin' ny Tompo.

d Almà 12:37; 13:10–13.

18a Almà 15:13.

b TSM Fitaka.

d TSM Mialona.

19a TSM Jesoa Kristy — Faminiana ny amin' ny fahaterahana sy

ny fahafatesan' i

Jesoa Kristy.

20a 2 Ne. 26:9;

3 Ne. 11:7–14.

b 1 Ne. 12:4–6.

21a Almà 15:17.

araka ny lalany avy izy ireo hitory ny teny amin' ny Lamanita— Nandeha nankany an-tanin' i Ismaela i Amôna ary tonga mpanompon' i Lamônia Mpanjaka— Namonjy ny andian' ondrin' ny mpanjaka i Amôna ary namono ny fahavalony teo amin' ny ranon' i Sebo. Andininy 1-3, tokony ho 77 talohan' i J.K.; andininy 4, tokony ho 91-77 talohan' i J.K.; ary andininy 5-39, tokony ho 91 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga raha nandeha avy tany antanin' i Gideôna i Almà ka nianatsimo, nanalavitra nankany an-tanin' i Mantia, dia indro, akory ny hagagany "nihaona tamin' ny ^bzanakalahin' i Môsià izay nandeha nankany an-tanin' i Zarahemlà.

2 Ankehitriny dia ireo zanakalahin' i Môsià ireo no niaraka tamin' i Almà tamin' ny fotoana "voalohany nisehoan' ilay anjely taminy; noho izany dia niravoravo fatratra tokoa i Almà nahita ny rahalahiny; ary izay mbola nanampy bebe kokoa ny fifaliany dia noho izy ireo mbola rahalahiny ao amin' ny Tompo; eny, ary efa nihanahery tamin' ny fahalalana ny marina izy ireo; fa izy ireo dia olon' ny fahalalana tsy misy tomika ary efa ^bnodinihiny tamim-pahazoana tokoa ny soratra masina hahazoany mahalala ny tenin' Andriamanitra.

3 Nefa tsy izay ihany; efa nanokan-tena ho amin' ny fiva-vahana fatratra sy ny "fifadiankanina izy ireo; noho izany dia nananany ny fanahin' ny faminiana sy ny fanahin' ny fanambarana, ary rehefa ^bnampianatra izy ireo dia nampianatra tamin' ny hery sy ny fahefan' Andriamanitra.

4 Ary efa nampianariny nandritra ny efatra ambin' ny folo taona teo anivon' ny Lamanita ny tenin' Andriamanitra ka nahitany "fahombiazana be tamin' ny ^bfitarihana ny maro ho amin' ny fahalalana ny marina; eny, tamin' ny herin' ny tenin' izy ireo dia maro no nentina teo anoloan' ny alitaran' Andriamanitra mba hiantso ny anarany sy ^dhiaiky ny fahotany eo Anoloany.

5 Ankehitriny, ireto no toejavatra izay nanjo azy ireo tamin' ny diany, satria efa tojo fahoriana maro izy ireo; niaritra fatratra, na ara-batana, na ara-tsaina, toy ny hanoanana, hetaheta sy havizanana ary koa "tebitebin-tsaina be.

6 Ankehitriny dia ireto no diany: Rehefa "nilaozany i Môsià rainy tamin' ny taona voalohan' ny mpitsara; rehefa ^bnolaviny ny fanjakana izay nirian' ny rainy hatolotra azy ireo, ary izany koa dia sitrapon' ny vahoaka;

7 Na dia teo aza izany dia nilaozany ny tanin' i Zarahemlà ary nalainy ny sabany sy ny

17 1a Almà 27:16.

^b Môsià 27:34.

2a Môsià 27:11-17.

^b TSM Soratra Masina.

3a TSM Fifadian-kanina; Vavaka.

^b TSM Mampianatra— Mampianatra miaraka amin' ny Fanahy.

4a Almà 29:14.

^b TSM Asa Fitoriana.

^d TSM Miaiky.

5a Almà 8:10.

6a Môsià 28:1, 5-9.

^b Môsià 29:3.

lefony, ary ny tsipikany sy ny zanatsipikany ary ny antsamo-tadiny; ary izany no nataony dia ny mba hahazoany mamatsy hanina ny tenany raha mbola any an-tany foana izy ireo.

8 Ary dia toy izany no niain-gany nankany an-tany foana niaraka tamin' ireo izay efa no-finidiny mba handeha hiakatra any an-tànin' i Nefia hitory ny tenin' Andriamanitra amin' ny Lamanita.

9 Ary ny zava-nitranga dia nandeha andro maro tany an-tany foana izy ireo ary nifady hanina fatratra sy ^anivavaka fatratra izy ireo mba homen' ny Tompo azy ireo ny ampahany amin' ny Fanahiny handeha hiaraka aminy sy hitoetra hiaraka aminy hahatonga azy ireo ho ^bfitaovana eo an-tanan' Andriamanitra mba hitondrana, raha azo atao, ny Lamanita rahalahiny ho amin' ny fahalalana ny marina, ho amin' ny fahalalana ny fahambanian' ny ^dfomban' ireo razany, izay tsy mety.

10 Ary ny zava-nitranga dia ^anamangy azy ireo niaraka tamin' ny ^bFanahiny ny Tompo ary nanao taminy hoe: ^dMahereza. Ary nahazo hery izy ireo.

11 Ary hoy koa ny Tompo taminy: Mandehana any anivon' ny Lamanita, rahalahinareo ary aoreno ny teniko; kanefa dia ^ahanam-paharetana sy ho mahari-po amin' ny fahoriana ia-

nareo hahazoanareo maneho aminy ny ohatra tsara ao Amiko, ary Izaho hahatonga anareo ho fitaovana eo an-tanako ho famonjena fanahy maro.

12 Ary ny zava-nitranga dia nahazo hery ny fon' ny zanakalahin' i Môsià, ary koa ny an' ireo izay niaraka taminy handehananany mankany amin' ny Lamanita hanambara aminy ny tenin' Andriamanitra.

13 Ary ny zava-nitranga, nony efa tonga teo amin' ny sisintanin' ny Lamanita izy ireo, dia ^anisaraka sy nifandao ny tsirairay rehefa natoky ny Tompo fa hihaona indray izy ireo amin' ny faran' ny ^bfotoam-pijinjana; satria noheveriny fa lehibe ny asa izay efa niandraiketany.

14 Ary lehibe marina tokoa izany, fa efa niandraiketany ny hitory ny tenin' Andriamanitra tamina vahoaka ^abaribariana sy mafy fo ary lozabe; dia vahoaka izay finaritra tamin' ny famonoana ny Nefita sy tamin' ny fandrohana ary ny famaboana azy; ary ny fony dia efa napetra-ny tamin' ny harena, na tamin' ny volamena sy volafotsy ary vato soa; kanefa dia nokatsahiny ny hahazoana ireny zavatra ireny tamin' ny famonoana sy ny fandrohana, mba tsy hampiasany ny tanany hahazoany azy ireny.

15 Dia toy izany no nanjariany ho vahoaka tena kamo, ka ny

9a Almà 25:17.
TSM Vavaka.
b Môsià 23:10;
Almà 26:3.
d Almà 3:10–12.

10a F&F 5:16.
b TSM Fanahy Masina.
d Almà 26:27.
11a Almà 20:29.
TSM Faharetana.

13a Almà 21:1.
b Mat. 9:37.
14a Môsià 10:12.

maro taminy dia nanompo sampy, ary efa nianjera taminy noho ny “fomban’ ny razany ny *b’ozon’ Andriamanitra*; na dia teo aza izany, ny fampanantenan’ ny Tompo dia efa natolony azy raha tahiny mibebaka izy.

16 Koa izany no “antony efa niandraiketana’ ny zanakalahin’ i Môsià ny asa fa angamba mba ho azony tarihina hibebeba izy; fa angamba mba ho azony tarihina hahalala ny drafitry ny fanavotana izy.

17 Koa dia nisaraka izy ireo, ary nandeha tany anivony samy nandeha tsirairay avy araka ny teny sy ny fahefan’ *Andriamanitra* izay efa nomena azy.

18 Ankehitriny dia i Amôna no mpitarika azy ireo, na ny marimarina kokoa, izy no niahy azy ireo ary izy dia nandao azy ireo rehefa avy “nitsodrano azy ireo araka ny anjara asany avy, rehefa avy nizara ny tenin’ *Andriamanitra* taminy, na niahy azy ireo talohan’ ny fiangany; ary dia toy izany no samy nandehanan’ avy tamin’ ny diany nanerana ny tany.

19 Ary nandeha nankany an-tanin’ i Ismaela i Amôna, ny tany dia nantsoina araka ny anaran’ ny zanakalahin’ i “*Ismaela*, izay lasa *Lamanita* ihany koa.

20 Ary raha niditra ny tanin’ i Ismaela i Amôna, dia nalain’ ny *Lamanita* izy ka nofaktorany, satria fanaony ny mamatotra ny *Nefita* rehetra izay mianjera eo an-tànany sy ny mitondra azy eo anoloan’ ny mpanjaka; ary

dia toy izany no nanankinana tamin’ ny safidin’ ny mpanjaka na ny hamono azy, na ny hitana azy ho babo, na ny hanipy azy any an-tranomaizina, na ny handroaka azy hiala ny taniny araka ny sitrapony sy ny faniriany.

21 Ary dia toy izany no nitondrana an’ i Amôna teo anoloan’ ny mpanjaka izay nanapaka teo amin’ ny tanin’ i *Ismaela*; ary ny anarany dia i *Lamônia*; ary tamingan’ i *Ismaela* izy.

22 Ary nanadina an’ i Amôna ny mpanjaka raha toa ka faniriany ny hitoetra eo amin’ ny tany eo anivon’ ny *Lamanita* na eo anivon’ ny vahoakany.

23 Ary hoy i Amôna taminy: Eny, maniry ny hitoetra eo anivon’ ity vahoaka ity mandritra ny fotoana fohy aho; eny, ary angamba mandra-pahatongan’ ny andro hahafatesako.

24 Ary ny zava-nitranga dia faly be tamin’ i Amôna i *Lamônia* mpanjaka ary nataony izay hamahana ny fatorany; ary niriany ny hakan’ i Amôna ny anankiray amin’ ny zananivavy ho vady.

25 Nefa hoy i Amôna taminy: Tsia, fa ho mpanomponao kosa aho. Noho izany dia tonga mpanompon’ i *Lamônia* mpanjaka i Amôna. Ary ny zava-nitranga dia napetraka teo anivon’ ny mpanompo hafa izy mba hiandry ny andian’ ondrin’ i *Lamônia* araka ny fomban’ ny *Lamanita*.

26 Ary rehefa nanompo ny mpanjaka hateloana izy, raha

15a Almà 9:16–24; 18:5.
b Almà 3:6–19;

3 Ne. 2:15–16.
16a Môsià 28:1–3.

18a TSM Fintahiana.
19a 1 Ne. 7:4–6.

niaraka tamin' ny mpanompo Lamanita izy nandeha niaraka tamin' ny andian' ondriny nan-kamin' ny toerana fampisotroana izay nantsoina hoe ny ranon' i Sebo, ary ny Lamanita rehetra dia mitondra ny andian' ondriny eo mba hahazoany rano —

27 Koa raha nandeha nitondra ny andian' ondriny hankamin' ity toerana fampisotroana ity i Amôna sy ny mpanompon' ny mpanjaka, dia indro, ny Lamanita sasantsasany izay efa teo amin' ny rano niaraka tamin' ny andian' ondriny, nitsangana sy nampihahaka ny andian' ondrin' i Amôna sy ny mpanompon' ny mpanjaka, ary ireo dia nampihahaka azy, hany ka nitsoaka tamin' ny lalana maro izany.

28 Ankehitriny dia nanomboka nimonomonona ny mpanompon' ny mpanjaka, nanao hoe: Ankehitriny dia hovanoin' ny mpanjaka isika, toy ny efa nataony tamin' ny rahalahintsika, satria nihahaka ny andian' ondriny noho ny faharatsian' ireny olona ireny. Ary nanomboka nitomany fatratra tokoa izy ireo, nanao hoe: Indro, nihahaka sahady ny andian' ondrintsika.

29 Ankehitriny dia nitomany izy ireo noho ny fahatahorany ny hovanoina. Ankehitriny nony nahita izany i Amôna dia vontom-pifaliana ny fony tao anaty; fa hoy izy, hasehoko ireto mpiara-manompo amiko ireto ny fahefako, na ny fahefana izay ato amiko, amin' ny famerenana ireo andian' ondry ireo any amin' ny mpanjaka, mba hahazoako ny fon' ireo mpiara-manompo

amiko ireo, mba hahazoako mitarika azy ireo hino ny teniko.

30 Ary ankehitriny, dia izany no eritreritr' i Amôna nony nahita ny fahorian' ireo izay nataony ho rahalahiny izy.

31 Ary ny zava-nitranga dia nandoka azy ireo tamin' ny teniny izy, nanao hoe: Ry rahalahiko, matokia ary andeha isika hitady ny andian' ondry, ary hamory azy miaraka isika ary hitondra azy miverina any amin' ny toerana fampisotroana; ary dia izany no hitsimbnantsika ny andian' ondry ho an' ny mpanjaka, ary tsy hovanoiny isika.

32 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nitady ny andian' ondry izy ireo ary nanaraka an' i Amôna, ary nirohotra tamimpahamailahana be izy ireo, ary nisakana ny andian' ondrin' ny mpanjaka sy namory azy miaraka indray teo amin' ny toerana fampisotroana.

33 Ary nitsangana indray ireny olona ireny mba hampihahaka ny andian' ondriny; fa hoy i Amôna tamin' ny rahalahiny: Mitoera manodidina ny andian' ondry mba tsy handosirany; ary izaho no handeha hiady amin' ireny olona izay mampihahaka ny andian' ondrintsika ireny.

34 Noho izany dia nataony araka ny nandidian' i Amôna azy ireo, ary nandroso izy ary nitsangana mba hiady amin' ireo izay nijoro teo amoron' ny ranon' i Sebo; ary tsy vitsy izy ireo.

35 Koa tsy natahorany i Amôna, satria noheveriny fa anan-

kiray amin' ny olony dia afaka mamono azy, araka ny sitrapo-ny, satria tsy fantany fa efa nampanantena an' i Môsià ny Tompo fa Izy no "hanafaka ny zananilahy eo an-tanan' izy ireo; sady tsy nahalala na inona na inona momba ny Tompo izy ireo; noho izany dia finaritra tamin' ny fandravana ny rahalahiny izy ireo; ary izany no antony nitsanganany hampihahaka ny andian' ondrin' ny mpanjaka.

36 Fa nandroso i "Amôna ary nanomboka nitora-bato azy ireo tamin' ny antsamotadiny; eny, tamin-kery be no nitorahany vato ny teo anivony; ary dia toy izany no namonoany ny ^bsasantsasany taminy, hany ka nanomboka ho talanjona izy ireo tamin' ny heriny; kane fa dia tezitra izy ireo noho ny nahafaty ny rahalahiny, ary nivonona izy ireo ny handavo azy; noho izany rehefa hitan' izy ireo fa "tsy nahavoava azy tamin' ny vatony izy ireo, dia nandroso niaraka tamin' ny kibay izy ireo mba hamono azy.

37 Nefa indro, ny olona rehetra izay nanainga ny kibainy hamely an' i Amôna, dia izy no nanapaka hiala ny sandriny tamin' ny sabany; fa notoheriny ny fiveliny tamin' ny famelezana ny sandriny tamin' ny lelan' ny sabany, hany ka nanomboka ho talanjona izy ireo, ary nanomboka nitsoaka teo anoloany; eny, tsy vitsy izy ireo; ary

nampitsoaka azy ireo tamin' ny herin-tsandriny izy.

38 Ankehitriny dia efa nalavon' ny antsamotady ny enina taminy, fa ny hany novonoiny tamin' ny sabany dia ny mpi-tondra azy ireo; ary notapahiny hiala ny sandrin' izay rehetra naingaina hanohitra azy, ary tsy vitsy izy ireo.

39 Ary rehefa noroahiny lavitra izy ireo, dia niverina izy, ary nampisotro rano ny andian' ondriny izy ireo ary namerina azy tany amin' ny saha firaotana an' ny mpanjaka, ary tamin' izay izy ireo dia niditra nankao amin' ny mpanjaka, nitondra ny sandry izay efa notapahin' ny sabatr' i Amôna hiala, sandrin' ireo izay nitady hamono azy; ary ireny dia nentina nankao amin' ny mpanjaka ho vavolombelon' ny zavatra izay efa nataon' izy ireo.

TOKO 18

Nihevitra i Lamônia Mpanjaka fa i Amôna no ilay Fanahy Lehibe— Nampianarin' i Amôna ny mpanjaka ny amin' ny Fahariana, ny amin' ny fifandraisan' Andriamanitra sy ny olona ary ny amin' ny fanavotana izay ho avy amin' ny alalan' i Kristy— Nino i Lamônia ary lavo tamin' ny tany miova tsy toy ny maty izy. Tokony ho 90 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nasain' i Lamônia mpanjaka nandroso ny mpanompony ary nanambara ny amin' ny zavatra rehetra

izay efa hitany momba ity raharaha ity.

2 Ary nony efa nambara izy rehetra ny amin' ny zavatra izay efa hitany, ka efa fantany ny amin' ny maha-olo-mahatoky an' i Amôna tamin' ny fitsimbiana ny andian' ondriny, ary koa ny amin' ny heriny lehibe tamin' ny niadiany nanohitra ireo izay nitady hamono azy, dia talanjona fatratra tokoa izy, ary hoy izy: Marina tokoa raha tsy mihoatra noho ny olona ity. Indro, moa va tsy ity ilay Fanahy Lehibe izay mandefa famaizana lehibe toy izany amin' ity vahoaka ity noho ny famonoany olona?

3 Ary namaly ny mpanjaka izy ireo, nanao hoe: Na izy Fanahy Lehibe, na izy olona, dia tsy fantatray; fa ny hany fantatray dia "tsy azon' ny fahavalon' ny mpanjaka vonoina izy; sady tsy azony ahahaka ny andian' ondrin' ny mpanjaka rehefa miaraka aminay izy, noho ny hakingany sy ny heriny lehibe; noho izany dia fantatray fa sakaizan' ny mpanjaka izy. Ary ankehitriny, Ry mpanjaka, dia tsy inoanay fa ny olona iray dia manana hery lehibe toy izany, satria fantatray fa tsy azo vonoina izy.

4 Ary ankehitriny, rehefa nandre izany teny izany ny mpanjaka, dia hoy izy taminy: Ankehitriny dia fantatro fa izy no Fanahy Lehibe; ary efa nidina izy amin' izao fotoana izao mba hitsimbina ny aintsika mba tsy

hahazoako "mamono anareo toy ny nataoko tamin' ireo rahalahinareo. Ankehitriny dia ity no Fanahy Lehibe izay efa noresahin' ny razantsika.

5 Ankehitriny dia izao no fomban-drazan' i Lamônia, izay efa noraisiny tamin-drainy, dia ny fisian' ny "Fanahy Lehibe iray. Kanefa na dia ninoany aza ny Fanahy Lehibe iray, dia noheveriny fa na inona na inona nataony dia mety; na dia teo aza izany dia nanomboka natahotra fatratra tokoa i Lamônia, natahotra fandrao tsy nety ny nataony tamin' ny namonoany ny mpanompony;

6 Satria efa namono ny maro taminy izy noho ny rahalahiny efa nampihahaka ny andian' ondriny teo amin' ny toerana fampisotroana; ary satria nanao andian' ondry nihahaka izy ireny, dia toy izany no nahafaty azy ireny.

7 Ankehitriny dia fomban' ireo Lamanita ny nijoro teo amoron' ny ranon' i Sebo mba hampihahaka ny andian' ondrin' olona, fa tamin' izany no nahazoany nitondra nitsoaka ny maro izay nihahaka hankany amin' ny taniny, fa izany no fomba fandrohana teo aminy.

8 Ary ny zava-nitranga dia nanadina ny mpanompony i Lamônia mpanjaka, nanao hoe: Aiza ilay lehilahy izay manana hery lehibe toy izany?

9 Ary hoy ireo taminy: Indro, mamahana ny soavalinao izy. Ankehitriny ny mpanjaka dia

efa nandidy ny mpanampony, talohan' ny fotoana nampiso-troana ny andian' ondriny, fa tsy maintsy manomana ny soavaliny sy ny kalesiny ireo ary mitondra azy mankany an-tanin' i Nefia; satria efa nisy fanasana lehibe nomanin' ny rain' i Lamônia, izay mpanjaka nanerana ny tany manontolo, any an-tanin' i Nefia.

10 Ankehitriny nony nandre i Lamônia mpanjaka fa manomana ny soavaliny sy ny kalesiny i Amôna, dia vao mainka talanjona izy noho ny maha-olo-mahatoky an' i Amôna, ka nanao hoe: Marina tokoa fa tsy nisy mpanompo iray tamin' ny mpanompoko rehetra izay nahatoky tokoa hoatra ity lehilahy ity; fa mahatadidy na dia ny didiko rehetra aza izy mba hanatantehina ireny.

11 Ankehitriny dia fantatro marina tokoa fa izy no ilay Fanahy Lehibe, ary mba iriko ny hankanesany aty amiko, saingy tsy sahy aho.

12 Ary ny zava-nitranga, rehefa nomanin' i Amôna ho an' ny mpanjaka sy ny mpanompony ny soavaly sy ny kalesy, dia niditra nankao amin' ny mpanjaka izy, ary nahita izy fa niova ny tarehin' ny mpanjaka; koa efa saika hiverina hiala avy teo anatrehany izy.

13 Ary ny anankiray tamin' ny mpanompon' ny mpanjaka, nanao taminy hoe: Rabanà, izay raha adika, dia mpanjaka mahery na lehibe, noho ny fiheverany

ny mpanjakany ho mahery; ary dia izany no nilazany taminy hoe: Rabanà, maniry ny hijanonanao ny mpanjaka.

14 Koa nitodika tany amin' ny mpanjaka i Amôna ary nanao taminy hoe: Inona no tianao hataoko aminao, ry mpanjaka? Ary tsy namaly azy nandritra ny ora iray ny mpanjaka, araka ny fotoany, satria tsy fantany izay tokony holazaina azy.

15 Ary ny zava-nitranga dia hoy indray i Amôna taminy: Inona no irinao amiko? Nefa tsy namaly azy ny mpanjaka.

16 Ary ny zava-nitranga dia heniky ny Fanahin' Andriamanitra i Amôna, koa nahatakatra ny "eritreritry ny mpanjaka izy. Ary hoy izy taminy: Moa ve noho ianao efa nandre fa niaro ny mpanomponao sy ny andian' ondrinao aho, ary namono ny fito tamin' ny rahalahiny tamin' ny antsamotady sy tamin' ny sabatra, ary nanapaka hiala ny sandrin' ny hafa mba hiarovana ny andian' ondrinao sy ny mpanomponao; indro, moa va izany no mahatonga ny fahagaganao?

17 Hoy aho aminao, inona no mahatonga ny fahagaganao ho lehibe tokoa? Indro, izaho dia olona ary mpanomponao; noho izany, na inona na inona irinao ka marina, dia hataoko izany.

18 Ankehitriny nony efa nandre ireo teny ireo ny mpanjaka dia gaga indray izy, satria hitany fa afaka "mamaky ny eritreriny i Amôna; fa na dia teo aza izany, dia nisoka-bava i Lamônia

mpanjaka, ary hoy izy taminy: Iza ianao? Ianao va ilay Fanahy Lehibe izay ^bmahalala ny zava-drehetra?

19 Namaly i Amôna ary nanao taminy hoe: Tsy izy aho.

20 Ary hoy ny mpanjaka: Ahoana no ahalalanao ny fisaintsainan' ny foko? Mahazo miteny amim-pahasahiana tokoa ianao, ary milaza amiko ny momba ireo zavatra ireo; ary lazao ahy koa, hery toa inona no namonoanao sy nanapahanao hiala ny sandrin' ny rahalahiko izay nampihahaka ny andian' ondriko—

21 Ary ankehitriny, raha mety milaza amiko ny momba ireo zavatra ireo ianao, na inona na inona irinao dia homeko anao; ary raha toa ka ilaina dia hampiambenako anao ny miaramilako; nefa fantatro fa mahery kokoa noho izy rehetra ianao; kanefa, na inona na inona irinao amiko dia hotoviko aminao.

22 Ankehitriny, noho i Amôna hendry, kanefa morabe, dia hoy izy tamin' i Lamônia: Moa mety hihaino ny teniko va ianao raha lazaiko hoe hery manao ahoana no anaovako ireo zavatra ireo? Ary izany no zavatra izay iriako aminao.

23 Ary namaly azy ny mpanjaka sy nanao hoe: Eny, hino ny teninao rehetra aho. Ary dia toy izany no nahazoana azy tamim-pahakingana.

24 Ary nanomboka niteny tamim-“pahasahiana i Amôna

ary nanao taminy hoe: Mino va ianao fa misy Andriamanitra?

25 Ary namaly izy ary nanao taminy hoe: Tsy mahalala izay dikan' izany aho.

26 Ary tamin' izay dia hoy i Amôna: Mino va ianao fa misy ny Fanahy Lehibe iray?

27 Ary hoy izy, Eny.

28 Ary hoy i Amôna: Io no Andriamanitra. Ary hoy indray i Amôna taminy: Mino va ianao fa io Fanahy Lehibe io, izay Andriamanitra, no nahary ny zava-drehetra izay eny an-danitra sy etỳ an-tany?

29 Ary hoy izy: Eny, mino aho fa Izy no nahary ny zavatra rehetra izay etỳ an-tany; fa tsy fantatro kosa ny lanitra.

30 Ary hoy i Amôna taminy: Ny lanitra dia toerana izay ipetrahan' Andriamanitra sy ny anjelyny masina rehetra.

31 Ary hoy i Lamônia mpanjaka: Moa ambonin' ny tany va izany?

32 Ary hoy i Amôna: Eny, ary mitsinjo ny zanak' olombelona rehetra Izy; ary fantany ny “eritreritra sy ny fisainan' ny fo rehetra; fa tamin' ny tànany no efa nahariana ny rehetra hatrany am-piandohana.

33 Ary hoy i Lamônia mpanjaka: Mino ireo zava-drehetra izay efa noteneninao ireo aho. Irahin' Andriamanitra va ianao?

34 Ary hoy i Amôna taminy: Olona aho; ary ny “olona dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra tany am-piandohana, ary antsoin' ny Fanahiny

Masina aho mba ^bhampianatra ireo zavatra ireo amin' ity vahoaka ity mba hahazoana mitarika azy ho amin' ny fahalalana ny momba izay mahitsy sy marina;

35 Ary ampahany amin' izany "Fanahy izany no mitoetra ato amiko ka manome ahy ^bfahalalana ary koa hery araka ny finoako sy ny faniriako izay ao amin' Andriamanitra.

36 Ankehitriny nony efa nilaza ireo teny ireo i Amôna, dia natombony tamin' ny nahariana izao tontolo izao ary koa ny nahariana an' i Adama, ary nolazainy azy ny zavatra rehetra momba ny fahalavoan' ny olona ary "notantarainy sy napetrany teo anoloany ny rakitsoratra sy ny ^bsoratra masin' ny vahoaka, izay efa noresahan' ny "mpaminany hatramin' ny fotoana izay nandaozan' i Lehia rainy an' i Jerosalema.

37 Ary notantarainy tamin' izy ireo koa(satria tamin' ny mpanjaka sy tamin' ny mpanompony) ny dia rehetra nataon' ny razany tany an-tany foana ary ny fijaliany rehetra noho ny hanoanana sy ny hetaheta, ary ny filofosany sy ny sisa.

38 Ary notantarainy tamin' izy ireo koa ny momba ny fikomian' i Lamàna sy i Lemoela ary ny zanakalahin' i Ismaela, eny, ny fikomiany rehetra dia notantarainy azy ireo; ary nohazavainy

azy ireo ny rakitsoratra sy ny soratra masina rehetra hatramin' ny fotoana nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema ka hatramin' izao fotoana izao.

39 Nefa tsy izay ihany; fa nohazavainy azy ireo ny "drafitry ny fanavotana izay efa voaomana hatry ny fanorenana izao tontolo izao; ary nampahalalainy azy ireo koa ny momba ny fiavian' i Kristy, ary ny asan' ny Tompo rehetra dia nampahalalainy azy ireo.

40 Ary ny zava-nitranga, tao-rian' ny efa nilazany ireo zavadrehetra ireo sy nanazavany azy ireo tamin' ny mpanjaka, dia nino ny teniny rehetra ny mpanjaka.

41 Ary nanomboka niantso ny Tompo izy, nanao hoe: Tompo ô, mamindrà fo; araka ny "famindram-ponao sesehena izay efa namindranao fo tamin' ny vahoakan' i Nefia, dia mamindrà fo amiko sy amin' ny vahoakako.

42 Ary ankehitriny, nony efa nilaza izany izy dia niankarakapoka tamin' ny tany miova tsy toy ny maty.

43 Ary ny zava-nitranga dia nalain' ny mpanompony izy ary nentiny nankao amin' ny vadiny ary nampandriany teo am-pandriana; ary nandry izy miova tsy toy ny maty nandritra ny roa andro sy roa alina; ary nisaona azy ny vadiny sy ny zananilahy ary ny zananivavy, araka ny fa-

34b TSM Mampianatra—
Mampianatra
miaraka amin' ny
Fanahy.
35a TSM Fitaoman' ny

Fanahy.
b TSM Fahalalana.
36a Môsià 1:4;
Almà 22:12; 37:9.
b TSM Soratra Masina.

d Asa 3:18–21.
39a TSM Drafitry ny
Fanavotana.
41a TSM Famindram-po.

naon' ny Lamanita, ka nitomany fatratra tokoa ny fahalasanany.

TOKO 19

Nandray ny fahazavan' ny fiainana maharitra mandrakizay i Lamônia ary nahita ny Mpanavotra — Lavo sy nisehoam-pahitana ny ankohonany, ary maro no nahita anjely — Notsimbinina tamim-pahagagana tokoa i Amôna — Nataony batisa ny maro ary naoriny ny fiangonana iray teo anivony — Tokony ho 90 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga nony afaka roa andro sy roa alina, dia efa saika haka ny vatany izy ireo ary hampandry azy ao ampasana izay efa nataony mba handevenana ny maty eo aminy.

2 Ankehitriny rehefa nandre ny lazan' i Amôna ny mpanjakavavy, dia nampaniraka izy ary naniry ny hahatongavany ao aminy.

3 Ary ny zava-nitranga dia nanao araka ny nandidiana azy i Amôna, ary niditra nankao amin' ny mpanjakavavy sy naniry ny hahalala izay tiany hataony.

4 Ary hoy izy taminy: Efa nampahalala ahy ny mpanompon' ny vadiko fa "mpaminanin' Andriamanitra masina ianao ary manana fahefana hanao asa maro sy mahery amin' ny anarany;

5 Koa, raha izany no izy, dia mba tiako ny hidiranao sy hijerenao ny vadiko, satria efa nam-

pandriana teo am-pandriany nandritra ny roa andro sy roa alina izy; ary milaza ny sasany fa tsy maty izy, nefa milaza kosa ny hafa fa maty izy ka maimbo ary tokony hapetraka any ampasana; fa raha ny amiko kosa, ho ahy dia tsy maimbo izy.

6 Ankehitriny, dia izany no nirian' i Amôna, satria fantany fa i Lamônia mpanjaka dia teo ambanin' ny herin' Andriamanitra; fantany fa ny "voaly maizin' ny tsy finoana dia efa nesorina hiala ny sainy, ary ny ^bfahazavana izay nanazava ny sainy, izay fahazavan' ny voninahitr' Andriamanitra, izay fahazavana mahagaga ny amin' ny hatsaram-pony — eny izany fahazavana izany dia efa nitondra fifaliana lehibe tokoa tao amin' ny fanahiny, rehefa nisava ny rahon' ny fahamaizinana, ary ny fahazavan' ny fiainana maharitra mandrakizay no narehitra tao amin' ny fanahiny, eny, fantany fa izany no efa nandresy ny toe-batany, ary efa nentina tao amin' Andriamanitra izy —

7 Koa izay nirian' ny mpanjakavavy taminy no efa hany faniriany. Koa niditra izy mba hijery ny mpanjaka araka ny efa nirian' ny mpanjakavavy taminy; ary nahita ny mpanjaka izy, ary fantany fa tsy maty izy.

8 Ary hoy izy tamin' ny mpanjakavavy: Tsy maty izy fa matory ao amin' Andriamanitra, ary hitsangana indray izy rahampitso; koa aza alevina izy.

9 Ary hoy i Amôna taminy:

Mino izany ve ianao? Ary hoy izy taminy: Tsy manana vavolombelona afa-tsy ny teninao sy ny tenin' ny mpanomponay aho; kanefa dia mino aho fa izany dia ho araka izay efa nolazainao.

10 Ary hoy i Amôna taminy: Sambatra ianao noho ny finoanao fatratra; lazaiko anao, ravehivavy, fa tsy mbola nisy "finoana lehibe toy izany teo anivon' ny vahoaka Nefita rehetra.

11 Ary ny zava-nitranga dia niambina ny fandrian' ny vadin' izy, tamin' izany fotoana izany ka hatramin' izany fotoana izany ny ampitso izay efa notendren' i Amôna fa hitsanganany.

12 Ary ny zava-nitranga dia nitsangana izy araka ny tenin' i Amôna; ary raha nitsangana izy, dia nanatsotra ny tanany tany amin-dravehivavy sy nanao hoe: Hotahiana anie ny anaran' Andriamanitra ary hotahiana ianao.

13 Fa toy ny maha-azo antoka ny mahavelona anao no, indro, efa nahitako ny Mpanavotra ahy; ary ho avy sy "hatera-^bbehivavy, ary hanavotra ny olombelona rehetra izay mino ny anarany Izy. Ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo izy, dia nizihitra ny fony tao anatiny, ary dia niankarapoka indray izy noho ny fifaliany; ary niankarapoka koa ny mpanjakavavy, rehefa nentanin' ny Fanahy.

14 Ankehitriny rehefa hitan' i

Amôna fa nirotsaka ny Fanahin' ny Tompo noho ny "fivavahany ho an' ny Lamanita, rahalahiny, izay efa anton' ny fisaonana be teo anivon' ny Nefita, na teo anivon' ny vahoakan' Andriamanitra rehetra noho ny helony sy ny ^bfomban-drazany, dia nandohalika izy ary nanomboka nampiloatra ny fanahiny tamin' ny fivavahana sy ny fankasitrahana an' Andriamanitra noho izay efa nataony ho an' ny rahalahiny; ary nentanin-^dpifaliana koa izy; ary dia izany no "niankarapohan' izy telo tamin' ny tany.

15 Ankehitriny, nony efa nahita ny mpanompon' ny mpanjaka fa efa niankarapoka izy ireo, dia nanomboka niantso an' Andriamanitra koa izy ireo, fa ny fahatahorana an' Andriamanitra dia efa tonga taminy koa, satria "izy ireo no efa nitsangana teo anoloan' ny mpanjaka sy nannambara taminy ny momba ny fahefana lehiben' i Amôna.

16 Ary ny zava-nitranga dia nantsoiny tamin' ny heriny ny anaran' ny Tompo, ambarapianjerany tamin' ny tany, afa-tsy ny anankiray tamin' ny vehivavy Lamanita, izay i Abisa no anarany, izay efa niova fo ho an' ny Tompo an-taonany maro noho ny fahitana mahagaga an-drainy—

17 Dia toy izany, rehefa niova fo ho an' ny Tompo izy ary tsy

10a Lio. 7:9.
TSM Finoana.

13a TSM Jesoa Kristy—
Faminianiana ny
amin' ny

fahaterahana sy
ny fahafatesan' i
Jesoa Kristy.
b 1 Ne. 11:13-21.
14a F&F 42:14.

b Môsîà 1:5.
d TSM Fifaliana.
e Almà 27:17.
15a Almà 18:1-2.

nampahalalaina na oviana na oviana izany, koa rehefa hitany fa ny mpanompon' i Lamônia rehetra dia efa nianjera tamin' ny tany, ary koa ny tompovaviny dia ny mpanjakavavy sy ny mpanjaka, ary nandry niankohoka tamin' ny tany i Amôna, dia nahafantatra izy fa izany no fahefan' Andriamanitra; ary noho ny fiheverany fa izay no fotoana hampahalalana ny olona izay efa nitranga tamin' izy ireo, ka ny fahitana izao fisehoan-javatra izao dia "hahatonga azy hino ny fahefan' Andriamanitra, dia nihazakazaka izy nitetitety trano, nampahalala izany ny olona.

18 Ary nanomboka nifamory miaraka tao an-tranon' ny mpanjaka izy ireo. Ary sesehe-na no tonga tao, ary akory ny hagagany nahita ny mpanjaka sy ny mpanjakavavy ary ny mpanompony niankohoka tamin' ny tany, ary izy rehetra ireo dia nandry teo miova tsy toy ny maty; ary hitany koa i Amôna, ary indro, izy dia Nefita.

19 Ary ankehitriny nanomboka nimonomonona izy samy izy; nilaza ny sasany fa loza lehibe no efa nihatra tamin' izy ireo, na tamin' ny mpanjaka sy ny tranony, noho izy efa namela ny "hijanonan' ilay Nefita teo amin' ny tany.

20 Fa nandevilevy azy kosa ny hafa, nanao hoe: Ny mpanjaka no efa nahatonga izao loza izao tamin' ny tranony, satria novo-

noiny ny mpanompony izay efa nanana ny andian' ondriny nihahaka tany amin' ny "ranon' i Sebo.

21 Ary ireto koa dia nolevileven' ireo lehilahy ireo izay efa nijoro tany amin' ny ranon' i Sebo sy "nampihahaka ny andian' ondry izay an' ny mpanjaka, satria tezitra tamin' i Amôna izy ireo noho ny isan' ireo rahalahiny izay efa novonoiny tany amin' ny ranon' i Sebo, raha narovany ny andian' ondrin' ny mpanjaka.

22 Ankehitriny, ny anankiray taminy, izay efa "novonoin' ny sabatr' i Amôna ny rahalahiny, noho izy tezitra fatratra tokoa tamin' i Amôna, dia nanatsoaka ny sabany ary nandroso mba hahazoany mampianjera izany amin' i Amôna, hamonoany azy; ary raha nanainga ny sabatra izy hamelezana azy, dia indro, lavo izy ka maty.

23 Ankehitriny dia hitantsika fa tsy azo vonoina i Amôna, satria ny "Tompo dia efa nilaza tamin' i Môsià rainy hoe: Hitsimbina azy Aho, ary izany dia ho to aminy, araka ny finoanao—noho izany dia ^bnankinin' i Môsià tamin' ny Tompo ny momba azy.

24 Ary ny zava-nitranga, nony nahita ny maro fa ilay lehilahy izay nanainga ny sabatra hamonoana an' i Amôna dia efa lavo ka maty, dia tonga tamin' izy rehetra ny tahotra, ary izy ireo dia tsy sahy nandroso ny

17a Môsià 27:14.

19a Almà 17:22–23.

20a Almà 17:26; 18:7.

21a Almà 17:27; 18:3.

22a Almà 17:38.

23a Môsià 28:7;

Almà 17:35.

b TSM Matoky.

tànany hikasika azy na ny anankiray tamin' ireo izay efa lavo; ary nanomboka nitolagaga indray izy samy izy ny amin' izay mety ho anton' izao fahefana lehibe izao, na ny amin' izay mety ho dikan' ireo zavatra rehetra ireo.

25 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro taminy no nilaza fa i Amôna no "Fanahy Lehibe, ary nilaza ny hafa fa nirahin' ny Fanahy Lehibe izy;

26 Fa nandevilevy azy rehetra kosa ny hafa ka nilaza fa izy dia biby izay efa nirahina avy tany amin' ny Nefita mba hampijaly azy.

27 Ary nisy ny sasany izay nilaza fa i Amôna dia nirahin' ny Fanahy Lehibe hampahory azy noho ny helony; ary izany Fanahy Lehibe izany no niaraka mandrakariva tamin' ny Nefita ka nanafaka azy hatrany teo antanany; ary nolazainy izy ireo fa io Fanahy Lehibe io no efa namongotra ny maro tokoa tamin' ny Lamanita rahalahiny.

28 Ary dia toy izany no nambohan' ny fifandirana ho henjana fatratra tokoa teo aminy. Ary raha mbola nifanditra toy izany izy ireo, dia tonga ilay "vehivavy mpanompo izay efa nahatonga ny maro ho tafavory miaraka, ary nony hitany ny fifandirana izay teo anivon' ny maro, dia nalahelo fatratra tokoa izy nila hitomany.

29 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izy ary noraisiny ta-

min' ny tanany ny mpanjakavavy, fa angamba ho azony atsangana avy eo amin' ny tany izy; ary raha vantany vao nokasihiny izy, dia nitsangana sy nijoro tamin' ny tongony ary nihiaka tamin' ny feo mafy hoe: Ry Jesoa Ankalazaina, izay efa namonjy ahy tamin' ny "helo mahatsiravina! Ry Andriamanitra Ankalazaina, ^bmamindrà fo amin' ity vahoaka ity!

30 Ary rehefa avy nilaza izany izy, dia nakambany ny tanany fa heniky ny fifaliana izy ary niteny teny maro izay tsy azo; ary rehefa avy nanao izany izy, dia nandray an' i Lamônia mpanjaka tamin' ny tanany, ary indro nitsangana izy ka nijoro tamin' ny tongony.

31 Ary avy hatrany izy, rehefa nahita ny fifandirana teo anivon' ny olony, dia nandroso sy nanomboka nandevilevy azy ary nampianatra azy ny "teny izay efa reny tamin' ny vavan' i Amôna; ary izay rehetra nandre ny teniny dia nino sy niova fo ho an' ny Tompo.

32 Nefa nisy maro tamin' ireo no tsy nety nihaino ny teniny; noho izany dia nandeha tamin' ny lalany ireo.

33 Ary ny zava-nitranga, nony nitsangana i Amôna, dia nampianatra azy koa izy, ary nanao izany koa ny mpanompon' i Lamônia rehetra; ary izy rehetra dia nilaza tamin' ny olona zavatra iray loha ihany — fa efa "novana ny fony; ary tsy nana-

25a Almà 18:2–5.

28a Almà 19:16.

29a 1 Ne. 14:3.

^b TSM Famindram-po.

31a Almà 18:36–39.

33a TSM Ateraka Indray,

Aterak' Andriamanitra.

nany intsony ny faniriana hanao ^bratsy.

34 Ary indro, maro no nanambara tamin' ny olona fa izy ireo dia nahita “anjely sy efa nitafa tamin' izy ireny; ary dia izany no nilazan' izy ireny taminy ny zavatra avy amin' Andriamanitra sy ny momba ny fahamarinany.

35 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro no nino ny teniny; ary izay rehetra nino dia natao “batisa; ary nanjary olo-marina ireo ary nanorina fiangonana iray teo anivony.

36 Ary dia toy izany no nanombohan' ny asan' ny Tompo teo anivon' ny Lamanita; dia toy izany no nanombohan' ny Tompo nandrotsaka ny Fanahiny taminy; ary hitantsika fa ny sandriny dia mitolotra ho an' ny “olona rehetra izay te hibebacka sy hino ny anarany.

TOKO 20

Nandefa an' i Amôna tany Midônia ny Tompo mba hanafaka ny rahalahiny voafonja—Nihaona tamin' ny rain' i Lamônia izay mpanjaka nanerana ny tany rehetra i Amôna sy i Lamônia—Nanery ilay lahiantitra mpanjaka i Amôna hanaiky ny hanafaka ny rahalahiny. Tokony ho 90 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga nony efa nanorina fiangonana iray teo amin' izany tany izany izy ireo, dia nirian' i Lamônia mpanjaka i Amôna mba handeha hiaraka

aminy mankany an-tanin' i Nefia hahazoany mampiseho azy an-drainy.

2 Ary tonga tamin' i Amôna ny feon' ny Tompo nanao hoe: Tsy handeha hiakatra any an-tanin' i Nefia ianao, satria indro, hifofo ny ainao ny mpanjaka; fa handeha kosa ianao hankany an-tanin' i Midônia; satria indro, i Aharôna rahalahinao ary koa i Molôkia sy i Amà dia any am-ponja.

3 Ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nandre izany i Amôna, dia hoy izy tamin' i Lamônia: Indro, ny rahalahiko sy ireo rahalahiko dia any am-ponja any Midônia, ary handeha aho hahazoako manafaka azy ireo.

4 Ankehitriny dia hoy i Lamônia tamin' i Amôna: Fantatro fa afaka manao ny zava-drehetra ianao amin' ny “herin' ny Tompo. Nefa indro, handeha hiaraka aminao hankany an-tanin' i Midônia aho; satria ny mpanjakan' ny tanin' i Midônia, izay Antiômnao no anarany, dia sakaizako; koa handeha hankany an-tanin' i Midônia aho hahazoako manasohaso ny mpanjakan' ny tany, ka havoakany avy tany am-^bponja ny rahalahinao. Ankehitriny dia hoy Lamônia taminy: Iza no niteny taminao fa any am-ponja ny rahalahinao?

5 Ary hoy i Amôna taminy: Tsy nisy nilaza tamiko afa-tsy Andriamanitra; ary hoy Izy

33b Môsià 5:2;
Almà 13:12.
34a TSM Anjely.

35a TSM Batisa.
36a 2 Ne. 26:33;
Almà 5:33.

20 4a Almà 26:12.
b Almà 20:28–30.

tamiko—Mandehàna ary afaho ny rahalahinao, satria any amponja izy ireo any an-tanin' i Midônia.

6 Ankehitriny nony efa nandre izany i Lamônia, dia nasainy nampiomana ny “soavaliny sy ny kalesiny ny mpanompony.

7 Ary hoy izy tamin' i Amôna: Avia, handeha hiaraka aminao hidina any an-tanin' i Midônia aho, ary hiangavy ny mpanjaka any mba hamoahany ny rahalahinao hiala avy tao am-ponja.

8 Ary ny zava-nitranga, raha nandeha nankany i Amôna sy i Lamônia, dia nifanehitra tamin' ny rain' i Lamônia, izay mpanjaka “manerana ny tany rehetra.

9 Ary indro, hoy ny rain' i Lamônia taminy: Nahoana ianao no tsy tonga tany amin' ny “fanasana tamin' ilay andro lehibe izay nanaovako fanasana ho an' ny zanako lahy sy ho an' ny vahoakako?

10 Ary hoy koa izy: Mandeha mankaiza moa ianao miaraka amin' ity Nefita izay anankiray amin' ny zanaky ny “mpandainga ity?

11 Ary ny zava-nitranga dia notantarain' i Lamônia azy izay halehany, satria natahotra ny hanafintohina azy izy.

12 Ary nolazainy azy koa ny antony rehetra nijanonany tao amin' ny fanjakany ihany ka tsy nandehanany tany amin-drainy, tamin' ny fanasana izay efa nomaniny.

13 Ary ankehitriny, rehefa avy

nitantara ireo zavatra rehetra ireo taminy i Lamônia, dia indro, akory ny hagagany fa tezitra taminy ny rainy ary nanao hoe: Ry Lamônia, ianao dia handeha hanafaka ireo Nefita ireo izay zanaky ny mpandainga. Indro, nandroba ny razantsika izy; ary ankehitriny dia efa tonga eto amintsika koa ny zanany mba hahazoany mamitaka antsika, amin' ny hafetseny sy ny laingany, mba hahazoany mandroba antsika indray amin' ny fananantsika.

14 Ankehitriny ny rain' i Lamônia dia nandidy azy ny hamonoany an' i Amôna amin' ny sabatra. Ary nodidiany koa izy ny tsy handehanany any an-tanin' i Midônia fa hiverina miaraka aminy kosa any an-tanin' i “Ismaela.

15 Nefa hoy i Lamônia taminy: Tsy hamono an' i Amôna aho sady tsy hiverina any an-tanin' i Ismaela, fa handeha kosa hankany an-tanin' i Midônia mba hahazoako manafaka ny rahalahin' i Amôna, satria fantatro fa olo-marina sy mpaminany masin' Ilay Andriamanitra marina izy ireo.

16 Ankehitriny, nony efa nandre ireo teny ireo ny rainy, dia tezitra taminy sy nanatsoaka ny sabany hahazoany mamely azy ho lavo amin' ny tany.

17 Nefa nandroso i Amôna ary nanao taminy hoe: Indro, tsy hovonoinao ny zanakao lahy; na dia “mety kokoa aza ny hahalavo azy toy izay ianao, satria

indro, efa ^bnibebaka tamin' ny fahotany izy; fa raha ianao kosa no ho lavo amin' izao fotoana izao, ao amin' ny fahatezeranao, dia tsy ho azo vonjena ny fanahinao.

18 Ary koa, ilaina ny handeferanao; fa raha "mamono ny zanaka lahy ianao noho izy tsy manan-tsiny, ny rany dia hiantso ny Tompo Andriamaniny avy ao amin' ny tany mba ho tonga aminao ny valifaty; ary angamba dia hahavery ny ^bfanahinao ianao.

19 Ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo taminy i Amôna, dia namaly azy izy, nanao hoe: Fantatro fa raha mamono ny zanako lahy aho, dia handatsaka ra tsy manan-tsiny; satria efa nokatsahinao ny hamongotra azy.

20 Ary naninjitra ny tany izy mba hamono an' i Amôna. Saingy notoherin' i Amôna ny famelezany ary nasiany koa ny sandriny mba tsy hahafahany mampiasa izany.

21 Ankehitriny nony nahita ny mpanjaka fa afaka mamono azy i Amôna, dia nanomboka nitalaho tamin' i Amôna izy mba hitsimbiny ny ainy.

22 Fa nanainga ny sabany kosa i Amôna, ary nanao taminy hoe: Indro, hamely anao aho raha tsy tovinao amiko ny hahazoana mamoa ny rahalahiko avy ao am-ponja.

23 Ankehitriny dia natahotra ny mpanjaka sao hahavery ny ainy izy, ka hoy izy: Raha hi-

tsimbina ny aiko ianao, dia hotoviko aminao na inona na inona hangatahinao, na dia ny antsasaky ny fanjakana aza.

24 Ankehitriny nony nahita i Amôna fa efa nentiny araka ny itiavany azy ilay lahiantitra mpanjaka, dia hoy izy taminy: Raha ekenao ny hahazoana mamoa ny rahalahiko avy ao am-ponja ary koa ny hahazoan' i Lamônia mitazona ny fanjakany, ary tsy ho sosotra aminy ianao fa ekenao ny hahazoany manao araka ny faniriany "na inona na inona zavatra heveriny, dia hitsimbina anao aho amin' izany; raha tsy izany dia hasiako ianao ho lavo amin' ny tany.

25 Ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Amôna, dia nanomboka niravoravo ny mpanjaka noho ny ainy.

26 Ary nony hitany fa tsy nana-paniriana ny hamongotra azy i Amôna, ary nony hitany koa ny fitiavana lehibe nananany ho an' i Lamônia zananihany, dia talanjona fatratra tokoa izy, ary hoy izy: Satria izay ihany no efa nirinao, dia ny hanafahako ny rahalahinao sy ny hamelako an' i Lamônia zanako lahy hitana ny fanjakany, dia indro, hotoviko aminao ny hahazoan' ny zanako lahy mitana ny fanjakany, hatramin' izao fotoana izao ka ho mandrakizay; ary tsy hifehy azy intsony aho—

27 Ary hotoviko aminao koa ny hahazoana mamoa ny rahalahinao avy ao am-ponja,

ary ny hahazoanao sy ny rahalahinao mankany amiko, any amin' ny fanjakako; fa iriko fatratra tokoa ny hahita anao. Satria talanjona fatratra tokoa ny mpanjaka tamin' ny teny izay efa nolazainy ary koa tamin' ny teny izay efa nolazain' i Lamônia zanany lahy, noho izany dia "naniry izy ny hianatra azy ireny.

28 Ary ny zava-nitranga dia nanohy ny diany nankany antanin' i Midônia i Amôna sy i Lamônia. Ary nahita sitraka teo imason' ny mpanjakan' ny tany i Lamônia, noho izany dia nentina nivoaka ny tranomazina ny rahalahin' i Amôna.

29 Ary nony nahita azy ireo i Amôna dia feno alahelo fatratra tokoa izy, satria indro fa nitanjaka izy ireo ary ny hodiny dia simba izaitsizy tokoa noho izy ireo nifatotra tamin' ny tady mafy. Ary izy ireo koa dia efa niaritra hanoanana, hetaheta, ary ny karazam-pahoriana rehetra; kanefa dia "nanam-paharetana izy ireo tamin' ny fijaliany rehetra.

30 Ary dia hita fa efa anjarany ny hianjera eo an-tanan' ny vahoaka mafy fo kokoa sy henja-katoka kokoa; koa tsy tiany hohenoina ny teniny, ary efa noroahiny izy ireo hiala, ary efa nasiany izy ireo, ary efa nenjehiny isan-trano, isan-toerana izy ireo, na dia mandra-pahatongan' izy ireo tany an-tanin' i Midônia aza; ary tany dia nalaina izy ireo ary natsipy tao am-ponja, ary nafatotra tamin'

ny "tady mafy sy notanana am-ponja nandritra ny andro maro, ary nafahan' i Lamônia sy i Amôna.

Fitantarana ny fitorian' i Aharôna sy i Molôkia ary ny rahalahiny tamin' ny Lamanita.

Mahafaoka ny toko 21 ka hatramin' ny 26 manontolo.

TOKO 21

Nampianatra ny Amalekita ny momba an' i Kristy sy ny sorompnavotany i Aharôna—Voafonja any Midônia i Aharôna sy ny rahalahiny—Taorian' ny fanafahana azy ireo, dia nampianatra tao amin' ny sinagoga izy ireo ary nampiova fo ny maro—Nomen' i Lamônia fahafahana ara-pivavahana ny vahoaka any an-tanin' i Ismaela. Tokony ho 90–77 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY rehefa "nifandao teo amin' ny sisin-tanin' ny Lamanita i Amôna sy ny rahalahiny, dia indro nandeha i Aharôna nankamin' ny tany izay nantsoin' ny Lamanita hoe Jerosalema, nantsoina araka ny tany nahaterahan' ny razany; ary lavitra izany fa nifandray tamin' ny sisintanin' i Môrmôna.

2 Ankehitriny ny Lamanita sy ny Amalekita ary ny vahoakan' i "Amiolôna dia efa nanorina tanàna lehibe anankiray, izay nantsoina hoe Jerosalema.

3 Ankehitriny, izy samy Lamanita dia efa mafy fo ihany nefa

ny Amalekita sy ny Amiolônita dia mbola mafy fo kokoa; noho izany dia nataony izay hanamafisan' ny Lamanita ny fony mba hahatonga azy ho mahery amin' ny faharatsiana sy amin' ny fahavetavetany.

4 Ary ny zava-nitranga dia tonga tao an-tanànan' i Jerosalema i Aharôna ary nanomboka nitory voalohany tamin' ny Amalekita. Ary nanomboka nitory taminy tao amin' ny sinagogany izy, fa efa naoriny araka ny "lamin' i Nehôra ny sinagoga; fa maro tamin' ny Amalekita sy ny Amiolônita no araka ny lamin' i Nehôra.

5 Noho izany, raha niditra ny anankiray tamin' ny sinagogany i Aharôna mba hitory amin' ny olona, ary raha mbola niteny taminy izy, dia indro nisy Amalekita anankiray nitsangana sy nanomboka nifanditra taminy, nanao hoe: Inona ange ity ambaranao ity? Efa nahita "anjely iray ianao? Nahoana ny anjely no tsy miseho aminay? Indro, moa va ity vahoaka ity tsy mba tsara toy ny vahoakanao?

6 Lazainao koa fa raha tsy mibebaka izahay, dia ho faty. Ahoana no ahafantaranao ny eritreritra sy ny fisaintsainan' ny fonay? Ahoana no ahafantaranao fa manana antony hibe-bahana izahay? Ahoana no ahafantaranao fa vahoaka tsy marina izahay? Indro, efa nanorina fitoeramasina izahay ary mivory miaraka mba hidera an' Andriamanitra. Izahay dia mino

fa hamonjy ny olon-drehetra Andriamanitra.

7 Ankehitriny dia hoy i Aharôna taminy: Mino va ianao fa ny Zanak' Andriamanitra dia ho tonga mba hanavotra ny olombelona amin' ny fahotany?

8 Ary hoy ralehilahy taminy: Tsy mino izahay fa fantatrao ny zavatra toy izany. Tsy mino ireny fomban-drazana adaladala ireny izahay. Tsy mino izahay fa fantatrao ny "zavatra ho avy, sady tsy mino izahay fa ny razanao ary koa ny razanay dia nahalala ny momba ny zavatra izay nolazain' izy ireo, dia ny amin' izay ho avy.

9 Ankehitriny i Aharôna dia nanomboka nanokatra taminy ny soratra masina mikasika ny fiavian' i Kristy, ary koa mikasika ny fitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty, ary nolazainy fa "tsy mety hisy ny fanavotana ho an' ny olombelona afa-tsy amin' ny alalan' ny fahafatesana sy ny fijalian' i Kristy ary ny ^bsorompanavotan' ny rany.

10 Ary ny zava-nitranga, raha nanomboka nanazava ireny zavatra ireny taminy izy, dia tezitra taminy ireo ary nanomboka naneso azy; ary tsy nety nihaino ny teny izay nolazainy izy ireo.

11 Noho izany, nony hitany fa tsy nety nihaino ny teniny izy ireo, dia nandeha izy niala ny sinagogany ary lasana nankamin' ny tanàna kely iray izay nantsoina hoe Ania-Antia, ary

4a Almà 1:2–15.
5a Môsîà 27:11–15.

8a Jakôba 7:1–8.
9a Môsîà 5:8; Almà 38:9.

^b TSM Sorompanavotana.

tao izy dia nahita an' i Molôkia nitory ny teny tamin' ny olona; ary koa i Amà sy ny rahalahiny. Ary niady hevitra tamin' ny maro momba ny teny izy ireo.

12 Ary ny zava-nitranga dia hitany fa hanamafy ny fony ny olona, noho izany dia niainga izy ireo ary nankany an-tanànan' i Midônia. Ary notoriany tamin' ny maro ny teny, ary vitsy no nino ny teny izay nampianariny.

13 Na dia teo aza izany dia nosamborina i Aharôna sy ny sasany tamin' ny rahalahiny ary natsipy tany am-ponja, ary nandositra kosa ny sisa taminy niala ny tanin' i Midônia nankamin' ny faritra manodidina.

14 Ary "niaritra zavatra maro ireo izay natsipy tany am-ponja, ary nafahan' ny tanan' i Lamônia sy i Amôna izy ireo ary nomena hanina sy notafiana.

15 Ary nandeha indray izy ireo mba hilaza ny teny, ary dia toy izany no nanafahana voalohany azy ireo avy tao am-ponja; ary dia toy izany no efa niaretany.

16 Ary nalehany na taiza na taiza nitarihin' ny "Fanahin' ny Tompo azy ireo, nitory ny tenin' Andriamanitra tao amin' ny sinagoga rehetra an' ny Amalekita na tamin' ny fivoriana rehetra an' ny Lamanita izay nahazoany niditra.

17 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nitahy azy ireo ny Tompo, hany ka nentiny ho amin' ny fahalalana ny fahamarinana ny maro; eny, "noreseny lahatra ny maro ny amin' ny

fahotany sy ny amin' ny fomban' ny razany izay tsy mety.

18 Ary ny zava-nitranga dia niverina avy tany an-tanin' i Midônia i Amôna sy i Lamônia ka nankany an-tanin' i Ismaela, izay tany lovany.

19 Ary tsy navelan' i Lamônia mpanjaka hanompo azy, na ho lasa mpanompony i Amôna.

20 Fa nataony izay hisian' ny sinagoga miorina ao an-tanin' i Ismaela; ary ny olony, na ny olona izay teo ambany fanapahany, dia nasainy nivory miaraka.

21 Ary niravoravo taminy izy ka nampianatra azy zavatra maro. Ary nolazainy taminy koa fa izy dia vahoaka izay eo ambany fifehezany, fa vahoaka afaka izy, afaka tamin' ny fampahorian' ny mpanjaka rainy; satria efa neken-drainy taminy ny hahazoany manjaka amin' ny vahoaka izay eo amin' ny tanin' i Ismaela sy ny tany rehetra manodidina.

22 Ary nolazainy taminy koa fa mety hanana "fahafahana izy hitsaoka ny Tompo Andriamaniny, araka ny faniriany, na aiza na aiza toerana misy azy, raha toa izany ka eo amin' ny tany izay eo ambany fanapahan' i Lamônia mpanjaka.

23 Ary i Amôna dia nitory tamin' ny vahoakan' i Lamônia mpanjaka; ary ny zava-nitranga dia nampianariny azy ny zavadrehetra momba ny zavatra mikasika ny fahamarinana. Ary namporisihany isan' andro tamin' ny fahazotoana rehetra izy;

ary nampandry sofina tamin' ny teniny izy, ary narisika tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra.

TOKO 22

Nampianatra ny rain' i Lamônia ny amin' ny Nahariana, ny fahalo-voan' i Adama ary ny drafitry ny fanavotana amin' ny alalan' i Kristy i Aharôna—Niova fo ny mpanjaka sy ny ankohonany rehetra—Azavaina ny fizaran-tany eo amin' ny Nefita sy ny Lamanita. Tokony ho 90–77 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY, raha nampianatra lalandava ny vahoakan' i Lamônia toy izany i Amôna, dia hiverenantsika ny fitantaran' i Aharôna sy ny rahalahiny; fa taorian' ny niaingany niala ny tanin' i Midônia, dia "notarihin' ny Fanahy izy hankany antanin' i Nefia, hankao an-tranon' ny mpanjaka izay nanapaka ny tany rehetra ^bafa-tsy ny tanin' i Ismaela; ary izy no rain' i Lamônia.

2 Ary ny zava-nitranga dia niditra tao aminy izy, nankao an-dapan' ny mpanjaka niaraka tamin' ny rahalahiny sy niankohoka teo anoloan' ny mpanjaka ary nanao taminy hoe: Indro, Ry mpanjaka ô, izahay no rahalahin' i Amôna, izay efa nafahanao "hiala ny fonja.

3 Ary ankehitriny, Ry mpanjaka, raha mitsimbina ny ainay ianao, dia ho mpanomponao izahay. Ary hoy ny mpanjaka

taminy: Mitsangàna fa hotsimbiniho ny ainareo, ary tsy hamela anareo ho lasa mpanompoko aho; fa mikiry kosa aho ny hampianaranareo ahy; satria somary sahirana ihany ny saiko noho ny fahamboniana sy ny fahalehibeazan' ny tenin' i Amôna rahalahinao; ary maniry aho hahalala ny antony tsy nahatongavany avy tany Midônia niaraka taminao.

4 Ary hoy i Aharôna tamin' ny mpanjaka: Indro, ny Fanahin' ny Tompo no efa niantso azy ho amin' ny lalan-kafa; efa lasana any an-tanin' i Ismaela izy mba hampianatra ny vahoakan' i Lamônia.

5 Ankehitriny dia hoy ny mpanjaka taminy: Inona ange ilay vao nolazainao teo momba ny Fanahin' ny Tompo? Indro, io no zavatra izay manahirana ahy.

6 Ary koa, inona ity nolazain' i Amôna ity hoe—"Raha mibebaka ianareo dia hovonjena, ary raha tsy mibebaka ianareo dia hariana amin' ny andro farany?

7 Ary namaly azy i Aharôna sady nanao taminy hoe: Mino va ianao fa misy Andriamanitra? Ary hoy ny mpanjaka: Fantatro fa lazain' ny Amalekita fa misy Andriamanitra, ary efa notoviko taminy ny hanorenany fitoeramasina izay hahazoany mivory miaraka mba hidera Azy. Ary raha lazainao ankehitriny fa misy Andriamanitra, dia indro "hino aho.

8 Ary ankehitriny nony nandre izany i Aharôna, dia

22 1a Almà 21:16–17.
b Almà 21:21–22.

2a Almà 20:26.
6a Almà 20:17–18.

7a F&F 46:13–14.

nanomboka nifaly ny fony, ary hoy izy: Indro toy ny maha azo antoka tokoa ny mahavelona anao, Ry mpanjaka, no isian' Andriamanitra.

9 Ary hoy ny mpanjaka: Moa va Andriamanitra no ilay "Fanahy Lehibe izay nitondra ny razantsika niala ny tanin' i Jerosalema?

10 Ary hoy i Aharôna taminy: Eny, Izy no ilay Fanahy Lehibe ary Izy no "nahary ny zava-drehetra, na any an-danitra na etỳ an-tany. Mino izany va ianao?

11 Ary hoy izy: Eny, mino aho fa ny Fanahy Lehibe no nahary ny zava-drehetra ary iriko ny hilazanao amiko ny momba ireo zavatra rehetra ireo, ary "hino ny teninao aho.

12 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita i Aharôna fa hino ny teniny ny mpanjaka, dia nanomboka hatrany amin' ny nahariana an' i Adama izy, "namaky ny soratra masina tamin' ny mpanjaka—ny fomba naharian' Andriamanitra ny olona araka ny endriny ihany sy ny nanomezan' Andriamanitra azy didy, ary noho ny fandikan-dalàna dia efa lavo ny olona.

13 Ary i Aharôna dia nanazava taminy ny soratra masina hatramin' ny "nahariana an' i Adama, namelabelatra teo anoloany ny fahalavoan' ny olona sy ny

toetrany ara-nofa ary koa ny ^bdrafitry ny fanavotana, izay efa voaomana hatry ny ^afanore-nana izao tontolo izao amin' ny alalan' i Kristy, ho an' izay rehetra hino ny anarany.

14 Ary satria efa "lavo ny olona dia tsy mety ho ^bmendrika na inona na inona ny tenany; fa ny fijaliana sy ny fahafatesan' i Kristy kosa dia "manonitra ny fahotany amin' ny alalan' ny finoana sy ny fibebahana, sy ny sisa; ary manapatapaka ny famatoran' ny fahafatesana Izy, hany ka tsy hanam-pandresena ny "fasana, ary ny fanindronan' ny fahafatesana dia hatelina ao amin' ny fanantenana ny voninahitra; ary i Aharôna dia nana-zava ireo zavatra rehetra ireo tamin' ny mpanjaka.

15 Ary ny zava-nitranga, nony efa nanazava ireo zavatra ireo taminy i Aharôna, dia hoy ny mpanjaka: "Inona no hataoko mba hahafahako manana izany fiainana mandrakizay izay efa noresahinao izany? Eny, inona no hataoko mba ho azo ^baterak' Andriamanitra aho, rehefa hongotana hiala ao an-tratrako izao faharatsiam-panahy izao ka handraisako ny Fanahiny mba hahatonga ahy ho feno fijaliana mba tsy hahazoana mandroaka ahy amin' ny andro farany? Indro, hoy izy, hilaozako izay ^arehetra ananako, eny, hafoiko ny

9a Almà 18:18–28.

10a TSM Fahariana.

11a TSM Finoana.

12a 1 Ne. 5:10–18;

Almà 37:9.

13a Gen. 1:26–28.

b TSM Drafitry ny

Fanavotana.

d 2 Ne. 9:18.

14a TSM Fahalavoan' i

Adama sy i Eva.

b 2 Ne. 25:23;

Almà 42:10–25.

d Almà 34:8–16.

TSM Sorompanavotana.

e Isa. 25:8; 2 Tan. 15:55.

15a Asa 2:37.

b Almà 5:14, 49.

d Mat. 13:44–46;

19:16–22.

fanjakako mba hahazoako mandray izany fifaliana lehibe izany.

16 Nefa hoy i Aharôna tamin'ny: Raha "maniry izany zavatra izany ianao, raha miankohoka eo anoloan' Andriamanitra ianao, eny, raha mibebaka amin'ny fahotanao rehetra ianao ary miankohoka eo anoloan' Andriamanitra sy miantso ny anarany amim-pinoana sady mino fa ianao dia handray, amin'izany dia handray ny ^bfanantena izay irinao ianao.

17 Ary ny zava-nitranga nony efa nilaza ireo teny ireo i Aharôna, dia "niankohoka teo anoloan' ny Tompo ny mpanjaka, nandohalika; eny, niankohoka tamin'ny tany aza izy, ary ^bnihika mafy tokoa, nanao hoe:

18 Andriamanitra ô, efa niteny tamiko Aharôna fa misy Andriamanitra; ary raha misy Andriamanitra, ary raha ianao no Andriamanitra, dia aoka ianao hampahafantatra ny tenanao amiko, ary hafaiko ny fahotako rehetra hahafantarako Anao sy hahazoako mitsangana amin'ny maty ary hovanjena amin'ny andro farany. Ary ankehitriny rehefa avy nilaza ireo teny ireo ny mpanjaka, dia voa izy ka miova tsy toy ny maty.

19 Ary ny zava-nitranga dia nihazakazaka ny mpanompony ary niteny tamin'ny mpanjakavavy, izay rehetra efa nanjo ny mpanjaka. Ary niditra izy nankao amin'ny mpanjaka; ary nony nahita azy niampatra miova tsy toy ny maty izy, ary

koa i Aharôna sy ny rahalahiny nijoro miova tsy ireo no anton'ny fahalavoany, dia tezitra tamin'ny izy, ary nodidiana ny mpanompony, na ny mpanompon'ny mpanjaka, ny hakany sy ny hamonoany azy ireo.

20 Ankehitriny dia efa nahita ny antony nahalavo ny mpanjaka ireo mpanompo, noho izany dia tsy sahiny ny nikasi-tanana an' i Aharôna sy ny rahalahiny; ary nitalahoany ny mpanjakavavy, nanao hoe: Nahoana ianao no mandidy ny hamonoanay ireo lehilahy ireo kanefa indro ny anankiray aminy dia "mahe-ry kokoa noho izahay rehetra? Noho izany dia ho lavo eo anoloany izahay.

21 Ankehitriny, nony nahita ny tahotry ny mpanompo ny mpanjakavavy, izy koa dia nanomboka natahotra izaitsizy tokoa fandrao hisy loza ho tonga aminy. Ary nandidy ny mpanompony izy ny handehanan'ny sy ny hiantsoany ny vahoaka mba hahazoan' ireo mamono an' i Aharôna sy ny rahalahiny.

22 Ankehitriny nony nahita ny fahavononan'ny mpanjakavavy i Aharôna, noho izy nahalala rahateo ny hamafin'ny fon'ny vahoaka, dia natahotra izy fandrao ho sesehena no hiara-tafangona ka hisy fifandirana lehibe sy fikorontanana eo anivony; noho izany dia narosony ny tanany ary natsangany avy tamin'ny tany ny mpanjaka, ary hoy izy tamin'ny: Mijoroa. Ary

16a TSM Fiovam-po.
b Etera 12:4.

17a F&F 5:24.
b TSM Vavaka.

20a Almà 18:1-3.

nijoro tamin' ny tongony izy sady niverina ny tanjany.

23 Ankehitriny dia izany no natao teo anatrehan' ny mpanjakavavy sy ny maro tamin' ny mpanompony. Ary nony nahita izany izy ireo, dia talanjona fatratra tokoa ary nanomboka natahotra. Dia nandroso ny mpanjaka ary natombony ny "fampianarana azy ireo. Ary nampianariny izy ireo, hany ka ny ankohonany rehetra dia ^bniaova fo ho an' ny Tompo.

24 Ankehitriny dia sesehena ireo niara-tafangona noho ny didin' ny mpanjakavavy, ary nanomboka nisy fimonomonana be teo anivony noho i Aharôna sy ny rahalahiny.

25 Nefa nandroso teo anivony ny mpanjaka ary nampianatra azy. Ary nitony tamin' i Aharôna sy ireo izay niaraka taminy izy.

26 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny mpanjaka fa nitony ny vahoaka, dia nataony izay handrosoan' i Aharôna sy ny rahalahiny teo anivon' ny valalabemandry sy ny hitoriany ny teny aminy.

27 Ary ny zava-nitranga dia nandefa "filazana eran' ny tany rehetra ny mpanjaka, tany anivon' ny vahoakany rehetra izay teo amin' ny taniny rehetra, izay tamin' ny faritra rehetra manodidina, izay nanamorona ny ranomasina aza, tao atsinanana sy tao andrefana, ary izay tafasarakana tamin' ny tanin' i ^bZarahemlà noho ny tany foana lavalava

kely velarana, izay niainga avy tany amin' ny ranomasina atsinanana ka hatrany amin' ny ranomasina andrefana, ary ny faritra manodidina ny sisin' ny moron-dranomasina, ary ny sisin' ny tany foana izay tao avaratra akaikin' ny tanin' i Zarahemlà, ka namakivaky ny sisintanin' i Mantia akaikin' ny loharanon' ny renirano Sidôna, izay nikoriana avy tany atsinanana nankany andrefana — ary dia toy izany no nampizarazara ny Lamanita sy ny Nefita.

28 Ankehitriny, ny ampahany "kamo indrindra tamin' ny Lamanita dia niaina tany an-tany foana sy nitoetra tanaty lay; ary izy ireo dia niely eran' ny tany foana tany andrefana, tany antanin' i Nefia; eny, ary koa, tany andrefan' ny tanin' i Zarahemlà, tamin' ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina sy tany andrefana tany an-tanin' i Nefia, tao amin' ny toerana izay lova voalohan' ny razany, ary dia nanemitra akaiky toy izany ny lavan' ny moron-dranomasina.

29 Ary nisy Lamanita maro koa tany atsinanana akaiky ny moron-dranomasina, izay efa nanosehan' ny Nefita azy. Ary araka izany dia efa saika voahodidin' ny Lamanita ny Nefita; na dia teo aza izany, dia efa noraisin' ny Nefita ny fizakana ny faritra avaratra rehetra tamin' ny tany nanamorona ny tany foana, tao amin' ny loharanon' ny renirano Sidôna, hatrany atsinanana ka hatrany

23a TSM Fanompoana;
Mitory; Mampianatra.

^b TSM Fiovam-po.
27a Almà 23:1–4.

^b Ômnia 1:13–17.
28a 2 Ne. 5:22–25.

andrefana, manodidina ny fari-try ny tany foana; tao avaratra ka mandra-pahatonga azy mi-hitsy tany amin' ny tany izay nantsoiny hoe "Soafeno.

30 Ary izany dia nanamorona ny tany izay nantsoiny hoe "Faharavana, noho izy nianava-ratra lavitra tokoa ka tonga tao amin' ny toerana izay efa none-nana sy efa noravana, izay efa noresahantsika ny ^btaolana tao, izay efa hitan' ny mponin' i Zarahemlà noho izy toerana ^dniantsonany voalohany.

31 Ary niainga avy teo izy dia niakatra nankany an-tany foana atsimo. Dia toy izany no niantsoana ny tany tao avaratra hoe "Faharavana, ary ny tany tao atsimo dia nantsoina hoe Soafeno, noho izy tany foana dia fenon' izay rehetra mety ho bibidia isan-karazany, ka ny sasany taminy dia efa tonga avy tany amin' ny tany avaratra mba hitady hanina.

32 Ary ankehitriny dia lalana indray andro sy tapany ihany, ho an' ny Nefita anankiray, ny "halavirana eo amin' i Soafeno sy ny tany Faharavana, hatrany amin' ny ranomasina atsinana-na ka hatrany amin' ny ranomasina andrefana; ary araka izany ny tanin' i Nefia sy ny tanin' i Zarahemlà dia saika voahodidin' ny rano noho ny fisian' ny ^bvozon-tany kely eo anelanelan' ny tany ao avaratra sy ny tany ao atsimo.

33 Ary ny zava-nitranga dia

efa nonina teo amin' ny tanin' i Soafeno ny Nefita, hatrany amin' ny ranomasina atsinana-na ka hatrany amin' ny ranomasina andrefana, ary noho ny fahendreny dia efa notohain' ny Nefita toy izany, niaraka tamin' ny mpiambina sy ny miaramilany, ny Lamanita tao atsimo, ka izany dia ny tsy hananany tany intsony any avaratra mba tsy hahazoany manani-bohitra ny tany andafiavaratra.

34 Noho izany ny Lamanita dia tsy nety nahazo tany intsony afa-tsy tao amin' ny tanin' i Nefia sy ny tany foana manodidina. Ankehitriny, izany dia fahendrena tamin' ny Nefita—noho ny Lamanita efa fahavalo ho azy, dia tsy te hiaritra fahoriana na avy aiza na avy aiza izy, ary mba hahazoany koa tany iray izay hahafahany mandositra araka ny sitrapony.

35 Ary ankehitriny, rehefa voalaza izany, dia hiverina indray amin' ny fitantaran' i Amôna sy i Aharôna, i Ômnera sy i Himnia ary ireo rahalahiny aho.

TOKO 23

Fanambarana ny fahalalahana arapivavahana—Niova fo ny Lamanita teo amin' ny tany sy ny tanàna fito—Nantsoiny hoe Antia-Nefia-Lehia ny tenany, ary nafahana tamin' ny ozona izy—Nandà ny marina ny Amalekita sy ny Amiolônita. Tokony ho 90–77 talohan' i J.K.

29a Almà 52:9; 63:5.

30a Almà 50:34;

Môrm. 4:1–3.

b Môsià 8:7–12;

28:11–19.

d Hel. 6:10.

31a Hel. 3:5–6.

32a Hel. 4:7.

b Almà 50:34.

INDRO, ankehitriny ny zavainitranga dia nalefan' ny mpanjakan' ny Lamanita tany anivon' ny vahoakany rehetra ny "filazana ny tsy tokony hikasihanany tana an' i Amôna, na i Aharôna, na i Ômnera, na i Himnia, na ny iray amin' ny rahalahiny izay handeha hitory ny tenin' Andriamanitra, na aiza na aiza toerana hisy azy ireo, na aiza na aiza faritra amin' ny taniny izany.

2 Eny, nalefany tany anivony ny didiny ny tsy tokony hikasihanany tanana azy ireo mba hamatotra azy ireo, na mba hanipy azy ireo any am-ponja; ny tsy tokony handrorany azy ireo koa, na ny hamelezany azy ireo, na ny handroahany azy ireo hiala ny sinagogany, na ny hikapohany azy ireo; ny tsy tokony hitorahany vato azy ireo koa, fa tokony ho azony hidirana malalaka kosa ny tranony ary koa ny tempoliny sy ny fitoeramasy.

3 Ary dia toy izany no nahazoany nandeha sy nitory ny teny araka ny faniriany, satria efa niova fo ho an' ny Tompo ny mpanjaka sy ny ankohonany rehetra; noho izany dia nalefany eran' ny tany ny filazany ho an' ny olony ka tsy ho tojo sakana ny tenin' Andriamanitra, mba hahazoany mandeha eran' ny tany rehetra, ka ny olony dia ho azo resendahatra ny amin' ny "fombatsin' ny razany sy ho azo resendahatra fa mpirahalahy

izy rehetra, hany ka tsy tokony hamono olona, na handroba, na hangalatra, na hijangajanga, na hanao izay fomban' ny faharatsiana.

4 Ary ankehitriny ny zavainitranga, nony efa nalefan' ny mpanjaka izany filazana izany, dia nandeha isan-tanana i Aharôna sy ny rahalahiny, ary avy tao amin' ny trano fiderana anankiray dia nankao amin' ny iray hafa, nanorina fiangonana sy nanamasina mpisorona sy mpampianatra nanerana ny tany, tany anivon' ny Lamanita, mba hitory sy hampianatra ny tenin' Andriamanitra any anivony; ary dia toy izany no nanombohany nahita fahombiazana lehibe.

5 Ary an' arivony no voatarika ho amin' ny fahalalana ny Tompo, eny, an' arivony no voatarika hino ny "fomban-drazan' ny Nefita; ary nampianarina azy ireo ny ^brakitsoratra sy ny faminiana izay efa nifanolorana hatrany ka hatramin' izao fotoana izao.

6 Ary toy ny maha azo antoka ny mahavelona ny Tompo no maha azo antoka izay rehetra nino, na izay rehetra voatarika ho amin' ny fahalalana ny marina, tamin' ny alalan' ny fitorian' i Amôna sy ny rahalahiny, araka ny fanahin' ny fanambarana sy ny faminiana ary ny herin' Andriamanitra, izay nanao fahagagana tao amin' izy ireo—eny, lazaiko aminareo, raha velona koa ny Tompo, rehefa

mety ho Lamanita ka nino ny fitoriany, sy "niova fo ho an' ny Tompo, dia tsy nihemotra ^bna oviana na oviana.

7 Fa tonga vahoaka marina izy; napetrany ny fiadian' ny fikomiany ka tsy niady intsony tamin' Andriamanitra izy no sady tsy nanohitra na iza na iza tamin' ny rahalahiny.

8 Ankehitriny, dia ireto no "niova fo ho an' ny Tompo:

9 Ny vahoaka Lamanita izay tao an-tanin' i Ismaela;

10 Ary koa ny ampahany tamin' ny vahoakan' ny Lamanita, izay tao an-tanin' i Midônia;

11 Ary koa ny ampahany tamin' ny vahoakan' ny Lamanita, izay tao an-tanànan' i Nefia;

12 Ary koa ny ampahany tamin' ny vahoakan' ny Lamanita, izay tao an-tanin' i "Silôma sy izay tao an-tanin' i Semlôna, ary ny tao an-tanànan' i Lemoela sy ny tao an-tanànan' i Simnilôma.

13 Ary ireo no anaran' ny tanànan' ny Lamanita, izay "niova fo ho an' ny Tompo; ary ireo no ireo izay nametraka ny fiadian' ny fikomiany, eny, ny fiadiany rehetra fentina miady; ary Lamanita avokoa ireo.

14 Ary ny Amalekita dia tsy "niova fo, afa-tsy anankiray ihany; tsy nisy na iza na iza koa tamin' ny ^bAmiolônita; fa nohamafisiny ny fony, ary koa ny fon' ny Lamanita tamin' izany faritry ny tany izany, na taiza na taiza nitoerany, eny, ny

vohiny rehetra sy ny tanànan' rehetra.

15 Koa efa notanisaintsika ny tanàna rehetra an' ny Lamanita izay nibebaka ny tao aminy ary nankamin' ny fahalalana ny marina sy niova fo.

16 Ary ankehitriny ny zavaintranga dia nirian' ny mpanjaka sy ireo izay niova fo ny hahazoany manana anarana iray izay hahazoana manavaka azy ireo amin' ny rahalahiny; noho izany ny mpanjaka dia nidinika tamin' i Aharôna sy ny ankamaroan' ny mpisorony ny momba ny anarana izay tokony hoentin' ny tenany mba hahazoana manavaka azy ireo.

17 Ary ny zavaintranga dia nantsoiny hoe "Antia-Nefia-Lehia ny anarany; ary nantsoina tamin' io anarana io izy ireo, ary tsy nantsoina intsony hoe Lamanita.

18 Ary nanomboka ho lasa olona tena miasa izy ireo; eny, ary nisakaiza tamin' ny Nefita izy ireo; noho izany dia nosokafany ny fifaneraserana taminy, ary ny "ozon' Andriamanitra dia tsy nomba azy ireo intsony.

TOKO 24

Tonga nanafika ny vahoakan' Andriamanitra ny Lamanita — Niravoravo tao amin' i Kristy ny Antia-Nefia-Lehia ary novangian' ny anjely — Nofidiany ny hiaritra

6a TSM Fiovam-po.
b Almà 27:27.
8a Almà 26:3, 31.
12a Môsià 22:8, 11.

13a Almà 53:10.
14a Almà 24:29.
b Môsià 23:31-39.
17a TSM Antia-Nefia-

Lehia.
18a 1 Ne. 2:23;
2 Ne. 30:5-6;
3 Ne. 2:14-16.

fahafatesana toy izay ny hiaro ny tenany—Nihamaro kokoa ny Lamanita niova fo. Tokony ho 90-77 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia ny Amalekita sy ny Amiolônita ary ny Lamanita izay teo amin' ny tanin' i Amiolôna, ary koa teo amin' ny tanin' i Helama sy izay teo amin' ny tanin' i "Jerusalem, ary raha fintinina, teo amin' ny tany rehetra manodidina, izay tsy niova fo sy tsy nitondra ny anarana hoe ^bAntia-Nefia-Lehia, no namporisihin' ny Amalekita sy ny Amiolônita ho tezitra hanohitra ny rahalahiny.

2 Ary nanjary nihamafy izaitzisy tokoa ny fankahalany azy, hany ka nanomboka nikomy mihitsy nanohitra ny mpanjakany izy ireo, hany ka tsy tiany intsony ny haha-mpanjakany azy; noho izany dia noraisiny ny fiadiana hanoherana ny vahoakan' ny Antia-Nefia-Lehia.

3 Ankehitriny dia natolotry ny mpanjaka ny zanany ny fanjakana, ary nantsoiny hoe Antia-Nefia-Lehia ny anarany.

4 Ary nodimandry ny mpanjaka tamin' io taona io ihany izay nanombohan' ny Lamanita nanao fiomanana ho amin' ny ady hanoherana ny vahoakan' Andriamanitra.

5 Ankehitriny nony nahita ny fiomanan' ny Lamanita hamongotra ny rahalahiny i Amôna sy ny rahalahiny ary ireo rehetra izay efa nandeha niakatra niaraka taminy, dia nandeha nan-

kany Midiàna izy ireo, ary tany i Amôna no nihaona tamin' ny rahalahiny rehetra; ary avy tany izy ireo no tonga tany an-tanin' i Ismaela mba hahazoany mifanakalo "hevitra miaraka amin' i Lamônia ary koa miaraka amin' i Antia-Nefia-Lehia rahalahiny, ny amin' ny tokony hataony mba hiarovan-tena amin' ny Lamanita.

6 Ankehitriny dia tsy nisy na dia olona iray aza tamin' ny vahoaka rehetra izay efa niova fo ho an' ny Tompo te handray fiadiana hanohitra ny rahalahiny; tsia, tsy tiany na dia ny hanao fiomanana ho amin' ny ady aza; eny, ary nandidy azy koa ny mpanjakany ny tsy tokony hanaovany izany.

7 Ankehitriny dia izao no teny izay nolazainy ny olona momba ity raharaha ity: Misaotra an' Andriamanitra aho ry vahoaka malalako fa ny Andriamanitsika lehibe tao amin' ny hatsarampony dia efa nandefa ireto Nefita rahalahintsika ireto ho antsika mba hitory amintsika sy handresy lahatra antsika ny amin' ny "fomban' ny razantsika mamohetra.

8 Ary indro, misaotra an' Andriamanitra lehibe aho fa efa nomeny antsika ny ampahany tamin' ny Fanahiny hanalefaka ny fonsika, hany ka efa nosokafantsika ny fifaneraserana tamin' ireto rahalahy Nefita ireto.

9 Ary indro, misaotra koa an' Andriamanitra aho fa tamin' ny nisokafan' izao fifanerasera-

24 1a Almà 21:1.
b Almà 25:1, 13.

5a Almà 27:4-13.
7a Môsîà 1:5.

na izao no efa naharesy lahatra antsika ny amin' ny "fahotantsika sy ny amin' ny famonoana olona maro izay efa nataontsika.

10 Ary misaotra koa an' Andriamanitra aho, eny ny Andriamanitra lehibe, fa efa notoviny tamintsika ny hahazoantsika mibebaka amin' ireo zavatra ireo, ary koa fa efa "namela antsika tamin' ireo fahotantsika maro Izy sy ny famonoana olona izay efa nataontsika, ary efa nanaisotra ny ^bheloka hiala ny fantsika tamin' ny fahamen-drehan' ny Zanany.

11 Ary ankehitriny, indro, ry rahalahiko, satria izay ihany no efa azontsika natao (satria isika no tena very indrindra tamin' ny olombelona rehetra) mba hibebahantsika amin' ny fahotantsika rehetra sy ny famonoana olona maro izay efa nataontsika ary mba hitarihana an' Andriamanitra "hanaisotra ireo hiala ny fantsika, satria izay ihany no azontsika natao mba hibebahantsika marina tokoa eo analoan' Andriamanitra ka hanesorany hiala ny pentintsika—

12 Ankehitriny, ry rahalahiko malala tsara indrindra, satria efa nesorin' Andriamanitra hiala ny pentintsika, ary efa lasa mamirapiratra ny sabatsika, dia aoka isika amin' izany tsy hampihosina intsony ny sabatsika amin' ny ran' ny rahalahintsika.

13 Indro, lazaiko aminareo hoe,

Tsia, aoka isika hihazona ny sabatsika mba tsy ho voahosin' ny ran' ny rahalahintsika izany; fa angamba raha mampihosina indray ny sabatsika isika dia tsy ho azo "sasana intsony izany ka hamirapiratra amin' ny alalan' ny ran' ny Zanak' Andriamanitsika lehibe, izay halatsaka ho sorompanavotana noho ny fahotantsika.

14 Ary efa namindra fo tamintsika Ilay Andriamanitra lehibe ary nampahafantatra antsika ireo zavatra ireo tamintsika mba tsy hahafaty antsika; eny, ary efa nampahafantariny mialoha ireo zavatra ireo, satria tia ny "fanahintsika Izy ary tia ny zanatsika koa; koa ao amin' ny famindram-pony, dia mamangy antsika Izy amin' ny alalan' ny anjelyny, mba hahazoana nampahafantatra antsika ary koa ny taranaka ho avy ny ^bdrafitry ny famonjena.

15 O, endrey ny famindrampon' Andriamanitsika! Ary ankehitriny, indro, satria izay ihany no azontsika atao mba hanesorana ny pentintsika hiala amintsika, ary ny sabatsika dia atao mamirapiratra dia aoka isika hanafina azy mba hahafahana mitahiry azy mamirapiratra, ho toy ny vavolombelona amin' Andriamanitsika amin' ny andro farany, na amin' ny andro izay hitondrana antsika hijoro eo anoloany mba hotsaraina, fa tsy nampihosina

9a F&F 18:44.
10a Dan. 9:9.
b TSM Heloka.
11a Isa. 53:4–6.

13a Fan. 1:5.
14a TSM Fanahy (Fitambaran'ny Vatana sy ny Fanahy)—

Hasarobidin' ny olona.
b TSM Drafitry ny Fanavotana.

ny sabatsika tamin' ny ran' ny rahalahintsika isika hatramin' ny nanomezany ny teniny ho antsika sy ny nanadiovany antsika tamin' izany.

16 Ary ankehitriny ry rahalahiko, raha mitady ny hamongotra antsika ny rahalahintsika, dia indro hanafina ny sabatsika isika, eny, handevina azy lalina ao anaty tany mihitsy isika mba hahazoana mitahiry azy mami-rapiratra ho toy ny vavolombelona amin' ny andro farany fa tsy nampiasa azy na oviana na oviana isika; ary raha mamongotra antsika ny rahalahintsika, indro "handeha any amin' Andriamanitsika isika ary ho voavonjy.

17 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ireo filazana ireo ny mpanjaka, ary ny vahoaka rehetra efa vory lanona, dia nalain' izy ireo ny sabany sy ny fiadiana rehetra izay nampiasaina handatsahana ny ran' olona, ary "naleviny lalina tao anaty tany izany.

18 Ary izany no nataony dia satria izany, araka ny fijeriny, no vavolombelona amin' Andriamanitra ary koa amin' ny olona, fa "tsy hampiasainy intsony na oviana na oviana ny fiadiana handatsahana ran' olona; ary izany no nataony dia ny hanamarinana sy ny ^bhifanekena amin' Andriamanitra fa aleony ^dmamoy ny ainy toy izay handatsaka ny ran' ny rahalahiny; ary aleony manome azy amin' ny

tanany toy izay haka amin-drahalahiny; ary aleony miasa fattratra tokoa toy izay handany no androny amin' ny hakamoana.

19 Ary dia toy izany no ahitantsika fa rehefa notarihina hino sy hahalala ny marina ireo Lamanita ireo, dia "niorina izy ireo, ary te hiaritra na dia hatrany amin' ny fahafatesana aza toy izay hanao fahotana; ary dia toy izany no ahitantsika fa naleviny ny fiadiany ho an' ny fandriampahalemana, na naleviny ny fiadiana fitondra miady, ho an' ny fandriampahalemana.

20 Ary ny zava-nitranga dia nanao fiomanana ho amin' ny ady ny Lamanita rahalahiny ary tonga niakatra tao an-tanin' i Nefia, ka ny tanjona dia ny handringana ny mpanjaka sy ny hametraka anankiray hafa eo amin' ny toerany ary koa ny handringana ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia amin' ny tany.

21 Ankehitriny rehefa nahita ny vahoaka fa tonga izy ireo hanohitra azy, dia nivoaka izy hihaona aminy ary "niankohoka tamin' ny tany teo anoloany sy nanomboka niantso ny anaran' ny Tompo; ary dia tao anatin' izany fihetsika izany izy raha nanomboka namatravatra taminy ny Lamanita, ary rafitra namono azy tamin-tsabatra.

22 Ary dia tsisy fanoherana toy izany no namonoany ny dimy sy arivo taminy; ary fantatsika fa hotahiana izy, satria

16a Almà 40:11–15.

17a Hel. 15:9.

18a Almà 53:11.

b TSM Fanekepihanana.

d TSM Sorona.

19a TSM Finoana.

21a Almà 27:3.

efa lasana izy mba hitoetra miaraka amin' Andriamaniny.

23 Ankehitriny rehefa nahita ny Lamanita fa tsy te handositra ny sabatra ny rahalahiny, sady tsy nihodivitra na tao an-kavia na tao an-kavanana fa nety nandry kosa sy ho "ringana ary nidera an' Andriamanitra na dia efa handeha hovonoina amin-tsabatra aza—

24 Ankehitriny, rehefa nahita izany ny Lamanita, dia "nofeheziny ny tenany tsy hamono azy; ary nisy maro izy ireo no efa ^bnivonto ny fony tao anatin' noho ireto rahalahiny ireto izay efa nalavon-tsabatra, satria nibebahany ny zavatra izay efa nataony.

25 Ary ny zava-nitranga dia nariany ny fitaovam-piadiany ary tsy tiany horaisina intsony izany, satria voatsindrona izy ireo noho ny famonoana olona izay efa nataony; ary niankohoka tahaka ireo rahalahiny izy ireo, nitoky tamin' ny famindram-pon' ireo izay efa nanainga ny sandriny mba hamono azy ireo.

26 Ary ny zava-nitranga ny isan' izay nikambana tamin' ny vahoakan' Andriamanitra androtriny dia betsaka kokoa noho ny isan' ireo izay efa voavono; ary ireo izay efa voavono dia olo-marina, noho izany dia tsy misy antony isalasalantsika fa efa "voavonjy izy ireny.

27 Ary tsy nisy olon-dratsy iray voavono tamin' izy ireny; saingy nisy nihoatra ny arivo no notarihana ho amin' ny fahalalana ny marina; dia toy izany no ahitantsika fa miasa amin' ny "fomba maro ny Tompo ho famonjena ny olony.

28 Ankehitriny ny maro indrindra tamin' ireo Lamanita izay namono ny maro tokoa tamin' ny rahalahiny dia ny Amalekita sy ny Amiolônita; ny maro indrindra tamin' ireo dia araka ny "lamin' i ^bNehôra.

29 Ankehitriny, tamin' ireo izay nikambana tamin' ny vahoakan' ny Tompo, dia "tsy nisy na dia iray aza izay Amalekita na Amiolônita, na izay araka ny lamin' i Nehôra, fa izy ireo kosa dia tamingan' i Lamàna sy i Lemoela marina.

30 Ary dia toy izany no ahaizantsika mamantatra tsara tokoa fa ny vahoaka iray, rehefa avy "nohavaina tamin' ny Fanahin' Andriamanitra indray mandeha, ka efa nanana ^bfahalalana lehibe ny amin' ny zavatra mikasika ny fahamarihana, ary "lavo ao amin' ny fahotana sy ny fandikan-dalàna avy eo, dia manjary mafy fo kokoa izy, ary noho izany ny toetrany dia manjary "ratsy kokoa noho ny tamin' izy tsy mbola nahalala ireny zavatra ireny.

23a Almà 26:32.

24a Almà 25:1.

b TSM Fangorahana.

26a Fan. 14:13.

27a Isa. 55:8-9;

Almà 37:6-7.

28a Almà 21:4.

b Almà 1:15; 2:1, 20.

29a Almà 23:14.

30a Mat. 12:45.

b Heb. 10:26;

Almà 47:36.

d 2 Ne. 31:14;

Almà 9:19.

TSM Apôstazia.

e 2 Pet. 2:20-21.

TOKO 25

Niely ny fanafihan' ny Lamanita — Fongana ny taranaky ny mpisoron' i Noà araka ny naminanian' i Abinadia izany — Maro ny Lamanita niova fo sy nikambana tamin' ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia — Nino an' i Kristy izy ary nitandriana ny lalàn' i Mosesy. Tokony ho 90-77 talohan' i J.K.

ARY indro, ankehitriny ny zavaintranga dia tezitra mafy kokoa ny Lamanita, satria efa novonoiny ny rahalahiny; izany no nianianany ny hamaly faty amin' ny Nefita; ary tsy niezahany intsony ny hamono ny vahoaka "Antia-Nefia-Lehia tamin' izay fotoana izay.

2 Fa naka ny miaramilany kosa izy ary nandeha nankany amin' ny faritry ny sisin-tanin' i Zarahemlà, ary nosovohany ny mponina izay tao amin' ny tanin' i Amônià ary "naringany.

3 Ary taorian' izany, dia nanao ady maro tamin' ny Nefita izy, ka tamin' izany izy dia voatosika sy voavono.

4 Ary tamin' ny Lamanita izay voavono, saika izy rehetra dia "taranak' i Amiolôna sy ny rahalahiny izay mpisoron' i Noà, ary voavonon' ny tanan' ny Nefita izy ireo;

5 Ary ny sisa tavela, rehefa nandositra nankany an-tany foana atsinanana ary nisandoka hery sy fahefana tamin' ny

Lamanita, dia nanao izay "handringanana Lamanita maro tamin' ny afo noho ny finoany —

6 Fa maro "taminy, rehefa avy niaritra famoizana be sy fahorianana maro tokoa, no nanomboka nifoha ho amin' ny fahatsiarovana ny ^bteny izay efa notorian' i Aharôna sy ny rahalahiny taminy tany amin' ny taniny; noho izany izy ireo dia nanomboka tsy nino ny ^dfomban' ny razany sy nino ny Tompo fa Izy no nanome fahefana lehibe ho an' ny Nefita; ary dia toy izany no nisian' ny maro taminy niova fo tany an-tany foana.

7 Ary ny zava-nitranga, ireo mpifehy izay sisa tavela tamin' ny zanak' i "Amiolôna dia nanao izay tokony hamonoana azy ireo ho ^bfaty, eny, ireo rehetra izay nino ireo zavatra ireo.

8 Ankehitriny, izany sorona vavolombelona izany dia nanao izay hambosina ny maro tamin' ny rahalahiny ho tezitra; ary nanomboka nisy fifandirana tany an-tany foana; ary nanomboka "nihaza ny taranak' i Amiolôna sy ny rahalahiny ny Lamanita ary rafitra namono azy ireo; ary nandositra nankany an-tany foana atsinanana izy.

9 Ary indro hazain' ny Lamani-ta mandrak' androany izy. Dia toy izany no nahatanteraka ny tenin' i Abinadia, izay nolazainy momba ny taranaky ny mpisorona izay nanao ny hiaretany fahafatesana tamin' ny afo.

25 1a TSM Antia-Nefia-Lehia.

2a Almà 8:16; 16:9.

4a Môsià 23:35.

5a Môsià 17:15.

6a IE ny Lamanita.

b Almà 21:9.

d Almà 26:24.

7a Almà 21:3; 24:1, 28-30.

b TSM Maritiora.

8a Môsià 17:18.

10 Fa hoy izy taminy: Izay "hataonareo amiko dia tandindon' ny zavatra ho avy.

11 Ary ankehitriny dia i Abinadia no santatr' izay niaritra "fahafatesana tamin' ny afo noho ny finoany an' Andriamanitra; ankehitriny dia izany no tiany holazaina, fa maro no hiaritra fahafatesana amin' ny afo, tahaka ny efa niaretany.

12 Ary nilaza tamin' ny mpi-soron' i Noà izy fa hataon' ny taranany izay hamonoana ny maro ho faty, tahaka ny fomba natao taminy, fa haely patrana lavitra izy ireny ary hovanoina, dia tahaka ny ondry iray tsy manana mpiandry ka enjehina sy vonoin' ny bibidia; ary ankehitriny, indro, ireo teny ireo dia voamarina, satria nenjehin' ny Lamanita izy ireny sady nohazaina sy nokapohina.

13 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny Lamanita fa tsy afaka nandresy ny Nefita izy, dia niverina indray tany amin' ny taniny izy; ary maro taminy no nandeha nonina tany amin' ny tanin' i Ismaela sy ny tanin' i Nefia, ary nikambana tamin' ny vahoakan' Andriamanitra, dia ny vahoaka "Antia-Nefia-Lehia.

14 Ary "naleviny koa ny fitaovam-piadiany araka ny efa nataon' ny rahalahiny, ary nanomboka ho tonga olo-marina izy; ary nandeha tamin' ny lalan' ny

Tompo izy ka niezaka ny hitandrina ny didiny sy ny lalàny.

15 Eny, ary notandremany ny lalàn' i Mosesy; fa nilaina ny mbola hitandremany ny lalàn' i Mosesy, satria tsy tanteraka avokoa izany. Kanefa, na dia teo aza ny "lalàn' i Mosesy, dia nandrindrany ny fiavian' i Kristy, noho ny fiheverana fa ny lalàn' i Mosesy dia "tandindon' ny fiaviany sy ny finoana fa tsy maintsy tandremany ny "fombafomba ivelany mandrapahatongan' ny fotoana izay hanehoana Azy aminy.

16 Ankehitriny dia tsy noheveriny fa ny "famondra dia tonga amin' ny alalan' ny "lalàn' i Mosesy; saingy ny lalàn' i Mosesy dia natao hanamafy ny finoany an' i Kristy; ary dia toy izany no nitehirizany ny "fanantenana tamin' ny alalan' ny finoana, ho amin' ny famondra mandrakizay, niantehitra tamin' ny fanahin' ny faminiana izay nilaza ireo zavatra ho avy ireo.

17 Ary ankehitriny, indro, i Amôna sy i Aharôna, ary i Ômnera sy i Himnia, ary ireo rahalahiny, dia nifaly fatratra tokoa, noho ny fahombiazana izay efa azony teo anivon' ny Lamanita, rehefa nahita fa efa nomen' ny Tompo azy ireo araka ny "fivavany, fa efa nohamarininy taminy koa ny teniny, tamin' ny antsipiriany rehetra.

10a Môsîà 13:10.

11a Môsîà 17:13.

13a Almà 23:16-17.

14a Almà 24:15; 26:32.

15a Jakôba 4:5;

Jarôma 1:11.

TSM Lalàn' i Mosesy.

b Môsîà 3:14-15; 16:14.

d Môsîà 13:29-32.

16a Môsîà 12:31-37;

13:27-33.

b 2 Ne. 11:4.

d 1 Tes. 5:8-9.

17a Almà 17:9.

TOKO 26

Nirehareha tao amin' ny Tompo i Amôna—Nampaherezin' ny Tompo ny olo-mahatoky ary nomena fahalalana—Tamin' ny finoana no nahazoan' ny olona nitondra fanahy an' arivony ho amin' ny fibebahana—Manana ny fahefana rehetra ary mahatakatra ny zavadrehetra Andriamanitra. Tokony ho 90-77 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, ireto no tenin' i Amôna tamin' ny rahalahiny, izay manao toy izao: Ry rahalahiko ara-nofy sy ry rahalahiko ara-panahy, indro lazaiko aminareo, endrey, lehibe ny antony iravoravoantsika; fa moa azon-tsika noheverina va, fony isika "niainga avy tany amin' ny tanin' i Zarahemlà, fa ho nomen' Andriamanitra antsika ny fitahiana lehibe toy izao?

2 Ary ankehitriny, manontany aho, inona no fitahiana lehibe efa natolony antsika? Moa azonareo tenenina?

3 Indro, izaho no hamaly ho anareo; fa tao anatin' ny haizina ny Lamanita rahalahintsika, eny, tao anatin' ny lavaka maizina indrindra aza, nefa indro, "firifiry taminy no entina mba hahita ny fahazavana mahagaga an' Andriamanitra! Ary izany no fitahiana izay efa natolotra antsika, dia ny efa nanaovana antsika ho ^bfitavovana teo an-

tànan' Andriamanitra mba hanatanteraka ity asa lehibe ity.

4 Indro, an' "arivony taminy no miravoravo sy efa entina hankao amin' ny valan' Andriamanitra.

5 Indro, masaka ny tao "antsaha ary notahiana ianareo, fa narosonareo ny ^bantsimeloka sy nojinjainareo tamin' ny herinareo, eny, ny manontolo andro no niasaranareo; ary jereo ny isan' ny ^damboaranareo! Ary ireny dia hangonina ho any an-tsompitra mba tsy ho very foana.

6 Eny, tsy halamaky ny tafiotra amin' ny andro farany ireny; eny, sady tsy horotidrotehan' ny tadio; fa rehefa tonga kosa ny "tafiotra, dia hangonina eo amin' ny toerany ireny mba tsy hahafahan' ny tafiotra miditra ao aminy; eny, sady tsy hindao-sin' ny rivo-mahery na aiza na aiza itiavan' ny fahavalo hitondrana azy ireny.

7 Nefa indro, eo an-tanan' ny Tompom-"bokatra ireny, ary Azy ireny; ary ^bhatsangany ireny amin' ny andro farany.

8 Hotahiana anie ny anaran' Andriamanitsika; aoka isika "hihira ho an' ny lazany, eny, aoka isika hanolotra ^bfisaorana ho an' ny anarany masina, fa Izy dia mampihatra fahamarinana mandrakizay.

9 Satria raha tsy niakatra avy tany an-tanin' i Zarahemlà isika, ireto rahalahintsika tiana sy ankamamiana tokoa ireto, izay

26 1a Môsîà 28:9;
Almà 17:6-11.
3a Almà 23:8-13.
b 2 Kor. 4:5;
Môsîà 23:10.
4a Almà 23:5.

5a Jao. 4:35-37;
F&F 4:4.
b Joe. 3:13.
d F&F 33:7-11; 75:2, 5.
6a Hel. 5:12;
3 Ne. 14:24-27.

7a TSM Fararano.
b Môsîà 23:22;
Almà 36:28.
8a F&F 25:12.
b TSM Misaotra.

efa nitia sy nankamamy tokoa antsika, dia mbola ho nampijalian' ny "fankahalana antsika, eny, ary ho vahiny koa tamin' Andriamanitra izy ireo.

10 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Amôna, dia nandevilevy azy i Aharôna rahalahiny nanao hoe: Ry Amôna, manahy aho sao entin' ny fifalianao mankamin' ny fireharehana ianao.

11 Nefa hoy i Amôna taminy: Izaho tsy "mirehareha ny amin' ny heriko, na koa ny amin' ny fahendreko; nefa indro, feno ny ^bfifaliako, eny, safononoky ny fifaliana ny foko ary hifaly amin' Andriamanitra aho.

12 Eny, fantatro fa tsinontsinona aho; raha ny heriko dia malemy aho; koa tsy "hirehareha ny amin' ny tenako aho, fa hirehareha kosa ny amin' Andriamanitra, fa amin' ny ^bheriny no ahafahako manao ny zavadrehetra; eny, indro, fahagagana mahery maro no efa vitantsika eto amin' ity tany ity, izay hankalazantsika ny anarany mandrakizay.

13 Indro, an' arivony firifiry tamin' ny rahalahintsika no efa novahana tamin' ny fanaintainan' ny "helo; ary izy ireny diaentina ^bhihira ny fitiavana manavotra, ary izany dia noho ny herin' ny teniny izay ao amintsika, noho izany moa va isika tsy manana antony lehibe hifaliana?

14 Eny, manana antony hankalazana Azy mandrakizay isika, satria Izy no Andriamanitra Avo Indrindra, sady efa namaha ny rahalahintsika tamin' ny "gadran' ny helo.

15 Eny, nohodidinin' ny haizina sy ny faharavana maharitra mandrakizay izy; nefa indro, efa nentiny izy hankamin' ny "hazavany maharitra mandrakizay, eny, hankamin' ny famonjena maharitra mandrakizay; ary, izy dia hodidinin' ny hatsaran' ny fitiavany tsy manan-tsahala; eny, ary isika dia efa lasa fitaovana teo an-tanany tamin' ny fanaovana ity asa lehibe sy mahatalanjona ity.

16 Koa aoka isika "hirehareha, eny, ^bhirehareha ao amin' ny Tompo isika; eny, hifaly isika, satria feno ny fifaliantsika; eny, hankalaza an' Andriamanitsika mandrakizay isika. Indro, iza no afaka mirehareha be loatra ao amin' ny Tompo? Eny, iza no afaka milaza be loatra ny amin' ny heriny lehibe sy ny amin' ny "famindrampony ary ny amin' ny faharipony amin' ny zanak' olombelona? Indro, lazaiko aminareo, izaho dia tsy afaka milaza ny ampahany bitika indrindra izay tsapako.

17 Iza no ho nihevitra fa ny Andriamanitsika dia ho feno famindram-po tokoa ka handrombaka antsika hiala amin'

9a Môsà 28:1-2.

11a 2 Kor. 7:14.

b F&F 18:14-16.

TSM Fifaliana.

12a Jer. 9:24;

Almà 29:9.

b Sal. 18:32-40;

Filip. 4:13;

1 Ne. 17:3.

13a TSM Helo.

b Almà 5:26.

14a Almà 12:11.

15a TSM Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy.

16a Roma. 15:17; 2 Tan. 1:31.

b 2 Kor. 10:15-18;

F&F 76:61.

d Sal. 36:5-6.

ny toetsika mamohetra, feno fahotana ary maloto?

18 Indro, nandeha tamim-pahatezerana isika, niaraka tamin' ny fandrahonana be mba "hamongotra ny fiangonany.

19 Ô tamin' izany, nahoana Izy no tsy nanolotra antsika ho amin' ny famongorana mahatsiravina, eny, nahoana Izy no tsy namela ny sabatry ny fahamarinany hianjera amintsika sy tsy nanameloka antsika tamin' ny famoizam-po mandrakizay?

20 Ô, ry fanahiko, miova tsy efa saika nandositra raha mieritritra izany. Indro, tsy nampihariny tamintsika ny fitsarany, fa tamin' ny famindram-pony lehibe kosa no efa nitondrany antsika niala ny "lavaky ny fahafatesana sy ny fahantrana maharitra mandrakizay mba ho famonjena ny fanahintsika.

21 Ary ankehitriny, indro, ry rahalahiko, iza no olona "araka ny nofo ka mahalala ireo zavatra ireo? Lazaiko aminareo fa tsy misy anankiray izay ^b mahalala ireo zavatra ireo afa-tsy ny mibebaka.

22 Eny, izay "mibebaka sy mampihatra ny ^b finoana, ary mamoa asa tsara sy mivavaka lalandava tsy misy fiatoana — ny toa azy no omena mba hahalala ny "misterin' Andriamanitra; eny, ny toa azy no homena mba hanambara ny zavatra izay tsy mbola nambara hatrizay;

eny, homena ny toa azy ny hitondra fanahy an' arivony ho amin' ny fibebahana, dia tahaka ny efa nanomezana antsika mba hitondra ireto rahalahintsika ireto ho amin' ny fibebahana.

23 Ankehitriny, moa tadidinareo va, ry rahalahiko, fa raha nilaza tamin' ny rahalahintsika tany an-tanin' i Zarahemlà isika, fa handeha isika hiakatra any an-tanin' i Nefia, mba hitory amin' ny Lamanita rahalahintsika, dia nihomehy naneso antsika izy?

24 Fa hoy izy tamintsika: Moa mihevitra va ianareo fa ianareo dia afaka mitondra ny Lamanita ho amin' ny fahalalana ny marina? Moa mihevitra va ianareo fa ianareo dia afaka mandresy lahatra ny Lamanita ny amin' ny fahadisoan' ny "fomban' ny razany, amin' ny maha-vahoaka ^b mafy hatoka azy, izay ny fony dia finaritra amin' ny fandatsahan-dra; izay ny androny dia efa noliana tamin' ny heloka bontolo indrindra; izay ny lalany dia efa zary lalan' ny mpandika lalàna hatrany am-piandohana? Ankehitriny ry rahalahiko, dia tadidinareo fa izany no teniny.

25 Ary ankoatra izany dia nilaza izy hoe: Aoka halaintsika ny fiadiana hanoherana azy mba hamongorantsika azy sy ny helony ho foana amin' ny tany, fandrao hanafotra antsika izy ary hamongotra antsika.

18a Mòsià 27:8–10.

20a 2 Ne. 1:13;

Hel. 3:29–30.

21a TSM Olona araka ny Nofo.

b 2 Tan. 2:9–16;

Jakôba 4:8.

22a Almà 36:4–5.

TSM Fibebahana.

b TSM Finoana.

d TSM Misterin'

Andriamanitra.

24a Mòsià 10:11–17.

b Mòsià 13:29.

26 Nefa indro ry rahalahiko malala, tonga tany an-tany foana isika tsy nomban' ny fikasana hamongotra ny rahalahintsika fa niaraka kosa tamin' ny fikasana fa angamba mba ho azon-tsika vonjena ny fanahy sasany aminy.

27 Ankehitriny, nony efa kivy ny fonsika ary efa saika hiverina ilalana isika, dia indro, "nampahery antsika ny Tompo ary nanao hoe: Mandehana any anivon' ny Lamanita rahalahinareo ary zakao ^bamim-paharetana ny ^afahorianareo, ary Izaho no hanome fahombiazana anareo.

28 Ary ankehitriny, indro, efa tonga isika ary efa nandeha tany anivony; ary efa naharitra tamin' ny fijaliantsika isika, sady efa niaritra ny fihafiana rehetra; eny, efa nitety ny isan-trano isika, niantehitra tamin' ny famindram-pon' izao tontolo izao — tsy tamin' ny famindram-pon' izao tontolo izao ihany, fa tamin' ny famindram-pon' Andriamanitra koa.

29 Ary efa niditra ny tranony isika sy nampianatra azy, ary efa nampianatra azy isika teny amin' ny lalany; eny, ary efa nampianatra azy isika teny amin' ny havoany; ary efa niditra ny tempoliny sy ny sinagogany koa isika ary nampianatra azy; ary efa noroahana hiala isika sy notevatevaina sy nororana ary notehafina teo amin' ny takolatsika; ary efa notorahambato isika ary nalaina sy nafa-

totra tamin' ny tady mafy ary natsipy tao am-ponja; ary tamin' ny alalan' ny hery sy ny fahendren' Andriamanitra no efa nanafahana antsika indray.

30 Ary efa niaritra ny karazampahoriana rehetra isika, ary izany rehetra izany dia angamba ny mba hahatonga antsika ho fitaovana hamonjena ny fanahy sasany; ary nihevitra isika fa ho feno ny ^afifaliantsika raha toa angamba isika ka mety ho fitaovana hamonjena ny sasany.

31 Ankehitriny, indro, afaka mijery isika ary mahita ny vokatry ny asantsika; ary moa va vitsy ireny? Lazaiko aminareo, Tsia, "maro ireny; eny, ary afaka mijoro ho vavolombelona ny amin' ny fahatsoram-pony isika, noho ny fitiavany antsika ary ireo rahalahiny koa.

32 Fa indro, naleony nanao "sorona ny ainy toy izay handatsaka ny ain' ny fahavalony; ary efa ^bnaleviny tanaty tany lalina ny fitaovam-piadiany, noho ny fitiavany ireo rahalahiny.

33 Ary ankehitriny, indro lazaiko aminareo, moa va efa nisy fitiavana lehibe toy izany teo amin' ny tany manontolo? Indro lazaiko aminareo, Tsia, tsy nisy, na dia teo amin' ny Nefita aza.

34 Fa indro, ho noraisiny ny fiadiana hanohitra ny rahalahiny; dia tsy ho navelany ny hamonoana ny tenany. Nefa indro, firifiry tamin' ireto no efa nahafoy ny ainy; ary fantatsika fa izy ireny dia efa lasana any

27a Almà 17:9–11.
b TSM Faharetana.
d Almà 20:29–30.

TSM Fahoriana.
30a F&F 18:15–16.
31a Almà 23:8–13.

32a Almà 24:20–24.
b Almà 24:15.

amin' Andriamaniny, noho ny fitiavany sy ny fankahalany ny fahotana.

35 Ankehitriny, moa tsy manana antony hifaliana va isika? Eny, lazaiko aminareo, tsy nisy na oviana na oviana olona izay nanana antony lehibe loatra hiravoravoana toa antsika, hatry ny niandohan' izao tontolo izao; eny, ary entanim-pifaliana aho ka mampirehareha ahy amin' Andriamanitro; fa ananany ny ^ahery rehetra, ny fahendrena rehetra ary ny fahazavan-tsaina rehetra; ^bazony ny zava-drehetra, ary Izy no Ilay ^afenô famindram-po ho famonjena ireo izay te hibe-baka sy hino ny anarany.

36 Ankehitriny, raha izany no fireharehana, dia hirehareha toa izany aho; fa izany no fiainako sy fahazavako, fifaliako sy famonjena ahy ary fanavotana ahy amin' ny loza maharitra mandrakizay. Eny, hotahiana anie ny anaran' Andriamanitro izay efa nahatsiaro ny olony izay ^asampan' ny hazon' i Isiraely, izay efa very niala tamin' ny fotony tany an-tany hafa; eny, hoy aho, hotahiana anie ny anaran' Andriamanitro izay efa nahatsiaro antsika ^bmpirenireny an-tany hafa.

37 Ankehitriny ry rahalahiko, dia hitantsika fa Andriamanitra dia mahatsiaro ny ^avahoaka tsirairay, na aiza na aiza tany mety misy azy; eny, manisa

ny vahoakany Izy, ary ny kibon' ny famindram-pony dia manerana ny tany manontolo. Ankehitriny, izany no fifalianako sy fanati-tsaotra ko lehibe; eny, hanati-tsaotra ho an' Andriamanitro mandrakizay aho. Amena.

TOKO 27

Nandidy an' i Amôna ny Tompo hitarika ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia hankamin' ny toerana azo antoka—Nandany ny herin' i Amôna ny hafaliany tamin' ny fihaonany tamin' i Almà—Nomen' ny Nefita ny Antia-Nefia-Lehia ny tanin' i Jersôna—Nantsoina hoe ny vahoakan' i Amôna izy. Tokony ho 90–77 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, nony efa nahita ny Lamanita izay efa nandeha niady tamin' ny Nefita, taorian' ny adiny maro mba hamongotra azy, fa zava-poana ny mikatsaka ny famongorana azy, dia niverina indray tany an-tanin' i Nefia izy.

2 Ary ny zava-nitranga dia tezitra izaitsizy tokoa ny Amalekita noho ny fahavoazany. Ary nony hitany fa tsy afaka namaly faty tamin' ny Nefita izy, dia nanomboka namoky ny olona izy ho tezitra, hanohitra ny vahoaka ^aAntia-Nefia-Lehia ^brahalahiny; noho izany dia rafitra indray izy namongotra azy.

3 Ankehitriny izany vahoaka

35a TSM Hery.

b F&F 88:41.

d TSM Famindram-po.

36a Gen. 49:22–26;

Jakôba 2:25; 5:25.

b Jakôba 7:26.

37a Asa 10:34–35;

2 Ne. 26:33.

27a Almà 25:1.

TSM Antia-Nefia-Lehia.

b Almà 43:11.

izany dia nandà “indray ny handray ny fiadiany sy namela ny tenany hovonoina araka ny fanirian’ ny fahavalony.

4 Ankehitriny, i Amôna sy ny rahalahiny, rehefa nahita ity asa fandranganana ity teo anivon’ ireo izay tiany sy nankamamiany tokoa sy teo anivon’ ireo izay efa nitia sy nankamamy azy ireo tokoa — satria izy ireo dia noraisina miova tsy ny anjely nirahin’ Andriamanitra hamonjy azy amin’ ny faharavana maharitra mandrakizay — noho izany, rehefa nahita ity asa famongorana lehibe ity i Amôna sy ny rahalahiny, dia nentanin’ ny fangorahana izy ireo, ary “hoy ireo tamin’ ny mpanjaka:

5 Aoka isika hanangona ity vahoakan’ ny Tompo ity, ary aoka isika handeha hidina any antanin’ i Zarahemlà, any amin’ ny Nefita rahalahintsika, ary handositra hiala ny tãnan’ ny fahavalontsika, mba tsy hahafongotra antsika.

6 Nefa, hoy ny mpanjaka taminy: Indro, hamongotra anay ny Nefita, noho ireo famonoana olona sy fahotana maro efa nataonay taminy.

7 Ary hoy i Amôna: Handeha aho ary hanadina ny Tompo, ary raha milaza amintsika Izy hoe, mandehana midina any amin’ ny rahalahinareo, moa handeha va ianareo?

8 Ary hoy ny mpanjaka taminy: Eny, raha lazain’ ny Tompo aminay hoe mandehana, dia handeha izahay hidina any

amin’ ny rahalahinay, ary ho andevony izahay mandrapanonitray aminy ny famonoana olona sy ny fahotana maro izay efa nataonay taminy.

9 Nefa hoy i Amôna taminy: Mifanohitra amin’ ny lalàn’ ny rahalahintsika, izay efa nataon’ ny raiko, ny mety hisian’ ny “andevo eo anivony; noho izany dia handeha isika hidina sy hitoky amin’ ny famindram-pon’ ny rahalahintsika.

10 Nefa hoy ny mpanjaka taminy: Adino ny Tompo, ary raha lazainy izahay hoe mandehana, dia handeha izahay; raha tsy izany dia ho faty eto amin’ ny tany izahay.

11 Ary ny zava-nitranga dia nandeha i Amôna ary nanadina ny Tompo, ary hoy ny Tompo taminy:

12 Ento ity vahoaka ity hiala ity tany ity mba tsy ho faty izy; fa i Satana dia efa nahazo vahana be tamin’ ny fon’ ny Amalekita izay mamoky ny Lamanita ho tezitra amin’ ny rahalahiny mba hamonoana azy; noho izany dia mandehana ianao miala ity tany ity; ary hotahiana ity vahoaka ity amin’ ity taranaka ity, fa hotsimbiniko izy.

13 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nandeha i Amôna ary niteny tamin’ ny mpanjaka ny teny rehetra izay efa nolazain’ ny Tompo taminy.

14 Ary novoriany miaraka ny vahoakany rehetra, eny, ny vahoakan’ ny Tompo rehetra, izay nanangona miaraka ny biby

fiompiny rehetra sy niainga niala ny tany ary tonga tany antany foana izay nanasaraka ny tanin' i Nefia tamin' ny tanin' i Zarahemlà, ary tonga tany akaikin' ny sisin-tany.

15 Ary ny zava-nitranga dia hoy i Amôna taminy: Indro, izaho sy ny rahalahiko dia handeha hankany an-tanin' i Zarahemlà, ary hitoetra eto ianareo mandrapiverinay; ary hozahanay ny fon' ny rahalahinay raha tiany ny hidiranareo ny taniny.

16 Ary ny zava-nitranga, raha nandeha niditra ny tany i Amôna, dia nihaona tamin' i Almà izy sy ny rahalahiny teo amin' ny "toerana izay efa voalaza; ary indro, izany dia fihaonana feno hafaliana.

17 Ankehitriny, ny "fifalian' i Amôna dia lehibe loatra ka henika izy; eny, voatelina tao amin' ny fifalian' Andriamani-^atra izy, mandra-^bpahalany ny heriny; ary niankarapoka tamin' ny tany "indray izy.

18 Ankehitriny, moa va izany tsy fifaliana tafahoatra? Indro, izany no hafaliana izay tsy misy mandray afa-tsy ny olona mibebaka marina tokoa sy ny mpikatsaka fiadanana miety tena.

19 Ankehitriny, ny hafalian' i Almà tamin' ny fihaonany tamin' ny rahalahiny dia lehibe tokoa, ary koa ny fifalian' i Aharôna, ny an' i Ômnera, ary ny an' i Himnia; kanefa, indro ny fifaliany dia tsy Ilay mihoatra ny heriny.

20 Ary ankehitriny, ny zava-

nitranga dia notarihin' i Almà ny rahalahiny hiverina any an-tanin' i Zarahemlà, hankany an-tranony mihitsy. Ary nandeha izy ireo sy nitantara tamin' ny "lohan' ny mpitsara ny zava-^atra rehetra izay efa nanjo azy ireo tany an-tanin' i Nefia, tany anivon' ny Lamanita rahalahiny.

21 Ary ny zava-nitranga dia nandefa filazana eran' ny tany manontolo ny lohan' ny mpitsara, naniry ny feon' ny vahoaka momba ny fampidirana ny rahalahiny, dia ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia.

22 Ary ny zava-nitranga dia tonga ny feon' ny vahoaka, nanao hoe: Indro, ho foinay ny tanin' i Jersôna, izay ao atsianana akaikin' ny ranomasina, izay mifandray amin' ny tanin' i Soafeno, izay ao atsimon' ny tanin' i Soafeno; ary io tanin' i Jersôna io no tany izay homenay ny rahalahinay ho lova.

23 Ary indro, hametraka ny miaramilanay eo anelanelan' ny tanin' i Jersôna sy ny tanin' i Nefia izahay mba hahazoanay miaro ny rahalahinay any antanin' i Jersôna; ary izany no ataonay ho an' ny rahalahinay dia noho ny fahatahorany handray fiadiana hanohitra ny rahalahiny, fandrao hahavita fahotana izy; ary izany fahatahorany lehibe izany dia tonga noho ny fibebahany naharary izay nataony noho ny famonoany olona maro sy ny faharatsiany mahatsiravina.

24 Ary ankehitriny, indro izany

16a Almà 17:1–4.
17a TSM Fifaliana.

b 1 Ne. 1:7.
d Almà 19:14.

20a Almà 4:16–18.

no hataonay ho an' ny rahalahinay mba hahazoany mandova ny tanin' i Jersôna; ary hiambina azy amin' ny fahavalony miaraka amin' ny miaramilanay izahay raha tahiny ka homeny anay ny ampahany amin' ny fananany hanampiana anay mba hahazoanay mikarakara ny miaramilanay.

25 Ankehitriny ny zava-nitranga nony efa nandre izany i Amôna, dia niverina tany amin' ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia izy, ary i Almà koa dia niaraka taminy, nankany an-tany foana izay efa nananganany ny lainy, ary nampahafantatra azy ireo zavatra rehetra ireo. Ary notantarain' i Almà taminy koa ny "fiovam-pony, niaraka tamin' i Amôna sy i Aharôna ary ireo rahalahiny.

26 Ary ny zava-nitranga dia niteraka fifaliana be izany teo anivony. Ary nandeha izy nidina nankany an-tanin' i Jersôna ary nandray ny fizakana ny tanin' i Jersôna; ary nantsoin' ny Nefita hoe ny vahoakan' i Amôna izy, noho izany izy dia navahana tamin' izany anarana izany hatramin' izay.

27 Ary teo anivon' ny vahoakan' i Nefia izy, ary noraisina koa ho isan' ny vahoaka izay isan' ny fiangonan' Andriamanitra. Ary niavaka koa izy noho ny zotom-pony tamin' Andriamanitra ary koa tamin' ny olona; fa "mahitsy sy marin-toetra tanteraka tokoa izy tamin' ny zavadrehetra; ary ^bniorina tamin'

ny finoana an' i Kristy hatramin' ny farany izy.

28 Ary izy dia nihevitra ny fandatsahan-dra ny rahalahiny tamin' ny rikoriko indrindra; ary tsy azo noresen-dahatra na oviana na oviana izy mba handray fiadiana hanohitra ny rahalahiny; ary tsy nihevitra na oviana na oviana ny fahafatesana tamin' ny horohoro faran' izay kely indrindra izy, noho ny fanantenany sy ny fijeriny an' i Kristy sy ny fitsanganana amin' ny maty; noho izany, ho azy, ny fahafatesana dia efa voatelin' ny fandresen' i Kristy.

29 Koa naleony niaritra "fahafatesana tamin' ny fomba maharary sy mangirifiry indrindra, izay mety ho nampiharina ny rahalahiny, toy izay handray ny sabatra na ny simetera hamelezana azy.

30 Ary dia toy izany no nahavahoaka mazoto sy lalaina azy, dia vahoaka nankasitrahan' ny Tompo fatratra tokoa.

TOKO 28

Ny nandresena ny Lamanita tamin' ny ady goaibe—An' alinalina no voavono—Ahiboka ao amin' ny toetry ny fahoriana tsisy farany ny olon-dratsy; ny fahatratrarana ny marina ny fiadanana tsy mifarana na oviana na oviana. Tokony ho 77–76 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, taorian' ny efa nampiorena-na teo amin' ny tanin' i "Jersôna

25a Môsîà 27:10–24.

27a TSM Fahamarinan-

toetra.

b Almà 23:6.

29a Almà 24:20–23.

28 1a Almà 27:22; 30:1, 19.

ny vahoakan' i Amôna sy efa niorenan' ny fiangonana iray koa teo amin' ny tanin' i Jersôna ary efa nitobian' ny miaramilan' ny Nefita manodidina ny tanin' i Jersôna, eny, tamin' ny sisintany rehetra nanodidina ny tanin' i Zarahemlà; dia indro efa nanaraka ny rahalahiny tany an-tany foana ny miaramilan' ny Lamanita.

2 Ary dia toy izany no nisian' ny ady goaibe; eny, na dia tsy mbola fahita na oviana na oviana aza ny toy izany teo anivon' ny mponina rehetra teo amin' ny tany, hatramin' ny fotoana nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema; eny, ary an' alinalina ny Lamanita voavono sy naely patrana lavitra.

3 Eny, ary nisy koa fandripanahana goaibe teo anivon' ny vahoakan' i Nefia; na dia teo aza izany dia "voatosika sy nihahaka ny Lamanita, ary niverina indray teo amin' ny taniny ny vahoakan' i Nefia.

4 Ary ankehitriny dia izany no fotoana izay nisian' ny fitomanihana sy fitolokoana lehibe re nanerana ny tany manontolo, teo anivon' ny vahoakan' i Nefia rehetra —

5 Eny, ny fidradradradran' ny mpitondratena mitomany ny vadiny, ary koa ny ray mitomany ny zanany sy ny zanakavavy mitomany ny anadahiny, eny, ny anadahy mitomany ny ray; ary dia toy izany no nandrehsana ny fidradradradran' ny tomany teo anivon' izy rehetra,

mitomany ny havany izay efa voavono.

6 Ary ankehitriny, marina tokoa fa andro feno alahelo izany; eny, fotoan' ny fahamaotona, ary fotoan' ny "fifadian-kanina sy ny fivavahana fatratra.

7 Ary dia nifarana toy izany ny taona fahadimy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia;

8 Ary dia toy izany no fitantarana' i Amôna sy ny rahalahiny ny diany tany an-tanin' i Nefia, ny fijaliany teo amin' ny tany, ny alahelony sy ny fahoriany ary ny fifaliany "tsy takatry ny saina ary ny fandraisana sy ny fandriampahaleman' ny rahalahy tany an-tanin' i Jersôna. Ary ankehitriny, enga anie ny Tompo, Mpanavotra ny olona rehetra, ka hitahy ny fanahiny mandrakizay.

9 Ary izany no fitantarana ny ady sy ny fifandirana teo anivon' ny Nefita, ary koa ny ady teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita; ary nifarana ny taona fahadimy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara.

10 Ary hatramin' ny taona voalohany ka hatramin' ny taona fahadimy ambin' ny folo no efa nitranga ny fandripanahana aina an' arivony maro; eny, izany dia efa nampiseho ny toe-javatra mahatsiravin' ny fandatsahan-dra.

11 Ary nofo an' arivony maro no milevina ao anaty tany raha nofo an' arivony maro no "mihintsana, mivangongo eo ambonin' ny tany; eny, ary an'

arivony maro no ^bmitomany ny fahalasanan' ny havany, noho izy ireo manana antony atahorana, araka ny fampantanenan' ny Tompo, fa hahiboka ao amin' ny toetry ny fahoriana tsisy fiafarany izy ireo.

12 Raha an' arivony maro hafa no mitomany marina tokoa ny fahalasanan' ny havany, kanefa dia mifaly sy miravoravo ao amin' ny fanantenana izy ireo, ary fantany, araka ny "fampantanenan' ny Tompo, fa hatsangana izy ireo mba hitoetra eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra, ao amin' ny toetry ny fiadanana tsy mifarana na oviana na oviana.

13 Ary dia toy izany no ahitantsika ny mahalehibe ny "tsy fitovian' ny olona noho ny fahotana sy ny fandikan-dalàna, ary ny herin' ny devoly, izay tonga amin' ny alalan' ny ^btetika mametsifetsy izay efa nosaintsaininy hamandrihana ny fon' ny olona.

14 Ary dia toy izany no ahitantsika ny antso lehibe ho amin' ny fahazotoan' ny olona mba hiasa ao amin' ny "tanimoaloboky ny Tompo; ary dia toy izany no ahitantsika ny antony lehibe mampalahelo ary koa mampifaly —alahelo noho ny fahafatesana sy ny fandranganana teo anivon' ny olona, ary fifaliana noho ny ^bfahazavan' i Kristy ho fiainana.

TOKO 29

Naniry ny hiantsoantso fibebahana araka ny fahazotoan' ny anjely i Almà—Nomen' ny Tompo mpampianatra ny firenena rehetra—Nirehareha ny amin' ny asan' ny Tompo sy ny amin' ny fahombiazan' i Amôna sy ny rahalahiny i Almà. Tokony ho 76 talohan' i J.K.

Ô, INAY anie aho anjely, ary nety nanana ny fanirian' ny foko mba hahazoako mandeha sy miteny miaraka amin' ny trompetran' Andriamanitra, amin' ny feo mampihorohoro ny tany sy miantsoantso fibebahana amin' ny vahoaka tsirairay!

2 Eny, holazaiko ny fanahy tsirairay, miova tsy ny feon' ny kotro-baratra, ny fibebahana sy ny drafitry ny fanavotana mba hibebahany sy "hanatonany an' Andriamanitsika, mba tsy hisy alahelo intsony eo amin' ny lafiny rehetra amin' ny tany.

3 Nefa indro, izaho dia olona, ary manota aho amin' ny fani-riako; satria tokony ho faly aho amin' ny zavatra izay efa nozarain' ny Tompo ho ahy.

4 Tsy tokony hokorontaniko noho ny faniriako ny didy hentitra an' Ilay Andriamanitra marina, satria fantatro fa tovinny amin' ny olona araka ny "fanirian' izy ireo, na izany ho fahafatesana, na ho fiainana; eny, fantratro fa zarainy amin' ny

11b Almà 48:23;
F&F 42:45–46.

12a Almà 11:41.

13a 1 Ne. 17:35.

b 2 Ne. 9:28.

14a TSM Tanimbolin' ny
Tompo.

b TSM Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy.

29 2a Ômnia 1:26;

3 Ne. 21:20.

4a Sal. 37:4.

olona, eny, didiany ho azy ireo ny didy izay tsy azo ovana araka ny ^bsitrapon' izy ireo, na izany ho famonjena, na ho fandravana.

5 Eny, ary fantatro fa ny tsara sy ny ratsy dia efa tonga teo anoloan' ny olon-drehetra; izay tsy mahalala ny tsara sy ny ratsy dia tsisy tsiny; fa izay ^a“mahalala ny tsara sy ny ratsy kosa dia izy no omena araka ny faniriany, na izy maniry ny tsara na ny ratsy, na ny fiainana na ny fahafatesana, na ny fifaliana na ny fanenenan' ny ^bfieritreretana.

6 Ankehitriny, satria fantatro ireo zavatra ireo, nahoana aho no haniry mihoatra noho ny fanatontosana ny asa izay efa niantsoana ahy?

7 Nahoana aho no haniry ny ho tonga anjely mba hahazoako miteny amin' ny faran' ny tany rehetra?

8 Fa indro, ny Tompo dia manome ny ^a“firenena rehetra olona avy amin' ny firenena sy ny ^bfiteniny avy ihany mba hampianatra ny teniny, eny, amimpahendrena, dia izay rehetra ^dhitany fa rariny ny tokony hananan' izy ireo izany; noho izany dia hitantsika fa ny Tompo dia mananatra amimpahendrena araka izay mahitsy sy marina.

9 Fantatro izay efa andidian' ny Tompo ahy, ary mirehareha amin' izany aho. Izaho tsy ^a“mirehareha ny amin' ny tenako, fa

mirehareha kosa ny amin' izay efa andidian' ny Tompo ahy; eny, ary izao no reharehako dia ny hahatonga ahy angamba ho fitaovana eo an-tanan' Andriamanitra ka hitondra ny fanahy sasany hankamin' ny fibebahana; ary dia izany no fifaliako.

10 Ary indro, rehefa mahita ny maro amin' ny rahalahiko mivalo marina tokoa aho sy manatona ny Tompo Andriamaniny, amin' izany ny fanahiko dia heniky ny fifaliana; amin' izany dia tsaroako ^a“izay efa nataon' ny Tompo tamiko, eny, fa efa nohenoiny ny fivavako; eny, amin' izany dia tsaroako ny sandriny feno famindram-po, izay efa natsotrany tany amiko.

11 Eny, ary tsaroako koa ny fahababoan' ny razako; satria fantatro marina tokoa fa ny ^a“Tompo no nanafaka azy tamin' ny famatorana, ary tamin' izany no nanorenany ny fiangonany; eny, ny Tompo Andriamanitra, ny Andriamanitr' i Abrahama, ny Andriamanitr' i Isaka ary ny Andriamanitr' i Jakoba no nanafaka azy tamin' ny famatorana.

12 Eny, efa nahatsiaro mandrakariva ny fahababoan' ny razako aho; ary io Andriamanitra io ihany izay ^a“nanafaka azy tamin' ny tanan' ny Egyptiana no nanafaka azy tamin' ny famatorana.

13 Eny, ary io Andriamanitra io ihany no nanorina ny fiango-

4b TSM Safidy.
5a 2 Ne. 2:18, 26;
Môrô. 7:15-19.
TSM Mamantatra,
Fanomezam-

pahasoavana Hoenti-
b TSM Fieritreretana.
8a 2 Ne. 29:12.
b F&F 90:11.
d Almà 12:9-11.

9a Almà 26:12.
10a Môsià 27:11-31.
11a Môsià 24:16-21;
Almà 5:3-5.
12a Eks. 14:30-31.

nany teo anivony; eny, ary io Andriamanitra io ihany no efa niantso ahy tamin' ny antso masina mba hitory ny teny amin' ity vahoaka ity sy efa n-anome ahy fahombiazana be, hany ka feno ny "fifaliako.

14 Nefa tsy mifaly amin' ny fahombiazako irery aho, fa ny fifaliako kosa dia feno kokoa noho ny "fahombiazan' ny rahalahiko izay efa niakatra tany an-tanin' i Nefia.

15 Indro, efa nilofo fatratra tokoa izy ireo ary efa namoa voa betsaka; ka endrey ny halehiben' ny valisoany!

16 Ankehitriny, rehefa mieritreritra ny fahombiazan' ireto rahalahiko ireto aho, dia lasalasa ny fanahiko, toy ny misaraka amin' ny vatana mihitsy, fa lehibe loatra ny fifaliako.

17 Ary ankehitriny, hotovin' Andriamanitra amin' ireto rahalahiko ireto anie ny hahazoany mipetraka ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra; eny, ary koa ireo rehetra izay vokatra ny asany mba tsy hivoahany intsony, fa mba hahazoan' ireo kosa mankalaza Azy mandrakizay. Ary hotovin' Andriamanitra anie ny hahazoana manao izany, araka ny teniko dia toy izay efa nola-zaiko. Amena.

TOKO 30

I Kôrihôra ilay antikristy dia namingavina an' i Kristy, ny Sorompanavotana, ary ny fanahin'

ny faminania—Nampianariny fa tsy misy Andriamanitra, tsy misy ny fahalavoan' ny olona, tsy misy ny famaizana noho ny ota, ary tsy misy i Kristy—Nambaran' i Almà fa ho avy i Kristy, ary ny zavatra rehetra dia maneho fa misy Andriamanitra—Nangataka famantarana i Kôrihôra, ary nozoin' ny hamoanana izy—Efa niseho tamin' i Kôrihôra toy ny anjely ny devoly sy nampianatra azy izay holazainy—Voahosihosy i Kôrihôra ary maty. Tokony ho 76–74 talohan' i J.K.

INDRO, ankehitriny, ny zavaintranga taorian' ny nampiore-nana ny "vahoakan' i Amôna teo amin' ny tanin' i Jersôna, eny, ary koa taorian' ny ^bnanosehana ny Lamanita hiala ny tany sy ny nandevenan' ny mponin' ny tanàna ny maty taminy—

2 Ankehitriny ny maty taminy dia tsy nisaina noho ny halehiben' ny isany; tsy nisaina koa ny maty tamin' ny Nefita—fa ny zava-nitranga kosa taorian' ny efa nandevenana ny maty taminy, ary koa taorian' ny andro fifadian-kanina sy fitomaniana ary fivavahana (ary izany dia tamin' ny taona fahe-nina ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia), dia nanomboka nisy fandriampahalemana lalandava eran' ny tany manontolo.

3 Eny, ary noezahan' ny vahoaka ny hitandrina ny didin' ny Tompo; ary nahasarotiny azy

ny fanarahana ny “ôrdônansin’ Andriamanitra, araka ny lalàn’ i Mosesy; satria nampianarina azy ny ^bhitandrina ny lalàn’ i Mosesy mandra-pahatanterak’ izany.

4 Ary dia toy izany no tsy nisian’ ny fanelingelenana ny vahoaka tamin’ ny taona fahe-nina ambin’ ny folo manontolo nitondran’ ny mpitsara teo amin’ ny vahoakan’ i Nefia.

5 Ary ny zava-nitranga, tamin’ ny fiandohan’ ny taona fahafito ambin’ ny folon’ ny fitondran’ ny mpitsara dia nisy fandriam-pahalemana tsy tapaka.

6 Saingy ny zava-nitranga tamin’ ny faramparan’ ny taona fahafito ambin’ ny folo, dia nisy olona iray tonga teo amin’ ny tanin’ i Zarahemlà, ary izy dia “Antikristy fa nanomboka nitory tamin’ ny vahoaka izy, nanohitra ny faminiana izay efa nolazain’ ny mpaminany momba ny fiavian’ i Kristy.

7 Ankehitriny dia tsy nisy lalàna nanohitra ny “finoan’ ny olona iray; satria mifanohitra indrindra amin’ ny didin’ Andriamanitra ny hisian’ ny lalàna izay hametraka ny olona amin’ ny toerana tsy mitovy.

8 Fa izao no lazain’ ny soratra masina: “Fidionareo anio izay hotompoinareo.

9 Ankehitriny raha naniry ny hanompo an’ Andriamanitra ny olona iray, dia zony izany; na ny marimarina kokoa, raha nino

an’ Andriamanitra izy dia zony ny hanompo Azy; fa raha tsy nino Azy izy dia tsy nisy lalàna mba hanafay azy.

10 Fa raha namono olona izy dia nafaizina ho “faty; ary raha nandroba izy, dia nafaizina ihany koa; ary raha nangalatra izy, dia nafaizina ihany koa; ary raha nahavita fijangajangana izy, dia nafaizina ihany koa; eny, ny amin’ ireo faharatsiana rehetra ireo, dia nafaizina izy.

11 Satria nisy ny lalàna izay tokony hitsarana ny olona araka ny helony. Kanefa dia tsy nisy lalàna nanohitra ny finoan’ ny olona iray; noho izany, ny olona iray dia nafaizina noho ny heloka izay efa vitany ihany; noho izany ny olona rehetra dia “nitovy zo.

12 Ary ity Antikristy ity, izay i Kôrihôra no anarany, (ary ny lalàna dia tsy nety nanankery taminy), dia rafitra nitory tamin’ ny vahoaka fa tsy tokony hisy i Kristy. Ary toy izao no fomba nitoriany, nanao hoe:

13 He, ianareo izay voafatotry ny fanantenana adaladala sy poak’ aty, nahoana ianareo no manazioga ny tenanareo amin’ ny zavatra adaladala toy izany? Nahoana ianareo no miandrandra an’ i Kristy? Fa tsy misy olona mety hahalala ny amin’ ny zavatra izay ho avy.

14 Indro, ireo zavatra izay antsoinareo hoe faminiana izay lazainareo fa natolotry ny mpa-

3a TSM Lalàn’ i Mosesy.
b 2 Ne. 25:24-27;
Almà 25:15.
6a TSM Antikristy.

7a Almà 1:17.
8a Jos. 24:15.
TSM Safidy.
10a TSM Famaizana ho

Faty.
11a Môsià 29:32.

minany masina, indro ireo dia fomba adaladalan' ny razanareo.

15 Ahoana no ahafantaranareo ny maha azo antoka azy ireny? Indro, tsy azonareo fantarina ny amin' ny zavatra izay tsy "hitanareo; noho izany dia tsy azonareo fantarina fa hisy i Kristy.

16 Banjininareo ny ho avy sy lazainareo fa hitanareo ny fanesorana ny fahotanareo. Nefa indro izany dia vokatry ny saina mirediredy; ary izany fahavoazan' ny sainareo izany dia avy amin' ny fomban' ny razanareo, izay mitarika anareo hankamin' ny finoana ny zavatra izay tsy izy.

17 Ary zavatra maro toy izany no nolazainy azy, nitenenany taminy fa tsy mety hisy ny sorompanavotana natao ho an' ny fahotan' ny olona, fa ny olona tsirairay kosa dia nandia izao fiainana izao arakaraka ny niondrany ny tenany; noho izany ny olona tsirairay dia niroborobo araka ny halalanan-tsainy, ary ny olona tsirairay dia nandresy araka ny heriny; ary na inona na inona nataon' ny olona iray dia tsy heloka.

18 Ary dia toy izany no notoriany taminy, nampaniasia ny fon' ny maro, nanao izay hanatrakany ny lohany tao amin' ny faharatsiany, eny, nitarika vehivavy maro ary koa lehilahy hanao fijangajangana — nitenenany taminy fa rehefa maty ny olona iray, dia izay no vita ny aminy.

19 Ankehitriny izany lehilahy

izany dia nandeha nankany antanin' i Jersôna koa mba hitory ireo zavatra ireo amin' ny vahoakan' i Amôna, izay vahoaka Lamanita fahiny.

20 Nefa indro, hendry kokoa izy noho ny maro tamin' ny Nefita; fa nalainy izy ary nafatony sy nentiny teo anoloan' i Amôna izay mpisorona avo teo amin' ity vahoaka ity.

21 Ary ny zava-nitranga dia nataony izay hitondrana azy hivoaka ny tany. Ary nandeha nankany antanin' i Gideôna izy ary rafitra nitory taminy koa; ary tao dia tsy nahazo fahombiazana firy izy, satria nalaina izy ary nafatotra sy nentina teo anatrehan' ny mpisorona avo ary koa ny lohan' ny mpitsara teo amin' ny tany.

22 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny mpisorona avo taminy: Nahoana ianao no mandeha mamilivily ny lalan' ny Tompo? Nahoana ianao no mampianatra ity vahoaka ity fa tsy hisy i Kristy mba hampitsahatra ny firavoravoany? Nahoana ianao no miteny manohitra ny faminiana rehetra an' ny mpaminany masina?

23 Ankehitriny ny anaran' ny mpisorona avo dia Gidônà. Ary hoy i Kôrihôra taminy: Satria tsy ampianariko ny fomba adaladalan' ny razanareo, ary satria tsy ampianariko ity vahoaka ity ny hamatotra ny tenany amina ôrdônansy sy fombafomba adaladala izay efa napetraky ny mpisorona fahiny mba hisando-

hana hery sy fahefana aminy, mba hihazona azy ao amin' ny tsy fahalalana ka tsy hahazoany manatraka ny lohany, fa mba hampietrena azy kosa araka ny teninao.

24 Lazainareo fa ity vahoaka ity dia vahoaka afaka. Indro, lazaiko fa ao amin' ny famatorana izy. Lazainareo fa marina ireo faminiana fahiny ireo. Indro, lazaiko fa tsy fantatrareo fa marina ireo.

25 Lazainareo fa ity vahoaka ity dia vahoaka meloka sy lavo noho ny fandikan-dalàn' ny ray aman-dreny anankiray. Indro, lazaiko fa tsy meloka ny zaza iray noho ny ray aman-dreniny.

26 Ary lazainareo koa fa ho avy i Kristy. Nefa indro lazaiko fa tsy fantatrareo fa hisy i Kristy. Ary lazainareo koa fa hovooina Izy noho ny "fahotan' izao tontolo izao—

27 Ary dia toy izany no hitarihanareo ity vahoaka ity hanaraka ny fomba adaladalan' ny razanareo sy araka ny faniriana-reo ihany; ary hazoninareo izy hitotonganana, toy ireny amin' ny famatorana ireny mba hahazoan' ny tenanareo mibosibosika ny asan' ny tànany, ka tsy hasahiany mitraka amimpahasahiana sy tsy hasahiany mifaly amin' ny zony sy ny tombontsoany.

28 Eny, tsy sahin' ny mampiasa izay azy fandrao izy hanafintohina ny mpisorony izay manazioga azy araka ny fani-

riany ary efa nitarika azy hino tamin' ny alalan' ny fombany sy ny nofiny, ary ny haitraitrany sy ny fahitany ary izay ihamboany ho misteriny, fa raha tsy manao araka ny teniny izy, dia hanafintohina mananaina iray tsy fantatra, izay lazainy ho Andriamanitra—dia mananaina iray izay tsy mbola hita na fantatra na oviana na oviana, izay tsy nisy na oviana na oviana ary tsy hisy na oviana na oviana.

29 Ankehitriny, rehefa hitan' ny mpisorona avo sy ny lohan' ny mpitsara ny hamafin' ny fony, eny, rehefa hitany fa izy dia hanaratsy na dia an' Andriamanitra aza, dia tsy novaliany ny teniny; fa nataony kosa izay hamatorana azy; dia natolony ho eo an-tanan' ny sakaizambohitra izy ary nalefany hankany an-tanin' i Zarahemlà, mba hahazoana mitondra azy eo anoloan' i Almà sy ny lohan' ny mpitsara izay governora nanerana ny tany manontolo.

30 Ary ny zava-nitranga rehefa nentina teo anoloan' i Almà sy ny lohan' ny mpitsara izy, dia notohizany ihany ny fombany, toy ny nataony tany an-tanin' i Gideôna; eny, notohizany ny "fanevatevana.

31 Ary nanandra-peo teo anoloan' i Almà izy tamin' ny teny "manodoka be ary nanaratsy ny mpisorona sy ny mpampianatra, niampanga azy ireo ho mitarika ny olona hanaraka ny fomba adaladalan' ireo razany,

noho ny famosibosehana ny asan' ny vahoaka.

32 Ankehitriny dia hoy i Almà taminy: Fantatrao fa tsy mam-pibosibosika ny tenanay amin' ny asan' ity vahoaka ity izahay; satria indro efa nampiasa ny tanako aho na dia hatramin' ny fiandohan' ny fitondran' ny mpitsara aza ka mandraka androany mba hamelomako ny tenako, na dia teo aza ny diako maro nanerana ny tany mba hilaza ny tenin' Andriamanitra amin' ny vahoakako.

33 Ary na dia teo aza ny asa maro izay efa notontosaiko tao amin' ny fiangonana, dia tsy nandray na oviana na oviana na dia ny "senina iray aza aho tamin' ny asako; tsy misy koa na dia iray aza tamin' ny rahalahiko nanao izany, afa-tsy tao amin' ny toeram-pitsarana; ary tamin' izany izahay dia tsy nandray araka ny lalàna afa-tsy ny fotoanay.

34 Ary ankehitriny, raha tsy mandray na inona na inona izahay amin' ny asanay ao amin' ny fiangonana, inona no tombontsoanay miasa ao amin' ny fiangonana, raha tsy ny milaza ny marina mba hahazoanay manam-pifaliana ao amin' ny "fifalian' ny rahalahinay?

35 Koa nahoana no lazainao fa izahay dia mitory amin' ity vahoaka ity mba hahazoana harena, raha ianao, ny tenanao ihany, dia mahafantatra fa tsy mandray harena izahay? Ary ankehitriny, mino va ianao fa

mamitaka ity vahoaka ity izahay, ka mahatonga fifaliana ao am-pony izany?

36 Ary Kôrihôra namaly azy hoe, Eny.

37 Ary tamin' izay dia hoy i Almà taminy: Mino va ianao fa misy Andriamanitra?

38 Ary namaly izy hoe, Tsia.

39 Ankehitriny dia hoy i Almà taminy: Holavinao indray ve fa misy Andriamanitra, ary holavinao koa va i Kristy? Satria indro, lazaiko aminao, fantatro fa misy Andriamanitra ary ho avy koa i Kristy.

40 Ary ankehitriny, inona no porofo anananao fa tsy misy "Andriamanitra na tsy ho avy i Kristy? Lazaiko aminao fa tsy manana na inona na inona ianao afa-tsy ny teninao ihany.

41 Nefa indro, izaho manana ny zava-drehetra ho toy ny "fanambarana fa ireo zavatra ireo dia marina; ary manana ny zava-drehetra koa ianao ho toy ny fanambarana aminao fa marina ireo; ary holavinao ve ireo? Mino va ianao fa marina ireo zavatra ireo?

42 Indro, fantatro satria mino ianao, saingy efa azon' ny fanahy mandainga ianao, ary efa nandà ny fanahin' Andriamanitra ianao mba tsy hahazoany manana toerana ao aminao; fa ny devoly kosa no manana fahefana aminao ary entiny hatraiza hatraiza ianao, hampiasa hafetsena mba hahazoany mandrava ny zanak' Andriamanitra.

43 Ary ankehitriny dia hoy i

33a Almà 11:3.

34a TSM Fifaliana.

40a Sal. 14:1.

41a TSM Vavolombelona.

Kôrihôra tamin' i Almà: Raha maneho "famantarana iray amiko ianao mba hahatonga ahy ho resy lahatra fa misy Andriamanitra, eny, manehoa amiko fa manana fahefana Izy, amin' izay aho dia ho resy lahatra ny amin' ny fahamarinan' ny teninao.

44 Nefa hoy i Almà taminy: Efa manana famantarana ampy ianao; moa haka fanahy an' Andriamanitrao va ianao? Moa hilaza va ianao hoe, anehoy famantarana iray aho, kanefa anananao ny fanambaran' ireo rahalahinao "rehetra ireo ary koa ny an' ny mpaminany masina rehetra? Apetraka eo anoloanao ny soratra masina, eny, ary ny ^bzava-drehetra dia maneho fa misy Andriamanitra; eny, na dia ny ^dtany aza sy ny zavatra rehetra izay eo amboniny, eny, ary ny ^ffihodiny, eny, ary ny ^fplaneta rehetra koa izay mihodina araka ny laminy ara-dalàna dia vavolombelona fa misy ny Mpahary Faratampony.

45 Kanefa toa mandeha hatraiza hatraiza ianao, mampianasia ny fon' ity vahoaka ity, manambara aminy fa tsy misy Andriamanitra? Kanefa handà va ianao sy hanohitra ireo vavolombelona rehetra ireo? Ary hoy izy: Eny, handà aho, raha tsy maneho famantarana iray amiko ianao.

46 Ary ankehitriny, ny zavaintranga, dia hoy i Almà taminy: Indro, malahelo aho noho ny

hamafin' ny fonao, eny, ny mbo-la hanoheranao ny fanahin' ny fahamarinana, ka mety haharava ny fanahinao.

47 Nefa indro, "tsara kokoa ny hahavery ny fanahinao toy izay ianao no hanjary fitaovana hitondra fanahy maro hankamin' ny faharavana, amin' ny fandainganao sy amin' ny teninao manasohaso; koa raha mbola mandà ianao, indro hamely anao Andriamanitra, ka hanjary moana ianao, ka tsy hosokafanao na oviana na oviana intsony ny vavanao mba tsy hamitahanao ity vahoaka ity intsony.

48 Ankehitriny dia hoy i Kôrihôra taminy: Izaho tsy mandà ny fisian' Andriamanitra, saingy tsy mino aho fa misy Andriamanitra; ary lazaiko koa fa tsy fantatrao fa misy Andriamanitra; ary raha tsy maneho famantarana iray amiko ianao dia tsy hino aho.

49 Ankehitriny dia hoy i Almà taminy: Iza no homeko anao ho famantarana, fa "hozoin' ny hamoanana ianao, araka ny teniko; ary lazaiko amin' ny anaran' Andriamanitra, hozoin' ny hamoanana ianao, ka tsy afaka hiteny intsony.

50 Ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia nozoin' ny hamoanana i Kôrihôra, ka tsy afaka niteny izy, araka ny tenin' i Almà.

51 Ary ankehitriny, rehefa nahita izany ny lohan' ny mpitsa-

43a Jakôba 7:13–21;
F&F 46:8–9.

TSM Famantarana.

44a Môsià 13:33–34.

b Sal. 19:1;
F&F 88:47.

d Joba 12:7–10.

e Hel. 12:11–15.

f Mos. 6:63.

47a 1 Ne. 4:13.

49a 2 Tan. 13:20.

ra, dia narosony ny tanany ary nanoratra tamin' i Kôrihôra izy, nanao hoe: Moa resy lahatra va ianao ny amin' ny fahefan' Andriamanitra? Tamin' iza no nanirianao fa tokony hanehoan' i Almà ny famantarany? Irianao va ny hampahoriany ny hafa, mba hanehoana famantarana iray aminao? Indro, efa nanehoany famantarana iray ianao; ary ankehitriny hiady hevitra misimisy kokoa va ianao?

52 Ary nandroso ny tânany i Kôrihôra sy nanoratra, nanao hoe: Fantatro fa moana aho, satria tsy afaka miteny; ary fantatro fa tsy misy na inona na inona afaka mampitondra izao ahy afa-tsy ny fahefan' Andriamanitra; eny, ^anahafantatra mandrakariva aho fa nisy Andriamanitra.

53 Nefa indro, efa ^anamitaka ahy ny devoly; satria ^bniseho tamiko tamin' ny endriky ny anjely iray izy, sy nanao tamiko hoe: Mandehana ary avereno ity vahoaka ity, fa efa nandeha nianasia nanaraka Andriamanitsy fantatra izy rehetra. Ary hoy izy tamiko: ^dTsy misy Andriamanitra; eny, ary nampianariny ahy izay tokony holazaiko. Ary efa nampianariko ny teniny; ary nampianariko izany satria izany dia nahafinaritra ny ^esain' ny nofo; ary nampianariko izany mandra-pahazoako fahombiazana be, ka nino marina tokoa aho fa marina izany; ary noho izany antony izany dia notoheriko ny fahamarinana,

mandra-pitondrako ity ozona lehibe ity amiko.

54 Ankehitriny, nony efa nilaza izany izy, dia niangaviany ny hivavahan' i Almà amin' Andriamanitra mba hahazoana manaisotra ny ozona hiala aminy.

55 Nefa hoy i Almà taminy: Raha esorina hiala aminao ity ozona ity dia hitarika indray ny fon' ity vahoaka ity haniaasia ianao; noho izany, dia aoka ho tanteraka aminao araka ny sitrapon' ny Tompo.

56 Ary ny zava-nitranga dia tsy nesorina hiala tamin' i Kôrihôra ny ozona; fa noroahina izy hiala, ary nandeha nitety trano izy nangataka ny haniny.

57 Ankehitriny ny fahalalana izay efa nanjo an' i Kôrihôra dia navoaka hiely eran' ny tany manontolo; eny, nalefan' ny lohan' ny mpitsara ny filazana nankany amin' ny vahoaka rehetra teo amin' ny tany, nilaza tamin' ireo izay efa nino ny tenin' i Kôrihôra fa tsy maintsy mibebaka faingana tokoa izy, fandrao ho tonga aminy ny famaliana toy izany.

58 Ary ny zava-nitranga dia resy lahatra ny amin' ny faharatsian' i Kôrihôra izy rehetra, noho izany dia niova fo ho an' ny Tompo indray izy rehetra; ary izany no nampisy farany ny heloka araka ny fomban' i Kôrihôra. Ary i Kôrihôra dia nandeha nitety trano, nangataka ny haniny hivelomany.

59 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tany anivon' ny vahoaka izy, eny, tany anivon' ny

52a Almà 30:42.

53a Jakôba 7:14.

b 2 Kor. 11:14;

2 Ne. 9:9.

d Sal. 10:4.

e TSM Ara-nofo.

vahoaka iray izay efa nampihataka ny tenany tamin' ny Nefita sy niantso ny tenany hoe Zôramita, rehefa notarihin' ny lehilahy iray izay i Zôrama no anarany—ary raha nandeha tany anivony izy, dia indro, voazera izy sy voahosihosy, ambara-pahafatiny mihitsy.

60 Ary dia toy izany no ahitantsika ny fiafaran' izay mamilivily ny lalan' ny Tompo; ary dia toy izany no ahitantsika fa tsy "hanohana ny zanany ny ^bdevoly amin' ny andro farany, fa misarika azy faingana tokoa hidina any amin' ny "helo.

TOKO 31

Nitarika iraka hamerina ny Zôramita nihemotra i Almà—Ny Zôramita dia nandà an' i Kristy, nino ny fiheverana diso momba ny fifydianana ary nidera tamin' ny fiavavahana piliavava—Heniky ny Fanahy Masina ireo misiônera—Voatelin' ny hafaliana ao amin' i Kristy ny fahoriany. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, taorian' ny fiafaran' i Kôrihôra, rehefa nandray vaovao i Almà fa namilivily ny lalan' ny Tompo ny Zôramita, ary i Zôrama izay mpitondra azy dia nitarika ny fon' ny olona "hiankohoka eo anoloan' ny ^bsampy moana, dia nanomboka ^dnarary indray

ny fony noho ny heloky ny vahoaka.

2 Satria fototry ny "alahelo lehibe tamin' i Almà, ny fahalalana ny heloka teo anivon' ny vahoakany; koa feno alahelo izaitsizy tokoa ny fony noho ny fisarahan' ny Zôramita tamin' ny Nefita.

3 Ankehitriny ny Zôramita dia efa niara-nifamory teo amin' ny tany iray izay nantsoiny hoe Antiônôma, izay tao atsinanan' ny tanin' i Zarahemlà, izay nitomandavana saiky nanemitra ny moron-dranomasina izay tao atsimon' ny tanin' i Jersôna, izay nanemitra koa ny tany foana atsimo izay tany foana feno Lamanita.

4 Ankehitriny ny Nefita dia natahotra fatratra tokoa fandrao hiditra amin' ny fifaneraserana amin' ny Lamanita ny Zôramita, ary izany dia hanjary ho anton' ny fahavoazana lehibe ho an' ny Nefita.

5 Ary ankehitriny, satria nana-na fironana lehibe "hitarika ny olona hanao izay marina ny ^bfitorian-^dteny—eny, izany dia efa nanana fiantraikany mahery kokoa tamin' ny sain' ny olona noho ny sabatra, na ny zavatra hafa, izay efa nihatra taminy—noho izany dia noheverin' i Almà fa tsara ny hanandraman' izy ireo ny herin' ny tenin' Andriamanitra.

6 Koa nalainy i Amôna sy i Aharôna, ary i Ômnera; ary i

60a Almà 3:26–27; 5:41–42;

F&F 29:45.

b TSM Devoly.

d TSM Helo.

31 1a Eks. 20:5;

Môsià 13:13.

b 2 Ne. 9:37.

TSM Fanompoan-tsampy.

d Almà 35:15.

2a Môsià 28:3;

3 Ne. 17:14; Mos. 7:41.

5a Jarôma 1:11–12;

F&F 11:2.

b Enôsa 1:23; Almà 4:19.

TSM Mitory.

d Heb. 4:12; Jakôba 2:8;

Almà 36:26.

Himnia no navelany tao amin' ny fianonana tao Zarahemlà; fa ireo telo voalohany kosa no nalainy hiaraka taminy ary i Amioleka sy i Zezrôma koa, izay tao Meleka; ary nalainy koa ny anankiroa tamin' ny zanany lahy.

7 Ankehitriny ny zokiny indrindra tamin' ny zanany lahy dia tsy nalainy hiaraka taminy, ary ny anarany dia i "Helamàna; fa ny anaran' ireo izay nalainy hiaraka taminy kosa dia i Siblôna sy i Kôriantôna; ary ireo no anaran' ireo izay nandeha niaraka taminy tany anivon' ny ^bZôramita mba hitory ny teny aminy.

8 Ankehitriny ny Zôramita dia "mpiendaka tamin' ny Nefita; noho izany dia efa notoriana taminy ny tenin' Andriamanitra.

9 Saingy efa "lavo tao amin' ny fahadisoana lehibe izy, satria tsy noezahiny ny hitandrina ny didin' Andriamanitra sy ny fitsipiny, araka ny lalàn' i Mosesy.

10 Sady tsy tiany koa ny nanaraka ny fombafomban' ny fianonana, dia ny fitozoana tamin' ny fivavahana sy ny fitalahoana tamin' Andriamanitra isan' andro, mba tsy hahazoany miditra amin' ny fakampanahy.

11 Eny, raha fintinina, dia naviliviliny ny lalan' ny Tompo tamin' ny toe-javatra maro; koa, noho izany antony izany dia nandeha i Almà sy ny rahalahiny nankany amin' ny tany mba hitory teny aminy.

12 Ankehitriny, nony efa tonga

tao amin' ny tany izy ireo, dia indro, akory ny hagagany nahita fa efa nanorina sinagoga ny Zôramita, ary izy dia niaranivory tamin' ny andro iray tao anatin' ny herinandro, izay nantsoiny hoe ny andron' ny Tompo; ary nitsaoka izy araka ny fomba izay tsy fahitan' i Almà sy ny rahalahiny na oviana na oviana;

13 Fa natsangany teo afovoan' ny sinagogany ny toerana iray, toerana itsanganana, izay avo ambonin' ny loha; ary ny eo tampony dia tsy omby afa-tsy olona iray.

14 Koa, na zovy na zovy no naniry ny "hitsaoka dia tsy maintsy mandroso sy mitsangana eo an-tampony sy naninjitra ny tanany nanondro ny lanitra ary nihiaka tamin' ny feo mahery, nanao hoe:

15 Ry Andriamanitra masina, masina; mino izahay fa Ianao no Andriamanitra, ary mino izahay fa masina Ianao, ary efa fanahy Ianao, ary fanahy Ianao, ary ho fanahy mandrakizay Ianao.

16 Ry Andriamanitra masina, mino izahay fa efa nosarahinao tamin' ny rahalahinay izahay; ary tsy mino ny fomban' ny rahalahinay izahay, izay nampitaina taminy araka ny mahafanahin-jaza ny razany; nefa mino izahay fa efa "nofidianao izahay ho ^bzanakao masina; ary efa nampahafantarinao anay koa fa tsy hisy i Kristy.

17 Fa Ianao no tsy miova

7a TSM Helamàna,
Zanakalahin' i Almà.
b Almà 30:59.

8a Almà 24:30.
9a TSM Apôstazia.
14a Mat. 6:1-7.

16a Almà 38:13-14.
b Isa. 65:3, 5.

omaly, anio ary mandrakizay; ary efa “nofidianao izahay, mba hovonjena, raha ny rehetra manodidina anay kosa dia finidin’ ny fahatezeranao hatsipy any amin’ ny helo; noho izany fahamasinana izany, Andriamanitra ô, no isaoranay Anao; ary isaoranay koa Ianao fa efa nofidinao izahay mba tsy hahazoana mitarika anay haniaasia araka ny fomba adaladalan’ ny rahalahinay, izay mamatotra azy amin’ ny finoana an’ i Kristy izay mitarika ny fony hirenireny lavitra Anao Andriamanitray.

18 Ary misaotra Anao indray izahay, Andriamanitra ô, fa vahoaka finidy sy masina izahay. Amena.

19 Ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nandre izany vavaka izany i Almà sy ny rahalahiny ary ny zanany lahy, dia talanjona tsy nisy ohatra izany tokoa izy ireo.

20 Fa indro, nandroso ny olona tsirairay ary nanolotra izany vavaka izany ihany.

21 Ankehitriny ny toerana dia nantsoiny hoe Rameomtôma izay raha adika dia fijoroana masina.

22 Ankehitriny dia teo amin’ izany fijoroana izany no nanolorany, ny olona tsirairay avy, ny vavaka nitovizana ho an’ Andriamanitra, misaotra ny Andriamaniny fa nofinidiny izy ary tsy notarihany hanaraka ny fomban’ ny rahalahiny ka tsy nofitahina ny fony mba hino ny zavatra ho avy, izay tsy nisy

na inona na inona fantany ny momba izany.

23 Ankehitriny, rehefa avy nanolotra fisaorana araka izany fanao izany ny olona rehetra, dia niverina tany amin’ ny fonenany izy ka tsy niresaka “na oviana na oviana indray ny momba an’ Andriamaniny, ambara-piarahany mivory indray eo amin’ ny fijoroana masina mba hanolotra fisaorana araka ny fanaony.

24 Ankehitriny rehefa nahita izany i Almà, dia “nalahelo ny fony; satria hitany fa olona ratsy sy mpamadika izy ireo; eny, hitany fa ny fony dia napetrany tamin’ ny volamena sy tamin’ ny volafotsy ary tamin’ ny kazarazan-java-tsoa rehetra.

25 Eny, ary hitany koa fa ny fony dia “tafasondrotra avo hatrany amin’ ny fieboeboany fatratra, tao amin’ ny fiavonavonany.

26 Ary nanandratra ny feony nankany an-danitra izy sy “niantso, nanao hoe: Ô, mandra-pahoviana, Tompo ô, no hamelanao ny mpanomponao honina etỳ ambany ao amin’ ny nofo, mba hahita faharatsiana bontolo toy izao eo anivon’ ny zanak’ olombelona?

27 Indro Andriamanitra ô, “antsoiny Ianao, kanefa ny fony dia voatelina ao amin’ ny fiavonavonany. Indro, Andriamanitra Ô, antsoiny amin’ ny vavany Ianao, raha mbola ^bmizihitra mihoa-pampana amin’

17a TSM Zava-poana.

23a Jakoba 1:21–25.

24a Gen. 6:5–6.

25a Jakôba 2:13;

Almà 1:32.

26a Mos. 7:41–58.

27a Isa. 29:13.

^b TSM Fiavonavonana.

ny zava-poanan' izao tontolo izao izy.

28 Jereo, Andriamanitra ô, ny fitafiany lafo vidy sy ny perany, ary ny "habany sy ny firavany volamena ary ny zava-tsarobidiny rehetra izay iravahany; ary indro, ny fony dia napetrany tamin' ireny, kanefa dia antsoiny ianao sy ataony hoe—Misaotra Anao izahay, Andriamanitra ô, fa izahay dia olona finidy ho Anao, raha ny hafa kosa ho ringana.

29 Eny, ary lazainy fa efa nam-pahafantarinao azy fa tsy hisy i Kristy.

30 Tompo Andriamanitra ô, mandra-pahoviana no hamelanao ny faharatsiana sy ny tsy fahatokiana toy izany hisy eo anivon' ity vahoaka ity? Tompo ô, Ianao anie hanome ahy tanjaka mba hahazoako miaritra ny kilemako. Fa kilemaina aho, ary ny faharatsiana toy izao eo anivon' ity vahoaka ity dia mampanaintaina ny fanahiko.

31 Tompo ô, feno alahelo izaitzisy tokoa ny foko; Ianao anie hampionona ny fanahiko "ao amin' i Kristy. Tompo ô, hotovinao amiko anie ny hahazoako hery mba hahazoako mitondra amim-paharetana ireo fahoriana izay hanjo ahy ireo noho ny helok' ity vahoaka ity.

32 Tompo ô, Ianao anie hampionona ny fanahiko sy hanome fahombiazana ho ahy ary koa

ny mpiasa namako izay miaraka amiko—eny, dia i Amôna sy i Aharôna ary i Ômnera, ary koa i Amioleka sy i Zezrôma, ary koa ny zanako "roa lahy—eny, Ianao anie hampionona ireo rehetra ireo, Tompo ô. Eny, Ianao anie hampionona ny fanahiny ao amin' i Kristy.

33 Hotovinao aminy anie ny hahazoany tanjaka mba hahazoany miaritra ny fahoriany izay hianjady aminy noho ny helok' ity vahoaka ity.

34 Tompo ô, hotovinao "aminay anie ny hahazoanay fahombiazana amin' ny fitondrana azy ireo indray hankany Aminao ao amin' i Kristy.

35 Indro, Tompo ô, sarobidy ny "fanahiny, ary maro aminy no rahalahinay; noho izany, omeo anay Tompo ô, ny fahefana sy ny fahendrena mba hahazoanay mitondra indray ireto rahalahiny ireto hankany Aminao.

36 Ankehitriny ny zava-nitranga rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia "nametrahany ^btànana ireo rehetra izay niaraka taminy. Ary indro, raha nametrahany tanana izy ireo dia feno ny Fanahy Masina.

37 Ary taorian' izany dia nisaraka ny tsirairay, tsy "nana' eritreritra ny amin' ny tenany na izay hohaniny, na izay hosotroiny, na izay hotafiany.

38 Ary novatsian' ny Tompo

28a Isa. 3:16–24.

31a Jao. 16:33.

32a Almà 31:7.

34a 2 Ne. 26:33.

35a TSM Fanahy

(Fitambaran'ny
Vatana sy ny
Fanahy)—
Hasarobidin' ny
olona.

36a 3 Ne. 18:36–37.

^b TSM Fametrahantanana.

37a Mat. 6:25–34;

3 Ne. 13:25–34.

izy ireo mba tsy ho noana sy tsy hangetaheta; eny, ary nomeny azy ireo koa ny tanjaka mba tsy hiaretany izay mety ho karazam-“pahoriana ka tsy ho voatelina ao amin’ ny fifalian’ i Kristy. Ankehitriny izany dia araka ny fivavak’ i Almà; ary izany dia noho izy nivavaka tamim-^bpinoana.

TOKO 32

Nampianatra ny mahantra izay efa naetrin’ ny fahoriana i Almà— Ny finoana dia fanantenana ny amin’ izay tsy hita nefa marina— Nambaran’ i Almà fa ny anjely dia nampianatra ny lehilahy, ny vehivavy ary ny ankizy— Nampitaha ny teny tamin’ ny voa iray i Almà— Tsy maintsy ambolena sy fahanaana izy— Rehefa izany dia tonga hazo izay iotazana ny voan’ ny fiainana mandrakizay izy. Tokony ho 74 talohan’ i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia nandeha izy ireo sy nanomboka nitory ny tenin’ Andriamanitra tamin’ ny vahoaka, niditra tao amin’ ny sinagogany sy tao an-tranony; eny, ary nitory teny an-dalany aza izy ireo.

2 Ary ny zava-nitranga, tao-rian’ ny filofosana fatratra teo anivony, dia nanomboka nahazo fahombiazana izy ireo teo anivon’ ny “saranga ambany tamin’ ny vahoaka; satria indro, izy ireny dia noroahina hiala ny

sinagoga noho ny fitafiany maraorao—

3 Noho izany, izy ireny dia tsy navela hiditra tao amin’ ny sinagogany mba hitsaoka an’ Andriamanitra, satria noheverina ho fahalotoana; koa nahantra izy ireny; eny, izy ireny dia noheverin’ ny rahalahiny ho toy ny tain-drendrika; koa “nahantra izy ireny raha ny amin’ ny zavatr’ izao tontolo izao; ary nahantra am-po koa izy ireny.

4 Ankehitriny, raha nampianatra sy niresaka tamin’ ny olona teo amin’ ny havoan’ i Ônidà i Almà, dia nisy vahoaka sesehena tonga teo aminy dia ireo izay vao avy noresahintsika, izay “nahantra am-po noho ny fahantrany raha ny amin’ ny zavatr’ izao tontolo izao.

5 Ary tonga teo amin’ i Almà izy ireo; ary ny anankiray izay lohany taminy nanao taminy hoe: Indro, “inona no hataon’ ireto rahalahiko ireto fa amavoin’ ny olon-drehetra izy ireo noho ny fahantrany, eny, ary indrindra indrindra ny mpisoronay; fa efa ^bnoroahiny izahay hiala ny sinagoganay izay efa nilofosanay fatratra tokoa ny fananganana azy teo amin’ ny tananay; ary efa noroahiny izahay hiala noho ny fahantranay izaitsizy; ary tsy manana toerana mba hitsaohanay an’ Andriamanitray izahay; ary indro, ^dinona no hataonay?

6 Ary ankehitriny, nony nandre

38a Mat. 5:10-12;
Môsià 24:13-15;
Almà 33:23.
b TSM Finoana.

32 2a TSM Mahantra.
3a Almà 34:40.
4a TSM Mahantra—
Mahantra am-panahy.

5a Ohab. 18:23.
b Almà 33:10.
d Asa 2:37-38.

izany i Almà, dia nihodina izy, ny tarehiny nanatrika azy avy hatrany, ary nijery tamim-pifaliana be izy; satria hitany fa ny "fahorian' izy ireo dia efa ^bnampietry azy ireo marina tokoa, ary efa "voaomana izy ireo handre ny teny.

7 Noho izany dia tsy nitenenany intsony ilay valalabemandry anankiray; fa nahinjiny kosa ny tànany ary nokiahany ireo izay hitany, izay nivalo marina tokoa, ary nataony hoe:

8 Hitako fa efa "mietry am-po tokoa ianareo; ary raha izany, dia hotahiana ianareo.

9 Indro efa nilaza ny rahalahinareo hoe: Inona no hataonay?—satria noroahina izahay hiala ny sinagoganay ka tsy afaka mitsaoka an' Andriamanitray.

10 Indro lazaiko aminareo, moa mihevitra va ianareo fa tsy afaka "mitsaoka an' Andriamanitra ianareo raha tsy ao amin' ny sinagoganareo ihany?

11 Ary ankoatra izany, dia te hanontany aho, moa mihevitra va ianareo fa ianareo dia tsy maintsy mitsaoka an' Andriamanitra indray mandeha ihany ao anatin' ny herinandro?

12 Lazaiko aminareo fa tsara ny androahana anareo hiala ny sinagoganareo mba hahazoanareo mietry sy mba hahazoanareo mianatra "fahendrena; satria ilaina ny hianaranareo fahendrena; fa noho ianareo

roahina dia amavoin' ny rahalahinareo ianareo noho ny ^bfahantranareo izaitsizy, ka dia entina any amin' ny fietren' ny fo ianareo; satria ilaina tokoa ny hitondrana anareo hietry.

13 Ary ankehitriny, satria voatery hietry ianareo, dia hotahiana ianareo; satria indraindray ny olona rehefa voatery hietry, dia mitady fibebahana; ary ankehitriny, marina tokoa fa na zovy na zovy no mibebaka dia hahita famindram-po; ary izay mahita famindram-po sy "maharitra hatramin' ny farany dia izy no hovonjena.

14 Ary ankehitriny, araka ny nolazaiko taminareo, satria noterena hietry ianareo, dia notahiana ianareo, fa moa tsy heverinareo va fa hotahiana kokoa izay manetry ny tenany marina tokoa noho ny teny?

15 Eny, izay manetry ny tenany marina tokoa sy mibebaka amin' ny fahotany ary miaritra hatramin' ny farany dia izy no hotahiana—eny, hotahiana kokoa noho ireo izay voatery hietry noho ny fahantrany izaitsizy.

16 Noho izany dia hotahiana izay "manetry ny tenany, rehefa tsy terena hanetry tena; na ny marimarina kokoa, amin' ny teny hafa, hotahiana izay mino ny tenin' Andriamanitra sy atao batisa fa tsy miaraka amin' ny ditran' ny fo, eny, rehefa tsy entina mba hahalala ny teny,

6a TSM Fahoriana.
b TSM Fanetren-tena.
d Almà 16:16-17;
F&F 101:8.

8a Mat. 5:3-5.
10a TSM Fitsaohana.
12a Mpito. 4:13.
b Ohab. 16:8.

13a Almà 38:2.
16a TSM Fanetren-tena.

na terena mihitsy hahalala mialohan' ny hinoany.

17 Eny, misy maro izay milaza hoe: Raha maneho aminay "famantarana iray avy any an-danitra ianao, amin' izany dia hafantatra marina tokoa izahay; amin' izany dia hino izahay.

18 Ankehitriny manontany aho, izany ve no finoana? Indro, lazaiko aminareo, Tsia; fa raha mahalala zavatra iray ny olona iray, dia tsy manana antony "hinoana izy, satria fantany izany.

19 Ary ankehitriny, moa va tsy voaozona kokoa izay "mahalala ny sitrapon' Andriamanitra ka tsy manao izany, noho ilay mino fotsiny, na manana antony fotsiny hinoana, ary lavo amin' ny fandikan-dalàna?

20 Ankehitriny, ny amin' izany zavatra izany dia ianareo no tsy maintsy mitsara. Indro, lazaiko aminareo fa izany dia amin' ny andaniny toy ny amin' ny anki-lany; ary izany dia ho an' ny olona tsirairay avy araka ny asany.

21 Ary ankehitriny, araka izay nolazaiko momba ny finoana — ny "finoana dia tsy fananana fahalalana tomombana ny zavatra; noho izany, raha manampinoana ianareo, dia ^bmanantena ny zavatra izay "tsy hita kanefa marina.

22 Ary ankehitriny, indro, lazaiko anareo, ary mba tiako ny hahatsiarovanareo fa Andriamanitra dia feno famindram-po amin' izay rehetra mino ny

anarany; noho izany, maniry Izy voalohany indrindra ny hinoanareo, eny dia ny teniny.

23 Ary ankehitriny, manolotra ny olona ny teniny Izy amin' ny alalan' ny anjely, eny, "tsy ny lehilahy ihany fa ny vehivavy koa. Ankehitriny dia tsy izay ihany; ny ^bankizy madinika dia mandray ny teny omena azy imbe-tsaka, izay mampangaihay ny olon-kendry sy ny olo-mahay.

24 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, satria efa nirianareo ny hahafantatra tamiko izay hataonareo noho ianareo ory sy voaroaka — ankehitriny dia tsy maniry aho ny hiheveranareo fa te hitsara anareo aho, raha tsy araka izay marina —

25 Satria tsy te hilaza aho fa ianareo rehetra dia efa voatery hanetry ny tenanareo; satria mino marina tokoa aho fa misy ny sasany aminareo izay ho nanetry ny tenany na inona na inona toe-javatra mety ho nanjo azy.

26 Ankehitriny, araka izay nolazaiko momba ny finoana — fa izany dia tsy fahalalana tomombana — dia tahaka izany koa ny teniko. Tsy mety mahalala tanteraka avy hatrany ny maha azo antoka azy ianareo, dia toy ny finoana izay tsy fahalalana tomombana ihany koa.

27 Nefa indro, raha te hamoha sy hanaitra ny faharanitan' ny sainareo ianareo, na dia ho fandramana ny teniko aza, ary

17a TSM Famantarana.
18a Etera 12:12, 18.
19a Jao. 15:22–24.
21a Jao. 20:29; Heb. 11.

b TSM Fanantenana.
d Etera 12:6.
23a Joe. 2:28–29.
b Mat. 11:25;

Lio. 10:21;
3 Ne. 26:14–16;
F&F 128:18.

hampihatra sombiny amin' ny finoana, eny, na dia tsy afa-manao mihoatra noho ny "maniry ny hino aza ianareo, dia avelao izany faniriana izany hiasa ao aminareo, ambara-pinoanareo amin' ny fomba izay hahafahanao manisa toerana ho an' ny ampahany amin' ny teniko.

28 Ankehitriny, dia hampitahintsika amin' ny "voa iray ny teny. Ankehitriny, raha manisa toerana ianareo mba hahazoana mamboly ^bvoa iray ao am-^aponareo, indro, raha tena voa marina izany na voa tsara, raha tsy mandroaka izany hivoaka ianareo noho ny ^etsy finoanareo izay hanoheranareo ny Fanahin' ny Tompo, dia indro hanomboka handrobona ao an-tratranareo izy; ary rehefa tsapanareo ireo fihetsiny mandrobona, dia hanomboka hiteny anakampo ianareo hoe—Tsy azo ihodivirana ny maha tsy maintsy voa tsara azy, na ny teny dia tsara, satria manomboka mampivelatra ny fanahiko izy; eny, manomboka manazava ny ^ffahazavan-tsaiko izy, eny manomboka ho fy amiko izy.

29 Ankehitriny indro, moa va izany tsy hampitombo ny finoanareo? Lazaiko aminareo, Eny; kanefa, tsy nitombo izy ho lasa fahalalana tomombana.

30 Nefa indro, rehefa mandrobona ny voa sy mitsimoka ary manomboka mitombo, amin' izay dia tsy azo ihodivirana ny

tsy maintsy ilazanareo fa tsara ny voa; satria indro mandrobona izy sy mitsimoka ary manomboka mitombo. Ary ankehitriny, indro, moa va izany tsy hanatanjaka ny finoanareo? Eny, hohatanjahiny ny finoanareo: satria holazainareo hoe fantatro fa izany dia voa tsara; satria indro izy dia mitsimoka sy manomboka mitombo.

31 Ary ankehitriny, indro, moa ve azonareo antoka fa izany dia voa tsara? Lazaiko aminareo, Eny; satria ny voa tsirairay dia mamoa ny "karazany ihany.

32 Noho izany, raha mitombo ny voa dia tsara izy, fa raha tsy mitombo kosa izy, dia indro tsy tsara izy, noho izany dia ariana izy.

33 Ary ankehitriny, indro, satria efa nandramanareo ny nizaha sy ny namboly ny voa, ary mandrombona sy mitsimoka izy ary manomboka mitombo, dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy ahalalanareo fa tsara ny voa.

34 Ary ankehitriny, indro, moa va ny "fahalalanareo tomombana? Eny, ny fahalalanareo dia tomombana amin' izay zavatra izay, ary ny ^bfinoanareo matoritory; ary izany dia noho ianareo mahafantatra, satria fantatrareo fa ny teny dia efa nampivelatra ny fanahinareo, ary fantatrareo koa fa izy dia efa nitsimoka, fa ny fahazavan-tsainareo dia manomboka ho nihamazava,

27a Mar. 11:24.

28a Almà 33:1.

b Lio. 8:11.

d TSM Fo.

e Mat. 17:20.

f TSM Fahatakarana.

31a Gen. 1:11–12.

34a TSM Fahalalana.

b Etera 3:19.

ary ny "sainareo dia manombo-ka miitatra.

35 Ô amin' izany, moa va izany tsy zava-misy? Lazaiko aminareo, Eny, satria izany dia "fahazavana; ary na inona na inona fahazavana dia tsara, satria azo avahana izy, noho izany dia tsy maintsy fantatrarao fa tsara izany; ary ankehitriny indro, rehefa avy nanandrana izany fahazavana izany ianareo, moa va ny fahalalanareo tomombana?

36 Indro, lazaiko aminareo, Tsia; sady tsy tokony havelanareo koa ny finoanareo, satria ianareo dia tsy nanao afa-tsy ny nampihatra ny finoanareo hambolena ny voa mba hahazoanareo manao ny fanandramana hahafantarana raha tsara ny voa.

37 Ary indro, rehefa manomboka mitombo ny hazo, dia hiteny ianareo hoe: Aoka hofahanantsika amin' ny fanolokoloana be izy mba hahazoany miorim-paka, mba hahazoany mitombo sy mitondra voa ho antsika. Ary ankehitriny, indro, raha fahananareo amin' ny fanolokoloana be izy dia hiorim-paka sy hitombo, ary hitondra voa izy.

38 Fa raha "tsy miraharaha ny hazo ianareo sy tsy manana eritreritra ny amin' ny famahanana azy, dia indro tsy hiorim-paka izy; ary rehefa tonga ny hafanan' ny masoandro, dia mandazo azy, satria tsy niorim-paka

izy, ka maina, dia ongotanareo sy arianareo.

39 Ankehitriny, izany dia satria tsy ny voa no tsy tsara, na satria koa tsy mampilendalenda ny voany; fa izany dia satria karakaina ny "taninareo ary tsy te hamahana ny hazo ianareo, noho izany ianareo dia tsy afa-ka hanana ny voany.

40 Ary dia toy izany, raha tsy te hamahana ny teny ianareo, ka miandrindra amin' ny masompinoana ny voany, no tsy ahafahanareo na oviana na oviana mioty ny voa avy amin' ilay "hazon' aina.

41 Nefa raha mamahana ny teny ianareo, eny, mamahana ny hazo raha manomboka mitombo izy, amin' ny finoanareo miaraka amin' ny fahazotoana be sy miaraka amin' ny "faharetana, sady miandrindra ny voany, dia hiorim-paka izy; ary indro izy ho tonga hazo ^bmaniry hatrany amin' ny fiainana maharitra mandrakizay.

42 Ary noho ny "fahazotoanareo sy ny finoanareo ary ny faharetanareo amin' ny teny, amin' ny famahanana azy mba hahazoany miorim-paka ao aminareo, dia indro, raha afaka kelikely ianareo dia hioty ny ^bvoany izay tena sarobidy, izay mamy manaoatra noho ny rehetra izay mamy, ary izay fotsy manaoatra noho ny rehetra izay fotsy, eny, ary madio manaoatra noho ny rehetra izay madio; ary

34d TSM Saina.

35a Jao. 3:18–21.

TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

38a TSM Apôstazia.

39a Mat. 13:5.

40a Gen. 2:9; 1 Ne. 15:36.

41a TSM Faharetana.

^b Almà 33:23;

F&F 63:23.

42a TSM Fahazotoana.

^b 1 Ne. 8:10–12.

hivoky amin' izany voankazo izany ianareo, mandra-pahavoky anareo ka tsy ho noana ianareo sady tsy hangetaheta.

43 Amin' izay, ry rahalahiko, dia hotazanareo ny lokan' ny finoanareo sy ny fahazotoanareo, ary ny faharetanareo sy ny fahariponareo amin' ny fiandrasana ny hazo hitondra voa ho anareo.

TOKO 33

Nampianatra i Zenôsa fa ny olona dia tokony hivavaka sy hidera amin' ny toerana rehetra, ary ny famaliana dia nahodina hiala noho ny Zanaka—Nampianatra i Zenôka fa ny famindram-po dia nomena noho ny Zanaka—Efa nanangana ny tandindon' ny Zanak' Andriamanitra tany an-tany foana i Mosesy. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia nampaniraka nankany aminy izy ireo, naniry ny hahafantatra raha tokony hino Andriamanitra "tokana izy ireo, mba hahazoan' izy ireo ity voankazo izay efa noteneniny ity, na ny fomba tokony hambolen' izy ireo ny ^bvoa, na ny teny izay efa noteneniny izay nolazainy fa tsy maintsy ambolena ao am-pony; na ny fomba tokony hanombohan' izy ireo mba hampihatra ny finoany.

2 Ary hoy Almà taminy: Indro, efa nolazainareo fa "tsy afaka mitsaoka an' Andriamanitrareo ianareo satria roahina ianareo hiala ny sinagoganareo. Nefa indro, lazaiko aminareo, raha heverinareo fa tsy afaka mitsaoka an' Andriamanitra ianareo, dia mandiso indrindra ianareo, ary tokony hodinihinareo ny ^bsoratra masina; raha heverinareo fa efa nampianatra izany anareo izy, dia tsy azonareo izy.

3 Moa tsaroanareo ve ny efa namakianareo izay efa nolazain' i "Zenôsa, ilay mpaminany fahiny, momba ny vavaka na ny ^bfitsaohana?

4 Fa hoy izy: Ianao dia feno famindram-po, Andriamanitra ô, fa efa nandre ny fivavako ianao, na dia fony aho tany antany foana aza; eny, ianao dia feno famindram-po, fony aho nivavaka ho an' ireo izay "fahavaloko, ary nampitodika azy ireo tamiko ianao.

5 Eny, Andriamanitra ô, ary feno famindram-po tamiko ianao, fony aho nitalaho Taminao tany "an-tsahako; fony aho nitalaho Taminao tao amin' ny fivavako, dia nandre ahy ianao.

6 Ary koa, Andriamanitra ô, fony aho nody tany an-tranoko dia nandre ahy tao amin' ny fivavako ianao.

7 Ary fony aho niditra tao an' "efitranoko, Ry Tompo, sy

33 1a 2 Ne. 31:21;
Môsîà 15:2–4.
b Almà 32:28–43.
2a Almà 32:5.
b Almà 37:3–10.

3a TSM Soratra
Masina—Soratra
Masina Very; Zenôsa.
b TSM Fitsaohana.
4a Mat. 5:44.

5a Almà 34:20–25.
7a Mat. 6:5–6;
Almà 34:26.

nivavaka Taminao, dia nandre ahy Ianao.

8 Eny, Ianao dia feno famindram-po amin' ny zanakao rehefa mitalaho Aminao izy, mba ho renao fa tsy ho ren' olona, ary ho renao izy.

9 Eny, Andriamanitra ô, Ianao dia efa feno famindram-po tamiko sy nandre ny fitalahoako teo afovoan' ny fiangonanao.

10 Eny, ary efa nandre ahy koa Ianao fony aho "noroahina sy nohamavoin' ny fahavaloko; eny, Ianao dia nandre ny fitalahoako sy ho tezitra tamin' ny fahavaloko, ary namangy azy tao amin' ny fahatezeranao tamin' ny fandravana faingana.

11 Ary Ianao dia nandre ahy noho ny fahoriako sy ny fahatsoram-poko; ary noho ny Zanakao no efa namindranao fo toy izany tamiko, noho izany aho dia hitalaho Aminao ao amin' ny fahoriako rehetra, fa ao Aminao no fifaliako; fa efa nampihodina ny famalianao hiala tamiko Ianao, noho ny Zanakao.

12 Ary ankehitriny, dia hoy Almà taminy: Moa va ianareo mino ireo "soratra masina ireo izay efa nosoratan' ireo tamin' ny fahagolan-tany?

13 Indro, raha mino ianareo, dia tsy maintsy mino izay nolazain' i "Zenôsa; fa, indro hoy izy: Efa nampihodina ny famalianao hiala Ianao noho ny Zanakao.

14 Ankehitriny indro, ry raha-

lahiko, te hanontany aho raha efa namaky ny soratra masina ianareo? Raha efa namaky ianareo, ahoana no ahafahanareo tsy hino ny Zanak' Andriamanitra?

15 Satria "tsy voasoratra fa i Zenôsa irery no niresaka ny amin' ireo zavatra ireo, nefa i ^bZenôka koa dia niresaka ny amin' ireo zavatra ireo —

16 Fa indro, hoy izy: Ianao dia tezitra, Tompo ô, amin' ity va-hoaka ity, satria tsy tiany ny hahatakatra ny famindram-ponao izay efa natolotrao azy noho ny Zanakao.

17 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, hitanareo fa ny mpaminany fahiny faharoa no efa nanambara ny amin' ny Zanak' Andriamanitra, ary satria tsy te hahatakatra ny teniny ny olona dia "notorahany vato izy ho faty.

18 Nefa indro, tsy izay ihany; tsy ireo ihany no ireo izay efa niteny momba ny Zanak' Andriamanitra.

19 Indro, efa nolazain' i "Mosesy ny Aminy; eny, ary indro, ^btandindona iray no ^dnatsangana tany an-tany foana, ka na zovy na zovy no ho nijery izany dia ho velona. Ary maro no nijery ary velona.

20 Saingy vitsy no nahatakatra ny hevitr' ireo zavatra ireo, ary izany dia noho ny hamafin' ny fony. Nefa nisy maro izay efa mafy fo loatra ka tsy nety nijery, noho izany dia maty izy ireny.

10a Almà 32:5.

12a TSM Soratra Masina.

13a Almà 34:7.

15a Jakôba 4:4.

b 1 Ne. 19:10;

Almà 34:7.

17a TSM Maritiora.

19a Deot. 18:15, 18;

Almà 34:7.

b Nom. 21:9;

2 Ne. 25:20;

Môsià 3:15.

d Jao. 3:14;

Hel. 8:14–15.

Ankehitriny, ny antony tsy nete-zany nijery dia satria tsy ninoany fa izany dia “hahasitrana azy.

21 Ry rahalahiko, raha toa ianareo ka azo sitranina amin’ ny fanopazana fotsiny ny masonareo manodidina mba hasitrana anareo, moa va tsy hijery faingana tokoa ianareo, sa aleonareo manamafy ny fonareo ao amin’ ny tsy finoana ka hanjary malaina, ary tsy te hanopy ny masonareo manodidina ianareo mba hahafaty anareo?

22 Raha izany, loza no hanjo anareo; fa raha tsy izany kosa, dia atopazo manodidina ny masonareo amin’ izany ary “manomboha mino ny Zanak’ Andriamanitra, fa ho avy Izy hanavotra ny olony ary hijaly sy ho faty Izy mba ^bhanonitra ny fahotany; ary ^d“hitsangana amin’ ny maty Izy izay hahatanteraka ny ^e“fitsanganana amin’ ny maty, ka ny olona rehetra dia hijoro eo anoloany mba hotsaraina araka ny ^fasany amin’ ny andro farany sady fitsarana.

23 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, dia iriako ny ^a“hambolenareo izany teny izany ao am-ponareo, ary rehefa manomboka mitombo izy dia ny mba hamahananareo azy amin’ ny finoanareo. Ary andro, hanjary hazo izy, ^bhitombo ao anatinareo hatrany amin’ ny fiainana maharitra mandrakizay. Ary amin’ izany, dia enga anie ka hotovin’ Andria-

manitra aminareo ny hanamainanana ny ^d“enta-mavesatrareo, amin’ ny alalan’ ny fifalian’ ny Zanany. Ary na dia izany rehetra izany aza dia hainareo atao raha sitrakareo. Amena.

TOKO 34

Nambaran’ i Amioleka fa ny teny dia ao amin’ i Kristy ho famonjena — Raha tsy atao ny sorompanavotana dia tsy maintsy ho fongana ny olombelona rehetra — Ny lalàn’ i Mosesy iray manontolo dia manondro ny soron’ ny Zanak’ Andriamanitra — Ny drafitra mandrakizain’ ny fanavotana dia mifototra amin’ ny finoana sy ny fibebahana — Mivavaha ho an’ ny fitahiana ara-nofy sy ara-panahy — Izao fiainana izao no fotoana hio-manan’ ny olona hihaona amin’ Andriamanitra — Miasà ho amin’ ny famonjena anareo amin’ ny fahatahorana eo anoloan’ Andriamanitra. Tokony ho 74 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny, ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza izany teny izany tamin’ ny tany izy, ary nitsangana i “Amioleka sy nanomboka nampianatra azy ireo, nanao hoe:

2 Ry rahalahiko, heveriko fa tsy azo heverina ny tsy hahalanareo ny amin’ ny zavatra izay efa voalaza momba ny fiavian’ i Kristy izay ampianarinay ho ny Zanak’ Andriamanitra;

20a 1 Ne. 17:40–41.

22a Almà 32:27–28.

b Almà 22:14; 34:8–9.

d TSM Fitsanganana

amin’ ny Maty.

e Almà 11:44.

f TSM Asa.

23a Almà 33:1; 34:4.

b Almà 32:41;

F&F 63:23.

d Almà 31:38.

34 1a Almà 8:21.

eny, fantatro fa “ireo zavatra ireo dia nampianarina anareo be dia be tokoa talohan’ ny fiendahanareo avy teo anivonay.

3 Ary satria efa nirinareo ny hahalala avy tamin’ ny rahalahiko malala ny mba hampahafantarany anareo izay tokony hataonareo, noho ny fahorianareo; ary efa somary noteneniny ihany taminareo ny mba hanomanana ny sainareo; eny, sady efa namporisihiny ho amin’ ny finoana sy ny faharetana ianareo—

4 Eny, na dia ny mba hananareo finoana ampy ihany aza ka “hambolena ny teny ao amponareo mba hahazoanareo manao fanandramana ny amin’ ny hatsarany.

5 Ary efa hitanay fa ny fanontaniana lehibe izay ao an-tsainareo dia, raha toa ka ao amin’ ny Zanak’ Andriamanitra ny teny, na raha toa ka tsy hisy i Kristy.

6 Ary hitanareo koa satria efa noporofoin’ ny rahalahiko taminareo, tamin’ ny ohatra maro, fa ny “teny dia ao amin’ i Kristy ho famonjena.

7 Efa nampahatsiahivin’ ny rahalahiko ny tenin’ i Zenôsa, fa ny fanavotana dia tonga amin’ ny alalan’ ny Zanak’ Andriamanitra, ary koa ny tenin’ i Zenôka; ary efa notanisainy koa i Mosesy mba hanaporifoana fa ireo zavatra ireo dia marina.

8 Ary ankehitriny, indro, “ha-

nambara aminareo ny tenako fa ireo zavatra ireo dia marina. Indro, lazaiko aminareo satria fantratro fa ho tonga eo anivon’ ny zanak’ olombelona i Kristy mba handray eo Aminy ny fandikan-dalàn’ ny olony, ary ^bhanonitra ny fahotan’ izao tontolo izao; fa ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany.

9 Fa ilaina ny hanaovana ny “sorompanavotana; fa araka ny ^bdrafitra lehiben’ Ilay Andriamanitra Mandrakizay dia tsy maintsy misy sorompanavotana atao, fa raha tsy izany dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy hahafaty ny olombelona rehetra; eny, mafy fo ny rehetra; eny, ^dlavo sady very ny rehetra, ary tsy maintsy ho faty raha tsy noho ny sorompanavotana izay ilaina hatao.

10 Fa ilaina ny hisian’ ny “sorona lehibe sady farany; eny, tsy fanaovana sorona olona, na biby, na izay mety ho karazamborona; fa izany dia tsy ho fanaovana sorona olona; nefa izany dia tsy maintsy ho ^bsorona ^dtsisy fetra sady mandrakizay.

11 Ankehitriny dia tsy mety hisy olona izay afaka manao sorona ny rany ihany ka hanonitra ny fahotan’ ny hafa. Ankehitriny, raha mamono olona ny olona iray, indro, moa ny lalantsika izay “marina hanala ny ain’ ny rahalahiny? Lazaiko aminareo, Tsia.

2a Almà 16:13–21.

4a Almà 33:23.

6a Jao. 1:1, 14.

8a TSM Mijoro ho

Vavolombelona.

b TSM Sorompanavo-

tana.

9a Almà 33:22.

b Almà 12:22–33;

Mos. 6:62.

d TSM Fahalavoan’ i

Adama sy i Eva.

10a Mos. 5:6–7.

b TSM Sorona.

d 2 Ne. 9:7.

11a Deot. 24:16;

Môsîa 29:25.

12 Nefa ny lalàna dia mitaky ny ain' izay efa "namono olona; noho izany dia tsy mety hisy na inona na inona izay latsaky ny sorompanavotana tsisy fetra ka ho ampy ho an' ny fahotan' izao tontolo izao.

13 Noho izany, dia ilaina ny hisian' ny sorona lehibe sady farany, ary amin' izany dia hisy, na tsara ny hisian' ny "fitsaharan' ny fandatsahan-dra; amin' izany dia ho tanteraka ny ^blalàn' i Mosesy; eny, ho tanteraka avokoa izany, na ny litera na ny tendron-tsoratra tsirairay, ary tsy hisy ho levona.

14 Ary indro, izany no "hevitra manontolon' ny ^blalàna, ka ny antsipiriany tsirairay dia manondro izany "sorona lehibe sady farany izany; ary izany sorona lehibe sady farany izany dia ho ny Zanak' Andriamanitra, eny, tsisy fetra ary mandrakizay.

15 Ary dia toy izany no hitondrany "famondra ho an' ireo rehetra izay hino ny anarany; izany no anton' ity sorona farany ity, dia ny hahatanteraka ny kibon' ny famindram-po, izay mandresy ny fahamarinana ary mitondra fitaovana ho an' ny olona mba hahazoany manana finoana ho amin' ny fibebahana.

16 Ary araka izany, ny "famindram-po dia afaka manefa ny

fitakian' ny ^bfahamarinana sy mamihina azy ireo amin' ny sandrin' ny fiantohana, fa izay tsy mampihatra finoana ho amin' ny fibebahana kosa dia mankahatra ny lalàna manontolon' ny fitakian' ny "fahamarinana; koa amin' izay manana finoana ho amin' ny fibebahana ihany no tanterahina ny "drafitry ny famonjena lehibe sy mandrakizay.

17 Noho izany dia enga anie ka hotovin' Andriamanitra aminareo, ry rahalahiko, ny hahazoanareo manomboka mampihatra ny "finoanareo ho amin' ny fibebahana mba hanombohanareo ^bhiantso ny anarany Masina, mba hananany famindram-po aminareo;

18 Eny, mitalahoa Aminy ho famindram-po; fa mahery Izy ka mahavonjy.

19 Eny, manetre tena ianareo, ary tohizo ny fivavahana Aminy.

20 Mitalahoa Aminy rehefa eny an-tsahanareo ianareo, eny, ho an' ny biby fiompinareo rehetra.

21 "Mitalahoa Aminy ao an-tranonareo, eny, ho an' ny ankononareo rehetra, na maraina, na antoandro ary na hariva.

22 Eny, mitalahoa Aminy hanoherana ny herin' ny fahavalonareo.

23 Eny, "mitalahoa Aminy hanoherana ny ^bdevoly izay

12a TSM Famaizana ho Faty; Famonoan' Olona.

13a 3 Ne. 9:17, 19-20.
b 3 Ne. 15:5.

14a Almà 30:3.
b TSM Lalàn' i Mosesy.

d F&F 138:35.

15a TSM Famondra.
16a TSM Famindram-po.

b TSM Fahamarinana.
d Almà 12:32.

e TSM Drafitry ny Fanavotana.

17a TSM Finoana.

b TSM Vavaka.

21a Sal. 5:1-3;

3 Ne. 18:21.

23a 3 Ne. 18:15, 18.

b TSM Devoly.

fahavalon' ny ^dfahamarinana rehetra.

24 Mitalahoa Aminy ho an' ny vokatry ny sahanareo mba hahazoanareo fanambinana aminy.

25 Mitalahoa ho an' ny biby fiompy eny an-tساهanareo mba hahazoany mitombo.

26 Nefa tsy izay ihany; ianareo dia tsy maintsy mamboraka ny fanahinareo ao an' ^aefi-tranona-reo sy ny toera-miafinareo ary any an-tany foanareo.

27 Eny, ary rehefa tsy mitalaho amin' ny Tompo ianareo, dia aoka ny ^afonareo ho ^bfenô, mitodika Aminy lalandava ao amin' ny vavaka ho an' ny fiadanareo, ary koa ho an' ny fiadanan' ireo izay manodidina anareo.

28 Ary ankehitriny indro, ry rahalahiko malala, lazaiko aminareo, aza mihevitra ianareo fa izay ihany; fa rehefa avy nanao ireo zavatra rehetra ireo ianareo, raha manosi-bohontanana ny ^amahantra sy ny mitanjaka ianareo, ary tsy mamangy ny marary sy ny ory, ary tsy ^bmizara amin' ny fanananareo nefa manana ianareo, ho an' ireo izay mila izany—lazaiko aminareo, raha tsy manao na inona na inona amin' ireo zavatra ireo ianareo, dia indro, ^azava-poana ny ^cvavakareo sady tsy mahasoanareo na amin' inona na amin' inona izany, ary ianareo dia

tahaka ny mpihatsaravelatsihy izay mandà ny finoana.

29 Noho izany, raha tsy mahatsiaro ho ^amiantra namana ianareo, dia toy ny tain-drendrika ianareo, izay arian' ny mpan-drendrika (noho izy tsy misy vidiny) ary hosihosen' ny olona amin' ny tongotra.

30 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, dia mba tiako, rehefa avy nandray vavolombelona maro tokoa ianareo ka nahita fa ny soratra masina dia manambara ny amin' ireo zavatra ireo, ny handrosoanareo sy ny hamoazanareo ny ^avoa miendrika ny fibebahana.

31 Eny, mba tiako ny handrosoanareo sy ny tsy hanamafisanareo ny fonareo intsony; fa indro, izao no fotoana sy ^aandron' ny famonjena anareo; ary noho izany, raha mibebaka ianareo ary tsy manamafy ny fonareo, dia eo no ho eo no hahatanteraka aminareo ny drafitra lehiben' ny famonjena.

32 Fa indro, izao fiainana izao no fotoana ho an' ny olona mba ^ahiomanana hihaonana amin' Andriamanitra; eny, indro, ny andron' izao fiainana izao no andro ho an' ny olona mba hanatontosany ny asany.

33 Ary ankehitriny, toy izay nolazaiko taminareo teo aloha, satria efa nanana vavolombelona maro tokoa ianareo, noho izany dia miangavy anareo aho

23d TSM Fahamarinana.

26a Mat. 6:5–6.

27a TSM Fo.

^b TSM Misaintsaina.

28a TSM Mahantra.

^b TSM Fiantrana.

^d Môrô. 7:6–8.

^e Mat. 15:7–8.

29a TSM Fiantrana.

30a Mat. 3:8;

Almà 13:13.

31a Roma. 13:11–12.

32a 2 Ne. 2:21;

Almà 12:24; 42:4–6.

mba tsy "hanemoranareo ny andron' ny ^bfibebahanareo hatramin' ny farany; fa aorian' izao androm-piainana izao, izay omena antsika mba hiomanana ho amin' ny mandrakizay, indro, raha tsy mampiasa tsara ny fotoantsika isika raha mbola eto amin' ity fiainana ity, dia ho avy ny ^aalin' ny ^ehaizina izay tsy misy asa azo atao.

34 Tsy afaka milaza ianareo rehefa entina eo amin' izany "sahotaka mahatsiravina izany fa, izaho dia hibe-baka, fa izaho dia hiverina any amin' Andriamanitra. Tsia, tsy afaka milaza izany ianareo; satria io fanahy io ihany izay mizaka ny tenanareo amin' ny fotoana izay andehananareo miala izao fiainana izao, io fanahy io ihany no hana-kery hizaka ny tenanareo ao amin' izany tontolo mandrakizay izany.

35 Nefa indro, raha efa nahe-motrareo ny andron' ny fibebahanareo, hatrany amin' ny fahafatesana mihitsy, dia indro efa lasa "feheziny ny fanahin' ny devoly ianareo, ary ^bfeheziny ho azy ianareo; koa efa nisintonana niala taminareo ny Fanahin' ny Tompo, ary tsy manana toerana ao aminareo, ary ny devoly no efa manana ny fahefana rehetra aminareo; ary dia izany no toetra faran' ny olon-dratsy.

36 Ary izany dia fantatro, sa-

tria efa nilaza ny Tompo fa tsy mitoetra ao amin' ny tempoly "tsy masina Izy, fa ao am-pon' ny ^bmarina kosa Izy no mitoetra; eny, ary efa nolazainy koa fa ny marina no hipetraka ao amin' ny fanjakany ka tsy handeha hivoaka intsony; fa ny fitafiany kosa dia hofotsiana amin' ny ran' ny Zanakondry.

37 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, dia iriako ny mba hahatsiarovanareo ireo zavatra ireo sy ny "hisanareo ho amin' ny famonjena anareo amin' ny fahatahorana eo anoloan' Andriamanitra ary ny tsy handavanareo intsony ny fiavian' i Kristy;

38 Ny tsy "hifandiranareo intsony amin' ny Fanahy Masina, fa ny handraisanareo Azy kosa sy ny hitondranareo ny ^banaran' i Kristy; ny hanetrenareo ny tenanareo na dia hatrany amin' ny vovoka aza sy ny ^dhitsaohanareo an' Andriamanitra, na aiza na aiza toerana mety hisy anareo amin' ny fanahy sy ny fahamarinana; ary ny hiainanareo ao amin' ny "fanati-tsaotra isan' andro, noho ny famindram-po maro sy ny fitahiana izay atolony anareo.

39 Eny, ary mamporisika anareo koa aho, ry rahalahiko, ny "hiambenanareo amim-bavaka lalandava, mba tsy hahazoana mitarika anareo haniaasia amin'

33a Hel. 13:38;

F&F 45:2.

b TSM Fibebahana.

d Jao. 9:4; F&F 45:17.

e TSM Haizim-panahy;

Fahafatesana

Ara-panahy.

34a Almà 40:13-14.

35a 2 Ne. 28:19-23.

b 2 Ne. 9:9.

36a Môsîà 2:37;

Almà 7:21;

Hel. 4:24.

b TSM Fahamarinana.

37a Filip. 2:12.

38a TSM Fifandirana.

b Môsîà 5:8; Almà 5:38.

d TSM Fitsaohana.

e Sal. 69:30; F&F 59:7.

TSM Misaotra.

39a TSM Mpiambina.

ny ^bfakam-panahy avy amin' ny devoly, mba tsy hahazoany mandresy anareo, mba tsy hahatonga anareo ho olom-peheziny amin' ny andro farany; fa indro, "tsy mamaly zava-tsoa anareo izy.

40 Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, te hamporisika anareo aho mba hanana "faharetana ka hiaretanareo ny karazam-pahoriana rehetra; ny tsy ^bhanozonanareo ireo izay mandroaka anareo noho ny fahantranareo izaitsizy, fandrao dia hanjary mpanota toa azy ireo ianareo;

41 Fa ny mba hanananareo faharetana kosa sy ny hizakanareo ireo fahoriana ireo amin' ny fanantenana mafy orina fa hiala sasatra amin' ny fahorianareo rehetra ianareo indray andro any.

TOKO 35

Nandrava ny komiberaky ny Zôramita ny fitoriana ny teny—Noroahiny ireo niova fo izay nikambana tamin' ny vahoakan' i Amôna tany Jersôna tamin' izay—Nalahelo i Almà noho ny faharatsian' ny vahoaka. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ireo teny ireo i Amioleka, dia nisintona niala ny vahoaka sesehena izy ireo ary tonga tao an-tanin' i Jersôna.

2 Eny, ary ny rahalahy sisa, rehefa avy nitory teny tamin'

ny Zôramita, dia tonga tao an-tanin' i Jersôna koa.

3 Ary ny zava-nitranga, rehefa niara-nifanakalo hevitra ny ampahany mamim-bahoaka indrindra tamin' ny Zôramita momba ny teny izay efa notoriana taminy, dia tezitra izy noho ny teny, satria nandrava ny "komiberaka teo aminy izany; koa tsy tiany hohenoina ny teny.

4 Ary nampaniraka izy ary novoriany miaraka ny olona rehetra eran' ny tany manontolo, ary nodininy niaraka taminy ny momba ny teny izay efa noresahina.

5 Ankehitriny, ny mpitondra sy ny mpisorona ary ny mpampianatra azy dia tsy namela ny vahoaka hahalala momba ny fanirian' izy ireo; noho izany izy ireo dia nizaha an-tsokosoko ny hevitra ny olon-drehetra.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nitsapa ny hevitra ny olon-drehetra izy ireo, dia noroahina hiala ny tany ireo izay nankasitraka ny teny izay efa noresahin' i Almà sy ny rahalahiny; ary maro izy ireo; ary nankany an-tanin' i Jersôna koa izy ireo.

7 Ary ny zava-nitranga dia, niahy azy ireo i Almà sy ny rahalahiny.

8 Ankehitriny, ny vahoakan' ny Zôramita dia tezitra tamin' ny vahoakan' i Amôna izay tao an-tanin' i Jersôna, ary ny filoha mpitondra ny Zôramita, izay olona tena mamohetra, dia nampaniraka hankany amin' ny vahoakan' i Amôna, nangataka

39^b TSM Fakam-panahy.
d Almà 30:60.

40^a TSM Faharetana.
b F&F 31:9.

35 3^a TSM Komiberaky
ny Mpisorona.

azy ny handroahany hiala ny taniny ireo rehetra izay tonga tao amin' ny taniny ka avy tany aminy.

9 Ary nifofo fandrahonana maro taminy izy. Ary ankehitriny ny vahoakan' i Amôna dia tsy natahotra ny teniny; noho izany dia tsy noroahiny izy ireo fa noraisiny kosa ny mahantra rehetra tamin' ny Zôramita, izay tonga tany aminy; ary "nofahany sy notafiany izy ireo ary nomeny tany ho lovany; ary noahiany araka ny filany izy ireo.

10 Ankehitriny, izany dia nambosy ny Zôramita ho tezitra tamin' ny vahoakan' i Amôna, ary nanomboka niharoharo tamin' ny Lamanita izy sy namporisika azy koa ho tezitra aminy.

11 Ary dia toy izany no nambohan' ny Zôramita sy ny Lamanita nanao fiomanana ho amin' ny ady amin' ny vahoakan' i Amôna, ary koa amin' ny Nefita.

12 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahafito ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

13 Ary niainga ny vahoakan' i Amôna niala ny tanin' i Jersôna sy lasa nankany an-tanin' i Meleka ary nanome ny toerana tao an-tanin' i Jersôna ho an' ny miaramilan' ny Nefita mba hahazoany miady amin' ny miaramilan' ny Lamanita sy ny miaramilan' ny Zôramita; ary dia toy izany no nambohan' ny ady teo amin' ny Lamanita

sy ny Nefita, tamin' ny taona fahavalo ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara; ary ny "fitantarana ny adin' izy ireo dia homena any aoriana.

14 Ary i Almà sy i Amôna ary ny rahalahiny ary koa ny zanak' i Almà roa lahy dia niverina tany an-tanin' i Zarahemlà, rehefa lasa fitaovana teo an-tànan' Andriamanitra tamin' ny fitondrana ny "maro tamin' ny Zôramita ho amin' ny fibebahana, ary izay rehetra nentina nankamin' ny fibebahana dia noroahiny hiala ny taniny; nefa nahazo tany ho lovany izy ireo tany an-tanin' i Jersôna, ary efa nandray fiadiana izy ireo hiarovany ny tenany sy ny vadiny, ary ny zanany sy ny taniny.

15 Ankehitriny i Almà, rehefa nalahelo noho ny heloky ny vahoakany, eny, noho ny ady sy ny fandatsahan-dra ary ny fifandirana izay teo anivony; ary rehefa lasana nanambara ny teny, na nalefa mba hanambara ny teny tany anivon' ny olondrehetra isan-tanàna; ary rehefa nahita fa ny fon' ny olona dia nanomboka ho nihamafy, ka nanomboka ho "tafintohina izy ireo noho ny mahahenjiana ny teny, dia feno alahelo fatratra tokoa ny fony.

16 Noho izany, dia nataony izay hamoriana miaraka ny zanany lahy mba hahazoany manome ny tsirairay avy ny "andraikiny manokana avy, momba ny zavatra mikasika ny

9a Môsîà 4:26.
TSM Asa
Fanasoavana.

13a Almà 43:3.
14a Almà 35:6.
15a TSM Apôstazia.

16a TSM Fitantanandraharaha.

fahamarinana. Ary anananay ny fitantarana ny didiny izay nomeny azy ireo araka ny rakisorany ihany.

Ny didin' i Almà tamin' i Helamàna zanany lahy.

Mahafoaka ny toko 36 sy 37.

TOKO 36

Nambaran' i Almà tamin' i Helamàna ny amin' ny fiova-pony taorian' ny nahitany anjely iray—Niaritra ny fanaintainan' ny fanahy voaozona izy; niantso ny anaran' i Jesoa izy ary naterak' Andriamanitra tamin' izay—Heniky ny fifaliana mamy ny fanahiny—Nahita andian' anjely nitsaoka an' Andriamanitra izy—Niova fo maro no efa nanandrana sy nahita toy ny efa nanandramany sy nahitany. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

Ry "zanako, mampandria sofina amin' ny teniko; fa mianiana aminao aho, fa arakaraka ny hitandremanao ny didin' Andriamanitra no hiroboroboanao eo amin' ny tany.

2 Mba tiako ny hanaovanao toy izay efa nataoko ka hahatsiarovanao ny fahababoan' ny razantsika; fa tao amin' ny "famatorana izy, ary tsy nisy afaka nanafaka azy afa-tsy ny ^bAndriamanitr' i Abrahamana sy ny

Andriamanitr' i Isaka, ary ny Andriamanitr' i Jakoba; ary Izy dia nanafaka azy marina tokoa tamin' ny fahoriany.

3 Ary ankehitriny, Ry Helamàna zanako lahy, indro ao amin' ny fahatanoranao ianao, ary noho izany, miangavy anao aho mba hihainoanao ny teniko sy hianaranao amiko; satria fantatro fa na zovy na zovy no hametraka ny fitokiany amin' Andriamanitra dia hotohanana izy amin' ny "fizahantoetra azy sy ny fahasahiranany ary ny fahoriany, ary ^bhasandratra izy amin' ny andro farany.

4 Ary tsy mba tiako ny hiheveranareo fa "mahalala avy amin' ny tenako aho—tsy avy amin' ny nofo fa avy amin' ny fanahy, tsy avy amin' ny ^bfisainan' ny nofo fa avy amin' Andriamanitra.

5 Ankehitriny, indro, lazaiko aminao, raha tsy "naterak' Andriamanitra aho dia ^btsy ho nahalala ireo zavatra ireo; nefa Andriamanitra, tamin' ny vavan' ny anjely masina, dia efa nampahalala ahy ireo zavatra ireo, tsy noho izay mety ho "fahamendrehan' ny tenako;

6 Fa nandeha nivezivezy aho niaraka tamin' ny zanakalahin' i Môsià, nikatsaka ny "handrava ny fiangonan' Andriamanitra; nefa indro, nandefa ny anjely masina Andriamanitra mba

36 1a Hel. 5:9-14.

2a Môsià 23:23; 24:17-21.

b Eks. 3:6;

Almà 29:11.

3a Roma. 8:28.

b Môsià 23:21-22.

4a 2 Tan. 2:11;

Almà 5:45-46.

TSM Fahalalana.

b TSM Ara-nofa.

5a TSM Ateraka Indray,
Aterak' Andriamanitra.

b Almà 26:21-22.

d TSM Mendrika.

6a Môsià 27:10.

hampijjanona anay teny an-dalana.

7 Ary indro niteny taminay izy, miova tsy ny feon' ny kotro-baratra, ary ny tany manontolo dia "nihorohoro teo ambany tongotray; ary lavo tamin' ny tany izahay rehetra, fa tonga taminay ny ^bfahatahorana ny Tompo.

8 Nefa indro, hoy ilay feo tamiko: Mitsangàna. Ary nitsangana aho dia nijoro, ary hitako ilay anjely.

9 Ary hoy izy tamiko: Na dia tianao hofongorana aza ny tenanao, dia aza mikatsaka intsony ny hamongotra ny fiangonan' Andriamanitra.

10 Ary ny zava-nitranga dia lavo tamin' ny tany aho; ary nandritra ny "telo andro sy telo alina aho dia tsy afa-nisokabava, sady tsy afa-nampiasa ny rantsam-batako.

11 Ary niteny zavatra misimisy tamiko ilay anjely, izay ren' ny rahalahiko, nefa izaho dia tsy nandre azy ireo; fa nony nandre ny teny aho—Na dia tianao hofongorana aza ny tenanao, dia aza mikatsaka intsony ny hamongotra ny fiangonan' Andriamanitra—dia nozoin' ny tahotra sy ny hagagana be toy izany aho fandrao aho angamba dia hofongorana ka dia lavo tamin' ny tany aho ary tsy nandre na inona na inona intsony.

12 Saingy nampijalian' ny "fijaliana mandrakizay aho, satria

ny fanahiko dia norotidrotehana hatrany amin' ny faran' izay lalina indrindra sy nampijalian' ny fahotako rehetra.

13 Eny, nahatsiaro ny fahotako sy ny heloko rehetra aho, izay "nampijaly ahy tamin' ny fanaintainan' ny helo; eny, hitako fa izaho dia efa nikomy tamin' Andriamanitra ary tsy nitandrina ny didiny masina.

14 Eny, ary efa namono ny maro tamin' ny zanany aho, na ny marimarina kokoa, nitarika azy ireny hankany amin' ny faharavana; eny, ary raha fintinina dia lehibe loatra ny heloko, ka ny fieritreretana indrindra ny fiverenana eo anatrehan' Andriamanitra dia nampijaly ny fanahiko tamin' ny horohoro tsy hay lazaina.

15 Ô, hoy ny eritreritro, inay anie aho "azo natao sesintany sy nanjary fongana, na fanahy na vatana, mba tsy hahazoana mitondra ahy hijoro eo anatrehan' Andriamanitra hotsaraina amin' ny ^bnataoko.

16 Ary ankehitriny, nandritra ny telo andro sy telo alina aho dia nijaly tamin' ny fanaintainan' ny "fanahy voaozona.

17 Ary ny zava-nitranga, raha nampijalian' ny fijaliana toy izany aho ka mbola "norotidrotehan' ny fahatsiarovana ny fahotako maro dia indro nahatsiaro koa aho ho efa nandre ny raiko naminy tamin' ny

7a Môsià 27:18.
b TSM Tahotra—
Tahotra an'
Andriamanitra.
10a Môsià 27:19-23.

12a F&F 19:11-15.
13a TSM Heloka.
15a Fan. 6:15-17;
Almà 12:14.
b Almà 41:3;

F&F 1:9-10.
16a TSM Fahamelohana.
17a 2 Kor. 7:10.

vahoaka ny momba ny fiavian' izany Jesoa Kristy izany, izay Zanak' Andriamanitra mba hanonitra ny fahotan' izao tontolo izao.

18 Ankehitriny, raha nifantoka tamin' izany eritreritra izany ny saiko, dia nihiaka tao am-poko aho hoe: Ry Jesoa ô, Ianao Ilay Zanak' Andriamanitra, mamin-dra fo amiko, izay "ao anatin' ny ngidin' ny afero sy voahodidin' ny ^bgadra maharitra mandrakizain' ny fahafatesana.

19 Ary ankehitriny, indro, nony nieritreritra izany aho, dia tsy nety nahatsiaro intsony ny fanaintainako; eny, tsy "norotidrotehan' ny fahatsiarovana ny fahotako intsony aho.

20 Ary ô, endrey "fifaliana, ary endrey hazavana mahagaga no hitako; eny, ny fanahiko dia feno fifaliana izay nihoa-pampana toy izay fanaintainako izay!

21 Eny, lazaiko aminao anaka, fa tsy ho nety nisy na inona na inona mafy sy mangidy tokoa toy izay fanaintainako izay. Eny, ary lazaiko aminao indray anaka, fa amin' ny lafiny ilany dia tsy mety hisy na inona na inona mahafinaritra sy mamy tokoa toy izay fifaliako izay.

22 Eny, efa nihevitra aho ho nahita, toy ny nahitan' i "Lehia raintsika, an' Andriamanitra mipetraka eo amin' ny seza fiandrianany, voahodidin' ny andian' anjely tsy hita isa, eo

am-pihirana sy eo am-pankalazana ny Andriamaniny; eny, ary nirian' ny fanahiko ny hankeo.

23 Fa indro, ny rantsam-batako dia nahazo "hery indray, ary nijoro tamin' ny tongotro aho sy naneho tamin' ny olona fa efa ^bnaterak' Andriamanitra aho.

24 Eny, ary hatramin' izay fotoana izay ka mandrak' ankehitriny, dia efa niasa tsy nitsahatra aho mba hahazoako mitondra fanahy hankamin' ny fibebahana; mba hahazoako mitondra azy ireny "hanandrana ny fifaliana mihoa-pampana izay nandramako; mba ho azo aterak' Andriamanitra koa izy ireny sy ho ^bfeno ny Fanahy Masina.

25 Eny, ary ankehitriny indro anaka, ny Tompo dia manome ahy fifaliana lehibe fatratra tokoa noho ny vokatry ny asako;

26 Fa noho ny "teny izay efa nozarainy tamiko, dia indro, maro no efa naterak' Andriamanitra sy efa nanandrana toy ny efa nanandramako, ary efa nahita maso toy ny efa nahitako; noho izany izy ireo dia mahalala ny amin' ireo zavatra izay efa nolazaiko ireo, toy ny ahalalako; ary ny fahalalana izay ananako dia avy amin' Andriamanitra.

27 Ary efa notohanana aho nandritra ny fizahan-toetra sy ny fahasahiranana isan-karazany, eny, ary tamin' ny karazam-pahoriana rehetra; eny, Andriamanitra no efa nanafaka

18a IE ao anaty fanenenana lalina.
b 2 Ne. 9:45; 28:22;
Almà 12:11;
Mos. 7:26.
19a TSM Heloka.

20a TSM Fifaliana.
22a 1 Ne. 1:8.
23a Mos. 1:10.
b Almà 5:14.
TSM Ateraka Indray,
Aterak' Andriamanitra.

24a 1 Ne. 8:12;
Môsîà 4:11.
b 2 Ne. 32:5;
3 Ne. 9:20.
TSM Fanahy Masina.
26a Almà 31:5.

ahy tao am-ponja sy tamin' ny fatorana ary tamin' ny fahafatesana; eny, ary mametraka ny fitokiako Aminy aho, ary mbola "hanafaka ahy Izy.

28 Ary fantatro fa "hatsangany aho amin' ny andro farany, mba hiara-mitoetra Aminy ^bamimboninahitra; eny, ary hankalaza Azy mandrakizay aho, fa efa ^dnentiny niala tany Egipta ny razantsika ary efa nateliny tao amin' ny Ranomasina Mena ny ^eEgyptiana; ary notarihin'ny tamin' ny heriny izy hankany amin' ny tany nampanantenaina; eny, ary efa nafahany ombieny ombieny tamin' ny famatorana sy tamin' ny fahababoana izy.

29 Eny, ary efa nentiny koa ny razantsika hiala ny tanin' i Jerosalema; ary efa nafahany ombieny ombieny tamin' ny "famatorana sy ny fahababoana koa izy tamin' ny heriny maharitra mandrakizay, na dia mandrak' androany aza; ary efa nahatahiry mandrakariva tao amin' ny fahatsiarovana ny fahababoany aho; eny, ary ianao koa dia tokony hitahiry ao amin' ny fahatsiarovana, toy ny efa nataoko, ny fahababoany.

30 Nefa indro, anaka, tsy izay ihany; fa ianao dia tokony hahalala toy ny ahalalako, fa "arakaraka ny hitandremanao ny didin' Andriamanitra no hiroboroboanao eo amin' ny tany; ary tokony hahalala koa ianao

fa arakaraka ny tsy hitandremanao ny didin' Andriamanitra no hanesorana anao tsy ho eo anatrehany. Ankehitriny, izany dia araka ny teniny.

TOKO 37

Notsimbinina ny takela-barahina sy ny soratra masina hafa mba hitondra fanahy hankamin' ny famonjena—Nofongorana ny Jarèdita noho ny faharatsiany—Ny fianianany sy ny dinany an-tsokosoko dia tsy maintsy nafenina tamin' ny vahoaka—Milà hevitra amin' ny Tompo amin' ny ataonareo rehetra—Toy ny nitarihin' ny Liahônà ny Nefita no itarihin' ny tenin' i Kristy ny olona hankany amin' ny fiainana mandrakizay. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, ry Helamàna zanako, mandidy anao aho ny hakanao ny "rakitsoratra izay efa ^bnankinina tamiko;

2 Ary mandidy anao aho ny hitananao ny rakitsoratr' ity vahoaka ity araka izay efa nataoko tamin' ny takelak' i Nefia, ary hitahiry ireo zavatra rehetra izay efa notehiriziko ireo ho masina, dia toy ny efa nitehirizako azy ireo; fa noho ny "fikasana hendry no itehirizana azy ireo.

3 Ary ireto "takela-barahina ireto izay mirakitra ireo soratra voasokitra ireo, izay manana ny rakitsoratra ny soratra masina

27a Sal. 34:17.

28a 3 Ne. 15:1.

^b TSM Voninahitra.

^d Eks. 12:51.

^e Eks. 14:26–27.

29a Môsià 24:17; 27:16;

Almà 5:5–6.

30a 2 Ne. 1:9–11;

Almà 50:19–22.

37 1a Almà 45:2–8.

^b Môsià 28:20.

2a Enôsa 1:13–18;

TiM 1:6–11;

Almà 37:9–12.

3a 1 Ne. 5:10–19.

TSM Takela-barahina.

eo aminy, izay manana ny tetiaran' ny razambentsika, na dia hatrany am-piandohana aza —

4 Indro, efa naminanian' ny razantsika, fa izy ireto dia tokon' ny hotehirizina sy hifanoloran' ny taranaka mifandimby, ary hotehirizina sy hotsimbinin' ny tanaan' ny Tompo mandra-pa-nambarana azy ireto any amin' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina, mba hahalalany ny amin' ny "mystery voarakitra ao aminy.

5 Ary ankehitriny, indro, raha tehirizina izy ireto dia tsy maintsy tanany ny famirapiratany; eny, ary hotanany ny famirapiratany; eny, ary ny takelaka rehetra koa izay mirakitra izay soratra masina.

6 Ankehitriny dia mety hoheverinareo fa izany dia "fahadalana avy amiko; nefa indro, lazaiko aminao fa amin' ny alalan' ny ^bzava-madinika sy tsotra no anatanterahana ny zavatra lehibe; ary ny zava-madinika, amin' ny toe-javatra maro, dia mampangaihay ny hendry.

7 Ary ny Tompo Andriamanitra dia miasa amin' ny alalan' ny "fitaovana mba hanatanteraka ny fikasany lehibe sy mandrakizay; ary amin' ny alalan' ny zavatra tena ^bmadinika no ampangaihaizan' ny Tompo ny hendry sy itondrany ny famonjena ho an' ny fanahy maro.

8 Ary ankehitriny, efa zary fahendrena tao amin' Andria-

manitra hatramin' izao ny tokony hitsimbinana ireo zavatra ireo; fa indro, efa "nanitatra ny fitadidian' ity vahoaka ity izy ireo, eny, sy nandresy lahatra ny maro ny amin' ny hadisoan' ny lalany ary nitondra azy ireny nankamin' ny fahalalana an' Andriamaniny ho famonjena ny fanahiny.

9 Eny, lazaiko aminao, "raha tsy noho ireo zavatra ireo izay tehirizin' ireto rakitsoratra ireto, izay eo amin' ireto takelaka ireto, dia tsy ho afaka ^bnandresy lahatra ny an' arivony maro tamin' ny Lamanita ny amin' ny fahadisoan' ny fomban-drazany i Amôna sy ny rahalahiny; eny, ireto rakitsoratra ireto sy ny "tenin' izy ireo no nitondra azy ho amin' ny fibebahana; izany hoe, izy ireto no nitondra azy ho amin' ny fahalalana ny Tompo Andriamaniny sy hifaly ao amin' i Jesoa Kristy Mpanavotra azy.

10 Ary iza moa no mahalala raha toa izy ireto ka tsy ho lasa fitaovana amin' ny fitondrana ny an' arivony maro aminy, eny, ary koa ny an' arivony maro amin' ny Nefita rahalahintsika mafy hatoka, izay manamafy ny fony ao amin' ny ota sy ny heloka ankehitriny, ho amin' ny fahalalana ny Mpanavotra azy?

11 Ankehitriny, ireo mystery ireo dia tsy mbola ampahalaina ahy tanteraka; noho izany aho dia hifehy tena.

4a TSM Misterin' Andriamanitra.
6a 2 Tan. 2:14.
b 1 Ne. 16:28–29;

F&F 64:33; 123:15–17.
7a Isa. 55:8–9.
b 2 Mpan. 5:1–14.
8a 2 Tim. 3:15–17;

Môsià 1:3–5.
9a Môsià 1:5.
b Almà 18:36; 22:12.
d TSM Filazantsara.

12 Ary mety ho ampy ny ilazako fotsiny fa tsimbinina izy ireto noho ny fikasana hendry, izay fikasana fantratr' Andriamanitra; fa "manoro hevitra amim-pahendrena Izy amin' ny asany rehetra, ary ny lalany dia mahitsy, ary ny fizotrany dia ^bhodina mandrakizay.

13 Ô tsarovy, tsarovy ry Helamàna zanako ny "mahahenjana ny didin' Andriamanitra. Ary hoy Izy: ^bRaha mitandrina ny didiko ianareo dia ^dhiroborobo eo amin' ny tany—fa raha tsy mitandrina ny didiny kosa ianareo, dia hoesorina tsy ho eo anatrehany.

14 Ary ankehitriny, dia tsarovy anaka fa efa "nankinin' Andriamanitra taminao ireo zavatra ireo izay ^bmasina, izay efa notehiriziny ho masina ary izay hotehiriziny sy hotsimbininy koa noho ny ^dfikasana hendry ao Aminy, mba hahazoany maneho ny heriny amin' ny taranaka ho avy.

15 Ary ankehitriny, indro, lazaiko aminao amin' ny alalan' ny fanahin' ny faminiana, fa raha mandika ny didin' Andriamanitra ianao, indro, ireto zavatra ireto izay masina dia hoesorina aminao amin' ny alalan' ny herin' Andriamanitra, ary hatolotra an' i Satana ianao mba hahazoany mikororoka anao toy ny akofa eo anoloan' ny rivotra.

16 Nefa raha mitandrina ny didin' Andriamanitra ianao ary manao amin' ireto zavatra ireto izay masina araka izay andrian' ny Tompo anao, (fa tsy maintsy mangataka amin' ny Tompo ianao ny amin' ny zavadrehetra, na inona na inona no tsy maintsy ataonao aminy), dia indro, na ny herin' ny tany na ny helo dia tsy afaka "maka azy ireto eny aminao, fa Andriamanitra dia mahery amin' ny fanatanterahana ny teniny rehetra.

17 Fa hotanterahiny ny fampanantenany rehetra izay hataony aminao, fa efa notanterahiny ny fampanantenany izay efa nataony tamin' ny razantsika.

18 Satria nampanantenainy azy fa "hotsimbininy ireto zavatra ireto noho ny fikasana hendry ao Aminy mba hahazoany maneho ny heriny amin' ny taranaka ho avy.

19 Ary ankehitriny, indro, fikasana iray no efa notanterahiny, dia ny fampodiana indray ny "an' arivony maro tamin' ny Lamanita ho amin' ny fahalalana ny marina; ary efa nasehony tao amin' izy ireto ny heriny ary mbola hasehony ao aminy koa ny heriny ho an' ny ^btaranaka ho avy; koa hotsimbinina izy ireto.

20 Koa mandidy anao, ry Helamàna zanako, hazoto amin' ny fanatanterahana ny teniko rehetra sy hazoto amin' ny fitandremana ny didin' Andria-

12a 2 Ne. 9:28;
Jakôba 4:10.

b 1 Ne. 10:19; Almà 7:20.

13a 2 Ne. 9:41.

b Almà 9:13; 3 Ne. 5:22.

d Môsià 1:7;

Almà 50:20.

14a F&F 3:5.

b TSM Masina.

d 1 Ne. 9:3-6.

16a JS—T 1:59.

18a F&F 5:9.

19a Almà 23:5.

b Enôsa 1:13;

Môrm. 7:8-10.

manitra araka izay anoratana azy ireny.

21 Ary ankehitriny, dia horesahiko aminao ny momba ireo "takelaka efitra amby roapolo ireo mba hitehirizanao azy ireo, ka ny mistery sy ny asan' ny maizina ary ny ^basany an-tsokosoko, na ny asa miafin' ireo vahoaka izay efa nofongorana ireo, dia ho azo aseho ity vahoaka ity; eny, ka ny famonoany olona rehetra sy ny fandropany sy ny famaboany fananana sy ny faharatsiany ary ny fahavetavetany rehetra dia ho azo aseho ity vahoaka ity; eny, ary mba hitsimbinanao ireo ^dfandikan-teny ireo.

22 Satria indro, hitan' ny Tompo fa nanomboka niasa tao amin' ny maizina ny olony, eny, nanao famonoan' olona sy fahavetavetana miafina; noho izany, dia hoy ny Tompo, raha tsy mibebaka izy dia hofongorana eto ambonin' ny tany.

23 Ary hoy ny Tompo: Izaho hanomana ho an' i Gazelema mpanompoko, ^avato iray izay hamirapiratra ao amin' ny haizina ho fahazavana mba hahazoako mampiharihary amin' ny oloko izay manompo Ahy, mba hahazoako mampiharihary aminy ny asan' ny rahalahiny, eny, ny asany miafina, ny asany ao amin' ny maizina sy ny faharatsiany ary ny fahavetavetany.

24 Ary ankehitriny anaka, ireo fandikan-teny ireo dia efa no-

manina mba hahatanteraka ny tenin' Andriamanitra, izay nolazainy, manao hoe:

25 "Hoentiko avy ao amin' ny maizina hankany amin' ny mazava ny asany miafina rehetra sy ny fahavetavetany; ary raha tsy mibebaka izy dia ^bhamongotra azy eto ambonin' ny tany Aho; ary hoentiko eo amin' ny mazava ny tsiambaratelonny sy ny fahavetavetany rehetra, eo amin' ny firenena tsirairay izay hizaka ny tany rahatrizay.

26 Ary ankehitriny anaka, dia hitantsika fa tsy nibebaka izy; noho izany dia efa nofongorana izy, ary efa tanteraka ny tenin' Andriamanitra hatrizao; eny, ny fahavetavetany miafina dia efa navoaka avy tao amin' ny maizina sy nampahalalaina antsika.

27 Ary ankehitriny anaka, dia mandidy anao aho ny hitananao ny fianianany rehetra sy ny dinany ary ny fifanekeny tao amin' ny fahavetavetany miafina; eny, ary ny ^afifamantarany rehetra sy ny zava-mahagagany dia ianao no hitana azy ireny tsy ho hitan' ity vahoaka ity mba tsy hahafantarany azy ireny, fandrao ho lavo ao amin' ny haizina koa izy ka hofongorana.

28 Fa indro, misy ^aozona iray eo amin' ity tany manontolo ity, ka ny famongorana dia ho tonga amin' ireo rehetra mpiasan' ny maizina, araka ny herin' Andriamanitra, rehefa masaka tanteraka tokoa izy ireo; koa

21a Etera 1:1-5.

^b TSM Tsikombakomba
Miafina.

^d TSM Orima sy

Tomima.

23a Môsià 8:13.

25a F&F 88:108-110.

^b Môsià 21:26.

27a Hel. 6:22.

28a Almà 45:16;

Etera 2:7-12.

iriako ny tsy hahazoana mamongotra ity vahoaka ity.

29 Koa dia hitana ireo tetika manginan' ny "fianianany sy ny dinany tsy ho hitan' ity vahoaka ity ianao, ary ny faharatsiany sy ny famonoany olona ary ny fahavetavetany ihany no hampahalalainao azy; ary hampianarinao azy ny ^bhankahala ny faharatsiana sy ny fahavetavetana ary ny famonoana olona toy izany; ary hampianarinao azy koa fa ireo olony ireo dia nofongorana noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany ary ny famonoany olona.

30 Satria indro, novonoiny ny mpaminanin' ny Tompo rehetra izay tonga teo anivony mba hilaza aminy ny momba ny helony; ary ny ran' ireo izay novonoiny dia niantso ny Tompo Andriamaniny hamaly faty amin' ireo izay mpamono azy ireo; ary dia toy izany no nahatongavan' ny famalian' Andriamanitra tamin' ireo mpiasan' ny maizina sy ny tsikombakomba miafina ireo.

31 Eny, ary hozonina mandrakizay mandrakizay anie ny tany ho an' ireo mpiasan' ny maizina sy ny tsikombakomba miafina ireo, na dia hatrany amin' ny famongorana aza, raha tsy mibebaka izy ireo mialohan' ny hahamasaka azy ireo tanteraka.

32 Ary ankehitriny anaka, tsarovy ny teny izay efa noteneniko taminao; aza ankinina amin'

ity vahoaka ity ireo tetika miafina ireo fa ampianaro azy kosa ny "fankahalana maharitra mandrakizay ny fahotana sy ny heloka.

33 "Torio aminy ny fibebahana sy ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo; ampianaro izy hanetry ny tenany sy ho ^bmalemy paika ary hietry am-po; ampianaro izy hanohitra ny "fakam-panahy rehetra avy amin' ny devoly amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo.

34 Ampianaro izy tsy ho sasatra na oviana na oviana amin' ny asa soa, fa ny ho malemy paika sy ny hietry am-po kosa; fa ny toa azy no hahita "fitsaharana ho an' ny fanahiny.

35 Ô tsarovy anaka, ary mianara "fahendrena amin' ny fahatanoranao; eny, mianara ny hitandrina ny didin' Andriamanitra amin' ny fahatanoranao.

36 Eny, ary "italahoy Andriamanitra ho an' ny fivelomanao rehetra; eny, aoka ny ataonao rehetra mba ho an' ny Tompo, ary na aiza na aiza alehanao, aoka mba ho ao amin' ny Tompo izany; eny, aoka ny eritreritrao rehetra hafantoka amin' ny Tompo; eny, aoka ny fitiavan' ny fonao hapetraka amin' ny Tompo mandrakizay.

37 "Milà hevitra amin' ny Tompo amin' ny ataonao rehetra dia hotarihin' ho amin' ny tsara ianao; eny, rehefa mandry ianao amin' ny alina, mandria

29a Hel. 6:25.

b Almà 13:12.

32a 2 Ne. 4:31.

33a TSM Mitory.

b TSM Halememp-panahy.

d TSM Fakam-panahy.

34a Sal. 37:4–7;

Mat. 11:28–30.

35a TSM Fahendrena.

36a TSM Vavaka.

37a Jakôba 4:10; F&F 3:4.

ao amin' ny Tompo, mba hahazoany miambina anao ao amin' ny torimasonao; ary rehefa miarina ianao amin' ny maraina, aoka ny fonao ho feno^b fisaorana an' Andriamanitra; ary raha manao ireo zavatra ireo ianao, dia hasandratra ianao amin' ny andro farany.

38 Ary ankehitriny anaka, dia somary manan-kolazaina ihany aho momba ilay zavatra izay antsoin' ny razantsika hoe bola, na mpitari-dàlana — na izay nantsoin' ny razantsika hoe "Liahônà, izany hoe raha adika dia kompà; ary ny Tompo no nanomana izany.

39 Ary indro, tsy misy olona hahavita taozavatra araka izany fahaizana asa kanto loatra izany. Ary indro, izany dia nomanina mba hampisehoana amin' ny razantsika ny lalana tokony halehany any an-tany foana.

40 Ary izany dia niasa ho azy araka ny "finoany an' Andriamanitra; noho izany, raha nanao finoana izy mba hino fa Andriamanitra dia afaka manao izay hanondroan' ireo sahaza ireo ny lalana tokony hizorany, dia indro, to izany; noho izany izy dia nahazo ity zava-mahagaga ity, ary zava-mahagaga maro hafa koa no notontosain' ny herin' Andriamanitra isan' andro isan' andro.

41 Kanefa, satria ireo zava-mahagaga ireo dia notontosaina tamin' ny alalan' ny "fitaovana madinika, izany dia nampiseho

asa mahatalanjona taminy. Raha kamo izy ka nanadino ny nampihatra ny finoany sy ny fahazoany, tamin' izay dia nitsahatra ireo asa mahatalanjona ireo, ary dia tsy nandroso izy tamin' ny diany;

42 Noho izany, dia nitaredretra tany an-tany foana izy, na tsy nandeha tamin' ny lalana mahitsy, ary nampahorian' ny hanoanana sy ny hetaheta, noho ny fandikany lalàna.

43 Ary ankehitriny anaka, dia mba tiako ny hahatakaranao fa ireo zavatra ireo dia tsy misaraka amin' ny tandindona; fa raha nalaina ny razantsika ny hanome lanja ity kompà ity (ankehitriny, ireo zavatra ireo dia araka ny nofo), dia tsy nandroso izy; dia toy izany koa ny momba ny zavatra izay ara-panahy.

44 Fa indro, toy ny mahamora ny fanomezana lanja ny "tenin' i Kristy, izay hanoro anao ny lalana mahitsy mankany amin' ny fahasambarana mandrakizay, dia toy izany koa ho an' ny razantsika ny fanomezana lanja ity kompà ity izay nanoro azy ny lalana mahitsy mankany amin' ny tany nampanantenaina.

45 Ary ankehitriny dia lazaiko, moa va tsy misy tandindona amin' izany zavatra izany? Fa toy ny nitondran' io mpitari-dalana io marina tokoa ny razantsika, tamin' ny fanarahana ny torolalany mankany amin' ny tany nampanantenaina, dia toa izany koa ireo tenin' i Kristy, raha

37b F&F 46:32.

38a 1 Ne. 16:10; 18:12;
F&F 17:1.

40a 1 Ne. 16:28.

41a Almà 37:6–7.
44a Sal. 119:105;

1 Ne. 11:25;

Hel. 3:29–30.

manaraka ny lalany isika dia hitondra antsika any ankoatr' ity lohasahan' alahelo ity izany hankany amin' ny tany nampantenanina tsara lavitra.

46 Ô Ry zanako, aoka isika tsy ho "kamo noho ny fahamoran' ny ^blalana; fa toy izany tamin' ny razantsika; satria efa nomanina ho azy izany, ka raha mijery izy dia mety ho "velona; dia torak' izany koa amintsika. Efa voaomana ny lalana, ary raha mijery isika dia mety ho velona mandrakizay.

47 Ary ankehitriny anaka, dia ataovy izay hikarakaranao ireo zava-masina ireo, eny, ezaho izay hijerenao an' Andriamanitra ka ho velona. Mandehàna any amin' ity vahoaka ity ary lazao ny teny, ary aoka ho mahonon-tena. Veloma, anaka.

Ny didin' i Almà tamin' i Siblôna zanany lahy.

Mahafaoka ny toko 38.

TOKO 38

Nenjhina i Siblôna noho ny fahamarinana — Ny famonjena dia ao amin' i Kristy, izay fiainana sy fahazavan' izao tontolo izao — Fehezo ny filânareo rehetra. Tokony ho 74 talohan' i j.k.

ANAKA, mampandria sofina

amin' ny teniko, satria lazaiko aminao toy izay nolazaiko tamin' i Helamàna, fa arakaraka ny hitandremanao ny didin' Andriamanitra no hiroboroboa-nao eo amin' ny tany; ary arakaraka ny tsy hitandremanao ny didin' Andriamanitra no hanesorana anao tsy ho eo anatrehany.

2 Ary ankehitriny anaka, matoky aho fa izaho dia hanampifaliana lehibe aminao, noho ny fiorenanao sy ny fahatokiana an' Andriamanitra; fa toy ny efa nanombohanao niandrindra ny Tompo Andriamanitrao tamin' ny fahatanoranao, dia toy izany no anantenako fa "hotohizanao ny fitandremana ny didiny; satria hotahiana izay ^bmaharitra hatramin' ny farany.

3 Lazaiko aminao anaka fa efa nanam-pifaliana lehibe taminao sahady aho, noho ny fahatokiana sy ny fahazotoanao, ary ny faharetanao sy ny fahari-ponao teo anivon' ny vahoakan' ny "Zôramita.

4 Satria fantatro fa efa tao anatin' ny fatotra ianao; eny, ary fantatro koa fa notoraham-bato ianao noho ny teny; ary nozakainao "tamim-paharetana ireo zavatra rehetra ireo, satria ^bnomba anao ny Tompo; ary ankehitriny fantatrao fa ny Tompo no nanafaka anao.

5 Ary ankehitriny ry Siblôna zanako, dia mba tiako ny hahatsiarovanao fa arakaraka ny

46a 1 Ne. 17:40–41.

b Jao. 14:5–6;

2 Ne. 9:41; 31:17–21;

F&F 132:22, 25.

d Jao. 11:25; Hel. 8:15;

3 Ne. 15:9.

38 2a Almà 63:1–2.

b 2 Ne. 31:15–20;

3 Ne. 15:9; 27:6, 16–17.

3a Almà 31:7.

4a tsm Faharetana.

b Roma. 8:35–39.

hametrahanao ny "tokinao ao amin' Andriamanitra, dia arakara izany koa no ^bhanafahana anao amin' ny fizahan-toetra anao sy ny ^ffahasahirananao ary ny fahorianao, ary hasandratra ianao amin' ny andro farany.

6 Ankehitriny anaka, dia tsy mba tiako ny hiheveranao fa mahalala ireo zavatra ireo avy amin' ny tenako aho, fa ny Fanahin' Andriamanitra kosa izay ato amiko no mampahalala ahy ireo zavatra ireo; fa raha tsy efa "naterak' Andriamanitra aho dia tsy ho nahalala ireo zavatra ireo.

7 Nefa indro, ny Tompo tao amin' ny famindram-pony lehibe dia nandefa ny "anjeliny mba hanambara amiko fa tsy maintsy atsahatro ny asa ^bfamongorana eo anivon' ny olony; eny, ary efa nahita anjely iray nifanatri-maso tamiko aho, ary niresaka tamiko izy, ary ny feony dia toy ny kotro-baratra, ary nanozongozona ny tany manontolo izany.

8 Ary ny zava-nitranga dia nandritra ny telo andro sy telo alina aho no tao anatin' ny fanaintainana sy ny fangirifirian' ny fanahy mangidy indrindra; ary na oviana na oviana, ambara-pitalahoako tamin' i Jesoa Kristy Tompo hamindra fo, dia tsy nandray ny "famelana ny fahotako aho. Nefa indro, nita-

laho Taminy aho ka dia nahita fiadanana ho an' ny fanahiko.

9 Ary ankehitriny anaka, dia efa nolazaiko anao izany mba hahazoanao mianatra fahendrena, mba hahazoanao mianatra amiko fa "tsy misy lalan-kafa na fomba izay ahafahana mamonjy ny olona afa-tsy ao amin' i Kristy sy amin' ny alalany. Indro, Izy no fiainana sy ^bfahazavan' izao tontolo izao. Indro, Izy no tenin' ny fahamarinana sy ny fahitsiana.

10 Ary ankehitriny, toy ny efa nanombohanao nampianatra ny teny, dia toy izany koa no mba tiako ny hanohizanao mampianatra; ary mba tiako ianao ho mazoto sy ho mahonon-tena amin' ny zava-drehetra.

11 Ezaho izay tsy hanandranao tena ao amin' ny avonavona; eny, ataovy izay tsy "hireharenao amin' ny fahendrena na amin' ny herinao fatratra.

12 Mampiasà fahasahiana fa tsy fianjonanjonana; ary ataovy koa izay hifehezanao ny filanao rehetra mba hahatonga anao ho feno fitiavana; ataovy izay hifadianao ny fidonanaham-poana.

13 Aza mivavaka toy ny ataon' ny Zôramita, satria efa hitanao fa mivavaka izy mba ho ren' ny olona sy hoderaina noho ny fahendreny.

14 Aza milaza hoe: Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa izahay dia "tsaratsara kokoa

5a Almà 36:27.
TSM Matoky.
b Mat. 11:28-30.
d F&F 3:8; 121:7-8.
6a Almà 36:26;
F&F 5:16.

TSM Ateraka Indray,
Aterak' Andriamanitra.
7a Môsià 27:11-17.
b Almà 26:17-18;
36:6-11.
8a TSM Famelana ny

Fahotana.
9a Hel. 5:9.
b Môsià 16:9.
11a TSM Fiavonavonana.
14a Almà 31:16.

noho ny rahalahinay; fa lazao kosa hoe: Tompo ô, mamelà ny ^btsy fahamendrehako, ary tsarovy ao amin' ny famindram-po ny rahalahiko—eny, ekeo ny tsy famendrehanao eo anoloan' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra.

15 Ary enga anie ny Tompo ka hitahy ny fanahinao sy handray anao ao amin' ny fanjakany amin' ny andro farany mba hipetraka amim-piadanana. Ankehitriny, mandehàna anaka ary ampianaro amin' ity vahoaka ity ny teny. Aoka ho mahonon-tena. Veloma, anaka.

Ny didin' i Almà tamin' i Kôriantôna zanany lahy.

Mahafaoka ny toko 39 ka hatramin' ny 42 manontolo.

TOKO 39

Fahavetavetana ny firaisana aranofo—Nisakana ny Zôramita tsy handray ny teny ny fahotan' i Kôriantôna—Ny fanavotan' i Kristy dia mihatra amin' ny lasa ho famonjena ireo nahatoky izay niaina talohan' izany. Tokony ho 74 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny anaka, somary manan-kolazaina anao misimisy kokoa aho noho izay nolazaiko tamin' ny rahalahinao; fa indro, moa tsy efa nomarihinao va ny

fiorenan' ny rahalahinao, ny fahatokiany ary ny fahazotoany tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra? Indro, moa va izy tsy efa nampiseho ohatra tsara taminao?

2 Fa tsy nomenao lanja firy ny teniko toy ny nataon' ny rahalahinao teo anivon' ny vahoakan' ny “Zôramita. Ankehitriny dia izao no anomezako tsiny anao: ianao dia nanohy ny fireharehanao tamin' ny herinao sy ny fahendrenao.

3 Ary tsy izay ihany, anaka, ianao dia nanao izay nampahalaho ahy; fa nafoinao ny asa fanompoana ary nandeha nankany an-tanin' i Sirôna ianao, tany amin' ny faritry ny sisintanin' ny Lamanita ianao, nana-raka an' i Isabela, ilay “vehivavy janga.

4 Eny, “naka ny fon' ny maro izy; nefa tsy fialan-tsiny ho anao izany, anaka. Ianao dia tokony ho nikarakara ny asa fanompoana izay nankinina taminao.

5 Tsy fantatrao va, anaka, fa “ireny zavatra ireny dia fahavetavetana eo imason' ny Tompo; eny, tena fahavetavetana indrindra noho ny fahotana rehetra, afa-tsy ny fandatsahana ny ran' ny tsy manan-tsiny, na ny fandavana ny Fanahy Masina?

6 Satria indro, raha “mandà ny Fanahy Masina ianao rehefa nahazo toerana tao aminao Izy, ary fantatrao fa mandà Azy ianao dia indro, izany dia faho-

14b Lio. 18:10–14.

39 2a Almà 38:3.

3a TSM Manarana ny

Filan' ny Nofo.

4a Ohab. 7:6–27.

5a TSM Fitondrantena

Maloto.

6a F&F 76:35–36.

tana izay ^btsy azo ivalozana; eny, ary na zovy na zovy no mamono olona manohitra ny fahazavana sy ny fahalalan' Andriamanitra dia tsy mora ho azy ny mahazo ^afamelana; eny, lazaiko aminao, anaka, fa tsy mora ho azy ny mahazo famelana.

7 Ary ankehitriny anaka, dia iriko amin' Andriamanitra ianao mba tsy ho ^ameloka amin' izany heloka lehibe loatra izany. Tsy ho nivalampatra tamin' ny helokao aho, mba handrotidrotika ny fanahinao, raha tsy noho izay mahasoana.

8 Nefa indro, tsy afaka manafina ireo helokao amin' Andriamanitra ianao; ary raha tsy mibebaka ianao dia hijoro toy ny vavolombelona ireny hanohitra anao amin' ny andro farany.

9 Ankehitriny anaka, dia mba tiako ny hibebahanao sy hamoizanao ny fahotanao ary tsy handehanao intsony araka ny ^afitsiriritan' ny masonao, fa ^blavo amin' ny tenanao kosa ireny zavatra rehetra ireny; fa raha tsy manao izany ianao dia tsy afaka mandova mihitsy ny fanjakan' Andriamanitra. Ô tsarovy sy raiso ho adidinao izany ary lavo amin' ny tenanao ireny zavatra rehetra ireny.

10 Ary mandidy anao aho mba horaisinao ho adidy ny hila hevitra amin' ireo zokinao mirahalahy amin' ny ataonao; fa indro, ao amin' ny fahatanoranao

iana, ary ilainao ny hofahanan' ny rahalahinao. Ary omeo lanja ny toroheviny.

11 Aza avela ho voatariky ny zava-poana sy tsy misy fotony ny tenanao; aza avela hitarika ny fonao indray ny devoly hanaraka ireo vehivavy janga ratsy ireo. Indro, anaka, ity heloka lehibe nentinao teo amin' ny ^aZôramitaiky; fa rehefa hitany ny ^bfitondran-tenanao dia tsy nety nino ny teniko izy.

12 Ary ankehitriny, ny Fanahin' ny Tompo dia milaza amiko hoe: ^aDidio ny zanaka hanao ny tsara, fandrao hotarihiny ny fon' ny olona maro hankany amin' ny famongorana; noho izany aho dia mandidy anao anaka, noho ny fahatahorana an' Andriamanitra ny hitsaharanao amin' ny helokao;

13 Ny hitodihanao amin' ny Tompo amin' ny sainao, ny herinao ary ny tanjakao rehetra; ny tsy hitarihanao intsony ny fon' ny olona hanao ny ratsy; fa ny hiverenanao aminy kosa, ka ^ahiekenao ny fahadisoanao sy ity ratsy izay efa nataonao.

14 Aza ^amikatsaka ny harena na ny zava-poanan' izao tontolo izao; fa indro, tsy afaka mitondra ireny miaraka aminao ianao.

15 Ary ankehitriny anaka, dia somary mba te hilaza aminao ihany aho ny momba ny fiavian' i Kristy. Indro, lazaiko aminao,

6b TSM Fahotana Tsy
Ahazoana Famelana.
d F&F 64:10.
TSM Mamela.
7a TSM Heloka.
9a TSM Ara-nofo.

b 3 Ne. 12:30.
11a Almà 35:2-14.
b Roma. 2:21-23;
14:13; Almà 4:11.
12a TSM Didin'
Andriamanitra;

Mampianatra.
13a Mòsià 27:34-35.
14a Mat. 6:25-34;
Jakôba 2:18-19;
F&F 6:6-7; 68:31-32.

fa Izy no ho avy marina tokoa hanaisotra ny fahotan' izao tontolo izao; eny, tonga Izy hilaza vaovao mahafaly momba ny famonjena ny olony.

16 Ary ankehitriny anaka, dia izany no asa fanompoana izay efa niantsoana anao, dia ny hilaza ireo vaovao mahafaly ireo amin' ity vahoaka ity mba hanomana ny sainy; na ny marimarina kokoa, fa ny famonjena dia mety ho tonga aminy mba hahazoany manomana ny sain' ny "zanany handre ny teny amin' ny fotoana hiaviany.

17 Ary ankehitriny dia somary hanamaivana ny sainao ihany aho ny amin' izay toe-javatra izay. Indro, gaga ianao hoe, nahoana ireo zavatra ireo no tokony ho fantatra elabe mia-loha. Indro, lazaiko aminao, moa va ny fanahy iray tsy sarobidy amin' Andriamanitra amin' izao fotoana izao, toy ny haha-sarobidy ny fanahy iray koa amin' ny fotoana hiaviany?

18 Moa va tsy ilaina ny tokony hampahafantarana ny drafitry ny fanavotana amin' ity vahoaka ity ary amin' ny zanany koa?

19 Moa va tsy mora amin' ny Tompo ny mandefa ny anjeliny amin' izao fotoana izao hilaza ireo vaovao mahafaly ireo amin-tsika, na koa amin' ny zanatsika, na koa aorian' ny fotoana hiaviany?

TOKO 40

Manatanteraka ny fitsanganan' ny olon-drehetra amin' ny maty i Kristy—Ny marina izay nodimandry no mandeha any am-paradisa, ary ny ratsy any amin' ny haizina ivelany, mba hiandry ny andron' ny fitsanganany amin' ny maty—Haverina amin' ny endriny tsirairay avy sy tomombana ny zavadrehetra amin' ny fitsanganana amin' ny maty. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY anaka dia indro somary mbola misy ihany ny tiako holazaina anao; satria takatro fa very hevitra ny sainao momba ny fitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty.

2 Indro, lazaiko aminao fa tsy misy ny fitsanganana amin' ny maty—na, raha lazaiko amin' ny teny hafa fa ity mety maty ity dia tsy mitafy ny "tsy fahafatesana, ity fahalòvana ity dia tsy ^bmitafy ny tsy fahalòvana—^araha tsy aorian' ny fiavian' i Kristy.

3 Indro, Izy no manatanteraka ny "fitsanganan' ireo nodimandry amin' ny maty. Nefa indro, anaka, ny fitsanganana amin' ny maty dia tsy mbola izao tsy akory. Ankehitriny, dia amela-belatra mistery anankiray aminao aho; kanefa dia misy maro ny ^bmistery izay ^dtehirizina, izay tsy misy mahalala afa-tsy Andriamanitra ihany. Nefa asehoko

16a TSM Fianakaviana—
Ireo andraikity ny
ray aman-dreny.
40 2a Mòsià 16:10–13.

TSM Tsy Fahafatesana.
b 2 Tan. 15:53–54.
d 2 Tan. 15:20.
3a TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.
b TSM Misterin'
Andriamanitra.
d F&F 25:4; 124:41.

anao ny zavatra iray izay efa nanadinako an' Andriamanitra tamim-pahazotoana tokoa halalako—izany dia ny momba ny fitsanganana amin' ny maty.

4 Indro, misy ny fotoana voatondro izay “hitsanganan' ny rehetra amin' ny maty. Ankehitriny, rahoviana no tonga izany fotoana izany, tsy misy mahalala; fa Andriamanitra no mahalala ny fotoana izay efa voatondro.

5 Ankehitriny, na hisy fotoana iray, na “fotoana faharoa, na fotoana fahatelo izay hitsanganan' ny olona amin' ny maty, dia tsy mampaninona izany; fa Andriamanitra no ^b mahalala ireo zavatra rehetra ireo; ary ampy ho ahy ny mahalala fa izay no toe-javatra—fa misy ny fotoana voatondro izay hitsanganan' ny rehetra amin' ny maty.

6 Ankehitriny dia tsy maintsy ilaina ny hisian' ny fotoana manelanelana ny fotoana ahafatesana sy ny fotoan' ny fitsanganana amin' ny maty.

7 Ary ankehitriny dia te hanadina aho hoe inona no manjo ny “fanahin' ny olona hatramin' ny fotoana ahafatesana ka hatramin' ny fotoana voatondro ho fitsanganana amin' ny maty?

8 Ankehitriny, na misy mihoatra ny iray aza ny fotoana voatondro ho an' ny olona mba hitsanganana, dia tsy mampaninona izany; fa ny rehetra dia tsy maty indray mandeha, ary

tsy mampaninona izany; ny rehetra dia toy ny indray andro amin' Andriamanitra, ary ho an' ny olona ihany no refesina ny fotoana.

9 Noho izany dia misy ny fotoana voatondro ho an' ny olona izay hitsanganany amin' ny maty; ary misy fotoana manelanelana ny fotoana ahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty. Ary ankehitriny, momba ity elanelam-potoana ity, izay manjo ny fanahin' ny olona no zavatra izay efa nanadinako ny Tompo tamin' ny fahazotoana tokoa mba ho fantatra; ary izao no zavatra izay fantatro.

10 Ary rehefa tonga ny fotoana izay hitsanganan' ny rehetra, amin' izay dia ho fantany fa Andriamanitra dia mahalala ny “fotoana izay voatondro ho an' ny olona.

11 Ankehitriny, raha ny momba ny toetry ny fanahy eo anelanelan' ny “fahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty—Indro, izany dia efa nampahalalain' ny anjely iray ahy, satria ny fanahin' ny olon-drehetra, raha vantany vao miala ity vatana mety maty ity, eny, ny fanahin' ny olon-drehetra, na tsara izy na ratsy, dia entina ^b mody any amin' Ilay Andriamanitra izay nanome aina azy.

12 Ary amin' izany ny zavatra hitranga, ny fanahin' ireo izay marina dia raisina ao amin' ny

4a Jao. 5:28–29.

5a Môsià 26:24–25;

F&F 43:18; 76:85.

^b TSM Andriamanitra.

7a Almà 40:21; F&F 138.

TSM Fanahy

(Fitambaran'ny

Vatana sy ny

Fanahy).

10a Asa 17:26.

11a Lio. 16:22–26;

1 Pet. 3:18–19; 4:6;

F&F 76:71–74; 138.

^b Mpito. 12:7;

2 Ne. 9:38.

toetry ny “fahasambarana izay antsoina hoe ^bparadisa, dia ny toetry ny “fitsaharana, ny toetry ny “fiadanana izay hialany sasatra amin’ ny fahasahiranana rehetra sy ny fiahiahiana rehetra ary ny alahelo.

13 Ary amin’ izany ny zavatra hitranga, ny fanahin’ ny olondratsy, eny, izay mamohetra — fa indro, tsy manana anjara na ampahany amin’ ny Fanahin’ ny Tompo izy; satria indro, nofidiany ny asa mamohetra toy izay ny tsara; noho izany dia nidiran’ ny fanahin’ ny devoly tao aminy ary noraisiny ny fizakana ny tranony — ary hatsipy any amin’ ny “haizina ivelany izy; hisy ^bfitomaniana, sy fidradradradrana ary fikitroha-nify, ary izany dia noho ny helony ihany, rehefa nentin’ ny sitrapon’ ny devoly ho babo.

14 Ankehitriny, dia izany no toetry ny fanahin’ ny “ratsy, eny, ao amin’ ny haizina sy ny toetra mahatsiravina, ^bfenô tahotra, eo am-piandrandrana ny fahatezerana mirehitra sy ny fisafoahan’ Andriamanitra aminy; dia toy izany no ijanonany ao amin’ izany ^dtoetra izany, toy ny marina ao amin’ ny paradisa, ambara-pahatongan’ ny fotoan’ ny fitsanganany amin’ ny maty.

15 Ankehitriny, misy ny sasany izay efa nahatakatra fa izany toetry ny fahasambarana sy izany toetry ny fahorian’ ny fanahy

mialohan’ ny fitsanganana amin’ ny maty izany no fitsanganana amin’ ny maty voalohany. Eny, ekeko fa azo antsoina ho fitsanganana amin’ ny maty, ny fitsanganan’ ny fanahy na ny ambiroa sy ny fametrahana ireo ao amin’ ny fahasambarana na fahoriana, araka ny teny izay efa voalaza.

16 Ary indro, efa voalaza koa fa misy ny “fitsanganana amin’ ny maty ^bvoalohany, dia fitsanganan’ ireo rehetra izay efa nisy na izay misy, na izay hisy amin’ ny maty, hatreo amin’ ny fitsanganan’ i Kristy amin’ ny maty.

17 Ankehitriny, dia tsy heverintsika fa ity fitsanganana amin’ ny maty voalohany ity, izay lazaina araka ity fomba ity, no mety ho ilay fitsanganan’ ny fanahy amin’ ny maty sy ny “fametrahana azy ao amin’ ny fahasambarana na ny fahantrana. Tsy azonao heverina fa izay no tian’ izany holazaina.

18 Indro, lazaiko aminao, Tsia; fa ny tian’ izany holazaina kosa dia ny fikambanan’ ny fanahy amin’ ny vatana, an’ ireo izay hatramin’ ny andron’ i Adama ka hatreo amin’ ny “fitsanganan’ i Kristy amin’ ny maty.

19 Ankehitriny, raha toa ka ny fanahy sy ny vatan’ ireo izay efa voatonona ireo dia hakambana eo noho eo, ny ratsy tahaka ny marina, dia tsy lazaiko; aoka ho ampy ny ilazako fa hitsangana

12a TSM Fifaliana.
 b TSM Paradisa.
 d TSM Fitsaharana.
 e F&F 45:46.
 TSM Fiadanana.
 13a TSM Helo.

b Mat. 8:12;
 Môsià 16:2.
 14a F&F 138:20.
 b Jakôba 6:13;
 Mos. 7:1.
 d Almà 34:34.

16a TSM Fitsanganana
 amin’ ny Maty.
 b Jakôba 4:11;
 Môsià 15:21–23.
 17a F&F 76:17, 32, 50–51.
 18a Mat. 27:52–53.

izy rehetra ireo; na amin' ny teny hafa, ny fitsanganany amin' ny maty dia mitranga "mialohan' ny fitsanganan' ireo izay maty taorian' ny fitsanganan' i Kristy tamin' ny maty.

20 Ankehitriny anaka, dia tsy milaza aho fa ny fitsanganany amin' ny maty dia mitranga amin' ny fitsanganan' i Kristy amin' ny maty; nefa indro, lazaiko izao ho toy ny hevitra, fa ny fanahy sy ny vatan' ny marina dia hakambana amin' ny fitsanganan' i Kristy amin' ny maty sy ny "fiakarany any an-danitra.

21 Nefa na amin' ny fitsanganany amin' ny maty izany, na aoriana, dia tsy lazaiko; fa izao ihany no lazaiko, fa misy "fotoana manelanelana ny fahafatesana sy ny fitsanganan' ny vatana amin' ny maty sy ny toetry ny fanahy ao amin' ny ^bfahasambarana, na ao amin' ny ^bfahoriana mandra-pahatongan' ny fotoana izay efa voatondron' Andriamanitra fa hitsanganan' ny nodimandry, ka hakambana ny fanahy sy ny vatana, ary "hoentina hijoro eo anoloan' Andriamanitra sy hotsaraina araka ny asany.

22 Eny, izany no hahatanteraka ny famerenana amin' ny laoniny ireo zavatra ireo izay efa nolazain' ny mpaminany.

23 Ny "fanahy dia ^bhaverina amin' ny "vatana ary ny vatana amin' ny fanahy; eny, ary ny ratsam-batana tsirairay sy ny

vaniny dia haverina amin' ny vatany; eny, na dia singam-bolo iray amin' ny loha aza dia tsy ho very; fa haverina amin' ny endriny tsirairay avy sy tomombana ny zava-drehetra.

24 Ary ankehitriny anaka, dia izany no famerenana amin' ny laoniny izay efa "nolazain' ny vavan' ny mpaminany —

25 Ary amin' izany ny marina dia hamirapiratra ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

26 Nefa indro, "fahafatesana mahatsiravina no tonga amin' ny olon-dratsy; satria maty izy raha ny amin' ny zavatra mikasika ny zavatra ny fahamari-nana; fa tsy madio izy ary ny zavatra ^btsy madio dia tsy afaka mandova ny fanjakan' Andriamanitra; fa ariana any ivelany kosa izy ary ahiboka mba hihi-nana ny vokatra ny asany na ny raharahany, izay efa namohehata; ary misotro ny faikany amin' ny kapoaka mangidy izy.

TOKO 41

Mitsangana ho amin' ny toetry ny fahasambarana tsisy farany na fahoriana tsisy farany ny olona amin' ny fitsanganana amin' ny maty — Tsy fahasambarana na oviana na oviana ny faharatsiana — Ny olon' ny nofo dia tsy manana an' Andriamanitra eo amin' izao tontolo izao — Amin' ny famere-

19a Mòsia 15:26.

20a TSM Fiakarana.

21a Lio. 23:39–43.

b TSM Paradisa.

d TSM Helo.

e Almà 42:23.

23a IE Fanahy.

F&F 88:15–17.

TSM Fanahy (Fitambaran' ny Vatana sy ny Fanahy).

b 2 Ne. 9:12–13;

Almà 11:40–45.

d TSM Vatana.

24a Isa. 26:19.

26a 1 Ne. 15:33;

Almà 12:16.

b Almà 11:37.

nana amin' ny laoniny, ny olona tsirairay dia mandray indray ny endrika sy ny toetra nananany tamin' ny fiainana mety maty. Tokony ho 74 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny anaka, dia somary manan-kolazaina ihany aho momba ny famerenana amin' ny laoniny izay efa voateny; fa indro, efa "naolan' ny sasany ny soratra masina, ka efa ^bnaniaasia izy noho izany zavatra izany. Ary takatro fa efa sahirana koa ny sainao momba izany zavatra izany. Nefa indro, hozavaiko anao izany.

2 Lazaiko aminao anaka, fa ny drafity ny famerenana amin' ny laoniny dia ilaina araka ny fahamarinan' Andriamanitra; fa ilaina ny tokony hamerenana ny zava-drehetra amin' ny laminy tsirairay avy. Indro, ilaina sy rariny, araka ny hery sy ny fitsanganan' i Kristy amin' ny maty, ny tokony hamerenana ny fanahin' ny olona amin' ny vatany, ary ny "ratsam-batana tsirairay dia tokony haverina aminy ihany.

3 Ary ilaina araka ny "fahamarinan' Andriamanitra ny tokony ^bhitsarana ny olona araka ny ^dasany; ary raha tsara ny asany teo amin' izao fiainana izao ary tsara ny fanirian' ny fony, dia tokony "haverina amin' izay tsara koa izy amin' ny andro farany.

4 Ary raha ratsy ny asany, dia "haverina ratsy aminy izany. Noho izany, ny zava-drehetra dia haverina amin' ny laminy tsirairay avy, ny zavatra tsirairay ho amin' ny firafiny voajanahary—ny ^bmety maty atsangana ho tsy mety maty, ny ^dfahalòvana ho tsy fahalòvana—atsangana ho amin' ny "fahasambarana tsisy fiafarany mba handova ny fanjakan' Andriamanitra, na ho amin' ny fahoriana tsisy fiafarany mba handova ny fanjakan' ny devoly, ny iray amin' ny an-daniny, ny hafa amin' ny ankilany—

5 Ny iray atsangana ho amin' ny fahasambarana araka ny faniriany fahasambarana, na tsara araka ny faniriany ny tsara; ary ny hafa ho amin' ny ratsy araka ny faniriany ny ratsy; fa tahaka ny efa naniriany ny hanao ratsy nandritra ny manontolo andro dia tahaka izany no hananany loka ratsy rehefa tonga ny alina.

6 Ary dia toy izany koa amin' ny an-daniny. Raha efa nibebaka tamin' ny fahotany izy, sy naniry fahamarinana mandra-pahatapitry ny androny, dia toy izany no hamaliana azy fahamarinana.

7 "Izy ireo no ireo izay avotan' ny Tompo; eny, izy ireo no ireo izay alaina hivoaka, izay afahana amin' ny alin' ny haizina tsisy fiafarany; ary dia toy izany no ijoroany na ahalavoany; fa indro, izy ireo ihany no

41 1a 2 Pet. 1:20; 3:16;
Almà 13:20.

b TSM Apôstazia.

2a Almà 40:23.

3a TSM Fahamarinana.

b TSM Ampamoahina,

Ampamoaka; Fitsarana.

d TSM Asa.

e Hel. 14:31.

4a Almà 42:28.

b 2 Ne. 9:12-13;

F&F 138:17.

TSM Fitsanganana
amin' ny Maty.

d 2 Tan. 15:51-55.

e TSM Fiainana
Mandrakizay.

7a F&F 76:50-70.

^btompon' ny tenany na hanao ny tsara, na hanao ny ratsy.

8 Ankehitriny, ny didin' Andriamanitra dia “tsy azo ovaina; noho izany, voaomana ny lalana ka na zovy na zovy no tia izany dia mahazo mandeha aminy ary ho voavonjy.

9 Ary ankehitriny, indro anaka, aza mankahatra fanafintohinana “indray mandeha intsony hano-hitra an' Andriamanitrao amin' ireo lafiny amin' ny fotompampianarana ireo, izay efa nankaharanao hatramin' izao mba hahavitana fahotana.

10 Aza mihevitra, satria efa nolazaina ny momba ny famerenana amin' ny laoniny, fa ianao dia haverina avy amin' ny fahotana ho amin' ny fahasambarana. Indro, lazaiko aminao, ny “faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana.

11 Ary ankehitriny anaka, ny olon-drehetra izay ao amin' ny “toetra voajanahary, na holazai-ko hoe, ao amin' ny ^btoetry ny nofo, dia ao amin' ny ngidin' ny afero sy ao amin' ny famatoran' ny heloka; “tsy manana an' Andriamanitra izy eo amin' izao tontolo izao, ary efa nandeha nanohitra ny toetran' Andriamanitra izy; noho izany, izy dia ao amin' ny toetra mifanohitra amin' ny toetry ny fahasambarana.

12 Ary ankehitriny, indro, moa

ve ny hevitra ny teny hoe famerenana amin' ny laoniny, dia ny fandraisana zavatra iray avy amin' ny toetrany voajanahary sy ny fametrahana izany ao amin' ny toetrany tsy voajanahary, na ny fametrahana izany eo amin' ny toetrany mifanohitra amin' ny toetrany voajanahary?

13 Ry anaka, tsy izay no fisehoan-javatra; fa ny hevitra ny teny hoe famerenana amin' ny laoniny kosa dia ny famerenana indray ny ratsy ho amin' ny ratsy, na ny nofo ho amin' ny nofo, na ny avy amin' ny devoly ho amin' ny avy amin' ny devoly—ny tsara ho amin' izay tsara; ny rariny ho amin' izay rariny; ny hitsiny ho amin' izay hitsiny; ny feno famindram-po ho amin' izay feno famindram-po.

14 Noho izany anaka dia ataovy izay hamindranao fo amin' ny rahalahinao; ataovy araka ny “hitsiny, ^bmitsarà araka ny rariny ary manaova ny “tsara lalandava; ary raha ataonao ireo zavatra rehetra ireo, dia handray ny lokanao ianao amin' izany; eny, hanana ny “famindram-po averina aminao indray ianao; hanana ny hitsiny averina aminao indray ianao; hanana ny fitsarana ara-drariny averina aminao indray ianao; ary hanana ny tsara avaly anao indray ianao.

15 Fa izay alefanao any ivelany

7b 2 Ne. 2:26;
Almà 42:27;
Hel. 14:30.
TSM Safidy.
8a F&F 1:38.
9a F&F 42:23–28.
10a Sal. 32:10;

Isa. 57:20–21;
Hel. 13:38.
11a Mòsià 3:19.
TSM Olona araka
ny Nofo.
b TSM Ara-nofy.
d Ef. 2:12.

14a TSM Fahamarinan-
toetra.
b Jao. 7:24;
F&F 11:12.
d F&F 6:13; 58:27–28.
e TSM Famindram-po.

no hiverina aminao indray sy haverina amin' ny laoniny; noho izany, ny teny hoe famerenana amin' ny laoniny dia manameloka tanteraka kokoa ny mpanota, ary tsy manamarina azy mihitsy.

TOKO 42

Ny fiainana mety maty dia fotoana fizahan-toetra mba hahafahan' ny olona mibebaka sy manompo an' Andriamanitra — Nitondra ny fahafatesan' ny vatana sy ny fahafatesam-panahy tamin' ny olombelona rehetra ny Fahalavoana — Tonga tamin' ny alalan' ny fibebahana ny fanavotana — Izy Andriamanitra tenany no nanonitra ny fahotan' izao tontolo izao — Ho an' ireo izay mibebaka ny famindram-po — Ny hafa rehetra dia feheziny ny fitsaran' Andriamanitra — Tonga noho ny Sorompanavotana ny famindram-po — Ny tena mivalo ihany no voavonjy. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny anaka, dia takatro fa somary misy ihany izay manahirana ny sainao, izay tsy mety azonao — dia ny momba ny "fahamarinan' Andriamanitra amin' ny famaizana ny mpanota; satria miezaka ianao ny hihevitra fa tsy rariny ny tokony hametrana ny mpanota ao amin' ny toetry ny fahoriana.

2 Ankehitriny, indro, anaka, hohazavaiko anao izany zavatra izany. Fa indro, rehefa "nesorin'

ny Tompo Andriamanitra hiala ny saha ^bEdena ny ray amandrenintsika voalohany, mba hiasa ny tany izay nanalana azy — eny, noroahiny ny olona hiala, ary nampitoeriny tany amin' ny farany atsinanan' ny saha Edena ny ^dkerobima sy ny lelafon-tsabatra izay nihebiheby tamin' ny lafiny rehetra mba hiambina ilay ^ehazon' aina —

3 Ankehitriny, hitantsika fa ny olona dia efa tonga tahaka an' Andriamanitra, mahalala ny tsara sy ny ratsy; ary andrao haninjitra ny tanany izy ary hako amin' ny hazon' aina sy hihinana ary ho velona mandrakizay, dia nampitoerin' ny Tompo Andriamanitra ny kerobima sy ny lelafon-tsabatra, mba tsy hihinanany amin' ny voa —

4 Ary dia toy izany no ahitantsika, fa nisy fotoana nomena ny olona hibebahana, eny, fotoana "fizahan-toetra, dia fotoana hibebahana sy hanompoana an' Andriamanitra.

5 Satria indro, raha toa naninjitra ny tanany avy hatrany i Adama ka nihinana tamin' ny hazon' aina, dia ho niaina mandrakizay izy araka ny tenin' Andriamanitra, tsy nanana fotoana mba hibebahana; eny, ary ny tenin' Andriamanitra koa dia ho efa foana, ary ny drafitra lehiben' ny famonjena dia ho efa voasampona.

6 Nefa indro, efa notinendry ho an' ny olona ny ho "faty —

42 1a 2 Ne. 26:7;
Môsià 15:26-27.
TSM Fahamarinana.
2a Gen. 3:23-24;

Mos. 4:28-31.
b TSM Edena.
d TSM Kerobima.
e Gen. 2:9.

4a Almà 34:32-33.
6a TSM Fahafatesan' ny
Vatana.

koa satria efa nesorina hiala ny hazon' aina izy, dia tokony hoesorina hiala eto ambonin' ny tany—ary nanjary very mandrakizay ny olona, eny, nanjary olona ^blavo izy.

7 Ary ankehitriny, hitanao amin' izany fa ny ray amandrenintsika voalohany dia "nesorina hiala teo anatrehan' ny Tompo na ny vatany na ny fanahiny; ary dia toy izany no ahitantsika fa nanjary voafehy hanaraka ny ^bsitrapony ihany izy ireo.

8 Ankehitriny indro, tsy nilaina ny hamonjena ny olona tamin' izany fahafatesan' ny vatana izany, satria ho nandrava ny "drafitra lehiben' ny fahasambarana izany.

9 Koa satria tsy mety maty na oviana na oviana ny fanahy, ary ny "fahalavoana dia efa nitondra tamin' ny olombelona rehetra ny fahafatesam-panahy ary koa fahafatesan' ny vatana, izany hoe, efa nesorina hiala teo anatrehan' ny Tompo izy, dia nilaina ny hamonjena ny olombelona amin' izany fahafatesam-panahy izany.

10 Koa satria efa nanjary "manaram-batana, manaram-pilana ary niendrika devoly tamin' ny ^btoetra izy, dia nanjary fotoana mba hiomanana ho azy ity fotoana ^dfizahan-toetra

ity; nanjary fotoana fiomanana izany.

11 Ary ankehitriny, tsarovy anaka, fa raha tsy noho ny drafitry ny fanavotana (raha navela hipetraka izany) raha vantany vao nodimandry izy dia ho "fadiranovana ny fanahiny, satria efa nesorina hiala teo anatrehan' ny Tompo.

12 Ary ankehitriny, dia tsy nisy fomba hanarenana ny olona tamin' izany toetry ny fahalavoana izany, izay ny olona ihany no efa nahatonga izany tamin' ny tenany noho ny tsy fanka-toavany ihany;

13 Noho izany, araka ny fahamarinana, ny "drafitry ny fanavotana dia tsy ho azo nontanterahina, raha tsy noho ny ^bfibebahan' ny olona ihany mandritra ity fotoana fizahan-toetra ity, eny, ity fotoana fiomanana ity; fa raha tsy teo ireo fepetra ireo, dia tsy ho nisy vokany ny famindram-po, afa-tsy ny fandravana ny asan' ny fahamarinana. Ankehitriny, ny asan' ny fahamarinana dia tsy ho azo noravana; fa raha tsy izany, Andriamanitra dia ^dhitsahatra ho Andriamanitra.

14 Ary dia toy izany no ahitantsika fa ny olombelona rehetra dia efa "lavo, ary dia teo ambany fifehezan' ny ^bfahamarinana izy; eny, ny fahamarinan'

6b Môsîà 16:3-5.
TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.
7a 2 Ne. 2:5; 9:6;
Hel. 14:16.
TSM Fahafatesana Ara-panahy.
b TSM Safidy.

8a Almà 34:9;
Mos. 6:62.
9a TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.
10a TSM Ara-nofo.
b TSM Olona araka ny Nofa.
d TSM Mety Maty.

11a 2 Ne. 9:7-9.
13a TSM Drafitry ny Fanavotana.
b TSM Fibebahana.
d 2 Ne. 2:13-14.
14a Almà 22:13-14.
b 2 Ne. 2:5.

Andriamanitra, izay nanolotra azy mandrakizay mba hoesorina hiala eo anatrehany.

15 Ary ankehitriny, ny drafitry ny famindram-po dia tsy ho azo notanterahina raha tsy natao ny sorompanavotana; noho izany dia Izy Andriamanitra tenany no “manonitra ho an’ ny fahotan’ izao tontolo izao mba hahatanteraka ny drafitry ny ^bfamindram-po, mba hanefa ny fitakian’ ny ^dfahamarinana ka hahatonga an’ Andriamanitra ho Andriamanitra marina, ^efanaperana, ary ho Andriamanitra feno famindram-po koa.

16 Ankehitriny, ny fibebahana dia tsy ho nety tonga tamin’ ny olona raha tsy nisy ny famaizana, izay “mandrakizay koa, satria tokony ho izany ny fiainan’ ny fanahy, izay mitovana sy mifanohitra amin’ ny drafitry ny fahasambarana izay mandrakizay koa toy ny fiainan’ ny fanahy.

17 Ankehitriny, ahoana no hahafahan’ ny olona mibebaka raha tsy “nanota izy? Ahoana no hahafahany manota raha tsy nisy ny ^blalàna? Ahoana no mety hisian’ ny lalàna raha tsy nisy ny famaizana?

18 Ankehitriny, dia nisy ny famaizana mitovana, sy ny lalàna marina omena izay nitondra

fanenenan’ ny “fieritreretana tamin’ ny olona.

19 Ankehitriny, raha tsy nisy ny lalàna nomena—raha “namono olona ny olona iray dia tokony ho faty izy—moa ho natahotra ny ho faty va izy raha namono olona?

20 Ary koa, raha tsy nisy ny lalàna nomena hanoherana ny fahotana, dia tsy ho natahotra ny hanota ny olona.

21 Ary raha “tsy nisy ny lalàna nomena, raha nanota ny olona, inona no azon’ ny fahamarinana hatao, na ny famindram-po koa, satria tsy ho nanan-jo tamin’ ny nohariana ireo?

22 Nefa misy lalàna omena sy famaizana mitovana ary “fibebahana atolotra; dia fibebahana takian’ ny famindram-po; raha tsy izany, dia manan-jo amin’ ny nohariana ny fahamarinana ary mampihatra ny lalàna ka mampianjera ny famaizana ny lalàna; raha tsy izany, dia ho rava ny asan’ ny fahamarinana, ary Andriamanitra dia hitsahatra ny ho Andriamanitra.

23 Nefa Andriamanitra dia tsy mitsahatra ny ho Andriamanitra, ary ny “famindram-po dia mitaky ny olona hivalo, ary ny famindram-po dia tonga noho ny ^bsorompanavotana; ary ny sorompanavotana dia manatanteraka ny ^dfitsanganan’ ny

15a 2 Ne. 9:7–10;
Môsià 16:7–8.
TSM Sorompanavotana.
b TSM Famindram-po.
d TSM Fahamarinana.
e 3 Ne. 12:48.
16a F&F 19:10–12.

17a TSM Fahotana.
b Roma. 4:15.
18a TSM Fieritreretana.
19a TSM Famonoan’
Olona.
21a 2 Ne. 9:25–26;
Môsià 3:11.
22a TSM Fibebahana.

23a TSM Famindram-po.
b TSM Sorompanavotana.
d 2 Ne. 2:8; 9:4;
Almà 7:12; 11:41–45;
12:24–25;
Hel. 14:15–18;
Môrm. 9:13.

nodimandry amin' ny maty; ary ny fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty dia mitondra olona 'hiverina eo anatrehan' Andriamanitra; ary dia toy izany no amerenana azy eo anatrehany, mba 'hotsaraina araka ny asany, araka ny lalàna sy ny fahamarinana.

24 Satria indro, ny fahamarinana dia mampihatra ny fitakiany rehetra, ary ny famindram-po koa dia mitaky izay rehetra azy; ary noho izany, tsy misy afa-tsy ny mivalo marina tokoa no vonjena.

25 Ahoana ary, moa heverinao va fa ny famindram-po dia afaka mandroba ny "fahamarinana? Lazaiko aminao, Tsia; na dia kely aza. Raha izany, Andriamanitra dia hitsahatra ny ho Andriamanitra.

26 Ary dia toy izany no anatanterahan' Andriamanitra ny "fikasany lehibe sy mandrakizay, izay efa voaomana 'hatry ny fanorenana izao tontolo izao. Ary dia toy izany no ahatongavan' ny famonjena sy ny fanavotana ny olona, ary koa ny faharavany sy ny fahoriany.

27 Noho izany, Ry zanako, "na zovy na zovy no te hanatona dia mahazo manatona sy misotro amin' ny ranon' aina maimaim-poana; ary na zovy na zovy no tsy te hanatona, dia tsy terena izy hanatona; nefa amin' ny an-

dro farany dia ^bhaverina aminy araka ny ^dasany.

28 Raha toa izy ka efa naniry ny hanao "ratsy, ary tsy nibebaka tamin' ny androny, dia indro, ratsy no hatao aminy araka ny famerenana amin' ny laoniny avy amin' Andriamanitra.

29 Ary ankehitriny anaka, dia maniry aho ny tsy hamelanao intsony ireo zavatra ireo hana-hirana ny sainao, ary aoka ny fahotanao ihany no hanahirana anao, amin' ity fahasahiranana ity izay hitondra anao hidina any amin' ny fibebahana.

30 Ry zanako, iriako ny tsy handavanao intsony ny fahamarinan' Andriamanitra. Aza miezaka ny hanala tsiny ny tenanao, na dia kely ihany aza, noho ny fahotanao, amin' ny fandavana ny fahamarinan' Andriamanitra; fa avelao kosa ny fahamarinan' Andriamanitra sy ny famindram-pony ary ny fahari-pony hahazo vahana feno ao am-ponao; ary aoka izany hitondra anao hidina hatrany amin' ny vovoka amin' ny "fanetren-tena.

31 Ary ankehitriny Ry zanako, dia antsoin' Andriamanitra ianao mba hitory ny teny amin' ity vahoaka ity. Ary ankehitriny anaka, mandehana, ambarao ny teny amin' ny fahamarinana sy ny fahononan-tena mba hahazoanao mitondra fanahy ho amin' ny fibebahana, mba hahazoan' ny drafitra lehiben' ny

23e Almà 40:21–24.

f TSM Fitsarana
Farany, Ny.

25a TSM Fahamarinana.

26a 2 Ne. 2:14–30;

Mos. 1:39.

b Almà 13:3; 3 Ne. 1:14.

27a Almà 5:34;

Hel. 14:30.

TSM Safidy.

b Almà 41:15.

d Isa. 59:18;

Fan. 20:12.

28a Almà 41:2–5.

30a TSM Fanetren-tena.

famindram-po hanan-jo aminy. Ary enga anie ka hotovin' Andriamanitra aminao araka ny teniko. Amena.

TOKO 43

Nitory ny teny i Almà sy ny zana-ny lahy—Nanjary Lamanita ny Zôramita sy ny mpiendaka Nefita hafa—Tonga hiady tamin' ny Nefita ny Lamanita—Nampirongo fitaovam-piarovan-tena ny Nefita i Môrônia—Nambaran' ny Tompo tamin' i Almà ny tetikadin' ny Lamanita—Niara ny fonenany, ny fahafahany, ny ankehonany ary ny fivoavahany ny Nefita—Nohodidinin' ny miaramilan' i Môrônia sy i Lehià ny Lamanita. Tokony ho 74 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia nandeha tany anivon' ny vahoaka ny zanakalahin' i Almà mba hanambara ny teny aminy. Ary i Almà koa, izy tenany, dia tsy afaka niala sasatra, ary lasana koa izy nandeha.

2 Ankehitriny dia tsy hiteny firy intsony momba ny fitoriany isika, afa-tsy ny hoe, nitory ny teny sy ny fahamarinana izy ireo, araka ny fanahin' ny faminiana sy ny fanambarana; ary nitory izy ireo araka ny "lamina masin' Andriamanitra izay niantsoana azy ireo.

3 Ary ankehitriny dia iverenako ny fitantarana ny ady teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita, tamin' ny taona fahavalo amin'

ny folon' ny fitondran' ny mpitsara.

4 Fa indro, ny zava-nitranga dia nanjary Lamanita ny "Zôramita; koa tamin' ny fiandohan' ny taona fahavalo amin' ny folo, dia hitan' ny vahoakan' ny Nefita fa tamy hiady aminy ny Lamanita; koa nataony ny fiomanana ho amin' ny ady; eny, novoriany miaraka tao antanin' i Jersôna ny miaramilany.

5 Ary ny zava-nitranga dia tonga niaraka tamin' ny miaramilany an' arivony ny Lamanita; ary nidirany ny tanin' i Antiônôma, izay tanin' ny Zôramita; ary lehilahy iray izay i Zerahemnà no anarany no mpitondra azy ireo.

6 Ary ankehitriny, dia nananan' ny Amalekita tao anatin' ny tamin' ny tenany ny fironana mamohetra sy mpamono olona kokoa noho ny Lamanita, noho izany i Zerahemnà dia nanendry ny lohan' ny kapiteny teo amin' ny Lamanita, ary izy rehetra dia Amalekita sy Zôramita.

7 Ankehitriny izany no nataony dia ny mba hahazoany mitahiry ny fankahalan' izy ireo ny Nefita, mba hahazoany mitondra azy ireo ho eo ambany fifehezana ho fanatanterahina ny tetiny.

8 Fa indro, ny tetiny dia ny hamoky ny Lamanita ho tezitra amin' ny Nefita; izany no nataony dia ny hahazoany misandoka fahefana lehibe eo aminy, ary ny hahazoany fahefana koa eo amin' ny Nefita amin' ny

famarinana azy any amin' ny fanandevozana.

9 Ary ankehitriny, ny tetiky ny Nefita dia ny hiaro ny taniny sy ny tranony, ary ny “vadiny sy ny zanany mba hahazoany mitsimbina ireny amin' ny tanan' ny fahavalony; ary mba hahazoany koa mitsimbina ny zony sy ny tombontsoany, eny, ary koa ny ^bfahafahany mba hahazoany mitsaoka an' Andriamanitra araka ny faniriany.

10 Satria fantany fa raha toa ka mianjera eo an-tanan' ny Lamanita izy, fa na zovy na zovy no “hidera an' Andriamanitra amin' ny ^bfanahy sy ny fahamarinana, Ilay Andriamanitra marina sy velona, dia hofongoran' ny Lamanita.

11 Eny, ary fantany koa ny fankahalan' ny Lamanita izaitzizy ny “rahalahiny, dia ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia izay nantsoina hoe ny vahoakan' i Amôna—ary tsy te handray fiadiana izy, eny, efa nanao fanekempihavanana izy ary tsy te handrava izany—noho izany, raha toa izy ka mianjera eo an-tanan' ny Lamanita, dia ho fongotra izy.

12 Ary tsy te hamela ny hamongorana azy ny Nefita; koa nomeny tany izy ho lovany.

13 Ary ny vahoakan' i Amôna dia nanome ny Nefita ny ampahany be tamin' ny fananany hanohanana ny miaramilany; ary dia toy izany no naha-voatery ny Nefita hanohitra samirery

ny Lamanita izay nahitana an' i Lamàna sy i Lemoela ary ny zanakalahin' i Ismaela, ary ireo rehetra izay efa niendaka tamin' ny Nefita, dia ny Amalekita sy ny Zôramita, ary ny “tamingan' ny mpisoron' i Noà.

14 Ankehitriny, ireo tamingana ireo dia saiky maro toy ny Nefita; ary dia toy izany no naha-voatery ny Nefita hiady tamin' ny rahalahiny, na dia hatrany amin' ny fandatsahandra aza.

15 Ary ny zava-nitranga rehefa niara-tafavory tao an-tanin' i Antiônôma ny miaramilan' ny Lamanita, dia indro efa niomana ny hifanandrina aminy tao an-tanin' i Jersôna ny miaramilan' ny Nefita.

16 Ankehitriny, ny mpitondra ny Nefita, na ny lehilahy izay efa notendrena ho lohan' ny kapiteny tamin' ny Nefita—ankehitriny, ny lohan' ny kapiteny no nandray ny fibaikoana ny miaramilan' ny Nefita rehetra—ary ny anarany dia i Môrônia;

17 Ary noraisin' i Môrônia avokoa ny fibaikoana sy ny fitantana ny adiny. Ary dimy amby roapolo taona monja izy raha notendrena ho lohan' ny kapiteny tamin' ny miaramilan' ny Nefita.

18 Ary ny zava-nitranga dia nifanandrina tamin' ny Lamanita tao amin' ny sisintanin' i Jersôna izy, ary ny olony dia nirongo sabatra sy simetera ary karazana fitaovam-piadiana rehetra.

9a Almà 44:5; 46:12.
b TSM Fahalalahana.
10a TSM Fitsaohana.

b Jao. 4:23–24.
11a Almà 24:1–3, 5, 20;
25:1, 13; 27:2, 21–26.

13a Almà 25:4.

19 Ary nony hitan' ny miaramilan' ny Lamanita fa ny vahoakan' i Nefia, na i Môrônia dia efa nanomana ny olony tamin' ny saron-tratra sy tamin' ny ampingan-tsandry, eny, ary koa tamin' ny ampinga fiaro loha, ary efa niakanjoany koa ny fitafiana matevina—

20 Ankehitriny, ny miaramilan' i Zerahemrà dia tsy niomana ho amin' ny zavatra toy izany; tsy nanana afa-tsy ny sabany sy ny simeterany, ny tsipikany sy ny zana-tsipikany, ny vatony sy ny antsamotadini izy ireo; ary "nihanjaka izy ireo, raha tsy noho ilay hodibiby izay nosikiny teo am-balahany; eny, nihanjaka izy rehetra, afa-tsy ny Zôramita sy ny Amalekita;

21 Fa tsy nirongo saron-tratra na ampinga izy ireo—koa natahorany izaitsizy tokoa ny miaramilan' ny Nefita noho ny akanjo fiarovantenany, na dia teo aza ny isany izay maro tokoa noho ny Nefita.

22 Indro, ankehitriny ny zavatranga dia tsy sahin' ny natatona hiady tamin' ny Nefita tao amin' ny sisintanin' i Jersôna; koa niainga izy ireo niala ny tanin' i Antiônôma nankany an-tany foana, ary nandeha nanodidina tany an-tany foana, lavitry ny loharanon' ny renirano Sidôna, mba hahazoany miditra ny tanin' i Mantia sy mandray ny fizakana ny tany; satria tsy noheveriny fa ny miaramilan' i Môrônia dia hahalala izay efa nalehany.

23 Saingy ny zava-nitranga, raha vantany vao niainga nankany an-tany foana izy ireo, dia naniraka mpitsikilo nankany an-tany foana i Môrônia mba hitily ny tobiny; ary i Môrônia koa, noho ny fahalalany ny amin' ny faminanian' i Almà, dia naniraka ny olona sasany hankany aminy, naniry azy mba hanadinany ny Tompo, ny "momba izay tokony halehan' ny miaramilan' ny Nefita mba hiarovany tena amin' ny Lamanita.

24 Ary ny zava-nitranga dia tonga tamin' i Almà ny tenin' ny Tompo, ary nampahalalain' i Almà ny irak' i Môrônia fa ny miaramilan' ny Lamanita dia nandeha nihodidina tany an-tany foana mba hahazoany miditra ny tanin' i Mantia, mba hahazoany manomboka ny fanafihana ny ampahany malemy kokoa amin' ny vahoaka. Ary nandeha ireo iraka ireo sy nanolotra ny hafatra an' i Môrônia.

25 Ankehitriny i Môrônia, rehefa namela ny ampahany tamin' ny miaramilany tao antanin' i Jersôna, fandrao mety hisy fomba hidiran' ny Lamanita ny tany sy handraisany ny fizakana ny tanàna, dia nitondra ny ampahany sisa tamin' ny miaramilany, ary nandeha nankany an-tanin' i Mantia.

26 Ary nataony izay hiarahan' ny vahoaka rehetra tamin' izany faritry ny tany izany mifamory mba hiady amin' ny Lamanita, mba "hiaro ny taniny sy ny fari-

taniny, ny zony sy ny fahafahany; koa efa nomanina ho amin' ny fotoana hahatongavan' ny Lamanita izy ireo.

27 Ary ny zava-nitranga dia nataon' i Môrônia izay hanafenana ny miaramilany tao an-dohasaha izay akaiky ny moron' ny renirano Sidôna, izay tao andrefan' ny renirano Sidôna tany an-tany foana.

28 Ary nametraka mpitsikilo manodidina i Môrônia mba halalany ny fotoana izay hianan' ny tafiky ny Lamanita.

29 Ary ankehitriny, satria nahafantatra ny fikasan' ny Lamanita i Môrônia, fa ny fikasany dia ny hamongotra ny rahalahiny, na ny hifehy azy sy ny hamarina azy any amin' ny fanandevozana mba hahazoany manorina fanjakana iray ho azy eran' ny tany manontolo;

30 Ary nahafantatra koa izy fa ny hany fanirian' ny Nefita dia ny hitsimbina ny taniny, sy ny "fahafahany, ary ny fiangonany, noho izany dia noheveriny fa tsy fahotana ny tokony hiarovany azy amin' ny alalan' ny tetikady; koa hitany, tamin' ny alalan' ny mpitsikilony izay lalana tokony hizoran' ny Lamanita.

31 Koa nozarainy ny miaramilany sy nentiny ny ampahany iray nankao an-dohasaha ary nafeniny tao atsinanana, sy tao atsimon' ny havoanan' i Riplà izany;

32 Ary ny sisa dia nafeniny tao an-dohasaha andrefana, tao andrefan' ny renirano Sidôna,

ka nidina toy izany hatrany amin' ny sisintanin' i Mantia.

33 Ary rehefa napetrany toy izany ny miaramilany, araka ny faniriany, dia niomana izy ny hifanandrana aminy.

34 Ary ny zava-nitranga dia niakatra tao avaratry ny havoana izay nanafenana ny ampahany tamin' ny miaramilan' i Môrônia ny Lamanita.

35 Ary rehefa tafahoatra ny havoanan' i Riplà ny Lamanita, ary niditra tao an-dohasaha, sy nanomboka nita ny renirano Sidôna, ny miaramila izay nafenina tao atsimon' ny havoana, izay notarihin' ny lehilahy iray, izay i "Lehia no anarany, ary izy nitarika ny miaramilany hivoaka, ary nohodidiny tao atsinanana avy tato aoriany ny Lamanita.

36 Ary ny zava-nitranga rehefa hitan' ny Lamanita fa nisovoka azy ireo avy tato aoriany ny Nefita dia niverina ilalana izy ireo ary nanomboka niady tamin' ny miaramilan' i Lehia.

37 Ary nanomboka ny asan' ny fahafatesana tamin' ny andaniny roa, nefa nahatsiravina kokoa izany tamin' ny ankilany Lamanita, satria ny "fitanjahany dia nihanjahanja ho an' ny famelezan' ny Nefita mafy tamin' ny sabany sy ny simiterany izay nitondra fahafatesana saiky isaky ny mamely.

38 Raha tamin' ny andaniny kosa, dia nisy tsindraindray ny olona iray lavo teo anivon' ny Nefita, noho ny sabany sy ny fa-

haverezan-dra, satria narovana izy tamin' ny faritra tena iankinan' ny aina tamin' ny tenany, na ny faritra tena iankinan' ny aina tamin' ny tenany dia narovana tamin' ny famelezan' ny Lamanita, tamin' ny alalan' ny "saron-tratrany, sy ny ampingan-tsandriny ary ny satrobiny; ary dia toy izany no nanohizan' ny Nefita ny asan' ny fahafatesana teo anivon' ny Lamanita.

39 Ary ny zava-nitranga dia nanjary raiki-tahotra ny Lamanita, noho ny famongorana lehibe teo anivony, hany ka rafitra nandositra izy ireo nankany amin' ny renirano Sidôna.

40 Ary nenjehin' i Lehia sy ny olony izy ireo; ary voatosik' i Lehia tao amin' ny ranon' i Sidôna izy ireo, ary nita ny ranon' i Sidôna izy ireo. Ary nohazonin' i Lehia teo amoron' ny renirano Sidôna ny miaramilany mba tsy hitany.

41 Ary ny zava-nitranga dia nifanandrina tamin' ny Lamanita tao an-dohasaha i Môrônia sy ny miaramilany, tamin' ny morona ilan' ny renirano Sidôna, ary nanomboka nanafika sy nandringana azy ireo.

42 Ary ny Lamanita dia nandositra indray teo anoloany, nankany an-tanin' i Mantia; ary notsenain' ny miaramilan' i Môrônia indray izy ireo.

43 Ankehitriny, tamin' ity tojavatra ity dia niady izaitsizy tokoa ny Lamanita; eny, tsy mbola fantatra na oviana na oviana ho

niady tamin' ny tanjaka sy herim-po lehibe izaitsizy tokoa toy izany ny Lamanita, tsia, na dia hatrany am-piandohana aza.

44 Ary izy ireo dia nentanin' ny "Zôramita sy ny Amalekita, izay lohan' ny kapiteniny sy mpitondra azy ireo, sy i Zerahemna izay lohan' ny kapiteniny, na filoha mpitondra sy mpifehy azy ireo; eny, izy ireo dia niady toy ny dragona, ka maro tamin' ny Nefita no novonoin' ny tannany, eny, fa notresahiny roa ny maro tamin' ny satrobiny sy notrobarany ny maro tamin' ny saron-tratrany, ary notapahiny hiala ny maro tamin' ny sandriny; ary dia toy izany no namelezan' ny Lamanita tao amin' ny fahatezerany mirehitra.

45 Kanefa ny Nefita dia nentanin' ny foto-kevitra tsaratsara kokoa, satria tsy "niady ho an' ny fitondran' andriamborivory na ny fahefana izy, fa niady kosa ho an' ny fonenany sy ny^bfahafahany, ny vadiny sy ny zanany ary izay rehetra ananany, eny, ho an' ny fombafomba fitsaohany sy ny fiangonany.

46 Ary nataony izay tsapany fa "adidy izay notrosainy tamin' Andriamaniny; fa efa nilaza tamin' ny Tompo ary koa tamin' ny razany fa: ^bRaha mbola tsy meloka amin' ny ^dfanafintohinana voalohany ianareo, na koa amin' ny faharoa, dia tsy havelanareo hovanoin' ny tannan' ny fahavalonareo ny tenanareo.

47 Ary koa, efa nilaza ny

38a Almà 44:8-9.

44a Almà 43:6.

45a Almà 44:5.

^b TSM Fahalalahana.

46a TSM Adidy.

^b Almà 48:14;

F&F 98:33-36.

^d 3 Ne. 3:21;

F&F 98:23-24.

Tompo fa: Ianareo dia “hiaro ny ankohonanareo na dia hatrany amin’ ny fandatsahan-dra aza. Koa noho izany foto-kevitra izany dia niady tamin’ ny Lamanita ny Nefita mba hiaro ny tenany sy ny ankohonany ary ny taniny, ny faritaniny sy ny zony ary ny fivavahany.

48 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny fisafaoahana sy ny fahatezeran’ ny Lamanita ny olon’ i Môrônia, dia efa saika hitakemotra izy ary handositra hiala azy ireo. Ary i Môrônia, rehefa nahatsapa ny fikasany, dia nampaniraka sy nanentana ny fony tamin’ ireto fieritreretana ireto—eny, ny fieritreretana ny taniny, ny fahafahany, eny, ny fanafahana azy tamin’ ny fanandevozana.

49 Ary ny zava-nitranga dia nihodina izy hiatrika ny Lamanita sy “niantso tamin’ ny feo tokana ny Tompo Andriamany, ho an’ ny fahafahany sy ny fanafahana azy amin’ ny fanandevozana.

50 Ary rafitra nijoro nanohitra ny Lamanita tamin-kery izy; ary tamin’ izay ora izay indrindra, izay niantsoany ny Tompo Andriamany ho fanafahana azy, dia rafitra nandositra teo anoloany ny Lamanita; ary nandositra hatrany amin’ ny ranon’ i Sidôna aza izy ireo.

51 Ankehitriny, ny Lamanita dia maro kokoa, eny, avo roa heny tamin’ ny isan’ ny Nefita; kanefa dia voatosika izy ireo hany ka niara-tafangona ho

vondrona iray izy ireo teo andohasaha, teo amin’ ny morona akaikin’ ny renirano Sidôna.

52 Koa nohodidinin’ ny miaramilan’ i Môrônia izy ireo, eny, tamin’ ny andaniny roa ny renirano mihitsy, fa indro, tao atsinanana no nisy ny olon’ i Leahia.

53 Noho izany, rehefa nahita i Zerahemnà fa ny olon’ i Leahia dia tao atsinanan’ ny renirano Sidôna, ary ny miaramilan’ i Môrônia tao andrefan’ ny renirano Sidôna, ka voahodidin’ ny Nefita izy ireo, dia nozoin’ ny horohoro izy ireo.

54 Ankehitriny, nony nahita ny horohorony i Môrônia dia nandidy ny olony hampitsaharany ny fandatsahana ny rany.

TOKO 44

Nandidy ny Lamanita i Môrônia hanao ny dinan’ ny fandriampahalemana, fa raha tsy izany dia hofongorana—Nitsipaka ilay tolokevitra i Zerahemnà, ary nitohy ny ady—Nandresy ny Lamanita ny miaramilan’ i Môrônia. Tokony ho 74–73 talohan’ i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia nitsahatra sy nihataka indray mandingana taminy izy. Ary hoy i Môrônia tamin’ i Zerahemnà: Indro, ry Zerahemnà, fa “tsy maniry ny ho olon’ ny ra izahay. Fantatrareo fa ianareo dia eo an-tananay, kanefa tsy maniry ny hamono anareo izahay.

2 Indro, tsy nivoaka izahay

hiady taminareo mba hahazoanay mandatsaka ny ranareo noho ny fahefana; sady tsy maniry ny hamarina na iza na iza ao amin' ny ziogan' ny fanandevozana izahay. Nefa izany no tena antony izay efa nahatongavanareo hiady taminay; eny, ary tezitra aminay ianareo noho ny fivavahanay.

3 Nefa ankehitriny, hitanareo fa momba anay ny Tompo; ary hitanareo fa efa natolony ho eo an-tananay ianareo. Ary ankehitriny dia mba tiako ny hahazoanareo fa izany no efa atao aminay dia noho ny fivavahanay sy ny finoanay an' i Kristy. Ary ankehitriny hitanareo fa tsy afaka mamongotra izany finoanay izany ianareo.

4 Ankehitriny hitanareo fa izany no finoana marina an' Andriamanitra; eny, hitanareo fa Andriamanitra no hanohana sy hitahiry ary hitsimbina anay raha mbola mahatoky Aminy sy amin' ny finoanay ary amin' ny fivavahanay izahay; ary na oviana na oviana ny Tompo dia tsy hamela anay ho fongotra raha tsy hoe ho lavo ao amin' ny fandikan-dalana izahay sy mandà ny finoanay.

5 Ary ankehitriny, ry Zerahemnà, dia mandidy anareo aho, amin' ny anaran' Ilay Andriamanitra Tsitoha izay efa nampahery ny sandrinay ka efa nanananay fahefana taminareo, tamin' ny finoanay, tamin' ny fivavahanay sy tamin' ny ^afomba fitsaohanay, ary tamin' ny

fiangonanay sy tamin' ny fanohanana masina izay azonay tamin' ny vadinay sy ny zanakay, tamin' ny alàlan' ity ^bfahafahana ity izay amatotra anay amin' ny taninay sy ny faritaninay; eny, ary koa tamin' ny fitandremanay ny teny masin' Andriamanitra, izay ahazoanay ny fahasambaranay rehetra; ary tamin' izay rehetra tena lalaina taminay —

6 Eny, ary tsy izay ihany; mandidy anareo aho, noho ny faniriana rehetra izay anananareo mba ho velona, ny hanoloranareo anay ny fitaovam-piadianareo, ary tsy hokatsahinay ny ranareo fa hotsimbiniay kosa ny ainareo, raha ho zorinareo ny lalanareo ka tsy hiverina indray ianareo hiady aminay.

7 Ary ankehitriny, raha tsy manao izany ianareo dia indro eto an-tananay ianareo, ary handidy ny oloko aho ny hanafiha-ny anareo sy ny hampitondrany ny ratran' ny fahafatesana amin' ny tenanareo mba hahatonga anareo ho fongana; ary amin' izany dia ho hitantsika izay hanana fahefana eo amin' ity vahoaka ity; eny, ho hitantsika izay havarina any amin' ny fanandevozana.

8 Ary ankehitriny ny zavannitranga, rehefa avy nandre izany teny izany i Zerahemnà, dia nandroso izy ary nanolotra ny sabany sy ny simeterany ary ny tsipikany teo an-tanan' i Môrônia ary nanao taminy hoe: Indro, ireto no fitaovam-pia-

dianay; hatolotray anareo ireto; nefa izahay dia tsy hamela ny tenanay hanao "fianianana aminareo, izay fantatray fa hodikainay sy ny zanakay koa; nefa raiso ny fitaovam-piadianay ary avelao izahay hahazo hanainga hankany an-tany foana; raha tsy izany dia hotananay ny sabatray, ary dia na ho faty izahay na handresy.

9 Indro, izahay dia tsy ao amin' ny finoanareo; tsy mino izahay fa Andriamanitra no efa nanelotra anay ho teo an-tananareo; nefa mino kosa izahay fa ny hafetsenareo no efa nitsimbina anareo tamin' ny sabatray. Indro, ny "saron-tratranareo sy ny ampinganareo no efa nitsimbina anareo.

10 Ary ankehitriny, rehefa avy namarana ny filazana ireo teny ireo i Zerahemnà, dia naverin' i Môrônia tamin' i Zerahemnà ny sabatra sy ny fitaovam-piadiana izay efa noraisiny ka nilazany hoe: Indro, hofaranantsika ny ady.

11 Ankehitriny dia tsy afaka manatsoaka ny teny izay efa nolazaiko aho, noho izany raha velona koa ny Tompo, dia tsy hiainga ianareo raha tsy miainga miaraka amin' ny fianianana fa tsy hiverina indray hiady aminay ianareo. Ankehitriny satria eto an-tananay ianareo, dia na halatsakay amin' ny tany ny ranareo, na ekenareo ny fepetra izay efa natolotro.

12 Ary ankehitriny nony efa nilaza ireo teny ireo i Môrônia,

dia notanan' i Zerahemnà ny sabany, ary tezitra tamin' i Môrônia izy sy niantsembotra mba hahazoany mamono an' i Môrônia; saingy raha naingainy ny sabany, indro, ny ankairay tamin' ny miaramilan' i Môrônia dia namely izany hianjera amin' ny tany, ary dia tapaka teo akaikin' ny fihazonana azy izany; ary namely an' i Zerahemnà koa izy ka nahafaka ny hodi-dohany ary nianjera tamin' ny tany izany. Ary niala avy teo anoloany i Zerahemnà nankany afovoan' ny miaramilany.

13 Ary ny zava-nitranga, ilay miaramila izay nijoro teo anila, izay namely ka nampiala ny hodi-dohan' i Zerahemnà, no naka ilay hodi-doha tamin' ny tany tamin' ny volon-doha sy nametaka izany teo amin' ny tendron' ny sabany ary nandroso izany tany aminy, sady nilaza taminy tamin' ny feo mahery hoe:

14 Toy ny efa nahalavo tamin' ny tany ity hodi-doha ity izay hodi-dohan' ny filohanareo, dia toy izany no nahalavo anareo amin' ny tany raha tsy manolotra ny fitaovam-piadianareo ianareo ary miainga miaraka amin' ny dinan' ny fandriampahalemana.

15 Ankehitriny dia nisy maro, rehefa nandre ireo teny ireo sy nahita ny hodi-doha izay teo amin' ny sabatra, no nozoin' ny tahotra; ary maro no nandroso sy nanipy ny fitaovam-piadiany

teo an-tongotr' i Môrônia ary nanao ny "dinan' ny fandriampahalemana. Ary izay rehetra nanao dina dia navelan' izy ireo hiainga hankany an-tany foana.

16 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nisafoaka izaitsizy tokoa i Zerahemnà, ary novokisany ny miaramilany sisa ho tezitra, ka hiady amin-kery kokoa amin' ny Nefita.

17 Ary ankehitriny dia tezitra i Môrônia, noho ny kirin' ny Lamanita; koa nandidy ny olony izy ny hanafihany azy sy ny hamonoany azy. Ary ny zava-nitranga dia rafitra izy namono azy; eny, ary ny Lamanita dia niady niaraka tamin' ny sabany sy ny heriny.

18 Nefa indro, ny hodiny nitanjaka sy ny lohany nangadihady dia nihanjahanja ho an' ny sabatra maranitra ny Nefita; eny, indro, voatrobaka sy voaisy izy, eny, ary nianjera faingana izaitsizy tokoa teo anoloan' ny sabatra ny Nefita; ary nanomboka ho voalamaka toy ny efa naminanian' ilay miaramilan' i Môrônia izany izy.

19 Ankehitriny i Zerahemnà, nony hitany fa efa akaiky ho ringana avokoa izy, dia nikiaka mafy tokoa an' i Môrônia ka nampanantena fa izy ary koa ny olony dia hanao dina aminy, raha toa hotsimbiny ny ain' ireo sisa tavela, fa izy ireo kosa dia tsy hiverina "na oviana na oviana indray hiady aminy.

20 Ary ny zava-nitranga dia

nasain' i Môrônia natsahatra indray ny asan' ny fahafatesana teo anivon' ny vahoaka. Ary nandray ny fitaovam-piadiana avy tamin' ny Lamanita izy; ary taorian' ny nanaovany ny "dinan' ny fandriampahalemana taminy dia navela izy hiainga hankany an-tany foana.

21 Ankehitriny, ny isan' ny maty taminy dia tsy nisaina noho ny habetsahan' ny isa; eny, ny isan' ny maty taminy dia betsaka izaitsizy tokoa, na tamin' ny Nefita na tamin' ny Lamanita.

22 Ary ny zava-nitranga dia natsipiny tao amin' ny ranon' i Sidôna ny maty taminy, ary ireny dia efa lasana sy voalevina tao amin' ny halalin' ny ranomasina.

23 Ary ny miaramilan' ny Nefita, na ny an' i Môrônia, dia niverina ary nody tany an-tranonny sy tany amin' ny taniny.

24 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalo ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpi-tsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia. Ary dia toy izany no nifaranan' ny rakitsoratr' i Almà izay nosoratana teo amin' ny takelak' i Nefia.

Ny tantaran' ny vahoakan' i Nefia sy ny adiny ary ny fisaraham-bazany, tamin' ny andron' i Helamàna, araka ny rakitsoratr' i Helamàna, izay notanany tamin' ny androny.

Mahafaoka ny toko 45 ka hatramin' ny 62 manontolo.

TOKO 45

Nino ny tenin' i Almà i Helamàna — Naminany ny famongorana ny Nefita i Almà — Nitso-drano sy nazonona ny tany izy — Mety ho nalain' ny Fanahy hiakatra toa an' i Mosesy i Almà — Nitombo ny fisaraham-bazana tao amin' ny fiangonana. Tokony ho 73 talohan' i J.K.

INDRO, ankehitriny ny zavanimitranga dia nifaly izaitsizy tokoa ny vahoakan' i Nefia, satria ny Tompo no efa nanafaka azy indray tamin' ny tanan' ny fahavalony; noho izany izy dia nanati-tsaotra ho an' ny Tompo Andriamaniny; eny, ary "nifady hanina be sy nivavaka fatratra izy, ary nitsaoka an' Andriamanitra tamim-pifaliana be izaitsizy tokoa.

2 Ary ny zavanimitranga tamin' ny taona fahasivy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia tonga tao amin' i Helamàna zanany lahy i Almà ary nanao taminy hoe: Moa mino ny teny izay nolazaiko anao momba ireo "rakitsoratra izay efa notanana ireo va ianao?

3 Ary hoy i Helamàna taminy: Eny, mino aho.

4 Ary hoy indray i Almà tami-

ny: Moa va mino an' i Jesoa Kristy izay ho avy ianao?

5 Ary hoy izy: Eny, mino ny teny rehetra izay efa nolazainao aho.

6 Ary hoy indray i Almà tamin' ny: Moa va ianao "hitandrina ny didiko?

7 Ary hoy izy: Eny, hitandrina ny didinao amin' ny foko manontolo aho.

8 Tamin' izay dia hoy i Almà taminy: Hotahina ianao; ary ny Tompo dia "hanambina anao eo amin' ity tany ity.

9 Nefa indro, somary manana izay "haminiana aminao aho; nefa izay haminaniako aminao dia tsy hampahafantarinao; eny, izay haminaniako aminao dia tsy hampahafantarina mandrapahatanteraky ny faminiana; noho izany dia soraty ny teny izay holazaiko.

10 Ary ireto no teny: Indro, takatro fa ity vahoaka ity, dia ny Nefita, araka ny fanahin' ny fanambarana izay ato amiko dia hihemotra ao amin' ny "tsy finoana rehefa afaka "efa-jato taona aorian' ny hanehoan' i Jesoa Kristy ny tenany aminy.

11 Eny, ary amin' izany dia hahita ady sy areti-mandringana izy, eny, mosary sy fandatsahan-dra, mandrapahatonga ny vahoakan' i Nefia ho "fongana mihitsy—

12 Eny, ary izany dia noho izy

45 1a TSM Fifadiankanina.

2a Almà 37:1-5; 50:38.

6a TSM Didin' Andriamanitra; Mankatò.

8a 1 Ne. 4:14;

Almà 48:15-16, 25.

9a TSM Faminiana.

10a TSM Apôstazia; Tsy Finoana.

b 1 Ne. 12:10-15;

Hel. 13:9;

Môm. 8:6-7.

11a Jarôma 1:10;

Môm. 8:2-3, 6-7.

hihemotra ao amin' ny tsy finoana sy ho lavo ao amin' ny asan' ny maizina, ary ny "fahalotoampitondratena sy ny karazana heloka rehetra; eny, lazaiko aminao fa noho izy hanota ka hanohitra fahalalana sy fahazavana lehibe tokoa, eny, lazaiko aminao, fa hatramin' izany andro izany, na dia ny taranaka fahefatra aza dia tsy ho lasana mialohan' ny hahatongavan' izany heloka lehibe izany.

13 Ary rehefa tonga izany andro lehibe izany, dia indro, tonga tsy ho ela ny fotoana ka ireo izay velona ankehitriny, na ny taranak' ireo izay isaina eo anivon' ny vahoakan' i Nefia ankehitriny, dia "tsy hisaina eo anivon' ny vahoakan' i Nefia intsony.

14 Nefa na zovy na zovy no mitoetra, ary tsy fongotra amin' izany andro lehibe sy mahatahotra izany, dia "hisaina eo anivon' ny Lamanita ary hanjary ho toa azy ny rehetra, afa-tsy vitsivitsy izay hantsoina hoe ny mpianatry ny Tompo; ary ireo no hoenjehin' ny Lamanita^b mandra-pahatonga azy ireo ho fongana. Ary ankehitriny, noho ny heloka, izany faminaniazina izany dia ho tanteraka.

15 Ary ankehitriny ny zavaintranga, taorian' ny nilazan' i Almà ireo zavatra ireo tamin' i Helamàna, dia notsofiny rano izy sy ireo zanany lahy hafa koa;

ary notsofiny rano koa ny tany noho ny "olo-marina.

16 Ary hoy izy: Izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra—Ho "voaozona hatrany amin' ny famongorana ny tany, eny, ity tany ity, ho an' ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina, izay manao ny ratsy, rehefa masaka tanteraka izy ireny; ary toy ny efa voalazako no hahatanteraka izany; fa izany no fanozonana sy^b fitahian' Andriamanitra amin' ny tany, fa ny Tompo dia tsy afaka hijery ny fahotana amin' ny hamoram-po^d faran' izay bitika indrindra.

17 Ary ankehitriny, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Almà, dia nitsodrano ny "fiangonana izy, eny, ireo rehetra izay hiorina mafy amin' ny finoana hatramin' izao fotoana izao.

18 Ary rehefa avy nanao izany i Almà dia nandeha izy niala ny tanin' i Zarahemlà, toy ny handeha hankany an-tanin' i Meleka. Ary ny zava-nitranga dia tsy re na oviana na oviana intsony ny aminy; na ny fahafatesany na ny fandevenana azy dia tsy fantatsika ny amin' izany.

19 Indro, izao no fantatsika lehilahy marina izy; ary niely tao amin' ny fiangonana ny resaka fa nalain' ny Fanahy izy hiakatra, na "nalevin' ny tanan' ny Tompo, toa an' i Mosesy. Nefa indro, milaza ny soratra masina

12a TSM Mitsiriritra.

13a Hel. 3:16.

14a Môrô. 9:24.

^b Môrô. 1:1–3.

15a Almà 46:10; 62:40.

16a 2 Ne. 1:7;

Almà 37:31;

Etera 2:8–12.

^b F&F 130:21.

^d F&F 1:31.

17a TSM Fiangonan' i

Jesoa Kristy.

19a TSM Olona Novana.

fa ny Tompo dia naka an' i Mosesy ho any Aminy; ary heverintsika fa Izy koa dia nandray an' i Almà tao amin' ny fanahy ho any Aminy; koa, noho izany antony izany dia tsy mahafantatra na inona na inona momba ny fahafatesany sy ny fandevenana azy isika.

20 Ary ankehitriny ny zavanimitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahasivy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia nandeha tany anivon' ny vahoaka i Helamàna mba hanambara ny teny aminy.

21 Fa indro, noho ny adiny tamin' ny Lamanita sy ny fisaraham-bazana madinidinika maro ary ny korontana izay efa nisy teo anivon' ny vahoaka, dia nanjary nilaina ny tokony hanambarana ny "tenin' Andriamanitra eo anivony, eny, ary ny tokony hanaovana ny fitsipi-pifehezana manerana ny fiangonana.

22 Noho izany i Helamàna sy ny rahalahiny dia nandeha mba hanorina indray ny fiangonana tamin' ny tany manontolo, eny, isan-tanàn-dehibe manerana ny tany manontolo izay nozakain' ny vahoakan' i Nefia. Ary ny zavanimitranga dia notendreny ny mpisorona sy ny mpampianatra, ho an' ny fiangonana rehetra, eran' ny tany manontolo.

23 Ary ankehitriny ny zavanimitranga, rehefa avy nanendry mpisorona sy mpampianatra ho an' ny fiangonana i Helamàna sy ny rahalahiny, dia niseho ny

"fisaraham-bazana teo anivony, ary tsy nety nanome lanja ny tenin' i Helamàna sy ny rahalahiny izy.

24 Fa nanjary niavonavona kosa izy, rehefa nanandra-tena tao amin' ny fony noho ny "harem-beny izaitsizy tokoa; noho izany dia nitombo harena teo ^bimasony ihany izy, ary tsy nety nanome lanja ny teniny mba handeha araka ny hitsiny tokoa eo anoloan' Andriamanitra.

TOKO 46

Nioko mba ho mpanjaka i Amalikià — Nanangana ny fanevan' ny fahafahana i Môrônia — Namory ny vahoaka izy mba hiaro ny fiva-vahany — Antsoina hoe Kristiana ny tena mpino — Hotsimbinina ny taranak' i Josefa sisa — Nandositra tany an-tanin' i Nefia i Amalikià sy ny mpiendaka — Novonoina ho faty ireo izay tsy hanohana ny foto-kevitra ny fahafahana. Tokony ho 73–72 talohan' i J.K.

ARY ny zavanimitranga dia ireo rehetra izay tsy nety nihaino ny tenin' i Helamàna sy ny rahalahiny dia niara-nivory hanohitra ny rahalahiny.

2 Ary ankehitriny, indro, nisafoaka izaitsizy tokoa izy ireo, hany ka tapa-kevitra ny hamono azy ireo.

3 Ankehitriny ny mpitondra ireo izay nisafoaka tamin' ny rahalahiny dia lehilahy iray vaventy sy matanjaka; ary ny anarany dia i Amalikià.

21a Almà 31:5.
23a 3 Ne. 11:28–29.

24a TSM Harena.
b TSM Fiavonavonana.

4 Ary naniry ny ho mpanjaka i Amalikià; ary ireo olona izay nisafoaka dia naniry koa ny hahatonga azy ho mpanjakany; ary ny ampahany betsaka kokoa taminy dia ny “mpitsara ambanimbany teo amin’ ny tany, ary nokatsahiny ny fahefana.

5 Ary efa voatariky ny fanasohasoan’ i Amalikià izy ireo, fa raha tohanany sy atsangany ho mpanjakany izy, izy kosa dia hanao azy ireo ho mpanapaka eo amin’ ny vahoaka.

6 Dia toy izany no nitarihan’ i Amalikià azy ireo ho any amin’ ny fisaraham-bazana, na dia teo aza ny fitorian’ i Helamàna sy ny rahalahiny, eny, na dia teo aza ny fiahiany lehibe fatratra tokoa ny fiangonana, satria izy ireo dia mpisorona avo tamin’ ny fiangonana.

7 Ary nisy maro tao amin’ ny fiangonana no nino ny teny manasohason’ i Amalikià, noho izany izy ireo dia niendaka mihitsy tamin’ ny fiangonana; ary araka izany, ny raharahan’ ny vahoakan’ i Nefia dia nareforefo sy nampidi-doza izaitaisy tokoa, na dia teo aza ny “fandreseny lehibe izay efa azony tamin’ ny Lamanita sy ny fifaliany lehibe izay efa nananany noho ny fanafahana azy tamin’ ny alàlan’ ny tànan’ ny Tompo.

8 Dia toy izany no ahitantsika fa “mailaka erỳ ny zanak’ olombelona ny hanadino ny Tompo Andriamaniny, eny, mailaka erỳ

ny hanao heloka sy ny hotarihin’ ilay ratsy.

9 Eny, ary hitantsika koa ny “faharatsiana lehibe izay azon’ ny lehilahy iray tena mamoha-hatra atao ny hitrangany eo anivon’ ny zanak’ olombelona.

10 Eny, hitantsika fa i Amalikià, noho izy olon’ ny tetika mame-tsifetsy sy olon’ ny teny maro manasohaso, dia nitarika ny fon’ ny olona maro hanao ratsy tokoa; eny, sy hikatsaka ny handrava ny fiangonan’ Andriamanitra ary handrava ny fiorenan’ ny “fahafahana izay efa notovin’ Andriamanitra taminy, na izay fitahiana efa nalefan’ Andriamanitra tambonin’ ny tany noho ny ^bolo-marina.

11 Ary ankehitriny ny zavainitranga, rehefa avy nandre ny momba ireo fisaraham-bazana ireo i Môrônia izay “filoha mpi-tarika ny miaramilan’ ny Nefita, dia tezitra tamin’ i Amalikià izy.

12 Ary ny zavainitranga dia norovitiny ny kapaotiny; ary naka vorotra taminy izy, sy nanoratra tamin’ izany—“Ho fahatsiarovana ny Andriamanitra, ny fivavahanay sy ny fahafahanay ary ny fiadanany, ny vadinay sy ny zanakay—ary nafatony teo an-tendron’ ny hazo iray izany.

13 Ary nanaovany ny satrobiny sy ny saron-tratranay ary ny ampingany, ary nosikinany teo am-balahany ny akanjo fiarivantenany; ary nalainy ny tso-rakazo izay nisy ny vorotry ny

46 4a Môsià 29:11, 28–29.

7a Almà 44:19–20.

8a Hel. 12:2, 4–5.

9a Môsià 29:17–18.

10a 2 Ne. 1:7; Môsià 29:32.

b 2 Ne. 1:7.

11a Almà 43:16–17.

12a Neh. 4:14;

Almà 44:5.

kapaotiny ny tendrony (ary nantsoiny hoe fanevan' ny fahafahana izany), ary niankohoka teo amin' ny tany sy nivavaka mafy tokoa tamin' ny Andriamaniny izy mba hitomoeran' ny fitahian' ny fahafahana amin' ny rahalahiny, raha mbola hisy koa antokona Kristiana tavela mba hizaka ny tany —

14 Fa toy izany no niantsoan' ireo izay tsy isan' ny fiangonana an' ireo rehetra tena mpino an' i Kristy, izay isan' ny fiangonan' Andriamanitra.

15 Ary ireo izay isan' ny fiangonana dia nahatoky; eny, ireo rehetra izay tena mpino an' i Kristy dia nitondra teo aminy tamim-pifaliana tokoa ny "anaran' i Kristy, na ^bKristiana, toy izay niantsoana azy, noho ny finoany an' i Kristy izay ho avy.

16 Ary noho izany, tamin' izay fotoana izay, dia nivavaka i Môrônia mba hahazoan' ny fotokevitra ny Kristiana sy ny fahafahan' ny tany fankasitrahana.

17 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy noborahiny tamin' Andriamanitra ny fanahiny, dia nantsoiny avokoa ny tany izay tao atsimon' ny tany "Faharavana, eny, ary raha fintinina, ny tany rehetra, na tao avaratra na tao atsimo — Tany nofinidy sy tanin' ny fahafahana.

18 Ary hoy izy: Marina tokoa fa Andriamanitra dia tsy hamela antsika, izay nohamavoina noho ny nitondrantsika teo amintsika ny anaran' i Kristy, ho voahosihosy sy ho fongotra, raha tsy isi-

ka no mahatonga izany amintsika noho ny fandikantsika lalàna.

19 Ary rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Môrônia, dia nandeha tany anivon' ny vahoaka izy, nanofahofa ilay vorotra norovitina tamin' ny "akanjony mba hahazoan' ny rehetra mahita ny soratra izay efa nosoratany tamin' ilay vorotra norovitina, ary nihiaka tamin' ny feo mahery izy, nanao hoe:

20 Indro, na zovy na zovy no te hitana ity faneva ity eo amin' ny tany, dia aoka izy handroso amin' ny herin' ny Tompo sy hanao fanekempihavanana fa harovany ny zony sy ny fivavahany mba hahazoan' ny Tompo Andriamanitra mitahy azy.

21 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Môrônia, dia indro, tonga niaranirohotra ny vahoaka niaraka tamin' ny akanjo fiarovan-tenany nasikina teo am-balahany, nandrovitra ny fitafiany ho famantarana, na ho toy ny fanekempihavanana, fa tsy hafoiny ny Tompo Andriamaniny; na amin' ny teny hafa, raha mandika ny didin' Andriamanitra izy ireo, na lavo ao amin' ny fandikan-dalàna, ary "menatra ny hitondra eo aminy ny anaran' i Kristy, dia horovitin' ny Tompo izy ireo toy ny efa nandrovitany ny fitafiany.

22 Ankehitriny dia izany no fanekempihavanana izay nataony, ary natsipiny teo an-tongotr' i Môrônia ny fitafiany, sady nataony hoe: Izahay dia manao

15a Môsià 5:7–9.

b Asa 11:26; 1 Pet. 4:16.

17a Almà 22:30–31.

19a TSM Faneva.

21a 1 Ne. 8:25–28;

Môrm. 8:38.

fanekehempihavanana amin' Andriamanitray fa hofongorana izahay, toy ny rahalahinay tao amin' ny tany andafiavaratra, raha lavo amin' ny fandikan-dalàna; eny, azony atsipy eo an-tongotry ny fahavalonay izahay, dia toy ny nanipazanay ny fitafianay teo an-tongotrao, hohosihosen' ny tongotra raha lavo amin' ny fandikan-dalàna izahay.

23 Hoy i Môrônia taminy: Indro, isika dia sisa tavela tamin' ny taranak' i Jakoba; eny, isika dia sisa tavela tamin' ny ^a“taranak' i ^bJosefa izay norovidrovitin' ny rahalahiny ho potika ny ^d“fitafiany; eny, ary ankehitriny indro, aoka isika hahatsiaro ny hitandrina ny didin' Andriamanitra, raha tsy izany dia horovitin' ny rahalahintsika ny fitafiantsika, ka hatsipy any antranomaizina isika, na hamidy, na hovonoina.

24 Eny, aoka hotsimbinintsika ny fahafahantsika amin' ny maha ^a“sisa tavela tamin' ny taranak' i Josefa antsika; eny, aoka isika hahatsiaro ny tenin' i Jakoba talohan' ny fahafatesany, satria indro, hitany fa ny vorotra iray tavela tamin' ny fitafian' i Josefa dia notsimbinina ary tsy lo. Ary hoy izy — Dia toy ny efa nitsimbinana ity ^bsisa tavela tamin' ny fitafian-janako lahy ity no hitsimbinan' ny tanaan' Andriamanitra ny sisa tavela iray amin' ny taranaky ny zana-

ko lahy, ka halaina ho Azy, raha ny ambiny tamin' ny taranak' i Josefa kosa ho fongana, dia toy ny ambiny tamin' ny fitafiany.

25 Ankehitriny indro, manome alahelo ny fanahiko izany; na dia eo aza izany dia manam-pifaliana ao amin' ny zanako lahy ny fanahiko, noho ilay ampahany amin' ny taranany izay halaina ho an' Andriamanitra.

26 Ankehitriny indro, izany no tenin' i Jakoba.

27 Ary ankehitriny iza moa no mahalala raha toa ny ambiny tamin' ny taranak' i Josefa izay ho fongana tahaka ny fitafiany, ka ireo izay efa niendaka tamin-tsika? Eny, ary ho ny tenantsika mihitsy aza raha tsy miorina mafy ao amin' ny finoan' i Kristy isika.

28 Ary ankehitriny ny zavanimitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Môrônia dia lasana izy, ary nampaniraka koa tany amin' ny faritra rehetra teo amin' ny tany izay nisy fisaraham-bazana sy namory miaraka ny olon-drehetra izay naniry ny hitana ny fahafahany, mba hitsangana hanohitra an' Amalikià sy ireo izay efa niendaka izay nantsoina hoe Amalikiahita.

29 Ary ny zavanimitranga, rehefa nahita i Amalikià fa ny olon' i Môrônia dia maro an' isa kokoa noho ny Amalikiahita — ary nahita koa fa ny olony dia feno fisalasalana ny amin' ny fahamarinan' ny foto-kevitra izay

23a Gen. 49:22–26;
1 Ne. 5:14–15.
b TSM Josefa,
Zanakalahin' i

Jakoba.
d Gen. 37:3, 31–36.
24a Amo. 5:15;
3 Ne. 5:21–24; 10:17.

b 2 Ne. 3:5–24;
Etera 13:6–7.

efa niandaniany — koa, noho ny fahatahorany fa tsy ho tratra ny tanjona, dia naka ireo tamin' ny olony izay nety izy, ary niainga nankany an-tanin' i Nefia.

30 Ankehitriny dia nihevitra i Môrônia fa tsy tsara ny tokony hananan' ny Lamanita tanjaka misimisy kokoa; koa noheveriny ny hanapa-dalana ny olon' i Amalikià, na ny haka azy ireo sy ny hitondra azy ireo miverina, ary ny hamono ho faty an' i Amalikià; eny, satria fantany fa hamoky ny Lamanita ho tezitra aminy izy ary hanao izay hahatongavany hiady aminy; ary izany dia fantany fa hataon' i Amalikià mba hahazoany manatanteraka ny fikasany.

31 Noho izany dia nihevitra i Môrônia fa ilaina ny hitondra ny ny miaramilany izay efa niara-nivory ka nampirongo fiadiana ny tenany, ary nanao dina fa hitandro ny fandriampahalemana — ary ny zava-nitranga dia nentina ny miaramilany ary nandeha izy niaraka tamin' ny lainy nankany an-tany foana mba hanapa-dalana an' i Amalikià any an-tany foana.

32 Ary ny zava-nitranga dia nanao araka ny faniriany izy sy nandeha nankany an-tany foana ary nialoha lalana ny miaramilan' i Amalikià.

33 Ary ny zava-nitranga dia nandositra niaraka tamin' ny vitsivitsy tamin' ny olony i Amalikià, ary ny sisa dia natolotra ho eo an-tanan' i Môrônia sy

nentina niverina tany an-tanin' i Zarahemlà.

34 Ankehitriny, i Môrônia dia olona “notinendrin' ny lohan' ny mpitsara sy ny feon' ny vahoaka, noho izany izy dia nanampahafana tamin' ny miaramilan' ny Nefita araka ny sitrapony mba hampiorina sy hampihatra fahefana aminy.

35 Ary ny zava-nitranga dia na zovy na zovy tamin' ny Amalikiahita no tsy nety nanao fanekempihavanana mba hanohana ny foto-kevitra ny fahafahana mba hahazoany mitana ny fitondrana afaka, dia nasainy novonoina ho faty; ary tsy nisy afa-tsy vitsivity no nandà ny dinan' ny fahafahana.

36 Ary ny zava-nitranga koa dia nasainy natsangana teny amin' ny tilikambo tsirairay izay nisy teo amin' ny tany rehetra izay nozakain' ny Nefita ny fanevan' ny fahafahana; ary dia toy izany no nananganan' i Môrônia ny fanevan' ny fahafahana teo anivon' ny Nefita.

37 Ary nanomboka ho nanana fandriampahalemana indray izy ireo teo amin' ny tany; ary dia toy izany no nitanany ny fandriampahalemana teo amin' ny tany, saiky hatrany amin' ny faran' ny taona fahasivy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara.

38 Ary i Helamàna sy ny “mpisorona avo dia nitana koa ny fandaminana tao amin' ny fiangonana; eny, nandritra ny efa-taona mihitsy no nana-

nany fandriampahalemana sy fifaliana betsaka tao amin' ny fiangonana.

39 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro ireo izay nodimandry no "nino mafy tokoa fa ny fanahiny dia efa navotan' i Jesoa Kristy Tompo; dia toy izany no nandaozany izao tontolo izao tamim-pifaliana.

40 Ary nisy ny sasany izay matin' ny tazo, izay tena nateti-piavy teo amin' ny tany tamin' ny tonon-taona sasany tamin' ny taona—nefa tsy dia noho ny tazo loatra, noho ny toetra fanaperan' ny faka sy ny "zavamaniry maro izay efa nomanin' Andriamanitra mba hanaisotra ny fototr' aretina, izay mpanjo ny olona noho ny asan' ny toetr' andro—

41 Fa nisy maro kosa izay nodimandry tao amin' ny fahantehana; ary ireo izay nodimandry tao amin' ny finoana an' i Kristy dia "sambatra ao Aminy, toy ny tsy maintsy ilana ny iheverantsika izany.

TOKO 47

Nampiasa fivadihana, vonoan' olona sy fiokoana i Amalikià mba ho tonga mpanjakan' ny Lamanita—Ratsy sy lozabe kokoa noho ny Lamanita ny mpiendaka Nefita. Tokony ho 72 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY isika dia hiverina ao amin' ny rakitsoratsika any amin' i Amalikià sy ireo izay efa "nandositra niaraka taminy nan-

kany an-tany foana; fa, indro, efa naka ireo izay nandeha niaraka taminy izy ary nandeha niakatra tany an^b-tanin' i Nefia teo anivon' ny Lamanita, sy namoky ny Lamanita ho tezitra tamin' ny vahoakan' i Nefia izy, hany ka nandefa filazana eran' ny taniny manontolo ny mpanjakan' ny Lamanita, tany anivon' ny olony rehetra, fa tokony hiara-mivory indray izy mba handeha hiady amin' ny Nefita.

2 Ary ny zava-nitranga, rehefa nandeha tany anivony ny filazana, dia natahotra izaitsizy tokoa izy; eny, natahotra izy ny hampahasotra ny mpanjaka, ary natahotra koa izy ny handeha hiady amin' ny Nefita fandrao hafoiny ny ainy. Ary ny zavanimandry dia tsy nety izy, na ny ankamaroany dia tsy nety nankatò ny didin' ny mpanjaka.

3 Ary ankehitriny ny zavanimandry dia nisafoaka ny mpanjaka noho ny tsy fankatoavany; koa nomeny an' i Amalikià ny fibaikoana ilay ampahany tamin' ny miaramilany izay nankatò ny baikony ary nodidiany izy handeha sy hanery azy handray fiadiana.

4 Ankehitriny, indro, izany no fanirian' i Amalikià; fa tena famantsilahy tamin' ny fanaovan-dratsy izy, noho izany dia novolavolainy anakampo ny tetika hanonganana ny mpanjakan' ny Lamanita.

5 Ary ankehitriny izy dia efa nahazo ny fibaikoana ireo ampahan' ny Lamanita izay nan-

39a Môrô. 7:3, 41.
40a F&F 89:10.

41a Fan. 14:13.
47 1a Almà 46:33.

b 2 Ne. 5:5–8;
Omnia 1:12–13.

kasitraka ny mpanjaka; ary nikatsaka ny hahazo ny fankasitrahan' ireo izay tsy nankatò izy; koa nandeha izy nankany amin' ny toerana izay nantsoina hoe "Ônidà, fa tany no efa nandosiran' ny Lamanita rehetra; satria hitany ny fiavian' ny miaramila, ary noho ny fiheverany fa tonga izy mba hamongotra azy ireo, dia nandositra tany Ônidà izy ireo, tany amin' ny toeran' ny fiadiana.

6 Ary efa notendreny ho mpanjaka sy ho mpitondra azy ireo ny lehilahy iray, rehefa nohamafisiny tao an-tsainy ny fahatapahan-kevitra hentitra fa izy ireo dia tsy hoterena handeha hanohitra ny Nefita.

7 Ary ny zava-nitranga dia efa niara-nivory teo an-tampon' ny havoana izay nantsoina hoe Antipasy izy ireo, ho fiomanana amin' ny ady.

8 Ankehitriny dia tsy fikasan' i Amalikià ny hamaky ady aminy araka ny didin' ny mpanjaka; fa indro ny fikasany kosa dia ny hahazo ny fankasitrahan' ny miaramilan' ny Lamanita mba hahazoany mametraka ny tenany ho filohany ary manongana ny mpanjaka sy mandray ny fizakana ny fanjakana.

9 Ary indro, ny zava-nitranga dia nasainy nanangana ny lainy tao an-dohasaha izay akaikin' ny havoanan' i Antipasy ny miaramilany.

10 Ary ny zava-nitranga nony alina dia nandefa iraka mifaina tany amin' ny havoanan' i An-

tipasy izy, naniry ny mpitondra an' ireo izay teo amin' ny havoana, izay i Lehôntia no anarany, hidina eo am-pototry ny havoana, fa naniry ny hiresaka aminy izy.

11 Ary ny zava-nitranga, nony nandray ny hafatra i Lehôntia dia, tsy sahy nandeha nidina teo am-pototry ny havoana izy. Ary ny zava-nitranga dia naniraka fanindroany indray i Amalikià, naniry azy hidina. Ary ny zava-nitranga dia tsy nety i Lehôntia; ary naniraka fanintelony indray izy.

12 Ary ny zava-nitranga, nony nahita i Amalikià fa tsy afaka nampidina an' i Lehôntia avy teny amin' ny havoana izy, dia nandeha niakatra teny amin' ny havoana izy, saiky hatreo amin' ny tobin' i Lehôntia; ary nandefa ny hafany faninefany ho an' i Lehôntia indray izy, naniry ny hidinany sy ny hitondrany ny mpiambina azy miaraka aminy.

13 Ary ny zava-nitranga, nony efa tafidina niaraka tamin' ny mpiambina azy hatreo amin' i Amalikià i Lehôntia, dia nirian' i Amalikià izy mba hidina miaraka amin' ny miaramilany mandritra ny alina sy hanemitra manodidina ireo olona ao amin' ny tobiny ireo, izay ny mpanjaka no efa nanome azy ny fibaikoana, fa hatolony ho eo an-tanan' i Lehôntia izy ireo, raha manao azy (i Amalikià) ho mpitondra faharoa amin' ny miaramila manontolo izy.

14 Ary ny zava-nitranga dia

nidina niaraka tamin' ny olony i Lehôntia sy nanemitra manodidina ny olon' i Amalikià, hany ka talohan' ny nifohazan' izy ireo tamin' ny vao mangiran-dratsy io andro io, dia efa voatemitry ny miaramilan' i Lehôntia manodidina izy ireo.

15 Ary ny zava-nitranga nony hitany fa efa voatemitra manodidina izy ireo, dia nitalaho tamin' i Amalikià izy ireo mba hamelany azy ireo hiaraka amin' ny rahalahiny, mba tsy hamongorana azy ireo. Ankehitriny dia izany no tena zavatra izay nirian' i Amalikià.

16 Ary ny zava-nitranga dia natolony ny olony, izany dia "nifanohitra tamin' ny baikon' ny mpanjaka. Ankehitriny dia izany no zavatra nirian' i Amalikià mba hahazoany mananton-tosa ny tetiny amin' ny fanonganana ny mpanjaka.

17 Ankehitriny dia fanao teo anivon' ny Lamanita, rehefa maty ny filoha mpitondra azy, ny manendry ny mpitondra faharoa ho filoha mpitondra azy.

18 Ary ny zava-nitranga dia nasain' i Amalikià nomen' ny iray tamin' ny mpanompony poizina tsikelikely i Lehôntia ka dia maty izy.

19 Ankehitriny, rehefa maty i Lehôntia, dia notendren' ny Lamanita i Amalikià ho mpitondra azy sy ho filoha mpifehy azy.

20 Ary ny zava-nitranga dia nandeha niaraka tamin' ny miaramilany i Amalikià (fa efa azony izay niriany) nankany

an-tanin' i Nefia, nankao antanànan' i Nefia, izay tanàna renivohitra.

21 Ary nivoaka ny mpanjaka mba hitsena azy niaraka tamin' ny mpiambina azy, satria nihevitra izy fa efa notanterahin' i Amalikià ny baikony, ary i Amalikià dia efa naha-tafavory miaramila maro tokoa mba handeha hiady amin' ny Nefita.

22 Nefa indro, raha nivoaka ny mpanjaka mba hitsena azy, dia nasain' i Amalikià nandroso ny mpanompony mba hitsena ny mpanjaka. Ary nandeha ireo sy niankohoka teo anoloan' ny mpanjaka, toy ny hitsaoka azy noho ny halehibeny.

23 Ary ny zava-nitranga dia natolotry ny mpanjaka ny tanany hampitsangana azy ireo, toy ny fanao teo amin' ny Lamanita, ho famantaran' ny fandriampahalemana, izay fanao efa nalainy tamin' ny Nefita.

24 Ary ny zava-nitranga, raha nampitsangana ny voalohany tamin' ny tany ny mpanjaka, dia indro notrobaran' teo amin' ny fony ny mpanjaka; ary dia lavo tamin' ny tany izy.

25 Ankehitriny dia nandositra ny mpanompon' ny mpanjaka; ary nanainga ny hiakany ny mpanompon' i Amalikià, nanao hoe:

26 Indro, efa notrobaran' ny mpanompon' ny mpanjaka teo amin' ny fony izy, ary lavo izy ary efa nandositra ireo; indro, avia ka jereo.

27 Ary ny zava-nitranga dia

nandidy ny miaramilany handroso i Amalikià sy hijery izay efa nanjo ny mpanjaka; ary nony efa tonga teo an-toerana ireo sy nahita ny mpanjaka nandry teo amin' ny rany, dia mody nisafoaka i Amalikià ary nanao hoe: Na zovy na zovy no tia ny mpanjaka, dia aoka izy handroso sy hanenjika ny mpanompony mba hahazoana mamono azy ireny.

28 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandre izany teny izany ireo rehetra izay tia ny mpanjaka, dia nandroso sy nanenjika ny mpanompon' ny mpanjaka avy tato aoriana.

29 Ankehitriny nony nahita ny miaramila nanenjika azy ireo avy tato aoriana ny mpanompon' ny mpanjaka, dia raikitahotra indray izy ireo ary nandositra nankany an-tany foana, ka tonga tany an-tanin' i Zarahemlà sy nikambana tamin' ny "vahoakan' i Amôna.

30 Ary niverina ny miaramila izay nanenjika azy ireo avy tato aoriana, rehefa sasa-poana nanenjika azy ireo avy tato aoriana; ary dia toy izany no nahazoan' i Amalikià ny fon' ny olona tamin' ny famitahany.

31 Ary ny zava-nitranga, nony ampitso, dia niditra ny tanànan' i Nefia izy niaraka tamin' ny miaramilany ary nandray ny fizakana ny tanàna.

32 Ary ankehitriny ny zava-nitranga nony efa nandre ny mpanjakavavy fa efa maty ny mpanjaka — satria i Amalikià

dia efa nandefa iraka nankany amin' ny mpanjakavavy nampahafantatra azy fa ny mpanjaka dia efa novonoin' ny mpanompony, fa efa nenjehiny niaraka tamin' ny miaramilany izy ireny, nefa dia zava-poana izany, ary efa afa-nandositra izy ireny —

33 Koa nony efa nandray izany hafatra izany ny mpanjakavavy dia nampaniraka tany amin' i Amalikià, naniry azy mba hitsimbiny ny mponina ao antanàna; ary naniry azy koa izy mba hahatongavany ao aminy; ary naniry azy koa ny hitondrany vavolombelona miaraka aminy hanambara ny amin' ny fahafatesan' ny mpanjaka.

34 Ary ny zava-nitranga dia nalain' i Amalikià ilay mpanompo izay namono ny mpanjaka ihany sy ireo rehetra izay niaraka taminy, ary nankao amin' ny mpanjakavavy izy ireo, nankao amin' ny toerana izay nipe-trahany; ary nanambara taminy izy rehetra fa efa novonoin' ny mpanompony ihany ny mpanjaka; ary hoy koa ireo: Efa nandositra izy ireny; moa va izany tsy vavolombelona miampanga azy ireny? Ary dia toy izany no efa nanomezany fahafaham-po ny mpanjakavavy momba ny fahafatesan' ny mpanjaka.

35 Ary ny zava-nitranga dia nikatsaka ny fankasitranan' ny mpanjakavavy i Amalikià ary naka azy ho vadiny, ary dia toy izany, tamin' ny alalan' ny famitahany sy tamin' ny alalan'

ny fanampian' ny mpanompony fetsy, no nahazoany ny fanjakana; eny, izy dia nekena ho mpanjaka nanerana ny tany manontolo, tany anivon' ny vahoakan' ny Lamanita rehetra izay "nahitana ny Lamanita sy ny Lemoelita ary ny Ismaelita, ary ny mpiendaka rehetra tamin' ny Nefita, hatramin' ny nanjakan' i Nefia ka hatramin' ny fotoana ankehitriny.

36 Ankehitriny ireo "mpien-daka ireo dia nahazo fampianarana iray ihany sy fahalalana iray ihany tamin' ny Nefita, eny, rehefa nampianarina tao amin' ny ^bfahalalana iray ihany momba ny Tompo, na dia teo aza izany, dia hafahafa ny milaza fa tsy ela taorian' ny fiendahany dia nanjary mafy fo sy ^dtsy valahara kokoa izy ireo, ary baribariana, ratsy sy lozabe kokoa noho ny Lamanita — nigoka ny fomban' ny Lamanita, nanome vahana ny hakamoana sy ny fomban' ny fahalotoam-pitondratena rehetra; eny, nanadino tanteraka ny Tompo Andriamaniny.

TOKO 48

Nambosy ny Lamanita hanohitra ny Nefita i Amalikià — Nanomana ny olony hiaro ny foto-kevitra ny Kristiana i Môrônia — Nifaly tao amin' ny fahafahana sy ny fahalalahana izy ary nanjary lehilahy maherin' Andriamanitra. Tokony ho 72 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitran-

ga raha vantany vao nahazo ny fanjakana i Amalikià, dia nannomboka nanentana ny fon' ny Lamanita izy hanohitra ny vahoakan' i Nefia; eny, nanendry olona izy mba hiteny amin' ny Lamanita avy teny amin' ny tili-kambony, hanohitra ny Nefita.

2 Ary dia toy izany no nanentanany ny fony hanohitra ny Nefita, hany ka tamin' ny tapany farany ny taona fahasivy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara, satria efa notontosainy ny tetiny hatrizao, eny, satria efa natao mpanjaka teo amin' ny Lamanita izy, dia nokatsahiny koa ny hanjaka manerana ny tany manontolo, eny, sy amin' ny vahoaka manontolo izay teo amin' ny tany, ny Nefita ary koa ny Lamanita.

3 Koa efa notontosainy ny tetiny, satria efa nohamafisiny ny fon' ny Lamanita ary nohajambainy ny sainy ary nentaniny izy ireo ho tezitra, hany ka efa naha-tafavory miaraka miaramila maro izy handeha hiady amin' ny Nefita.

4 Fa tapa-kevitra izy, noho ny habetsahan' ny isan' ny olony, ny handresy ny Nefita sy ny hamarina azy any amin' ny famatorana.

5 Ary dia toy izany no nanendreny ny "lohan' ny kapiteny tamin' ny Zôramita, noho izy ireo tena nahalala ny tanjaky ny Nefita sy ny toerana fialokalo-fany, ary ny faritra malemy indrindra amin' ny tanànanany; koa notendreny izy ireo ho

35a Jakôba 1:13–14.
36a TSM Apôstazia.

^b Heb. 10:26–27;
Almà 24:30.

^d Jer. 8:12.
48 5a Almà 43:6.

lohan' ny kapiteny amin' ny miaramilany.

6 Ary ny zava-nitranga dia naka ny tobiny izy ireo ary nizotra nankany an-tanin' i Zarahemlà tany an-tany foana.

7 Ankehitriny ny zava-nitranga raha nahazo fahefana toy izany tamin' ny famitahana sy ny fanambakana i Amalikià, i Môrônia kosa ankilany dia efa "nanomana ny sain' ny vahoaka ho mahatoky amin' ny Tompo Andriamaniny.

8 Eny, efa nohatanjahiny ny miaramilan' ny Nefita sy naoriny ny toera-mimanda kely, na toerana fialokalofana; tamin' ny fananganana ampian-tany manodidina mba hamefy ny miaramilany ary koa ny fananganana rindrim-bato mba hahodidina azy, manodidina ny tanànany sy ny faritry ny sisin-taniny; eny, manodidina ny tany.

9 Ary tany amin' ny toerany mimanda malemy indrindra no nametrahany ny ankamaroan' ny lehilahy; ary dia toy izany no nanamafisany sy nanatanjahany ny tany izay nozakain' ny Nefita.

10 Ary dia toy izany no niomanany "hanohana ny fahafahany, ny taniny, ny vadiny, sy ny zanany ary ny fandriampahalemany mba hahazoan' ireo miaina ho an' ny Tompo Andriamaniny sy mba hahazoan' ireo mitana izay efa nantsoin' ny

fahavalony hoe ny foto-kevitry ny Kristiana.

11 Ary i Môrônia dia lehilahy matanjaka sy mahery; lehilahin' ny "fahatakarana-tsaina fanaperana izy; eny, lehilahy izay tsy mba finaritra tamin' ny fandatsahan-dra; lehilahy izay nanana ny fanahiny nifaly tao amin' ny fahalalahana ary ny fanafahana ny taniny sy ny rahalahiny tamin' ny fanandevozana sy ny fanompoana;

12 Eny, lehilahy izay nanana ny fony ampoky ny fanaterantsaotra ho an' Andriamaniny, noho ny tombontsoa sy ny fitahiana maro izay nomeny ny olony; lehilahy izay nilofo izaitzizy tokoa ho "fanasoavana sy ho filaminan' ny olony.

13 Eny, ary izy dia lehilahy izay niorina mafy tao amin' ny finoana an' i Kristy, ary efa "nianianany tamin' ny velirano ny hiaro ny olony, ny zony sy ny faritaniny ary ny fivavahany, na dia hatramin' ny fahaverezan' ny rany aza izany.

14 Ankehitriny dia nampianarina ny Nefita ny hiaro ny tenany amin' ny fahavalony, na dia hatramin' ny fandatsahan-dra aza raha ilaina; eny, ary nampianarina azy koa ny tsy hanome fanafintohinana "na oviana na oviana, eny, sy ny tsy hanainga sabatra na oviana na oviana afa-tsy amin' ny fahavalo, afa-tsy ho fitsimbinana ny ainy.

15 Ary izao no finoany, fa

7a Almà 49:8.
10a Almà 46:12-13.
11a TSM Fahatakarana.
12a TSM Asa

Fanasoavana.
13a Almà 46:20-22.
14a Almà 43:46-47;
3 Ne. 3:20-21;

Môrm. 3:10-11;
F&F 98:16.

amin' ny fanaovana izany dia hanambina azy amin' ny tany Andriamanitra na amin' ny teny hafa, raha mahatoky izy amin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra dia Izy no hanambina azy eo amin' ny tany; eny, hampandre azy mialoha mba handositra, na hiomana ho amin' ny ady, arakaraka ny loza eo aminy;

16 Ary koa, fa Andriamanitra no hampahafantatra azy, izay tokony halehany hiarovany ny tenany amin' ny fahavalony, ary amin' ny fanaovana izany, ny Tompo dia hanafaka azy; ary izany no finoan' i Môrônia, ary ny fony dia nirehareha tamin' izany; "tsy tamin' ny fandatsahan-dra fa tamin' ny fanaovana ny tsara kosa, tamin' ny fitsimbinana ny olony, eny, tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra, eny, sy tamin' ny fanoherana ny heloka.

17 Eny, lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, raha ny olon-drehetra no efa nitovy sy nitovy ary ho nitovy mandrakizay tamin' i Môrônia dia indro, ny fahefan' ny helo mihitsy no efa ho nohozongozonina mandrakakizay; eny, ny "devoly dia tsy ho nanam-pahefana na oviana na oviana tamin' ny fon' ny zanak' olombelona.

18 Indro, izy dia lehilahy taha-ka an' i Amôna, zanakalahin' i Môsià, eny, sy ny zanakalahin' i Môsià hafa aza, eny, ary koa i Almà sy ny zanany lahy, fa

ireo dia lehilahin' Andriamanitra avokoa.

19 Ankehitriny indro, i Helamàna sy ny rahalahiny dia tsy latsa-danja noho i Môrônia tamin' ny fanompoana ny vahoaka; fa nitory ny tenin' Andriamanitra izy ireo sy nanao batisa ny olon-drehetra ho amin' ny fibebahana, na zovy na zovy no nety nihaino ny teniny.

20 Ary dia toy izany no nandrosoan' izy ireo, ary ny vahoaka dia "nanetry tena noho ny teniny, hany ka dia ^bnankasitran' ny Tompo fatratra izy, ary dia izany no nahafaka azy tamin' ny ady sy ny fifandirana teo anivon' izy samy izy, eny, nandritra ny efa-taona mihitsy.

21 Nefa toy izay efa nolazaiko, tamin' ny tapany farany ny taona fahasivy ambin' ny folo, eny, na dia teo aza ny fandriampahalemana teo anivon' izy samy izy, dia voatery izy hiady tamim-pahalainana tamin' ny Lamanita rahalahiny.

22 Eny, raha fintinina, ny adiny tamin' ny Lamanita dia tsy nitsahatra na oviana na oviana nandritra ny taona maro, na dia teo aza ny fahalainany fatratra.

23 Ankehitriny dia "nalahelo izy ny handray fiadiana hano-hitra ny Lamanita, satria tsy finaritra tamin' ny fandatsahan-dra izy; eny, ary tsy izay ihany—nalahelo izy natao fitaovana nandefasana ny maro tokoa tamin' ny rahalahiny hiala izao tontolo izao hankany amin' ny tontolo mandrakizay,

16a Almà 55:19.
17a 1 Ne. 22:26;

3 Ne. 6:15.
20a TSM Fanetren-tena.

b 1 Ne. 17:35.
23a F&F 42:45.

tsy niomana ny hihaona amin' Andriamaniny.

24 Kanefa tsy ho hainy ny hiaritra ny hanolorana ny ainy, satria ny “vady aman-janany dia horinganin' ny halozana sy ny habibian' ireo izay rahalahiny fahiny, eny, sy efa ^bniendaka tamin' ny fiangonany ary efa nandao azy sy efa lasana mba hamongotra azy tamin' ny nikambanany tamin' ny Lamanita.

25 Eny, tsy ho azony zakaina ny hifalian' ny rahalahiny amin' ny ran' ny Nefita, raha mbola mety hisy koa izay hitandrina ny didin' Andriamanitra, satria ny fampanantenan' ny Tompo dia ny hoe raha mitandrina ny didiny izy, dia hiroborobo eo amin' ny tany.

TOKO 49

Tsy nahafaka ny tanàna mmandan' i Amônihà sy i Noà ny mpanani-bohitra Lamanita — Nanozona an' Andriamanitra i Amalikià ary nianiana ny hisotro ny ran' i Môrônia — Nanohy ny fampaherezana ny fiangonana i Helamàna sy ny rahalahiny. Tokony ho 72 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny volana fahiraika ambin' ny folon' ny taona fahavivany ambin' ny folo, tamin' ny andro fahafolon' ny volana, dia tazana nanatona ny tanin' i Amônihà ny miaramilan' ny Lamanita.

2 Ary indro, efa narenina ny

tanàna, ary efa nametraka miaramila tao akaikin' ny sisintanin' ny tanàna i Môrônia, ary efa nanangana ampiantany manodidina izy ireo hiaro azy ireo amin' ny zana-tsipika sy ny vatôn' ny Lamanita; satria indro, niady tamin' ny vato sy tamin' ny zana-tsipika izy ireo.

3 Indro, nolazaiko fa efa narenina indray ny tanànan' i “Amônihà. Lazaiko aminareo, eny, fa efa narenina ampahany izany; ary satria efa noravan' ny Lamanita indray mandeha izany noho ny heloky ny mpoinina, dia noheveriny fa hanjary haza mora ho azy indray izany.

4 Nefa indro, akory ny halehiben' ny fahadisoam-panantenanany; satria indro, efa natsangan' ny Nefita manodidina azy ny fefy tany, izay avo loatra ka tsy nahafahan' ny Lamanita nanipy ny vatony sy ny tsipikany tany aminy mba hisy vokany ireny, sady tsy nahafahany nanafika azy raha tsy teo amin' ny toerana fidirana.

5 Ankehitriny, tamin' izay fotoana izay ny lohan' ny kapitenin' ny Lamanita dia talanjona izaitsizy tokoa, noho ny fahendren' ny Nefita tamin' ny fanomanany ny toeram-piarovany.

6 Ankehitriny dia noheverin' ny mpitondra ny Lamanita, noho ny hamaroan' ny isany, eny, noheveriny fa hanan-tombo amin' ny fanafilhana azy izy toy ny efa nataony hatrizao; eny, ary efa nomaniny koa ny tenany niaraka tamin' ny ampinga, sy

niaraka tamin' ny saron-tratra; ary efa nomaniny ny tenany niaraka tamin' ny fitafiana hodi-tratra, eny, fitafiana tena matevina mba hanarona ny fitanjahany.

7 Ary satria efa vita omana toy izany izy, dia noheveriny fa ho resiny sy hofeheziny mora foana amin' ny ziogan' ny famatorana ny rahalahiny, na hovooiny sy haripany araka ny sitrapony.

8 Nefa indro, akory ny fitalanjonany tanteraka, fa "vita omana izy hiatrika azy tamin' ny fomba izay tsy fahita na oviana na oviana teo anivon' ny zanak' i Lehia. Ankehitriny dia vita omana izy hiatrika ny Lamanita, hiady araka ny torolalan' i Môrônia.

9 Ary ny zava-nitranga dia talanjona izaitsizy tokoa ny Lamanita sy ny Amalikiahita tamin' ny fomba fiomanany ho amin' ny ady.

10 Ankehitriny, raha i Amalikià mpanjaka no nidina nivoaka ny "tanin' i Nefia, nialoha lalana ny miaramilany, dia angamba ho efa nasainy notafihan' ny Lamanita ny Nefita tao an-tanànan' i Amônihà; satria indro, tsy nahoany ny ran' ny olony.

11 Nefa indro, izy Amalikià tenany dia tsy nidina mba hiady. Ary indro, ny lohan' ny kapiteniny dia tsy sahy nanafika ny Nefita tao an-tanànan' i Amônihà, satria efa novan' i Môrônia ny fitantanan-draharaha teo anivon' ny Nefita, hany ka diso fanantenana noho ny toerana

fialofany ny Lamanita ary tsy afaka nanafika azy izy.

12 Koa nisintona tany an-tany foana, sy nitondra ny tobiny ary nandeha nankany an-tanin' i Noà izy, noho ny fiheverana fa izany no toerana manaraka tsara indrindra ho azy hanafihana ny Nefita.

13 Satria tsy fantany fa i Môrônia dia efa nanamafy, na efa nanorina "mandam-piarovana ho an' ny tanàna tsirairay tany amin' ny tany rehetra manodidina; noho izany dia nandeha izy nankany an-tanin' i Noà niaraka tamin' ny fahatapahankevitra hentitra; eny, nandroso sy nanao fianianana ny lohan' ny kapiteniny fa hofongorany ny mponin' izany tanàna izany.

14 Nefa indro, akory ny fitalanjonany, ny tanànan' i Noà izay efa toerana malemy hatrizao, noho ny ezak' i Môrônia dia efa tonga matanjaka, eny, manaoatra noho ny tanjaky ny tanànan' i Amônihà aza.

15 Ary ankehitriny, indro, izany dia fahendrena tao amin' i Môrônia; satria efa noeritrerety fa ho raiki-tahotra eo anoloan' ny tanànan' i Amônihà izy; ary satria ny tanànan' i Noà no efa faritra malemy indrindra teo amin' ny tany hatrizao, noho izany dia nandeha nankany izy hiady; ary izany dia araka ny faniriany.

16 Ary indro, efa nanendry an' i Lehia ho lohan' ny kapiteniny tamin' ny lehilahin' izany tanàna izany i Môrônia; ary io

8a Almà 48:7-10.

10a 2 Ne. 5:8; Ômnia 1:12;

Almà 47:1.

13a Almà 48:8.

Lehia io "ihany ilay niady tamin' ny Lamanita tao an-dohasaha, tao atsinanan' ny renirano Sidôna.

17 Ary ankehitriny, indro, ny zava-nitranga, nony efa nahita ny Lamanita fa i Lehia no nibaiko ny tanàna, dia diso fanantenana indray izy, fa natahotra an' i Lehia izaitsizy tokoa izy; kanefa ny lohan' ny kapiteniny dia efa nianiana tamin' ny velirano fa hanafika ny tanàna; noho izany dia nentiny ny miaramilany.

18 Ankehitriny indro, ny Lamanita dia tsy afaka niditra tao amin' ny mandam-piarovany tamin' ny lalan-kafa afa-tsy teo amin' ny fidirana, noho ny haavon' ny ampiantany izay efa natsangana sy ny halalin' ny hadivory izay efa nohadiana manodidina, afa-tsy teo amin' ny fidirana.

19 Ary dia toy izany no niomanan' ny Nefita hamongotra izay rehetra manandrana ny hianika mba hiditra ny toerana mimanda amin' ny lalan-kafa, amin' ny alalan' ny fitorahana azy vato sy zana-tsipika.

20 Dia toy izany no niomanany, eny, ny andian' ny lehilahiny matanjaka indrindra, niaraka tamin' ny sabany sy ny antsamotadiny, handoboka izay rehetra manandrana ny hiditra ny toeram-piarovany eo amin' ny toeram-pidirana; ary dia toy izany no niomanany hiaro ny tenany amin' ny Lamanita.

21 Ary ny zava-nitranga, dia

nitondra ny miaramilany teo anoloan' ny toeram-pidirana ireo kapitenin' ny Lamanita ary nanomboka niady tamin' ny Nefita mba hiditra ny toeram-piarovana; nefa indro, voatosika hiverina ombieny ombieny izy ireo ka naringana tamin' ny fandranganana goavana.

22 Ankehitriny, nony hitany fa tsy afaka ny hanana fahefana amin' ny Nefita eo amin' ny fidirana izy ireo, dia natombony ny fandabohana ny ampiantany mba hahazoany lalana ho an' ny miaramilany, ka hahazoany zara mitovy eo amin' ny ady; nefa indro, tamin' ireny andrana ireny izy ireo dia voalamaky ny vato sy ny zana-tsipika izay natoraka azy ireo; ary raha ampiantany nazera no tokony hameno ny hadivoriny, dia nofenoina tamin' ny maty teo aminy sy ny vatana naratra ny ampahany.

23 Dia toy izany no efa nananan' ny Nefita ny fahefana rehetra tamin' ny fahavalony; ary dia toy izany no nanandraman' ny Lamanita namongotra ny Nefita mandra-pamono ny lohan' ny kapiteny rehetra; eny, ary nihoatra ny an' arivony tamin' ny Lamanita no voavono; raha ankilany kosa dia tsy nisy na dia singan' olona iray aza tamin' ny Nefita voavono.

24 Nisy sahabo ho dimampolo no naratra satria nihanjanja ho an' ny zana-tsipikan' ny Lamanita izy ireo teo amin' ny fidirana, nefa izy ireo dia

narovan' ny ampingany sy ny saron-tratran' ary ny satrobiny, hany ka ny ratran' dia teny amin' ny ranjony, maro tamin' no tena lalina.

25 Ary ny zava-nitranga, rehefa nahita ny Lamanita fa efa novonoina daholo ny lohan' ny kapiteniny, dia nandositra nankany an-tany foana izy. Ary ny zava-nitranga dia niverina tany an-tanin' i Nefia izy mba hampahalala an' i Amalikià mpanjakany izay Nefita ara-pahate-rahana, ny momba ny famoizana ny lehibe.

26 Ary ny zava-nitranga dia tezitra izaitsizy tokoa tamin' ny olony izy, noho izy tsy nahazo izay niriany tamin' ny Nefita; tsy nahafehy azy tamin' ny ziogan' ny famatorana izy.

27 Eny, nisafaoka izaitsizy tokoa izy sy "nanozona an' Andriamanitra ary koa an' i Môrônia, niozonozona tamin' ny ^bfianianana fa hosotroiny ny rany; ary izany dia noho i Môrônia efa nitandrina ny didin' Andriamanitra tamin' ny fanomanana ny fiarovana ny olony.

28 Ary ny zava-nitranga andaniny dia "nisaotra ny Tompo Andriamaniny ny vahoakan' i Nefia, noho ny heriny tsy manan-tсахala tamin' ny nanafahany azy teo an-tanan' ny fahavalony.

29 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahasivy ambin' ny folon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

30 Eny, ary nisy fandriampahalemana lalandava teo anivony sy fandrosoana be izaitsizy tokoa tao amin' ny fiangonana noho ny fitandreman' sy ny fahazotoany izay nasehoany tamin' ny tenin' Andriamanitra, izay nambara azy tamin' ny alalan' i Helamàna sy i Siblôna ary i Kôriantôna, ary i Amôna sy ny rahalahiny, eny, sy tamin' ny alalan' ireo rehetra izay efa notendren' ny "lamina masin' Andriamanitra, rehefa vita batista ho amin' ny fibebahana sy nirahina mba hitory tany anivon' ny vahoaka.

TOKO 50

Nanamafy ny tanin' ny Nefita i Môrônia—Naoriny ny tanàna vaovao maro—Ady sy faharavana no nianjady tamin' ny Nefita tamin' ny andron' ny faharatsiany sy ny fahavetavetany—Noresen' i Teankoma i Môriantôna sy ny mpiendaka mpomba azy—Nodimandry i Nefihà, ary i Pahôràna zanany lahy no nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana. Tokony ho 72–67 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia tsy nitsahatra ny manao fiomanana ho amin' ny ady i Môrônia, na ny miaro ny olony tamin' ny Lamanita; fa nataony izay hanombohan' ny miaramilany, tamin' ny fiandohan' ny taona faharoapolon' ny fitondran' ny mpitsara, izay hanombohany manangana ampiantany

27a TSM Manevateva.
b Asa 23:12.

28a TSM Misaotra.
30a Almà 43:2.

manodidina ny tanàna rehetra eran' ny tany rehetra izay nozakain' ny Nefita.

2 Ary teo an-tampon' ireo fefy tany ireo dia nasainy nasiana vatan-kazo, eny rafi-batan-kazo natsangana hatreo amin' ny haavon' ny olona iray, manodidina ny tanàna.

3 Ary teo ambonin' ireo rafi-batan-kazo ireo dia nasainy nasiana rafitra tsatoka natsangana teo ambonin' ny vatan-kazo manodidina; ary mafy sy avo ireo.

4 Ary nasainy natsangana ny tilikambo izay nahatazanana ireo rafitra tsatoka ireo, ary nasainy naorina teo ambonin' ireo tilikambo ireo ny toeram-piarovana mba tsy hahafahan' ny vato sy ny zana-tsipikan' ny Lamanita mandratra azy ireo.

5 Ary ireny dia nomanina mba hahafahany mitoraka vato avy teny an-tampony, araka ny sitrapony sy ny heriny, ary mamono izay manandrana ny hanatona akaiky ny rindrin' ny tanàna.

6 Dia toy izany no nanomanan' i Môrônia ny toeram-pamaharana hiatrehana ny fiavian' ny fahavalony, manodidina ny tanàna tsirairay tany amin' ny tany rehetra.

7 Ary ny zava-nitranga dia nasain' i Môrônia nandeha nankany an-tany foana atsinanana ny miaramilany; eny, ary nandeha ireo sy nanosika ny Lamanita rehetra izay tao an-tany foana atsinanana hankany amin' ny taniny avy, izay tao atsimon' ny tanin' i Zarahemlà.

8 Ary ny tanin' i Nefia dia nitomandavana mahitsy avy tany amin' ny ranomasina atsinanana no niankandrefana.

9 Ary ny zava-nitranga, nony efa voatosik' i Môrônia ny Lamanita rehetra hiala ny tany foana atsinanana, izay tao avaratry ny tany izay fananany ihany dia nasainy nandeha nankany an-tany foana atsinanana ny mponina izay tao amin' ny tanin' i Zarahemlà sy tamin' ny tany manodidina na dia hatrany amin' ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina aza, ary hizaka ny tany.

10 Ary nametrahany miaramila koa tao atsimo, tao amin' ny sisin-tanin' ny fananany, ary nasainy nanangana "toerana mimanda ireo mba hahazoany miaro ny miaramilany sy ny vahoakany amin' ny tanan' ny fahavalony.

11 Ary dia toy izany no nankany monina ny toeram-pamaharan' ny Lamanita tao an-tany foana atsinanana, eny, ary koa tao andrefana, nanamafisany ny faritra nanelanelana ny Nefita sy ny Lamanita, nanelanelana ny tanin' i Zarahemlà sy ny tanin' i Nefia, avy tany amin' ny ranomasina andrefana, mandalo ny loharanon' ny renirano Sidôna — rehefa nozakain' ny Nefita avokoa ny tany andafiavaratra, eny, na dia ny tany rehetra izay tao avaratry ny tanin' i Soafeno aza, araka ny sitrapony.

12 Môrônia mbamin' ny mia-

ramilany izay nitombo isan' andro noho ny fahatokiana ny fiarovana izay vokatry ny asany ho azy ireo, dia nikatsaka toy izany ny hanesorana ny tanjaka sy ny herin' ny Lamanita teo amin' ny tany fananany mba tsy hananany fahefana amin' ny tany fananany.

13 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka ny fanorenana tanàna iray ny Nefita, ary nantsoiny hoe Môrônia ny anaran' ilay tanàna; ary izany dia teo amoron-dranomasina atsinanana; ary izany dia tao atsimo akaikin' ny faritry ny fananan' ny Lamanita.

14 Ary natombony koa ny fanorenana tanàna iray teo anelanelan' ny tanànan' i Môrônia sy ny tanànan' i Aharôna, nifanila tamin' ny sisin-tanin' i Aharôna sy i Môrônia; ary nantsoiny hoe Nefihà ny anaran' ilay tanàna na ny tany.

15 Ary tamin' iny taona iny ihany koa dia natombony ny fanorenana tanàna maro tany avaratra, ny anankiray dia tamin' ny fomba niavaka izay nantsoiny hoe Lehia, izay tao avaratra akaikin' ny sisin-tany amoron-dranomasina.

16 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona faharoapolo.

17 Ary dia tao amin' ireny fotoam-panambinana ireny no nisy ny vahoakan' i Nefia tamin' ny fiandohan' ny taona fahirai-ka amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

18 Ary niroborobo izaitsizy tokoa izy; ary nanjary nanankarena izaitsizy tokoa; eny, ary nitombo sy nihanahery teo amin' ny tany izy.

19 Ary dia toy izany no ahitantsika ny mahafeno famindram-po sy mahitsy avokoa ny fitondran' ny Tompo, ho fanatanterahina ny teniny rehetra amin' ny zanak' olombelona; eny, afaka mijery isika fa voamarina ny teniny, na dia amin' izao fotoana izao aza, izay nolazainy tamin' i Lehia, hoe:

20 Hotahiana ianao sy ny zanakao; ary hotahiana izy ireo, raha mitandrina ny didiko izy ireo dia hiroborobo eo amin' ny tany. Nefa tsarovy, raha tsy mitandrina ny didiko izy ireo, dia "hoesorina tsy ho eo anatrehan' ny Tompo.

21 Ary hitantsika fa ireo fampanantenana ireo dia efa nohamarinina tamin' ny vahoakan' i Nefia; satria ny fifanjihirany sy ny fifandirany, eny, ny famonoany olona, sy ny famaboany fananana, ny fanompoany sampy, ny fijangajangany ary ny fahavetavetany izay nisy teo anivony, no nahatonga teo aminy ny adiny sy ny famongorana azy.

22 Ary ireo izay nahatoky tamin' ny fitandremana ny didin' ny Tompo dia nafahany tamin' ny fotoana rehetra, raha an' arivony tamin' ny rahalahiny ratsy kosa no efa navarina tao amin' ny famatorana, na ho faty amin-tsabatra, na hihemotra ao

amin' ny tsy finoana sy hiharo amin' ny Lamanita.

23 Nefa indro, tsy nisy na oviana na oviana teo anivon' ny vahoakan' i Nefia "fotoana sambatra kokoa, hatramin' ny andron' i Nefia, noho ny tamin' ny andron' i Môrônia, eny, dia izao fotoana izao, amin' ny taona fahiraika amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara.

24 Ary ny zava-nitranga dia nifarana tao amin' ny fandriampahalemana koa ny taona faharoa amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara; eny, ary koa ny taona fahatelo amby roapolo.

25 Ary ny zava-nitranga tamin' ny fiandohan' ny taona fahefatra amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia tokony ho nisy fandriampahalemana koa teo anivon' ny vahoakan' i Nefia, raha tsy noho ny "fifandirana izay nitranga teo anivony momba ny tanin' i Lehia sy ny tanin' i Môriantôna, izay nikambana teo amin' ny sisintanin' i Lehia; izy roroa dia samy teo amin' ny sisin-tany akai-kin' ny moron-dranomasina.

26 Fa indro, ny vahoaka izay nizaka ny tanin' i Môriantôna dia nitaky ny ampahany tamin' ny tanin' i Lehia; noho izany dia nanomboka nisy fifandirana mafampana teo amin' izy ireo, hany ka nandray fiadiana ny vahoakan' i Môriantôna hano-hitra ny rahalahiny, ary tapakevitra izy ny handringana azy amin' ny sabatra.

27 Nefa indro, ny vahoaka

izay nizaka ny tanin' i Lehia dia nandositra tany amin' ny tobin' i Môrônia sy niangavy fanampiana taminy; satria indro tsy nanana ny diso izy.

28 Ary ny zava-nitranga, nony nahita ny vahoakan' i Môriantôna, izay notarihin' ny lehilahy iray izay i Môriantôna no anarany, fa efa nandositra nankany amin' ny tobin' i Môrônia ny vahoakan' i Lehia, dia feno tahoetra izaitsizy tokoa izy fandrao hanafika azy ny miaramilan' i Môrônia ary hamongotra azy.

29 Noho izany dia nalatsak' i Môriantôna tao am-pony ny tokony handosirany any amin' ny tany izay ao andafiavaratra, izay rakotry ny velaran-drano lehibe, ary handraisany ny fizakana ny tany izay tao andafiavaratra.

30 Ary indro, ho efa notante-rahiny izany tetika izany (izay ho nahatonga zavatra mampalahelo), nefa indro, i Môriantôna dia olon' ny fientanam-po be, koa tezitra tamin' ny anankiray tamin' ny mpanompovaviny izy ary nanatratra azy sy namely mafy azy.

31 Ary ny zava-nitranga dia nandositra izy sy tonga tao amin' ny tobin' i Môrônia ary nitantara tamin' i Môrônia ny zava-drehetra momba ilay raharaha, ary koa momba ny fikasan' ireo handositra any amin' ny tany andafiavaratra.

32 Ankehitriny, indro, ny vahoaka izay tao an-tanin' i Soafeno, na ny marimarina kokoa i

Môrônia, dia nanahy fandrao hihaino ny tenin' i Môriantôna izy sy hikambana amin' ny olony, ary amin' izany dia hahazo ny fizakana ireo faritry ny tany ireo izy, izay hiteraka vokany mampidi-doza eo anivon' ny vahoakan' i Nefia, eny, dia vokany izay hitarika any amin' ny faharavan' ny "fahafahany.

33 Koa nalefan' i Môrônia ny miaramila niaraka tamin' ny tobiny, hihoatra ny vahoakan' i Môriantôna, ka hampitsahatra ny fandosirany mankany amin' ny tany andafiavaratra.

34 Ary ny zava-nitranga dia tsy nihoarany izy raha tsy efa tonga teo amin' ny faritry ny sisin-tanin' ny tany "Faharavana; ary teo dia nihoarany izy, teo akaikin' ny lalana ety izay nitondra mankany amoron-dranomasina hatrany amin' ny tany andafiavaratra, eny, akaikin' ny ranomasina tao andrefana sy tao atsinanana.

35 Ary ny zava-nitranga, ny miaramila izay nalefan' i Môrônia, izay notarihan' ny lehilahy iray izay i Teankoma no anarany, dia nihaona tamin' ny vahoakan' i Môriantôna; ary kirina loatra ny vahoakan' i Môriantôna (rehefa nentanin' ny faharatsiany sy ny teniny manasohaso), ka dia nanomboka ny ady teo amin' izy ireo, ka tamin' izany no namonoan' i Teankoma an' i Môriantôna sy nandreseny ny miaramilany ary nakany azy ho babo sy niverenany tany amin' ny tobini' i

Môrônia. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahefatra amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

36 Ary dia toy izany no nitondrana ny vahoakan' i Môriantôna niverina. Ary taorian' ny fanaovany dina ny hitandrana ny fandriampahalemana, dia naverina tany an-tanin' i Môriantôna izy, ary nitranga ny fiombonana teo aminy sy ny vahoakan' i Lehia; ary naverina tany amin' ny taniny koa izy.

37 Ary ny zava-nitranga dia tamin' iny taona iny ihany, izay efa niverenan' ny fandriampahalemana teo amin' ny vahoakan' i Nefia, no maty i Nefihà, lohan' ny mpitsara faharoa, rehefa nitana ny toeram-pitsarana tamin' ny fahitsiana tanteraka teo anoloan' Andriamanitra.

38 Kanefa dia efa nolaviny tamin' i Almà ny handray ny fitanana ireo rakitsoratra ireo sy ireo zavatra izay noheverin' i Almà sy ny razany ho masina indrindra; noho izany dia efa natolotr' i Almà an' i Helamàna zanany lahy ireo.

39 Indro, ny zava-nitranga dia notendrena ny zanakalahin' i Nefihà mba hitana ny toeram-pitsarana teo amin' ny toerandrany; eny, notendrena izy ho lohan' ny mpitsara sy ho governora amin' ny vahoaka, niaraka tamin' ny velirano sy ny ôrdônansy masina mba hitsara araka ny rariny sy hitandrana

ny fandriampahalemana sy ny fahafahan' ny vahoaka ary hanome azy ny tombontsoany masina mba hitsaoka ny Tompo Andriamaniny, eny, hanohana sy hitana ny foto-kevitr' Andriamanitra mandritra ny androny rehetra ary hitondra ny olondratsy eo amin' ny fitsarana araka ny helony.

40 Ankehitriny indro, i Pahôràna no anarany. Ary i Pahôràna dia nitana ny toeran-drainy sy nanomboka ny fitondrany teo amin' ny vahoakan' i Nefia tamin' ny faran' ny taona fahefatra amby roapolo.

TOKO 51

Nikatsaka ny hanova ny lalàna sy hanangana mpanjaka ny mpomba ny mpanjaka—Notohanan' ny feom-bahoaka i Pahôràna sy ny olona afaka—Nanery ny mpomba ny mpanjaka hiaro ny taniny i Môrônia, raha tsy izany dia novonoina ho faty izy—Namabo tanàna mimanda maro i Amalikià sy ny Lamanita—Nanosika ny fananiam-bohitry ny Lamanita i Teankoma sy namono an' i Amalikià tao amin' ny lainy. Tokony ho 67–66 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahadimy amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, rehefa naoriny ny fandriampahalemana teo amin' ny vahoakan' i Lehia sy ny vahoakan' i Môriantôna momba ny taniny, ary rehefa natombony tao amin'

ny fandriampahalemana ny taona fahadimy amby roapolo;

2 Kanefa, tsy nahatana ela ny fandriampahalemana feno teo amin' ny tany izy, fa nanomboka nisy fifandirana teo anivon' ny vahoaka momba an' i Pahôràna lohan' ny mpitsara; fa indro, nisy ampahany tamin' ny vahoaka izay naniry ny hanovana ny lafiny manokana vitsivitsy tao amin' ny lalàna.

3 Nefa indro, tsy nety nanova na namela ny lalàna mba hovanana i Pahôràna; koa tsy nohenoiny ireo izay efa nandefa ny feony niaraka tamin' ny fangatahany ny amin' ny fanovana ny lalàna.

4 Noho izany, ireo izay naniry fa tokony hovanana ny lalàna dia tezitra taminy, ary naniry ny tsy haha-lohan' ny mpitsara azy intsony eo amin' ny tany; noho izany dia nitranga ny fifamiliana nafampana momba ny raharaha, nefa tsy hatrany amin' ny fandatsahan-dra.

5 Ary ny zava-nitranga, dia nantsoina hoe mpomba ny mpanjaka ireo izay naniry ny tokony hanonganana an' i Pahôràna teo amin' ny toeram-pitsarana, fa niriany ny tokony hanovana ny lalàna mba hahafahana manongana ny fitondrana malalaka sy manangana mpanjaka eo amin' ny tany.

6 Ary ireo izay naniry ny tokony hijanonan' i Pahôràna ho lohan' ny mpitsara eo amin' ny tany, dia nitondra teo amin' ny tenany ny anarana hoe olona afaka; ary dia toy izany ny fisaratsarahana teo anivony, fa ny

olona afaka dia nianiana na nifanaiky fa hiaro ny zony sy ny antoky ny fivavahany amin' ny alalan' ny fitondrana malalaka.

7 Ary ny zava-nitranga dia nalaminy ny feon' ny vahoaka izany anton' ny fifandirany izany. Ary ny zava-nitranga dia tonga ny feon' ny vahoaka izay nankasitraka ny olona afaka, ary dia nitana ny toeram-pitsarana i Pahôràna, izay nahatonga fifaliana be teo anivon' ny rahalahin' i Pahôràna ary koa ny maro tamin' ny vahoakan' ny fahafahana izay nahasina ihany koa ny mpomba ny mpanjaka, ka izy ireo dia tsy sahy nanohitra fa voatery nitana kosa ny foto-kevitra ny fahafahana.

8 Ankehitriny, ireo izay nankasitraka ny hisian' ny mpanjaka dia ireo izay "avo razana, ary nokatsahiny ny ho mpanjaka; ary izy ireo dia notohanany ireo izay nikatsaka hery sy fahefana teo amin' ny vahoaka.

9 Nefa indro, izany dia fotoantsarotra ho an' ny fifandirana toy izany teo anivon' ny vahoakan' i Nefia; satria indro, efa namoky indray ny fon' ny vahoakan' ny Lamanita i Amalikià hanohitra ny vahoakan' i Nefia, ka novoriany miaraka ny miaramila avy tamin' ny faritra rehetra teo amin' ny taniny, ary nampirongoany fiadiana ireo, ary niomana izy ho amin' ny ady niaraka tamin' ny fahavitrhana rehetra; fa efa "niozonozona ny hisotro ny ran' i Môrônia izy.

10 Nefa indro, ho hitantsika fa ny fampanantenany izay nataony dia antemaka; kanefa, dia nanomana ny tenany sy ny miaramilany izy ho tonga hiady amin' ny Nefita.

11 Ankehitriny ny miaramilany dia tsy be loatra toy izay efa nisy hatrizao, noho ny an' arivony maro izay efa naringan' ny tãnan' ny Nefita; nefa na dia teo aza ny famoizany lehibe, dia efa naha-tafavory miaramila betsaka nigagana tokoa i Amalikià, hany ka tsy natahorany ny hidina any an-tanin' i Zarahemlà.

12 Eny, na dia izy Amalikià tenany aza dia nidina nitarika ny Lamanita. Ary izany dia tamin' ny taona fahadimy amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara; ary tamin' izay fotoana izay ihany no efa nanombohany nandamina ny raharahan' ny fifandirany momba an' i Pahôràna, lohan' ny mpitsara.

13 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandre ireo olona izay nantsoina hoe mpomba ny mpanjaka fa nidina hiady aminy ny Lamanita, dia nifaly anakampo izy ireo; ary nolaviny ny handray fiadiana, satria nisafoaka loatra tamin' ny lohan' ny mpitsara izy ireo, ary koa tamin' ny "vahoakan' ny fahafahana, ka dia tsy tiany ny handray fiadiana hiaro ny taniny.

14 Ary ny zava-nitranga, nony nahita izany i Môrônia ary nahita koa fa niditra ny faritry ny

sisin-tany ny Lamanita, dia nisafoaka izaitsizy tokoa izy noho ny kirin' ireo olona ireo izay efa nilofosany tamim-paharisihana fatratra mba hotsimbinina; eny, nisafoaka izaitsizy tokoa izy; heniky ny fahatezerana tamin' ny fanahiny.

15 Ary ny zava-nitranga dia nandefa fangatahana izy niaraka tamin' ny feon' ny vahoaka tany amin' ny governoran' ny tany, naniry ny hamakiany izany sy ny hanomezany azy (i Môrônia) fahefana hanery ireo mpiendaka ireo hiaro ny taniny na hamono azy ireo ho faty.

16 Satria ny adidiny voalohany dia ny manisy farany ny fifandirana sy ny fisaraham-bazana toa izany teo anivon' ny vahoaka; satria indro, izany no efa anton' ny famongorana azy rehetra hatrizao. Ary ny zava-nitranga dia notovina izany araka ny feon' ny vahoaka.

17 Ary ny zava-nitranga dia nodidian' i Môrônia ny handehanan' ny miaramilany hanohitra ireo mpomba ny mpanjaka ireo mba handrodana ny avonavony sy ny fahandrianany ary hampitovy lenta azy ireo amin' ny tany, na ny handray fiadiana izy ireo ary hanohana ny foto-kevitra ny fahafahana.

18 Ary ny zava-nitranga dia nandroso ny miaramila hanohitra azy ireo; ary nandrodana ny avonavony sy ny fahandrianany izy, hany ka raha naingainy ny fitaovam-piadiany mba hiady amin' ny olon' i Môrônia, dia

nojinjaina sy nampitoviana tantana tamin' ny tany izy ireo.

19 Ary ny zava-nitranga dia nisy efatra arivo tamin' ireo "mpiendaka ireo no nojinjaina tamin' ny sabatra; ary ireo tamin' ny mpitondra azy ireo izay tsy naringana tamin' ny ady, dia nentina sy natsipy tao am-ponja, satria tsy nisy fotoana hitsarana azy ireo tamin' izay vanimpotoana izay.

20 Ary naleon' ny sisa tavela tamin' ireo mpiendaka ireo nanaiky ny fanevan' ny fahafahana toy izay halamaky ny sabatra amin' ny tany, ary dia voatery izy ireo nanangana ny "fanevan' ny fahafahana teo amin' ny tilikambony sy tao amin' ny tanànany ary nandray fiadiana ho fiarovana ny taniny.

21 Ary dia nasian' i Môrônia farany toy izany ny amin' ireo mpomba ny mpanjaka ireo, ka tsy nisy intsony fantatra tamin' ny anarana hoe mpomba ny mpanjaka; ary dia nasiany farany toy izany ny kiry sy ny avonavon' ireo olona ireo izay nitonona ho ran' andriana; saingy naidina ambany izy mba hanetry ny tenany toy ny rahalahiny sy hiady amin-kerim-po tokoa ho fanafahana azy amin' ny famatorana.

22 Indro, ny zava-nitranga, raha mbola nanamontsana toy izany ny ady sy ny fifandirana teo anivon' ny olony ihany i "Môrônia sy nampanoa azy ho amin' ny fandriampahalemana sy ny riba ary nanao fitsipi-

19a Almà 60:16.
20a Almà 46:12–13.

22a TSM Môrônia,
Kapiteny.

pitondrana hiomanana amin' ny ady amin' ny Lamanita, dia indro, efa tafiditra tao amin' ny tanin' i Môrônia ny Lamanita tao amin' ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina.

23 Ary ny zava-nitranga dia tsy dia natanjaka firy loatra ny Nefita tao an-tanànan' i Môrônia; noho izany i Amalikià dia nahatosika azy sady namono maro. Ary ny zava-nitranga dia nandray ny fizakana ny tanàna i Amalikià, eny, ny fizakana ny toerany mimanda rehetra.

24 Ary ireo izay nandositra niala ny tanànan' i Môrônia dia tonga tao an-tanànan' i Nefihà; ary ny mponin' ny tanànan' i Lehia koa dia niara-nivory sy nanao fiomanana ary efa nivo-nona ny handray ny Lamanita amin' ny ady.

25 Nefa ny zava-nitranga dia tsy navelan' i Amalikià handeha hiady amin' ny tanànan' i Nefihà ny Lamanita, fa notanany tany ambany akaikin' ny ranomasina kosa, sady name-trahany lehilahy isan-tanàna mba hitana sy hiaro izany.

26 Ary dia toy izany no nanohizany ny famaboana tanàna maro, ny tanànan' i Nefihà sy ny tanànan' i Lehia, ary ny tanànan' i Môriantôna sy ny tanànan' i Ômnera, ary ny tanànan' i Gida sy ny tanànan' i Mioleta, izy rehetra ireo dia tany amin' ny sisin-tany atsinanana akaikin' ny moron-dranomasina.

27 Ary dia toy izany no efa nahazoan' ny Lamanita, noho

ny hafetsen' i Amalikià, noho ny miaramilany tsy hita isa, tanàna maro tokoa, izy rehetra ireo dia nohamafisina tokoa araka ny "fanamafisana natoron' i Môrônia; izy rehetra ireo dia nanome toeram-pamarahana ho an' ny Lamanita.

28 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izy ireo nankany amin' ny sisintanin' i Soafeno rehefa nanosika ny Nefita teo anoloany ary nandripaka maro.

29 Saingy ny zava-nitranga dia nifanandrina tamin' i Teankoma izay efa "namono an' i Môriantôna sy nialoha lalana ny olony tamin' ny fandosirany izy ireo.

30 Ary ny zava-nitranga dia nialoha lalana an' i Amalikià koa izy, raha iny izy nandroso niaraka tamin' ny miaramilany maro iny mba hahazoany mamabo ny tanin' i Soafeno ary koa ny tany andafiavaratra.

31 Nefa indro tojo fahadisoampantenanana izy rehefa voatosik' i Teankoma sy ireo olony, noho izy ireo mpiady kingalahy; satria ny olon' i Teankoma tsirairay dia nihoatra ny Lamanita tamin' ny tanjany sy tamin' ny hakingany an' ady, hany ka nahazo tombony tamin' ny Lamanita izy ireo.

32 Ary ny zava-nitranga dia notselehiny izy ireo, ka novonoiny mandra-pahatonga ny haizina. Ary ny zava-nitranga dia nanangana ny lainy tao amin' ny sisin-tanin' i Soafeno i Teankoma sy ny olony; ary i Amalikià dia nanangana ny

lainy tao amin' ny sisin-tany, teo amin' ny tora-pasika akaiky ny moron-dranomasina, ary dia araka izao fomba izao no naha-voatosika azy ireo.

33 Ary ny zava-nitranga, nony efa tonga ny alina, dia nitsaitsaika sy nandeha nivoaka alina i Teankoma sy ny mpanompony ary nandeha nankao amin' ny tobin' i Amalikià; ary indro, efa resy tory ireo noho ny havizanany be izay vokatry ny ezaka sy ny hafanan' ny andro.

34 Ary ny zava-nitranga dia niditra an-tsokosoko tao amin' ny lain' ny mpanjaka i Teankoma ary nanindrona lefona ny fony; ary nataony izay hahafaty ny mpanjaka teo no ho eo ka tsy hamoahazany ny mpanompony.

35 Ary dia niverina an-tsokosoko indray tany amin' ny tobin' izy, ary indro, resy tory ny olony ary nofohaziny izy ireo ary nolazainy azy ireo avokoa ny zavatra izay efa vitany.

36 Ary dia nasainy niatrana tamim-pahavononana ny miaramilany, fandrao efa nifoha ny Lamanita ka hisovoka azy ireo.

37 Ary dia mifarana toy izany ny taona fahadimy amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia; ary dia mifarana toy izany ny andron' i Amalikià.

TOKO 52

Nandinby an' i Amalikià ho mpanjakan' ny Lamanita i Amôrôna — Nitarika ny Nefita tamin' ny adim-pandresena tamin' ny

Lamanita i Môrônia, i Teankoma ary i Lehia — Nalaina indray ny tanànan' i Mioleka, ary novonoina i Jakôba ilay Zôramita. Tokony ho 66–64 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, ny zava-nitranga tamin' ny taona fahenina amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia indro, rehefa nifoha ny Lamanita ny maraina voalohan' ny volana voalohany, dia indro, hitany fa efa maty tao anaty lainy ihany i Amalikià; ary hitany koa fa efa vonona ny hamaky ady aminy androtrio i Teankoma.

2 Ary ankehitriny, nony nahita izany ny Lamanita, dia raikitahotra izy; ary nafoiny ny tetiny handeha hankany amin' ny tany andafiavaratra ary nisintona miaraka tamin' ny miaramilany rehetra tao an-tanànan' i Mioleka izy, nitady fiarovana tao anatin' ny toerany mimanda.

3 Ary ny zava-nitranga dia notendrena ho mpanjaka teo amin' ny vahoaka ny rahalahin' i Amalikià; ary i Amôrôna no anarany; dia toy izany no nanendrena an' i Amôrôna mpanjaka, rahalahin' i Amalikià mpanjaka, ho eo amin' ny toerany.

4 Ary ny zava-nitranga dia no-didiany ny hitanan' ny olony ireo tanàna izay efa azony tamin' ny fandatsahan-dra ireo; fa tsy nahazo tanàna izy raha tsy efa nahaverezan-dra betsaka.

5 Ary ankehitriny, dia hitan' i Teankoma fa ny Lamanita dia tapa-kevitra ny hitana ireo tanàna izay efa azony ireo sy ireo

ampahany tamin' ny tany izay efa noraisiny ny fizakana azy; ary ny fahitany koa ny hama-roan' ny isany, dia niheveran' i Teankoma fa tsy tsara ny manandrana manafika azy ao amin' ny toerany mimanda.

6 Fa notanany teny amin' ny manodidina kosa ny olony, miova tsy ny manao fiomanana ho amin' ny ady; eny, ary marina tokoa fa teo am-piomanana ny hiaro ny tenany aminy izy, tamin' ny "fananganana rindrina manodidina sy ny fanomanana toerana fialokalofana.

7 Ary ny zava-nitranga dia no-tohizany toy izany ny fiomanana ho amin' ny ady mandra-pandefan' i Môrônia olona sesehena hanamafy ny miaramilany.

8 Ary i Môrônia koa dia nandefa baiko taminy mba hitanany ny sambobelona rehetra izay nianjera teo an-tanany; fa satria efa nanao sambobelona maro ny Lamanita, dia tokony hotanany avokoa ny sambobelona Lamanita ho takalon' ireo izay efa nalain' ny Lamanita.

9 Ary nandefa baiko taminy koa izy ny hanamafisany ny tanin' i Soafeno sy ny hiantohany ny "lalana ety izay nitondra mankany amin' ny tany andafiavaratra, fandrao ho azon' ny Lamanita izany toerana izany ka hanana hery izy hisovohana azy avy amin' ny lafiny rehetra.

10 Ary nampaniraka tany aminy koa i Môrônia, naniry azy ny ho mahatoky amin' ny fitanana io faritry ny tany io sy ny hika-

tsahany ny fomba rehetra hamelezana ny Lamanita ao amin' io faritra io, araka izay tratry ny heriny, fa angamba mba mety ho azony indray amin' ny tetik' ady na fomba hafa sasantsasany ireo tanàna izay efa nesorina teo an-tanany ireo; ary koa ny hanamafisany sy ny hanatanjahany ny tanàna manodidina izay tsy nianjera teo an-tanan' ny Lamanita.

11 Ary hoy koa izy taminy: Mba tiako ny ho tonga aty aminao, nefa indro, ny Lamanita dia mby amintsika ao amin' ny sisin-tany amoron' ny ranomasina andrefana; ary indro, handeha hiady aminy aho, noho izany dia tsy afaka mankaty aminao aho.

12 Ankehitriny, ny mpanjaka (i Amôrôna) dia efa niainga niala ny tanin' i Zarahemlà sy efa nampahalala ny mpanjaka-vavy ny momba ny fahafatesan' ny rahalahiny, ary efa nahatafavory olona sesehena sy efa niainga hanafika ny Nefita ao amin' ny sisin-tany amoron' ny ranomasina andrefana.

13 Ary dia toy izany no niezahany namely tsy an-kiato ny Nefita sy nisarika ny ampahan' ny miaramilany hankamin' io faritry ny tany io, kanefa dia nodidiany ireo izay efa nape-trany hizaka ny tanàna izay efa azony ny tokony hisovohany koa ny Nefita ao amin' ny sisin-tany amoron' ny ranomasina atsinanana sy handraisany ny fizakana ny taniny araka izay

tratra ny heriny, araka ny herin' ny miaramilany.

14 Ary dia tao anatin' ny toejavatra mampidi-doza toy izany ny Nefita tamin' ny faran' ny taona fahenina amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

15 Nefa indro, ny zava-nitranga tamin' ny taona fahafito amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia i Teankoma, noho ny baikon' i Môrônia — izay efa nametraka miaramila mba hiaro ny sisin-tany atsimo sy andrefana ary efa nanomboka ny diany nankany amin' ny tanin' i Soafeno mba hahazoany manampy an' i Teankoma miaraka amin' ny olony amin' ny fakana indray ny tanàna izay efa nafaoiny —

16 Ary ny zava-nitranga dia efa nahazo baiko i Teankoma hanao ny fanafihana ny tanànan' i Mioleka sy haka izany indray raha azo atao.

17 Ary ny zava-nitranga dia nanao fiomanana i Teankoma hoenti-manafika ny tanànan' i Mioleka sy handehanana miaraka amin' ny miaramilany hiady amin' ny Lamanita; nefa hitany fa tsy ho vita ny hahafahany mandresy azy raha mbola ao anatin' ny toerany mimanda izy; noho izany dia nafaoiny ny tetiny ary niverina indray tany antanànan' i Soafeno izy hiandry ny fiavian' i Môrônia mba hahazoany mandray tanjaka ho an' ny miaramilany.

18 Ary ny zava-nitranga dia tonga niaraka tamin' ny miaramilany tao an-tanin' i Soafeno i

Môrônia, tamin' ny tapany farany ny taona fahafito amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

19 Ary tamin' ny fiandohan' ny taona fahavalo amby roapolo, dia nanao filan-kevitra momba ny ady i Môrônia sy i Teankoma ary ny maro tamin' ny lohan' ny kapiteny — ny momba izay tokony hataony hampivoaka ny Lamanita hiady aminy; na ny hahazoany, amin' ny fomba sasany, misintona azy hivoaka ny toeram-pamaharany mba hahazoany tombony aminy sy maka indray ny tanànan' i Mioleka.

20 Ary ny zava-nitranga dia nalefany ny iraka hankany amin' ny miaramilan' ny Lamanita, izay niaro ny tanànan' i Mioleka, hankany amin' ny mpitondra azy, izay i Jakoba no anarany, naniry azy ny hivoahany miaraka amin' ny miaramilany mba hifanandrina aminy eo amin' ny lemaka manelanelana ny tanàna roa. Nefa indro, i Jakôba izay Zôramita, dia tsy nety nivoaka niaraka tamin' ny miaramilany mba hifanandrina aminy eo amin' ny lemaka.

21 Ary ny zava-nitranga rehefa tsy nanana fanantenana ny hifanandrina aminy eo amin' ny toerana hifandanjan' ny hery i Môrônia, dia namolavola tetika iray izy mba hahazoany mimitaka ny Lamanita hivoaka avy ao amin' ny toeram-pamaharany.

22 Koa nataony izay hakan' i Teankoma olom-bitsy sy handehanany midina eo akaikin' ny moron-dranomasina; ary i

Môrônia sy ny miaramilany, nony alina, dia nandeha nankany an-tany foana, tao andrefan' ny tanànan' i Mioleka; ary dia toy izany, nony ampitso, rehefa nahita an' i Teankoma ny mpiambin' ny Lamanita, no nihazakazahany sy nilazany izany tamin' i Jakôba, mpitondra azy.

23 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nivoaka ny miaramilan' ny Lamanita hiady amin' i Teankoma, araka ny fiheverana fa noho ny hamaroany dia ho resy i Teankoma noho ny hakelezan' ny isany. Ary nony nahita ny miaramilan' ny Lamanita nivoaka hiady aminy i Teankoma dia nanomboka nisintona nidina teo akaikin' ny morondranomasina izy, nianavaratra.

24 Ary ny zava-nitranga nony nahita ny Lamanita fa nanomboka nandositra izy, dia nahazo toky izy sy nanenjika azy tamim-pahavitrihana. Ary raha mbola notarihin' i Teankoma hanalavitra toy izany ny Lamanita izay sasa-poana nanenjika azy, dia indro, nodidian' i Môrônia ny ampahany tamin' ny miaramilany izay niaraka taminy ny handehany miditra ny tanàna sy ny handraisany ny fizakana izany.

25 Ary dia toy izany no nataony sy namonoany ireo rehetra izay efa navela hiaro ny tanàna, eny, ireo rehetra izay tsy nety nanolotra ny fitaovam-piadiany.

26 Ary dia toy izany no efa nahazoan' i Môrônia ny fizakana ny tanànan' i Mioleka niaraka tamin' ny ampahany tamin' ny miaramilany, raha mbola

nandeha niaraka tamin' ny sisa izy hifanandrina tamin' ny Lamanita rehefa hiverina avy tany amin' ny fanenjehana an' i Teankoma izy ireo.

27 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika an' i Teankoma ny Lamanita ambara-pahatonga azy ireo teo akaikin' ny tanànan' i Soafeno, ary tamin' izay izy ireo dia nifanandrina tamin' i Leahia sy ny miaramila vitsivitsy, izay efa navela hiaro ny tanànan' i Soafeno.

28 Ary ankehitriny, indro, nony efa nahatazana an' i Leahia mbamin' ny miaramilany tamy hiady aminy ny lohan' ny kapitenin' ny Lamanita, dia nandositra tao anatin' ny fisavoritahana be izy ireo, fandrao angamba dia tsy ho azony ny tanànan' i Mioleka mialohan' ny hanatrarant' i Leahia azy ireo; satria efa lanaka izy ireo noho ny diany, ary ny olon' i Leahia kosa dia mbola aina vao.

29 Ankehitriny ny Lamanita dia tsy nahalala fa efa tao amin' ny vodilaharany niaraka tamin' ny miaramilany i Môrônia; ary ny hany natahorany dia i Leahia sy ny olony.

30 Ankehitriny i Leahia dia tsy naniry ny hanatratra azy ireo mialohan' ny hifanandrianan' izy ireo amin' i Môrônia sy ny miaramilany.

31 Ary ny zava-nitranga, talohan' ny efa nisintonan' ny Lamanita lavitra, dia efa nohodidinin' ny Nefita izy ireo, an-daniny ny olon' i Môrônia ary an-kilany ny olon' i Leahia, mbola aina vao sy feno tanjaka

izy rehetra ireo; fa ny Lamanita kosa dia efa lanaka noho ny diany lavitra.

32 Ary nandidy ny olony i Môrônia mba hanafihany azy ireo ambara-panolorany ny fitaovam-piadin'ny.

33 Ary ny zava-nitranga dia i Jakôba izay mpitondra azy ireo, izay “Zôramita koa sy nanana toe-tsaina tsy voafolaka, no nitrika ny Lamanita hiady tamin' ny fahasiahana mihoa-pampana tamin' i Môrônia.

34 Ary satria teo an-dalan-kalehany i Môrônia, koa tapakevitra i Jakôba ny hamono azy ireo ary hisava ny lalany hatrany an-tanànan' i Mioleka. Nefa indro, nahery kokoa i Môrônia sy ny olony; koa tsy niko teo anoloan' ny Lamanita izy ireo.

35 Ary ny zava-nitranga dia samy niady tamin' ny fahasiahana izaitsizy ny andaniny roa; ary nisy maro no voavono tamin' ny andaniny roa; eny, ary naratra i Môrônia, ary i Jakôba dia voavono.

36 Ary i Lehia mbamin' ny olony matanjaka dia nanery ny vodilahrany tamin' ny fahasiahana aoka izany, hany ka ny Lamanita tao amin' ny vodilahrana dia nanolotra ny fitaovam-piadin'ny; ary ny sisa taminy, noho izy ireo nisavoritaka be, dia tsy nahalala izay haleha na hamelezana.

37 Ankehitriny, rehefa nahita ny fiasavoritahany i Môrônia dia hoy izy taminy: Raha mitondra etoana ny fitaovam-piadin'na-

reo ianareo sy manolotra ireny, dia indro, hatsahatray ny fandatsahana ny ranareo.

38 Ary ny zava-nitranga nony efa nandre ireo teny ireo ny Lamanita dia nandroso ireo lohan' ny kapiteniny, ireo rehetra izay tsy voaringana, sy nanipy ny fitaovam-piadin'ny teo antongotr' i Môrônia, sy nandidy ny olony koa ny hanaovany toy izany.

39 Nefa indro, nisy maro izay tsy nety; ary ireo izay tsy nety nanolotra ny sabany dia nalaina sy nafatotra ary nesorina taminy ny fitaovam-piadin'ny, ary noterena izy ireo handeha hiaraka amin' ny rahalahiny mankany an-tanin' i Soafeno.

40 Ary ankehitriny, ny isan' ny sambobelona izay nalaina dia nanoatra noho ny isan' ireo izay efa voaringana, eny, nanoatra noho ireo izay efa voaringana tamin' ny andaniny roa.

TOKO 53

Nampiasaina hanamafy ny tanànan' i Soafeno ny sambobelona Lamanita — Nanome vahana ny fandresen' ny Lamanita ny fisaraham-bazana teo anivon' ny Nefita — Nandray ny fibaikoana ny zatovolohy roa arivo avy tamin' ny vahoakan' i Amôna i Helamàna. Tokony ho 64–63 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nasiany mpiambina teo amin' ny sambobelona Lamanita ary notereny izy ireo handeha sy

handevina ny maty taminy, eny, ary koa ny maty tamin' ny Nefita izay voaringana; ary nametraka olona teo aminy i Môrônia hiambina azy ireo raha mbola nanatanteraka ny asany izy ireo.

2 Ary nandeha nankao an-tanànan' i Mioleka niaraka tamin' i Lehia i Môrônia sy nandray ny fibaikoana ny tanàna ary nanome izany an' i Lehia. Ankehitriny, indro, ity Lehia ity dia lehilahy izay efa niaraka tamin' i Môrônia tamin' ny ankamaroan' ny adiny rehetra; ary izy dia lehilahy "tahaka an' i Môrônia, ary izy ireo dia samy nifaly tamin' ny filaminan' izy samy izy; eny, nifankamamy izy samy izy, ary koa nankamamian' ny vahoakan' i Nefia iray manontolo izy ireo.

3 Ary ny zava-nitranga, taorian' ny efa nahavitan' ny Lamanita ny fandevenana ny maty taminy ary koa ny maty tamin' ny Nefita, dia nentina niverina tao an-tanin' i Soafeno izy ireo; ary i Teankoma, araka ny baikon' i Môrônia, dia nanao izay hanombohany miasa amin' ny fihadiana hadivory manodidina ny tany na ny tanànan' i Soafeno.

4 Ary nataony izay hanangany "rindrin-kazo teo amin' ny lafiny anatin' ny hadivory; ary natsipiny avy tamin' ny hadivory hankeo amin' ny rindrin-kazo ny tany; ary dia toy izany no nampiasany ny Lamanita mandra-pamefeny

manodidina ny tanànan' i Soafeno tamin' ny rindrin-kazo sy tany izay avo izaitsizy.

5 Ary izany tanàna izany dia nanjary toeram-pamaharana izaitsizy hatramin' izay; ary tao amin' izany tanàna izany no niambenana ny sambobelona Lamanita; eny, dia tatỳ anatin' ny rindrina izay efa nasainy natsangany tamin' ny tanany ihany. Ankehitriny i Môrônia dia voatery nanao izay hiasan' ny Lamanita, satria mora ny miambina azy ireo raha mbola eo am-piasana izy ireo; ary sitrany hanana ny heriny rehetra rehefa hanao ny fanafihana ny Lamanita izy.

6 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no efa nahazoan' i Môrônia fandresena tamin' ny iray tamin' ny miaramilan' ny Lamanita lehibe indrindra sy efa nahazoany ny fizakana ny tanànan' i Mioleka, izay iray tamin' ny tobin' ny Lamanita matanjaka indrindra, tany antanin' i Nefia; ary dia toy izany no efa nananganany koa toeram-pamaharana hitanana ny sambobelony.

7 Ary ny zava-nitranga dia tsy nandramany intsony ny hiady tamin' ny Lamanita tamin' io taona io, fa nampiasainy kosa ny olony tamin' ny fanomanana ny ady, eny, sy tamin' ny fanaovana toerana mimanda ho fiarovana amin' ny Lamanita, eny, ary koa tamin' ny fanafihana ny vadiny sy ny zanany tamin' ny mosary sy ny faho-

riana ary tamin' ny famatsiana hanina ny miaramilany.

8 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia ny miaramilan' ny Lamanita tao amin' ny ranomasina andrefana atsimo, nandritra ny tsy naha-teo an' i Môrônia noho ny fiokoana teo anivon' ny Nefita, izay nahatonga fisaraham-bazana teo anivony, no efa nahazo tombony tamin' ny Nefita, eny, hany ka efa noraisiny ny fizakana ny tanàna maro tao amin' izany faritry ny tany izany.

9 Ary izany dia noho ny heloka teo anivony, eny, noho ny fisaraham-bazana sy ny fiokoana teo anivony dia efa tafatoetra tao amin' ny toe-javatra tena mampidi-doza izy ireo.

10 Ary ankehitriny, indro, somary manan-kolazaina ihany aho momba ny "vahoakan' i Amôna, izay tany am-piandohana dia Lamanita; nefa noho i Amôna sy ny rahalahiny, na ny marimarina kokoa, noho ny hery sy ny tenin' Andriamandritra, dia efa ^bniova fo ho an' ny Tompo izy; ary efa nentina nidina izy nankany amin' ny tanin' i Zarahemlà, ary hatramin' izay dia efa narovan' ny Nefita.

11 Ary noho ny fianianany dia efa voafatotra izy tsy handray fiadiana hanohitra ny rahalahiny; satria efa nataony ny fianianana mba tsy handatsa-dra "na oviana na oviana intsony; ary araka ny fianianany dia tokony ho efa fongana izy; eny, ho efa

niaretany ny hianjeran' ny tenany teo an-tanan' ny rahalahiny, raha tsy teo ny famindram-po sy ny fitiavana fatratra izay efa nasehon' i Amôna sy ny rahalahiny taminy.

12 Ary noho izany antony izany dia nentina nidina tany an-tanin' i Zarahemlà izy; ary efa "narovan' ny Nefita hatramin' izay.

13 Nefa ny zava-nitranga rehefa hitany ny loza sy ny fahoriana ary ny fahasahiranana maro izay nozakain' ny Nefita noho ny aminy, dia nentanin' ny fangorahana izy ary "niriany ny handray fiadiana ho fiarovana ny taniny.

14 Nefa indro, nony efa saika horaisiny ny fitaovam-piadiany, dia nikoza izy noho ny fandresen-dahatr' i Helamàna sy ny rahalahiny, fa efa saika "horavany ny ^bfianianana izay efa nataony.

15 Ary natahotra i Helamàna fandrao amin' ny fanaovany izany no hahavery ny fanahiny; noho izany ireo rehetra izay efa nanao izany fanekempihavanana izany dia voatery nitazana ireo rahalahiny namakivaky ny fahoriany, tao amin' ny toe-javatra mampidi-doza nisy azy ireo, tamin' izay fotoana izay.

16 Nefa indro, ny zava-nitranga dia nananany ny zanaka lahy maro izay tsy nanao fanekempihavanana ny tsy handray ny fitaovam-piadiany mba hiaro ny tenany amin' ny fahavalony;

10a Almà 27:24–26.

b Almà 23:8–13.

11a Almà 24:17–19.

12a Almà 27:23.

13a Almà 56:7.

14a Nom. 30:2.

b TSM Fianianana.

koa niara-nivory izy ireo tamin' izay fotoana izay, dia ireo rehe-tra izay afaka mandray fiadiana, ary nantsoiny hoe Nefita ny tenany.

17 Ary nataony ny fanekempihavanana fa hiady ho an' ny fahafahan' ny Nefita izy ireo, eny, hiaro ny tany hatrany amin' ny fanolorana ny ainy; eny, nanao fanekempihavanana aza izy ireo fa tsy hahafoy na oviana na oviana ny "fahafahany, fa hiady kosa na inona na inona toejavatra mba hiaro ny Nefita sy ny tenany amin' ny famatorana.

18 Ankehitriny, indro, nisy roa arivo tamin' ireo zatovolahy ireo no nanao izany fanekempihavanana izany sy nandray ny fitaovam-piadiany mba hiaro ny taniny.

19 Ary ankehitriny, indro, satria tsy enta-mavesatra na oviana na oviana ho an' ny Nefita izy ireo hatrizao, ankehitriny dia nanjary andry lehibe kosa izy ireo tamin' ity vanim-potoana ity; fa nalainy ny fitaovam-piadiany ary niriany mba ho i Helamàna no ho mpitondra azy ireo.

20 Ary lehilahy tanora avokoa izy ireo sy sahy fatratra tokoa raha ny "herim-po ary koa ny tanjaka sy ny asa; nefa indro, tsy izay ihany — Lehilahy ^bmarina tamin' ny fotoan-drehetra izy ireo, na inona na inona zavatra nankinina taminy.

21 Eny, lehilahin' ny fahamarinana sy ny fahamatorana izy

ireo, fa efa nampianarina azy ireo ny hitandrina ny didin' Andriamanitra sy "handeha araka ny hitsiny eo anoloany.

22 Ary ankehitriny ny zavaintranga dia nandeha nialoha lalana ny zatovo miaramilany "roa arivo i Helamàna, ho fanohanana ny mponin' ny faritry ny sisin-tany tao atsimo akaikin' ny ranomasina andrefana.

23 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalo amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

TOKO 54

Nifampiraharaha i Amôrôna sy i Môrônia mba hifanakalo sambobelona — Nitaky ny hiesoran' ny Lamanita sy ny hampitsaharany ny fanafihany mahafaty i Môrônia — Nitaky ny hametrahan' ny Nefita ny fiadiany sy ny hahatongavany ho olom-pehezin' ny Lamanita i Amôrôna. Tokony ho 63 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zavaintranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahasivy amby roapolon' ny mpitsara, dia nampaniraka hankany amin' i Môrônia i "Amôrôna, naniry ny hanakalozany sambobelona.

2 Ary ny zavaintranga dia nahatsapa fifaliana izaitsizy tokoa i Môrônia tamin' izany fangatahana izany, fa niriany ny vatsy izay nozaraina ho five-

17a Almà 56:47.
TSM Fahalalaha.
20a TSM Herimpo.

^b TSM Hitsim-po.
21a TSM Mandeha,
Mandeha Miraka

amin' Andriamanitra.
22a Almà 56:3–5.
54 1a Almà 52:3.

loman' ny sambobelona Lamanita mba ho fiveloman' ny olony ihany; ary niriany koa ny olony ihany mba ho fanamafisana ny miaramilany.

3 Ankehitriny dia efa naka vehivavy sy ankizy maro ny Lamanita, ary tsy nisy na vehivavy iray na ankizy iray tamin' ny sambobelon' i Môrônia rehetra, na ny sambobelona izay efa nalain' i Môrônia; koa namolavola tetikady iray i Môrônia mba hahazoana sambobelona Nefita maro araka izay tratra avy tamin' ny Lamanita.

4 Koa nosoratany ny taratasy ary nalefany tamin' ny alalan' ny mpanompon' i Amôrôna izany, dia ilay efa nitondra ny taratasy ho an' i Môrônia ihany. Ankehitriny dia izao no teny izay nosoratany ho an' i Amôrôna, manao hoe:

5 Indro, ry Amôrôna, somary efa nanoratra ho anao ihany aho momba ity ady izay efa novakianao tamin' ny oloko ity, na ny marimarina kokoa izay efa novakian' ny "rahalahinao taminy, ary izay mbola inianao tohizana taorian' ny fahafatesany.

6 Indro, somary mba te hilaza aminao ihany aho ny momba ny "fahamarinan' Andriamanitra sy ny sabatry ny fahatezerany tsitoha, izay mihantona eo amboninao raha tsy mibebaka ianao sy manaisotra ny miaramilanao hankamin' ny taninao ihany, na ny tany zakainao, dia ny tanin' i Nefia.

7 Eny, mba te hilaza aminao ireny zavatra ireny aho raha toa ka afaka mihaino azy ireny ianao; eny, mba te hilaza aminao aho ny momba ity "helo mahatsiravina ity izay miandry mba handray ny ^bmpamono olona toa anao sy ny rahalahinao, raha tsy mibebaka ianao sy manatsoka ny fikasanao ta hamono ary miverina miaraka amin' ny miaramilanao any amin' ny taninao ihany.

8 Nefa toy ny efa nanipahanao indray mandeha ireny zavatra ireny sy efa niadianao tamin' ny vahoakan' ny Tompo, dia toy izany no ahazoako manampo ny hanaovanao izany indray.

9 Ary ankehitriny, indro, mio-mana izahay ny handray anareo; eny, ary raha tsy manatsoka ny fikasanareo ianareo, dia indro, hampidininareo eo aminareo ny fahatezeran' Ilay Andriamanitra izay efa notsi-pahinareo, na dia hatrany amin' ny famongorana tanteraka anareo aza izany.

10 Nefa, raha velona koa ny Tompo, dia hosovohan' ny miaramilanay ianareo raha tsy miesotra, ary tsy ho ela dia hovangiana amin' ny fahafatesana ianareo, fa hotananay ny tanananay sy ny taninay; eny, ary hohazoninay ny fivavahanay sy ny foto-kevity ny Andriamanitra.

11 Nefa indro, heveriko fa zava-poana ny iresahako aminao ny momba ireny zavatra

5a Almà 48:1.
6a TSM Fahamarinana.

7a TSM Helo.
b Almà 47:18, 22-24.

TSM Famonoan'
Olona.

ireny; na heveriko fa “zanaky ny helo ianao; koa hofaranako ny taratasiko amin’ ny filazana aminao fa tsy hifanakalo sambobelona aho, raha tsy manafaka lehilahy iray sy ny vadiny ary ny zanany ianao, ho an’ ny sambobelona iray; raha izay no fisehoan-javatra ka hanao izany ianao, dia hifanakalo aho.

12 Ary indro, raha tsy manao izany ianao, dia ho avy aho hanohitra anao miaraka amin’ ny miaramilako; eny, hovatsiako fiadiana na dia ny vehivaviko sy ny ankiziko aza, ary dia ho avy aho hanohitra anao ary dia hotanarahiko ianao na dia hatrany amin’ ny taninao aza, dia ny tany “lovanay voalohany; eny, ary izany dia ho ra solon’ ny ra, eny, aina solon’ ny aina; ary izaho dia hamaky ady aminareo na dia ambara-pamongorana anareo eto ambonin’ ny tany aza.

13 Indro, ao amin’ ny fahatezerako aho, ary koa ny oloko; efa nokatsahinareo ny hamono anay, ary ny hany nokatsahinay dia ny hiaro ny tenanay. Nefa indro, raha katsahinareo ny hamongotra anay bebe kokoa, dia hokatsahinay ny hamongotra anareo; eny, ary izahay dia hikatsaka ny taninay, ny tany lovanay voalohany.

14 Ankehitriny dia faranako ny taratasiko. Izaho no Môrônia; izaho no mpitondra ny vahoakan’ ny Nefita.

15 Ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nandray izany

taratasy izany i Amôrôna dia tezitra; ary nanoratra taratasy iray hafa izy ho an’ i Môrônia, ary izao no teny izay nosoratany, manao hoe:

16 Izaho no Amôrôna, mpanjakan’ ny Lamanita; izaho dia rahalahin’ i Amalikià izay efa “novonoinareo. Indro, hamaly ny rany aminareo aho, eny, ary hosovohako miaraka amin’ ny miaramilako ianareo fa tsy atahorako ny fandrahonanareo.

17 Fa indro, nanao hadisoana tamin’ ny rahalahiny ny razanareo, hany ka norobainy taminy ny “zony amin’ ny fitondrana, kanefa azy marina tokoa izany.

18 Ary ankehitriny, indro, raha mametraka ny fiadianareo ianareo sy mifehy ny tenanareo mba hoentiny ireo izay manan-jo tokoa amin’ ny fitondrana, amin’ izany aho dia hanao izay hametrahan’ ny oloko ny fiadiany sy tsy hiadiany intsony.

19 Indro, efa nifofo fandrahona maro tamiko sy ny oloko ianareo; nefa indro, tsy matahotra ny fandrahonanareo izahay.

20 Na dia eo aza izany dia hotoviko amim-pifaliana tokoa ny hifanakalo sambobelona araka ny fangatahinao mba hahazoaoko mitsimbina ny hanina ho an’ ny lehilahiko an’ ady; ary izahay dia hamaky ady izay ho mandrakizay, na ho fampanoavana ny Nefita amin’ ny fahefanay, na ho famongorana azy mandrakizay.

21 Ary ny momba Ilay Andriamanitra izay lazainao fa efa

notsipahanay, dia indro, tsy mahafantatra fisiana toy izany izahay; na ianareo koa; nefa raha toa ka misy ny fisiana toy izany, izahay dia tsy mahafantatra afa-tsy ny hoe Izy no efa nanao anay sy ianareo koa.

22 Ary raha toa ka misy ny devoly sy ny helo, indro, moa va izy tsy handefa anareo any mba hiara-mitoetra amin' ny rahalahiko izay efa novonoinareo, izay tombananao fa efa lasa any amin' ny toerana toy izany? Nefa indro ireny zavatra ireny dia tsy manan-danja.

23 Izaho no Amôrôna, tamin' an' i Zôrama izay noteren' ny razanareo ka nentiny niala an' i Jerosalema.

24 Ary indro ankehitriny, izaho dia Lamanita mavany; indro, izao ady izao no efa novakiana dia ny hamaliana faty ny hadisoana taminy sy ny hitanana ary ny hahazoana ny zony amin' ny fitondrana; ary faranako ny taratasiko ho an' i Môrônia.

TOKO 55

Nandà ny hifanakalo sambobelona i Môrônia — Nambosiana ho tonga mamo ny mpiambina Lamanita, ary nafahana ny babo Nefita — Nalaina tsy nisy ra latsaka ny tanànan' i Gida. Tokony ho 63–62 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga, rehefa avy nandray izany taratasy izany i Môrônia dia vao

mainka tezitra, satria fantany fa i Amôrôna dia nanana fahalalana tanteraka ny amin' ny "famitahany; eny, fantany fa Amôrôna dia nahalala fa tsy marina ny foto-kevitra izay efa nahatonga azy hamaky ady tamin' ny vahoakan' i Nefia.

2 Ary hoy izy: Indro, tsy hifanakalo babo amin' i Amôrôna aho raha tsy manatsoaka ny fikasany izy, toy izay efa nola-zaiko tao amin' ny taratasiko; fa tsy hotoviko aminy ny hananany hery mihoatra noho izay efa ananany.

3 Indro, fantatro ny toerana izay iambenan' ny Lamanita ny oloko izay efa nalainy sambobelona; ary satria tsy hotovin' i Amôrôna amiko araka ny taratasiko, dia indro, homeko azy araka ny teniko; eny, izaho dia hikatsaka fahafatesana eo anivony ambara-piangaviany fandriampahalemana.

4 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nilaza ireo teny ireo i Môrônia, dia nataony izay hampanaovana fikarohana tany anivon' ny olony, fa angamba izy mba mety hahita any anivony lehilahy iray izay tamin' i Lamàna.

5 Ary ny zava-nitranga dia nahita anankiray izy ireo, izay i Lamàna no anarany; ary izy dia "anankiray tamin' ny mpanompon' ny mpanjaka izay novonoin' i Amalikià.

6 Ankehitriny dia nasain' i Môrônia nandeha i Lamàna sy ny vitsivitsy tamin' ny olony

nankany amin' ny mpiambina izay niandry ny Nefita.

7 Ankehitriny ny Nefita dia nambenana tao an-tanànan' i Gida; koa notendren' i Môrônia i Lamàna ary nasainy nandeha ny vitsivitsy tamin' ny olony hiaraka aminy.

8 Ary nony hariva dia nandeha i Lamàna nankany amin' ny mpiambina izay niandry ny Nefita, ary indro, hitany izy tamy ary nantsoiny; nefa hoy izy tamin' ny: Aza matahotra; indro, izaho dia Lamanita. Indro, efa nitsoaka niala ny Nefita izahay, ary matory izy ireo; ary indro, efa nakanay tamin' ny divainy sy nitondranay niaraka taminay.

9 Ankehitriny, nony nandre ireo teny ireo ny Lamanita dia nandray azy tamim-pifaliana; ary hoy ireo tamin' ny: Omeo amin' ny divainao izahay, mba hahazoanay misotro; faly izahay fa efa nangalanao divay toy izany niaraka taminao fa reraka izahay.

10 Nefa hoy i Lamàna tamin' ny: Aoka hitahiray amin' ny divaintsika isika ambara-pandehanan-tsika miady amin' ny Nefita. Nefa izany filaza izany dia tsy nanao afa-tsy ny nanome azy ireo faniriana bebe kokoa ny hisotro amin' ny divay;

11 Fa hoy ireo: Izahay dia reraka, noho izany dia aoka izahay haka amin' ny divay, ary raha afaka kelikely dia handray ny divay anjaranay izahay, izay hampahatanjaka anay mba handehananay miady amin' ny Nefita.

12 Ary hoy i Lamàna tamin' ny: Mahazo manao araka ny fanirianareo ianareo.

13 Ary ny zava-nitranga dia naka malalaka tamin' ny divay tokoa izy ireo; ary nahafinaritra azy ireo ny tsirony, noho izany dia naka malalaka tamin' izany tokoa izy ireo; ary nahery izany, azon' ny nomanina tao amin' ny heriny.

14 Ary ny zava-nitranga dia nisotro izy ireo ary ravo, ary nony afaka kelikely dia mamo avokoa izy ireo.

15 Ary ankehitriny nony hitan' i Lamàna sy ny olony fa mamo avokoa izy ireo, ary ao anatin' ny torimasalo lalina, dia niverina tany amin' i Môrônia izy sy niteny tamin' ny zava-drehetra izay efa nitranga.

16 Ary ankehitriny izany dia araka ny fikasan' i Môrônia. Ary efa nanomana ny olony niaraka tamin' ny fitaovam-piadiana i Môrônia; ary nandeha nankany an-tanànan' i Gida izy, raha mbola tao anatin' ny torimasalo lalina sy mamo ny Lamanita, ary nanipy fitaovam-piadiana ho an' ny sambobelona, hany ka voavatsy fiadiana avokoa izy ireo;

17 Òny, na dia ho an' ny vehivaviny aza sy ireo rehetra tamin' ny zanany, izay afaka mampiasa fitaovam-piadiana, dia novatsian' i Môrônia fiadiana ireo sambobelona rehetra ireo; ary ireo zava-drehetra ireo dia natao tao anatin' ny fahanginana lalina.

18 Nefa raha toa aza ka nofohaziny ny Lamanita, indro izy ireo dia mamo, ary dia ho afaka namono azy ireo ny Nefita.

19 Nefa indro, tsy izany no fanirian' i Môrônia; izy dia tsy nifaly tamin' ny famonoana na "fandatsahan-dra, fa nifaly kosa tamin' ny famonjena ny olony tamin' ny famongorana; ary ny antony dia ny mba tsy hahazoany mitondra tsy fahamarihana eo aminy, fa tsy tiany ny hisovoka ny Lamanita ka hamongotra azy ireo ao amin' ny fahamamoany.

20 Satria efa azony ny niriany; fa efa novatsiany fiadiana ireo sambobelona tamin' ny Nefita izay tatỳ anatin' ny mandan' ny tanàna izy, ary efa nomeny hery izy ireo mba handraisany ny fizakana ireo ampahany izay tatỳ anatin' ny manda ireo.

21 Ary tamin' izay dia nasainy nisintona indray mandingana niala teo amin' izy ireo ny lehilahy izay niaraka taminy sy nanemitra manodidina ny miaramilan' ny Lamanita.

22 Ankehitriny indro izany dia vita nandritra ny alina, hany ka nony nifoha ny Lamanita tamin' ny maraina, dia hitany fa efa voahodidin' ny Nefita tatỳ ivelany izy ireo, ary ny sambobelony dia nirongo fiadiana tatỳ anatiny.

23 Ary dia toy izany no nahitany fa nanana fahefana taminy ny Nefita; ary tamin' izao fisehoan-javatra izao no nahitany fa tsy tsara ny hiadiany amin' ny Nefita; koa notakian' ny lohan' ny kapiteniny ny fitaovam-piadiany, ary nentiny izany sy natsipiny teo an-tongotry

ny Nefita, hitalahoany famindram-po.

24 Ankehitriny, indro, izany no fanirian' i Môrônia. Nalainy ho babo an' ady izy ireo ka noraisiny ny fizakana ny tanàna, ary nataony izay hanafahana ny sambobelona rehetra, izay Nefita; ary ireo dia nikambana tamin' ny miaramilan' i Môrônia, ary nanjary hery lehibe ho an' ny miaramilany.

25 Ary ny zava-nitranga dia nasainy nanomboka ny "asa ho fanamafisana ny toera-mimanda manodidina ny tanànan' i Gida ny Lamanita izay efa nalainy sambobelona.

26 Ary ny zava-nitranga, nony efa nanamafy ny tanànan' i Gida izy araka ny faniriany, dia nataony izay hitondrana ny sambobelony any an-tanànan' i Soafeno; ary nampiambenany koa niaraka tamin' ny tanjaka mahery izaitsizy tokoa izany tanàna izany.

27 Ary ny zava-nitranga, na dia teo avokoa aza ny fiokoan' ny Lamanita, dia nitsimbina sy niaro ny sambobelona rehetra izay efa nalainy izy ireo ary koa nitana ny tany sy ny tombontsoa rehetra izay efa azony indray.

28 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka ho nandresy indray ny Nefita, ary naha-tafoverina indray ny zony sy ny tombontsoany.

29 Imbetsaka ny Lamanita no nanandrana nanemitra azy manodidina tamin' ny alina, nefa tamin' ireny andrana ireny

dia nahaverezana sambobelona maro izy ireo.

30 Ary imbetsaka izy ireo no nanandrana nampisotro ny Nefita tamin' ny divainy mba hahazoany mamongotra azy amin' ny poizina na amin' ny fahamamoana.

31 Nefa indro, tsy nitaredretra tamin' ny "fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny ny Nefita tamin' izany fotoam-pahoriana izany. Tsy nety ho azo tao amin' ny fandrika izy; eny, tsy nety nisotro tamin' ny divainy izy raha tsy efa nanome mialoha ny sasany tamin' ny babo Lamanita.

32 Ary dia malina toy izany izy mba tsy hanomezana poizina any anivony; fa raha manapoizina Lamanita ny divainy, dia hanapoizina Nefita koa izany; ary dia toy izany no nanandramany ny toakany rehetra.

33 Ary ankehitriny ny zavaintranga dia nilain' i Môrônia ny manao fiomanana mba hanafika ny tanànan' i Môriantôna; fa indro, ny Lamanita dia efa nanamafy tamin' ny asany ny tanànan' i Môriantôna, ambarapahatongan' izany ho toeram-pamaharana izaitsizy.

34 Ary nitondra hery vao lalandava izy ireo nankao amin' izany tanàna izany, ary koa famatsiana vao.

35 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahasivy amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

TOKO 56

Nandefa taratasy ho an' i Môrônia i Helamàna, nitantara ny toetoetry ny ady tamin' ny Lamanita — Nahazo fandresena lehibe tamin' ny Lamanita i Antipo sy i Helamàna — Niady niaraka tamin' ny hery mahagaga ny zatovolahin' i Helamàna roa arivo, ary tsy nisy maty taminy. Andininy 1, tokony ho 62 talohan' i J.K.; andininy 2–19, tokony ho 66 talohan' i J.K.; ary andininy 20–57, tokony ho 65–64 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga tamin' ny fiandohan' ny taona fahatelo-polon' ny fitondran' ny mpitsara, tamin' ny andro faharoa tamin' ny volana voalohany, dia nandray taratasy avy tamin' i Helamàna i Môrônia, milazalaza ny toe-draharahan' ny vahoaka tamin' izany faritry ny tany izany.

2 Ary izao no teny izay nosoratany, manao hoe: Ry Môrônia rahalahiko malala tiana tokoa ao amin' ny Tompo ary koa ao amin' ny fijalian' ny adintsika; indro, ry rahalahiko malala, somary manan-kolazaina aminao ihany aho, momba ny adintsika ao amin' ity faritry ny tany ity.

3 Indro, "roa arivo tamin' ny zanakalahin' ny vahoaka izay nentin' i Amôna nidina avy tany an-tanin' i Nefia — ankehitriny dia efa fantatrao fa tamingan' i Lamàna izay lahimatoan' i Lehia raintsika izy ireo;

4 Ankehitriny dia tsy ilaiko ny mitantara aminao ny momba ny fomba-drazany na ny tsy finoany, satria fantatrao ny momba ireo zavatra rehetra ireo —

5 Koa ampy ho ahy ny ilazako aminao fa roa arivo tamin' ireo zatovolahy ireo no efa nandray ny fitaovam-piadiany sy naniry ahy mba ho mpitondra azy ireo; ary efa lasana izahay hiaro ny tanintsika.

6 Ary ankehitriny dia fantatrao koa ny momba ny "fanekempihavanana izay nataon' ny rainy, dia ny tsy handraisany fitaovam-piadiany hanohitra ny rahalahiny ka handatsa-dra.

7 Nefa tamin' ny taona fahenina amby roapolo, nony hitany ny fahoriantika sy ny fijalian-tsika noho ny aminy, dia efa saika "horavany ny fanekempihavanana izay efa nataony, ka horeaisiny ny fitaovam-piadiany ho fiarovana antsika.

8 Nefa izaho dia tsy te hamela azy ireo mba handravany izany fanekempihavanana izay efa nataony izany, noho ny fiheverana fa hanatanjaka antsika Andriamanitra, hany ka tsy hijaly bebe kokoa isika noho ny fahatanterahan' ny fianianana izay efa nataony.

9 Nefa indro, ity misy zavatra iray izay mety ananantsika fifaliana lehibe. Fa indro, tamin' ny taona fahenina amby roapolo, izaho Helamàna dia nandeha nialoha lalana ireo zatovolahy roa arivo ireo nankany an-tanànan' i Jodeà mba hanampy an' i

Antipo izay efa notendrenao ho mpitondra ny vahoakan' izany faritry ny tany izany.

10 Ary izaho dia nanambatra ny zanako roa arivo lahy (fa izy ireo dia mendrika ny antsoina hoe zanakalahy) tamin' ny miaramilan' i Antipo, dia hery izay nampifaly an' i Antipo izaitsizy tokoa; fa indro, efa nahenan' ny Lamanita ny miaramilany satria efa novonoin' ny tafiny ny maro an' isa tamin' ny olontsika, izay mahatonga antsika tsy maintsy hisaona.

11 Na dia teo aza izany, dia mahazo mampionona ny tenantsika isika amin' izay foto-kevitra izay, fa efa maty izy ireo ho fiarovana ny taniny sy ny Andriamaniny, eny, ary "sambatra izy ireo.

12 Ary efa notanan' ny Lamanita koa ny sambobelona maro izay lohan' ny kapiteny avokoa, satria tsy mba notsimbininy ho velona ny hafa. Ary heverintsika fa ankehitriny, amin' izao fotoana izao, dia any an-tanin' i Nefia izy ireny; izany no izy raha toa ka tsy voavono izy ireny.

13 Ary ankehitriny dia ireto no tanàna izay efa azon' ny Lamanita ny fizakana izany tamin' ny fandatsahana ny ran' ny maro tokoa tamin' ny lehilahy maherintsika:

14 Ny tanin' i Mantia, na ny tanànan' i Mantia, sy ny tanànan' i Zezrôma ary ny tanànan' i Komenia sy ny tanànan' i Antiparà.

15 Ary ireo no tanàna izay

nozakainy raha tonga tao antanànan' i Jodeà aho; ary nahita an' i Antipo sy ny olony aho nilofo tamin' ny heriny mba hanamafy ny tanàna.

16 Eny, ary reraka izy ireo na ara-batana na koa ara-tsaina, satria efa niady tamin-kerim-po tokoa izy ireo nony antoandro ary nilofo nony alina mba hitana ny tanànanany; ary dia toy izany no efa niaretany fahoriana lehibe isan-karazany.

17 Ary ankehitriny dia tapa-kevitra izy ireo na handresy eo amin' izany toerana izany na ho faty; koa azonao an-tsaina tsara fa ity tafika kely ity izay nentiko niaraka tamiko, eny, ireo zanako lahy ireo, dia nanome azy ireo fanantenana lehibe sy fifaliana fatratra.

18 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa nahita ny Lamanita fa efa nandray tanjaka bebe kokoa ho an' ny miaramilany i Antipo, dia voatery izy, noho ny baikon' i Amôrôna, ny tsy hamaky ady amin' ny tanànan' i Jodeà na aminay.

19 Ary dia toy izany no nankasitrahan' ny Tompo anay fa raha notafihiny tao amin' ny fahalemenay izahay, dia angamba mety ho efa nofongorany ny tafika kelinay; nefa dia toy izany no efa nitsimbinana anay.

20 Nobaikoan' i Amôrôna izy mba hitanany ny tanàna izay efa azony. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahenina amby roapolo. Ary tamin' ny fiandohan' ny taona fahafito amby roapolo dia efa nanomana

ny tanànanay sy ny tenanay ho amin' ny fiarovana izahay.

21 Ankehitriny dia naniry izahay ny hanafihan' ny Lamanita anay; fa izahay dia tsy naniry ny hanao fanafihana azy any amin' ny toeram-pamaharany.

22 Ary ny zava-nitranga dia nandefa mpitsikilo manodidina izahay, hitily ny fihetsiky ny Lamanita mba tsy hahazoany mandalo anay amin' ny alina na amin' ny antoandro, hanao fanafihana ny tanànanay izay ao andafiavaratra.

23 Satria fantatray fa ry zareo tao amin' ireo tanàna ireo dia tsy ampy hery firy hifanandrina aminy; koa naniry izahay, raha mandalo eto akaikinay izy, ny hanafika azy ao amin' ny vodilaharany, ary dia toy izany no hanapenan-dalana azy ao amin' ny vodilaharana, miaraka amin' izay koa no hitsenana azy ao amin' ny lohalaharana. Nihevitra izahay fa ho afaka mandresy azy; nefa indro, diso fanantenana izahay tao amin' izany fanirianay izany.

24 Tsy sahiny ny nandalo anay niaraka tamin' ny miaramilany rehetra, no tsy sahiny ny niaraka tamin' ny ampahany, fandrao tsy ho ampy hery firy izy ireo, ary ho lavo.

25 Sady tsy sahiny ny nandeha nidina hanohitra ny tanànan' i Zarahemlà; no tsy sahiny ny nita ny lohan' i Sidôna hankany an-tanànan' i Nefihà.

26 Ary dia toy izany no naha-tapa-kevitra azy, niaraka tamin' ny tafiny, hitana ireo tanàna izay efa azony ireo.

27 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny volana faharoan' ny taona, dia nisy vatsy maro avy tany amin' ny rain' ireo zanako lahy roa arivo ireo nentina nankatỳ aminay.

28 Ary nisy koa roa arivo lahy nalefa tatỳ aminay avy tany an-tanin' i Zarahemlà. Ary dia toy izany no efa niomananay niaraka tamin' ny iray alina lahy sy ny vatsy ho azy ireo ary ho an' ny vady aman-janany koa.

29 Ary ny Lamanita, rehefa nahita ny tafikay nitombo isan' andro toy izany sy ny vatsy tonga ho fanohanana anay, dia nanomboka ho feno tahotra sy nanomboka nisovoka an-tselika mba hampitsahatra araka izay azo atao ny fandraisanay vatsy sy hery.

30 Ankehitriny, nony hitanay fa nanomboka ho tsy tafandry mandry toy izany ny Lamanita, dia naniry izahay ny hampiasa tetik' ady aminy; koa nodidian' i Antipo ny handehanako miaraka amin' ny zanako hankamin' ny tanàna akaiky, miova tsy ny hitondra vatsy ho an' ilay tanàna akaiky.

31 Ary tokony handalo eo akaikin' ny tanànan' i Antiparà izahay, toy ny handeha any amin' ny tanàna ambadika, any amin' ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina.

32 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izahay, toy ny miaraka amin' ny vatsinay, hankamin' izany tanàna izany.

33 Ary ny zava-nitranga dia nandeha i Antipo niaraka tamin' ny ampahan' ny miaramilany,

rehefa namela ny sisa hitana ny tanàna. Nefa tsy nandeha izy raha tsy efa lasana aho niaraka tamin' ny tafika keliko sy tonga tao akaikin' ny tanànan' i Antiparà.

34 Ary ankehitriny, dia tao antanànan' i Antiparà no nitoby ny mahery indrindra tamin' ny miaramilan' ny Lamanita; eny, ny maro an' isa indrindra.

35 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nampahalalain' ny mpi-tsikilony izy, dia nivoaka niaraka tamin' ny miaramilany ary nandeha hifanandrina aminay.

36 Ary ny zava-nitranga dia nandositra teo anoloany izahay nianavaratra. Ary dia toy izany no nitarihinay ny mahery indrindra tamin' ny miaramilan' ny Lamanita hanalavitra;

37 Eny, na dia hatrany amin' ny halavirana be aza, hany ka nony hitany ny miaramilan' i Antipo nanenjika azy, tamin' ny heriny, dia tsy nihodina tany an-kavanana na tany an-kavia izy, fa nanohy ny diany kosa, nizotra mahitsy nanaraka anay; ary, araka ny fihevitrany dia fikasany ny hamono anay mialohan' ny hanatranan' i Antipo azy, ary izany dia ny tsy hahatonga azy ho voatemitry ny olontsika.

38 Ary ankehitriny i Antipo, rehefa nahatazana ny loza teo aminay, dia nanafaingana ny dian' ny miaramilany. Nefa indro, alina ny andro; koa tsy nahatratra anay izy ireo, sady tsy nahatratra azy ireo koa i Antipo; koa nilasy izahay noho ny alina.

39 Ary ny zava-nitranga, talo-

han' ny mangiran-dratsin' ny maraina, dia indro nanenjika anay ny Lamanita. Ankehitriny dia tsy ampy hery firy izahay hanohitra azy; eny, izaho dia tsy te hamela ny zanako lahy kely hianjera eo an-tanany; koa nanohy ny dianay izahay ary nandeha nankany an-tany foana.

40 Ankehitriny dia tsy sahiny ny nihodina tany an-kavanana na tany an-kavia fandrao ho voatemitra; izaho koa dia tsy te hihodina any an-kavanana na any an-kavia, fandrao hahatratra ahy izy, ary tsy hahatohitra azy izahay fa ho voavono kosa, ary dia hitsoaka izy; ary dia toy izany no nandosiranay ny manontolo andro nankany antany foana, mandra-pahamainina ny andro.

41 Ary ny zava-nitranga indray, nony tonga ny hazavan' ny maraina, dia nahita ny Lamanita mby eo aminay izahay ary nandositra teo anoloany izahay.

42 Nefa ny zava-nitranga dia tsy nanenjika anay lavitra izy talohan' ny nijanonany; ary izany dia tamin' ny marainan' ny andro fahatelon' ny volana fahafito.

43 Ary ankehitriny, raha toa izy ka tratran' i Antipo, dia tsy fantatray, saingy hoy aho tamin' ny oloko: Indro, tsy fantatsika raha efa nijanona izy, satria ny kendrena dia ny hahatongavantsika hanohitra azy mba hahazoany misambotra antsika ao amin' ny fandriny;

44 Noho izany, inona no lazai-

nareo, anaka, moa va ianareo handeha hiady aminy?

45 Ary ankehitriny lazaiko aminao ry Môrônia rahalahiko malala, fa na oviana na oviana dia tsy nahita "herim-po lehibe toy izany aho, tsia, tsy teo anivon' ny Nefita rehetra.

46 Fa toy ny efa niantsoako azy ireo hoe zanako lahy (fa izy rehetra dia tena tanora) dia toy izany no nilazany tamiko hoe: Ikaky ô, indro, ny Andriamanitsika dia miaraka amintsika, ary tsy hamela antsika ho lavo Izy; aoka isika handeha amin' izany; tsy hamono ny rahalahintsika isika raha tsy maninona antsika izy; noho izany dia aoka isika handeha, fandrao dia ho resiny ny miaramilan' i Antipo.

47 Ankehitriny dia tsy mbola niady mihitsy izy ireo, kanefa tsy natahorany ny fahafatesana; ary nihevitra ny amin' ny "fahafahan' ny rainy mihoatra noho ny niheverany ny ainy izy ireo; eny, efa nampianarin' ny ^breniny izy ireo fa raha tsy miroanahana izy ireo, dia Andriamanitra no hanafaka azy ireo.

48 Ary naveriny tamiko ny tenin' ny reniny manao hoe: Tsy miroanahana izahay, nahafantatra izany ny reninay.

49 Ary ny zava-nitranga dia niverina aho niaraka tamin' ny roa arivoko hanohitra ireo Lamanita izay efa nanenjika anay ireo. Ary ankehitriny, indro, efa nahatratra azy ny miaramilan' i Antipo, ary ady mahatsiravina no efa niantomboka.

50 Ny miaramilan' i Antipo, izay reraka noho ny dia lavitra tao anatin' ny fotoana fohy tokoa, dia efa akaiky ho lavo teo an-tanan' ny Lamanita; ary raha tsy niverina niaraka tamin' ny roa arivoko aho, dia ho efa azony izay niriany.

51 Fa efa lavo tamin-tsabatra i Antipo sy ny maro tamin' ny mpitondra, noho ny harerahany izay nateraky ny hafainganan' ny diany—koa ny olon' i Antipo, rehefa nisavoritaka noho ny fahalavoan' ny mpitondra azy, dia nanomboka niko teo anoloan' ny Lamanita.

52 Ary ny zava-nitranga dia nahazo hery ny Lamanita sy nanomboka nanenjika azy; ary dia toy izany no nanenjehin' ny Lamanita azy tamim-pahavitrihina be, raha nanafika ny vodilaharany i Helamàna niaraka tamin' ny roa arivony sy nanomboka nandripaka azy izaitsizy tokoa, hany ka ny miaramila Lamanita manontolo no nijanona sy niatrika an' i Helamàna.

53 Ankehitriny nony nahita ny olon' i Antipo fa efa niverina ilalana ny Lamanita dia novoriany miaraka ny olony ary notafiany indray ny vodilaharan' ny Lamanita.

54 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia izahay, vahoakan' i Nefia, vahoakan' i Antipo sy izaho niaraka tamin' ny roa arivoko, no nanemitra manodidina ny Lamanita sy nandripa-

ka azy; eny, hany ka voatery izy nanolotra ny fitaovam-piadiany ary koa ny tenany ho toy ny babo an' ady.

55 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nitolo-batana taminay izy, dia indro, nisaiko ireo zatovolahy ireo izay efa niady niaraka tamiko, noho ny fahatahorana fandrao nisy maro taminy no voavono.

56 Nefa indro, akory ny halehiben' ny fifaliako, "tsy nisy na dia iray aza taminy no lavo tamin' ny tany; eny, ary efa niady miova tsy ny niaraka tamin' ny herin' Andriamantitra izy ireo; eny, na oviana na oviana dia tsy nisy olona fantatra ho efa niady niaraka tamin' ny hery mahagaga toy izany; ary niaraka tamin' ny hery mahagaga toy izany no nianjerany tamin' ny Lamanita, ka nampitahorany azy; ary noho izany antony izany no nanoloran' ny Lamanita ny tenany ho toy ny babo an' ady.

57 Ary satria izahay tsy nanana toerana ho an' ny babonay, izay nahafahanay niambina azy ireny mba hitana azy ireny lavitra ny miaramilan' ny Lamanita, dia nalefanay tany an-tanin' i Zarahemlà izy ireny, ary niaraka taminy ny ampahany tamin' ireo lehilahin' i Antipo izay tsy voavono; ary ny sisa dia nalaiko ary nakambako tamin' ny "Amônita zatovoko, ary nandeha niverina nankany an-tanànan' i Jodeà izahay.

TOKO 57

Nitantara ny nahazoana an' i Antiparà sy ny filavoan-defona ary tato aorian' ny fiarovana an' i Komenia i Helamàna—Niady tamin-kerim-po tokoa ny Amônita zatovony; naratra avokoa izy ireo nefa tsy nisy maty—Nitatitra ny fandripahana sy ny fandosiran' ny babo Lamanita i Gida. Tokony ho 63 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia nandray taratasy avy tamin' i Amôrôna mpanjaka aho, milaza fa raha manafaka ireo babo an' ady izay efa nalainay aho, dia hatolony anay ny tanànan' i Antiparà.

2 Nefa nandefa taratasy ho an' ny mpanjaka aho satria matoky izahay, fa ny tafikay dia ampy hakana ny tanànan' i Antiparà amin-kery; ary ny fanafahana babo ho takalon' izany tanàna izany dia hieveranay ny tenanay ho tsy hendry, satria tsy hanafaka ny babonay izahay raha tsy amin' ny fifanakalozana.

3 Ary nolavin' i Amôrôna ny taratasiko, fa tsy te hifanakalo babo izy; koa nanomboka nanao fiomanana izahay mba handeha hanohitra ny tanànan' i Antiparà.

4 Nefa nandao ny tanàna ny vahoakan' i Antiparà ary nandositra nankany amin' ny tanàna hafa, izay nananany fizakana, mba hanamafy azy ireny; ary dia toy izany no nianjeran'

ny tanànan' i Antiparà teo antànanay.

5 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalo amby roapolon' ny fitondran' ny mpitsara.

6 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahasivy amby roapolo, dia nandray famatsiana izahay ary koa fanampiny ho an' ny miaramilanay, avy tany an-tanin' i Zarahemlà sy avy tamin' ny tany manodidina, miisa ho enina arivo lahy, ankoatra ny enimpolo tamin' ny "zanakalahin' ny Amônita izay efa tonga mba hikambana amin' ny rahalahiny, ny tafika keliko roa arivo. Ary ankehitriny, indro, izahay dia nahery, eny, ary nanananay koa ny vatsy sesehena nentina ho anay.

7 Ary ny zava-nitranga dia fanirianay ny hamaky ady amin' ny miaramila izay napetraka mba hiaro ny tanànan' i Komenia.

8 Ary ankehitriny, indro, hasehoko anao fa tsy ela dia notanterahinay ny fanirianay; eny, niaraka tamin' ny tafikay matanjaka, na niaraka tamin' ny ampahan' ny tafikay matanjaka izahay ary nanemitra manodidina ny tanànan' i Komenia tamin' ny alina, kely foana talohan' ny tokony handraisany famatsiana.

9 Ary ny zava-nitranga dia nilasy manodidina ny tanàna izahay, nandritra ny alina maro; saingy natory teo amin' ny sabatray izahay ary nametraka mpiambina izay tsy nahafahan'

ny Lamanita nisovoka sy nandripaka anay nony alina, izay nandramany imbetsaka; saingy arakaraka ny nanandramany izany imbetsaka no nilatsahan' ny rany.

10 Rehefa ela dia tonga ny vatsiny, ary efa handeha hiditra ny tanàna amin' ny alina izy ireo. Ary izahay, raha tokony ho Lamanita, dia Nefita; noho izany dia nalainay izy ireo sy ny vatsiny.

11 Ary na dia teo aza ny nahatapaka ny fanohanana ho an' ny Lamanita araka izany fomba izany, dia mbola tapa-kevitra izy ireo ny hitana ny tanàna; noho izany dia nanjary nilaina ny hakanay ireo vatsy ireo sy ny handefasanay ireo any Jodeà, ary ny babonay any an-tanin' i Zarahemlà.

12 Ary ny zava-nitranga dia tsy firy ny andro efa lasana talohan' ny nanombohan' ny Lamanita ho very fanantenana famonjena; koa natolony ho eo an-tanany ny tanàna; ary dia toy izany no efa nahatontosanay ny fikasanay tamin' ny nahazoana ny tanànan' i Komenia.

13 Nefa ny zava-nitranga dia maro loatra ny babonay, ka na dia teo aza ny fahabetsahan' ny isanay, dia voatery izahay hampiasa ny herinay rehetra mba hitana azy ireo, na hamono azy ireo ho faty.

14 Fa indro, nitsoaka nanao rodobe izy ireo ary niady tamin' ny vato sy ny kibay, na rehefa mety ho zavatra azony raisina an-tanana, hany ka nahafaty mihoatra ny roa arivo taminy

izahay taorian' ny efa nitolorany tena ho babo an' ady.

15 Noho izany dia nilainay ny hanaperanay ny ainy, na ny hiambenanay azy ireo, tamin' ny fitanana sabatra, midina any an-tanin' i Zarahemlà; ary ny vatsinay koa dia zara raha ampy ho an' ny olonay ihany, na dia teo aza izay efa nalainay tamin' ny Lamanita.

16 Ary ankehitriny, tamin' ireny fotoan-tsarotra ireny, dia nanjary raharaha tena nanahirana ny manapaka ny momba ireo babo an' ady ireo; na dia teo aza izany dia notapahinay ny handefa azy ireo midina any an-tanin' i Zarahemlà; koa nifantina ampahany tamin' ny olonay izahay ary nanome azy ireo ny fiadidiana ny babonay hidina any an-tanin' i Zarahemlà.

17 Nefa ny zava-nitranga nony ampitso dia niverina izy ireo. Ary ankehitriny, indro, tsy nanadina azy ireo momba ny babo izahay; satria indro, efa teo aminay ny Lamanita, ary niverina ara-potoana izy ireo mba hamonjy anay tsy hianjera eo an-tanany. Fa indro efa nalefan' i Amôrôna, ho fanohanana azy ireo, ny famatsiana vaovao ary koa vata-miaramila sesehena.

18 Ary ny zava-nitranga, dia tonga ara-potoana mba hisakana azy ireo ny olona izay nalefanay niaraka tamin' ny babo, satria efa saika resiny izahay.

19 Nefa indro, ny tafika keliko enimpolo sy roa arivo dia niady tamin' ny fara-heriny tokoa; eny, nahery izy teo anoloan' ny Lamanita sy nampitondra fa-

hafatesana tamin' ireo rehetra izay nanohitra azy.

20 Ary raha saika niko teo anoloan' ny Lamanita ny miaramilanay sisa, dia indro, ireo enimpolo sy roa arivo ireo dia nahery sy tsy nilefitra.

21 Eny, ary nankatoaviny sy noezahany ny hanatontosa ny teny tsirairain' ny fibaikoana tamin' ny antsipiriany; eny, ary dia efa natao taminy araka ny finoany; ary izaho dia nahatsiaro ny teny izay nolazainy tamiko fa efa nampianarin' ny "reniny azy.

22 Ary ankehitriny, indro, noho ireo zanako lahy ireo sy ireo olona ireo izay efa nofantenana mba hanatitra ny babo, no nahazoanay izao fandresena lehibe izao; fa ireo no nandresy ny Lamanita; koa voatosika izy hiverina any an-tanànan' i Mantia.

23 Ary izahay dia nitana an' i Komenia tanànanay, ary tsy voaringana tamin-tsabatra izahay; kanefa, efa tojo famoizana be izahay.

24 Ary ny zava-nitranga, taorian' ny nandosiran' ny Lamanita, dia nomeko avy hatrany ny baiko hanalana ny oloko izay efa naratra teo anivon' ny maty ary nasaiko notsaboina ny ratrany.

25 Ary ny zava-nitranga dia nisy roanjato tamin' ny enimpolo sy roa arivoko no efa safotra noho ny fahaverezan-dra; kanefa, araka ny hatsaram-pon' Andriamanitra, ary fahagagana

lehibe ho anay erỳ, ary koa fifalian' ny miaramilanay iray manontolo, fa "tsy nisy na dia iray aza taminy maty; eny, ary tsy nisy koa na dia iray aza teo anivony izay tsy nahazo ratra maro.

26 Ary ankehitriny, ny fitsimbinana azy ireo dia fahagagana ho an' ny miaramilanay iray manontolo, eny, satria efa no-tsimbinina izy ireo raha nisy an' arivony tamin' ny rahalahinay kosa no voavono. Ary tombananay marina tokoa izany ho avy amin' ny "hery mahagagan' Andriamanitra, noho ny ^bfinoany fatratra izay efa nampianarina azy ireo mba hino—fa nisy Andriamanitra marina, ary na zovy na zovy no tsy niroanahana dia hotsimbinin' ny heriny mahatalanjona.

27 Ankehitriny dia izany no finoan' ireo izay efa noresahiko ireo; tanora izy ireo ary mitombina ny sainy, ary apetrany lalandava amin' Andriamanitra ny fitokiany.

28 Ary ankehitriny ny zava-nitranga taorian' ny efa nikarakaranay toy izany ny lehilahinay maratra sy efa nandevenanay ny maty taminay ary koa ny maty tamin' ny Lamanita izay maro, dia indro, nanadina an' i Gida izahay ny momba ny babo izay efa natombok' izy ireo ny fampidinana azy ireny miaraka tany an-tanin' i Zarahemlà.

29 Ankehitriny dia i Gida no lohan' ny kapiteny tamin' ny andiany izay efa notendrena

21a Almà 56:47–48.
25a Almà 56:56.

26a TSM Hery.
b TSM Finoana.

hiambina azy ireny midina any amin' ny tany.

30 Ary ankehitriny, izao no teny izay nolazain' i Gida tamiako: Indro, nanomboka nandeha nidina tany an-tanin' i Zarahemlà izahay niaraka tamin' ny babonay. Ary ny zava-nitranga dia nifanena tamin' ny mpitsikilon' ny miaramilantsika izahay, izay efa nirahina mba hitily ny tobin' ny Lamanita.

31 Ary nihiaka anay izy ireo, nanao hoe: Indro, ny miaramilan' ny Lamanita dia eo am-pandehanana mankany an-tanànan' i Komenia; ary indro, hosovohany izy ireo, eny, ary hofongorany ny vahoakantsika.

32 Ary ny zava-nitranga dia nandre ny hiakany ny babon-tsika, izay nahatonga azy ireo hahazo hery; ary dia nitsangana nikomy taminay izy ireo.

33 Ary ny zava-nitranga, noho ny fikomiany dia nataonay izay hianjeran' ny sabatray taminy. Ary ny zava-nitranga dia nirohotra ho tena iray izy ireo nankamin' ny sabatray, ka tamin' izany no nahafaty ny maro taminy; ary ny sisa taminy dia namakivaky an-tenin' aina sy nandositra anay.

34 Ary indro, nony efa nandositra izy ireo, ary tsy nety tranay, dia nandeha faingana izahay nankany an-tanànan' i Komenia; ary indro, tonga arapotoana izahay mba hahazoanay manampy ny rahalahinay amin' ny fitsimbinana ny tanàna.

35 Ary indro, afahana indray

amin' ny tanan' ny fahavalon-tsika isika. Ary hotahiana anie ny anaran' Andriamanitsika; fa indro, Izy no efa nanafaka antsika; eny, efa nanao izao zavatra lehibe izao ho antsika.

36 Ankehitriny ny zava-nitranga nony efa nandre ireo tenin' i Gida ireo izaho Helamàna dia heniky ny fifaliana fatratra noho ny hatsaram-pon' Andriamantitra tamin' ny fitsimbinany anay mba tsy hahafaty anay rehetra; eny, ary matoky aho fa ny fanahin' ireo izay efa voavono dia efa "miditra ao amin' ny fitsaharan' Andriamaniny.

TOKO 58

Nahafaka ny tanànan' i Mantia tamin' ny tetik' ady i Helamàna, i Gida ary i Teòmnera—Niesotra ny Lamanita—Notsimbinina ny zanakalahin' ny vahoakan' i Amòna noho izy ireo niorina mafy tamin' ny fiarovana ny fahafahany sy ny finoany. Tokony ho 63–62 talohan' i J.K.

ARY indro, ankehitriny ny zava-nitranga dia ny hahazoana ny tanànan' i Mantia no tanjonay manaraka; nefa indro tsy nisy fomba izay nahafahanay nitarika azy ireo hivoaka ny tanàna tamin' ny alalan' ny antoko kelinay. Fa indro, tadidiny izay efa nataonay hatrizao; koa izany no tsy nahafahanay "namitaka azy ireo hanalavitra ny toeram-pamaharany.

2 Ary tena maro loatra noho ny

miaramilanay izy ireo ka tsy sahinay ny nandroso sy nanafika azy ireo tao amin' ny toeram-pamaharany.

3 Eny, ary nanjary nilaina ny hampiasanay ny lehilahinay mba hitana ireo ampahany tamin' ny tany izay efa azonay indray ny fizakana azy; noho izany dia nanjary nilaina ny hiandrasanay mba hahazoanay mandray hery bebe kokoa avy any an-tanin' i Zarahemlà ary koa famatsiana vaovao.

4 Ary ny zava-nitranga dia nandefa iraka toy izany aho nankany amin' ny governoran' ny taninay mba hampahalala azy ny momba ny raharahan' ny vahoakanay. Ary ny zava-nitranga dia niandry ny handray vatsy sy hery avy any an-tanin' i Zarahemlà izahay.

5 Nefa indro, izany dia tsy nahasoa anay afa-tsy kely ihany; satria ny Lamanita koa dia nandray hery lehibe isan' andro isan' andro, ary koa vatsy maro; ary dia toy izany no toe-javatra teo aminay tamin' izany vanimpotoana izany.

6 Ary nisovoka an-tselika ombieny ombieny ny Lamanita nanohitra anay, rehefa tapa-kevitra ny hamongotra anay tamin' ny tetik' ady; kanefa tsy afaka namaky ady taminy izahay, noho ny toerana fiereny sy famaharany.

7 Ary ny zava-nitranga dia niandry tao anatin' ireny toe-javatra ireny izahay, nandritra ny volana maro, na dia efa saika maty aza noho ny filana hanina.

8 Nefa ny zava-nitranga, dia

nandray hanina izahay, izay nambenan' ny miaramila roa arivo lahy ho fanampiana anay; ary izay no hany fanampiana izay noraisinay, hiarovana ny tenanay sy ny taninay tsy hianjera eo an-tanan' ny fahavalonay, eny, hiadiana amin' ny fahavalo izay tsy tambo isaina.

9 Ary ankehitriny ny anton' ireo fahasahirananay ireo, na ny antony izay tsy nandefasany hery bebe kokoa ho anay, dia tsy fantatray; noho izany dia nalahelo izahay ary koa feno tahotra, fandrao mety hisy fomba hahatongavan' ny famaizan' Andriamanitra amin' ny taninay, ho fanonganana sy ho famongorana anay tanteraka.

10 Koa noborahanay tamimbavaka tamin' Andriamanitra ny fanahinay mba hanatanjahany anay sy hanafahany anay eo an-tanan' ny fahavalonay, eny, ary koa hanomezany hery anay mba hahazoanay mitana ny tanànanay sy ny taninay ary ny fanananay, ho fanohanana ny vahoakanay.

11 Eny, ary ny zava-nitranga dia namangy anay tamin' ny fanomezan-toky ny Tompo Andriamanitray fa hanafaka anay Izy; eny, hany ka nanambara fiadanana Izy ho an' ny fanahinay, ary notoviny taminy ny finoana lehibe, ary nataony izay hanantenanay ny fanafahana anay ao Aminy.

12 Ary izahay dia nahazo hery niaraka tamin' ny tafika kelinay izay efa noraisinay, ka nandray fanapahan-kevitra hentitra ny handresy ny fahavalonay, ary

ny "hitana ny taninay sy ny fanananay, ary ny vadinay sy ny zanakay, ary ny foto-kevitra ny ^bfahafahanay.

13 Ary dia toy izany no nandehananay tamin' ny herinay rehetra nanohitra ny Lamanita izay tao an-tanànan' i Mantia; ary izahay dia nanangana ny lainay teo akaikin' ny ilan' ny tany foana, izay teo akaikin' ny tanàna.

14 Ary ny zava-nitranga ny ampitso, nony nahita ny Lamanita fa izahay dia tao amin' ny sisin-tany akaikin' ny tany foana izay akaikin' ny tanàna izahay, dia nalefany nanodidina anay ny mpitsikilony mba hahitany ny isa sy ny tanjaky ny miaramilanay.

15 Ary ny zava-nitranga nony hitany fa izahay dia tsy natanjaka, raha ny isanay, ary noho ny fahatahorana fa izahay dia hanapaka azy amin' ny fanohanana azy raha tsy mivoaka izy hiady aminay sy hamono anay, ary koa noho ny fiheverana fa afaka mamongotra anay mora foana izy miaraka amin' ny miaramilany maro, koa natombony ny fanaovana fiomanana hivoaka mba hiady aminay izy.

16 Ary nony nahita izahay fa nataony ny fiomanana mba hivoaka hiady aminay, dia indro, nasaiko nanafina ny tenany tany an-tany foana i Gida, niaraka tamin' olom-bitsy, ary i Teômnara koa sy ny olom-bitsy dia nanafina ny tenany tany an-tany foana.

17 Ankehitriny i Gida sy ny olony dia tao an-kavanana ary ny hafa tao an-kavia; ary rehefa avy nanafina ny tenany toy izany izy ireo, dia indro, izaho no nijanona niaraka tamin' ny miaramilako sisa, teo amin' ny toerana izay efa nanangananay voalohany ihany ny lainay, hiatrika ny fotoana izay hivoahan' ny Lamanita hiady.

18 Ary ny zava-nitranga dia nivoaka ny Lamanita niaraka tamin' ny miaramilany marobe hifanandrina aminay. Ary nony efa nivoaka izy ary efa handeha hanafika anay miaraka amin' ny sabatra, dia nasaiko nisintonanankany an-tany foana ny oloko, ireo izay niaraka tamiko.

19 Ary ny zava-nitranga dia nanaraka tao aorianay ny Lamanita tamin' ny hafainganana be, fa niriany izaitsizy tokoa ny hanatratra anay mba hahazoany mamono anay; koa narahiny izahay nankany an-tany foana; ary izahay dia nandalo teo afovoan' i Gida sy i Teômnara, hany ka tsy nahita azy ireo ny Lamanita.

20 Ary ny zava-nitranga nony efa nandalo ny Lamanita, na nony efa nandalo ny miaramila, dia nitsangana i Gida sy i Teômnara avy tao amin' ny toerana niafenany sy nisakana ny mpitsikilon' ny Lamanita mba tsy hiverenany any an-tanàna.

21 Ary ny zava-nitranga, nony efa nosakanany izy ireo, dia nihazakazahany tany an-tanàna ary nosovohany ny mpiambina

izay navela hiambina ny tanàna, hany ka naringany izy ireo ary noraisiny ny fizakana ny tanàna.

22 Ankehitriny, izany no vita dia noho ny Lamanita namela ny miaramilany iray manontolo, afa-tsy mpiambina vitsy ihany, ho voatarika hankany an-tany foana.

23 Ary ny zava-nitranga dia tamin' izany fomba izany no efa nahazoan' i Gida sy i Teômnera ny fizakana ny toeram-pamaharany. Ary ny zava-nitranga rehefa avy nandeha naharitra tany an-tany foana izahay dia nandray ny lalana mankany an-tanin' i Zarahemlà.

24 Ary nony nahita ny Lamanita fa nandeha nankany an-tanin' i Zarahemlà izy, dia natahotra fatratra tokoa izy, fandrao dia nisy tetika voaomana hitarika azy any amin' ny famongorana; noho izany izy dia nanomboka nisintona nankany an-tany foana indray, eny, niverina tamin' ny lalana izay efa nahatonga-vany ihany.

25 Ary indro, alina ny andro, ary natsangany ny lainy, fa ny lohan' ny kapitenin' ny Lamanita dia efa nihevitra fa reraka ny Nefita noho ny diany; ary noho ny fiheverana fa ny miaramilany iray manontolo no efa nenjehiny, dia tsy nanana eritretritra ny momba ny tanànan' i Mantia izy.

26 Ankehitriny ny zava-nitranga nony alina, dia nataoko izay tsy hatorian' ny oloko fa ny handehanany kosa amin' ny

lalan-kafa, mankany an-tanin' i Mantia.

27 Ary noho izany dianay tamin' ny fotoana alina izany, dia indro, ny ampitso izahay dia efa tany ankoatra ny Lamanita, hany ka tonga talohany tao antanànan' i Mantia izahay.

28 Ary dia toy izany no zava-nitranga, fa tamin' izany tetik' ady izany no nandraisanay ny fizakana ny tanànan' i Mantia tsy nisy fandatsahan-dra.

29 Ary ny zava-nitranga nony tonga teo akaikin' ny tanàna ny miaramilan' ny Lamanita, sy nahita fa izahay dia efa niomana ny hifanandrina aminy, dia talanjona izaitsizy tokoa izy sy nozoin' ny tahotra be, hany ka nandositra nankany an-tany foana.

30 Eny, ary ny zava-nitranga dia nandositra niala izany fari-try ny tany rehetra izany ny miaramilan' ny Lamanita. Nefa indro, efa nentiny niaraka tamin' ny nivoaka ny tany ny vehivavy sy ny ankizy maro.

31 Ary "ireo tanàna ireo izay efa nalain' ny Lamanita, izy rehetra amin' izao vanim-potoana izao dia fanananay; ary ny rainay sy ny vehivavinay ary ny zanakay dia miverina any amin' ny ankaniny, izy rehetra afa-tsy ireo izay nalaina ho babo sy nindaosin' ny Lamanita.

32 Nefa indro, kely ny tafikay hitana tanàna maro loatra sy fananana betsaka loatra.

33 Nefa indro, izahay dia mitoky amin' Andriamanitray izay

efa nanome anay fandresena tany amin' ireo tany ireo, hany ka efa azonay ireo tanàna sy tany ireo izay anay.

34 Ankehitriny dia tsy fantatray ny antony izay tsy anomezan' ny governemanta anay hery betsaka kokoa; tsy mahalala koa ireo lehilahy izay tonga niakatra tatỳ aminay hoe nahoa-na izahay no tsy nandray hery bebe kokoa.

35 Indro, tsy mahalala izahay raha toa ka tsy nahomby ianareo, na raha toa ka efa nosintoninareo ny hery hankamin' izany faritry ny tany izany; raha izany, dia tsy maniry ny himonomonona izahay.

36 Ary raha tsy izany, dia indro, matahotra izahay fa misy "fisaraham-bazana ao amin' ny governemanta, ka tsy andefasany lehilahy betsaka kokoa ho fanampiana anay izahay; satria fantatray fa maro kokoa noho izay efa nalefany izy ireo.

37 Nefa, indro, tsy mampaninona izany — matoky izahay fa Andriamanitra no "hanafaka anay na dia eo aza ny fahalemen' ny miaramilanay, eny, sy hanafaka anay eo an-tanan' ny fahavalonay.

38 Indro, ity no taona fahasivy amby roapolo, tapany farany, ary mizaka ny taninay izahay; ary efa nandositra any an-tanin' i Nefia ny Lamanita.

39 Ary ireo zanakalahin' ny vahoakan' i Amôna, izay efa no-resahiko tamim-pankasitrahana tokoa, dia miaraka amiko ao

an-tanànan' i Mantia; ary efa nanohana azy ireo ny Tompo, eny, sy nitahiry azy ireo tsy ho lavon-tsabatra, hany ka na dia "iray aza dia tsy nisy voavono.

40 Nefa indro, efa nahazo ratra maro izy ireo; kanefa dia iorenany mafy ao amin' izany "fahafahana izay efa nanafahan' Andriamanitra azy ireo izany; ary sarotiny izy ireo amin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny isan' andro isan' andro; eny, ezahiny ny hitandrina lalandava ny fitsipiny sy ny fitsarany ary ny didiny; ary ny finoany dia mahery ao amin' ny faminiana momba izay ho avy.

41 Ary ankehitriny, ry Môrônia rahalahiko malala, enga anie ny Tompo Andriamanitsika izay efa nanavotra antsika sy nanafaka antsika, hitahiry anao lalandava eo anatrehan' eny, ary enga anie Izy ka hankasitraka ity vahoaka ity mba hananana-reo fahombiazana amin' ny fahazoana ny fizakana ny rehetra izay efa nalain' ny Lamanita tamintsika, izay natao ho fanohana-ana antsika. Ary ankehitriny indro, faranako ny taratasiko. Izaho dia i Helamàna, zanakalahin' i Almà.

TOKO 59

Nangataka an' i Pahôràna i Môrônia mba hanamafy ny tafik' i Helamàna — Nahafaka ny tanànan' i Nefihà ny Lamanita — Tezitra ta-

36a Almà 61:1–5.

37a 2 Mpan. 17:38–39.

39a Almà 56:56.

40a TSM Fahalalahana.

min' ny governemanta i Môrônia. Tokony ho 62 talohan' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga tamin' ny taona fahatelo-polon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, taorian' ny efa nandraisan' i Môrônia sy ny namakiany ny "taratasin' i Helamàna, dia nifaly izaitsizy tokoa izy, noho ny fiadanana, eny, ny fahombiazana fatratra izay efa azon' i Helamàna, tamin' ny fahazoana ireo tany ireo izay efa very.

2 Eny, ary nampahafantariny ny olony rehetra, tamin' ny tany rehetra manodidina, tamin' ity faritra ity izay nisy azy izany mba hahazoan' ireo mifaly koa.

3 Ary ny zava-nitranga dia nandefa "taratasy avy hatrany tany amin' i ^bPahôràna izy, naniry ny hampamoriany lehilahy miaraka hanatanjaka an' i Helamàna, na ny miaramilan' i Helamàna, hany ka ho azony tanana mora foana izany faritry ny tany izay efa nanambinana azy tamim-pahagagana tokoa ny fahazoana.

4 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandefa izany taratasy izany tany an-tanin' i Zarahemlà i Môrônia, dia rafitra indray izy namolavola drafitra mba hahazoany ny ambiny amin' ireo fananana sy tanàna ireo izay efa nalain' ny Lamanita taminy.

5 Ary ny zava-nitranga, raha mbola teo am-panaovana fiomanana ny handeha hiady amin' ny Lamanita toy izany i Môrônia,

dia indro, ny vahoakan' i Nefihà, izay niara-nivory avy tamin' ny tanànan' i Môrônia sy ny tanànan' i Lehia ary ny tanànan' i Môriantôna, dia notafihan' ny Lamanita.

6 Eny, na dia ireo izay efa voatery nandositra avy tany an-tanin' i Mantia sy avy tamin' ny tany manodidina aza dia efa tonga ary nikambana tamin' ny Lamanita tao amin' ity faritry ny tany ity.

7 Ary satria tsy tambo isaina tokoa toy izany izy ireo, eny, sy nandray hery isan' andro isan' andro, dia nandeha izy ireo nifanandrina tamin' ny mponin' i Nefihà araka ny baikon' i Amôrôna ary nanomboka nandripaka azy tamin' ny fandripahana be izaitsizy tokoa.

8 Ary maro tokoa ny miaramilany ka ny ambiny tamin' ny mponin' i Nefihà dia voatery nandositra teo anoloany; ary tonga izy ireny sy nikambana tamin' ny miaramilan' i Môrônia.

9 Ary ankehitriny noho ny fiheveran' i Môrônia fa tokony hisy lehilahy halefa any antanànan' i Nefihà, hanampy ny mponina hitana izany tanàna izany, ary noho ny fahafantarana fa mora kokoa ny mitana ny tanàna tsy hianjera eo antanànan' ny Lamanita toy izay ny maka izany indray aminy, dia noheveriny fa izy ireo dia hitana mora foana izany tanàna izany.

10 Koa nohazoniny ny tafiny

rehetra mba hitana ireo toerana izay efa azony indray ireo.

11 Ary ankehitriny, nony nahita i Môrônia dia very ny tanànan' i Nefihà dia feno alahe-lo izaitsizy tokoa izy sy nanomboka nanontany tena, noho ny faharatsian' ny mponina, raha toa izy ireo ka tsy hianjera eo an-tanan' ny rahalahiny.

12 Ankehitriny dia izany no toe-javatra ho an' ny lohan' ny kapiteniny rehetra. Niroanahana sy nitalanjona koa izy ireo noho ny faharatsian' ny mponina, ary izany dia noho ny fahombiazan' ny Lamanita taminy.

13 Ary ny zava-nitranga dia tezitra tamin' ny governemanta i Môrônia, noho ny "tsy firaharahiany ny momba ny fahafahan' ny taniny.

TOKO 60

Nitaraina tamin' i Pahôràna ny amin' ny fanaovan' ny governemanta tsirambina ny miaramila i Môrônia — Namela ny marina hohonoina ny Tompo — Tsy maintsy nampiasa ny heriny sy ny fomba rehetra ny Nefita mba hanafaka ny tenany tamin' ny fahavalony — Nandrahona ny hiady amin' ny governemanta i Môrônia raha tsy vatsiana fanampiana ny miaramilany. Tokony ho 62 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nanoratra indray izy ho an' ny governoran' ny tany, izay i Pahôràna, ary izao no teny izay nosoratany, manao hoe: Indro, ny taratasiko

dia avantako amin' i Pahôràna, ao an-tanànan' i Zarahemlà, izay "lohan' ny mpitsara sady governoranora eo amin' ny tany, ary koa amin' ireo rehetra izay efa nofinidin' ity vahoaka ity mba hitondra sy hitantana ny raharahan' ity ady ity.

2 Fa indro, somary nanankolazaina aminy ihany aho ho fanamelohana; satria indro, fantatrareo mihitsy fa efa notendrena ianareo mba hamory miaraka lehilahy ary hampirongo azy ireo sabatra, sy simetera ary rehefa mety ho fitaovampiadiana rehetra isan-karazany avy, sy handefa azy ireo hanohitra ny Lamanita na aiza na aiza faritra hidirany ny tanintsika.

3 Ary ankehitriny, indro, lazainko aminareo fa ny tenako, ary koa ny oloko, ary koa i Helamàna sy ny olony, dia efa niaritra fijaliana be izaitsizy tokoa; eny, dia hanohanana, hetaheta sy harerahana ary rehefa mety ho fahoriana rehetra isan-karazany avy.

4 Nefa indro, raha izay ihany no efa niaretanay, dia tsy ho nimononona izahay na nitaraina.

5 Nefa indro, efa zary lehibe ny fandranganana teo anivon' ny olonay; eny, an' arivony no efa lavo tamin-tsabatra, kanefa mety ho hafa noho izany raha nahatonga hery ampy ho an' ny miaramilanay ianareo sy fanampiana ho azy. Eny, lehibe ny fanaovanareo tsirambina anay.

6 Ary ankehitriny, indro, irianay ho fantatra ny anton' izao

tsirambina lehibe izaitsizy tokoa izao; eny, irinay ho fantatra ny anton' ny tsy firaharahianareo.

7 Azonareo heverina va ny hitoetra eo amin' ny seza fiandriananareo ao amin' ny toetry ny fahadontoana sady midagaga, kanefa aelin' ny fahavalonareo manodidina anareo ny asan' ny fahafatesana? Eny, kanefa vonoiny ny an' arivony amin' ny rahalahinareo —

8 Eny, na dia ireo izay efa nian-drandra anareo ho fiarovana aza, eny, efa nametraka anareo teo amin' ny toerana izay mety ho nahazoanareo namonjy azy, eny, mety ho nahazoanareo nandefa miaramila ho azy, ka efa nampahatanjaka azy sy efa namonjy ny an' arivony taminy tsy ho lavo tamin-tsabatra.

9 Nefa indro, tsy izay ihany — efa nihazona ny vatsinareo ianareo tsy ho azy, hany ka maro no efa niady sy nibabara namoy ny ainy noho ny faniriany fatratra izay nananany ho an' ny fiadanana' ity vahoaka ity; eny ary izany no efa nataony nony efa ho "faty izy noho ny hano-hanana, noho ny tsirambina lehibe izaitsizy tokoa nataonareo taminy.

10 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala — fa ianareo dia tokony holalaina; eny, ary ianareo dia tokony ho efa nampisikiponitra ny tenanareo tamimpahazotoana bebe kokoa ho an' ny fiadanana sy ny fahafahan' ity vahoaka ity; nefa indro, efa nataonareo an-tsirambina izy,

hany ka ny ran' ny an' arivony dia ho tonga eo ambonin' ny lohanareo ho valifaty; eny, fa Andriamanitra dia efa nahalala ny fitalahony rehetra sy ny fijaliany rehetra —

11 Indro, azonareo heverina va fa ianareo dia ho afaka mipetraka eo amin' ny seza fiandriananareo, ary noho ny hatsaram-pon' Andriamanitra fatratra, dia ho afaka tsy manao na inona na inona ary dia hanafaka anareo Izy? Indro, raha nihevitra izany ianareo, dia efa nihevitra zava-poana.

12 Moa "heverinareo va fa satria maro loatra tamin' ny rahalahinareo no efa novonoina, izany dia noho ny faharatsiany? Lazaiko aminareo, fa raha nihevitra izany ianareo dia efa nihevitra zava-poana; satria lazaiko aminareo, misy maro no efa lavo tamin-tsabatra; ary indro izany dia ho fanamelohana anareo;

13 Fa avelan' ny Tompo ny hamonoina ny "olo-marina mba hahatonga ny fahamarinany sy ny famaliany amin' ny olondratsy; koa tsy tokony hoheverinareo fa very ny olo-marina, satria voavono izy; fa indro, izy dia miditra ao amin' ny fitsaharan' ny Tompo Andriamaniny.

14 Ary ankehitriny, indro, lazaiko aminareo, manahy izaitsizy tokoa aho fandrao ho tonga amin' ity vahoaka ity ny famaizan' Andriamanitra, noho ny fahalainany fatratra, eny, dia ny fahalainan' ny gouverne-

mantantsika ary ny tsirambina lehibe izaitsizy tokoa nataony tamin' ny rahalahiny, eny, tamin' ireo izay efa voavono.

15 Fa raha tsy teo ny "faharasiana izay niantomboka voalohany tany amin' ny filohantsika, dia ho afaka nanohitra ny fahavalontsika isika, hany ka tsy ho afaka nanam-pahefana tamin-tsika izy.

16 Eny, raha tsy nisy ny "ady izay nipoaka teo anivontsika; eny, raha tsy teo ireo ^bmpomba ny mpanjaka ireo, izay nahatonga fandatsahan-dra be tokoa teo anivontsika; eny, tamin' ny fotoana nifandirantsika teo anivontsika, raha natambatsika ny herintsika toy ny efa nataontsika hatrizao; eny, raha tsy teo ny faniriana hery sy fahefana izay nananan' ireo mpomba ny mpanjaka ireo tamintsika; raha nahatoky tamin' ny foto-kevitra ny fahafahantsika izy ireo sy nikambana tamintsika ary lasana nanohitra ny fahavalontsika, toy izay nandray ny sabany nanohitra antsika, izay anton' ny fandatsahan-dra be tokoa teo anivontsika; eny, raha nandeha nanohitra azy tamin' ny herin' ny Tompo isika, dia ho efa nampihahaka ny fahavalontsika, fa izany dia ho efa to araka ny fahatanterahan' ny teniny.

17 Nefa indro, ankehitriny dia tonga amintsika ny Lamanita mandray ny fizakana ny tanintsika sy mamono ny vahoakantsika amin-tsabatra, eny, ny vehivavintsika sy ny zanatsika,

ary koa mitondra azy ireny ho babo, manao izay hiaretany ny karazam-pahoriana rehetra, ary izany dia noho ny faharatsiana lehiben' ireo izay mikatsaka hery sy fahefana, eny, dia ireo mpomba ny mpanjaka ireo.

18 Nefa nahoana moa aho no tokony hilaza betsaka momba ity raharaha ity? Satria tsy fantatray raha toa ka tsy ny tenanareo mihitsy no mikatsaka fahefana. Tsy fantatray raha toa ka tsy mpamadika koa ho an' ny taninareo ianareo.

19 Sa efa nanao tsirambina anay ianareo, noho ianareo eo afovoan' ny tanintsika, ary holidinin' ny filaminana, ka dia tsy nataonareo ny handefasana hanina tany aminay, ary koa lehilahy mba hanatanjaka ny miaramilanay?

20 Efa nohadinoanareo va ny didin' ny Tompo Andriamanitrareo? Eny, efa nohadinoanareo va ny fahababoan' ny razantsika? Efa nohadinoanareo va ny fotoana maro efa nanafahana antsika teo an-tanan' ny fahavalontsika?

21 Sa mihevitra ianareo fa ny Tompo dia mbola hanafaka antsika, kanefa isika dia mipetraka eo amin' ny seza fiandrianantsika sy tsy mampiasa ny fitaovana izay efa natolotry ny Tompo antsika?

22 Eny, hipetraka ao amin' ny fidonanaham-poana ve ianareo kanefa ianareo dia holidinin' ny an' arivony amin' ireo, eny, sy an' aliny izay mipetraka koa

ao amin' ny fidonanamah-poana, kanefa misy an' arivony eo amin' ny manodidina any amin' ny faritry ny sisin-tany, izay lavon-tsabatra, eny, maratra sy mibabara?

23 Moa heverinareo fa Andriamanitra dia hihevitra anareo ho tsisy tsiny kanefa ianareo dia mipetra-potsiny sy mitazana ireo zavatra ireo? Indro, lazaiko aminareo, Tsia. Ankehitriny dia mba tiako ny hahatsiarovanareo fa Andriamanitra no efa nilaza fa hodiovina aloha ny "atin' ny vazy, ary avy eo dia hodiovina koa ny vohon' ny vazy.

24 Ary ankehitriny, raha tsy mibebaka amin' izay efa nataonareo ianareo, ka manomboka mitsangana sy manatanteraka ary mandefa hanina sy olona aty aminay, ary koa any amin' i Helamàna mba hahazoany manohana ireo faritry ny tanintsika ireo, izay efa azony indray, sy mba hahazoanay maka indray ny ambiny amin' ny fananantsika amin' ireo faritra ireo, dia indro, hanjary hilaina ny tsy hiadiantsika intsony amin' ny Lamanita mandra-panadiovantsika ny atin' ny vazy aloha, eny, dia ny filoha ben' ny governemantantsika.

25 Ary raha tsy mamaly ny taratasiko ianareo sy mivoaka ary maneho amiko ny tena "fanahin' ny fahafahana ary miezaka ny hanatanjaka sy hanamafy ny miaramilantsika ary manome azy hanina ho fanohanana azy, dia indro have-

lako ny ampahany amin' ny oloko afaka hitana ity faritry ny tanintsika ity, ary havelako aminy ny hery sy ny fitahian' Andriamanitra mba tsy hisy fahefana hafa ho afaka miasa hanohitra azy—

26 Ary izany dia noho ny finoany fatratra sy ny faharetany ao amin' ny fahoriany—

27 Ary ho avy any aminareo aho, ary raha mety hisy any anivonareo izay manana faniriana ho an' ny fahafahana, eny, raha misy na dia pitik' afom-pahafahana tafajanona aza, dia indro, hanangana fikomiana any anivonareo aho, mandrapahatongan' ireo izay manana faniriana ny hisandoka hery sy fahefana ho fongana.

28 Eny, indro, tsy atahorako ny herinareo na ny fahefanareo, fa ny "Andriamanitra kosa no atahorako; ary noho ny didiny no andraisako ny sabatro mba hiaro ny foto-kevitra ny taniko, ary noho ny helokareo no efa niaretanay famoizana betsaka tokoa.

29 Indro izao no fotoana, eny, antomotra ny fotoana ankehitriny, ka raha tsy misikim-ponitra ny tenanareo amin' ny fiarovana ny taninareo sy ny madinikareo, ny "sabatra ny fahamarinana dia mihantona eo amboninareo; eny, ary hianjera aminareo izany sy hamangy anareo, na dia hatrany amin' ny famongorana tanteraka anareo aza.

30 Indro, miandry fanampiana avy aminareo aho; ary raha tsy

23a Mat. 23:25-26.

25a Almà 51:6; 61:15.

28a Asa 5:26-29.

29a Hel. 13:5; 3 Ne. 2:19.

ezahanareo ny hanamaivana anay, dia indro ho tonga atỳ aminareo aho, dia atỳ an-tanin' i Zarahemlà sy hamely anareo amin' ny sabatra, hany ka tsy afaka hanan-kery intsony ianareo hanampontsampona ny fandrosoan' ity vahoaka ity ho amin' ny foto-kevitra ny fahafahantsika.

31 Satria indro, ny Tompo dia tsy hamela ny hiainanareo sy ny hahatonga anareo ho mahery ao amin' ny helokareo mba hamongotra ny olony marina.

32 Indro, azonareo heverina va fa hitsimbina anareo ny Tompo ary ho avy ao amin' ny famaliana hanameloka ny Lamanita, kanefa ny fomban-drazany no efa nahatonga ny fankahalany, eny, ary izany dia efa nampitomboan' ireo izay efa niendaka tamintsika, kanefa kosa ny helokareo dia vokatra ny fitiavanareo voninahitra sy ny zava-poanan' izao tontolo izao?

33 Fantatrareo fa ianareo dia mandika ny lalàn' Andriamanitra, ary fantatrareo fa ianareo dia manitsakitsaka izany ambanin' ny tongotrareo. Indro, hoy ny Tompo tamiko: Raha tsy mibebaka amin' ny fahotany sy ny helony ireo izay efa notendrenareo ho governoranareo, dia handeha hiakatra hiady aminy ianao.

34 Ary ankehitriny indro, izaho Môrônia dia voatery, araka ny fanekempihavanana izay efa nataoko, ny hitana ny didin' Andriamanitra; koa mba tiako

ny hiraiketanareo amin' ny tenin' Andriamanitra sy handefasanareo faingana tokoa atỳ amiko amin' ny vatsinareo sy ny olonareo, ary koa any amin' i Helamàna.

35 Ary indro, raha tsy manao izany ianareo, dia ho avy aminareo faingana tokoa aho; fa indro, tsy hamela ny hahafaty anay amin' ny hanoanana Andriamanitra; noho izany Izy dia hano-me anay amin' ny haninareo, na dia tsy maintsy ho amin' ny sabatra aza izany. Ankehitriny dia ezaho ny hanatanterahinareo ny tenin' Andriamanitra.

36 Indro, izaho dia i Môrônia, lohan' ny kapiteninareo. Tsy "mikatsaka fahefana aho, fa ny handrodana izany kosa. Tsy mikatsaka ny voninahitr' izao tontolo izao aho, fa ny voninahitr' Andriamanitra kosa sy ny fahafahana ary ny fiadanany ny taniko. Ary dia toy izany no amaranako ny taratasiko.

TOKO 61

Nolazain' i Pahôràna an' i Môrônia ny amin' ny fikomiana sy ny fiokona tamin' ny governemanta — Nalain' ny mpomba ny mpanjaka i Zarahemlà ary niandany tamin' ny Lamanita izy — Nangataka ny fanampian' ny miaramila i Pahôràna hanoherana ny mpikomy. Tokony ho 62 talohan' i j.k.

INDRO, ankehitriny ny zava-nitranga taoriana kelin' ny nandefasan' i Môrônia ny taratasiny

ho an' ny lohan' ny governora, dia nandray taratasy avy tamin' i "Pahôràna lohan' ny governora izy. Ary izao no teny izay noraisiny:

2 Izaho, Pahôràna, izay lohan' ny governora amin' ny tany dia mandefa izao teny izao amin' i Môrônia, lohan' ny kapiteny amin' ny miaramila. Indro, lazaiko aminao, ry Môrônia, fa tsy mifaly amin' ny "fahorianao lehibe aho, eny, mampalahelo ny fanahiko izany.

3 Nefa indro, misy ireo izay mifaly amin' ny fahorianao, eny, hany ka izy ireo dia efa nanangana fikomiana tamiko, ary koa tamin' ireo oloko izay "olon' ny fahafahana, eny, ary ireo izay efa nitsangana dia maro izaitsizy tokoa.

4 Ary ireo izay efa nikatsaka ny haka amiko ny toeram-pitsarana no anton' izao heloka lehibe izao; fa efa nampiasainy ny fanasohasoana be, ary efa notarihiny haniaisia ny fon' ny olona maro, izay hahatonga ny fahorianana mangidy eo anivontsika; efa nohazoniny ny vatsintsika sy efa nampitahoriny ny olon' ny fahafahana teo amintsika, ka dia tsy tonga taty aminao izy ireny.

5 Ary indro, efa noroahany aho hiala teo anoloany, ary efa nandositra tany an-tanin' i Gideôna aho, niaraka tamin' ny olona maro araka izay tratra sy azoko.

6 Ary indro, efa nandefa fila-

zana eran' ity faritry ny tany ity aho; ary indro, mirohotra atỳ aminay isan' andro izy ireo, maka ny fiadiany ho fiarovana ny taniny sy ny "fahafahany, ary mba hamaly faty ny hadisoana natao taminay.

7 Ary efa tonga tatỳ aminay izy ireo, hany ka ireo izay efa nitsangana hikomy taminay dia voahaika, eny, hany ka atahorany izahay ary tsy sahiny ny mivoaka hifanandrina aminay amin' ny ady.

8 Efa noraisiny ny fizakana ny tany, na ny tanànan' i Zarahemlà; efa nanendry ny mpanjaka teo aminy izy ireo, ary izy kosa dia nanoratra ho an' ny mpanjakan' ny Lamanita ka tamin' izany no efa niraisany dina taminy; tamin' izany dina izany no efa nanekeny ny hitana ny tanànan' i Zarahemlà, dia fitanana izay heveriny fa hahafahan' ny Lamanita mahazo ny tany sisa tavela sy hametrachana azy ho mpanjaka eo amin' ity vahoaka ity rehefa hofeheziny ny Lamanita izy ireo.

9 Ary ankehitriny dia efa naniny ahy ianao tao amin' ny taratasinao, nefa tsy maninona izany; tsy tezitra aho, fa mifaly kosa amin' ny fahalehibeazan' ny fonao. Izaho Pahôràna dia tsy mikatsaka fahefana, afa-tsy ny hitana ny toeram-pitsarako mba hahazoako mitsimbina ny zo sy ny fahafahan' ny vahoakako. Ny fanahiko dia miorina mafy ao amin' izany fahafahana

izay efa “nanafahan’ Andriamanitra antsika izany.

10 Ary ankehitriny, indro, hotoherintsika ny faharatsiana na dia hatrany amin’ ny fandatsahan-dra aza. Tsy handatsaka ny ran’ ny Lamanita isika raha mijanona any amin’ ny taniny ihany izy.

11 Tsy ho nandatsaka ny ran’ ny rahalahintsika isika raha tsy nitsangana hikomy izy sy tsy nandray sabatra hanohitra antsika.

12 Ho nampanoa ny tenantsika tamin’ ny ziozan’ ny fanandevozana isika raha toa ka nitaky izany ny fahamarinan’ Andriamanitra, na raha nandidy antsika hanao izany Izy.

13 Nefa indro tsy mandidy antsika ny hanoavan’ ny tenantsika ny fahavalontsika Izy, fa ny hametrahantsika kosa ny “fitokiantsika Aminy, ary hanafaka antsika Izy.

14 Noho izany ry Môrônia, rahalahiko malala, dia aoka hotoherintsika ny ratsy, ary na inona na inona ratsy izay tsy azontsika toherina amin’ ny tenintsika, eny, toy ny fikomiana sy ny fisaraham-bazana, dia aoka “hotoherintsika amin’ ny sabatra ireny mba hahazoantsika mitana ny fahafahantsika, mba hahazoantsika mifaly ao amin’ ny foto-kevitra lehiben’ ny fiangonantsika sy ao amin’ ny fitsipiky ny Mpanavotra antsika sy ny Andriamanitsika.

15 Noho izany, dia tongava

atỳ amiko faingana tokoa, miaraka amin’ ny olonao vitsivitsy, ary avelao ny sisa ho andraikitr’ i Lehia sy i Teankoma; omeo azy ireo ny fahefana hitondra ny ady amin’ izany faritry ny tany izany, araka ny “Fanahin’ Andriamanitra, dia ny Fanahin’ ny fahafahana koa izay ao aminy.

16 Indro efa nandefa vatsy vitsivitsy tany aminy aho mba tsy hahafaty azy ireo mandrapahatonganao atỳ amiko.

17 Vorio miaraka na inona na inona hery azonareo mandritra ny dianareo mankatỳ, ary handeha faingana tokoa isika hanohitra ireo mpiendaka ireo amin’ ny herin’ ny Andriamanitsika, araka ny finoana izay ao amintsika.

18 Ary horaisintsika ny fizakana ny tanànan’ i Zarahemlà mba hahazoantsika manana hanina bebe kokoa halefa any amin’ i Lehia sy i Teankoma; eny, handeha isika hanohitra azy ireo ao amin’ ny herin’ ny Tompo, ary hasiantsika farany izao heloka lehibe izao.

19 Ary ankehitriny ry Môrônia, izaho dia mifaly amin’ ny nandraisako ny taratasinao, fa somary sahirana ihany aho momba izay tokony hataonay, na raha toa ka rariny aminay ny mandeha manohitra ny rahalahintsika.

20 Nefa efa nolazainao fa, raha tsy mibebaka izy ireo, dia efa nandidy anao ny Tompo ny handehananao hanohitra azy ireo.

21 Ataovy izay “hanatanjarahana an’ i Lehia sy i Teankoma ao amin’ ny Tompo; ilazao izy ireo tsy hatahotra, fa Andriamanitra no hanafaka azy ireo, eny, ary koa ireo rehetra izay miorina mafy ao amin’ izany fahafahana izay efa nanafahan’ Andriamanitra azy ireo izany. Ary ankehitriny dia faranako ny taratasiko ho an’ i Môrônia rahalahiko malala.

TOKO 62

Nandeha tany an-tanin’ i Gideôna i Môrônia mba hanampy an’ i Pahôrâna—Novonoina ho faty ny mpomba ny mpanjaka izay nandà ny hiaro ny taniny—Nahazo indray an’ i Nefihà i Pahôrâna sy i Môrônia—Nikambana tamin’ ny vahoakan’ i Amôna ny Lamanita maro—Namono an’ i Amôrôna i Teankoma ary novonoina izy avy eo—Natosika hiala ny tany ny Lamanita, ary naorina ny fandriampahalemana—Niverina tamin’ ny asa fanompoana i Helamàna ary nanorina fiangonana. Tokony ho 62–57 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga nony efa nandray izany taratasy izany i Môrônia dia nahazo hery ny fony sy heniky ny fifaliana izaitsizy tokoa noho ny fahatokian’ i Pahôrâna, fa izy koa dia tsy “mpamadika ny fahafahana sy ny foto-kevitra ny taniny.

2 Nefa nalahelo fatratra tokoa

izy noho ny helok’ ireo izay efa nandroaka an’ i Pahôrâna hiala ny toeram-pitsarana, eny, raha fintinina, noho ireo izay efa nikomy tamin’ ny taniny ary koa tamin’ Andriamaniny.

3 Ary ny zava-nitranga dia naka olona vitsivitsy i Môrônia, araka ny fanirian’ i Pahôrâna, sy nanome an’ i Lehia sy i Teankoma ny fibaikoana ny miaramilany sisa ary nandeha nankany an-tanin’ i Gideôna.

4 Ary natsangany ny “fanevan’ ny ^bfahafahana na taiza na taiza toerana nidirany ary azony ny hery rehetra tratrany nandritra ny diany rehetra nankany an-tanin’ i Gideôna.

5 Ary ny zava-nitranga dia an’ arivony no nirohotra teo ambanin’ ny fanevany, sy naka ny sabany ho fiarovana ny fahafahany mba tsy hahatonga azy ireo any amin’ ny fanandevozana.

6 Ary dia toy izany, rehefa naha-tafavory niaraka ny olona rehetra azony nandritra ny diany rehetra i Môrônia, no nahatongavany tao an-tanin’ i Gideôna; ary natambatra ny heriny sy ireo an’ i Pahôrâna, ka nanjary natanjaka izaitsizy tokoa ireo, natanjaka kokoa noho ny olon’ i Pako aza, izay “mpanjakan’ ireo mpiendaka ireo izay efa nandroaka ny ^bolon’ ny fahafahana hiala ny tanin’ i Zarahemlà sy efa nandray ny fizakana ny tany.

7 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nidina i Môrônia sy i

21a Zak. 10:12.

62 1a Almà 60:18.

4a Almà 46:12–13, 36.

TSM Faneva.

^b TSM Fahalalahana.

6a Almà 61:4–8.

^b Almà 51:5–7.

Pahôràna niaraka tamin' ny miaramilany nankany an-tanin' i Zarahemlà sy nandeha nanohitra ny tanàna ary nifanehatra tamin' ny olon' i Pako, hany ka tonga mba hiady izy ireo.

8 Ary indro, voavono i Pako, ary nalaina ho babo ny olona, ary naverina teo amin' ny toeram-pitsarany i Pahôràna.

9 Ary nandray ny fitsarana azy ireo ny olon' i Pako, araka ny lalàna, ary koa ireo mpomba ny mpanjaka ireo izay efa nalaina sy natao am-ponja; ary "novonoina araka ny lalàna izy ireo; eny, ireo olon' i Pako ireo sy ireo mpomba ny mpanjaka ireo, na zovy na zovy no tsy te handray fiadiana ho fiarovana ny taniny, fa te hiady kosa hanohitra izany, dia novonoina ho faty.

10 Ary dia toy izany no nilana ny tokony hanarahana tamimpihenjanana tokoa izany lalàna izany ho filaminan' ny taniny; eny, ary na zovy na zovy no hita ho nandà ny fahafahany dia najedana faingana tokoa araka ny lalàna.

11 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahatelo-polon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia; rehefa namerina indray ny fandriampahalemana teo amin' ny tanin' i Zarahemlà, tany anivon' ny olony ihany i Môrônia sy i Pahôràna, rehefa nampitondra fahafatesana tamin' ireo rehetra izay tsy nahatoky tamin' ny foto-kevitra ny fahafahana.

12 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahiraika amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia nataon' i Môrônia avy hatrany izay handefasana vatsy, ary koa ny handefasana miaramila enina arivo lahy tany amin' i Helamàna mba hanampy azy amin' ny fitanana izany faritry ny tany izany.

13 Ary nataony koa izay handefasana miaramila enina arivo lahy, niaraka tamin' ny habetsahan-tsakafo ampy, any amin' ny miaramilan' i Lehia sy i Teankoma. Ary ny zava-nitranga dia natao izany mba hanamafy ny tany hanoherana ny Lamanita.

14 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namela vondron' olona sesehena tao an-tanin' i Zarahemlà i Môrônia sy i Pahôràna, dia nandeha niaraka tamin' ny vondron' olona sesehena nankany an-tanin' i Nefihà, rehefa tapa-kevitra ny handresy ny Lamanita tao amin' izany tanàna izany.

15 Ary ny zava-nitranga, rehefa nandeha nankany amin' ilay tany izy ireo dia nisambotra vondron' olona sesehena tamin' ny Lamanita sy nandripaka ny maro taminy ary naka ny vatsiny sy ny fitaovam-piadiany.

16 Ary ny zava-nitranga, tao-rian' ny efa nakany azy ireo, dia nataony izay hanaovan' izy ireo dina fa izy ireo dia tsy handray fitaovam-piadiana intsony hanohitra ny Nefita.

17 Ary nony efa nanao izany dina izany izy ireo, dia nalefany hiara-honina amin' ny vahoakan' i Amôna, ary niisa sahabo ho efatra arivo ireo izay tsy voavono.

18 Ary ny zava-nitranga, tao-rian' ny efa nandefasany azy ireo dia notohizany ny diany nankany an-tanin' i Nefihà. Ary ny zava-nitranga, nony efa tonga tao an-tanànan' i Nefihà izy ireo dia, natsangany ny lainy teo amin' ny lemak' i Nefihà, izay akaikin' ny tanànan' i Nefihà.

19 Ankehitriny dia nirian' i Môrônia ny hivoahan' ny Lamanita hiady aminy eo amin' ny lemaka; nefa nahafantatra ny herimpony lehibe fatratra tokoa sy nahita ny halehiben' ny isany ny Lamanita, koa tsy sahiny ny nivoaka hifanandrina taminy; koa tsy nivoaka androtriny izy mba hiady.

20 Ary nony tonga ny alina, dia nandeha tao amin' ny hainin' ny alina i Môrônia sy niakatra teo an-tampon' ny manda hitsikilo izay faritra amin' ny tanàna nitobian' ny Lamanita niaraka tamin' ny miaramilany.

21 Ary ny zava-nitranga dia tao atsinanana izy, akaikin' ny fidirana; ary resin-tory avokoa izy. Ary ankehitriny dia niverina tany amin' ny miaramilany i Môrônia sy nanao izay hanomanany faingana tady mahazaka sy tohatra mba halatsaka hidina avy eny an-tampon' ny manda ka manaraka ny aty rindrina.

22 Ary ny zava-nitranga dia nasain' i Môrônia nandroso ny

olony sy nianika teo an-tampon' ny manda ary nidina tao amin' izany faritry ny tanàna izany, eny, dia tao andrefana izany, izay tsy nitobian' ny Lamanita niaraka tamin' ny miaramilany.

23 Ary ny zava-nitranga dia tafidina tao an-tanàna avokoa izy tamin' ny alina, tamin' ny alalan' ny tady mahazakany sy ny tohany; ary dia toy izany no nahatonga azy rehetra tatỳ anatin' ny mandan' ny tanàna nony tonga ny maraina.

24 Ary ankehitriny, rehefa nifoha ny Lamanita sy nahita fa ny miaramilan' i Môrônia dia efa tatỳ anatin' ny manda, dia nihorohoro izaitsizy tokoa izy, hany ka nandositra nivoaka ny vavahady.

25 Ary ankehitriny nony nahita i Môrônia fa nandositra teo anoloany izy, dia nasainy nandeha ny olony hanafika azy, sy nandripaka maro ary nanemitra manodidina ny maro hafa sy naka azy ho babo; ary ny sisa taminy dia nandositra nankany an-tanin' i Môrônia, izay tao amin' ny faritry ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina.

26 Dia toy izany no efa nahazoan' i Môrônia sy i Pahôràna ny fizakana ny tanànan' i Nefihà tsy nisy aina nafoy; ary nisy maro tamin' ny Lamanita no voavono.

27 Ankehitriny ny zava-nitranga dia maro tamin' ny Lamanita izay babo no naniry ny hikambana amin' ny "vahoakan' i Amôna sy ho tonga vahoaka afaka.

28 Ary ny zava-nitranga dia izay rehetra naniry izany dia notovina taminy araka ny faniriany.

29 Noho izany, ny babo Lamanita rehetra dia nikambana tamin' ny vahoakan' i Amôna sy nanomboka nilofo izaitsizy tokoa, niasa ny tany, nikolo ny karazam-boa rehetra sy biby fiompy isan-karazany; ary dia toy izany no nanamaivanana ny Nefita tamin' ny enta-mavesatra lehibe; eny, hany ka nohamai- vanina tamin' ny babo Lamanita rehetra izy.

30 Ankehitriny, ny zava-nitranga, dia i Môrônia, taorian' ny efa nahazoany ny fizakana ny tanànan' i Nefihà, rehefa naka babo maro izay nampihena ny miaramilan' ny Lamanita izaitsizy tokoa sy rehefa namonjy ny maro tamin' ny Nefita izay efa nalaina ho babo, izay efa nanatanjaka ny miaramilan' i Môrônia izaitsizy tokoa; koa nandeha i Môrônia avy tany an-tanin' i Nefihà nankany an-tanin' i Lehia.

31 Ary ny zava-nitranga, nony nahita ny Lamanita fa tamy hifanandrana aminy i Môrônia, dia natahotra indray izy sy nandositra teo anoloan' ny miaramilan' i Môrônia.

32 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika azy isan-tanàna i Môrônia sy ny miaramilany, mandra-pifanenany tamin' i Lehia sy i Teankoma; ary nandositra niala an' i Lehia sy i Teankoma ny Lamanita, nidina

tany amin' ny sisin-tany akaikin' ny moron-dranomasina, mandra-pahatongany tany an-tanin' i Môrônia.

33 Ary tafavory niaraka avokoa ny miaramilan' ny Lamanita, hany ka dia tao amin' ny vondrona iray izy rehetra tao an-tanin' i Môrônia. Ankehitriny, i Amôrôna, mpanjakan' ny Lamanita dia niaraka taminy koa.

34 Ary ny zava-nitranga, dia nilasy manodidina niaraka tamin' ny miaramilany tao amin' ny faritry ny sisin-tanin' i Môrônia i Môrônia sy i Lehia ary i Teankoma, hany ka ny Lamanita dia voatemitra manodidina tao amin' ny sisin-tany akaikin' ny tany foana tao atsimon' sy tao amin' ny sisin-tany akaikin' ny tany foana tao atsinanana.

35 Ary dia toy izany no nilasiany nony alina. Fa indro, ny Nefita ary koa ny Lamanita dia reraka noho ny halaviran' ny dia; noho izany dia tsy notapahiny izay mety ho tetik' ady nandritra ny fotoana alina, afa-tsy i Teankoma; satria tezitra izaitsizy tokoa tamin' i Amôrôna izy, hany ka nihevitra izy fa i Amôrôna sy i Amalikià rahalahiny, no efa "anton' izao ady lehibe sy maharitra izao teo aminy sy ny Lamanita, izay efa anton' ny ady sy fandatsahandra be tokoa, eny, sy mosary be tokoa.

36 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tao amin' ny fahatez-rany i Teankoma nankany amin'

ny tobin' ny Lamanita, ary dia naidiny tany ankoatra ny mandan' ny tanàna ny tenany. Ary nandeha niaraka tamin' ny tady izy, notetезiny toerana, hany ka hitany ny mpanjaka; ary "notorahany lefona izy, izay nanatrobaka azy teo akaikin' ny fo. Nefa indro, ny mpanjaka dia nanaitra ny mpanompony talohan' ny nahafatesany, hany ka nanenjika an' i Teankoma ireo sy namono azy.

37 Ankehitriny ny zava-nitranga, nony nahafantatra i Lehia sy i Môrônia fa maty i Teankoma, dia feno alahelo fatratra tokoa izy ireo; fa indro, izy dia lehilahy izay efa niady tamin-kerim-po tokoa ho an' ny taniny, eny, tena sakaizan' ny fahafahana; ary efa niaretany ny fijaliana tena maro sy mangidy izaitsizy tokoa. Nefa indro, maty izy, ary efa nandeha tamin' ny lalana falehan' ny tany rehetra.

38 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nandeha i Môrônia ny ampitso, ary nanafika ny Lamanita, hany ka naripany tamin' ny fandripahana lehibe izy; ary natosiny izy hiala ny tany; ary nandositra izy, ka tsy niverina nanohitra ny Nefita tamin' izay fotoana izay.

39 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia; ary dia toy izany no efa nananany ady sy fandatsahan-dra ary mosary sy fijaliana, nandritra ny taona maro.

40 Ary efa nisy vonoan' olona sy fifandirana ary fisarahambazana sy ny karazana heloka rehetra teo anivon' ny vahoakan' i Nefia; kanefa noho ny "marina, eny, noho ny fivavaky ny marina, dia notsimbinina izy.

41 Nefa indro, noho ny faharetan' ny ady izaitsizy tokoa teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita, dia maro no efa nanjary nihamafy fo, noho ny faharetan' ny ady izaitsizy tokoa; ary maro no efa nihanalefaka noho ny "fahoriany, hany ka nanetry ny tenany teo anoloan' Andriamanitra izy, tao amin' ny halalin' ny fanetren-tena mihitsy.

42 Ary ny zava-nitranga, taorian' ny efa nanamafisan' i Môrônia ireo faritry ny tany ireo, izay nihanjanjanja indrindra tamin' ny Lamanita, mandrapahatonga azy ireo ho mafy tokoa, dia niverina tany antanànan' i Zarahemlà izy; ary i Helamàna koa dia niverina tany amin' ny tany lovany; ary nisy indray fandriampahalemana niorina teo anivon' ny vahoakan' i Nefia.

43 Ary natolotr' i Môrônia ho eo an-tanan' ny zanany lahy ny fibaikoana ny miaramilany, izay i Môrônihà no anarany; ary niala sasatra tao an-tranony ihany izy mba hahazoany mandany ny androny sisa amim-piadanana.

44 Ary i Pahôràna dia niverina teo amin' ny toeram-pitsarany; ary i Helamàna dia niadidy indray ny fitoriana ny tenin' Andriamanitra tamin' ny vaho-

ka; fa noho ny ady sy ny fifandirana maro tokoa dia efa nanjary nilaina ny tokony hanaovana indray fitsipi-pitondrana tao amin' ny fiangonana.

45 Koa nandeha i Helamàna sy ny rahalahiny, ary nanambara ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fahefana lehibe ho "fandresen-dahatra ny olona maro ny amin' ny faharatsiany, izay nahatonga azy hibebaka amin' ny fahotany sy hatao batisa ho an' ny Tompo Andriamaniny.

46 Ary ny zava-nitranga dia naoriny indray ny fiangonan' Andriamanitra, nanerana ny tany manontolo.

47 Eny, ary natao ny fitsipi-pitondrana momba ny lalàna. Ary ny "mpitsarany sy ny lohan' ny mpitsarany dia nofidina.

48 Ary nanomboka "niroborobo teo amin' ny tany indray ny vahoakan' i Nefia sy nanomboka nitombo ary nihanahery izaitsizy tokoa indray teo amin' ny tany. Ary nanomboka nitombo harena fatratra tokoa izy.

49 Nefa na dia teo aza ny hareny, na ny tanjany, na ny firoboroboany, dia tsy tafasondrotra tao amin' ny avonavon' ny fony izy; tsy nitaredretra koa izy tamin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny; fa izy kosa dia nanetry tena izaitsizy tokoa teo anoloany.

50 Eny, nahatsiaro ny mahalehibe ny zavatra efa nataon' ny Tompo ho azy izy, fa efa nanafaka azy tamin' ny fahafatesana Izy sy tamin' ny fatotra ary

tamin' ny fonja sy tamin' ny fahoriana isan-karazany rehetra, ary efa nanafaka azy tamin' ny tanan' ny fahavalony.

51 Ary nivavaka tamin' ny Tompo Andriamaniny lalanda-va izy, hany ka ny Tompo dia nitahy azy, araka ny teniny ka dia nihanahery izy sy niroborobo teo amin' ny tany.

52 Ary ny zava-nitranga dia tontosa ireo zavatra rehetra ireo. Ary nodimandry i Helamàna tamin' ny taona fahadimy amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

TOKO 63

Nandray ny fitanana ny rakitsoratra masina i Siblôna ary tato aorindriana i Helamàna—Nandeha nankany amin' ny tany andafiavavatra ny Nefita maro—Nanamboatra sambo i Hagôta, izay niainga nankany amin' ny ranomasina andrefana—Nandresy ny Lamanita tamin' ny ady i Môrônihà. Tokony ho 56–52 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahenina amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia noraisin' i "Siblôna ny fitanana ireo ^bzavatra masina izay efa nato-lotr' i Almà an' i Helamàna.

2 Ary lehilahy marina izy sy nandeha araka ny hitsiny tokoa teo anoloan' Andriamanitra; ary niezaka izy ny hanao ny tsara

45a F&F 18:44.
47a Môsià 29:39.

48a Almà 50:20.
63 1a Almà 38:1–2.

b Almà 37:1–12.
TSM Masina.

lalandava, ny hitandrina ny didin' ny Tompo Andriamaniny; ary ny rahalahiny koa dia nanao toy izany.

3 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry koa i Môrônia. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahenina amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara.

4 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahafito amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nisy vondron' olona sesehe-na, niisa hatrany amin' ny efa-jato sy dimy arivo lahy, niaraka tamin' ny vady aman-janany, nandeha niala ny tanin' i Zarahemlà nankamin' ny tany izay tao "andafiavaratra.

5 Ary ny zava-nitranga dia olona liam-pahalalana fatratra tokoa ity Hagôta ity, koa nandeha izy sy nanamboatra sambo iray makadiry fatratra tokoa, tao amin' ny faritry ny sisin-tanin' i Soafeno, akaikin' ny tanin' i Faharavana sy nampidina izany tao amin' ny ranomasina andrefana, akaikin' ny "vozon-tany ety izay nitondra manka-min' ny tany andafiavaratra.

6 Ary indro, nisy maro tamin' ny Nefita no niditra tao sy niantsambo niaraka tamin' ny vatsy betsaka, ary koa vehivavy sy ankizy maro; ary nizotra nianavaratra izy ireo. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahafito amby telopolo.

7 Ary tamin' ny taona fahavalo amby telopolo, ity lehilahy ity dia nanamboatra sambo hafa.

Ary ny sambo voalohany koa dia niverina, ary olona maro kokoa no niditra tao amin' izany; ary naka vatsy betsaka koa izy ireo sy nanainga indray nankamin' ny tany andafiavaratra.

8 Ary ny zava-nitranga dia tsy re na oviana na oviana intsony ny momba azy ireo. Ary mihevitra izahay fa safotra tao amin' ny halalin' ny ranomasina izy ireo. Ary ny zava-nitranga dia sambo iray hafa koa no nanainga; ary izay nalehany dia tsy fantatray.

9 Ary ny zava-nitranga tamin' io taona io dia nisy maro ny olona izay niainga nankamin' ny tany "andafiavaratra. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalo amby telopolo.

10 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahasivy amby telopolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nodimandry koa i Siblôna, ary i Kôriantôna dia efa nandeha sambo nankamin' ny tany andafiavaratra mba hitondra vatsy ho an' ny vahoaka izay efa nankamin' izany tany izany.

11 Koa nilain' i Siblôna ny hanolotra ireo zavatra masina ireo, alohan' ny hahafatesany, amin' ny zanakalahin' i "Helamàna, izay nantsoina hoe Helamàna, izay nantsoina araka ny anaran-drainy.

12 Ankehitriny indro, ireo soratra "voasokitra rehetra ireo izay notanan' i Helamàna dia

4a Almà 22:31.
5a Almà 22:32;
Etera 10:20.

9a Hel. 3:11-12.
11a Jereo ny teny mialoha
ny bokin' i Helamana.

12a Almà 18:36.

nosoratana sy nalefa tany anivon' ny zanak' olombelona eran' ny tany manontolo, afa-tsy ireo ampahany izay efa nodidian' i Almà "tsy halefa.

13 Kanefa ireo zavatra ireo dia tsy maintsy notanana ho masina sy "hatolotry ny taranaka iray ho an' ny iray hafa; noho izany, tamin' io taona io, dia efa natolotra an' i Helamàna ireo, talohan' ny fahafatesan' i Siblôna.

14 Ary ny zava-nitranga koa tamin' io taona io dia nisy mpiendaka maro izay efa nandeha nankany amin' ny Lamanita; ary nambosina indray izy ho tezitra amin' ny Nefita.

15 Ary tamin' io taona io ihany koa dia nidina izy niaraka tamin' ny miaramila sesehana mba hiady amin' ny vahoakan' i "Môrônihà, na amin' ny miaramilan' i Môrônihà, tamin' izany no nandresena sy nanosehana azy indray hiverina any amin' ny taniny ihany, rehefa niaritra famoizana be.

16 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahasivy amby telopolon' ny fitondran' ny mpi-tsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

17 Ary dia toy izany no nifaranan' ny fitantaran' i Almà sy i Helamàna zanany lahy, ary koa i Siblôna izay zanany lahy.

NY BOKIN' I HELAMÀNA

Tantaran' ny Nefita. Ny adiny sy ny fifandirany ary ny fisarahambazany. Ary koa ny faminanian' ny mpaminany masina maro, talohan' ny fiavian' i Kristy, araka ny rakitsoratr' i Helamàna, izay zanakalahin' i Helamàna, ary koa araka ny rakitsoratr' ireo zanany lahy hatrany amin' ny fiavian' i Kristy. Ary maro koa tamin' ny Lamanita no niova fo. Ny tantaran' ny fiovan' fo. Ny fitantaran' ny fahamarinan' ny Lamanita ary ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny Nefita hatrany amin' ny fiavian' i Kristy, araka ny rakitsoratr' i Helamàna sy ny zanany lahy, izay antsoina hoe ny Bokin' i Helamàna, sy ny sisa.

TOKO 1

Tonga lohan' ny mpitsara i Pahôràna faharoa ary novoinin' i Kiskomena — Nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana i Pakomenia — I Kôriantomira no nitarika ny

miaramila Lamanita naka an' i Zarahemlà, ary namono an' i Pakomenia — Nandresy ny Lamanita ary naka indray an' i Zarahemlà i Môrônihà, ary novoinina i Kôriantomira. Tokony ho 52–50 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, indro, ny zavava-nitranga tamin' ny fiandohan' ny taona fahefapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia nanomboka nisy savorovoro nampanahy teo anivon' ny vahoakan' ny Nefita.

2 Fa indro, efa nodimandry i "Pahôràna ary efa nandeha tamin' ny lalana falehan' ny tany rehetra; koa nanomboka nisy fifandirana mafy momba izay tokony hahazo ny toeram-pitsarana teo anivon' ny mpirahalahy izay zanakalahin' i Pahôràna;

3 Ankehitriny dia ireto no anaran' ireo izay nifanditra momba ny toeram-pitsarana izay nahatonga koa ny vahoaka hifanditra: I Pahôràna, i Pahankia ary i Pakomenia.

4 Ankehitriny dia tsy ireo ihan' ny no zanakalahin' i Pahôràna (fa nanana maro izy), saingy izy ireo no ireo izay nifanditra momba ny toeram-pitsarana; noho izany, izy ireo dia nahatonga fizarana telo teo anivon' ny vahoaka.

5 Na dia teo aza izany, ny zavavitranga dia notendren' ny "feon' ny vahoaka i Pahôràna ho lohan' ny mpitsara sy governora teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

6 Ary ny zavavitranga, nony nahita i Pakomenia fa tsy nety ho azony ny toeram-pitsarana, dia nitambatra tamin' ny feon' ny vahoaka izy.

7 Nefa indro, i Pahankia sy ilay ampahany tamin' ny vahoaka izay naniry ny hahatonga azy

ho mpanjakany dia nisafoaka izaitsizy tokoa; koa efa saika hanasohaso ny vahoaka izy hanangana fikomiana amin' ireo rahalahiny.

8 Ary ny zavavitranga, raha handeha hanao izany izy, dia indro, nalaina sy notsaraina izy, araka ny feon' ny vahoaka, ary nohelohina ho faty; fa efa nanangana fikomiana izy ary nikatsaka ny handrava ny "fahafahan' ny vahoaka.

9 Ankehitriny nony nahita ireo olona izay naniry azy ho tonga governorany ireo fa nohelohina ho faty izy, dia tezitra izy ireo, ary indro, nirahiny izany Kiskomena izany, hankany amin' ny toeram-pitsaran' i Pahôràna, ary namono an' i Pahôràna raha iny izy nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana iny.

10 Ary nenjehin' ny mpanompon' i Pahôràna izy; nefa indro, haingana loatra ny fandosiran' i Kiskomena ka tsy nisy olona afaka nanatratra azy.

11 Ary nankany amin' ireo izay naniraka azy izy, ary efa nifanao dina izy rehetra, eny, nianiana tamin' ny Mpahary azy ireo mandrakizay fa izy ireo dia tsy hiteny amin' ny olona fa i Kiskomena no efa namono an' i Pahôràna.

12 Noho izany, i Kiskomena dia tsy fantatra teo anivon' ny vahoakan' i Nefia, fa niova endrika izy tamin' ny fotoana izay namonoany an' i Pahôràna. Ary i Kiskomena sy ny tariny izay efa nifanao dina taminy dia

niharoharo tany anivon' ny vahoaka, tamin' ny fomba izay tsy nahafahana nahafantatra azy ireo; fa izay rehetra fantatra kosa dia nohelohina ho "faty.

13 Ary ankehitriny, indro, notendrena i Pakomenia, araka ny feon' ny vahoaka, ho tonga lohan' ny mpitsara sy governora eo amin' ny vahoaka, hitondra eo amin' ny toeran' i Pahôràna rahalahiny; ary izany dia araka ny zony. Ary natao izany rehetra izany tamin' ny taona fahefapolon' ny fitondran' ny mpitsara; ary nanam-piafarana izany.

14 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahiraika amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia efa naha-tafavory miaraka vata-miaramila tsy tambo isaina ny Lamanita koa nampirongo azy sabatra sy simetera ary tsipika sy zana-tsipika, ary sattro-by sy saron-tratra, ary rehefa mety ho ampinga rehetra isankarazany.

15 Ary nidina indray izy ireo mba hahazoany mamaky ady amin' ny Nefita. Ary izy ireo dia notarihin' ny lehilahy iray izay i Kôriantomira no anarany; ary tamingan' i Zarahemlà izy; ary mpiendaka avy teo anivon' ny Nefita; sady lehilahy vaventy no matanjaka.

16 Koa, ny mpanjakan' ny Lamanita, izay i Tobalôta no anarany, izay zanakalahin' i "Amôrôna, dia nihevitra fa i Kôriantomira izay lehilahy matanjaka dia afaka mifampitana amin' ny Nefita, noho ny heriny ary koa ny fahendreny lehibe,

hany ka ny fandefasana azy dia mety hahazoany fahefana amin' ny Nefita—

17 Koa nambosiny izy ireo ho tezitra, ary novoriany miaraka ny miaramilany sy notendreny i Kôriantomira ho mpitondra azy ary nataony izay hidinany any an-tanin' i Zarahemlà mba hiady amin' ny Nefita.

18 Ary ny zava-nitranga, noho ny fifandirana be tokoa sy ny savorovoro be tokoa tao amin' ny governemanta dia tsy nitana mpiambina ampy tao an-tanin' i Zarahemlà izy ireo; satria efa noheveriny fa ny Lamanita dia tsy ho sahy hiditra ny aty taniny ka hanafika ny tanàna lehiben' i Zarahemlà.

19 Nefa ny zava-nitranga dia nandeha nitarika ny miaramilany sesehena i Kôriantomira ary nanafika ny mponin' ny tanàna, ary lehibe izaitsizy tokoa toy izany ny hafaingan' ny diany ka tsy nisy fotoana ho an' ny Nefita mba hamoriana miaraka ny miaramilany.

20 Koa namono ny mpiambina teo akaikin' ny vavahadin' ny tanàna i Kôriantomira ary nandeha niaraka tamin' ny miaramilany iray manontolo nankao an-tanàna ary novonoiny ny tsirairay izay nanohitra azy, hany ka noraisiny ny fizakana ny tanàna iray manontolo.

21 Ary ny zava-nitranga, i Pakomenia izay lohan' ny mpitsara dia nandositra teo anoloan' i Kôriantomira hatrany amin' ny mandan' ny tanàna aza. Ary ny zava-nitranga dia

nasian' i Kôriantomira teo amin' ny manda izy ka maty. Ary dia toy izany no niafaran' ny andron' i Pakomenia.

22 Ary ankehitriny, nony nahita i Kôriantomira fa nizaka ny tanànan' i Zarahemlà izy, ary nahita fa ny Nefita dia efa nandositra teo anoloany sy novonoina ary nalaina sy natsipy tao am-ponja, ary efa nahazo ny fizakana ny toerana mafy indrindra teo amin' ny tany rehetra izy, dia nahazo hery ny fony hany ka efa saika handeha hiady amin' ny tany rehetra izy.

23 Ary ankehitriny dia tsy nitaredretra tao an-tanin' i Zarahemlà izy fa nandeha kosa niaraka tamin' ny miaramila sesehena nankany an-tanànan' i Soafeno; fa tapa-kevitra izy ny handeha sy hisava ny lalany amin' ny sabatra mba hahazoany maka ny faritra avaratra amin' ny tany.

24 Ary, noho ny fiheverana fa ny heriny lehibe indrindra dia tao afovoan-tany, noho izany dia nandeha izy, tsy nanome azy ireo fotoana hiarahany mifamory afa-tsy tamina vondrona kely; ary tamin' izany fomba izany no nanafihany azy ireo sy nijinjany azy ireo ho lavo tamin' ny tany.

25 Nefa indro, izany dian' i Kôriantomira namakivaky ny afovoan-tany izany dia nanome an' i Môrônihà tombony lehibe taminy, na dia teo aza ny habetsahan' ny isan' ny Nefita izay novonoina.

26 Satria indro, efa nihevitra

i Môrônihà fa tsy ho sahy hiditra ny afovoan-tany ny Lamanita, fa hanafika kosa ny tanàna manodidina ao amin' ny sisin-tany, toy izay efa nataony hatrizao; koa nataon' i Môrônihà izay hitanan' ny miaramilany matanjaka ireo faritra manodidina akaikin' ny sisin-tany ireo.

27 Nefa indro, tsy natahotra araka ny faniriany ny Lamanita, fa efa niditra kosa ny afovoan-tany izy sy naka ny renivohitry ny tanàna, dia ny tanànan' i Zarahemlà ary nandeha namakivaky ny faritra lehibe indrindra tamin' ny tany, nandringana ny olona tamin' ny fandranganana be, na lahy na vavy na ankizy, nandray ny fizakana ny tanàna maro sy ny toeram-pamaharana maro.

28 Saingy nony efa hitan' i Môrônihà izany, dia nandefa avy hatrany an' i Lehia niaraka tamin' ny miaramila manodidina izy mba hihoatra azy mialohan' ny hahatongavany ao an-tanin' i Soafeno.

29 Ary izy dia nanao araka izany; ary nihoatra azy talohan' ny nahatongavany tao an-tanin' i Soafeno izy ary namaky ady taminy, hany ka nanomboka nihemotra izy, niverina nankany an-tanin' i Zarahemlà.

30 Ary ny zava-nitranga dia nialoha lalana azy tamin' ny fihemorany i Môrônihà ary namaky ady taminy, hany ka nanjary nandriaka izaitsizy tokoa ny ra tamin' ny ady; eny, maro no voavono, ary tao anatin' ireo

izay voavono dia nahitana koa an' i "Kôriantomira.

31 Ary ankehitriny, indro, tsy afaka nihemotra na taiza na taiza ny Lamanita, na tao avatratra, na tao atsimo, na tao atsinanana, na tao andrefana, fa nohodidinin' ny Nefita tamin' ny lafiny rehetra izy.

32 Ary dia toy izany no efa nandetehan' i Kôriantomira ny Lamanita tao anivon' ny Nefita, hany ka teo ambany fahefan' ny Nefita izy, ary izy tenany dia efa voavono, ary ny Lamanita dia nitolo-batana ho eo antanan' ny Nefita.

33 Ary ny zava-nitranga dia nandray ny fizakana ny tanànan' i Zarahemlà indray i Môrônihà sy nanao izay hiaingan' ny Lamanita izay efa nalaina ho babo hiala ny tany tamin' ny fandriampahalemana.

34 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara.

TOKO 2

Tonga lohan' ny mpitsara i Helamàna, zanakalahin' i Helamàna — Nitarika ny antokon' i Kiskomena i Gadiantôna — Namono an' i Kiskomena ny mpanompon' i Helamàna, ary nilefa nankany antany foana ny tarik' i Gadiantôna. Tokony ho 50–49 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, tamin' ny taona faharoa amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara, taorian' ny efa nampiorenan' i

Môrônihà indray ny fandriampahalemana teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita, dia indro tsy nisy nameno ny toeram-pitsarana; noho izany dia nanomboka nisy fifandirana indray teo anivon' ny vahoaka momba izay hameno ny toeram-pitsarana.

2 Ary ny zava-nitranga dia i Helamàna izay zanakalahin' i Helamàna no notendren' ny feon' ny vahoaka hameno ny toeram-pitsarana.

3 Nefa indro, i "Kiskomena izay efa namono an' i Pahôràna dia namela otrika handringanana an' i Helamàna koa; ary izy dia notohan' ny antokony izay efa nifanao dina fa tsy hisy hahafantatra ny faharatsiany.

4 Fa nisy izany "Gadiantôna izany, izay havanana izaitsizy tokoa tamin' ny teny maro ary koa tamin' ny famitahany, izay nitozo tamin' ny asa miafin' ny famonoana sy ny fandrohana; noho izany izy dia nanjary mpitondra ny antokon' i Kiskomena.

5 Koa nohasohasoiny izy ireo ary koa i Kiskomena, fa raha mametraka azy eo amin' ny toeram-pitsarana izy ireo dia hotoviny amin' ireo izay ao amin' ny antokony ireo ny fametrahana azy ireo ao amin' ny hery sy ny fahefana eo anivon' ny vahoaka; noho izany i Kiskomena dia nikatsaka ny hamongotra an' i Helamàna.

6 Ary ny zava-nitranga raha nandeha nankany amin' ny toeram-pitsarana izy hamongotra an' i Helamàna, dia indro

ny anankiray tamin' ny mpanompon' i Helamàna, rehefa nivoaka tamin' ny alina sy efa nahazo, tamin' ny alalan' ny fiovan' endrika, fahalalana ny amin' ireo tetika ireo izay efa novolavolain' ity antoko ity hamongorana an' i Helamàna —

7 Ary ny zava-nitranga dia nahaona tamin' i Kiskomena izy sy nanome azy famantarana iray; noho izany i Kiskomena dia nampahalala azy ny tanjon' ny faniriany, naniry ny hitarihany azy any amin' ny toeram-pitsarana mba hahazoany mamono an' i Helamàna.

8 Ary nony efa nahalala ny fon' i Kiskomena manontolo ny mpanompon' i Helamàna ary nahalala fa ny tanjony dia ny hamono, ary koa ny tanjon' ireo rehetra ireo izay ao amin' ny antokony dia ny hamono sy handroba ary hahazo fahefana, (ary izany no "tetiny miafina sy tsikombakombany) dia hoy ny mpanompon' i Helamàna tamin' i Kiskomena: Aoka isika handeha hankany amin' ny toeram-pitsarana.

9 Ankehitriny dia nahafinaritra an' i Kiskomena izaitsyzy tokoa izany, satria nihevitra izy fa hahatanteraka ny fikasany; nefa indro, ny mpanompon' i Helamàna, raha nandeha nankany amin' ny toeram-pitsarana izy ireo, dia nitomboka an' i Kiskomena teo amin' ny fony, ka dia nianjera izy, maty tsy nigiaika. Ary nihazakazaka izy sy niteny

tamin' i Helamàna ny zavatra rehetra izay efa hitany sy reny ary nataony.

10 Ary ny zava-nitranga dia nampaniraka hisambotra ity antokona mpandroba sy mpamono miafina ity i Helamàna mba hahazoana manjedana azy ireo araka ny lalàna.

11 Nefa indro, nony nahita i Gadiantôna fa tsy niverina i Kiskomena, dia natahotra izy fandrao hofongorana; koa nataony izay hanarahan' ny antokony azy. Ary vaky nandositra niala ny tany, tamin' ny lalana miafina, nankany an-tany foana izy ireo; ary dia toy izany no tsy nahafahana nahita azy ireo na taiza na taiza rehefa naniraka i Helamàna hampisambotra azy ireo.

12 Ary horeshahina misimisy kokoa ny amin' ity Gadiantôna ity any aoriana. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona faharoa amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

13 Ary indro, any amin' ny faran' ity boky ity dia ho hitanareo fa ity "Gadiantôna ity no nahatonga ny fianjerana, eny, saika ny famongorana tanteraka ny vahoakan' i Nefia.

14 Indro, ny tiako holazaina dia tsy ny fiafaran' ny bokin' i Helamàna, fa ny tiako holazaina kosa dia ny fiafaran' ny bokin' i Nefia izay efa nangalako ny fitantarana rehetra izay efa nosoratako.

TOKO 3

Nifindra monina tany amin' ny tany andafiavaratra ny Nefita maro—Nanorina trano tamin' ny simenitra sy nitana rakitsoratra maro izy ireo—An' alina no niova fo sy natao batisa—Nitarika ny olona hankamin' ny famonjena ny tenin' Andriamanitra—Nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana i Nefia, zanakalahin' i Helamàna. Tokony ho 49–39 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahatelo amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia tsy nisy fifandirana teo anivon' ny vahoakan' i Nefia afa-tsy fiavonavonana kely izay tao amin' ny fiangonana, izay nahatonga tsy fifanarahana kely sasantsasany teo anivon' ny vahoaka, dia raharaha izay voalamina tamin' ny fiafaran' ny taona fahatelo amby efapolo.

2 Ary tsy nisy fifandirana teo anivon' ny vahoaka tamin' ny taona fahefatra amby efapolo; sady tsy nisy koa fifandirana firy tamin' ny taona fahadimy amby efapolo.

3 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amby efapolo, eny, dia nisy fifandirana be sy fiendahana maro; tamin' izany dia nisy maro izaitsizy tokoa no niainga niala ny tanin' i Zarahemlà sy nankamin' ny tany “andafiavaratra handova ny tany.

4 Ary nandeha tamina halavi-

rana lehibe izaitsizy tokoa izy mandra-pahatongany teo amin' ny vondron-drano “midadasika sy ny renirano maro.

5 Eny, ary niely patrana izy na dia tany amin' ny faritry ny tany rehetra aza, na taiza na taiza faritra ka tsy efa rava sy tsy nisy vatan-kazo, noho ny mponina maro izay efa nandova ny tany teo aloha.

6 Ary ankehitriny dia tsy nisy faritry ny tany izay rava, raha tsy noho ny tsy fisiana vatan-kazo; nefa noho ny halehiben' ny “famongorana ny vahoaka izay efa nonina teo amin' ny tany teo aloha dia nantsoina hoe ^brava izany.

7 Ary tsy nisy afa-tsy vatan-kazo vitsy teo amin' ny faritry ny tany, kanefa ny vahoaka izay nandeha tany dia nanjary havanana izaitsizy tokoa tamin' ny fampiasana simenitra; koa naoriny tamin' ny simenitra ny trano izay nitoerany.

8 Ary ny zava-nitranga dia nintombo sy niely patrana izy ary nandeha avy tany amin' ny tany andafiatsimo ka hatrany amin' ny tany andafiavaratra ary niely patrana hany ka nanomboka nandrakotra ny lafin-tany manontolo, hatrany amin' ny ranomasina atsimo ka hatrany amin' ny ranomasina avaratra, hatrany amin' ny ranomasina “andrefana ka hatrany amin' ny ranomasina atsinanana.

9 Ary ny vahoaka izay tao amin' ny tany andafiavaratra dia nitoetra tao anaty lay sy tao

3 3a Almà 63:4.

4a Mòsià 8:8; Mòrm. 6:4.

6a Mòsià 21:25–27.

b Almà 22:31.

8a Almà 22:27, 32.

anaty trano vita tamin' ny sime-nitra ary namela rehefa mety ho hazo rehetra izay tokony haniry eto ambonin' ny tany izy ny hitomboany, mba hahazoany manana, amin' ny fotoana, vatan-kazo hanorenana ny tranony, eny, ny tanànanany sy ny tempoliny ary ny sinagogany sy ny fitoeramasingy ary ny karazana fanorenany rehetra.

10 Ary ny zava-nitranga, satria nahalana izaitsizy tokoa ny vatan-kazo tao amin' ny tany andafiavaratra dia nanondrana betsaka tamin' ny "sambo izy.

11 Ary dia toy izany no nahavitany ny vahoaka tao amin' ny tany andafiavaratra nanorina tanàna maro, sady tamin' ny hazo no tamin' ny simenitra.

12 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro tamin' ny "vahoakan' i Amôna, izay Lamanita arahaterahana, no nandeha koa nankamin' izany tany izany.

13 Ary ankehitriny dia misy maro ny rakitsoratra tanana momba ny zava-bitan' ity vahoaka ity, tanan' ny maro amin' ity vahoaka ity momba azy, izay amin' ny an-tsipiriany sy tena makadiry.

14 Nefa indro, ny ampahazaton' ny zava-bitan' ity vahoaka ity, eny, ny fitantarana ny amin' ny Lamanita sy ny amin' ny Nefita ary ny adiny sy ny fifandirany ary ny fisaraham-bazany ary ny fitoriany sy ny faminiany, ary ny fanondranany amin' ny sambo ary ny fanam-

boarany sambo ary ny fanorenany "tempoly sy sinagoga ary fitoeramasingy, ary ny fahamarinany sy ny faharatsiany ary ny famonoany olona ary ny fandropany sy ny famaboany fananana ary ny karazana fahavetavetana sy fijangajangana rehetra, dia tsy hita hotanana ao amin' ity asa soratra ity.

15 Nefa indro, misy boky maro sy rakitsoratra maro isan-karazany, ary ireny dia efa notanan' ny Nefita ny ankabeazany.

16 Ary ireny dia efa "natolotry ny Nefita ny taranaka ho an' ny iray hafa, ambara-pahalavo azy tao amin' ny fandikan-dalàna ka efa namonoina, nandrobana, ary nihazana sy nandroahana, ary nandringanana sy nanelezana azy tambonin' ny tany, ary nampifangaroana azy tamin' ny Lamanita ambara-piantso azy ^btsy ho Nefita intsony, satria tonga ratsy sy baribariana ary lozabe izy, eny, nanjary Lamanita mihitsy.

17 Ary ankehitriny dia iverenako indray ny fitantarako; noho izany, izay efa noteneniko dia efa nitranga taorian' ny efa nisian' ny fifandirana lehibe sy fikorontanana ary ady sy fisaraham-bazana, teo anivon' ny vahoakan' i Nefia.

18 Nifarana ny taona fahenina amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara;

19 Ary ny zava-nitranga dia mbola nisy fifandirana be teo amin' ny tany, eny, na dia tamin'

10a Almà 63:5-8.
12a Almà 27:21-26.
14a 2 Ne. 5:16;

Jakôba 1:17;
3 Ne. 11:1.
16a 1 Ne. 5:16-19;

Almà 37:4.
b Almà 45:12-14.

ny taona fahafito amby efapolo aza, ary koa tamin' ny fahavalo amby efapolo.

20 Na dia teo aza izany, dia nitondra ny toeram-pitsarana tamin' ny rariny sy ny hitsiny i Helamàna; eny, niezaka izy ny hitandrina ny fitsipika sy ny lalàna ary ny didin' Andriamanitra; ary nanao izay marina teo imason' Andriamanitra lalandava izy; ary izy dia nandeha tamin' ny lalan-drainy, hany ka dia niroborobo teo amin' ny tany.

21 Ary ny zava-nitranga dia nanana zanaka roa lahy izy. Nomeny ny anarana hoe "Nefia ny lahimatoa ary i ^bLehia ny zandriny. Ary nanomboka nitombo tao amin' ny Tompo ireo.

22 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nitsahatra kely ihany ny ady sy ny fifandirana teo anivon' ny vahoakan' ny Nefita, tamin' ny tapany farany ny taona fahavalo amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

23 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahasivy amby efapolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nisy fandriampahalemana lalandava niorina teo amin' ny tany manontolo, raha tsy teo ny tsikombakomba miafina izay efa naorin' i "Gadiantôna ilay jiolahy tamin' ny faritry ny tany be mponina kokoa, izay tsy fantatr' ireo izay lohan' ny governemanta tamin' izany fotoana izany;

noho izany dia tsy nofongorana ho foana tamin' ny tany izy ireo.

24 Ary ny zava-nitranga, tamin' izany taona izany ihany, dia nisy fandrosoana lehibe izaitaisy tokoa tao amin' ny fiangonana, hany ka nisy an' arivony no nikambana tamin' ny fiangonana sy natao batisa ho amin' ny fibebahana.

25 Ary lehibe tokoa ny fandrosoan' ny fiangonana, ka maro tokoa ny fitahiana izay nirotsaka tamin' ny vahoaka, ka na dia ny tenan' ny mpisorona avo sy ny mpampianatra aza dia nitalanjona nihoa-pampana.

26 Ary ny zava-nitranga dia nandroso ny asan' Andriamanitra tamin' ny fanaovana batisa sy ny fampiraisana tamin' ny fiangonan' Andriamanitra, fanahy maro, eny, an' alina mihitsy.

27 Dia toy izany no ahazoantsika mahita fa ny Tompo dia feno famindram-po amin' ireo rehetra izay hiantso ny anarany masina amin' ny fahatsoran' ny fony.

28 Eny, dia toy izany no ahitantsika fa ny "vavahadin' ny lanitra dia mivoha ho an' ny ^brehetra, dia ho an' ireo izay hino ny anaran' i Jesoa Kristy izay Zanak' Andriamanitra.

29 Eny, hitantsika fa izay rehetra manaiky dia mahazo miha-zona ny "tenin' Andriamanitra, izay ^bmailaka sy mahery, izay hampisaratsaraka ny hafetsena

21a TSM Nefia,
Zanakalahin' i
Helamàna.
b TSM Leahia, Misiônera

Nefita.
23a Hel. 2:4.
28a 2 Ne. 31:9, 17.
b Asa 10:28;

Roma. 2:10–11.
29a TSM Tenin'
Andriamanitra.
b Heb. 4:12; F&F 11:2.

rehetra sy ny fandrika ary ny famitahan' ny devoly sy hitarika ny olon' i Kristy amin' ny lalana ety sy "tery mamakivaky ny "tevan' ny fahoriana maharitra mandrakizay, izay voamana hitelina ny olon-dratsy —

30 Ary hametraka ny fanahiny, eny, ny fanahiny tsy mety maty eo an-"tanana ankavanan' Andriamanitra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra mba hiaramitoetra amin' i Abrahama sy i Isaka ary miaraka amin' i Jakoba sy miaraka amin' ny razantsika masina rehetra, ka tsy hivoaka any ivelany intsony.

31 Ary tamin' izany taona izany dia nisy haravoana lalandava tao an-tanin' i Zarahemlà sy tamin' ny faritra rehetra manodidina, dia tamin' ny tany rehetra izay nozakain' ny Nefita.

32 Ary ny zava-nitranga dia nisy fandriampahalemana sy fifaliana lehibe izaitsizy tokoa tamin' ny tapany farany ny taona fahasivy amby efapolo; eny, ary nisy koa fandriampahalemana lalandava sy fifaliana lehibe tamin' ny taona fahadimampolon' ny fitondran' ny mpitsara.

33 Ary tamin' ny taona fahiraika amby dimampolon' ny fitondran' ny mpitsara dia nisy fandriampahalemana koa, raha tsy teo ny fiavonavonana izay nanomboka niditra tao ampiangonana — tsy tao amin' ny fiangonan' Andriamanitra, fa

tao am-pon' ny olona kosa izay nihambo ho isan' ny fiangonan' Andriamanitra —

34 Ary efa tafasondrotra tao amin' ny "avonavona izy, hatrany amin' ny fanenjehana ny maro tamin' ny rahalahiny. Ankehitriny, izany dia faharatsiana lehibe izay nahatonga ny ampahany nanetry tena koa tamin' ny vahoaka hiaritra fanenjehana lehibe sy handeha mamakivaky fahoriana be.

35 Na dia teo aza izany, dia "nifady hanina sy ^bnivavaka matetika izy, ary nihanahery kokoa hatrany hatrany tao amin' ny "fietreny sy nihamafy kokoa hatrany hatrany tao amin' ny finoana an' i Kristy, hany ka heniky ny fifaliana sy ny fiononana ny fanahiny, eny, na dia hatramin' ny "fanadiovana sy ny ^ffanamasinana ny fony aza, izay fanamasinana tonga noho ny ^snanolorany ny fony ho an' Andriamanitra.

36 Ary ny zava-nitranga dia nifarana tao amin' ny fandriampahalemana koa ny taona faharoa amby dimampolo, raha tsy teo ny avonavona lehibe izaitsizy tokoa izay efa niditra ny fon' ny vahoaka; ary izany dia noho ny "hareny lehibe izaitsizy tokoa sy ny firoboroboany teo amin' ny tany; ary nitombo teo aminy isan' andro isan' andro izany.

37 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahatelo amby dimam-

29d 2 Ne. 9:41; 33:9.

e 1 Ne. 15:28-30.

30a Mat. 25:33-34.

34a TSM Fiavonavonana.

35a TSM Fifadian-kanina.

b TSM Vavaka.

d TSM Fanetren-tena.

e TSM Madio.

f TSM Fanamasinana.

g 2 Tan. 30:8;

Môsîa 3:19.

36a TSM Harena.

polon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nodimandry i Helamàna, ary i Nefia zanany lahimatoa no nitondra teo amin' ny toerany. Ary ny zava-nitranga dia nitondra ny toeram-pitsarana tamin' ny rariny sy ny hitsiny izy; eny, nitandrina ny didin' Andriamanitra sy nandeha tamin' ny lalan-drainy izy.

TOKO 4

Nampitambatra ny heriny ny mpiendaka Nefita sy ny Lamanita ary naka ny tanin' i Zarahemlà — Tonga ny faharesen' ny Nefita noho ny faharatsiany — Nihemotra ny fiangonana, ary nanjary nalemy toy ny Lamanita ny vahoaka. Tokony ho 38-30 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga tamin' ny taona fahefatra amby dimampolo, dia nisy fisaraham-bazana maro tao amin' ny fiangonana, ary nisy koa "fifandirana teo anivon' ny vahoaka, hany ka nisy fandatsahan-dra be.

2 Ary ny ampahan' ny mpikomy dia novonoina sy noroahina hiala ny tany, ary nandeha izy ireo nankany amin' ny mpanjakan' ny Lamanita.

3 Ary ny zava-nitranga dia noezahany ny hamoky ny Lamanita hiady amin' ny Nefita; nefa indro, natahotra izaitsizy tokoa ny Lamanita, hany ka tsy tiany henoina ny tenin' ireo mpiendaka ireo.

4 Nefa ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amby

dimampolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nisy ny "mpien-daka izay nandeha niakatra avy tany amin' ny Nefita nankany amin' ny Lamanita; ary dia nahomby ireo, niaraka tamin' ireo hafa, tamin' ny famokisana azy ho tezitra amin' ny Nefita; ary niomana ho amin' ny ady izy tamin' izany mandavantao-na izany.

5 Ary tamin' ny taona fahafito amby dimampolo dia nandeha nidina izy hiady amin' ny Nefita, ary natombony ny asan' ny fahafatesana; eny, hany ka tamin' ny taona fahavalo amby dimampolon' ny fitondran' ny mpitsara dia nahomby izy tamin' ny fahazoana ny fizakana ny tanin' i Zarahemlà; eny, ary koa ny tany rehetra, na dia hatramin' ny tany izay akaikin' ny tanin' i Soafeno aza.

6 Ary ny Nefita sy ny miaramilan' i Môrônihà dia voatosika hatrany an-tanin' i Soafeno;

7 Ary tao izy no nanamafy ny toeram-piarovana hanoherana ny Lamanita, hatrany amin' ny ranomasina andrefana ka hatrany atsinanana; izany dia lalana indray andro ho an' ny Nefita iray, manaraka ny faritra izay efa nohamafisiny sy nametrahany ny miaramilany hiaro ny taniny avaratra.

8 Ary dia toy izany no efa nahazoan' ireo mpiendaka tamin' ny Nefita ireo, niaraka tamin' ny fanampian' ny miaramilan' ny Lamanita sesehena, ny fananan' ny Nefita rehetra izay tao

amin' ny tany andafiatsimo. Ary izany rehetra izany dia efa natao tamin' ny taona fahavalo amby dimampolo sy fahasivy amby dimampolon' ny fitondran' ny mpitsara.

9 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahenimpolon' ny fitondran' ny mpitsara dia nahomby i Môrônihà sy ny miamilany tamin' ny fahazoana faritra maro tamin' ny tany; eny, azony indray ny tanàna maro izay efa nianjera teo an-tanan' ny Lamanita.

10 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahiraika amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nahomby izy tamin' ny fahazoana indray, na dia ny antsasaky ny fananany rehetra aza.

11 Ankehitriny izany famoizana lehibe an' ny Nefita izany sy ny fandranganana lehibe izay nisy teo anivony dia tsy ho nitranga raha tsy noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany izay nisy teo anivony; eny, izany koa dia teo anivon' ireo izay nihambo ho isan' ny fiangonan' Andriamanitra.

12 Ary izany dia noho ny "avonavon' ny fony, noho ny ^bhareny fatratra, eny, izany dia noho ny fampahorianany ny ^dmahantra, ny fihazonany ny hani-ny tsy ho an' ny noana, ny fihazonany ny fitafiany tsy ho an' ny mitanjaka sy ny fitehafana teo amin' ny takolaka ny rahalahiny miety tena, ny fanarabiana izay masina, ny fandavana ny

fanahin' ny faminaniana sy ny an' ny fanambarana, ny famonoana, ny fandrohana, ny fangalarana, ny fangajangana, ny fananganana fifandirana lehibe ary ny fitsoahany nankany an-tanin' i Nefia, tany anivon' ny Lamanita —

13 Ary noho izany faharatsiany lehibe izany sy ny "fireharehany tamin' ny heriny ihany, dia navela tao amin' ny heriny ihany izy; noho izany izy dia tsy niroborobo, fa nampahoriana sy nokapohina kosa ary noroahina teo anoloan' ny Lamanita, mandra-pahatonga ny fizakana saiky ny taniny rehetra ho very.

14 Nefa indro, i Môrônihà dia nitory zavatra maro tamin' ny vahoaka noho ny helony, ary i "Nefia sy i Lehia koa izay zanakalahin' i Helamàna dia nitory zavatra maro tamin' ny vahoaka, eny, naminany zavatra maro taminy momba ny helony sy izay hanjo azy raha tsy mibebaka amin' ny fahotany izy.

15 Ary ny zava-nitranga dia nibebaka izy, ary arakaraka ny nibebahany no nanombohany niroborobo.

16 Fa nony nahita i Môrônihà fa nibebaka izy dia sahiny ny nitarika azy isan-toerana sy isan-tanàna, mandra-pahazoany indray ny antsasaky ny fananany sy ny antsasaky ny taniny rehetra.

17 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika amby

12a Oba. 1:3-4;
F&F 101:42.
b 1 Tim. 6:17;

2 Ne. 9:42.
d F&F 42:30-31.
13a TSM Fiavonavonana.

14a Hel. 3:21.

enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara.

18 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona faharoa amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia tsy nety nahazo fananana intsony tamin' ny Lamanita i Môrônihà.

19 Koa nafoiny ny fikasany hahazo ny sisa tavela tamin' ny taniny, fa maro loatra ny Lamanita ka nanjary tsy vitan' ny Nefita ny hanana fahefana misimisy kokoa aminy; noho izany i Môrônihà dia nampiasa ny miaramilany rehetra hitana ireo faritra izay efa azony ireo.

20 Ary ny zava-nitranga, noho ny habetsahan' ny isan' ny Lamanita, dia tao amin' ny tahotra be ny Nefita fandrao ho resy tosika sy ho voahosihosy ary ho voavono sy ho voaringana izy.

21 Eny, nanomboka nahatsiaro ny faminanian' i Almà izy, ary koa ny tenin' i Môsià; ary hitany fa efa nanjary vahoaka mafy hatoka izy ary nataony tsinontsinona ny didin' Andriamanitra;

22 Ary efa novany sy nohosihoseny tamin' ny tongony ny "lalàn' i Môsià, na izay nandidian' ny Tompo azy homena ny vahoaka; ary hitany fa ny lalàny dia efa nivaona ary efa nanjary vahoaka mamohetra izy, hany ka efa lasa mamohetra mihi-tsy toy ny Lamanita.

23 Ary noho ny helony dia efa nanomboka "nihemotra ny fiangonana; ary nanomboka tsy nino

ny fanahin' ny faminiana sy ny fanahin' ny fanambarana izy; ary ny fitsaran' Andriamanitra dia nibanjina azy nifanatrika.

24 Ary hitany fa efa "nalemby tahaka ny Lamanita rahalahiny izy, fa tsy nitsimbina azy intsony ny Fanahin' ny Tompo; eny, izany dia efa nisintona niala tamin' ny, satria tsy mitoetra ao amin' ny tempoly izay ^btsy masina ny "Fanahin' ny Tompo—

25 Noho izany ny Tompo dia nitsahatra nitsimbina azy tamin' ny heriny mahagaga sy tsy manan-tsahala, satria efa lavo tao amin' ny toetry ny "tsy finoana sy ny faharatsiana mahatsiravina izy; ary hitany fa ny Lamanita dia maro izaitsizy tokoa noho izy, ary raha tsy ^bfikiriny ny Tompo Andriamaniny, dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy hahafaty azy.

26 Fa indro, hitany fa ny tanjaky ny Lamanita dia lehibe toy ny tanjany, olona iray ho an' ny olona iray. Ary dia toy izany no efa nahalavo azy tao amin' izao fandikan-dalàna lehibe izao; eny, dia toy izany no efa nahatonga azy ho malemy, noho ny fandikany lalàna, tao anatin' ny taona "tsy dia maro loatra.

TOKO 5

Nanokana ny tenany ho amin' ny fitoriana i Nefia sy i Lehia—Nitaona azy ireo ny anarany hampi-

22a Almà 1:1.

23a TSM Apôstazia.

24a Môsià 1:13.

b Môsià 2:37;

Almà 7:21; 34:36.

d TSM Fanahy Masina.

25a TSM Tsy Finoana.

b Jakôba 6:5.

26a Almà 46:8;

Hel. 12:3–4.

taha ny fiainany amin' ny an' ny razany—Nanavotra ireo izay nibebaka i Kristy—Nahatonga ny olona maro hiova fo i Nefia sy i Leahia ary notanana am-ponja sy nohodidinin' ny afo izy ireo—Nanaloka olona telonjato ny rahon' ny haizina—Nihovitrovitra ny tany, ary nandidy ny olona hibebaka ny feo iray—Nitafasiry tamin' ny anjely i Nefia sy i Leahia, ary nohodidin' ny afo ny besinimaro. Tokony ho 30 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, tamin' izay taona izay ihany dia indro, natolotr' i "Nefia ny lehilahy iray izay i Sezōrama no anarany ny toeram-pitsarana.

2 Fa satria ny lalàny sy ny governemantany dia efa nampiorenin' ny "feon' ny vahoaka, ary ireo izay ^bnifidy ny ratsy dia maro an' isa kokoa noho ireo izay nifidy ny tsara, koa masaka ho amin' ny famongorana izy fa efa nivaona ny lalàna.

3 Eny, ary tsy izay ihany fa vahoaka mafy hatoka koa izy, hany ka tsy azo entina araka ny lalàna sy ny hitsiny, raha tsy ho fandravana azy.

4 Ary ny zava-nitranga dia efa sasatra i Nefia noho ny helony; ary "nafoiny ny toeram-pitsarana ka noraisiny ho an' ny tenany ny hitory ny tenin' Andriamanitra amin' ny androny sisa rehetra, ary torak' izany koa i Leahia rahalahiny, amin' ny androny sisa rehetra;

5 Fa tsaroany ny teny izay

notenenin' i Helamàna rainy taminy. Ary izao no teny izay noteneniny:

6 Indro, ry zanako, maniry aho ny hahatsiarovanareo ny hitan-drina ny didin' Andriamanitra; ary mba tiako ny hilazanareo amin' ny vahoaka ireto teny ireto. Indro, efa nomeko anareo ny anaran' ny "ray aman-drenintsika voalohany izay nivoaka avy tao an-tanin' i Jerosalema; ary izany no efa nataoko dia ny hahazoanareo mahatsiaro azy rehefa mahatsiaro ny anarana-reo ianareo; ary rehefa mahatsiaro azy ianareo, dia ny hahazoanareo mahatsiaro ny asany; ary rehefa mahatsiaro ny asany ianareo dia ny hahazoanareo mahafantatra fa voalaza ary koa voasoratra fa ^btsara ireny.

7 Noho izany, ry zanako, dia mba tiako ny hanaovanareo izay tsara mba hahazoana milaza ary koa manoratra ny momba anareo, tahaka izay efa nolazaina sy nosoratana momba azy ireo.

8 Ary ankehitriny ry zanako, indro somary manan-javatra misimisy iriana aminareo ihany aho, izany faniriana izany dia ny tsy hanaovanareo ireo zavatra ireo hahazoanareo mihambo, fa ny hanaovanareo kosa ireo zavatra ireo hiharianareo ho an' ny tenanareo "harena any an-danitra, eny, izay mandrakizay sy izay tsy mety levona; eny, mba hahazoanareo manana izany ^bfanomezana sarobidin' ny fiainana mandrakizay izany

5 1a Hel. 3:37.
2a Môsîà 29:25-27.
b Almà 10:19.

4a Almà 4:15-20.
6a 1 Ne. 1:1, 5.
b 2 Ne. 33.

8a 3 Ne. 13:19-21.
b F&F 14:7.

izay ananantsika antony hiheverana fa efa nomena ny razantsika izany.

9 Ô tsarovy, tsarovy, ry zanako, ny “teny izay notenenin’ i Benjamîna mpanjaka tamin’ ny vahoakany; eny, tsarovy fa tsy misy lalana na fomba izay hahafahana mamonjy ny olona, raha tsy amin’ ny alalan’ ny ^bran’ ny sorompanavotan’ i Jesoa Kristy izay ho avy; eny, tsarovy fa ho avy Izy “hanavotra “izao tontolo izao.

10 Ary tsarovy koa ny “teny izay notenenin’ i Amioleka tamin’ i Zezrôma, tao an-tanànan’ i Amônihà; satria nolazainy taminy fa ho avy marina tokoa ny Tompo hanavotra ny olony, saingy tsy ho avy Izy hanavotra azy ao amin’ ny fahotany, fa hanavotra azy kosa amin’ ny fahotany.

11 Ary manana ny fahefana nomena Azy avy amin’ ny Ray Izy mba hanavotra azy amin’ ny fahotany noho ny fibebahana; noho izany Izy dia efa “naniraka ny anjeliny hilaza ny vaovao momba ny fepetran’ ny fibebahana, izay mitondra mankamin’ ny herin’ ny Mpanavotra ho famonjena ny fanahiny.

12 Ary ankehitriny, ry zanako, tsarovy, tsarovy fa eo amin’ ny “vatolampin’ ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak’ Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny ^bfototrareo; ka

rehefa handefa ny rivo maheriny ny devoly, eny, ny zana-tsipikany ao amin’ ny tadio, eny, rehefa hamely anareo ny havandran’ rehetra sy ny “tafiotra maheriny, dia tsy hanan-kery aminareo izany mba hisintona anareo hidina any amin’ ny hantsan’ ny fahoriana sy ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan’ ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy.

13 Ary ny zava-nitranga dia ireo no teny izay “nampianarin’ i Helamàna ny zanany lahy; eny, nampianariny azy ireo ny zavatra maro izay tsy voasoratra ary koa ny zavatra maro izay voasoratra.

14 Ary izy ireo dia nahatsiaro ny teniny; ary noho izany dia nandeha izy ireo nitandrina ny didin’ Andriamanitra mba hampianatra ny tenin’ Andriamanitra any anivon’ ny vahoakan’ i Nefia rehetra, nanomboka tao an-tanànan’ i Soafeno;

15 Ary avy tao dia tao an-tanànan’ i Gida; ary avy tao an-tanànan’ i Gida dia tao an-tanànan’ i Mioleka;

16 Ary dia avy tamin’ ny tanàna iray nankamin’ ny iray hafa, mandra-pandehanany tany anivon’ ny vahoakan’ i Nefia rehetra izay tao amin’ ny tany andafiatsimo; ary avy tao dia nankao

9a Môsîà 2:9.

b Môsîà 3:17–18.

TSM Sorompanavotana.

d TSM Fanavotana.

e TSM Izaio Tontolo

Izaio—Ny olona izay tsy mankatò ny didin’ Andriamanitra.

10a Almà 11:34.

11a Almà 13:24–25.

12a Mat. 7:24–27;

F&F 6:34; Mos. 7:53.

TSM Vato Fehizoro;

Vatolampy.

b Isa. 28:16; Jakôba 4:16.

d 3 Ne. 14:25, 27.

13a Môsîà 1:4.

amin' ny tanin' i Zarahemlà, tany anivon' ny Lamanita.

17 Ary ny zava-nitranga dia nitory tamin-kery lehibe izy ireo, hany ka nampangaihaiziny ny maro tamin' ireny "mpiendaka ireny izay efa niala avy tany amin' ny Nefita, hany ka nandroso izy ireny sy niaiky ny fahotany ary natao batisa ho amin' ny fibebahana sy niverina avy hatrany tany amin' ny Nefita mba hiezaka ny hanarina aminy ny hadisoana izay efa nataony.

18 Ary ny zava-nitranga dia nitory tamin' ny Lamanita tamin' ny hery sy fahefana lehibe toy izany i Nefia sy i Lehia, satria nananany ny hery sy ny fahefana nomena azy ireo mba hahazoany "miteny ary nananany koa izay tokony hoteneniny nomena azy ireo—

19 Noho izany izy ireo dia niteny ho fahagagana lehibe ho an' ny Lamanita, ho "fandresendahatra azy, hany ka nisy valo arivo tamin' ny Lamanita izay tao an-tanin' i Zarahemlà sy ny manodidina no natao batisa ho amin' ny fibebahana ary resy lahatra ny amin' ny faharatsian' ny fomban' ny razany.

20 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nankao an-tanin' i Nefia i Nefia sy i Lehia rehefa avy teo.

21 Ary ny zava-nitranga dia nalain' ny miaramilan' ny Lamanita izy ireo sy natsipiny tao am-ponja; eny, dia tao amin'

ilay fonja ihany izay nanipazan' ny mpanompon' i Limia an' i Amôna sy ny rahalahiny.

22 Ary taorian' ny nanipazana azy ireo tao am-ponja andro maro tsisy hanina, dia indro, nandeha nankao am-ponja izy ireo haka azy ireo mba hahazoany mamono azy ireo.

23 Ary ny zava-nitranga dia voahodidina i Nefia sy i Lehia, miova tsy ny tamin' ny "afo, hany ka tsy sahiny ny naninjitra ny tanany taminy noho ny fahatahorany fandrao ho may. Kanefa tsy may i Nefia sy i Lehia; ary izy ireo dia toy ny mijoro eo afovoan' ny afo ary tsy may.

24 Ary nony hitany fa efa voahodidin' ny "andry afo izy ireo ary tsy nandro azy ireo izany, dia nahazo hery ny fony.

25 Satria hitany fa tsy sahy naninjitra ny tanany taminy ny Lamanita; tsy sahiny koa ny nanatona azy ireo akaiky, fa nijoro kosa izy ireo miova tsy ny moana noho ny fitalanjonana.

26 Ary ny zava-nitranga dia nandroso i Nefia sy i Lehia ary nanomboka niteny taminy, nanao hoe: Aza matahotra, fa indro, Andriamanitra no efa naneho taminareo izao zava-mahagaga izao, izay anehoana aminareo fa tsy afaka maninjitra ny tananareo aminay ianareo mba hamono anay.

27 Ary indro, nony efa nolazainy izany teny izany dia nihovotrovotra izaitsizy tokoa

17a Hel. 4:4.
18a F&F 100:5-8.
TSM Faminaniana.

19a TSM Fiovam-po; Asa Fitoriana.
21a Môsià 7:6-7; 21:23.

23a Eks. 3:2.
24a Eks. 14:24; 1 Ne. 1:6;
F&F 29:12; JS—T 1:16.

ny tany, ary ny rindrin' ny fonja dia nihovotrovotra miova tsy ny hirodana amin' ny tany; nefa indro, tsy nianjera izany. Ary indro, ireo izay tao am-ponja dia Lamanita sy Nefita izay mpiendaka.

28 Ary ny zava-nitranga dia nalofan' ny rahon' ny "haizina izy ireo ary tonga taminy ny tahotra tena mahatsiravina.

29 Ary ny zava-nitranga dia nisy "feo tonga toy ny tambonin' ny rahon' ny haizina, nanao hoe: Mibebaha ianareo, mibebaha ianareo ary aza mikatsaka intsony ny hamongotra ny mpanompoko izay efa nirahiko hankatỳ aminareo hilaza vao-vao mahafaly.

30 Ary ny zava-nitranga, nony efa reny izany feo izany dia tsapany fa tsy ny feon' ny kotrobaratra izany, na ny feon' ny tabataba lehibe mirohondrona, fa indro kosa izany dia "feo malefaka sy tony tanteraka miova tsy ny bitsika iray, ary izany dia nandoaka na dia hatrany amin' ny aty fanahy aza.

31 Ary na dia teo aza ny fahalefahan' ilay feo, dia indro nihovotrovotra izaitsizy tokoa ny tany ary nihorohoro indray ny rindrin' ny fonja, miova tsy ny hirodana amin' ny tany; ary indro ny rahon' ny haizina, izay efa nanaloka azy ireo dia tsy nisinda —

32 Ary indro tonga indray ilay feo, nanao hoe: Mibebaha ianareo, mibebaha ianareo, fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitra;

ary aza mikatsaka intsony ny hamongotra ny mpanompoko. Ary ny zava-nitranga dia nihovotrovotra indray ny tany ary nihorohoro ny rindrina.

33 Ary koa tonga fanintelony indray ilay feo, sy niteny taminy teny mahatalanjona izay tsy hain' ny olona tenenina; ary nihorohoro indray ny rindrina ary nihovotrovotra ny tany miova tsy ny efa hitresaka izany.

34 Ary ny zava-nitranga dia tsy afaka nandositra ny Lamanita noho ny rahon' ny haizina, izay nanaloka azy ireo; eny, ary tsy nahahetsika koa izy ireo noho ny tahotra izay tonga taminy.

35 Ankehitriny dia nisy anankiray taminy izay Nefita arapahaterahana, izay isan' ny fiangonan' Andriamanitra teo aloha saingy efa niendaka taminy.

36 Ary ny zava-nitranga dia nihodina izy, ary indro, tazany tao amin' ny rahon' ny haizina ny tarehin' i Nefia sy i Lehia; ary indro, "namirapiratra izaitsizy tokoa ireo, tahaka ny tarehin' anjely mihitsy. Ary tazany fa izy ireo dia nanandratra ny masonry nankany an-danitra; ary raha ny fihetsik' izy ireo dia toy ny miresaka na manandra-peo amina fisiana iray izay tazan' izy ireo.

37 Ary ny zava-nitranga dia nihiaka ny valalabemandry izy mba hihodinany sy hijereny. Ary indro, nisy hery nomena azy ireo ka dia nihodina izy ireo sy nijery; ary nahatazana ny tavan' i Nefia sy i Lehia izy ireo.

38 Ary hoy ireo tamin-drale-

hilahy: Indro, inona no dikan' izao zava-drehetra izao, ary iza no iarahan' ireo lehilahy ireo mitafasiry?

39 Ankehitriny ny anaran-dralehilahy dia i Aminadaba. Ary hoy i Aminadaba taminy: Izy ireo dia mitafasiry amin' ny anjelin' Andriamanitra.

40 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Lamanita taminy: "Inona no hataonay mba hahazoana manaisotra ity rahon' ny haizina ity tsy hanaloka anay?"

41 Ary hoy i Aminadaba taminy: Tsy maintsy "mibebaka ianareo, ary mihiaka an' ilay feo, mandra-panananareo ^bfinoana an' i Kristy, izay nampianarin' i Almà sy i Amioleka ary i Zezrôma anareo; ary rehefa ataonareo izany, dia hoesorina tsy hanaloka anareo ny rahon' ny haizina.

42 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nihiaka an' ilay feo efa nampihovotrovotra ny tany izy rehetra; eny, izy ireo dia nihiaka mandra-pisindan' ny rahon' ny haizina.

43 Ary ny zava-nitranga, nony nanopy ny masonry manodidina izy ireo ary nahita fa efa nisinda ny rahon' ny haizina tsy nana-loka azy ireo, dia indro, hitany fa "voatemitra manodidina izy ireo, eny, ny olona tsirairay tamin' ny andry afo.

44 Ary teo afovoan' izy ireo i Nefia sy i Lehia; eny, izy ireo dia voatemitra manodidina; eny, izy

ireo dia tahaka ny eo afovoan' ny afo mirehitra, kanefa tsy nanimba azy ireo izany sady tsy niantraika tamin' ny rindrin' ny fonja; ary nofenoina tamin' izato "fifaliana izay tsy hay tenenina izy ireo ary heniky ny voninahitra.

45 Ary indro, ny "Fanahy Masin' Andriamanitra dia nidina avy tany an-danitra sy niditra tao am-pony ary nofenoina izy ireo miova tsy ny tamin' ny afo, ary afaka ^bnilaza teny mahatalanjona izy ireo.

46 Ary ny zava-nitranga dia nisy feo tonga taminy, eny, dia feo mahafinaritra, miova tsy ny bitsika iray, nanao hoe:

47 "Fiadanana, fiadanana ho aminareo, noho ny finoanareo ny Malalako Indrindra izay hatry ny fanorenana izao ton-tolo izao.

48 Ary ankehitriny, nony nandre izany izy ireo dia nanandra-tra ny masonry toy ny hitazana izay niavian' ilay feo; ary indro, hitany ny "lanitra nisokatra; ary nidina avy tany an-danitra ny anjely sy nanompo azy ireo.

49 Ary nisy tokony ho telonjato olona no nahita sy nandre ireo zavatra ireo; ary nodidina izy ireo handeha sy tsy ho gaga na hiroanahana.

50 Ary ny zava-nitranga dia nandeha izy ireo sy nanompo ny olona, nanambara eran' ny faritra rehetra manodidina ny zavatra rehetra izay efa reny sy

40a Asa 2:37-39.

41a TSM Fibebahana.

^b TSM Finoana.

43a 3 Ne. 17:24; 19:14.

44a TSM Fifaliana.

45a 3 Ne. 9:20;

Etera 12:14.

^b TSM Fanomezam-

pahasoavan' ny Fanahy.

47a TSM Fiadanana.

48a 1 Ne. 1:8.

hitany, hany ka ny ankamaroan' ny Lamanita dia resy lahatra ny aminy, noho ny halehiben' ny porofo izay efa azony.

51 Ary izay rehetra “resy lahatra dia namela ny fitaovam-piadiany, ary koa ny fankahalany sy ny fomban' ny razany.

52 Ary ny zava-nitranga dia natolony ny Nefita ny tany fananany.

TOKO 6

Nitory tamin' ny Nefita mamohetra ny Lamanita marina — Niroborobo ny vahoaka roa tonta nandritra ny fotoan' ny fiandrian-pahalemana sy ny fahafenoana — I Losifera, fototry ny ota, dia namoky ny fon' ny olon-dratsy sy ny jirik' i Gadiantôna ho amin' ny famonoana sy ny faharatsiana — Nandray ny fitondrana ny governemanta Nefita ny jirika — Tokony ho 29–23 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga nony efa nifarana ny taona faharoa amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia efa nitranga avokoa ireo zavatra ireo ary ny Lamanita dia efa tonga olo-marina ny ankamaroany, hany ka ny “fahamarinany dia nihoatra ny an' ny Nefita, noho ny fiorenany sy ny fifotorany tao amin' ny finoana.

2 Fa indro, nisy maro tamin' ny Nefita no efa nanjary “nihamafy fo sy tsy nivalo ary bontolo ratsy tokoa, hany ka notsipahiny ny

tenin' Andriamanitra sy ny fitoriana ary ny faminaniana rehetra izay tonga tany anivony.

3 Na dia teo aza izany, ny vahoakan' ny fiangonana dia nanana fialiana lehibe noho ny fiovam-pon' ny Lamanita, eny, noho ny fiangonan' Andriamanitra, izay efa niorina tany anivony. Ary “nifampihavana sy niara-paly izy samy izy ary nanam-pifaliana lehibe.

4 Ary ny zava-nitranga dia maro tamin' ny Lamanita no nandeha nidina tany an-tanin' i Zarahemlà sy nanambara tamin' ny vahoakan' ny Nefita ny fomban' ny “fiovam-pony ary namporisika azy ho amin' ny finoana sy ny fibebahana.

5 Eny, ary maro no nitory tamin-kery sy fahefana lehibe izaitsizy tokoa, ka nitondra ny maro taminy hidina any amin' ny halalin' ny fanentretena mba ho mpanara-dia manetry tena an' Andriamanitra sy ny Zanakondry.

6 Ary ny zava-nitranga dia maro tamin' ny Lamanita no nandeha nankamin' ny tany andafiavaratra; ary i Nefia sy i Lehia koa dia nandeha nankamin' ny “tany andafiavaratra, hitory amin' ny vahoaka. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahatelo amby enimpolo.

7 Ary indro, nisy fandriampahalemana teo amin' ny tany manontolo, hany ka ny Nefita dia nandeha na taiza na taiza faritry ny tany tiany haleha, na

51a Almà 31:5.

61a Hel. 13:1.

2a Roma. 1:28–32.

3a TSM Fihavanana.

4a TSM Fiovam-po.

6a Almà 63:4–9;

Hel. 3:11–12.

tany anivon' ny Nefita na ny Lamanita.

8 Ary ny zava-nitranga dia nandeha koa ny Lamanita na taiza na taiza tiany haleha, na tany anivon' ny Lamanita izany, na tany anivon' ny Nefita; ary dia toy izany no nananany fifaneraserana malalaka teo amin' izy samy izy, na hividy na hivarotra, na haka tombony araka ny faniriany.

9 Ary ny zava-nitranga dia nanjary mpanefoefo izaitsizy tokoa izy, na ny Lamanita na ny Nefita; ary nanana amby ampy izy tamin' ny volamena sy tamin' ny volafotsy ary tamin' ny karazana metaly sarobidy rehetra, na tao amin' ny tany atsimo, na tao amin' ny tany avaratra.

10 Ankehitriny, ny tany atsimo dia nantsoina hoe Lehia ary ny tany avaratra dia nantsoina hoe "Mioleka izay araka ny anaran' ny zanakalahin' i Zedekià; fa ny Tompo dia nitondra an' i Mioleka hankamin' ny tany avaratra ary i Lehia hankamin' ny tany atsimo.

11 Ary indro, nisy ny karazambolamena rehetra tamin' ireo tany roa ireo sy ny karazambolafotsy ary rehefa mety ho akora sarobidy isan-karazany; ary nisy koa mpanao taozavatra havanana izay niasa ny karazana metaly rehetra sy nanadio izany; ary dia toy izany no nahatonga azy ho mpanefohefo.

12 Namboleny ny voa sesehe-na, na tany avaratra na tany atsimo; ary niroborobo izaitsizy

tokoa izy, na tany avaratra na tany atsimo. Ary nitombo sy nihanahery izaitsizy teo amin' ny tany izy. Ary nokoloiny ny biby fiompy maro, eny, biby nafahy maro.

13 Indro, ny vehivaviny dia nilofo sy namoly ary nanao ny karazan-damba rehetra tamin' ny hariry madinika sy ny lamba isan-karazany mba hatafy ny fitanjahany. Ary dia toy izany no nandalovan' ny taona fahefatra amby enimpolo tao anatin' ny fandriampahalemana.

14 Ary tamin' ny taona fahadimy amby enimpolo dia nananany koa ny fifaliana lehibe sy ny fandriampahalemana, eny, ny fitoriana betsaka sy ny faminiana maro momba izay ho avy. Ary dia toy izany no nandalovan' ny taona fahadimy amby enimpolo.

15 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia indro novonoin' ny tanana tsy fantatra i "Sezô-rama raha nipetraka teo amin' ny toeram-pitsarana. Ary ny zava-nitranga, tamin' izay taona izay ihany, dia ny zanany lahy izay efa notendren' ny vahoaka ho eo amin' ny toerany dia voavono koa. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahenina amby enimpolo.

16 Ary tamin' ny fiandohan' ny taona fahafito amby enimpolo dia nanomboka ho lasa ratsy izaitsizy tokoa indray ny vahoaka.

17 Fa indro, efa nitahy azy ela tokoa ny Tompo tamin' ny haren' izao tontolo izao ka tsy voambosy ho amin' ny fahatezerana izy, ho amin' ny ady, na koa ho amin' ny fandatsahandra; noho izany dia nanomboka nametraka ny fony tamin' ny harena izy; eny, nanomboka nikatsaka ny hahazo tombony izy mba hisondrotan' ny iray ho ambonin' ny hafa; noho izany izy dia nanomboka nanao "vonoan' olona an-tsokosoko sy nandroba ary namabo mba hahazoany maka tombony.

18 Ary ankehitriny, indro, ireo mpamono sy mpandroba ireo dia tarika iray izay efa natsangan' i Kiskomena sy i "Gadiantôna. Ary ankehitriny ny zavatra efa nitranga dia nisy maro, na dia teo anivon' ny Nefita aza, no tarik' i Gadiantôna. Nefa indro, maro indrindra izy ireo tany anivon' ny ampahany ratsy indrindra tamin' ny Lamanita. Ary mpangalatra sy mpamonon' i Gadiantôna no niantsona azy ireo.

19 Ary izy ireo no namono an' i Sezôrama, sy ny zanany lahy, raha teo amin' ny toeram-pitsarana ireo; ary indro, tsy nisy nahita izy ireo.

20 Ary ankehitriny ny zavanimonon' ny nahita ny Lamanita fa nisy mpangalatra teo anivony dia feno alahelo izaitzizy tokoa izy; ary nampiasainy ny fitaovana rehetra teo ambany fahefany hamongorana azy ireny eto ambonin' ny tany.

21 Nefa indro, nambosian' i Satana ny fon' ny ankamaroan' ny Nefita, hany ka ireo dia nikambana tamin' ireo andiana mpangalatra ireo sy nanao ny dinany sy ny veliranony fa hifampiaro sy hifampitsimbina izy samy izy, na manao ahoana na manao ahoana toe-javatra sarotra mety hisy azy ireo, ka tsy hijaliany noho ny famonoany olona sy ny fandroban' ary ny fangalarany.

22 Ary ny zava-nitranga dia nanana ny fifamantarany izy ireo, eny, ny "fifamantarany miafina sy ny teniny miafina; ary izany dia ny mba hahazoany manavaka ny rahalahy izay efa nanao dina, ka na inona na inona faharatsiana hataon' ny rahalahiny dia tsy horatrain' ny rahalahiny izy, na koa ireo izay ao anatin' ny tariny, izay efa nanao izany dina izany.

23 Ary izany dia ny mba hahafahany mamono sy mandroba ary mangalatra ary manao fijangajangana sy ny fomban' ny faharatsiana rehetra mifanohitra amin' ny lalàn' ny taniny ary koa ny lalàn' Andriamaniny.

24 Ary na zovy na zovy tamin' ireo izay tao anatin' ny tariny no hamboraka amin' izao tontolo izao ny "faharatsiany sy ny fahavetavetany dia hotsaraina, tsy araka ny lalàn' ny taniny fa araka ny lalàn' ny faharatsiany kosa, izay efa nomen' i Gadiantôna sy i Kiskomena.

25 Ankehitriny, indro, ireo "velirano sy dina miafina ireo

17a 3 Ne. 9:9.
18a Hel. 2:4, 12–13.

22a TSM Tsikombakomba
Miafina.

24a TSM Faharatsiana.
25a Almà 37:27–32.

no nandidian' i Almà ny zanan'ny lahy tsy hambara amin' izao tontolo izao, fandrao ireny dia ho lasa fitaovana hitondrana ny olona hidina any amin' ny famongorana.

26 Ankehitriny, indro, ireo "velirano sy dina miafina ireo dia tsy tonga tany amin' i Gadiantôna tamin' ny alalan' ny rakitsoratra izay efa natolotra an' i Helamàna; fa indro ireny kosa dia napetraka tao am-pon' i Gadiantôna, napetrak' ^bilay naka fanahy ihany ny ray amandrenintsika voalohany mba hihinana amin' ilay voankazo voarara —

27 Eny, ilay nioko niaraka tamin' i "Kaina ihany fa raha mamono an' i Abela rahalahiny izy, dia tsy ho fantatr' izao tontolo izao izany. Ary izy dia nioko niaraka tamin' i Kaina sy ny mpanaraka azy hatramin' izay fotoana izay.

28 Ary izy ihany koa ilay nametraka tao am-pon' ny vahoaka mba "hanorina tilikambo iray avo tokoa mba hahazoany mankany an-danitra. Ary izy ihany ilay nitarika ny vahoaka izay tonga avy tany amin' izany tili-kambo izany teto amin' ity tany ity; izay nanaparitaka ny asan' ny haizina sy ny fahavetavetana eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany, mandra-pisintony ny olona hidina any amin' ny ^bfamongorana tanteraka sy any amin' ny helo maharitra mandrakizay.

29 Eny, izy ihany ilay nametraka tao am-pon' i "Gadiantôna mba hanohy ny asan' ny haizina sy ny an' ny famonoana antokosoko; ary efa nampaharitra izany izy hatrany am-piandohan' ny olona ka hatramin' izao fotoana izao.

30 Ary indro, izy no "fototry ny fahotana rehetra. Ary indro, izy dia manohy ny asany ao amin' ny haizina sy ny famonoany an-tsokosoko ary mampita ny fiokoan' izy ireo sy ny veliranon' izy ireo, ary ny dinan' izy ireo sy ny drafitry ny faharatsiana mahatsiravin' izy ireo, avy amin' ny taranaka iray ho an' ny taranaka iray, arakaraka ny ahafahany mahazo vahana ao am-pon' ny zanak' olombelona.

31 Ary ankehitriny, indro, efa nahazo vahana lehibe tao am-pon' ny Nefita izy; eny, hany ka ireo dia efa tonga ratsy izaitsizy tokoa; eny, ny ankamaroany dia efa nivily niala tamin' ny lalan' ny fahamarinana sy "nanosihosy tamin' ny tongony ny didin' Andriamanitra, ary nivily nan-kamin' ny lalany ihany sy nanangana ho an' ny tenany sampy avy tamin' ny volamenany sy ny volafotsiny.

32 Ary ny zava-nitranga dia tonga taminy tao anatin' ny taona "tsy dia maro loatra ireny heloka rehetra ireny, hany ka ny ankamaroan' ireny dia tonga taminy tamin' ny taona fahafito

26a Mos. 5:29, 49-52.
b 3 Ne. 6:28;
Mos. 4:6-12.
27a Mos. 5:18-33.

28a Gen. 11:1-4; Etera 1:3.
b Etera 8:9, 15-25.
29a Hel. 2:4-13.
30a Almà 5:39-42;

Môrô. 7:12, 17;
Mos. 4:4.
31a 1 Ne. 19:7.
32a Almà 46:8.

amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

33 Ary nitombo tao amin' ny helony izy tamin' ny taona fahavalo amby enimpolo koa, izay nahatonga alahelo lehibe sy fitomaniana ho an' ny marina.

34 Ary dia toy izany no ahitantsika fa ny Nefita dia nanomboka nihemotra tao amin' ny tsy finoana sy nitombo tao amin' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana, raha nanomboka nitombo izaitsizy tokoa tao amin' ny fahalalana an' Andriamaniny ny Lamanita; eny, izy dia nanomboka nitandrina ny fitsipiny sy ny didiny ary nandeha tamin' ny fahamarinana sy ny fahitsiana teo anoloany.

35 Ary dia toy izany no ahitantsika fa ny Fanahin' ny Tompo dia nanomboka "niala tamin' ny Nefita, noho ny faharatsiana sy ny hamafin' ny fony.

36 Ary dia toy izany no ahitantsika fa nanomboka nandrotsaka ny Fanahiny tamin' ny Lamanita ny Tompo, noho ny fahamorany sy ny finivany hino ny teniny.

37 Ary ny zava-nitranga dia nohazain' ny Lamanita ny andiana jirik' i Gadiantôna; ary notoriany tany anivon' ny ampahany ratsy indrindra taminy ny tenin' Andriamanitra, hany ka fongana tanteraka izany andiana jirika izany tany anivon' ny Lamanita.

38 Ary ny zava-nitranga, ta-

min' ny ankilany, ny Nefita dia nampiorina sy nanohana azy ireo, nanomboka tany amin' ny ampahany ratsy indrindra taminy, ambara-pahatonga azy ireo hanafotra ny tanin' ny Nefita manontolo sy hanangoly ny ankamaroan' ny marina mandra-paharevo azy, ka hino ny asany sy hifampizara ny babony ary hikambana aminy amin' ny vonoan' olona an-tso-kosoko sy ny tsikombakombany.

39 Ary dia toy izany no nahazoany ny fitantanana samirery ny governemanta, hany ka nohosihoseny tamin' ny tongony sy nokapohiny ary noviravirainy sy nanatodihany lamosina ny "mahantra sy ny malemy paika ary ny mpanara-dia an' Andriamanitra manetry tena.

40 Ary dia toy izany no ahitantsika fa tao amin' ny toetra mahatsiravina izy, ary "masaka ho amin' ny famongorana maharitra mandrakizay.

41 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalo amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

NY FAMINANIAN' I NEFIA, ZANAKALAHIN' I HELAMÀNA—Nandrahona ny vahoakan' i Nefia Andriamanitra fa hovangiany ao amin' ny fahatezerany izy ho famongorana azy tanteraka raha tsy mibebaka amin' ny faharatsiana izy. Namely ny vaho-

35a Mòsià 2:36;
F&F 121:37.
39a Sal. 109:16;

Almà 5:54–56;
F&F 56:16.
40a Hel. 5:2; 11:37;

F&F 18:6.

kan' i Nefia tamin' ny areti-mandringana Andriamanitra; nibebaka sy nitodika Taminy izy. Naminany tamin' ny Nefita i Samoela ilay Lamanita.

Mahafaoka ny toko faha-7 ka hatramin' ny 16 manontolo.

TOKO 7

Notsipahan' ny tany avaratra i Nefia ary niverina tao Zarahemlà — Nivavaka teo amin' ny tilikambon' ny sahany izy ary avy eo dia niantso ny olona na hibebaka na ho faty. Tokony ho 23-21 talohan' i J.K.

INDRO, ankehitriny ny zavainitranga tamin' ny taona fahasivy amby enimpolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' ny Nefita, dia "niverina tao an-tanin' i Zarahemlà avy tany amin' ny tany andafiavaratra i Nefia zanakalahin' i Helamàna.

2 Satria efa nandeha tany anivon' ny vahoaka izay tao amin' ny tany andafiavaratra izy sy nitory ny tenin' Andriamanitra taminy ary naminany zavatra maro taminy;

3 Ary notsipahiny ny teniny rehetra, hany ka tsy afaka nijanona teo anivony izy, fa niverina kosa indray tany amin' ny tany nahaterahany.

4 Ary ny fahitana ny vahoaka tao amin' ny toetry ny faharatsiana mahatsiravina toy izany sy ireo jirik' i Gadiantôna name-no ny toeram-pitsarana ireo—

rehefa nisandoka ny hery sy ny fahefana teo amin' ny tany; namela ny didin' Andriamanitra, sady tsy marina na dia kely akory aza teo Anoloany; tsy nanao ny marina tamin' ny zanak' olombelona;

5 Nanameloka ny marina noho ny fahamarinany; namotsotra ny meloka sy ny ratsy handeha tsy nofaizina noho ny volany; ary ankoatra izany dia notanana teo amin' ny fandraharahana teo amin' ny lohan' ny governemanta, mba hanapaka sy hanao araka ny sitrapony mba hahazoany manana ny tombony sy ny voninahitr' "izao tontolo izao, ary ankoatra izany, mba hahazoany manao fijangajangana mora foana, sy mangalatra, ary mamono sy manao araka ny sitrapony ihany—

6 Ankehitriny, izany heloka lehibe izany dia efa tonga tamin' ny Nefita, tao anatin' ny taona tsy dia maro loatra; ary nony nahita izany i Nefia dia vonton' alahelo ny fony tao an-tratranany; ary niantso tao amin' ny fangirifirian' ny fanahiny izy hoe:

7 Ô, inay anie aho ho afaka niaina tamin' ny andro izay ni-voahan' i Nefia raiko avy tao an-tanin' i Jerosalema, ka ho afaka niara-paly taminy teo amin' ny tany nampanantenaina; tamin' izany ny olony dia mora alahatra nifototra tamin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra, ary nitaredretra raha tarihina hanao heloka; ary mailaka ny handre ny tenin' ny Tompo—

8 Eny, raha mba afaka niaina tamin' ireny andro ireny aho, dia ho nanam-pifaliana tao amin' ny fahamarinan' ny rahalahiko aho tamin' izany.

9 Nefa indro, efa voatondry fa izao no androko, ary ny fanahiko dia hofenoina alahelo noho izao faharatsian' ny rahalahiko izao.

10 Ary indro, ankehitriny ny zava-nitranga dia teo amin' ny tilikambo izany, izay teo amin' ny sahan' i Nefia, izay teo akai-kin' ny arabe izay nitondra nankamin' ny tsena lehibe, izay tao an-tanànan' i Zarahemlà; noho izany i Nefia dia efa niankohoka teo amin' ny tilikambo izay teo amin' ny sahan' ny vavahadin' ny saha izay nitondra nankamin' ny arabe.

11 Ary ny zava-nitranga dia nisy ny olona sasany nandalo teo ary nahita an' i Nefia raha namboraka ny fanahiny tamin' Andriamanitra izy teo amin' ny tilikambo; ary nihazakazaka ireo sy niteny tamin' ny vahoaka izay efa hitany, ary niara-tonga ny vahoaka sesehena mba hahazoany mahafantatra ny anton' ny alahelo lehibe toy izany noho ny faharatsian' ny vahoaka.

12 Ary ankehitriny, nony nitsangana i Nefia dia hitany ny hamaroan' ny olona izay efa niara-nifamory.

13 Ary ny zava-nitranga dia niloa-bava izy ary nilaza taminy

hoe: Indro, "nahoana ianareo no efa niara-nifamory? Mba hahazoako miteny anareo ny amin' ny helokareo va?"

14 Eny, satria efa niakatra teo amin' ny tilikamboko aho mba hahazoako mamboraka ny fanahiko amin' Andriamanitra noho ny alahelon' ny foko fatratra, izay noho ny helokareo!

15 Ary noho ny alaheloko sy ny fitomaniako dia efa niara-nifamory ianareo sy nitolagaga; eny, ary ilaina fatratra ianareo mba hitolagaga; eny, tokony hitolagaga ianareo, satria manaiky lembehana ianareo ka efa mahazo vahana lehibe tokoa amin' ny fonareo ny devoly.

16 Eny, ahoana no nahafahana-reo nanome lalana ho an' ny fanangolen' ilay mikatsaka ny hamarina ny fanahinareo hidina any amin' ny fahoriana maharitra mandrakizay sy ny loza tsisy fiafarany?

17 Ô, mibebaha ianareo, mibebaha ianareo! "Nahoana no te ho faty ianareo? Mitodiha ianareo, mitodiha amin' ny Tompo Andriamanitrareo ianareo. Nahoana Izy no efa nahafoy anareo?"

18 Izany dia noho ianareo efa nanamafy ny fonareo; eny, tsy te hihaino ny feon' ny "mpiandry ondry tsara ianareo; eny, efa ^bnihantsy Azy ho tezitra aminareo ianareo.

19 Ary indro, ho solon' ny "fanangonana anareo, raha tsy mibebaka ianareo dia indro Izy

13a Mat. 3:5–8.
17a Ezek. 18:23, 31–32.
18a Ezek. 34:12;
Jao. 10:14–16;

Almà 5:38–41, 57–60.
TSM Mpiandry
Ondry Tsara.
^b Jakôba 1:8;

Almà 12:36–37.
19a 3 Ne. 10:4–7.

no hampihahaka anareo ka hatonga anareo ho hena ho an' ny amboa sy ny bibidia.

20 Ô, ahoana no nahafahana-reo nanadino ny Andriamantirareo tamin' ilay Andro izay efa nanafahany anareo indrindra?

21 Nefa indro, izany dia ny mba hahazoana tombony, ny mba hoderain' ny olona, eny, ary ny mba hahazoanareo volamena sy volafotsy. Ary ianareo dia efa nametraka ny fonareo tamin' ny harena sy ny zavapoanan' ^aizao tontolo izao, izay amonoanareo olona sy androbanareo, ary angalaranareo ary ijoroanareo ho ^bvavolombelona mandainga hanohitra ny namanareo sy anaovanareo ny fomban' ny heloka rehetra.

22 Ary noho izany antony izany dia loza no ho tonga aminareo raha tsy mibebaka ianareo. Fa raha tsy mibebaka ianareo, indro, ity tanàna lehibe ity ary koa ireo tanàna lehibe rehetra izay manodidina, izay eo amin' ny tany zakaintsika, dia halaina ka tsy hanana toerana ao aminy ianareo; fa indro, tsy hotovin' ny Tompo aminareo toy izay efa nataony hatrizao ny ^atanjaka hanoherana ny fahavalonareo.

23 Fa indro, izao no lazain' ny Tompo: Izaho tsy haneho ny heriko amin' ny ratsy, amin' ny iray mihoatra noho ny amin' ny hafa, afa-tsy amin' ireo izay mibebaka amin' ny fahotany sy mihaino ny teniko. Koa ankehi-

triny, dia mba tiako ny hahitanareo, ry rahalahiko, fa ho ^atsara kokoa ho an' ny Lamanita toy izay ho anareo raha tsy mibebaka ianareo.

24 Fa indro, marina kokoa noho ianareo izy, fa tsy nanota tamin' ity fahalalana lehibe izay efa noraisinareo ity izy; noho izany ny Tompo dia ho feno famindram-po aminy; eny, ^ahohalavainy ny androny sy hohampitomboiny ny solofony na dia ho ^bfongana tanteraka aza ianareo raha tsy mibebaka.

25 Eny, lozanareo noho ity fahavetavetana lehibe izay efa tonga teo anivonareo ity; ary efa nanambatra ny tenanareo tamin' izany ianareo, eny, tamin' izany ^atarika miafina izay efa naorin' i Gadiantôna izany!

26 Eny, ho tonga aminareo ny ^aloza noho ity avonavona izay efa navelanareo hiditra ny fonareo ity, izay efa nanandratra anareo ho ambony mihoatra izay tsara noho ny ^bharenareo betsaka izaitsizy tokoa!

27 Eny, lozanareo noho ny faharatsianareo sy ny fahavetavetana-reo!

28 Ary raha tsy mibebaka ianareo dia ho faty; eny, na dia ny taninareo aza dia halaina aminareo, ary hofongorana eto ambonin' ny tany ianareo.

29 Indro ankehitriny, tsy avy amin' ny tenako no ilazako fa hisy ireo zavatra ireo, satria tsy avy amin' ny tenako no ^aaha-

21a TSM Rehak' Izao
Tontolo Izao.
b Eks. 20:16;
Mat. 15:19–20.

22a Môsià 7:29.
23a Hel. 15:11–15.
24a Almà 9:16; F&F 5:33.
b Almà 9:19.

25a Hel. 3:23.
26a Isa. 5:8–25.
b Jakôba 2:13.
29a Almà 5:45–46.

fantarako ireo zavatra ireo; nefa indro, fantatro fa marina ireo zavatra ireo, satria ny Tompo Andriamanitra no efa nampahafantatra ireo ahy, noho izany dia ambarako fa hitranga ireo.

TOKO 8

Mikatsaka ny hambosy ny olona hanohitra an' i Nefia ny mpitsara lomorina—I Abrahama, i Mosesy, i Zenôsa, i Zenôka, i Ezia, i Isaia, i Jeremia, i Lehia sy i Nefia, dia nanambara ny amin' i Kristy daholo—Nambaran' i Nefia tamin' ny fitaoman' ny fanahy ny famonoana ny lohan' ny mpitsara. Tokony ho 23-21 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nilaza ireo teny ireo i Nefia, dia indro, nisy ireo lehilahy izay mpitsara, izay anisan' ny tarika miafin' i Gadiantôna, ary tezitra ireo sy nihiaka nanohitra azy, nilaza tamin' ny olona hoe: Nahoana ianareo no tsy misambotra io lehilahy io sy mitondra azy hahazoana manameloka azy araka ny heloka izay efa nataony?

2 Nahoana ianareo no mijery io lehilahy io sy mihaino azy manevateva ity vahoaka ity sy ny lalàntsika?

3 Fa indro, i Nefia dia efa niteny taminy ny momba ny fahasimban' ny lalàny; eny, zavatra maro no notenenin' i Nefia, izay tsy hay soratana; ary tsy nisy na inona na inona notene-

niny izay nifanohitra tamin' ny didin' Andriamanitra.

4 Ary tezitra taminy ireo mpitsara ireo noho izy "niteny ankarihary tokoa taminy ny momba ny asany miafina ao amin' ny haizina; na dia teo aza izany, dia tsy sahiny ny naninjitra ny tanany taminy, satria natahorany ny vahoaka, fandrao hihiaka izy hanohitra azy ireo.

5 Noho izany ireo dia nihiaka tamin' ny vahoaka, nanao hoe: Nahoana ianareo no mamela io lehilahy io hanevateva antsika? Fa indro, izy dia manameloka ity vahoaka rehetra ity, na dia hatrany amin' ny famongorana aza; eny, ary ireny tanànantsika lehibe ireny koa dia halaina amintsika, ka isika dia tsy hana-toerana ao aminy.

6 Ary ankehitriny dia fantatsika fa tsy ho azo atao izany, fa indro, matanjaka isika, ary lehibe ny tanànantsika, koa tsy afaka hanana fahefana amintsika ny fahavalontsika.

7 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no namokisany ny vahoaka ho tezitra tamin' i Nefia, sy namelomany fifandirana teo anivony; fa nisy ny sasany izay nihiaka hoe: Avelao amin' izao io lehilahy io fa lehilahy tsara izy, ary ireo zavatra izay lazainy ireo dia hitranga marina tokoa raha tsy mibebaka isika;

8 Eny, indro, ny famaliana rehetra izay efa nambarany tamintsika dia ho tonga amintsika; satria fantatsika fa efa nambarany tamintsika araka ny hitsiny

ny momba ny helotsika. Ary indro, maro ireny ary "fantany rahateo ny zava-drehetra izay hanjo antsika tahaka ny afahantarany ny amin' ny helotsika;

9 Eny, ary indro, raha tsy mpaminany izy dia tsy ho afaka nambara ny amin' ireo zavatra ireo.

10 Ary ny zava-nitranga dia voatery ireo olona izay nikatsaka ny hamongotra an' i Nefia ireo, noho ny fahatahorany, ny tsy haninjitra ny tanany aminy, noho izany dia nanomboka indray niteny taminy izy, nony hitany fa efa nahazo sitraka teo imason' ny sasany, hany ka ny sisa taminy dia natahotra.

11 Noho izany izy dia voatery hiteny misimisy kokoa aminy, nanao hoe: Indro, ry rahalahiko, tsy efa novakinareo va fa Andriamanitra dia nanome fahefana ny lehilahy iray, dia i Mosesy, hikapoka ny ranon' ny "Ranomasy Mena, ary dia nisaraka teo an-daniny sy tetsy an-kilany izany, hany ka ny Isiraelita izay razantsika, dia namakivaky nandia tany maina, ary nikatona tamin' ny miaramilan' ny Egiptiana ny rano ary nitelina azy?

12 Ary ankehitriny, indro, raha nomen' Andriamanitra izany lehilahy izany ny fahefana toy izany, nahoana ianareo amin' izany no hifanjihitra eo anivonareo sy hilaza fa tsy nomeny

fahefana aho, izay ahazoako mahafantatra ny momba ny famaliana izay ho tonga aminareo raha tsy mibekaka ianareo?

13 Nefa, indro, tsy lavinareo fotsiny ny teniko fa lavinareo koa ny teny rehetra izay efa notenenin' ny razantsika ary koa ny teny izay efa notenenin' izany lehilahy izany, dia i Mosesy izay efa nanana fahefana lehibe toy izany nomena azy, eny, dia ny teny izay efa noteneniny momba ny fiavian' ny Mesia.

14 Eny, tsy nijoro ho vavolombelona va izy fa ho avy ny Zanak' Andriamanitra? Ary tahaka ny "nanandratany ny menarana varahina tany an-tany foana, dia tahaka izany koa no hanandratana an' Ilay ho avy.

15 Ary tahaka ny "hahavelona izay rehetra hiandrindra izany menarana izany, dia tahaka izany koa izay rehetra hiandrindra ny Zanak' Andriamanitra amin' ny finoana ka manana fanahy manenina dia mety ho ^bvelona ho amin' izany fiainana izany izay mandrakizay.

16 Ary ankehitriny, indro, tsy i Mosesy ihany no nambara ny amin' ireo zavatra ireo fa ny "mpaminany masina rehetra koa, hatramin' ny androny ka hatramin' ny andron' i Abrahama.

17 Eny, ary indro, nahita ny fiaviany i "Abrahama ka nofenoina firavoravoana ary nifaly.

8a Hel. 7:29.
11a Eks. 14:16;
1 Ne. 17:26;
Môsîà 7:19;
F&F 8:2-3;
Mos. 1:25.
14a Nom. 21:6-9;

2 Ne. 25:20;
Almà 33:19-22.
TSM Jesoa Kristy—
Tandindona na
sarinteny momba
an' i Kristy.
15a 1 Ne. 17:41;

Almà 37:45-47;
3 Ne. 15:9.
^b Jao. 11:25.
16a Jakôba 4:4-5; 7:11.
17a Gen. 22:8-14;
Jao. 8:56.

18 Eny, ary indro lazaiko aminareo, fa tsy i Abrahama ihany no nahafantatra ny amin' ireo zavatra ireo, fa nisy "maro talohan' ny andron' i Abrahama no nantsoina tamin' ny ^blamin' Andriamanitra; eny, dia araka ny lamin' ny Zanany; ary izany dia ny mba hanehoana amin' ny vahoaka, an' arivon-taona marobe mialohan' ny fiaviany, fa ny fanavotana dia ho tonga amin' izy ireny.

19 Ary ankehitriny dia mba tiako ho fantatrareo fa na dia hatramin' ny andron' i Abrahama aza dia efa nisy mpaminany maro izay efa nanambara ireo zavatra ireo; eny, indro, ny mpaminany "Zenôsa dia nanambara tamim-pahasahiana tokoa, ka novonoina izy noho izany.

20 Ary indro i "Zenôka koa, ary i Ezià koa, ary koa i ^bIsaia sy i "Jeremia, (i Jeremia ihany ilay mpaminany izay nanambara ny amin' ny fandravana an' i "Jerosalema) ary ankehitriny fantatsika fa noravana i Jerosalema araka ny tenin' i Jeremia. Ô ka dia nahoana ny Zanak' Andriamanitra no tsy ho avy araka ny faminaniany?

21 Ary ankehitriny, hotoherinareo va fa noravana i "Jerosalema? Holazainareo va fa tsy novonoina ny ^bzanakalahin' i

Zedekia, izy rehetra afa-tsy i "Mioleka? Eny, ary tsy hitanareo va fa miaraka amintsika ny taranak' i Zedekia, ary izy ireo dia noroahina hiala ny tanin' i Jerosalema? Nefa indro, tsy izay ihany—

22 I Lehia razantsika dia noroahina hiala an' i Jerosalema noho izy nanambara ny amin' ireo zavatra ireo. Nanambara ny amin' ireo zavatra ireo koa i Nefia ary saika ny razantsika rehetra koa, na dia hatramin' izao fotoana izao aza; eny, izy ireo dia efa nanambara ny amin' ny "fiavian' i Kristy sy efa nian-drandra ary efa nifaly noho ny androny izay ho avy.

23 Ary indro, Izy dia Andriamanitra, ary Izy dia miaraka aminy, ary Izy dia naneho ny tenany taminy, ka ireo dia navotana tamin' alalany; ary nomen' ireo voninahitra Izy noho izay mbola ho avy.

24 Ary ankehitriny, satria fantatrareo ireo zavatra ireo, sy tsy azonareo lavina ireo raha tsy hoe handainga ianareo, koa amin' izany dia efa manota ianareo satria efa tsipahanareo ireo zavatra rehetra ireo, na dia eo aza ny porofo maro tokoa izay efa raisinareo; eny, na dia efa raisinareo aza ny "zava-drehetra, na ny zavatra any an-danitra na ny

18a Almà 13:19;
F&F 84:6–16; 136:37.

b TSM Fisoronana
Melkizedeka.

19a Almà 34:7.

20a 1 Ne. 19:10;
3 Ne. 10:15–16.

TSM Soratra Masina—
Soratra Masina Very.

b Isa. 53.

d 1 Ne. 5:13; 7:14.

e Jer. 26:18; 1 Ne. 1:4.

21a 2 Ne. 6:8;

Ômnia 1:15.

b 2 Mpan. 25:7;
Jer. 39:6; 52:10.

d Ezek. 17:22–23;
Hel. 6:10.

22a TSM Jesoa Kristy—

Faminaniana ny
amin' ny
fahaterahana sy
ny fahafatesan' i
Jesoa Kristy.

24a Almà 30:44;

Mos. 6:63.

zava-drehetra izay etỳ an-tany, ho toy ny vavolombelona fa marina ireo.

25 Nefa indro, efa nitsipaka ny fahamarinana ianareo sy “nikomy tamin’ Andriamanitrareo masina; ary na dia amin’ izao fotoana izao aza, ho solon’ ny fiharianareo ^bharena any andanitra ho an’ ny tenanareo, izay tsy misy na inona na inona manimba sy izay tsy misy na inona na inona tsy madio afaka miditra, dia mampitatao fahatezerana ho an’ ny tenanareo ho amin’ ny andron’ ny ^afitsarana ianareo.

26 Eny, na dia amin’ izao fotoana izao aza noho ny famoanareo olona sy ny “fijanganareo ary ny faharatsianareo dia mihamasaka ho amin’ ny famongorana maharitra mandrakizay ianareo; eny, ary raha tsy mibebaka ianareo, dia ho tonga aminareo tsy ho ela izany.

27 Eny, indro ankehitriny dia eo am-baravarana mihitsy izany; eny, mandehana ianareo mankany amin’ ny toeram-pitsarana, ary zahào; ary indro nisy namono ny mpitsaranareo, ary “mandry eo amin’ ny rany izy; ary efa novonoin’ ^bny rahalahiny izay mikatsaka ny hipetraka eo amin’ ny toeram-pitsarana izy.

28 Ary indro, izy roroa dia anisan’ ny ao amin’ ny antokanareo miafina izay i Gadiantõna no “mpamorona azy sy ilay ratsy

izay mikatsaka ny hamongotra ny fanahin’ ny olona.

TOKO 9

Nahita ny lohan’ ny mpitsara maty teo amin’ ny toeram-pitsarana ny iraka — Naiditra am-ponja izy ireo ary nafahana tato aoriana — Tamin’ ny fitaoman’ ny fanahy no namantaran’ i Nefia an’ i Seantoma ho mpamono — Neken’ ny sasany ho toy ny mpaminany i Nefia. Tokony ho 23–21 talohan’ i J.K.

INDRO, ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa niteny ireo teny ireo i Nefia, ny olona sasany izay teo anivony dia nihazakazaka nankany amin’ ny toeram-pitsarana; eny, nisy dimy no nandeha, ary nifampiresaka izy samy izy raha nandeha, hoe:

2 Indro, ankehitriny dia ho fantatsika marina tokoa raha mpaminany io lehilahy io ary raha Andriamanitra no efa nandidy azy haminany zavatra mampitolagaga toy izany amin-tsika. Indro, isika dia tsy mino fa Izy no efa nanao izany; eny, isika dia tsy mino fa mpaminany izy; kanefa, raha ity zavatra izay efa nolazainy momba ny lohan’ ny mpitsara ity no marina fa maty izy, dia hino isika amin’ izany fa ny teny hafa izay efa noteneniny dia marina.

3 Ary ny zava-nitranga dia nihazakazaka tamin’ ny heriny izy ireo ary niditra tao amin’ ny

25a Mõsia 2:36–38; 3:12.

b Hel. 5:8;

3 Ne. 13:19–21.

d F&F 10:20–23;

121:23–25.

26a TSM Fijangajangana.

27a Hel. 9:3, 15.

b Hel. 9:6, 26–38.

28a Hel. 6:26–30.

toeram-pitsarana; ary indro, ny lohan' ny mpitsara efa lavo tamin' ny tany sy "nandry teo amin' ny rany.

4 Ary ankehitriny indro, nony hitany izany dia talanjona izait-sizy tokoa dia ireo, hany ka lavo tamin' ny tany; satria tsy ninoany ny teny izay efa notenenin' i Nefia momba ny lohan' ny mpitsara.

5 Saingy ankehitriny, rehefa nahita izy ireo dia nino, ary tonga taminy ny tahotra fandrao ny famaliana rehetra izay efa notenenin' i Nefia dia ho tonga amin' ny vahoaka; koa nihorohoro izy ireo ary lavo tamin' ny tany.

6 Ankehitriny, raha vantany vao nisy namono ny mpitsara— rehefa notombohan' ny rahalahiny izy, araka ny tetika miafina, ka nandositra izy, dia nihazakazaka ireo mpanompo sy nilaza tamin' ny vahoaka, namelona antso momba ny vonoan' olona teo anivony;

7 Ary indro, ny vahoaka dia niara-nifamory teo amin' ny toeram-pitsarana— ary indro, akory ny fitalanjonany nahita ireo dimy lahy ireo izay efa lavo tamin' ny tany.

8 Ary ankehitriny, indro, ny vahoaka dia tsy nahalala na inona na inona momba ny valalabemandry izay efa niara-nivory teo amin' ny "sahan' i Nefia; noho izany dia niresaka izy samy izy hoe: Ireto lehilahy ireto no ireo izay efa namono ny mpitsara, ary efa nasian'

Andriamanitra ireo ka tsy afaka nandositra antsika.

9 Ary ny zava-nitranga dia nohazoniny izy ireo sy nafatony ary natsipiny tao am-ponja. Ary nisy filazana nalefa hatraiza hatraiza fa nisy namono ny mpitsara ary ny mpamono dia efa nentina sy natsipy tao am-ponja.

10 Ary ny zava-nitranga ny ampitso dia niara-nifamory ny vahoaka hisaona sy "hifady hanina amin' ny fandevenana ny lohan' ny mpitsara lehibe izay efa nisy namono.

11 Ary dia toy izany koa ireo mpitsara izay tao amin' ny sahan' i Nefia sy nandre ny teniny dia niara-nifamory koa tamin' ny fandevenana.

12 Ary ny zava-nitranga dia nanadina ny vahoaka teo izy ireo, nanao hoe: Aiza ny dimy izay nalefa hanadihady momba ny lohan' ny mpitsara raha maty izy? Ary namaly izy sy niteny hoe: Ny momba izany dimy izay lazainareo fa efa nalefanareo izany dia tsy fantatray; fa misy kosa dimy, dia ireo mpamono izay efa natsipinay tao am-ponja.

13 Ary ny zava-nitranga dia naniry ny hitondrana azy ireo ny mpitsara; ary nentina ireo, ary indro, ireo no dimy izay nira-hina; ary indro, nanadina azy ireo ny mpitsara mba hahalala ny momba ilay raharaha, ary nolazainy taminy izay rehetra efa nataony, nanao hoe:

14 Nihazakazaka izahay ary tonga tao amin' ny sehatry ny toeram-pitsarana, ary nony

hitanay fa ny zava-drehetra dia tahaka izay efa nambaran' i Nefia, dia talanjona izahay hany ka lavo tamin' ny tany; ary no ny efa nahatsiaro tena avy tao amin' ny fitalanjonanay izahay, dia indro natsipin' izy ireo tao am-ponja.

15 Ankehitriny, raha ny amin' ny famonoana an' ity lehilahy ity, dia tsy fantatray izay efa nanao izany; ary izao ihany no fantatray, nihazakazaka izahay sy tonga araka ny fanirianareo, ary indro efa maty izy araka ny tenin' i Nefia.

16 Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nanazava ny raharaha tamin' ny vahoaka ny mpitsara sy nihiaka mafy nanohitra an' i Nefia, nanao hoe: Indro, fantatsika fa ity Nefia ity dia tsy maintsy ho efa nifanaiky tamin' ny sasany mba hamono ny mpitsara, ary amin' izany dia ho azony ambara amintsika izany mba hahazoany mampiova ny fontsika ho amin' ny finoany, mba hahazoany manangana ny tenany ho lehilahy lehibe, nofinidin' Andriamanitra ary mpaminany.

17 Ary ankehitriny, indro, hofotorantsika ity lehilahy ity, ary hiaiky ny hadisoany izy sy hampahafantatra antsika ny tena namono io mpitsara io.

18 Ary ny zava-nitranga dia nafahana tamin' ny andron' ny fandevenana ireo dimy. Na dia teo aza izany, dia nandevilevy ny mpitsara izy ireo noho ny teny izay efa noteneniny hano-

herana an' i Nefia ka nifanditra tamin' ny tsirairay hany ka izy ireo dia nampangaihay azy.

19 Na dia teo aza izany, dia nasainy nalaina sy nafatotra ary nentina teo anoloan' ny valalabemandry i Nefia, ary izy ireo dia nanomboka nanontany azy tamin' ny fomba samihafa mba hahazoany mampifanohitra ny teniny mba hahazoany miam-panga azy ho faty —

20 Nanao taminy hoe: Ianao dia mpiray tsikombakomba; iza no lehilahy izay efa nanao ity famonoana ity? Ankehitriny lazao anay, ary miaike ny hadisoana; niteny hoe: Indro ny vola; ary avelanay aminao koa ny ainao raha milaza aminay ianao sy miaiky ny fifanekena izay efa nataonao taminy.

21 Nefa hoy i Nefia taminy: Ô, “adala ianareo, tsy voafora fo, jamba, ary olona ^bmafy hatoka, moa fantatrareo mandra-pahoviana ny Tompo Andriamanitrareo no hamela anareo handeha amin' izao lalan' ny fahotanareo izao?”

22 Ô, ianareo dia tokony hanomboka hidradradradra sy “hitomany, noho ny famongorana lehibe izay miandry anareo amin' izao fotoana izao, raha tsy mibebaka ianareo.

23 Indro, milaza ianareo fa efa nifanaiky tamin' ny lehilahy iray aho mba hamonoany an' i Sezôrama lohan' ny mpitsarantsika. Nefa indro, lazaiko aminareo, fa izany dia satria efa nanambara taminareo aho mba

hahazoanareo mahafantatra ny momba izany zavatra izany; eny, ho vavolombelona aminareo mihitsy fa izaho dia nahalala ny amin' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana izay eo anivonareo.

24 Ary satria efa nataoko izany, dia milaza ianareo fa efa nifanaiky tamin' ny lehilahy iray aho mba hanaovany izao zavatra izao; eny, satria nasehoko anareo izao famantarana izao, dia tezitra amiko ianareo sy mikatsaka ny hamongotra ny aiko.

25 Ary ankehitriny, indro, haneho famantarana iray hafa aminareo aho, ary ho hitako raha hikatsaka ny hamongotra ahy ianareo amin' izany zavatra izany.

26 Indro lazaiko aminareo: Mandehana any an-tranon' i Seantoma izay "rahalahin' i Sezôrama ary lazao aminy —

27 Moa i Nefia, ilay mihambo ho mpaminany, izay mamina-ny zava-dratsy betsaka tokoa momba ity vahoaka ity efa nifanaiky taminao, ka tamin' izany no efa namonoanao an' i Sezôrama izay rahalahinao?

28 Ary indro, hilaza aminareo izy, Tsia.

29 Ary hilaza aminy ianareo hoe: Efa namono ny rahalahinao va ianao?

30 Ary hijoro amin-tahotra izy ary tsy hahita izay holazaina. Ary indro handà aminareo izy; ary mody hanao gaga izy; kanefa dia hambarany aminareo fa tsy manan-tsiny izy.

31 Nefa indro, hozahanareo izy, ary ho hitanareo ny ra amin' ny sisin-dambany.

32 Ary rehefa mahita izany ianareo, dia hilaza ianareo hoe: Avy taiza no niavian' ity ra ity? Tsy fantatsika va fa ran' ny rahalahinao ity?

33 Ary amin' izany izy dia han-govitra sy hivaloarika, miova tsy ny efa tonga taminy ny fahafatesana.

34 Ary amin' izany ianareo dia hilaza hoe: Noho izao tahotra izao izay efa tonga eo amin' ny tavanao izay mivaloarika izao, dia indro fantatray fa meloka ianao.

35 Ary amin' izany dia ho tonga aminy ny tahotra lehibe kokoa; ary amin' izany dia hiaiky aminareo izy ary tsy handà intsony fa izy no efa nanao izao vonoan' olona izao.

36 Ary amin' izany dia hilaza aminareo izy fa izaho Nefia dia tsy mahalala na inona na inona momba ilay toe-draharaha raha tsy nomena ahy izany tamin' ny herin' Andriamanitra. Ary ho fantatrareo amin' izany fa lehilahy marin-toetra sady irahin' Andriamanitra hankatỳ aminareo aho.

37 Ary ny zava-nitranga dia nandeha ireo sy nanao araka ny efa nolazain' i Nefia taminy. Ary indro, ny teny izay efa nolazainy dia marina; fa nandà izy araka ny teny; ary niaiky koa izy araka ny teny.

38 Ary nentina izy hanaporofa fa izy tenany no tena namono,

hany ka nomena fahafahana ny dimy ary i Nefia koa.

39 Ary nisy ny sasany tamin' ny Nefita izay nino ny tenin' i Nefia; ary nisy ny sasany koa izay nino noho ny fanambaran' ireo dimy, satria efa niova fo izy ireo raha mbola tao am-ponja.

40 Ary ankehitriny dia nisy ny sasany teo anivon' ny vahoaka izay nilaza fa mpaminany i Nefia.

41 Ary nisy ny hafa izay nilaza: Indro, andriamanitra izy, fa raha tsy andriamanitra izy dia tsy ho afaka ny hahalala ny amin' ny zava-drehetra. Satria indro, efa niteny tamintsika ny fisaintsainan' ny fontsika izy, ary efa nilaza zavatra tamintsika koa; ary efa nentiny mihitsy ho fantatsika ny tena mpamono ny lohan' ny mpitsarantsika.

TOKO 10

Nomen' ny Tompo fahefana hifehy i Nefia—Nomem-pahefana izy hamatotra sy hamaha ety an-tany tahaka ny any an-danitra—Nandidy ny olona izy na hibebaka na ho faty—Nitondra azy avy tamin' ny valalabemandry nankamin' ny valalabemandry ny Fanahy. Tokony ho 21–20 talohan' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nipoitra ny fizarazarana teo anivon' ny vahoaka, hany ka nizara ho tetsy sy teroa izy ary nandeha tamin' ny lalany, namela an' i

Nefia ho irery raha nijoro teo afovoany izy.

2 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tamin' ny lalany i Nefia nankany an-tranony, "nisaintsaina ny zavatra izay efa nasehon' ny Tompo taminy.

3 Ary ny zava-nitranga raha mbola nisaintsaina toy izany izy—rehefa nitanondrika fattratra noho ny faharatsian' ny vahoakan' ny Nefita, ny asany miafina ao amin' ny haizina sy ny famonoany olona, ary ny fandroban' ny fomban' ny heloka rehetra—ary ny zava-nitranga, raha mbola nisaintsaina toy izany tao am-pony izy, dia indro, tonga taminy ny feo nanao hoe:

4 Hotahiana ianao, ry Nefia, noho ireo zavatra izay efa natao-
nao ireo, fa efa hitako, endrey "tsy sasatra ianao nanambara ny teny izay efa nomeko anao tamin' ity vahoaka ity. Ary tsy natahotra azy ianao sy tsy nikatsaka ny ^bainao samirery fa efa nikatsaka kosa ny ^dsitrapoko sy ny hitandrina ny didiko.

5 Ary ankehitriny, satria efa nanao izany ianao, tsy nitandro hasasarana, dia indro, Izaho hitahy anao mandrakizay; ary Izaho hanao anao ho mahery amin' ny teny sy amin' ny atao, amin' ny finoana sy amin' ny asa; eny, na dia ny ^azava-drehetra aza dia hatao aminao araka ny ^bteninao, fa ^dtsy hangataka izay mifanohitra amin' ny sitrapoko ianao.

10 2a TSM Misaintsaina.
4a TSM Fahazotoana.
b TSM Sorona.

d 3 Ne. 11:11.
5a 3 Ne. 18:20;
F&F 88:63–65.

b Enôsa 1:12.
d 2 Ne. 4:35;
F&F 46:30.

6 Indro, ianao no Nefia ary Izaho no Andriamanitra. Indro, Izaho manambara izao aminao eo anatrehan' ny anjeliko fa hanam-pahefana amin' ity vahoaka ity ianao, ka hamely ny tany amin' ny "mosary sy amin' ny areti-mandringana ary ny famongorana araka ny faharatsian' ity vahoaka ity.

7 Indro, Izaho manome fahefana anao, ka na inona na inona "hofehezinao etỳ an-tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona hovahanao etỳ an-tany dia hovahana any an-danitra; ary dia toy izany no hanananao fahefana eo anivon' ity vahoaka ity.

8 Ary dia toy izany, raha milaza amin' ity tempoly ity ianao mba hizarany roa, dia ho to izany.

9 Ary raha milaza amin' ity "tendrombohitra ity ianao, Aoka ianao handrorona ary hanjary marin-tampona, dia ho to izany.

10 Ary indro, raha milaza ianao fa hamely ity vahoaka ity Andriamanitra, dia hitranga izany.

11 Ary ankehitriny, indro, Iza-ho mandidy anao handehana-nao sy hanambaranao amin' ity vahoaka ity fa izao no lazain' ny Tompo Andriamanitra, dia ny Tsitoha: Raha tsy mibebaka ianareo dia hokapohina, na dia hatrany amin' ny "famongorana aza.

12 Ary indro, ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa niteny

ireo teny ireo tamin' i Nefia ny Tompo, dia nijanona izy ary tsy nandeha nankany an-tranony fa niverina kosa nankany amin' ny valalabemandry izay niely patrana eran' ny lafin-tany sy nanomboka nanambara taminy ny tenin' ny Tompo izay efa nolazaina taminy momba ny famongorana azy raha tsy mibebaka izy.

13 Ankehitriny indro, na dia teo aza izany fahagagana lehibe izay efa nataon' i Nefia izany, tamin' ny filazana taminy ny momba ny fahafatesan' ny lohan' ny mpitsara, dia nanamafy ny fony izy ary tsy nihaino ny tenin' ny Tompo.

14 Koa i Nefia dia nanambara taminy ny tenin' ny Tompo, nanao hoe: Raha tsy mibebaka ianareo, dia izao no lazain' ny Tompo, hokapohina ianareo na dia hatrany amin' ny famongorana aza.

15 Ary ny zava-nitranga rehefa avy nanambara ny teny taminy i Nefia, dia indro, mbola nohamafisiny ny fony sy tsy tiany hohenoina ny teniny; koa novingavingainy izy sy notadiaviny ny haninjitra ny tanany taminy mba hahazoany manipy azy any am-ponja.

16 Nefa indro, niaraka taminy ny herin' Andriamanitra, ary izy ireo dia tsy afaka naka azy mba hanipy azy any am-ponja, satria nalain' ny Fanahy izy sy nentiny niala avy teo afovoany.

17 Ary ny zava-nitranga dia

6a Hel. 11:4-18.

7a Mat. 16:19.

TSM Famehezana.

9a Mat. 17:20;

Jakôba 4:6;

Môrm. 8:24;

Etera 12:30.

11a Hel. 5:2.

toy izany no nandehanany tao amin' ny Fanahy, avy tamin' ny valalabemandry nankamin' ny valalabemandry, nanambara ny tenin' Andriamanitra mandrapanambarany izany tamin' izy rehetra, na nandefa izany tany anivon' ny vahoaka manontolo.

18 Ary ny zava-nitranga dia tsy tiany hohenoina ny teniny; ary nanomboka nisy ny fifandirana, hany ka nizarazara izy samy izy ary nanomboka nifamono tamin' ny sabatra izy samy izy.

19 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika amby fitopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

TOKO 11

Noresen' i Nefia lahatra ny Tompo mba hanolo ny adiny ho mosary—Maro ny olona maty—Nibe-baka izy, ary nitalaho orana tamin' ny Tompo i Nefia—Nandray fanambarana maro i Nefia sy i Leahia—Niorim-paka teo amin' ny tany ny jirik' i Gadiantôna. Tokony ho 20–6 talohan' i j.k.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny taona faharoa amby fitopolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nitombo ny fifandirana, hany ka nisy ady eran' ny tany manontolo tany anivon' ny vahoakan' ny Nefia rehetra.

2 Ary io "andiana jirika io no nanatontosa ity asan' ny fandrahana sy ny faharatsiana ity. Ary

izany ady izany dia naharitra mandavantaona; ary tamin' ny taona fahatelo amby fitopolo dia naharitra koa izany.

3 Ary ny zava-nitranga, tamin' izany taona izany, dia nitalaho tamin' ny Tompo i Nefia, nanao hoe:

4 Tompo ô, aza avela ho fongana amin' ny sabatra ity vahoaka ity; fa aleo kosa Tompo ô hisy ny "mosary eo amin' ny tany mba hanairana azy ho amin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny, ary angamba hibe-baka izy sy hitodika Aminao.

5 Ary dia to izany, araka ny tenin' i Nefia. Ary nisy mosary lehibe teo amin' ny tany, tany anivon' ny vahoakan' i Nefia manontolo. Ary dia toy izany no nitohizan' ny mosary tamin' ny taona fahefatra amby fitopolo, ary ny asan' ny famongorana tamin' ny sabatra dia nitsahatra, fa nanjary nangidy kosa izany tamin' ny mosary.

6 Ary izany asan' ny famongorana izany dia nitohy koa tamin' ny taona fahadimy amby fitopolo. Fa nokapohana ny tany ka dia maina izany sy tsy namokatra voa tamin' ny fotoan' ny voa; ary nokapohana ny tany manontolo, tany anivon' ny Lamanita tahaka ny tany anivon' ny Nefita, dia nokapohana izy ireo ka an' arivony no maty tany amin' ny faritry ny tany ratsy indrindra.

7 Ary ny zava-nitranga dia nahita ny vahoaka fa efa akaiky ho fatin' ny mosary izy, ary nanom-

boka "nahatsiaro ny Tompo Andriamaniny izy; ary nanomboka nahatsiaro ny tenin' i Nefia izy.

8 Ary ny vahoaka dia nanomboka niangavy ny lohan' ny mpitsarany sy ny mpitondra azy mba hilazany amin' i Nefia hoe: Indro, fantatray fa lehilahin' Andriamanitra ianao, ary noho izany dia mitalahoa amin' ny Tompo Andriamanitsika mba hanodinany ity mosary ity hiala amintsika, fandrao ny "teny rehetra izay efa noteneninao momba ny famongorana anay dia ho tanteraka.

9 Ary ny zava-nitranga dia nilaza tamin' i Nefia ny mpitsara, araka ny teny izay efa niriana. Ary ny zava-nitranga, nony nahita i Nefia fa efa nibebaka ny vahoaka sy nanetry ny tenany tamin' ny lamba fisaonana, dia niantso indray ny Tompo izy, nanao hoe:

10 Tompo ô, indro mibebaka ity vahoaka ity; ary efa nofafana hiala avy teo anivony ny tarik' i Gadiantôna, hany ka efa zary fongana ireo, ary efa naleviny tao anaty tany ny drafiny miafina.

11 Ankehitriny, Tompo ô, noho izao fanetren-tenany izao dia ianao anie hanodina ny fahatezeranao, ary aoka ny fahatezeranao ho tony amin' ny famongorana ireo olon-dratsy izay efa nofongoranao sahady.

12 Tompo ô, Ianao anie hanodina ny fahatezeranao, eny, ny fahatezeranao mirehitra sy hanao izay hampitsahatra ity mosary ity amin' ny tany.

13 Tompo ô, Ianao anie hihaino ahy sy hanao izay hahatanteraka izany araka ny teniko ary handrotsaka "orana ambonin' ny tany hahazoany mamokatra ny voankazony sy ny voany amin' ny fotoan' ny voa.

14 Tompo ô, Ianao dia nihaino ny "teniko fony aho nilaza hoe: Aoka hisy ny mosary mba hahazoan' ny fandranganana amin' ny sabatra mitsahatra; ary fantatro fa ianao, na dia amin' izao fotoana izao aza, dia mihaino ny teniko, satria ianao no nilaza fa: Raha mibebaka ity vahoaka ity dia hitsimbina azy Aho.

15 Eny, Tompo ô, ary hitanao fa efa nibebaka izy, noho ny mosary sy ny areti-mandringana ary ny famongorana izay efa tonga taminy.

16 Ary ankehitriny, Tompo ô, ianao anie hanodina ny fahatezeranao sy hizaha indray raha hanompo Anao izy? Ary raha izany, Tompo ô, dia afaka mitahy azy ianao araka ny teninao izay efa nolazainao.

17 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amby fitopolo, dia nahodin' ny Tompo hiala tamin' ny vahoaka ny fahatezerany, ary nataony izay hirotsahan' ny "orana tamin' ny tany, hany ka dia namoa ny voankazony izany tamin' ny fotoan' ny voankazony. Ary ny zava-nitranga dia namoa ny voany izany tamin' ny fotoan' ny voany.

18 Ary indro, nifaly ny vahoaka ary nankalaza an' Andriamani-

7a Hel. 12:3.
8a Hel. 10:11-14.

13a 1 Mpan. 18:1, 41-46.
14a Hel. 11:4.

17a Deot. 11:13-17.

tra, ary ny lafin-tany manontolo dia heniky ny hafaliana; ary tsy nokatsahiny intsony ny hamongotra an' i Nefia, fa noheveriny kosa ho toy ny "mpaminany lehibe sy lehilahin' Andriamanitra izy manana ny hery lehibe sy ny fahefana nomena azy avy tamin' Andriamanitra.

19 Ary indro, i Lehia, rahalahiny, dia tsy "latsa-danja noho izy raha ny zavatra mikasika ny fahamarinana.

20 Ary arak' izany, ny zava-nitranga dia nanomboka nirobo-robo indray teo amin' ny tany ny vahoakan' i Nefia sy nanomboka nanarina ny toerany rava ary nanomboka nitombo sy niely patrana mandra-pamenony ny lafin-tany manontolo, na tao andafiavaratra na tao andafiatsimo, hatrany amin' ny ranomasina andrefana ka hatrany amin' ny ranomasina atsinanana.

21 Ary ny zava-nitranga dia nifarana tao amin' ny fandriampahalemana ny taona fahenina amby fitopolo. Ary nanomboka tao amin' ny fandriampahalemana ny taona fahafito amby fitopolo; ary ny "fiangonana dia niely patrana eran' ny lafin' ny tany manontolo; ary ny ankamaroan' ny olona, na Nefita na Lamanita, dia isan' ny fiangonana; ary nanana fandriampahalemana izaitsizy tokoa teo amin' ny tany izy; ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahafito amby fitopolo.

22 Ary nanana fandriampahalemana koa izy tamin' ny taona

fahavalo amby fitopolo, raha tsy teo ny fifandirana vitsy momba ny lafiny amin' ny fotopampianarana izay efa napetraky ny mpaminany.

23 Ary tamin' ny taona fahasi-vy amby fitopolo dia nanomboka nisy ny fifamaliana be. Nefa ny zava-nitranga dia i Nefia sy i Lehia ary ny maro tamin' ny rahalahiny izay nahalala ny momba ny lafiny marina amin' ny fotopampianarana, dia nanana "fanambarana maro isan' andro, koa nitory tamin' ny vahoaka izy ireo, hany ka nasiany farany ny fifamaliany tamin' izay taona izay ihany.

24 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahavalopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia, dia nisy ny mpiendaka sasany avy tamin' ny vahoakan' i Nefia, izay efa lasana tany amin' ny Lamanita taona vitsivitsy lasa sy efa nitondra ny anaran' ny Lamanita, ary ny sasany koa izay tena tamingan' ny Lamanita, izay novokisan' izy ireo na ireo mpiendaka ireo ho tezitra noho izany dia natombony ny ady tamin' ny rahalahiny.

25 Ary izy ireo dia nahavita vonoan' olona sy fandrohana; ary rehefa izany dia nisintona niverina tany an-tendrombohitra sy tany an-tany foana, ary tany amin' ny toerana miafina izy ireo, nanafina ny tenany mba tsy hahitana azy ireo, nandray isan' andro ho fanampin' ny isany, satria nisy ny mpien-

18a Hel. 10:5–11.
19a Hel. 5:36–44.

21a TSM Fiangonan' i
Jesoa Kristy.

23a Almà 26:22;
F&F 107:19.

daka izay nandeha nankany aminy.

26 Ary dia toy izany, araka ny fotoana, eny, na dia tao anatin' ny taona tsy dia maro aza no nahatonga azy ireo ho andiana jirika lehibe izaitsizy tokoa; ary izy ireo dia nikaroka ny drafitra miafin' i Gadiantôna rehetra; ary dia toy izany no nahatonga azy ireo ho jirik' i Gadiantôna.

27 Ankehitriny, indro, ireo jirika ireo dia nanao fanimbana betsaka, eny, dia fandravana lehibe teo anivon' ny vahoakan' i Nefia ary koa teo anivon' ny vahoakan' ny Lamanita.

28 Ary ny zava-nitranga dia nanjary nilaina ny hanisiana farany izany asan' ny fandravana izany; koa nalefany ny vata-miaramila matanjaka nankany an-tany foana sy tany antendrombohitra mba hikaroka ity andiana jirika ity sy hamongotra azy.

29 Saingy indro, ny zava-nitranga, tamin' izany taona izany ihany, dia voatosika hiverina any amin' ny taniny ihany izy ireo. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahavalopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

30 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiandohan' ny taona fahiraika amby valopolo dia nandeha indray ireo hanohitra ity andiana jirika ity, sy nandringana maro; ary nianjadian' ny fandranganana be koa izy ireo.

31 Ary voatery indray izy ireo hiverina avy tany an-tany foana sy avy tany an-tendrombohitra

hankany amin' ny taniny ihany, noho ny halehibeazan' ny isan' ireo mpangalatra ireo izaitsizy, izay nanenika ny tendrombohitra sy ny tany foana.

32 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no nifaranan' izany taona izany. Ary ny jirika dia mbola nitombo sy nihanatanjaka, hany ka nohantsiany ny miaramilan' ny Nefita manontolo, ary koa ny an' ny Lamanita; ary nataony izay hahatongavan' ny tahotra tamin' ny vahoaka eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

33 Eny, fa izy ireo dia namangy ny faritra maro tamin' ny tany sy nanao fandravana lehibe tamin' ireny; eny, namono ny maro sy nitondra ny hafa ho babo nankany an-tany foana, eny, ary indrindra indrindra ireo vadiny sy zanany.

34 Ankehitriny, izao antambo lehibe izao izay tonga tamin' ny vahoaka noho ny helony dia nanaitra azy indray ho amin' ny fahatsiarovana ny Tompo Andriamaniny.

35 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahiraika amby valopolon' ny fitondran' ny mpitsara.

36 Ary tamin' ny taona faharoa amby valopolo dia nanomboka indray "nanadino ny Tompo Andriamaniny izy. Ary tamin' ny taona fahatelo amby valopolo dia nanomboka ho nihanahery tao amin' ny heloka izy. Ary tamin' ny taona fahefatra amby valopolo dia tsy nanitsy ny lalany izy.

37 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahadimy amby valopolo, dia nihanahery hatrany hatrany izy tao amin' ny fiavonavonany sy tao amin' ny faharatsiany; ary dia toy izany no nahamasaka azy indray ho amin' ny famongorana.

38 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahadimy amby valopolo.

TOKO 12

Tsy mahatombin-tsiraka sy adala ary mailaka amin' ny fanaovan-dratsy ny olona—Nofaizin' ny Tompo ny olony. Nampitahaina ny herin' Andriamanitra sy ny mahatsinontsinona ny olona—Amin' ny andron' ny fitsarana, ny olona dia hahazo ny fiainana maharitra mandrakizay na ny fanamelohana maharitra mandrakizay. Tokony ho 6 talohan' i J.K.

ARY dia toy izany no ahafahantsika mahita ny mahadiso, ary koa ny tsy fitombenan' ny fon' ny zanak' olombelona; eny, ahafahantsika mahita fa ny Tompo, ao amin' ny hatsarany lehibe tsi-sy fetra, dia mitahy sy "mampiroborobo ireo izay mametraka ny ^bfitokiany Aminy.

2 Eny, sy ahazoantsika mahita fa amin' ny fotoana indrindra izay ampiroboroboany ny olony, eny, amin' ny fampitomboana ny sahany, ny biby fiompiny, ary

amin' ny volamena sy amin' ny volafotsy ary amin' izay rehetra mety ho zava-tsarobidy isankarazany sy zava-kanto; ny fitsimbina na ny ainy sy ny fanafahana azy hiala eo an-tanan' ny fahavalony; ny fanalefahana ny fon' ny fahavalony mba tsy hamakiany ady aminy; eny, ary raha fintinina, ny fanaovana ny zava-drehetra ho fiadanana sy ho fahasambaran' ny olony; eny, dia amin' izay fotoana izay no "anamafisany ny fony sy anadinoany ny Tompo Andriamaniny ary ^banosihoseny amin' ny tongony ny Iray Masina—eny, ary izany dia noho ny fiadanany sy ny firoboroboany lehibe izaitsizy tokoa.

3 Ary dia toy izany no ahitan-tsika fa raha tsy "manafay ny olony amin' ny fahoriana maro ny Tompo, eny, raha tsy mamangy azy amin' ny fahafatesana sy amin' ny horohoro, ary amin' ny mosary sy amin' ny karazan' areti-mandringana rehetra Izy, dia tsy ^bhahatsiaro Azy izy.

4 Ô adala erỳ sy tsinontsinona erỳ ary ratsy erỳ, ary devoly toetra erỳ sy "mailaka erỳ hanao heloka ary mitaredretra erỳ ny hanao ny tsara ny zanak' olombelona; eny, mailaka erỳ ny haino ny tenin' ilay ratsy sy ny hametraka ny ^bfony amin' ny zava-poanan' izao tontolo izao!

5 Eny, mailaka erỳ ny ho tafa-

12 1a 2 Tan. 26:5;

Sal. 1:2–3.

b Sal. 36:7–8;

2 Ne. 22:2;

Môsà 4:6.

TSM Matoky.

2a TSM Apôstazia.

b Almà 5:53;

3 Ne. 28:35.

3a Môsia 23:21;

F&F 98:21; 101:8.

b Amo. 4:6–11.

4a Eks. 32:8.

b Mat. 15:19;

Heb. 3:12.

sondrotra ao amin' ny "fiavonavonana; eny mailaka erỳ ny hirehaka sy hanao ny fomba rehetra izay meloka; ary mitaredretra erỳ ny hahatsiaro ny Tompo Andriamaniny sy ny hampandry sofina amin' ny toroheviny, eny, mitaredretra erỳ ny ^bhandeha amin' ny lalan' ny fahendrena!

6 Indro, tsy iriany ny Tompo Andriamaniny izay efa "nahary azy mba ^bhanapaka sy hanjaka aminy; na dia eo aza ny hatsarany lehibe sy ny famindrampony taminy, dia ataony tsinontsinona ny toroheviny ary tsy tiany ny hanana Azy ho mpitari-dalana azy.

7 Ô lehibe erỳ ny "mahatsinontsinona ny zanak' olombelona; eny, izy dia ambany noho ny vovoky ny tany.

8 Fa indro, ny vovoky ny tany dia mihetsika manketsy sy mankeroa, misaratsaraka noho ny didin' ny Andriamanitsika lehibe sy maharitra mandrakizay.

9 Eny, indro noho ny feony ny havoana sy ny tendrombohitra dia mangovitra sy "mihorohoro.

10 Ary noho ny "herin' ny feony dia montsana ireny ary zary milamaka, eny, dia tahaka ny lohasaha.

11 Eny, noho ny herin' ny feony ny "tany manontolo dia mihorohoro;

12 Eny, noho ny herin' ny

feony ny fototra dia miraika, na dia hatrany amin' ny ivony aza.

13 Eny, raha hoy Izy amin' ny tany—Mifindrà—dia afindra izany.

14 Eny, raha hoy Izy amin' ny "tany—Ianao dia ^bhandeha mianotra mba ^dhanalava ny andro mandritra ny ora maro—dia atao izany;

15 Ary dia toy izany, araka ny teniny no andehanan' ny tany mianotra, ary manjary toy ny tsy mihetsika ny masoandro amin' ny olona; eny, ary indro, izany no izy; satria marina tokoa fa ny tany no mihetsika fa tsy ny masoandro.

16 Ary indro, koa, raha milaza amin' ny "ranon' ny hantsana lehibe Izy—^bAoka ianao ho maina—dia atao izany.

17 Indro, raha hoy Izy amin' ity tendrombohitra ity—Aoka ianao hiainga sy "hanatona ary hianjera amin' ity tanàna ity mba halevina izany—dia indro atao izany.

18 Ary indro, raha "manafina harena ao anaty tany ny olona iray ary hoy ny Tompo—Aoka ho ^bvoaozona izany, noho ny helok' ilay efa nanafina izany—indro, izany dia ho voaozona.

19 Ary raha hoy ny Tompo—Aoka ianao ho voaozona, ka tsy hisy olona hahita anao hatramin' izao fotoana izao ary ho

5a Ohab. 29:23.

TSM Fiavonavonana.

^b TSM Mandeha, Mandeha Miaraka amin' Andriamanitra.

6a Isa. 45:9; F&F 58:30; Mos. 7:32–33.

^b F&F 60:4.

7a Isa. 40:15, 17;

Môsîà 4:19; Mos. 1:10.

9a 3 Ne. 22:10.

10a 1 Ne. 17:46.

11a Môrm. 5:23; Etera 4:9.

14a Jos. 10:12–14.

^b Isa. 38:7–8.

^d 2 Mpan. 20:8–11.

16a Mat. 8:27.

^b Isa. 44:27; 51:10.

17a 3 Ne. 8:10.

18a Môrm. 1:18; Etera 14:1.

^b Hel. 13:17.

mandrakizay—indro, tsy hisy olona hahazo izany hatramin' izao ka ho mandrakizay.

20 Ary indro, raha hoy ny Tompo amin' ny olona iray—Noho ny helokao, dia ho voazona mandrakizay ianao—dia hatao izany.

21 Ary raha hoy ny Tompo—Noho ny helokao dia hoesorina hiala eo anatrehako ianao—Izy dia hanao izay hahatò izany.

22 Ary lozan' izay hilazany izany, fa izany dia ho to amin' izay hanao heloka, ary tsy azo vonjena izy; koa, noho izany antony izany mba hahazoana mamonjy ny olona no efa nambarana ny fibebahana.

23 Noho izany dia hotahiana ireo izay mibebaka sy mihaino ny feon' ny Tompo Andriamaniny; fa izy ireo no ireo izay "hovonjena.

24 Ary enga anie ka hotovin' Andriamanitra, ao amin' ny fahafenoany lehibe ny hahazoana mitondra ny olona mankamin' ny fibebahana sy ny asa tsara mba hahazoana mamerina aminy fahasoavana ho solon' ny "fahasoavana, araka ny asany.

25 Ary mba tiako ny hahazoana mamonjy ny olona rehetra. Nefa vakintsika fa amin' ny andro lehibe sady farany dia misy ny sasany izay hatsipy any ivelany, eny, izay hoesorina hiala avy eo anatrehan' ny Tompo;

26 Eny, izay hahiboka ao amin' ny toetry ny fahoriana tsisy fiarany hahatanteraka ny teny

izay milaza hoe: Ireo izay efa nanao ny tsara no hanana ny "fiainana maharitra mandrakizay; ary ireo izay efa nanao ny ratsy no hanana ny ^bfanelohana maharitra mandrakizay. Ary dia toy izany no izy. Amena.

Ny faminanian' i Samoela ilay Lamanita tamin' ny Nefita.

Mahafoaka ny toko 13 ka hatramin' ny 15 manontolo.

TOKO 13

I Samoela ilay Lamanita dia naminany ny famongorana ny Nefita raha tsy mibebaka izy—Nozonina izy sy ny haren' ny Nitsipaka sy nitora-bato ny mpaminany izy, notemerin' ny devoly manodidina, ary nikatsaka ny fahasambarana tamin' ny fanaovana heloka. Toko ny ho 6 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amby valopolo, dia mbola nitotra tao amin' ny faharatsiana ny Nefita, eny, tao amin' ny faharatsiana lehibe, raha niezaka mafy tokoa ny "Lamanita mba hitandrina ny didin' Andriamanitra, araka ny lalàn' i Mosesy.

2 Ary ny zava-nitranga, tamin' izay taona izay, dia nisy izany Samoela izany izay Lamanita, tonga tao an-tanin' i Zarahemlà, ary nanomboka nitory tamin' ny vahoaka. Ary ny zava-nitranga dia nitory fibebahana tamin'

23a TSM Famonjena.
24a TSM Fahasoavana.
26a Mat. 25:46;

Jaò. 5:28–29;
Roma. 6:13.
b TSM Fahamelohana.

13 1a Hel. 15:4–5.

ny vahoaka izy, nandritra ny andro maromaro, ary natsipiny tany ivelany izy, ary efa saika hiverina any amin' ny taniny ihany izy.

3 Nefa indro, tonga taminy ny feon' ny Tompo fa tokony hive-rina indray izy sy haminany amin' ny vahoaka na inona na inona zavatra ho tonga ao "am-pony.

4 Ary ny zava-nitranga dia tsy navelany ny hidirany ao antanàna; koa nandeha izy ary niakatra teo amin' ny mandany, ary naninjitra ny tanany sy nihiaka tamin' ny feo mahery, ary naminany tamin' ny vahoaka na inona na inona zavatra nape-traky ny Tompo tao am-pony.

5 Ary hoy izy taminy: Indro, izaho, Samoela Lamanita no miteny ny tenin' ny Tompo izay apetrany ao am-poko; ary indro efa napetrany tao am-poko izany mba hilaza amin' ity vahoaka ity fa ny "sabatra ny fahamarinana dia mihantona eo ambonin' ity vahoaka ity; ary tsy ho lasa ny efajato taona mialohan' ny hianjeran' ny sabatra ny fahamarinana amin' ity vahoaka ity.

6 Eny, "famongorana lehibe no miandry ity vahoaka ity, ary ho tonga marina tokoa amin' ity vahoaka ity izany, ary tsy misy na inona na inona afaka mamonjy ity vahoaka ity afa-tsy ny fibebahana sy ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo izay ho

avy marina tokoa eo amin' izao tontolo izao, sy hiaritra zavatra maro ary hovoanina ho an' ity vahoaka ity.

7 Ary indro, ny "anjin' ny Tompo no efa nanambara izany tamiko, ary izy dia nitondra ^bvaovao mahafaly ho an' ny fanahiko. Ary indro, nirahina ho atỳ aminareo aho mba hanambara izany aminareo koa mba hahazoanareo manana vaovao mahafaly; nefa indro tsy te handray ahy ianareo.

8 Koa, izao no lazain' ny Tompo: Noho ny hamafin' ny fon' ny vahoakan' ny Nefita, raha tsy mibebaka izy dia hotsoahako hiala aminy ny teniko ary "hoesoriko hiala aminy ny Fanahiko, ary tsy hiaritra azy intsony Aho ary hahodiko ny fon' ny rahalahiny hanohitra azy.

9 Ary tsy ho lasa ny "efajato taona mialohan' ny hanaovako izay hikapohana azy; eny, Izaho hamangy azy amin' ny sabatra sy ny mosary ary ny areti-mandringana.

10 Eny, Izaho hamangy azy ao amin' ny fahatezerako mirehitra, ary hisy ireo avy amin' ny "taranaka fahefatra ny fahavalonareo, izay ho velona mba hahita ny famongorana tanteraka anareo; ary ho tonga marina tokoa izany raha tsy mibebaka ianareo, hoy ny Tompo; ary ireo avy amin' ny taranaka fahefatra no hamangy anareo amin' ny fandranganana anareo.

3a F&F 100:5.
5a Almà 60:29;
3 Ne. 2:19.
6a Almà 45:10–14;

Hel. 15:17.
7a Almà 13:26.
^b Isa. 52:7.
8a Hel. 6:35.

9a Almà 45:10–12.
10a 1 Ne. 12:12;
2 Ne. 26:9;
3 Ne. 27:32.

11 Nefa raha mibebaka ianareo ary “miverina amin’ ny Tompo Andriamanitrareo, dia hahodiko ny fahatezerako, hoy ny Tompo; eny, izao no lazain’ ny Tompo, hotahiana izay mibebaka sy mitodika Amiko, fa lozan’ izay tsy mibebaka kosa.

12 Eny, “lozan’ ity tanàna lehiben’ i Zarahemlà ity; fa indro, noho ireo izay marina dia vonjena izy; eny, lozan’ ity tanàna lehibe ity, satria takatro, hoy ny Tompo, fa misy maro, eny, na dia ny ankamaroany ao amin’ ity tanàna lehibe ity aza no hanamafy ny fony Amiko, hoy ny Tompo.

13 Nefa hotahiana ireo izay mibebaka fa hotsimbiniko izy. Nefa indro, raha tsy noho ny marina izay ao amin’ ity tanàna lehibe ity, dia indro, ho efa nataoko izay hidinan’ ny “afo avy any an-danitra ka handrava azy.

14 Nefa indro, noho ny amin’ ny marina dia tsimbinina izy. Nefa indro, tonga ny fotoana, hoy ny Tompo, ka rehefa handroaka ny marina avy ao anivonareo ianareo, amin’ izay ianareo dia masaka ho amin’ ny famongorana; eny, lozan’ ity tanàna lehibe ity, noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetana izay ao aminy.

15 Eny, ary lozan’ ny tanànan’ i Gideôna, noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetana izay ao aminy.

16 Eny, ary lozan’ ny tanàna

rehetra izay ao amin’ ny tany manodidina, izay zakain’ ny Nefita, noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetana izay ao aminy.

17 Ary indro, ho tonga amin’ ny tany ny “ozona, hoy ny Tompon’ ny Maro, noho ny amin’ ny olona izay eo amin’ ny tany, eny, noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany.

18 Ary ny zavatra hitranga hoy ny Tompon’ ny Maro, eny, ny Andriamanitsika lehibe sy marina, dia na zovy na zovy no “hanafina harena ao anaty tany dia tsy hahita izany intsony, noho ny ozona lehibe amin’ ny tany, raha tsy olo-marina izy sy hanafina izany ao amin’ ny Tompo.

19 Fa tiako, hoy ny Tompo, ny hanafenany ny harenny ao Amiko; ary voaozona ireo izay tsy manafina ny harenny ao Amiko; fa tsy misy manafina ny harenny ao Amiko afa-tsy ny marina; ary izay tsy manafina ny harenny ao Amiko, dia voaozona izy, ary koa ny harenny, ary tsy hisy hanavotra izany noho ny ozona amin’ ny tany.

20 Ary ho avy ny andro izay hanafenany ny harenny, satria efa nametraka ny fony tamin’ ny harena izy; ary satria efa nametraka ny fony tamin’ ny harenny izy sy hanafina ny harenny rehefa handositra eo anoloan’ ny fahavalony; satria tsy hanafina izany ao Amiko izy dia voaozona izy ary koa ny harenny; ary amin’

11a 3 Ne. 10:5–7.

12a 3 Ne. 8:8, 24; 9:3.

13a Gen. 19:24;

2 Mpan. 1:9–16;

3 Ne. 9:11.

17a Hel. 12:18.

18a Môrm. 1:18;

Etera 14:1.

izay andro izay dia hokapohina izy, hoy ny Tompo.

21 Indro ianareo, mponin' ity tanàna lehibe ity, “mihainoa ny teniko; eny, mihainoa ny teny izay lazain' ny Tompo; fa indro, hoy izy, voaozona ianareo noho ny harenareo, ary koa ny harenareo dia voaozona, satria ianareo dia efa nametraka ny fonareo tamin' ireny ary tsy nihaino ny tenin' Ilay nanome ireny anareo.

22 Tsy mahatsiaro ny Tompo Andriamanitrareo ianareo amin' ny zavatra izay efa nitahiany anareo, nefa ianareo dia mahatsiaro mandrakariva ny “harenareo, saingy tsy ho fisaorana ny Tompo Andriamanitrareo noho ireny; eny, tsy voasintona ho an' ny Tompo ny fonareo fa mizihitry ny ^bfiavonavonana lehibe kosa, hatrany amin' ny fireharehana sy hatrany amin' ny fizihirana lehibe, ny ^ffialonana, ny fifandrafiana, ny hasomparana, ny fanenjehana sy ny vonoan' olona ary ny fomban' ny heloka rehetra.

23 Noho izany antony izany dia efa nataon' ny Tompo Andriamanitra izay hahatonga ny ozona amin' ny tany ary koa amin' ny harenareo, ary izany dia noho ny helokareo.

24 Eny lozan' ity vahoaka ity noho izany fotoana izany izay efa tonga, izay “androahanareo ny mpaminany, sy anesoanareo

azy ireny, ary itorahanareo vato azy ireny, sy amonoanareo azy ireny, ary anaovanareo ny fomban' ny heloka rehetra amin' izy ireny, dia tahaka ny nataon' ireo tamin' ny fahagolan-tany.

25 Ary ankehitriny rehefa miresaka ianareo, dia hoy ianareo: Raha mba tamin' ny andron' ny “razanay fahiny ny andronay, dia tsy ho namono ny mpaminany izahay; tsy ho nitora-bato azy ireny izahay sy tsy ho nandroaka azy ireny.

26 Indro ianareo dia ratsy koa noho izy ireo; fa raha velona koa ny Tompo, raha tonga any anivonareo ny “mpaminany iray sy manambara aminareo ny tenin' ny Tompo, izay manambara ny amin' ny fahotanareo sy ny helokareo, dia ^btezitra aminy ianareo sy mandroaka azy any ivelany ary mikatsaka ny fomba rehetra hamongorana azy; eny, hilaza ianareo fa ^dmpaminany sandoka izy sy mpanota ary avy amin' ny devoly, satria ^eambarany fa ny atonareo dia ratsy.

27 Nefa indro, raha ho tonga any anivonareo ny olona iray sy hilaza hoe: Ataovy izao, ary tsy misy heloka; ataovy izao ary tsy hijaly ianareo; eny, hilaza izy hoe: Mandehana araka ny avonavon' ny fonareo ihany; eny, mandehana araka ny avonavon' ny masonareo ary ataovy izay rehetra irian' ny fonareo—ary

21a TSM Mihaino.

22a Lio. 12:34.

TSM Harena; Rehak' Izaon' Tontolo Izaon'.

b TSM Fiavonavonana.

d TSM Mialona.

24a 2 Tan. 36:15–16;

1 Ne. 1:20.

25a Asa 7:51.

26a 2 Tan. 18:7; Lio. 16:31.

b Isa. 30:9–10.

d Mat. 13:57.

e Gal. 4:16.

raha ho tonga any anivonareo ny olona iray ka hilaza izany, dia horaisinareo izy sy holazainareo fa "mpaminany.

28 Eny, hanandraatra azy ianareo, sy hanome azy amin' ny fanananareo; hanome azy amin' ny volamenanareo sy amin' ny volafotsinareo ianareo ary hampikanjo azy fitafiana lafo vidy; ary satria manao "teny manasohaso aminareo izy sy milaza fa mandry ny rehetra, amin' izany ianareo dia tsy hahita hadisoana aminy.

29 Ô ianareo taranaka maditra sy mpamadika; ianareo vahoaka mafy fo sy henja-katoka, mandra-pahoviana no hiheveranareo fa hiaretan' ny Tompo anareo? Eny, mandra-pahoviana no hamelanareo ny tenanareo hotarihin' ny mpitarika "adala sy ^bjamba? Eny, mandra-pahoviana no ^dhifidiananareo ny haizina toy izay ny "hazavana?

30 Eny, indro, ny fahatezeran' ny Tompo dia mirehitra sahaday aminareo; indro, efa nanozona ny tany Izy noho ny helokareo.

31 Ary indro, tonga ny fotoana izay anozonany ny harenareo, ka zary "malama ireny, ka tsy afaka mihazona ireny ianareo; ary amin' ny andron' ny fahantranareo dia tsy afaka mitana ireny ianareo.

32 Ary amin' ny andron' ny fahantranareo dia hitalaho amin' ny Tompo ianareo; ary ho very maina ny fitalahoanareo, satria

mby eo aminareo sahaday ny faharavanareo ary azo antoka ny famongorana anareo; ary amin' izay dia hitomany sy hidradradradra ianareo amin' izany andro izany, hoy ny Tompon' ny Maro. Ary amin' izany dia hitoloko ianareo sy hilaza hoe:

33 Ô "inay aho nibebaka sy tsy namono ny mpaminany, na ^bnitora-bato azy ireny, na nandroaka azy ireny tany ivelany. Eny, amin' izany andro izany ianareo dia hilaza hoe: Ô inay izahay nahatsiaro ny Tompo Andriamanitray tamin' ny andro izay nanomezany anay ny harenay, ary tamin' izany dia tsy ho nalama ireny ka ho nafoinay; fa indro ny harenay dia lasana niala taminay.

34 Indro, apetrakay eto ny fitaovana iray ary ny ampitso dia lasana izany; ary indro, esorina aminay ny sabatray amin' ny andro nitadiavanay azy ho amin' ny ady.

35 Eny, efa nanafina ny harenay izahay ary dia efa nikorosy niala taminay ireny, noho ny ozona tamin' ny tany.

36 Ô inay izahay nibebaka tamin' ny andro nahatongavan' ny tenin' ny Tompo taminay; fa indro voaozona ny tany ary ny zavatra rehetra dia zary malama, ary tsy afaka mihazona ireny izahay.

37 Indro, izahay dia hodidinin' ny devoly, eny, voatemitry ny anjelin' ilay efa nikatsaka ny ha-

27a Mika 2:11.
TSM Komiberaky ny
Mpisorona.
28a 2 Tim. 4:3-4.

29a 2 Ne. 28:9.
b Mat. 15:14.
d Jao. 3:19.
e Joba 24:13.

31a Môrm. 1:17-18.
33a Môrm. 2:10-15.
b Mat. 23:37.

mongotra ny fanahinay izahay. Indro lehibe ny helokay. Tompo ô, tsy afaka va lanao hampihodina ny fahatezeranao hiala aminay? Ary dia izany no ho teninareo amin' izany andro izany.

38 Nefa indro, ny “andron' ny fizahan-toetra anareo dia efa lasana; efa ^bnahemotrareo ny andron' ny famonjena anareo mandra-pahatongan' izany ho tratra aoriana mandrakizay tokoa, ary ny famongorana anareo dia azo antoka; eny, fa efa nikatsaka nandritra ny andrompiainanareo ianareo izay tsy nety ho azonareo; ary efa nikatsaka ny “fahasambarana ianareo tamin' ny fanaovana heloka izay zavatra mifanohitra amin' ny toetran' ity fahamarinana ity izay ao amin' ny Filohantsika lehibe sy mandrakizay.

39 Ô ianareo mponina amin' ny tany, inay ianareo mba te handre ny teniko! Ary izaho dia mivavaka mba hampihodinana ny fahatezeran' ny Tompo hiala aminareo sy mba hibebahanareo ary mba ho voavonjy.

TOKO 14

Nolazain' i Samoela mialoha ny fisian' ny hazavana mandritra ny alina sy ny kintana vaovao amin' ny fahaterahan' i Kristy—Navotan' i Kristy tamin' ny fahafatesany ny nofo sy ny fahafatesam-panahy—Ny famantarana ny amin' ny

fahafatesany dia nahitana ny haizina hateloana, ny fitresahan' ny vatolampy ary ny fisavorovoroana lehibe teo amin' ny voary. Tokony ho 6 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia naminany zavatra maro ankoatra izany i “Samoela ilay Lamanita, izay tsy hay soratana.

2 Ary indro, hoy izy taminy: Indro, omeko famantarana iray ianareo; fa mbola hisy dimy taona, ary indro, amin' izay dia ho avy ny Zanak' Andriamantitra hanavotra ireo rehetra izay hino ny anarany.

3 Ary indro, izao no homeko anareo ho “famantarana amin' ny fotoana hiaviany; fa indro, hisy hazavana lehibe eny amin' ny lanitra, hany ka amin' ny alina mialohan' ny hiaviany dia tsy hisy haizina, hany ka amin' ny olona dia hanjary ho toy ny andro izany.

4 Koa hisy andro iray sy alina iray ary andro iray, miova tsy ny andro iray ary tsy misy alina; ary izany dia ho famantarana ho anareo; fa ho fantatrareo ny amin' ny fiposahan' ny masoandro ary koa ny amin' ny filentehany; koa ho fantatrareo marina tokoa fa hisy andro roa sy alina iray; kanefa ny alina dia tsy hohamaizinina; ary izany no alina mialohan' ny “hahaterahany.

5 Ary indro, hisy “kintana vaovao hitranga, dia tahaka izay tsy mbola hitanareo na oviana

38a Môm. 2:15.
b Almà 34:33–34.
d Almà 41:10–11.
14 1a Hel. 13:2.

3a 3 Ne. 1:15.
4a TSM Jesoa Kristy—
Faminianiana ny
amin' ny

fahaterahana sy
ny fahafatesan' i
Jesoa Kristy.
5a Mat. 2:1–2; 3 Ne. 1:21.

na oviana; ary izany koa dia ho famantarana ho anareo.

6 Ary indro tsy izay ihany, hisy famantarana maro sy zava-mahagaga eny amin' ny lanitra.

7 Ary ny zavatra hitranga dia ho talanjona ianareo sy hitolagaga, hany ka ho "lavo amin' ny tany.

8 Ary ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no "hino ny Zanak' Andriamanitra, dia izy no hanana ny fiainana maharitra mandrakizay.

9 Ary indro, toy izany no efa nandidian' ny Tompo ahy, tamin' ny alalan' ny anjeliny, dia ny hahatongavako sy ny hitenenako izany zavatra izany aminareo; eny, efa nandidy ny haminaniako ireo zavatra ireo aminareo Izy; eny, hoy Izy tamiko: Antsoy amin' ity vahoaka ity hoe, mibebaha ary omano ny lalan' ny Tompo.

10 Ary ankehitriny, satria Lamanita aho sy efa niteny taminareo ny teny izay efa nandidian' ny Tompo ahy, ary satria henjana taminareo izany, dia tezitra amiko ianareo sy mikatsaka ny hamongotra ahy ary efa "nandroaka ahy avy teo aminareo.

11 Ary handre ny teniko ianareo satria noho izany antony izany no efa niakarako teto amin' ny mandan' ity tanàna ity, dia ny hahazoanareo mandre sy mahafantatra ny amin' ny

famaizan' Andriamanitra izay miandry anareo noho ny helokareo ary koa ny hahazoanareo mahafantatra ny fepetran' ny fibebahana;

12 Ary koa ny hahazoanareo mahafantatra ny amin' ny fiavian' i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, ny "Rain' ny lanitra sy ny tany, ny Mpahary ny zavatra rehetra hatrany ampiandohana; ary koa ny hahazoanareo mahafantatra ny amin' ny famantarana ny fiaviany, ka ny fikasana dia ny hahazoanareo mino ny anarany.

13 Ary raha "mino ny anarany ianareo dia hibebaka amin' ny fahotanareo rehetra, ka amin' izany no hahazoanareo ny famelana ireny amin' ny alalan' ny ^bfahamendrehany.

14 Ary indro koa, famantarana iray hafa no omeko anareo, eny, dia ny famantarana ny amin' ny fahafatesany.

15 Fa indro, tsy maintsy ho faty marina tokoa Izy mba hahatongavan' ny "famonjena; eny, takiana Aminy ary zary ilaina ny hahafatesany mba hahatant-raka ny ^bfitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty, fa amin' izany no hahazoana mitondra ny olona ho eo anatrehan' ny Tompo.

16 Eny, indro, izany fahafatesana izany dia manatanteraka ny fitsanganana amin' ny maty sy "manavotra ny olombelona

7a 3 Ne. 1:16-17.

8a Jao. 3:16.

10a Hel. 13:2.

12a Môsià 3:8;

3 Ne. 9:15;

Etera 4:7.

TSM Jesoa Kristy.

13a Asa 16:30-31.

^b F&F 19:16-20.

15a TSM Mpamonjy.

^b Almà 42:23.

TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

16a TSM Drafitry ny Fanavotana.

rehetra amin' ny fahafatesana voalohany — ilay fahafatesam-panahy; fa ny olombelona rehetra, noho ny ^bfahalavoan' i Adama, dia ⁴nesorina teo anatrehan' ny Tompo ary heverina ho toy ny ^amaty raha ny amin' ny zavatra ara-nofy sy ny zavatra ara-panahy.

17 Nefa indro, ny fitsanganan' i Kristy amin' ny maty dia ^amanavotra ny olombelona, eny, dia ny olombelona rehetra, sy mitondra azy hiverina eo anatrehan' ny Tompo.

18 Eny, ary izany dia manatanteraka ny fepetran' ny fibebahana, ka na zovy na zovy no mibebaka dia tsy kapaina izy ary tsy atsipy any anaty afo; fa na zovy na zovy kosa no tsy mibebaka dia kapaina sy hatsipy any anaty afo; ary dia tonga aminy indray ny fahafatesam-panahy, eny, ny fahafatesana faharoa, fa voakapa indray izy raha ny amin' ny zavatra mikasika ny fahamarinana.

19 Koa mibebaha ianareo, mibebaha ianareo, fandrao ny fahalalanareo ireny zavatra ireny sy ny tsy fanaovanareo ireny dia hamela ny tenanareo ho tonga eo ambany fanamelohana, ary diaentina midina any amin' ity fahafatesana faharoa ity ianareo.

20 Nefa indro, araka ny nola-zaiko taminareo momba ny ^afamantarana iray hafa, ny famantarana ny amin' ny fahafatesany, dia indro, amin' ny

andro izay hiaretany fahafatesana ny masoandro dia ^bhohamaizinina sy handà ny hanome ny hazavana ho anareo; ary ny volana sy ny kintana koa; ary tsy hisy hazavana eto ambonin' ity tany ity, manomboka amin' ny fotoana izay hiaretany fahafatesana, mandritra ny ^atelo andro, ka hatramin' ny fotoana izay hitsanganany indray amin' ny maty.

21 Eny, amin' ny fotoana izay hanolorany ny fanahy dia hisy ^akotroka sy tselatra mandritra ny ora maro ary hihorohoro sy hihovitrovitra ny tany; ary ny vatolampy izay eo amin' ny lafin' ity tany ity, izay eo ambonin' ny tany sy any ambanin' ny tany, izay fantatrareo amin' izao fotoana izao fa mafy, na ny ankamaroany amin' izany dia vaingana iray mafy, dia ^bhopotehina;

22 Eny, hitresaka roa ireny, ary hatramin' izay dia ^ahahitana silany nitriatriatra sy nitsefatsefaka ary potipotika eran' ny lafiny amin' ny tany manontolo, eny, na eny ambonin' ny tany, na any ambanin' ny tany.

23 Ary indro, hisy tafiotra lehibe ary hisy tendrombohitra maro haetry hilmaka tahaka ny lohasaha, ary hisy toerana maro izay antsoina ankehitriny hoe lohasaha no ho tonga tendrombohitra izay lehibe ny haavony.

24 Ary lalambe maro no hota-

16b TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.
d Almà 42:6–9.
e TSM Fahafatesana

Ara-panahy.
17a TSM Fanavotana.
20a 3 Ne. 8:5–25.
b Lio. 23:44.

d Mòsià 3:10.
21a 3 Ne. 8:6.
b 3 Ne. 10:9.
22a 3 Ne. 8:18.

pahina ary “tanàna maro no ho tonga aolo.

25 Ary “fasana maro no hovo-hana sy hamoaka ny maro amin’ ny maty ao aminy; ary olomasina maro no hiseho amin’ ny maro.

26 Ary indro, izany no efa notenenin’ ny “anjely tamiko; satria nilaza tamiko izy fa hisy kotroka sy tselatra mandritra ny ora maro.

27 Ary nilaza tamiko izy fa raha mbola maharitra ny kotroka sy ny tselatra ary ny tafiotra, dia hisy ireo zavatra ireo, ary ny “haizina dia handrakotra ny lafin’ ny tany manontolo mandritra ny telo andro.

28 Ary nilaza tamiko ilay anjely fa maro no hahita zavatra lehibe kokoa noho ireo, ka ny fikasana dia ny hahazoany mino fa “ireny famantarana ireny ary ireny zava-mahagaga ireny dia hitranga eo amin’ ny lafiny rehetra amin’ ity tany ity, ka ny fikasana dia ny tsy hisian’ ny antony ho an’ ny tsy finoana eo anivon’ ny zanak’ olombelona—

29 Ary izany dia noho ny fikasana fa na zovy na zovy no hino dia ho azo vonjena, ary na zovy na zovy no tsy hino dia “fitsarana marina no hihatra aminy; ary koa raha voaheloka izy dia izy ihany no ahatonga ny fanamelohana amin’ ny tenany.

30 Ary ankehitriny dia tsarovy, tsarovy, ry rahalahiko, fa na

zovy na zovy no maty dia maty ho an’ ny tenany; ary na zovy na zovy no manao heloka dia manao izany ho an’ ny tenany; fa indro, “afaka ianareo; avela ianareo hanao araka ny tenanareo; fa indro, Andriamanitra dia efa nanome anareo ^bfahalalana sy efa nanafaka anareo.

31 Efa nanome anareo Izy mba hahazoanareo “mahafantatra ny tsara sy ny ratsy, ary efa nanome anareo Izy mba hahazoanareo ^bmifidy na ny fiainana na ny fahafatesana; ary afaka manao ny tsara ianareo ka azo “averina amin’ izay tsara, na hanana izay tsara haverina aminareo; na afaka manao ny ratsy ary hanana izay ratsy haverina aminareo.

TOKO 15

Nofaizin’ ny Tompo ny Nefita satria notiaviny izy—Ny Lamanita niova fo dia niorina sy nifototra tao amin’ ny finoana—Ho feno famindram-po amin’ ny Lamanita ny Tompo amin’ ny andro farany. Tokony ho 6 talohan’ i J.K.

ARY ankehitriny, ry rahalahiko malala, indro ambarako aminareo fa raha tsy mibebaka ianareo, dia havela ho “aolo aminareo ny tranonareo.

2 Eny, raha tsy mibebaka ianareo, dia hanana antony lehibe hitomaniana amin’ ny andro izay hampinonoany ny vehiva-

24a 3 Ne. 9:3–12.
25a Mat. 27:50–54;
3 Ne. 23:9–11.
26a Almà 13:26.
27a 1 Ne. 19:10;
3 Ne. 8:3.

28a 1 Ne. 12:4–5.
29a TSM Fitsarana
Farany, Ny.
30a 2 Ne. 2:26–29;
Mos. 6:56.
TSM Safidy.

^b TSM Fahalalana.
31a Mòrò. 7:16.
^b 2 Ne. 2:28–29;
Almà 3:26–27.
^d Almà 41:3–5.
15 1a Mat. 23:37–38.

vinareo; fa hanandrana ny handositra ianareo ary tsy hisy toerana fialofana; eny, lozan' ireo izay "manan' anaka, fa ho mavesatra izy ireo ary tsy ho afaka mandositra; noho izany dia ho voahosihosy sy havela ho faty izy ireo.

3 Eny, lozan' ity vahoaka izay antsoina hoe ny vahoakan' i Nefia ity raha tsy mibebaka izy rehefa hahita ireo famantarana sy zava-mahagaga rehetra ireo izay haseho azy; fa indro, efa vahoaka nofinidin' ny Tompo izy; eny, ny vahoakan' i Nefia dia efa notiaviny ary efa "nofaiziny koa; eny, tamin' ny andro nanaovany heloka dia efa nofaiziny izy satria tia azy Izy.

4 Nefa indro ry rahalahiko, ny Lamanita dia efa nankahalainy, satria ny ataony dia efa ratsy lalandava, ary izany dia noho ny heloky ny "fomban-drazany. Nefa indro, efa tonga taminy ny famonjena tamin' ny fitorian' ny Nefita; ary noho izany anto-ny izany dia efa "nohalavain' ny Tompo ny androny.

5 Ary mba tiako ny hahitana-reo fa ny "ankamaroany dia mby amin' ny lalan' ny adidiny, ary izy dia mandeha amim-pahamalinana tokoa eo anoloan' Andriamanitra, sy miezaka ny hitandrana ny didiny sy ny satany ary ny fitsarany araka ny lalàn' i Mosesy.

6 Eny, lazaiko aminareo, fa ny ankamaroany dia manao izany,

ary milofo izy miaraka amin' ny fahazotoana tsy mety sasatra mba hahazoany mitondra ny sisa tavela amin' ny rahalahiny ho amin' ny fahalalana ny marina; noho izany dia misy maro izay manampy ny isany isan' andro.

7 Ary indro, fantatry ny tenanareo ihany, satria efa nijoro ho vavolombelon' izany ianareo, fa izay rehetra taminy ka entina ho amin' ny fahalalana ny marina, sy hahafantatra ny amin' ny fomban-drazany ratsy sady vetaveta, ary tarihina hino ny soratra masina, eny, ny faminanian' ny mpaminany masina, izay voasoratra, izay mitarika azy ho amin' ny finoana ny Tompo, ary ho amin' ny fibebahana, dia finoana sy fibebahana mitondra "fiovam-po ho azy—

8 Koa, izay rehetra tonga amin' izany, fantatry ny tenanareo ihany, fa "miorina sy mifototra ao amin' ny finoana izy, sy ao amin' ny zavatra izay efa nanafahana azy.

9 Ary fantatrareo koa fa efa "naleviny ny fitaovam-piadiany ary matahotra izy ny haka ireny fandrao mety hisy fomba hanotany; eny, azonareo jerena fa matahotra ny hanota izy—fa indro hamela ny tenany ho voahosihosy sy hovanoin' ny fahavalony izy ka tsy hanaina ny sabany hanohitra azy, ary izany dia noho ny finoany an' i Kristy.

2a Mat. 24:19.

3a Ohab. 3:12;

Heb. 12:5-11;

F&F 95:1.

4a TSM Fomban-drazana.

b Almà 9:16.

5a Hel. 13:1.

7a TSM Fiovam-po.

8a Almà 23:6; 27:27;

3 Ne. 6:14.

9a Almà 24:17-19.

10 Ary ankehitriny, noho ny fifotorany rehefa mino ny zavatra izay inoany izy, fa noho ny fiorenany rehefa voazava indray mandeha izy, dia indro, hitahy azy sy hanalava ny androny ny Tompo, na dia teo aza ny helony—

11 Eny, raha toa aza ka hihemotra ao amin' ny tsy finoana izy, ny Tompo dia "hanalava ny androny mandra-pahatongan' ny fotoana izay efa voalazan' ny razantsika, ary koa ny mpaminany ^bZenôsa sy ny mpaminany maro hafa, momba ny ^dfamere-nana indray ny Lamanita rahalahantsika ho amin' ny fahalalana ny marina—

12 Eny, lazaiko aminareo fa amin' ny fotoana farany, ny "fampanantenan' ny Tompo dia efa voatolotra ny Lamanita rahalahintsika; ary na dia eo aza ny fahoriana maro izay hahazo azy, ary na dia ^bhorohahina etsy sy eroa aza izy eran' ny lafitany sy hazaina ary hokapohina sy haely lavitra, ka tsy hanana toerana fialofana, ny Tompo dia ho feno ^dfamindram-po aminy.

13 Ary izany dia araka ny faminiana fa "hoentina indray izy hankamin' ny tena fahalalana, dia ny fahalalana ny Mpanavotra azy sy ny ^bmpiandry ondriny lehibe sy marina, ary horaisina ho isan' ny ondriny.

14 Koa lazaiko aminareo fa ho "tsara kokoa ho azy izany

toy izay ho anareo raha tsy mibebaka ianareo.

15 Fa indro, "raha toa ka naseho azy ny asa mahery izay efa naseho anareo, eny, naseho an' ireo izay efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana noho ny fombandrazany, dia azon' ny tenanareo jerena fa tsy ho nihemotra na oviana na oviana indray tao amin' ny tsy finoana izy.

16 Koa hoy ny Tompo: Izaho tsy hamongotra azy tanteraka, fa hanao kosa amin' ny andron' ny fahendreko izay hiverenany indray amiko, hoy ny Tompo.

17 Ary ankehitriny, indro, hoy ny Tompo momba ny vahoakan' ny Nefita: Raha tsy mibebaka izy sy tsy miezaka ny hanao ny sitrapoko, dia "hamongotra azy tanteraka Aho, hoy ny Tompo, noho ny tsy finoany na dia teo aza ny asa mahery maro izay efa nataoko teo anivony; ary raha velona marina koa ny Tompo, dia ho to ireo zavatra ireo, hoy ny Tompo.

TOKO 16

Ny Nefita izay nino an' i Samoela dia nataon' i Nefia batisa—I Samoela dia tsy hay novonoina tamin' ny zanatsipika sy ny vaton' ny Nefita tsy mety mivalo—Nanamafy ny fony ny sasany, nahita anjely ny hafa—Nilaza ny tsy mpino fa tsy fahendrena ny

11a Almà 9:16.

b Hel. 8:19.

d 2 Ne. 30:5–8.

12a Enôsa 1:12–13.

b Môrm. 5:15.

d 1 Ne. 13:31;

2 Ne. 10:18–19;

Jakôba 3:5–6.

13a 3 Ne. 16:12.

b TSM Mpiandry

Ondry Tsara.

14a Hel. 7:23.

15a Mat. 11:20–23.

17a Hel. 13:6–10.

mino an' i Kristy sy ny fiaviany any Jerosalema. Tokony ho 6-1 talohan' i J.K.

ARY ankehitriny, ny zava-nitranga dia nisy maro no nandre ny tenin' i Samoela ilay Lama-nita, izay noteneniny teo amin' ny mandan' ny tanàna. Ary izay rehetra nino ny teniny dia nandeha sy nitady an' i Nefia; ary nony efa nandeha ireo sy nahita azy dia niaiky taminy ny fahotany sady tsy nandà, fa naniry ny hahazoana manao batisa azy ireo ho an' ny Tompo.

2 Fa izay rehetra tsy nino ny tenin' i Samoela kosa dia tezitra taminy; ary nitora-bato azy teo amin' ny manda, ary koa nandefa zanatsipika maro teny aminy raha nijoro teo amin' ny manda izy; saingy niaraka taminy ny Fanahin' ny Tompo, hany ka tsy nety nahavao azy tamin' ny vatony na ny zanatsipikany ireo.

3 Ankehitriny nony nahita izy ireo fa tsy nety nahavao azy, dia nisy maro no nino ny teniny, hany ka nandeha ireo nankany amin' i Nefia mba hatao batisa.

4 Fa indro, i Nefia dia nanao batisa sy naminany ary nitory, niantso fibebahana tamin' ny vahoaka, naneho famantarana sy zava-mahazendana, nanao "fahagagana teo anivon' ny vahoaka hahazoany mahafantatra fa tsy maintsy ho avy ^btsy ho ela i Kristy —

5 Niteny taminy ny amin' ny zavatra izay tsy maintsy ho avy tsy ho ela mba hahazoany ma-

hafantatra sy mahatsiaro amin' ny fotoana iavian' ireny fa ireny dia efa nampahafantarina azy ireo mialoha, ka ny fikasana dia ny hahazoany mino; koa izay rehetra nino ny tenin' i Samoela dia nandeha nankany aminy hatao batisa, fa tonga izy ireo, nibebaka sy niaiky ny fahotany.

6 Nefa ny ankamaroany dia tsy nino ny tenin' i Samoela; koa nony nahita izy ireo fa tsy nety nahavao azy tamin' ny vatony sy ny zanatsipikany, dia nantsoiny ny kapiteniny, nataony hoe: Alao io lehilahy io ary afatory izy, fa indro manana devoly izy; ary noho ny herin' ny devoly izay ao aminy dia tsy mety mahavao azy amin' ny vatonay sy ny zanatsipikanay izahay; koa alao izy sy afatory ary ento any.

7 Ary raha nandroso ireo hisambotra azy, dia indro nitsambikina ny tenany nidina avy teny amin' ny manda ary nandositra niala ny taniny, eny, nankany amin' ny faritaniny ihany ary nanomboka nitory sy naminany tany anivon' ny vahoakany ihany.

8 Ary indro, tsy re na oviana na oviana intsony tany anivon' ny Nefita ny aminy; ary dia toy izany no raharahan' ny vahoaka.

9 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahenina amby valopolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

10 Ary dia toy izany koa no nifaranan' ny taona fahafito

amby valopolon' ny fitondran' ny mpitsara, fa ny ankamaroan' ny vahoaka dia nijanona tao amin' ny fiavonavonany sy ny faharatsiany, ary ny ankavitsiana kosa dia nandeha tamimpahamalinana be tokoa teo anoloan' Andriamanitra.

11 Ary dia ireo koa no zavany nisy tamin' ny taona fahavalo amby valopolon' ny fitondran' ny mpitsara.

12 Ary tsy nisy afa-tsy fiovana kely teo amin' ny raharahan' ny vahoaka, tsy nisy afa-tsy vahoaka izay nanomboka ho nihamafy tao amin' ny heloka sy nanao hatrany hatrany izay nifanohitra tamin' ny didin' Andriamanitra, tamin' ny taona fahasivy amby valopolon' ny fitondran' ny mpitsara.

13 Nefa ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahasivifolon' ny fitondran' ny mpitsara, dia nisy "famantarana lehibe nomena ny vahoaka sy zava-mahagaga; ary ^bnanomboka ho tanteraka ny tenin' ny mpaminany.

14 Ary ny "anjely dia niseho tamin' ny olona, ny olon-kendry ary nanambara taminy vaovao mahafaly sy fifaliana lehibe; dia toy izany no nanombohan' ny soratra masina ho tanteraka tamin' izany taona izany.

15 Na dia teo aza izany, dia nanomboka nanamafy ny fony ny vahoaka, ny rehetra afa-tsy ny ampahany tena mpino tamin' ny Nefita izany na koa tamin' ny Lamanita, ary

nanomboka niantehitra tamin' ny heriny ihany sy tamin' ny "fahendreny ihany, nanao hoe:

16 Mety nanana fanombatom-banana marina izy ireo tamin' ireo maro tokoa; nefa indro, fantatsika fa ireo asa lehibe sy mahatalanjona rehetra ireo izay efa voaresaka dia tsy afaka hitranga.

17 Ary izy ireo dia rafitra nifandahatra sy nifanditra teo anivon' izy samy izy, nanao hoe:

18 "Tsy mety ny fiheverana fa ny toa an' i Kristy dia ho avy; raha izany, ary raha Zanak' Andriamanitra Izy, ny Rain' ny lanitra sy ny tany, toy ny efa voalaza, nahoana Izy no tsy haneho ny tenany amintsika ary koa amin' ireo izay ao Jerosalema?

19 Eny, nahoana Izy no tsy haneho ny tenany eo amin' ity tany ity ary koa eo amin' ny tanin' i Jerosalema?

20 Nefa indro, fantatsika fa izany dia "fomba ratsy izay efa natolotry ny razantsika antsika, mba hanao izay hinoantsika ny zavatra lehibe sy mahatalanjona sasany izay tokony hitranga, saingy tsy eto amintsika fa any an-tany iray kosa izay lavitra, tany iray izay tsy fantatsika; noho izany dia azony tanana ao amin' ny tsy fahalalana isika, satria tsy afaka mijoro ho ^bvavolombelona manatri-maso isika fa marina izany.

21 Ary amin' ny alalan' ny hafetsena sy ny hakingana ko-

13a 3 Ne. 1:4.
b Hel. 14:3-7.
14a Almà 13:26.

15a Isa. 5:21.
18a Almà 30:12-13.
20a TSM Fomban-drazana.

b Etera 12:5-6, 19.

nonkononin' ilay ratsy no hanaovan' izy ireo mystery lehibe izay tsy haintsika takarina, izay hitana antsika ho ambany ka ho mpanompon' ny teniny, ary koa ho mpanompony, satria miantehitra amin' izy ireo isika hampianatra antsika ny teny; ary dia toy izany no hitanany antsika ao amin' ny tsy fahalalana raha manaiky azy ireo ny tenantsika, mandritra ny androm-piainantsika rehetra.

22 Ary zavatra maro kokoa no nosaintsainin' ny vahoaka tao am-pony, izay fahadalana sy "zava-poana; ary tsy tafandry mandry fatratra izy, satria i Satana dia namoky azy hanao heloka lalandava; eny, izy dia nivezivezy nanelly tsaho sy fifandirana eran' ny lafin-tany

rehetra mba hahazoany manamafy ny fon' ny vahoaka hano-hitra izay tsara sy hano-hitra izay tokony ho avy.

23 Ary na dia teo aza ny famantarana sy ny zava-mahagaga izay notontosaina teo anivon' ny vahoakan' ny Tompo, ary ny fahagagana maro izay nataon' izy ireo, i Satana dia nahazo vahana lehibe tamin' ny fon' ny vahoaka eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

24 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahasivifolon' ny fitondran' ny mpitsara teo amin' ny vahoakan' i Nefia.

25 Ary dia toy izany no nifaranan' ny bokin' i Helamàna, araka ny rakitsoratr' i Helamàna sy ny zanany lahy.

NEFIA FAHATELO NY BOKIN' I NEFIA

ZANAKALAHIN' I NEFIA, IZAY ZANAKALAHIN' I HELAMÀNA

Ary i Helamàna dia zanakalahin' i Helamàna izay zanakalahin' i Almà, izay zanakalahin' i Almà, izay tamingan' i Nefia izay zanakalahin' i Leahia izay nivoaka avy tao Jerosalema tamin' ny taona voalohan' ny fitondran' i Zedekià, mpanjakan' i Joda.

TOKO 1

I Nefia, zanakalahin' i Helamàna, dia nandeha niala ny tany, ary i Nefia zanany no nitana ny rakitsoratra—Na dia sesehena aza ny famantarana sy ny zava-mahagaga, dia nitetika ny handringana ny

marina ny ratsy—Tonga ny alin' ny fahaterahan' i Kristy—Nomena ny famantarana ary nitranga ny kintana vaovao—Nitombo ny fandaingana sy ny famitahana, ary nandripaka maro ny jirik' i Gadiantôna. Tokony ho 1–4 tao-rian' i J.K.

ANKEHITRINY ny zava-nitranga dia efa lasana ny taona fahiraika amby sivifolo, ary izany dia “eninjato taona taorian’ ny fotoana izay nandaozan’ i Lehia an’ i Jerosalema; ary izany dia tamin’ ny taona izay naha-lohan’ ny mpitsara sy governora teo amin’ ny tany an’ i Lakôneo.

2 Ary i Nefia, zanakalahin’ i Helamàna dia efa nandeha niala ny tanin’ i Zarahemlà, rehefa nomeny an’ i “Nefia zanany lahy izay zanany lahimatoa ny andraikitra momba ny ^btakelabarrahina, sy ny rakitsoratra rehetra izay efa nosoratana, ary ireo zavatra rehetra izay efa notanana ho masina hatramin’ ny niaingan’ i Lehia niala an’ i Jerosalema.

3 Rehefa izany dia nandeha izy niala ny tany, ary “izay nalehany dia tsy misy olona mahalala; ary i Nefia zanany lahy dia nitana ny rakitsoratra teo amin’ ny toerany, eny, ny rakitsoratr’ ity vahoaka ity.

4 Ary ny zava-nitranga, tamin’ ny fiandohan’ ny taona faharoa amby sivifolo, dia indro, ny faminarian’ ny mpaminany dia nanomboka ho tanteraka tamin’ ny fahafenoana bebe kokoa; fa nanomboka nisy famantarana lehibebe kokoa sy fahagagana lehibebe kokoa nitranga teo anivon’ ny vahoaka.

5 Nefa nisy ny sasany izay nanomboka nilaza fa efa dila ny

fotoana hahatanterahan’ ny teny izay efa “nolazain’ i Samoela ilay Lamanita.

6 Ary nanomboka nifaly tamin’ ny rahalahiny izy ireo, nanao hoe: Indro, dila ny fotoana, ary ny tenin’ i Samoela dia tsy tanteraka; koa ny fifalianareo sy ny finoanareo momba izany zavatra izany dia foana.

7 Ary ny zava-nitranga dia namelona hotakotaka eran’ ny tany izy ireo; ary ny vahoaka kosa izay nino dia nanomboka ho feno alahelo fatratra, fandrao hisy antony mety tsy hitrangan’ ireo zavatra izay efa notenenina ireo.

8 Nefa indro, izy dia niandry tamim-piaretana tokoa izany andro izany sy izany alina izany, ary izany andro izany izay tokony ho toy ny andro iray toa tsy misy alina mba hahazoany mahafantatra fa ny finoany dia tsy foana.

9 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nisy andro iray navahan’ ny tsy mpino, ka ireo rehetra izay nino ireo fombafomba ireo dia “hovonoina ho faty raha tsy mitranga ny famantarana izay efa nomen’ i Samoela ilay mpaminany.

10 Ankehitriny ny zava-nitranga nony nahita izany faharatsian’ ny olony izany i Nefia, ilay zanakalahin’ i Nefia, dia feno alahelo izaitsizy tokoa ny fony.

11 Ary ny zava-nitranga dia

[3 NEFIA]
1 1a 2 Ne. 25:19.

2a TSM Nefia,
Zanakalahin’ i Nefia,

Zanakalahin’ i
Helamàna.
b Almà 37:3-5.
3a 3 Ne. 2:9.

5a Hel. 14:2-4.
9a TSM Maritiora.

nandeha nivoaka izy sy niankohoka tamin' ny tany ary nahery nitalaho tokoa tamin' Andriamaniny ho an' ny olony, eny, ireo izay efa hofongorana noho ny finoany ny fomban-drazany.

12 Ary ny zava-nitranga dia nahery nitalaho tokoa tamin' ny Tompo izy ny "manontolo andro; ary indro, tonga taminy ny feon' ny Tompo, nanao hoe:

13 Atrakao ny lohanao ary mahereza; fa indro, antomotra ny fotoana ary anio alina dia homena ny famantarana, ary "rahampitso Aho dia ho tonga eo amin' izao tontolo izao haneho amin' izao tontolo izao fa Izaho dia hanatanteraka izay rehetra efa ^bnampiteneniko tamin' ny vavan' ny mpaminaniko masina.

14 Indro, "tonga any amin' ny Ahy Aho, ^bhanatanteraka ny zavatra rehetra izay efa nampahafantariko ny zanak' olombelona hatry ny ^afanorenana izao tontolo izao sy hanao ny sitrapo, "dia ny an' ny Ray sy ny an' ny Zanaka—ny an' ny Ray noho ny Amiko ary ny an' ny Zanaka noho ny nofoko. Ary indro, antomotra ny fotoana, ary izao alina izao no homena ny famantarana.

15 Ary ny zava-nitranga dia tanteraka ny teny izay tonga tamin' i Nefia araka izay efa nitenenana azy ireny; fa indro, tamin' ny filentehan' ny ma-

soandro dia "tsy nisy haizina; ary nanomboka ho talanjona ny vahoaka, satria tsy nisy haizina nony tonga ny alina.

16 Ary nisy ireo maro izay tsy nino ny tenin' ny mpaminany no "nianjera tamin' ny tany sy nanjary toy ny maty, satria fantany fa ny ^btetika lehiben' ny famongorana izay efa noko-nonkononiny ho an' ireo izay nino ny tenin' ny mpaminany dia efa voasampona; fa ny famantarana izay efa nomena dia mby eo sahadry.

17 Ary nanomboka nahafantatra izy ireo fa ny Zanak' Andriamanitra dia tsy maintsy hiseho tsy ho ela; eny, raha fin-tinina, ny vahoaka rehetra eran' ny lafin' ny tany manontolo hatrany andrefana ka hatrany atsinanana, na ao amin' ny tany avaratra na ao amin' ny tany atsimo, dia talanjona izaitsizy tokoa ka nianjera tamin' ny tany.

18 Satria fantany fa ny mpaminany dia efa nanambara ny amin' ireo zavatra ireo nandritra ny taona maro, fa ny famantarana izay efa nomena dia mby eo sahadry; ary nanomboka natahotra izy noho ny helony sy ny tsy finoany.

19 Ary ny zava-nitranga dia tsy nisy haizina nandritra izany manontolo alina izany, fa izany kosa dia nazava toy ny mitataovovonana. Ary ny zava-nitranga dia niposaka indray ny masoan-

12a Enôsa 1:4; Almà 5:46.

13a Lio. 2:10–11.

b TSM Jesoa Kristy—
Faminianiana ny
amin' ny

fahaterahana sy
ny fahafatesan' i
Jesoa Kristy.

14a Jao. 1:11.

b Mat. 5:17–18.

d Almà 42:26.

e F&F 93:3–4.

15a Hel. 14:3.

16a Hel. 14:7.

b 3 Ne. 1:9.

dro tamin' ny maraina, araka ny laminy ihany; ary nahafantatra izy fa izany no andro izay ho "nahaterahan' ny Tompo, noho ny famantarana izay efa nomena.

20 Ary izany dia efa nitranga, eny, ny zava-drehetra, ny lafiny tsirairay, araka ny tenin' ny mpaminany.

21 Ary ny zava-nitranga koa dia "kintana vaovao iray no niseho, araka ny teny.

22 Ary ny zava-nitranga dia hatramin' izay fotoana izay no nanomboka nisy fandaingana nalefan' i Satana tany anivon' ny vahoaka, hanamafy ny fony, ka ny fikasana dia ny tsy hahazoany mino ireo famantarana sy ny zava-mahagaga izay efa hitany; nefa na dia teo aza ireo fandaingana sy famitahana ireo, ny ankamaroan' ny olona dia nino sy niova fo ho an' ny Tompo.

23 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tany anivon' ny vahoaka i Nefia, sy ny maro hafa koa, nanao batisa ho amin' ny fibebahana, fa tamin' izany no nisy ny "famelana lehibe ny fahotana. Ary dia toy izany no nanombohan' ny olona indray nanana fandriampahalemana teo amin' ny tany.

24 Ary tsy nisy fifandirana, raha tsy noho ny fisian' ny vitivitsy izay nanomboka nitony, niezaka nanaporofy tamin' ny soratra masina fa tsy "ilaina intsony ny mitandrina ny lalàn'

i Mosesy. Ankehitriny tamin' izany zavatra izany dia diso hevitra izy, azon' ny tsy fahatakarana ny soratra masina.

25 Nefa ny zava-nitranga dia tsy ela izy dia nanjary niova fo sy resy lahatra ny amin' ny hadisoana izay nisy azy, satria nampahafantarina azy fa ny lalàna dia tsy mbola "tanteraka, ary izany dia tsy maintsy tanteraka amin' ny lafiny tsirairay; eny, tonga taminy ny teny fa izany dia tsy maintsy tanteraka; eny, ka na litera iray na tendron-tsoratra iray dia tsy ho foana mandra-pahatanteraka izany avokoa; koa tamin' izany taona izany ihany izy dia nentina ho amin' ny fahalalana ny hadisoany ary ^bnibaboka ny fahadisoany izy.

26 Ary dia toy izany no nandalovan' ny taona faharoa amby sivifolo, nitondra vaovao mahafaly ho an' ny vahoaka noho ny famantarana izay nitranga, araka ny tenin' ny faminanian' ny mpaminany masina rehetra.

27 Ary ny zava-nitranga dia nandalo koa tao amin' ny fandriampahalemana ny taona fahatelo amby sivifolo, raha tsy noho ny fisian' ny "jirik' i Gadiantôna, izay nonina tany an-tendrombohitra, izay nane-nika ny tany; fa nahery loatra ny toeram-pamaharany sy ny toerany miafina ka ny vahoaka dia tsy afaka nandresy azy ireo; noho izany izy ireo dia nahavita vonoan' olona maro, sy nanao

19a Lio. 2:1-7.

21a Mat. 2:1-2; Hel. 14:5.

23a TSM Famelana ny

Fahotana.

24a Almà 34:13.

25a Mat. 5:17-18.

^b Môsîà 26:29.

27a TSM Jirik' i Gadiantôna.

fandringanana betsaka teo anivon' ny vahoaka.

28 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahefatra amby sivifolo, dia nanomboka nitombo be izaitsizy izy ireo, satria nisy maro ny mpiendaka tamin' ny Nefita izay nilefa nankany aminy, izay nahatonga alahelo fatratra ho an' ireo Nefita izay nijanona teo amin' ny tany.

29 Ary nisy koa anton' alahelo fatratra tany anivon' ny Lamanita; fa indro, izy dia nanana zanaka maro izay nitombo sy nanomboka ho nihanatanjaka araka ny taona, ka dia nanjary tompon' ny tenany izy, sy voatariky ny sasany izay "Zôramita tamin' ny fandaingany sy ny teny manasohasony, hitambatra amin' ireo jirik' i Gadiantôna ireo.

30 Ary dia toy izany no nampahory koa ny Lamanita izay nanomboka nihena raha ny momba ny finoany sy ny fahamarinany, noho ny faharatsian' ny taranaka vao misondrotra.

TOKO 2

Nitombo teo anivon' ny vahoaka ny faharatsiana sy ny fahavetavetana — Nitambatra ny Nefita sy ny Lamanita mba hiaro ny tenany tamin' ny jirik' i Gadiantôna — Nanjary fotsy ny Lamanita niova fo ary nantsoina hoe Nefita. Tokony ho 5–16 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia toy izany koa no nahalasanan' ny

taona fahadimy amby sivifolo, ary ny vahoaka dia nanomboka nanadino ireo famantarana sy zava-mahagaga izay efa reny ireo ary nanomboka tsikelikely ho tsy talanjona firy tamin' ny famantarana na ny zava-mahagaga avy tany an-danitra, hany ka dia nanomboka nanamafy ny fony, sy nanajamba ny sainy ary nanomboka tsy nino izay rehetra efa reny sy hitany izy —

2 Nisaintsaina zava-poana tao am-pony, fa izany dia nataon' olona sy ny herin' ny devoly hampaniasia sy "hamitahana ny fon' ny vahoaka; ary dia toy izany no nahazoan' i Satana ny fizakana ny fon' ny vahoaka indray, hany ka nohajambainy ny masony ary notarihin' izy hino fa ny fotopampianaran' i Kristy dia adalana sy zava-poana.

3 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka ho nihanahery tamin' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana ny vahoaka; ary tsy nino izy fa mbola hisy famantarana sy zava-mahagaga omena; ary i Satana dia "nivezivezy, nampanianasia ny fon' ny vahoaka, naka fanahy azy ary nanao izay hanaovany faharatsiana lehibe teo amin' ny tany.

4 Ary dia toy izany no nahalasanan' ny taona fahenina amby sivifolo; ary koa ny taona fahafito amby sivifolo; ary koa ny taona fahavalo amby sivifolo; ary koa ny taona fahasivy amby sivifolo;

5 Ary zato taona koa no efa lasana hatramin' ny andron' ny

“Môsià izay mpanjaka teo amin’ ny vahoakan’ ny Nefita.

6 Ary sivy amby eninjato taona no efa lasana hatramin’ ny nandaozan’ i Lehia an’ i Jerosalema.

7 Ary sivy taona no efa lasana hatramin’ ny fotoana izay nanomezana ny famantarana, izay efa notenenin’ ny mpaminany fa i Kristy dia ho avy eo amin’ izao tontolo izao.

8 Ankehitriny ny Nefita dia nanomboka nanisa ny fotoany hatramin’ izany vanim-potoana izay nanomezana izany famantarana izany, na hatramin’ ny fiavian’ i Kristy; noho izany, dia sivy taona no efa lasana.

9 Ary i Nefia izay rain’ i Nefia, izay nanana ny fiandraiketana ny rakitsoratra, dia “tsy niverina tany an-tanin’ i Zarahemlà sady tsy nety ho hita na taiza na taiza teo amin’ ny tany manontolo.

10 Ary ny zava-nitranga dia mbola nijanona tao amin’ ny faharatsiana ny vahoaka, na dia teo aza ny fitoriana sy ny faminiana betsaka izay nalefa tany anivony; ary dia toy izany no nahalasanan’ ny taona fahafolo koa; ary ny taona fahiraika amin’ ny folo koa dia lasana tao amin’ ny heloka.

11 Ary ny zava-nitranga, tamin’ ny taona fahatelo amin’ ny folo dia nanomboka nisy ady sy fifandirana eran’ ny tany manontolo; fa ny jirik’ i Gadian-tôna dia efa nanjary maro loatra sy nandringana maro tokoa tamin’ ny vahoaka, ary namela

ho aolo ny tanàna maro loatra, ary nampielly fahafatesana sy fandripahana be loatra eran’ ny tany, ka nanjary nilaina ny handraisan’ ny vahoaka rehetra, na ny Nefita na ny Lamanita, fiadiana hanohitra azy ireo.

12 Noho izany ny Lamanita rehetra izay efa nanjary niova fo ho an’ ny Tompo dia nitambatra tamin’ ny Nefita rahalahiny ary voatery, ho fitandroana ny ainy sy ny andefimandriny ary ny zanany, ny handray fiadiana hanoherana ireo jirik’ i Gadian-tôna ireo, eny, ary koa ny hitana ny zony, ary ny tombontsoan’ ny fiangonany sy ny an’ ny fivavahany, ary ny “fahaleovan-tenany sy ny ^bfahafahany.

13 Ary ny zava-nitranga dia talohan’ ny nahalasanan’ ity taona fahatelo amin’ ny folo ity no efa nanambana ny Nefita ny ho fongana tanteraka noho ity ady ity izay efa nanjary nangotraka izaitsizy tokoa.

14 Ary ny zava-nitranga dia noraisina ho isan’ ny Nefita ireo Lamanita izay nitambatra tamin’ ny Nefita ireo;

15 Ary nesorina taminy ny “ozony, ary dia tonga ^bfotsy tahaka ny Nefita ny fihodirany;

16 Ary ny zatovolahiny sy ny zanany vavy dia tonga meva izaitsizy tokoa, ary noraisina ho isan’ ny Nefita izy, ary nantsoina hoe Nefita. Ary dia toy izany no nifaranan’ ny taona fahatelo amin’ ny folo.

17 Ary ny zava-nitranga, ta-

5a Môsià 29:46-47.

9a 3 Ne. 1:2-3.

12a TSM Afaka.

b TSM Fahalalahana.

15a Almà 17:15; 23:18.

b 2 Ne. 5:21; 30:6;

Jakôba 3:8.

min' ny fiandohan' ny taona fahefatra amin' ny folo dia nitohy sy nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady teo amin' ny jirika sy ny vahoakan' i Nefia; kanefa, ny vahoakan' i Nefia dia nahazo tombony ihany tamin' ny jirika, hany ka natosiny ireo hiverina hiala ny taniny hankany an-tendrombohitra sy hankany amin' ny toerany miafina.

18 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahefatra amin' ny folo. Ary tamin' ny taona fahadimy amin' ny folo dia nivoaka izy ireo hiady amin' ny vahoakan' i Nefia; ary noho ny faharatsian' ny vahoakan' i Nefia sy ny fifandirany ary ny fisaraham-bazany maro, dia nahazo tombony maro taminy ny jirik' i Gadiantôna.

19 Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahadimy amin' ny folo, ary dia tao amin' ny toetry ny fahoriana maro toy izany ny vahoaka; ary ny "sabatry ny famongorana dia nihantona teo amboniny, hany ka efa saika nokapohina tamin' izany izy, ary izany dia noho ny helony.

TOKO 3

I Gidiania, ilay mpitondra ny Gadiantôna, dia nitaky ny hanoloran' i Lakôneo sy ny Nefita ny tenany sy ny taniny—Nanendry an' i Gidgidônia i Lakôneo ho lohan' ny kapitenin' ny miaramila—Nivory tao Zarahemlà sy Soa-

feno ny Nefita mba hiaro tena. Tokony ho 16–18 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amin' ny folo hatramin' ny fiavian' i Kristy, dia nandray epistily avy tamin' ny mpitondra sady governoran' ity andiana jirika ity i Lakôneo governoran' ny tany; ary izao no teny izay nosoratana manao hoe:

2 Ry Lakôneo, andriandehibe sady lohan' ny governora eo amin' ny tany, indro, manoratra ity epistily ity ho anao aho sy manome voninahitra lehibe izaitsizy tokoa anao noho ny fiorenanao ary koa ny fiorenan' ny olonao amin' ny fitanana izay heverinareo ho zonareo sy fahafahanareo; eny, tsy milefitra ianareo, miova tsy ny tohanan' ny tanan' andriamanitra iray amin' ny fiarovana ny fahafahanareo sy ny fanananareo ary ny taninareo, na izay antsoinareo ho izany.

3 Ary toa mampahonena ahy, ry Lakôneo andriandehibe, fa adala sy tsinontsinona tokoa ianareo raha mihevitra fa ianareo dia hahatohitra ny lehilahy maherifo maro tokoa izay eo ambany fibaikoako, izay miatrana miaraka amin' ny fiadiany ankehitriny, amin' izao fotoana izao, sy miandry amim-pahamaimaizana be ny teny hoe—Andeha midina any amin' ny Nefita ary fongory ireo.

4 Ary izaho, noho ny fahafantarako ny herimpony tsy hay tohaina, rehefa voasedra teny

amin' ny sahan' ady izy ireo, ary noho ny fahafantarako ny amin' ny fankahalany anareo maharitra mandrakizay noho ny hadisoana maro izay efa nataonareo taminy, noho izany raha midina izy ireo hiady aminareo, dia hamangy anareo amin' ny famongorana tanteraka izy ireo.

5 Noho izany aho dia efa nanoratra ity epistily izay nasian' ny tanako ihany toambo-kase ity, miombon' alahelo raha ny amin' ny fiadanareo, noho ny fiorenanareo ao amin' izay inoanareo ho marina, sy ny toe-tsaina mendrika ao aminareo eo amin' ny sahan' ady.

6 Noho izany aho dia manoratra aminareo, maniry ny hanoloranareo amin' ity vahoakako ity ny tanànanareo, ny taninareo, ary ny fanananareo, toy izay hovangian' izy ireo amin-tsabatra ianareo, ka ho tonga aminareo ny famongorana.

7 Na amin' ny teny hafa, aoka hitolo-batana aminay ianareo sy hitambatra aminay ary hanjary hahalala ny "asa miafinay, sy hanjary rahalahinay mba hatonga anareo ho toa anay — tsy ho andevonay, fa ho rahalahinay kosa sy ho mpiombina amin' ny fanananay rehetra.

8 Ary indro, "mianiana aminareo aho, raha manao izany ianareo, miaraka amin' ny velirano, dia tsy hofongorana ianareo; fa raha tsy manao izany kosa ianareo, dia mianiana aminareo amin' ny velirano aho fa amin'

ny volana ambony dia handidy ny miaramilako aho hidina handidy aminareo ary tsy hihazona ny tanany izy ireo ary tsy hitsitsy fa handringana anareo kosa sy hamela ny sabatra hianjera aminareo na dia mandra-paha-tonga anareo ho fongana aza.

9 Ary indro, izaho no Gidiana; ary izaho no governoran' ity "fikambanana miafin' i Gadian-tôna ity; dia fikambanana sy ny asany izay fantatro fa ^btsara; ary izany dia efa teo hatry ny "fahagolan-tany ary izany dia efa nampitaina taminay.

10 Ary manoratra ity epistily ity ho anao aho, ry Lakôneo, ary manantena aho fa hatolotrareo ny taninareo sy ny fanananareo, tsy misy fandatsahan-dra, ka ity vahoakako ity izay efa niendaka niala taminareo noho ny faharatsianareo tamin' ny fitananareo tsy ho azy ny zony amin' ny governemanta, dia hahazo hizaka indray ny zony sy ny governemanta, ary raha tsy manao izany ianareo, izaho dia hamaly ny hadisoana natao taminy. Izaho no Gidiana.

11 Ary ankehitriny ny zavaintranga, nony nandray izany epistily izany i Lakôneo dia talanjona izaitsizy tokoa izy, noho ny fahasahian' i Gidiana mitaky ny fizakana ny tanin' ny Nefita ary koa mandrahona ny vahoaka sy mamaly ny hadisoana natao tamin' ireo izay tsy nanaovana hadisoana, raha tsy hoe izy ireo no efa "nandiso

3 7a Hel. 6:22–26.

8a Etera 8:13–14.

9a TSM Tsikombakomba

Miafina.

b Almà 30:53.

d Hel. 6:26–30;

Mos. 5:29, 49–52.

11a Hel. 14:30.

ny tenany tamin' ny fiendahana nankany amin' ireo mpandroba ratsy sy vetaveta ireo.

12 Ankehitriny, indro, ity Lakôneo governora ity dia olona marina sy tsy azon' ny fitakiana sy ny fandrahonan' ny "jiolahy ampitahorina; noho izany izy dia tsy nihaino ny epistilin' i Gidiania, ilay governoran' ny jirika, fa nataony kosa izay hitalahoan' ny vahoakany hery tamin' ny Tompo, ho amin' ny fotoana izay hidinan' ny jirika hiady aminy.

13 Eny, nandefa filazana tany anivon' ny vahoaka rehetra izy mba hanangonany miaraka ny andefimandriny sy ny zanany, ny biby fiompiny sy ny fananan' rehetra, afa-tsy ny taniny, hankamin' ny toerana iray.

14 Ary nataony izay hanangana toera-mimanda manodidina, ary ny hamafiny dia tokony ho lehibe izaitsizy tokoa. Ary nataony izay hametrahana miaramila manodidina, na avy tamin' ny Nefita, na avy tamin' ny Lamanita, na avy tamin' ireo rehetra izay noraisina ho isan' ny Nefita, ho mpiambina hiaro azy sy hiambina azy andro aman' alina amin' ny jirika.

15 Eny, hoy izy taminy: Raha velona koa ny Tompo, raha tsy mibebaka amin' ny helokareo ianareo, sy tsy mitalaho amin' ny Tompo, dia tsy ho afahany mihitsy hiala eo an-tanan' ireo jirik' i Gadiantôna ireo ianareo.

16 Ary lehibe sy mahatalanjona loatra ny teny sy ny faminanian'

i Lakôneo ka izany dia nahatonga tahotra teo amin' ny vahoaka manontolo; ary nampiasa ny tenany tamin' ny heriny rehetra izy hanao araka ny tenin' i Lakôneo.

17 Ary ny zava-nitranga dia nanendry ny lohan' ny kapiteny teo amin' ny miaramilan' ny Nefita rehetra i Lakôneo mba hibaiko azy amin' ny fotoana izay hidinan' ny jirika avy any an-tany foana hiady aminy.

18 Ankehitriny ny lehibe indrindra teo anivon' ny lohan' ny kapiteny rehetra sy ny komandy lehiben' ny miaramilan' ny Nefita rehetra dia notendrena, ary ny anarany dia i "Gidgidônia.

19 Ankehitriny dia fomba teo anivon' ny Nefita rehetra ny manendry ho lohan' ny kapiteniny (afa-tsy tamin' ny fotoan' ny faharatsiana teo aminy) anankiray izay nanana ny fanahin' ny fanambarana ary koa ny "faminaniana; koa ity Gidgidônia ity dia mpaminany lehibe teo anivony, torak' izany koa ny lohan' ny mpitsara.

20 Ankehitriny dia hoy ny vahoaka tamin' i Gidgidônia: Mivavaha amin' ny Tompo, ary aoka isika handeha hiakatra any an-tendrombohitra sy any an-tany foana mba hahazoantsika manafika ny jirika sy mamongotra azy any amin' ny taniny ihany.

21 Nefa hoy i Gidgidônia taminy: "Mandrara izany ny Tompo, fa raha mandeha miakatra hiady

amin' isika, dia ^bhatolotry ny Tompo ho eo an-tanany isika; koa hanomana ny tenantsika eo afovoan' ny tanintsika isika ary hiarahantsika mamory avokoa ny miaramilantsika, ary tsy handeha hiady aminy isika fa hian-dry kosa mandra-piaviny hiady amintsika; koa raha velona koa ny Tompo, raha manao izany isika dia hatolony ho eo an-tanantsika izy ireo.

22 Ary ny zava-nitranga tamin' ny taona fahafito ambin' ny folo, tamin' ny tapany faran' ny taona, dia efa nandeha eran' ny lafiny rehetra teo amin' ny tany ny filazan' i Lakôneo, ary efa nalainy ny soavaliny sy ny kalesiny ary ny biby fiompiny rehetra, na vaventy na madinika, sy ny voamainany ary ny fananany rehetra, ary dia an' arivony sy an' aliny no nandeha mandra-pahatongan' izy rehetra teo amin' ny toerana izay efa notondroina fa hiarahany mivory, hiaro tena amin' ny fahavalony.

23 Ary ny tany izay efa notondroina dia ny tanin' i Zarahemlà sy ny tany izay teo anelanelan' ny tanin' i Zarahemlà sy ny tanin' i Soafeno, eny, hatrany amin' ny faritra izay teo anelanelan' ny tanin' i Soafeno sy ny tany Faharavana.

24 Ary nisy vahoaka an' arivony marobe izay nantsoina hoe Nefita, no niara-nivory tao amin' izany tany izany. Ankehitriny dia nataon' i Lakôneo izay hivoriany miaraka tao amin' ny tany andafiatsimo, noho ny ozona

lehibe izay nisy teo amin' ny "tany andafiavaratra.

25 Ary nanamafy ny tenany izy hanohitra ny fahavalony; ary nitoetra teo amin' ny tany iray, sy tao amin' ny vondrona iray izy, ary natahotra ny teny izay efa notenenin' i Lakôneo izy, hany ka nibebaka tamin' ny fahotany rehetra; ary nanandratra ny fivavany tamin' ny Tompo Andriamaniny izy mba "hanafahany azy amin' ny fotoana izay hidinan' ny fahavalony hiady aminy.

26 Ary feno alahelo izaitsizy tokoa izy noho ny fahavalony. Ary nataon' i Gidgidônia izay hanaovany "fitaovam-piadiana isan-karazany, ary tokony ho mahery izy miaraka amin' ny akanjo aro tena sy miaraka amin' ny ampinga lehibe sy ny ampinga kely, araka ny toroheviny.

TOKO 4

Nandresy ny jirik' i Gadiantôna ny miaramila Nefita—Novonoina i Gidiania ary nahantona i Zemnarià mpandimby azy—Nankalaza ny Tompo ny Nefita noho ny fandreseny. Tokony ho 19–22 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga tamin' ny tapany farany ny taona fahavalo ambin' ny folo, dia efa niomana ho amin' ny ady ireo miaramilan' ny jirika ireo ary nanomboka nidina sy nisovoka an-tselika avy tamin' ny vohitra, sy avy tany an-tendrombohitra, ary ny tany foana sy ny toeram-pama-

21b 1 Sam. 14:12.
24a Almà 22:31.

25a TSM Matoky.
26a 2 Ne. 5:14.

harany ary ny toera-miafiny, ary nanomboka nandray ny fizakana ny tany izay tao amin' ny tany atsimo sy izay tao amin' ny tany avaratra, ary nanomboka nandray ny fizakana ny tany rehetra izay efa "nilaozan' ny Nefita, sy ny tanàna rehetra izay efa navela ho aolo.

2 Nefa indro, tsy nisy bibidia na remby tamin' ireo tany izay efa nilaozan' ny Nefita ireo, ary tsy nisy remby ho an' ny jirika afa-tsy tany an-tany foana.

3 Ary tsy afaka nivelona afa-tsy tany an-tany foana ny jirika, noho ny filana hanina; satria efa navelan' ny Nefita ho aolo ny taniny, ary efa nanangona ny biby fiompiny sy ny fananany rehetra izy, ka nivondrona ho tena iray.

4 Koa tsy nisy fomba ho an' ny jirika hambaboina sy hahazoana hanina, afa-tsy ny fivoahana hiady an-kitsirano amin' ny Nefita; ary nivondrona ho tena iray ny Nefita sy efa tonga maro an' isa tokoa ary efa nanokana vatsy ho an' ny tenany sy ny soavaly ary ny biby fiompy isan-karazany mba hahazoany mivelona mandritra ny fito taona, dia fotoana izay nanantenany ny hamongorana ny jirika teo amin' ny lafin-tany; ary dia toy izany no nahalasanan' ny taona fahavalo ambin' ny folo.

5 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahasivy ambin' ny folo dia nahita i Gidiana fa nilaina ny handehanany miakatra hiady amin' ny Nefita, fa tsy

misy lalana izay hahafahany mivelona raha tsy amin' ny famaboana sy ny fandrohana ary ny famonoana olona.

6 Ary tsy sahin' ny niharitaka eran' ny lafin-tany ka ho afaka mamboly voa, fandrao hisovoka azy; noho izany i Gidiana dia nanome baiko ny miaramilany tamin' io taona io ny handehanany miakatra hiady amin' ny Nefita.

7 Ary ny zava-nitranga dia nandeha niakatra izy mba hiady; ary izany dia tamin' ny volana fahenina; ary indro, lehibe sy mahatahotra ny andro izay niakarany mba hiady; ary nisikina izy araka ny fomban' ny jirika; ary nanana hodi-janak' ondry izy teo amin' ny valahany ary nitentina ra sy nokakasana ny lohany, ary nanana satro-by izy; ary lehibe sy mahatahotra ny endriky ny miaramilan' i Gidiana, noho ny akanjo aro tenany sy noho izy nitentina ra.

8 Ary ny zava-nitranga, nony nahita ny endriky ny miaramilan' i Gidiana ny miaramilan' ny Nefita, dia lavo tamin' ny tany avokoa izy, ary nanandraotra ny fitalahoany tamin' ny Tompo Andriamaniny mba hitsimbainy azy sy hanafahany azy amin' ny tanan' ny fahavalony.

9 Ary ny zava-nitranga, nony nahita izany ny miaramilan' i Gidiana, dia nanomboka nihiaka tamin' ny feo mahery izy, noho ny fifaliany, satria efa noheveriny fa ny Nefita dia lavo

tamin' ny tany noho ny horohoron' ny miaramilany.

10 Saingy tamin' izay toe-javatra izay dia diso fanantenana izy fa tsy natahotra azy ny Nefita; fa "natahotra an' Andriamaniny kosa izy ary nitalaho Taminy ho fiarovana; koa nony nirohotra nankeny aminy ny miaramilan' i Gidiana, dia efa niomana izy ny hifanandrina taminy; eny, tamin' ny herin' ny Tompo no nandraisany azy.

11 Ary nanomboka tamin' io volana fahenina io ny ady; ary lehibe sy nahatsiravina ny ady tamin' izany, eny, lehibe sy nahatsiravina ny fandripahana tamin' izany, hany ka tsy nisy na oviana na oviana fandripahana lehibe toy izany fantatra teo anivon' ny vahoakan' i Leahia rehetra hatramin' ny nandaozany an' i Jerosalema.

12 Ary na dia teo aza ny "fandrahonana sy ny fianianana izay efa nataon' i Gidiana dia indro, nandresy azy ny Nefita, hany ka nihemotra teo anoloany izy.

13 Ary ny zava-nitranga dia nodidian' i "Gidgidônia ny hanenjehan' ny miaramilany azy hatrany amin' ny sisintanin' ny tany foana sy ny tsy hitsitsiany izay mety hianjera eo an-tanany eny an-dalana; ary dia toy izany no nanenjehany azy sy nandranganany azy, hatrany amin' ny sisintanin' ny tany foana mandra-pahatanterahany ny didin' i Gidgidônia.

14 Ary ny zava-nitranga, i Gidiana izay efa nijoro sy niady

tamim-pahasahiana dia nenjehina raha nandositra; ary reraka izy noho izy niady fatratra ka tratra sy novonoina. Ary dia toy izany no niafaran' i Gidiana, ilay jiolahy.

15 Ary ny zava-nitranga dia niverina indray tany amin' ny toerany azo antoka ny miaramilan' ny Nefita. Ary ny zava-nitranga dia lasana izany taona fahasivy ambin' ny folo izany ary ny jirika dia tsy niverina indray mba hiady; sady tsy niverina koa izy tamin' ny taona faharoapolo.

16 Ary tamin' ny taona fahiraika amby roapolo dia tsy niakatra izy mba hiady fa niakatra kosa avy tamin' ny lafiny rehetra izy mba hanao fahirano sy hanemitra manodidina ny vahoakan' i Nefia; satria nohev-riny fa raha hosarahiny amin' ny taniny ny vahoakan' i Nefia sy hotemeriny amin' ny lafiny rehetra izy, ary raha hosarahiny aminy ny tombontsoany rehetra etỳ ivelany izy, dia ho azony atao ny mampikoa ny nahiny azy araka ny faniriany.

17 Ankehitriny dia efa notendreny ny mpitondra iray hafa ho azy, izay i Zemnarià no anarany; noho izany dia i Zemnarià no nanao izay hahatanteraka ity fahirano ity.

18 Nefa indro izany dia nanjary tombony ho an' ny Nefita; fa tsy azon' ny jirika atao ny manao fahirano maharitra ela tokoa ka mety hanana fiantraikany amin' ny Nefita, noho ny

vatsiny betsaka izay efa nango-niny hotehirizina,

19 Ary noho ny tsy fahampian' ny vatsy teo anivon' ny jirika; satria indro, tsy nanana na inona na inona afa-tsy hena izy ho fivelomany, dia hena azony tany an-tany foana;

20 Ary ny zava-nitranga dia nanjary nahalana ny “bibidia tany an-tany foana, hany ka efa nila ho fatin' ny hanoanana ny jirika.

21 Ary ny Nefita dia nandeha nivoaka tsy tapaka na andro na alina, sy nisovoka ny miaramilany ary nijinja an' arivony sy an' aliny taminy.

22 Ary dia toy izany no nahatonga ny fanirian' olon' i Zemnarià hanatsoaka ny fikasany, noho ny famongorana lehibe izay nihatra taminy na andro na alina.

23 Ary ny zava-nitranga dia nanome baiko ny olony i Zemnarià hiesoran' ny tenany amin' ny fahirano sy handehany mankamin' ny faritra lavitra indrindra amin' ny tany andafiavaratra.

24 Ary ankehitriny, rehefa nahalala ny amin' ny fikasany i Gidgidônia ary nahafantatra ny amin' ny fahalemeny noho ny filany hanina sy ny fandripahana lehibe izay efa nahatra taminy, dia nandefa ny miaramilany izy tamin' ny andro alina sy nanapaka ny lalana hiemorany ary nametraka ny miaramilany tamin' ny lalana hiemorany.

25 Ary izany dia nataony ta-

min' ny andro alina, ary tonga tany ankoatra ny jirika ny diany, hany ka ny ampitso, rehefa namboka ny diany ny jirika, dia nifandafaran' ny miaramilan' ny Nefita teo alohany sy tao aoriana izy.

26 Ary ny jirika izay tao atsimo dia nosarahina koa tamin' ny toerana hiemorany. Ary ireo zavatra rehetra ireo dia vita noho ny baikon' i Gidgidônia.

27 Ary nisy an' arivony maro no nitolo-batana ho babo tamin' ny Nefita, ary ny sisa taminy dia novonoina.

28 Ary i Zemnarià mpitondra azy dia nalaina sy nahantona tambony hazo, eny, dia teny an-tendrony mandra-pahafatiny. Ary nony efa nahantony izy mandra-pahafatiny dia nalavony tamin' ny tany ny hazo no nihiaka tamin' ny feo mahery izy hoe:

29 Enga anie ny Tompo ka hitahiry ny olony ao amin' ny fahamarinana sy ao amin' ny fahamasinan' ny fo mba hahazoany mampianjera amin' ny tany izay rehetra mikatsaka ny handripaka azy noho ny hery sy ny tsikombakomba miafina, dia tahaka ny efa nianjeran' ity lehilahy ity tamin' ny tany.

30 Ary izy dia nifaly sy nihiaka tamin' ny feo tokana indray, nanao hoe: Enga anie ny “Andriamanitr' i Abrahama sy ny Andriamanitr' i Isaka, ary ny Andriamanitr' i Jakoba hiaro ity vahoaka ity ao amin' ny fahamarinana, raha mbola ^bhiantso

ny anaran' ny Andriamaniny izy ho fiarovana.

31 Ary ny zava-nitranga dia nitroatra toy ny olona iray ihany izy rehetra, tamin' ny fihirana sy "fankalazana ny Andriamaniny, noho ny zavatra lehibe izay efa nataony ho azy, tamin' ny fitehirizany azy tsy hianjera eo an-tanan' ny fahavalony.

32 Eny, dia niantso izy hoe: "Hosana ho an' Andriamanitra Avo Indrindra. Ary niantso izy hoe: Hotahiana anie ny anaran' Andriamanitra Tompo ^bTsitoha, Andriamanitra Avo Indrindra.

33 Ary ny fony dia nivonton-kafaliana ka nirotsaka ny rano-maso be, noho ny halehiben' ny hatsaran' Andriamanitra tamin' ny nanafahany azy tamin' ny tanan' ny fahavalony; ary nahafantatra izy fa noho ny fibebahany sy ny fanetreny tena no efa nanafahana azy tamin' ny famongorana maharitra mandrakizay.

TOKO 5

Nibebaka sy nahafoy ny fahotany ny Nefita — Nanoratra ny tantaran' ny vahoakany i Môrmôna ary nanambara taminy ny teny maharitra mandrakizay — Hanganina avy amin' ny fielezany ela i Isiraely. Tokony ho 22–26 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny indro, tsy nisy na dia olona iray aza, teo anivon' ny vahoakan' ny Nefita rehetra, izay niroanahana na dia kely akory aza ny amin' ny

tenin' ny mpaminany masina rehetra izay efa niteny; satria fantany fa tsy maintsy ilaina ny tsy maintsy hahatanteraka ireny.

2 Ary fantany fa tsy maintsy ilaina ny efa niavian' i Kristy, noho ny famantarana maro izay efa nomena, araka ny tenin' ny mpaminany; ary noho ny zavatra izay efa nitranga sahady dia fantany fa tsy maintsy ilaina ny hitrangan' ny zava-drehetra araka izay efa nolazaina.

3 Koa nahafoy ny fahotany sy ny fahavetavetany ary ny fijangajangany rehetra izy, ary nanompo an' Andriamanitra andro aman' alina tamin' ny fahazotoana rehetra.

4 Ary ankehitriny ny zava-nitranga nony efa nalainy avokoa ny jiolahy babo, hany ka tsy nisy nandositra tamin' ireo izay tsy novonoina, dia natsipiny tao am-ponja ny babony, ary nasainy notoriana taminy ny tenin' Andriamanitra; ary izay rehetra nibebaka tamin' ny fahotany sy nanao dina fa tsy hamono olona intsony dia "nafahana.

5 Fa izay rehetra tsy nanao dina kosa sy izay mbola nitozo tamin' ny fitanana ireny famonoana miafina ireny tao ampony, eny, izay rehetra hita ho nifofo fandrahonana tamin' ny rahalahiny dia nohelohina sy nafaizina araka ny lalàna.

6 Ary dia nasiany farany toy izany ireo tsikombakomba ratsy sy miafina ary vetaveta rehetra ireo, izay nisy faharatsiana be

31a Almà 26:8.
TSM Misaotra.

32a TSM Hosana.
b 1 Ne. 1:14.

TSM Andriamanitra.
5 4a TSM Fahalalahana.

tokoa sy nahavitana vonoan' olona maro tokoa.

7 Ary dia toy izany no efa nahalasanan' ny taona "faharoa amby roapolo sy ny taona fahatelo amby roapolo koa, ary ny fahefatra amby roapolo sy ny fahadimy amby roapolo; ary dia toy izany no efa nahalasanan' ny dimy amby roapolo taona;

8 Ary nisy zavatra maro nitranga izay, teo imason' ny sasany, dia toa lehibe sy mahatalanjona; na dia teo aza izany, dia tsy hay soratana ao anatin' ity boky ity izy rehetra ireny; eny, ity boky ity dia tsy afaka hitahiry na dia ny "ampahazaton' izay efa vita teo anivon' ny vahoaka maro tokoa nandritra ny dimy amby roapolo taona;

9 Nefa indro misy ny "rakitsoratra izay mitahiry avokoa ny fanaon' ity vahoaka ity; ary ny fitantarana fohy kokoa nefa marina no nomen' i Nefia.

10 Koa efa nataoko ny rakitsoratro ny amin' ireny zavatra ireny araka ny rakitsoratr' i Nefia, izay nosokirina teo amin' ny takelaka izay nantsoina hoe ny takelak' i Nefia.

11 Ary indro, izaho dia manao ny rakitsoratra eo amin' ny takelaka izay efa nataon' ny tanako ihany.

12 Ary indro, izaho dia antsoina hoe "Môrmôna, rehefa nantsoina araka ny ^btanin' i Môrmôna, tao amin' ny tany izay nanorenan' i Almà ny

fiangonana teo anivon' ny vahoaka, eny, ny fiangonana vao-lohany izay naorina teo anivony taorian' ny fandikany lalàna.

13 Indro, izaho dia mpianatr' i Jesoa Kristy, ilay Zanak' Andriamanitra. Efa nantsoiny aho hanambara ny teniny eo anivon' ny vahoakany mba hahazoany manana ny fiainana maharitra mandrakizay.

14 Ary efa nanjary mahasoana, araka ny sitrapon' Andriamanitra, ny hanaovako "rakitsoratra iray momba ireny zavatra efa vita ireny mba hahatanteraka araka ny finoany ny vavak' ireo izay efa lasana hatrizao, izay olo-masina —

15 Eny, rakitsoratra kely momba izay efa nitranga hatramin' ny fotoana izay nandaozan' i Lehia an' i Jerosalema ka hatramin' izao fotoana izao.

16 Noho izany aho dia manao ny rakitsoratro avy amin' ny fitantarana izay efa nomen' ireo izay teo alohako, hatramin' ny fiandohan' ny androko;

17 Ary avy eo aho dia manao "rakitsoratra ny amin' ny zavatra izay efa hitan' ny masoko ihany.

18 Ary fantatro fa ny rakitsoratra izay ataoko dia rakitsoratra marina sy tena izy; na dia eo aza izany, dia misy zavatra maro izay, araka ny fiteninay, tsy hainay "soratana.

19 Ary ankehitriny aho dia mamarana ny filazako izay momba ny tenako ary miroso amin' ny

7a 3 Ne. 2:8.
8a 3 Ne. 26:6-12.
9a Hel. 3:13-15.

12a Môrm. 1:1-5.
b Môsià 18:4; Almà 5:3.
14a Enôsa 1:13-18;

F&F 3:19-20.
17a Môrm. 1:1.
18a Etera 12:25.

fanomezana ny fitantarako ny zavatra izay efa nisy talohako.

20 Izaho no i Môrmôna sy tamingan' i Lehia madiodio. Manana antony hankalazana an' Andriamanitro sy i Jesoa Kristy Mpamonjy ahy aho, noho ny nitondrany ny razanay niala ny tanin' i Jerosalema (ary "tsy nisy nahafantatra izany afa-tsy ny tenany sy ireo izay nentina niala izany tany izany) sy noho ny efa nanomezany ahy sy ny oloko fahalalana be tokoa ho famonjena ny fanahinay.

21 Efa nitahy marina tokoa ny "mpianakavin' i ^bJakoba Izy sy efa feno "famindram-po tamin' ny taranak' i Josefa.

22 Ary "arakaraka ny efa nitandreman' ny zanak' i Lehia ny didiny no efa nitahiny azy sy nampiroboroboany azy araka ny teniny.

23 Eny, ary Izy hitondra marina tokoa indray ny "sisa tavela amin' ny taranak' i Josefa ho amin' ny ^bfahalalana ny Tompo Andriamaniny.

24 Ary raha velona marina tokoa ny Tompo, dia "hanganiny avy amin' ny vazan-tany efatra ny sisa tavela rehetra amin' ny taranak' i Jakoba, izay miely patrana lavitra eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany.

25 Ary toy ny efa nanaovany fanekempihavanana tamin' ny mpianakavin' i Jakoba rehetra, dia toy izany koa no hahatante-

raka amin' ny fotoana mahame-ty izany Aminy ny fanekempihavanana izay efa nifanekeny tamin' ny mpianakavin' i Jakoba, ho "famerenana ny mpianakavin' i Jakoba rehetra amin' ny fahalalana ny fanekempihavanana izay efa nifanekeny taminy.

26 Ary amin' izany dia ho "fantany ny Mpanavotra azy dia i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra; ary amin' izany dia hangonina avy amin' ny vazan-tany efatra hankamin' ny taniny ihany izy, izay avy tany no efa nanelezana azy; eny, raha velona koa ny Tompo, dia ho to izany. Amena.

TOKO 6

Niroborobo ny Nefita—Nipoitra ny avonavona, ny harena sy ny tsy fitovian-tsaranga—Nosamatsamahan' ny fisaraham-bazana ny fiangonana—Nitarika ny olona ho amin' ny fikomiana an-kitsirano i Satana—Niantso fibebahana ny mpaminany maro ary novonoina—Nioko ny haka ny governemanta ny mpamono azy ireo. Tokony ho 26–30 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia niverina tany amin' ny taniny avokoa ny vahoakan' ny Nefita tamin' ny taona fahenina amby roapolo, ny olona tsirairay dia niaraka tamin' ny ankohonany, ny biby fiompiny sy ny

20a 1 Ne. 4:36.

21a TSM Israely.

b Gen. 32:28.

d Deot. 33:13–17.

22a 2 Ne. 1:20.

23a Almà 46:24.

b 2 Ne. 3:12.

24a TSM Israely—Ny fanangonana ny Israely.

25a 3 Ne. 16:5.

26a 2 Ne. 30:5–8;

3 Ne. 20:29–34.

soavaliny ary ny biby hafa, sy ny zava-drehetra na inona na inona nananany.

2 Ary ny zava-nitranga dia tsy nolaniany avokoa ny vatsiny; koa nalainy hiaraka taminy izay rehetra tsy nohaniny, tamin' ny voamainany isan-karazany sy ny volamenany ary ny volafotsiny sy ny zava-tsarobidiny rehetra, ary niverina tany amin' ny tany sy ny fananany ihany izy ireo, na tao avaratra na tao atsimo, na tao amin' ny tany andafiavaratra na tao amin' ny tany andafiatsimo.

3 Ary nomeny tany ireo jiolahy izay efa nanao dina ny hitandrina ny fandriampahaleman' ny tany, izay naniry ny hijanona Lamanita, araka ny isany mba hahazoany manana izay hive-lomany amin' ny asany; ary dia toy izany no efa nampioreny fandriampahalemana teo amin' ny tany manontolo.

4 Ary nanomboka niroborobo indray izy ka nihalehibe; ary lasana ny taona fahenina sy fahafito amby roapolo, ary nisy filaminana lehibe teo amin' ny tany; ary efa novolavolainy araka ny hitsiny sy ny rariny ny lalàny.

5 Ary ankehitriny dia tsy nisy na inona na inona eran' ny tany manontolo nisakana ny olona tsy hiroborobo lalandava, raha tsy ny fianjerany tao amin' ny fandikan-dalàna.

6 Ary ankehitriny dia i Gidgîdônia sy i Lakôneo mpitsara ary ireo izay efa notendrena ho

mpitondra no efa nampiorina izany fandriampahalemana lehibe izany teo amin' ny tany.

7 Ary ny zava-nitranga dia nisy tanàna maro nohavaozina sy nisy tanàna tranainy maro narenina.

8 Ary nisy arabe maro novakiana ary lalàna maro natao, izay nampifandray ny isan-tanàna sy ny isam-paritra ary ny isantoerana.

9 Ary dia toy izany no efa nahalasanan' ny taona fahavalo amby roapolo, ary nanana fandriampahalemana lalandava ny vahoaka.

10 Nefa ny zava-nitranga tamin' ny taona fahasivy amby roapolo dia nanomboka nisy ny fifanjahirana teo anivon' ny vahoaka; ary ny sasany dia efa tafasondrotra tao amin' ny "avonavona sy ny fireharehana noho ny harenny betsaka izaitsizy tokoa, eny, tonga hatrany amin' ny fanenjehana be aza;

11 Fa nisy mpivarotra maro teo amin' ny tany, ary koa mpahay lalàna maro sy manamboninahitra maro.

12 Ary nanomboka ho niavaka araka ny saranga ny olona, araka ny "harenny sy ny fahafahany mianatra; eny, ny sasany dia tsy nanam-pahalalana noho ny fahantrany ary ny hafa dia nandray fianarana be noho ny harenny.

13 Ny sasany dia efa nisondrotra tao amin' ny avonavona ary ny hafa dia efa nietry izaitsizy tokoa; ny sasany dia namaly

ompa ny ompa, raha ny hafa kosa nandray ny ompa sy ny “fanenjehana ary ny karazam-pahoriana rehetra ary tsy namaly sy tsy ^bnaniratsira akory, fa nietry sy nivalo kosa teo anoloan’ Andriamanitra.

14 Ary dia toy izany no nisian’ ny tsy fitoviana lehibe teo amin’ ny tany manontolo, hany ka ny fiangonana dia nanomboka nivakivaky; eny, hany ka tamin’ ny taona fahatelo izany, no naha-tao amin’ ny toetry ny faharatsiana mahatsiravina azy.

15 Ankehitriny ny fototr’ izany heloky ny vahoaka izany dia izao—i Satana dia nanana fahefana lehibe tamin’ ny famokisana ny vahoaka hanao ny karazana heloka rehetra sy ny fanabontsinana azy tamin’ ny avonavona, naka fanahy azy mba hikatsaka hery sy fahefana sy harena ary ny zava-poanan’ izao tontolo izao.

16 Ary dia toy izany no nitarihan’ i Satana ny fon’ ny vahoaka hanao ny karazana heloka rehetra; koa tsy nankafy fandriampahalemana izy afa-tsy taona vitsivitsy.

17 Ary dia toy izany, tamin’ ny fiandohan’ ny taona fahatelo

polo—rehefa navela nandritra ny fotoana ela ny vahoaka havezivezin’ ny “fakam-panahin’ ny devoly, na taiza na taiza niriany hitondrana azy, mba hanao ny heloka rehetra niriany hataony—ary dia toy izany, tamin’ ny fiandohan’ izany taona fahatelo izany, no naha-tao amin’ ny toetry ny faharatsiana mahatsiravina azy.

18 Ankehitriny izy dia tsy nanota tao amin’ ny “tsy fahalalana, satria fantany ny sitrapon’ Andriamanitra momba azy, satria efa nampianarina azy izany; noho izany izy dia efa ^bnikomy an-kitsirano tokoa tamin’ Andriamanitra.

19 Ary ankehitriny, izany dia tamin’ ny andron’ i Lakôneo, ilay zanakalahin’ i Lakôneo, fa i Lakôneo no nandray ny toerandrany sy nitondra ny vahoaka tamin’ izany taona izany.

20 Ary nanomboka nisy lehilahy “nentanin’ ny lanitra sy nirahina, nijoro teo anivon’ ny vahoaka teo amin’ ny tany manontolo, nitory sy nanambara tamim-pahasahiana tokoa ny amin’ ny fahotana sy ny heloky ny vahoaka, ary nanambara taminy ny momba ny fanavotana izay hataon’ ny Tompo ho an’ ny olony, na amin’ ny teny hafa, ny fitsanganan’ i Kristy amin’ ny maty; ary izy ireny dia nanambara tamim-pahasahiana tokoa ny amin’ ny ^bfahafatesany sy ny fahoriany.

13a TSM Fanenjehana.
b Mat. 5:39;
4 Ne. 1:34;
F&F 98:23–25.

14a TSM Fahazotoana.
17a TSM Fakam-panahy.
18a Môsià 3:11.
b TSM Fikomiana.

20a TSM Fitaoman’ ny
Fanahy; Mpaminany.
b TSM Sorompanavo-
tana; Fanomboana.

21 Ankehitriny dia nisy maro tamin' ny vahoaka no tezitra izaitsizy tokoa noho ireo izay nanambara ny amin' ireny zavatra ireny; ary ireo izay tezitra dia nahitana indrindra ireo lohan' ny mpitsara ary ireo "izay efa mpisorona avo sy mpahay lalàna; eny, ireo rehetra ireo izay mpahay lalàna dia tezitra tamin' ireo izay nanambara ny amin' ireny zavatra ireny.

22 Ankehitriny dia tsy nisy mpahay lalàna na mpitsara na mpisorona avo izay afaka ny hanam-pahefana hanameloka na iza na iza ho faty, raha tsy efa nosoniavin' ny governoran' ny tany ny fanamelohany.

23 Ankehitriny dia nisy maro tamin' ireo izay nanambara ny amin' ny zavatra mikasika an' i Kristy, izay nanambara tamimpahasahiana tokoa, no nalaina sy novonoin' ny mpitsara antokosoko ho faty, ka ny fahafantarana ny amin' ny fahafatesany dia tsy tonga tany amin' ny governoran' ny tany raha tsy taorian' ny fahafatesany.

24 Ankehitriny, indro, nifanohitra tamin' ny lalàn' ny tany ny hamonoana ho faty na iza na iza olona, raha tsy nanana fahefana avy tany amin' ny governoran' ny tany izy —

25 Koa tonga tao an-tanin' i Zarahemlà, tao amin' ny governoran' ny tany, ny fitarainana nanohitra ireo mpitsara ireo izay efa nanameloka ny mpa-

minanin' ny Tompo ho faty tsy araka ny lalàna.

26 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nalaina sy nentina teo anoloan' ny mpitsara izy ireo mba hotsaraina noho ny heloka izay efa nataony, araka ny "lalàna izay efa nomen' ny vahoaka.

27 Ankehitriny ny zava-nitranga dia nanana namana sy havana maro ireo mpitsara ireo; ary ny sisa, eny, saika ny mpahay lalàna rehetra sy ny mpisorona avo, dia niara-nifamory sy nitambatra tamin' ny havan' ireo mpitsara izay hotsaraina araka ny lalàna ireo.

28 Ary dia nifanao "dina izy samy izy, eny, dia ilay dina nomen' ireo tamin' ny fahagolan-tany, dina izay nomena sy nampanaovin' ny ^bdevoly mba hiraisana tsikombakomba hanotherana ny fahamarinana rehetra.

29 Koa izy ireo dia niray tsikombakomba hanohitra ny vahoakan' ny Tompo ary nifanao dina ny hamongotra azy sy ny hanafaka ireo izay meloka noho ny vonoan' olona tamin' ny fihazonan' ny fitsarana, izay efa nadiva hampiharina araka ny lalàna.

30 Ary izy ireo dia nanao fihantsiana ny lalàna sy ny satan' ny taniny; ary nifanao dina izy samy izy mba hamongotra ny governora sy hanangana "mpanjaka eo amin' ny tany, ka ny tany dia tsy ho ao amin' ny fahafahana intsony fa ho eo ambany fifehezan' ny mpanjaka.

21a F&F 121:36–37.
TSM Apôstazia.
26a Môsià 29:25;

Almà 1:14.
28a TSM Tsikombakomba
Miafina.

^b Hel. 6:26–30.
30a 1 Sam. 8:5–7;
Almà 51:5.

TOKO 7

Nisy namono ny lohan' ny mpitsara, noravana ny governemanta, ary nizarazara ho foko ny vahoaka — Nanjary mpanjakan' ny tsikombakomba miafina i Jakôba, ilay antikristy — Nitory ny fibebahana sy ny finoana an' i Kristy i Nefia — Nanompo azy isan' andro ny anjely, ary nanangana ny rahalahiny tamin' ny maty izy — Nibebaka ny maro ary natao batisa. Tokony ho 30–33 taorian' i J.K.

ANKEHITRINY, indro, hasehoko anareo fa tsy nanangana mpanjaka teo amin' ny tany izy ireo; nefa tamin' io taona io ihany, eny, ny taona fahatelo, dia nandringana tao amin' ny toeram-pitsarana izy ireo, eny, novonoiny ny lohan' ny mpitsara teo amin' ny tany.

2 Ary nizarazara nifanohitra izy samy vahoaka; ary nisaratsaraka ho foko izy samy izy, ny olona tsirairay dia araka ny fianakaviany sy ny havany ary ny namany; ary dia toy izany no nandravany ny governemanta teo amin' ny tany.

3 Ary ny foko tsirairay dia nanendry ny filoha na ny mpitondra teo aminy; ary dia toy izany no nahatonga azy ho foko sy mpitondra foko.

4 Ankehitriny, indro, tsy nisy olona teo anivony, izay tsy nana fianakaviana be sy havana ary namana maro; koa ny foko-

ny dia nanjary lehibe izaitsizy tokoa.

5 Ankehitriny izany rehetra izany dia vita, ary tsy mbola nisy ady akory teo anivony; ary efa tonga teo amin' ny vahoaka izao heloka rehetra izao noho ny "nanolorany ny tenany ho an' ny fahefan' i Satana.

6 Ary rava ny fitsipi-pitondran' ny governemanta, noho ny "tsikombakomba miafin' ny namana sy ny havan' ireo izay namono ny mpaminany.

7 Ary izy ireo dia namelona fifandirana lehibe teo amin' ny tany, hany ka ny ampahany marina kokoa tamin' ny vahoaka dia efa saika tonga ratsy avokoa; eny, tsy nisy afa-tsy vitsivitsy ny olo-marina teo anivony.

8 Ary tsy nisinda toy izany akory ny enin-taona hatramin' ny efa nivilian' ny ampahany marina kokoa tamin' ny vahoaka tamin' ny fahamarinany, tahaka ny alika miverina amin' ny "loany, na tahaka ny kisoavavy mitsilailay ao amin' ny fotaka.

9 Ankehitriny ity tsikombakomba miafina ity izay efa nintondra heloka lehibe tokoa teo amin' ny vahoaka dia namory azy miaraka sy nametraka ho filohany ny lehilahy iray izay nantsoiny hoe Jakôba;

10 Ary nantsoiny ho mpanjakany izy; noho izany dia tonga mpanjaka teo amin' ity tarika ratsy ity izy; ary izy dia iray tamin' ny lohany indrindra izay efa nanome ny feony nanohitra

ny mpaminany izay nanambara ny amin' i Jesoa.

11 Ary ny zava-nitranga dia tsy maro an' isa firy izy ireo, toy ireo fokon' ny vahoaka, izay niara-nitambatra, saingy ireo mpitondrany no nanao ny lalàny, ny tsirairay araka ny fokony; na dia teo aza izany dia mpifahavalo izy ireo; na dia vahoaka tsy marina aza izy dia niray hina kosa tamin' ny fankahalana an' ireo izay efa nifanao dina fa handrava ny governemanta.

12 Koa, rehefa nahita i Jakôba fa maro kokoa ny fahavalony noho izy ireo, amin' ny maha-mpanjakan' ny tarika azy dia nandidy ny olony izy ny handosirany mankamin' ny faritra farany avaratra indrindra amin' ny tany, sy ny hanorenany ho an' ny tenan' izy ireo "fanjakana iray ao, ambara-pikamban' ny mpiendaka aminy, (fa izy dia nanasohaso azy ireo mba ho maro ny mpiendaka) sy ambarapahatonga azy ireo ho matanjaka tsara ka hifanandrina amin' ny fokon' ny vahoaka; ary dia nataony izany.

13 Ary haingana loatra ny diany ka tsy hay nosakanana ambara-pahatonga azy ireo tsy ho tratran' ny vahoaka intsony. Ary dia toy izany no nifaranan' ny taona fahatelo; ary dia toy izany no raharahan' ny vahoakan' i Nefia.

14 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahiraika amby telopolo, dia nizarazara ho foko izy, ny olona tsirairay dia araka-

raka ny fianakaviany, ny havany sy ny namany avy; na dia teo aza izany, dia efa tonga tamin' ny fifanekena izy fa tsy hifamaky ady izy samy izy; nefa dia tsy niraisany raha ny momba ny lalàny sy ny endriky ny governemantany, fa ireny dia efa natsangana araka ny sain' ireo izay filohany sy mpitondra azy. Nefa nanao lalàna tena henjana izy fa ny foko iray dia tsy hantsakitsaka ny iray hafa, hany ka somary nanana fandriampahalemana ihany izy teo amin' ny tany; na dia teo aza izany, ny fony dia efa nivily niala ny Tompo Andriamaniny, ka dia notorahany vato ny mpaminany ary noroahany izy ireny hiala avy teo anivony.

15 Ary ny zava-nitranga dia i "Nefia—rehefa novangian' ny anjely ary koa ny feon' ny Tompo, koa rehefa nahita anjely sy nanatri-maso ary nanana fahafana nomena azy mba hahazoany mahalala ny momba ny asa fanompoan' i Kristy, ary koa nanatri-maso ny fiverenany faingana avy tamin' ny fahamarinana nankamin' ny faharatsiany sy ny fahavetavetany;

16 Koa rehefa nalahelo izy noho ny hamafin' ny fony sy ny fahajamban' ny sainy—dia nandeha tany anivony izy tamin' io taona io ihany ary nanomboka nanambara tamim-pahasahiana tokoa ny amin' ny fibebahana sy ny famelana ny fahotana amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa Kristy Tompo.

17 Ary nampianariny azy ny zavatra maro; ary ny rehetra amin' ireny dia tsy hay soratana, ary ny ampahany amin' ireny dia tsy ho ampy, koa ireny dia tsy voasoratra ao amin' ity boky ity. Ary i Nefia dia nampianatra tamin-"kery sy fahefana lehibe.

18 Ary ny zava-nitranga dia tezitra taminy izy ireo, satria nananany ny hery lehibe kokoa noho izy ireo, satria "tsy vitan' izy ireo ny hahafahan' izy ireo tsy hino ny teniny, fa lehibe loatra ny finoany an' i Jesoa Kristy Tompo ka ny anjely dia nanompo azy isan' andro.

19 Ary tamin' ny anaran' i Jesoa no nandroahany hiala ny devoly sy ny "fanahy maloto; ary na dia ny rahalahiny aza dia natsangany tamin' ny maty, taorian' ny efa nitoraham-bato azy sy niaretany fahafatesana tamin' ny alalan' ny vahoaka.

20 Ary nahita izany ny vahoaka ary vavolombelon' izany sy tezitra taminy noho ny heriny; ary nanao "fahagagana maro hafa koa izy, teo imason' ny vahoaka, tamin' ny anaran' i Jesoa.

21 Ary ny zava-nitranga dia lasana ny taona fahiraika amby telopolo ary tsy nisy afa-tsy vitsivitsy no niova fo ho an' ny Tompo; fa izay rehetra niova fo kosa dia naneho tamin' ny vahoaka fa izy dia efa novangiana tamin' ny hery sy ny Fanahin' Andriamanitra, izay tao amin' i Jesoa Kristy izay ninoany.

22 Ary izay rehetra nanana devoly noroahina hiala taminy sy nositrana tamin' ny aretany sy ny rofiny dia naneho marina tokoa tamin' ny vahoaka fa izy dia efa niasan' ny Fanahin' Andriamanitra ary efa nositrana; ary izy dia naneho famantarana koa sy nanao fahagagana teo anivon' ny vahoaka.

23 Dia toy izany no nahalasanan' ny taona faharoa amby telopolo koa. Ary i Nefia dia niantso ny vahoaka tamin' ny fiandohan' ny taona fahatelo amby telopolo; ary izy dia nitory ny fibebahana sy ny famelana ny fahotana taminy.

24 Ankehitriny dia mba tiako ny hahatsiarovanareo koa, fa tsy nisy na dia iray aza izay nentina nankamin' ny fibebahana ka tsy natao "batisa tamin' ny rano.

25 Noho izany dia nisy ireo lehilahy izay notendren' i Nefia ho amin' io asa fanompoana io, ka izay rehetra hanatona azy ireo dia hatao batisa amin' ny rano, ary izany dia ho vavolombelona sy ho fanambarana eo anoloan' Andriamanitra sy amin' ny vahoaka, fa izy ireo dia efa nibebaka sy nandray ny "famelana ny fahotany.

26 Ary nisy maro tamin' ny fiandohan' io taona io no natao batisa ho amin' ny fibebahana; ary dia toy izany no nahalasanan' ny ampahany be tamin' ny taona.

17a TSM Hery.

18a 2 Ne. 33:1; Almà 4:19.

19a TSM Fanahy—Fanahy

ratsy.

20a 3 Ne. 8:1.

24a TSM Batisa.

25a F&F 20:37.

TSM Famelana ny

Fahotana.

TOKO 8

Nanamarina ny fanomboana an' i Kristy ny tafiotra, ny horohoron-tany, ny afo, ny tadio ary ny loza voajanahary—Nofongorana ny vahoaka maro—Nandrakotra ny tany hateloana ny haizina—Nitaraina ny anjarany ireo izay nijanona. Tokony ho 33–34 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, araka ny rakitsoratra, ary fantatra fa marina ny rakitsoratra, dia indro, lehilahy marina no nitana ny rakitsoratra—fa izy dia nanao “fahagagana maro marina tokoa tamin’ ny ^banaran’ i Jesoa; ary tsy nisy lehilahy izay ho afaka nanao fahagagana tamin’ ny anaran’ i Jesoa raha tsy efa nodiovina tanteraka tamin’ ny helony izy—

2 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, raha tsy nisy hadisoana nataon’ izany lehilahy izany tamin’ ny fikajiana ny fotoanay, dia efa lasana ny “taona fahatelo amby telopolo;

3 Ary nanomboka niandrandra tamim-pahamaimaizana be ny famantarana izay efa nomen’ i Samoela mpaminany, ilay Lamanita ny vahoaka, eny, ny fotoana izay hisian’ ny “haizina mandritra ny telo andro eran’ ny lafin-tany.

4 Ary nanomboka nisy fisalasalana sy fifanjahirana be teo anivon’ ny vahoaka, na dia teo

aza ny “famantarana maro tokoa efa nomena.

5 Ary ny zava-nitranga tamin’ ny taona fahefatra amby telopolo, tamin’ ny volana voalohany, tamin’ ny andro fahefatra ny volana, dia niforona ny orambaratra lehibe, toy izay tsy mbola fahita na oviana na oviana teo amin’ ny tany manontolo.

6 Ary nisy koa tafio-drivotra lehibe sy mahatahotra; ary nisy ny “varatra mahatahotra, hany ka izany dia ^bnampihovitrovitra ny tany manontolo miova tsy ny efa hampitresaka roa azy.

7 Ary nisy ny tselatra mazava izaitsizy tokoa, toy izay tsy mbola fahita na oviana na oviana teo amin’ ny tany manontolo.

8 Ary ny “tanànan’ i Zarahemlà dia nirehitra.

9 Ary ny tanànan’ i Môrônia dia nilentika tany amin’ ny halalin’ ny ranomasina, ary rendrika ny mponina tao.

10 Ary nentina niainga teo ambonin’ ny tanànan’ i Môrônihà ny tany, ka teo amin’ ny toeran’ ny tanàna dia nanjary nisy tendrombohitra lehibe.

11 Ary nisy faharavana lehibe sy mahatahotra tao amin’ ny tany andafiatsimo.

12 Nefa indro, nisy faharavana lehibe sy mahatsiravina kokoa tao amin’ ny tany andafiavara; fa indro, niova ny lafin-tany manontolo, noho ny tafio-drivotra sy ny tadio, ary ny varatra sy ny tselatra, ary ny fihorohoro

8 1a 3 Ne. 7:19–20;
Môrm. 9:18–19.
b Asa 3:6; Jakôba 4:6.
2a 3 Ne. 2:8.

3a 1 Ne. 19:10;
Hel. 14:20, 27;
3 Ne. 10:9.
4a TSM Fanomboana.

6a 1 Ne. 19:11;
Hel. 14:21.
b Mat. 27:45, 50–51.
8a 4 Ne. 1:7–8.

lehibe izaitsizy tokoa an' ny tany manontolo;

13 Ary ny "arabe dia nivakivaky, ary ny tantan' ny lalana dia simba, ary ny toerana marintampona maro dia nanjary nikintoantoana.

14 Ary ny tanàna lehibe sy malaza maro dia "nilentika, ary maro no nodorana, ary maro no nohozongozonina ambara-pianjeran' ny fanorenany tamin' ny tany, ary ringana ny mponina tao aminy, ary navela ho aolo ny toerana.

15 Ary nisy ny tanàna sasany izay tafatoetra; nefa ny fahasimbana taminy dia lehibe izaitsizy tokoa, ary nisy maro tao aminy no ringana.

16 Ary nisy ny sasany izay nindaosin' ny tadio; ary izay nalehany dia tsy misy olona mahalala, ny hany fantany dia nindaosina izy ireny.

17 Ary dia nanjary nihasimba toy izany ny lafin' ny tany manontolo, noho ny tafio-drivotra sy ny varatra sy ny tselatra ary ny fihorohoron' ny tany.

18 Ary indro, niresaka roa ny "vatolampy; nivakivaky izany teo amin' ny lafin' ny tany manontolo, hany ka hahitana ny silany potipotika sy nitriatriatra ary nitsefatsefaka teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

19 Ary ny zava-nitranga rehefa nitsahatra ny varatra, sy ny tselatra, ary ny oram-baratra sy ny tafio-drivotra, ary ny fihorohoron' ny tany—fa indro, ireny

dia naharitra "ora telo teo ho eo; ary nolazain' ny sasany fa lava kokoa ny fotoana; kanefa, ireny zavatra lehibe sy mahatahotra rehetra ireny dia vita tao anatin' ny ora telo teo ho eo—ary taorian' izany dia indro, nisy haizina teo amin' ny lafin-tany.

20 Ary ny zava-nitranga dia nisy haizina matevina teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany, hany ka ny mponina teo aminy, izay tsy lavo, dia afaka "naha-tsapa ny ^beton' ny haizina;

21 Ary tsy nety nisy hazavana noho ny haizina, tsy jiro, tsy fanilo; tsy nety nisy afo azo narehitra tamin' ny hazony tsara sy maina izaitsizy tokoa, hany ka tsy nety nisy hazavana mihitsy;

22 Ary tsy nisy hazavana hita, na afo, na taratra, na masoandro, na volana, na kintana, fa lehibe loatra ny zavon' ny haizina izay teo amin' ny lafin-tany.

23 Ary ny zava-nitranga dia nandritra ny "telo andro no tsy nisy hazavana hita; ary nisy toloko sy fidradradradrana ary fitomaniana lehibe sy tsy tapaka tany anivon' ny vahoaka manontolo; eny, lehibe ny fitarainan' ny vahoaka noho ny haizina sy ny faharavana lehibe izay efa nianjady taminy.

24 Ary tao amin' ny toerana iray no nandrenesana azy, niantso hoe: Ô inay anie isika nibebaka talohan' ity andro lehibe sy mahatahotra ity, ary dia ho notsimbinina ny rahalahintsika, ary dia tsy ho may tao amin' io

13a Hel. 14:24;
3 Ne. 6:8.
14a 1 Ne. 12:4.

18a Hel. 14:21–22.
19a Lio. 23:44.
20a Eks. 10:21–22.

^b 1 Ne. 12:5; 19:11.
23a 1 Ne. 19:10.

tanàna lehiben' i "Zarahemlà io izy ireny.

25 Ary tamin' ny toeran-kafa no nandrenesana azy niantso sy nitoloko hoe: Ô, inay anie isika nibebaka talohan' ity andro lehibe sy mahatahotra ity, ary tsy namono na nitora-bato ny mpaminany, ary tsy nandroaka azy; dia ho notsimbinina ny renintsika sy ny zanatsika vavy kanto ary ny zanatsika, ka tsy ho nilevina tao amin' io tanàna lehiben' i Môrônihà io. Ary lehibe sy mahatahotra toy izany no fidradradran' ny vahoaka.

TOKO 9

Tao amin' ny haizina no nanambaran' ny feon' i Kristy ny famongorana ny vahoaka sy ny tanàna maro noho ny faharatsiany— Nambarany koa ny maha-Andriamanitra Azy, nolazainy fa tanteraka ny lalàn' i Mosesy, ary nasainy nanatona Azy ny olona mba ho voavonjy. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nisy "feo re teo anivon' ny mponin' ny tany rehetra, eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany, niantso hoe:

2 Loza, loza, lozan' ity vahoaka ity; "lozan' ny mponin' ny tany manontolo raha tsy mibebaka izy; fa ^bmihomehy ny devoly, ary mifaly ny anjeliny, noho ireo voavono tamin' ny zanakalahy sy ny zanakavavy kanton' ny vahoakako; ary noho ny helony

sy ny fahavetavetany dia lavo ireny!

3 Indro, ilay tanàna lehiben' i Zarahemlà dia efa nodorako tamin' ny afo, mbamin' ny mponina tao.

4 Ary indro, ilay tanàna lehiben' i Môrônina dia efa nasaiko nalentika tany amin' ny halalin' ny ranomasina, ary narendrika ny mponina tao.

5 Ary indro, ilay tanàna lehiben' i Môrônihà dia efa norakofako tamin' ny tany, mbamin' ny mponina tao, mba hanafina ny helony sy ny fahavetavetany tsy ho eo anoloan' ny tavako, ka ny ran' ny mpaminany sy ny olomasina dia tsy hankany Amiko intsony hanohitra azy.

6 Ary indro, ny tanànan' i Gilgala dia efa nasaiko nalentika, ary ny mponina tao nalevina tany amin' ny halalin' ny tany;

7 Eny, ary ny tanànan' i Ônihà mbamin' ny mponina tao, ary ny tanànan' i Môkoma mbamin' ny mponina tao ary ny tanànan' i Jerosalema mbamin' ny mponina tao; ary ny "rano no efa nasaiko niakatra teo amin' ny toerany mba hanafina ny faharatsiany sy ny fahavetavetany tsy ho eo anoloan' ny tavako, ka ny ran' ny mpaminany sy ny olomasina dia tsy hiakatra intsony any Amiko hanohitra azy.

8 Ary indro, ny tanànan' i Gadiandia, sy ny tanànan' i Gadiômna sy ny tanànan' i Jakôba ary ny tanànan' i Gimgimnao, ireo rehetra ireo dia efa nasaiko

24a Hel. 13:12.

9 1a 1 Ne. 19:11;

3 Ne. 11:10.

2a Mat. 11:20–21.

b Mos. 7:26.

7a Ezek. 26:19.

nalentika, ary “havoana sy lohasaha no nataoko teo amin’ ny toerany; ary ny mponina tao dia efa naleviko tao amin’ ny halalin’ ny tany mba hanafina ny faharatsiany sy ny fahavetavetany tsy ho eo anoloan’ ny tavako, ka ny ran’ ny mpaminany sy ny olomasina dia tsy hiakatra intsony any amiko hanohitra azy ireo.

9 Ary indro, ilay tanàna lehiben’ i Jakôbogata, izay nonenan’ ny vahoakan’ i Jakôba mpanjaka, dia efa nasaiko nodorana tamin’ ny afo noho ny fahotany sy ny faharatsiany izay nanoatra ny faharatsiana rehetra teo amin’ ny tany manontolo, noho ny “famonoany olona sy ny tsikombakomba miafiny, satria izy no nandrava ny fiadanana’ ny vahoakako sy ny governemanta teo amin’ ny tany; noho izany dia nasaiko nodorana izy mba ^bhamongorana azy tsy ho eo anoloan’ ny tavako, ka ny ran’ ny mpaminany sy ny olomasina dia tsy hiakatra intsony aty Amiko hanohitra azy.

10 Ary indro, ny tanànan’ i Lamàna sy ny tanànan’ i Jôsy, sy ny tanànan’ i Gàda ary ny tanànan’ i Kiskomena dia efa nasaiko nodorana tamin’ ny afo, mbamin’ ny mponina tao, noho ny faharatsiany tamin’ ny nandroahany ny mpaminany sy nitorahany vato an’ ireo izay nirahiko hanambara taminy ny

momba ny faharatsiany sy ny fahavetavetany.

11 Ary satria noroahiny hiala avokoa izy ireo, ka tsy nisy anankiray marina teo anivony, dia nalefako hidina ny “afo ary nofongorako izy ireo, ka ny faharatsiany sy ny fahavetavetany dia ho azo nafenina tsy ho eo anoloan’ ny tavako, ka ny ran’ ny mpaminany sy ny olomasina izay nirahiko tany anivony dia tsy hiantso Ahy ^bavy amin’ ny tany hanohitra azy ireo.

12 Ary famongorana lehibe “maro no efa nasaiko tonga teo amin’ ity tany ity, tamin’ ity vahoaka ity, noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany.

13 Ô ianareo rehetra izay “voatsimbina noho ianareo marina kokoa noho izy ireo, tsy mba te hiverina Amiko va ianareo sy hibebaka amin’ ny fahotanareo, ary hiova fo hahazoako ^bmanasitrana anareo?

14 Eny, lazaiko aminareo marina tokoa, raha “mankatỳ Amiko ianareo dia hanana ny ^bfiainana mandrakizay. Indro, ny ^dsandrindrin’ ny famindram-poko dia mitsotra aminareo, ary na zovy na zovy no ho avy, dia izy no horaisiko; ary hotahiana ireo izay mankatỳ Amiko.

15 Indro, Izaho no Jesoa Kristy, Ilay Zanak’ Andriamanitra. Izaho no “nahary ny lanitra sy ny tany ary ny zavatra rehetra izay eo aminy. Izaho dia niaraka

8a 1 Ne. 19:11.
9a Hel. 6:17–18, 21.
b Môsià 12:8.
11a 2 Mpan. 1:9–16;
Hel. 13:13.
b Gen. 4:10.

12a 3 Ne. 8:8–10, 14.
13a 3 Ne. 10:12.
b Jer. 3:22; 3 Ne. 18:32.
14a 2 Ne. 26:24–28;
Almà 5:33–36.
b Jao. 3:16.

d Almà 19:36.
15a Jao. 1:1–3;
Kol. 1:16;
Hel. 14:12;
Etera 4:7;
F&F 14:9.

tamin' ny Ray hatrany am-pian-dohana. ^bIzaho ao amin' ny Ray ary ny Ray ato Amiko; ary tao Amiko no efa nankalazan' ny Ray ny anarany.

16 Tonga tany amin' ny Ahy Aho ary ny Ahy tsy "nandray Ahy. Ary tanteraka ny soratra masina momba ny fiaviako.

17 Ary izay rehetra efa nandray Ahy, dia efa "nomeko azy ny ho tonga zanak' Andriamanitra; ary dia toy izany koa no hataoko amin' izay rehetra hino ny anarako, fa indro, amin' ny alalako no tonga ny ^bfanavotana, ary ao Amiko no tanteraka ny "lalàn' i Mosesy.

18 Izaho no "fahazavana sy fiainan' izao tontolo izao. Izaho no ^bAlfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana.

19 Ary tsy hanatitra fandatsahan-dra ho Ahy "intsony ianareo; eny, ny soronareo sy ny fanatitrareo odorana dia hitsahatra, fa tsy hisy hoekeko ny soronareo sy ny fanatitrareo odorana.

20 Ary haterinareo ho "sorona ho Ahy ny fo torotoro sy ny fanahy manenina. Ary na zovy na zovy no mankaty Amiko amin' ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, dia izy no ^bhataoko batisa amin' ny afo sy ny Fanahy Masina, dia tahaka ny

Lamanita, noho ny finoany Ahy tamin' ny fotoana niovan' fo, dia natao batisa tamin' ny afo sy ny Fanahy Masina izy, ary tsy fantany izany.

21 Indro, efa tonga teo amin' izao tontolo izao Aho mba hitondra ny fanavotana ho an' izao tontolo izao, mba hamonjy izao tontolo izao amin' ny fahotana.

22 Koa na zovy na zovy no "mibebaka sy mankaty Amiko toy ny ^bankizy madinika, dia izy no horaisiko, fa an' ny toa azy ny fanjakan' Andriamanitra. Indro, an' ny toa azy no efa "nanolorako ny Aiko sy efa nakako izany indray; koa mibebaha, ary mankanesa aty Amiko ianareo faran' ny tany, ary aoka ho voavonjy.

TOKO 10

Nisy fahanginana teo amin' ny tany nandritra ny ora maro— Nampanantena ny hanangona ny vahoakany toy ny reniakoho manangona ny zanany ny feon' i Kristy— Efa notsimbinina ny ampahany marina indrindra tamin' ny vahoaka. Tokony ho 34–35 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny, indro, ny zavaintranga dia nandre ireo filazana

15b Jao. 17:20–22;
3 Ne. 11:27; 19:23, 29.

16a Jao. 1:11; F&F 6:21.

17a Jao. 1:12.
TSM Olona—Olona, manan-kery ho tonga tahaka ny Ray any an-danitra; Zanakalahy sy

Zanakavavin' Andriamanitra.
^b TSM Fanavotana.
^d 3 Ne. 12:19, 46–47; 15:2–9.
18a TSM Fahazavana, Fahazavan' i Kristy.
^b Fan. 1:8.
TSM Alfa sy Omega.

19a Almà 34:13.
20a 3 Ne. 12:19;
F&F 20:37.
^b 2 Ne. 31:13–14.
22a TSM Fibe bahana.
^b Mar. 10:15;
Môsîà 3:19;
3 Ne. 11:37–38.
^d Jao. 10:15–18.

ireo ny vahoaka rehetra teo amin' ny tany sy nijoro ho vavolombelona ny amin' izany. Ary taorian' ireo filazana ireo dia nisy fahanginana teo amin' ny tany nandritra ny ora maro;

2 Fa lehibe loatra ny fitalanjonan' ny vahoaka ka natsahany ny fitolokoana sy ny fidradradradrana noho ny famoizana ny havany izay efa naringana; koa nisy fahanginana teo amin' ny tany manontolo nandritra ny ora maro.

3 Ary ny zava-nitranga dia tonga indray tamin' ny vahoaka ny feo, ary ny vahoaka rehetra dia nandre, ary vavolombelon' izany, nanao hoe:

4 Ô ianareo vahoakan' ireo "tanàna lehibe izay efa lavo ireo, izay tamingan' i Jakoba, eny, izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely, impiry Aho no efa nangona anareo toy ny reniakoho manangona ny zanany eo ambany elany sy efa ^bnamahana anareo.

5 Ary koa, "impiry Aho no efa ta hanangona anareo toy ny reniakoho manangona ny zanany eo ambany elany, eny, ô ianareo vahoakan' ny mpianakavin' i Isiraely, izay efa lavo; eny, ô ianareo vahoakan' ny mpianakavin' i Isiraely, ianareo izay mitoetra ao Jerosalema, toa anareo izay efa lavo; eny, impiry Aho no ta hanangona anareo toy ny reniakoho manangona ny zanany ary tsy nety ianareo.

6 Ô ianareo mpianakavin' i Isiraely izay efa "notsimbiniko, impiry Aho no hanangona anareo toy ny reniakoho manangona ny zanany eo ambany elany, raha mibebaka ianareo sy ^bmiverina Amiko amin' ny "fo feno finiavana.

7 Nefa raha tsy izany, Ry mpianakavin' i Isiraely, ny toerana fonenanareo dia ho tonga aolo ambara-pahatongan' ny fotoan' ny fahatanterahan' ny "fanekempihavanana tamin' ny razanareo.

8 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, taorian' ny efa nandrenesan' ny vahoaka ireo teny ireo, dia indro nanomboka nito many sy nidradradradra indray izy noho ny famoizana ny havany sy ny namany.

9 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no nahalasanan' ny telo andro. Ary maraina tamin' izay, ary nisava tambonin' ny tany ny "haizina, ary ny tany dia nitsahatra tsy nihovitrovitra, ary ny vatolampy dia nitsahatra tsy nitresaka, ary ny toloko nampahatahotra dia nitsahatra ary ny tabataba nirohondrohona rehetra dia nisinda.

10 Ary nikombona indray ny tany, ka dia nitoetra izany; ary nitsahatra ny toloko sy ny fitomaniana ary ny fidradradradran' ny vahoaka izay notsimbinina ka velona; ary niova ho fifaliana ny tolokony ary ny fitarainany ho fankalazana sy

10 4a 3 Ne. 8:14.

b 1 Ne. 17:3.

5a Mat. 23:37;

F&F 43:24-25.

6a 3 Ne. 9:13.

b 1 Sam. 7:3;

Hel. 13:11;

3 Ne. 24:7.

d Ezek. 36:26.

7a TSM Fanekempihavanana.

9a 3 Ne. 8:19.

fanati-tsaotra ho an' i Jesoa Kristy Tompo, Ilay Mpanavotra azy.

11 Ary hatrizao dia “tanteraka ny soratra masina izay efa notenenin' ny mpaminany.

12 Ary ny “ampahany marina indrindra tamin' ny vahoaka no efa novonjena, ary izy no nandray ny mpaminany ary tsy nitora-bato azy; ary izy izay tsy nandatsaka ny ran' ny olomasina no efa notsimbinina —

13 Ary efa notsimbinina sy tsy nalentika ary tsy nalevina tany anaty tany izy; ary tsy narendrika tao amin' ny halalin' ny ranomasina izy; ary tsy nodorana tamin' ny afo izy, tsy nianjeran-javatra izy ary tsy notorotoina ho faty; ary tsy nindaosina tao amin' ny tadio izy; tsy nosahiranin' ny eton' ny setroka sy ny an' ny haizina koa izy.

14 Ary ankehitriny, izay maky, aoka izy hahatakatra; izay manana ny soratra masina, aoka izy “hanadihady izany sy hijery ary hahita raha toa ireo fahafatesana sy famongorana rehetra tamin' afo ireo sy tamin' ny setroka, ary tamin' ny tafio-dri-votra, sy tamin' ny tadio, ary tamin' ny ^bfisokafan' ny tany mba handray azy ireo sy ireo zavatra rehetra ireo, ka tsy ho fahatanterahan' ny faminanian' ny mpaminany masina maro.

15 Indro, lazaiko aminareo, Eny, maro no efa nanambara ny amin' ireny zavatra ireny tamin'

ny fiavian' i Kristy, ary “naringana noho izy ireo nanambara ny amin' ireny zavatra ireny.

16 Eny, nanambara ny amin' ireny zavatra ireny i “Zenôsa mpaminany, ary i Zenôka koa dia niteny momba ireny zavatra ireny, satria izy ireo dia nanambara manokana tokoa ny momba antsika izay sisa tavela tamin' ny taranany.

17 Indro, i Jakôba raintsika koa dia nanambara ny momba ny “sisa tavela tamin' ny taranak' i Josefa. Ary indro, moa va isika tsy sisa tavela tamin' ny taranak' i Josefa? Ary ireny zavatra izay manambara ny amintsika ireny, moa va ireny tsy voasoratra eo amin' ny takela-barahina izay nentin' i Lehia raintsika niala an' i Jerosalema?

18 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiafaran' ny taona fahefatra amby telopolo, dia indro hasehoko anareo fa ny vahoakan' i Nefia izay efa notsimbinina ary koa ireo izay efa nantsoina hoe Lamanita izay efa notsimbinina, dia nahazo sitraka lehibe naseho azy ireo sy fitahiana lehibe naidina teo ambony lohany, hany ka tsy ela tao-rian' ny “fiakaran' i Kristy any an-danitra, dia naneho marina tokoa ny tenany taminy Izy —

19 “Nampiseho ny vatany taminy sy nampianatra azy ireo; ary ny fitantarana ny asa fanompoany dia omena any aoriana.

11a Asa 3:18–20.

12a 2 Ne. 26:8; 3 Ne. 9:13.

14a TSM Soratra
Masina—Ny
hasarobidin' ny

Soratra Masina.

b 1 Ne. 19:11;

2 Ne. 26:5.

15a TSM Maritiora.

16a Hel. 8:19–20.

17a 2 Ne. 3:4–5;

Almà 46:24;

3 Ne. 5:23–24.

18a Asa 1:9–11.

19a 3 Ne. 11:12–15.

Koa, raha ny amin' izao fotoana izao, dia mamarana ny filazako aho.

I Jesoa Kristy dia naneho ny tenany tamin' ny vahoakan' i Nefia, raha niara-tafavory tao an-tanin' i Soafeno ny valalabemandry ary nampianatra azy; ary toy izao no nanehoany ny tenany taminy.

Mahafaoka ny toko 11 ka hatramin' ny 26 manontolo.

TOKO 11

Nanambara ny amin' ny Zanany Malala ny Ray—Niseho i Kristy ary nanambara ny sorompanavotany—Nitsapa ny mariky ny holatra teo amin' ny tanany sy ny tongony ary ny lanivoany ny vahoaka—Niantso Hosana izy ireo—Nana-zava ny fombafomba sy ny fanao amin' ny batisa Izy—Avy amin' ny devoly ny fanahin' ny fifandirana—Ny fotopampianaran' i Kristy dia ny hinoan' ny olona sy ny hanaovana batisa azy ary ny handraisany ny Fanahy Masina. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga dia nisy valalabemandry sesehena, avy tamin' ny vahoakan' i Nefia, niara-tafavory nanodidina ny tempoly izay tao an-tanin' i Soafeno; ary nitola-gaga sy nitalanjona izy samy izy, ary nampiseho tamin' izy

samy izy ny “fiovana lehibe sy mahatalanjona izay efa nitranga.

2 Ary nitafasiry koa ny momba ity Jesoa Kristy ity izy, izay efa nomena ny “famantarana momba ny fahafatesany.

3 Ary ny zava-nitranga, raha mbola nitafasiry toy izany izy samy izy, dia nandre “feo, toy ny nivoaka avy tany an-danitra; ary natopiny manodidina ny masony, fa tsy azony ny feo izay reny; ary tsy feo midridrodridro izany, sady tsy feo mafy koa; kanefa, na dia ^btony aza izany feo izany dia nanindrona ireo izay nandre izany hatrany anatin' ny hany ka tsy nisy faritra tamin' ny tenany, izay tsy nampangovitiny; eny, izany dia nanindrona azy hatrany amin' ny aty fanahiny ary nampirehitra ny fony.

4 Ary ny zava-nitranga dia reny indray ilay feo ary tsy azony izany.

5 Ary reny fanintelony indray ilay feo, ary nosokafany ny sofiny handre izany; ary ny masony dia tany amin' ilay feo; ary nojereny naharitra tany amin' ny lanitra izay niavian' ny feo.

6 Ary indro, tamin' ny fanintelony, dia azony ilay feo izay reny; ary hoy izany taminy:

7 Indro ny “Zanako Malalako ^bizay ao Aminy no tena ifaliako, izay tao Aminy no efa nankalazako ny anarako—henoinareo Izy.

8 Ary ny zava-nitranga, nony nahazo ireo, dia nanandraatra ny masony indray nankany amin'

11 1a 3 Ne. 8:11–14.
2a Hel. 14:20–27.
3a Deot. 4:33–36;

Hel. 5:29–33.
b 1 Mpan. 19:11–13;
F&F 85:6.

7a Mat. 3:17; 17:5;
JS—T 1:17.
b 3 Ne. 9:15.

ny lanitra; ary indro, “hitany ny Lehilahy iray nidina avy tany an-danitra; ary nanao akanjo fotsy Izy; ary nidina Izy sy nijoro teo afovoany; ary ny mason’ ny valalabemandry iray manontolo dia nitodika tany Aminy, ary tsy sahiny ny nanokatra ny vavany, na dia tamin’ izy samy izy aza, ary tsy fantany izay hevitr’ izao, satria noheveriny fa anjely no efa niseho taminy.

9 Ary ny zava-nitranga dia naninjitra ny tanany sy niteny tamin’ ny vahoaka Izy, nanao hoe:

10 Indro, Izaho no Jesoa Kristy izay nambaran’ ny mpaminany fa ho avy eo amin’ izao tontolo izao.

11 Ary indro, Izaho no “fahazavana sy fiainan’ izao tontolo izao; ary nisotro tamin’ ilay ^bkapoaka mangidy izay efa nomen’ ny Ray Ahy Aho ary efa nankalaza ny Ray tamin’ ny ^dnitondrako teo Amiko ny fahotan’ izao tontolo izao, izay efa niaretako ny ‘sitrapon’ ny Ray tamin’ ny zava-drehetra hatrany am-piandohana.

12 Ary ny zava-nitranga, nony efa niteny ireo teny ireo i Jesoa dia lavo tamin’ ny tany ny valalabemandry iray manontolo; satria tsaroany fa efa “naminiana teo anivony fa i Kristy dia haneho ny tenany aminy aorian’ ny fiakarany any an-danitra.

13 Ary ny zava-nitranga dia

niteny taminy ny Tompo, nanao hoe:

14 Mitsangàna ary mankanesa atỳ Amiko, hahazoanareo “mitehika ny lanivoako amin’ ny tananareo, ary koa mba hahazoanareo ^bmitsapa ny diam-pantsika amin’ ny tanako sy amin’ ny tongotro mba hahafantaranareo fa Izaho no ^dAndriamanitr’ i Isiraely sy Andriamanitry ny ^etany manontolo, ary efa novonoina noho ny fahotan’ izao tontolo izao.

15 Ary ny zava-nitranga dia nandroso ny valalabemandry ary napetrany teo amin’ ny lanivoany ny tanany, ary notsapainy ny diam-pantsika teo amin’ ny tanany sy ny tongony; ary izany no nataony, rehefa nandroso tsirairay ireo ambara-pandroson’ izy rehetra, ary hitany tamin’ ny masony sy notsapainy tamin’ ny tanany ary fantany marina tokoa ary vavolombelona manambara izy ireo fa “Izy no Ilay efa nosoratan’ ny mpaminany fa ho avy.

16 Ary nony efa nandroso izy rehetra ary efa nijoro ho vavolombelona ho an’ ny tenany, dia niantso tamin’ ny feo tokana izy ireo, nanao hoe:

17 Hosana! Hotahiana anie ny anaran’ Andriamanitra Avo Indrindra! Ary lavo teo an-tongotr’ i Jesoa izy ireo sy ^anitsaoka Azy.

18 Ary ny zava-nitranga dia

8a 1 Ne. 12:6;

2 Ne. 26:1.

11a TSM Fahazavana, Fahazavan’ i Kristy.

b Mat. 26:39, 42.

d Jao. 1:29;

F&F 19:18–19.

e Mar. 14:36; Jao. 6:38;

F&F 19:2.

12a Almà 16:20.

14a Jao. 20:27.

b Lio. 24:36–39;

F&F 129:2.

d Isa. 45:3; 3 Ne. 15:5.

e 1 Ne. 11:6.

15a TSM Jesoa Kristy—

Fisehoan’ i Kristy

taorian’ ny

fitsanganany tamin’

ny maty.

17a TSM Fitaohana.

niteny tamin' i "Nefia Izy (fa i Nefia dia teo anivon' ny valalabemandro) ary nandidy azy handroso.

19 Ary nitsangana sy nandroso i Nefia ary niankohoka teo anoloan' ny Tompo ny tenany sy nanoroka ny tongony.

20 Ary nandidy azy ny Tompo ny hitsanganany. Ary nitsangana izy sy nijoro teo Anoloany.

21 Ary hoy ny Tompo taminy: Izaho manome "fahefana anao mba ^bhanaovanao batisa ity vahoaka ity rehefa miakatra indray any an-danitra Aho.

22 Ary koa, niantso ny "hafa ny Tompo ary niteny taminy toy izany koa; ary nomeny azy ireo ny fahefana hanao batisa. Ary hoy Izy taminy: Toy izao no hanaovanareo batisa; ary ^btsy hisy fifanjihirana eo anivonareo.

23 Lazaiko aminareo marina tokoa, fa na zovy na zovy no mibebaka amin' ny fahotany noho ny "teninareo ary ^bmaniry ny hatao batisa amin' ny Anarako, dia toy izao no hanaovanareo batisa azy—Indro, hidina ianareo sy ^dhijoro ao anaty rano, ary amin' ny Anarako no hanaovanareo batisa azy.

24 Ary ankehitriny, indro, ireto no teny izay holazainareo, rehefa avy niantso azy tamin' ny anarany, manao hoe:

25 Noho ny "fahefana nomen' i Jesoa Kristy ahy, izaho dia manao batisa anao amin' ny anaran' ny ^bRay sy ny an' ny Zanaka ary ny an' ny Fanahy Masina. Amena.

26 Ary amin' izany ianareo dia "hanitrika azy ao anaty rano sy hamoaka indray avy ao anaty rano.

27 Ary araka izany fomba izany no hanaovanareo batisa amin' ny Anarako; fa indro, lazaiko aminareo marina tokoa, fa ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina dia "iray; ary Izaho ao amin' ny Ray, ary ny Ray ato amiko, ary ny Ray sy Izaho dia iray.

28 Ary araka izay efa nandi-diako anareo, dia toy izany no hanaovanareo batisa. Ary tsy hisy "fifanjihirana eo anivonareo, toy izay efa nisy hatrizao; tsy hisy koa fifanjihirana eo anivonareo, momba ny lafiny amin' ny fotopampianarako toy izay efa nisy hatrizao.

29 Fa lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izay manana ny fanahin' ny "fifandirana dia tsy Ahy fa an' ny ^bdevoly kosa, izay rain' ny fifandirana, ary mamoky ny fon' ny olona izy mba hifanditra amim-pahatezerana izy samy izy.

30 Indro, tsy fotopampianara-

18a 3 Ne. 1:2, 10.

21a TSM Hery.

b TSM Batisa.

22a 1 Ne. 12:7; 3 Ne. 12:1.

b 3 Ne. 18:34.

23a 3 Ne. 12:2.

b TSM Batisa—Toetra takiana amin' ny batisa.

d 3 Ne. 19:10–13.

25a Môsià 18:13;

F&F 20:73.

TSM Batisa—Fahefana ara-dalàna.

b TSM Andriamanitra.

26a TSM Batisa—Batisa asitrika.

27a Jao. 17:20–22;

3 Ne. 28:10;

Môrm. 7:7; F&F 20:28.

28a 2 Tan. 1:10;

Ef. 4:11–14; F&F 38:27.

29a 2 Tim. 2:23–24;

Môsià 23:15.

TSM Fifandirana.

b DJS, Ef. 4:26;

Môsià 2:32–33.

ko ny mamoky ny fon' ny olona ho tezitra ka hifanohitra izy samy izy; fa izao kosa no fotopampianarako dia ny hampisahanana ny zavatra toy izany.

31 Indro, lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, Izaho dia hanambara aminareo ny "fotopampianarako.

32 Ary izao no "fotopampianarako ary izany dia fotopampianarana izay efa nomen' ny Ray Ahy; ary Izaho dia ^bvavolombelona manambara ny Ray, ary ny Ray dia vavolombelona manambara Ahy, ary ny "Fanahy Masina dia vavolombelona manambara ny Ray sy manambara Ahy; ary Izaho dia vavolombelona fa mandidy ny olona rehetra ny Ray, na aiza na aiza, hibebaka sy hino Ahy.

33 Ary na zovy na zovy no mino Ahy sy "atao batisa dia izy no ^bhovanjena; ary izy no "handova ny fanjakan' Andriamanitra.

34 Ary na zovy na zovy no tsy mino Ahy sy tsy atao batisa dia hohelohina.

35 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa izany no fotopampianarako ary Izaho dia vavolombelona manambara izany avy amin' ny Ray; ary na zovy na zovy no "mino Ahy dia mino ny Ray koa; ary aminy ny Ray dia vavolombelona hanambara Ahy, fa hamangy azy

^bamin' ny afo sy amin' ny "Fanahy Masina Izy.

36 Ary ny Ray dia vavolombelona hanambara Ahy toy izany, ary ny Fanahy Masina dia vavolombelona hanambara aminy ny amin' ny Ray sy ny Amiko; fa ny Ray sy Izaho ary ny Fanahy Masina dia iray.

37 Ary lazaiko aminareo koa, tsy maintsy mibebaka ianareo sy "tonga tahaka ny ankizy madinika ary atao batisa amin' ny anarako, raha tsy izany dia tsy afaka mandray ireo zavatra ireo mihitsy ianareo.

38 Ary lazaiko aminareo koa, tsy maintsy mibebaka ianareo sy atao batisa amin' ny anarako ary tonga tahaka ny ankizy madinika, raha tsy izany dia tsy afaka mandova ny fanjakan' Andriamanitra mihitsy ianareo.

39 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izany no fotopampianarako, ary na zovy na zovy no "manorina eo ambonin' izany dia manorina eo ambonin' ny vatolampiko, ary ny ^bvavahadin' ny helo tsy haharesy azy.

40 Ary na zovy na zovy no hanambara mihoatra na latsak' izao sy hanorina izany ho fotopampianarako dia izy no avy amin' ilay ratsy, ary tsy miorina eo ambonin' ny vatolampiko; fa manorina kosa eo amin' ny "fotra fasika, ary mivoha ny vavahadin' ny helo mba han-

31a 2 Ne. 31:2–21.

32a TSM Fotopampianaran' i Kristy.

b 1 Jn. 5:7.

d 3 Ne. 28:11; Etera 5:4.

33a Mar. 16:16.

TSM Batisa—Tsy

maintsy atao.

b TSM Famonjena.

d TSM Voninahitra

Selestialy.

35a Etera 4:12.

b 3 Ne. 9:20; 12:2.

d TSM Fanahy Masina.

37a Mar. 10:15; Lio. 18:17;

Môsià 3:19; 3 Ne. 9:22.

39a Mat. 7:24–29;

Hel. 5:12.

TSM Vatolampy.

b 3 Ne. 18:12–13.

40a 3 Ne. 14:24–27.

dray ny toa azy rehefa tonga ny safo-drano ary mamely azy ny rivotra.

41 Koa, mandehana any amin' ity vahoaka ity, ary ambarao ny teny izay efa noteneniko, hatrany am-paran' ny tany.

TOKO 12

Niantso sy nanome fahefana ny Roambinifololahy i Jesoa—Nanao lahateny nitovy tamin' ny Toriteny teo an-Tendrombohitra tamin' ny Nefita Izy—Niresaka ny Fahasambarana Izy—Mihoatra ary manantombo amin' ny lalàn' i Mosesy ny fampianarany. Nodidina ho tanteraka toy ny mahatanteraka Azy sy ny Rainy ny olona—Ampitahao amin' i Matio 5. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, nony efa niteny ireo teny ireo tamin' i Nefia sy tamin' ireo izay nantsoina i Jesoa (ankehitryny ny isan' ireo izay efa nantsoina sy nandray ny hery sy ny fahefana hanao batisa dia “roa ambin' ny folo) dia indro, naninjitra ny tanany tany amin' ny valalabemandry Izy ary nanandra-peo taminy, manao hoe: ^bHotahiana ianareo raha mampandry sofina amin' ny tenin' ireto roa ambin' ny folo izay efa ^dnofinidiko teo anivonareo ireto mba hampianatra anareo sy ho mpa-

nomponareo; ary ho azy ireo no nanomezako ny fahefana mba hahazoany manao batisa anareo amin' ny rano; ary aorian' ny anaovana batisa anareo amin' ny rano, dia indro, Izaho no hanao batisa anareo amin' ny afo sy amin' ny Fanahy Masina; koa hotahiana ianareo raha mino Ahy sy atao batisa, rehefa nahita Ahy sy mahalala fa misy Aho.

2 Ary koa, hotahiana kokoa ireo izay ^ahino ny teninareo, satria hanambara ianareo fa efa nahita Ahy ary mahalala fa misy Aho. Eny, hotahiana ireo izay hino ny teninareo sy ^bhidina any amin' ny fanetren-tena lalina ary hatao batisa, fa izy no hovangiana ^damin' ny afo sy amin' ny Fanahy Masina ary handray ny famelana ny fahotany.

3 Eny, sambatra ny ^aory ampanahy izay ^bmankatỳ Amiko, fa azy ny fanjakan' ny lanitra.

4 Ary koa, sambatra izay rehetra mitoloko, fa izy no hampiononina.

5 Ary sambatra ny ^amalemy fanahy, fa izy no handova ny ^btany.

6 Ary sambatra izay rehetra ^anoana sy ^bmangetaheta ny ^dfahamarinana, fa izy no hofenoina ny Fanahy Masina.

7 Ary sambatra ny ^amamindra fo, fa izy no hahazo famindram-po.

12 1a 3 Ne. 13:25.

b TSM Fitahiana.

d TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.

2a F&F 46:13–14.

TSM Finoana.

b Etera 4:13–15.

d 3 Ne. 11:35; 19:13.

3a F&F 56:17–18.

TSM Fanetren-tena.

b Mat. 11:28–30.

5a Roma. 12:16;

Môsià 3:19.

TSM Halemem-

panahy.

b TSM Tany.

6a 2 Ne. 9:51;

Enôsa 1:4.

b Jer. 29:13.

d Ohab. 21:21.

7a TSM Famindram-po.

8 Ary sambatra ny “madio am-po rehetra, fa izy no ^bhahita an’ Andriamanitra.

9 Ary sambatra ny “mpampihavana rehetra, fa izy no hantsoina hoe ^bzanak’ Andriamanitra.

10 Ary sambatra izay rehetra “enjhina noho ny Anarako, fa azy ny fanjakan’ ny lanitra.

11 Ary sambatra ianareo raha hotsiratsirain’ ny olona sy henjiny ary hilazany ny fomban’ ny ratsy rehetra hiampangana tsy marina anareo noho ny Amiko;

12 Fa hanam-pifaliana lehibe ianareo ary ho tretrika fatratra tokoa, fa ho lehibe ny “valisoanareo any an-danitra; fa nenjhina toy izany ireo mpaminany izay talohanareo.

13 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, omeko anareo ny ho tonga “fanasin’ ny tany; nefa raha ny fanasina no manary ny tsirony, amin’ inona no hanasiana sira ny tany? Tsy ilaina na amin’ inona na amin’ inona intsony ny sira, ka dia hariana any ivelany ary hohosen’ ny tongotry ny olona.

14 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, omeko anareo ny ho tonga fahazavan’ ity vahoaka ity. Ny tanàna izay miorina eo an-tendrombohitra dia tsy azo afenina.

15 Indro, moa va ny olona mandrehitra “jirony ary mametra-

ka izany ao ambanin’ ny vata famarana? Tsia, fa eo amin’ ny fitoeran-jirony kosa, ary manome hazavana ho an’ izay rehetra ao an-trano izany;

16 Koa aoka ny “fahazavana-reo hamiratra eo anoloan’ ity vahoaka ity mba hahazoany mahita ny asa soanareo sy hankalazany ny Rainareo izay any an-danitra.

17 Aza mihevitra fa tonga Aho handrava ny lalàna na ny mpaminany. Tsy tonga Aho handrava fa hanatanteraka kosa;

18 Fa lazaiko aminareo marina tokoa, tsy misy na dia litera iray na tendron-tsoratra iray aza efa foana ao amin’ ny “lalàna, fa ao Amiko kosa izany dia efa tanteraka avokoa.

19 Ary indro, efa nomeko anareo ny lalàna sy ny didin’ ny Raiko mba hinoanareo Ahy sy hibebahanareo amin’ ny fahotanareo ary hankanesanareo atỳ Amiko amin’ ny “fo torotoro sy ny fanahy manenina. Indro, manana ny lalàna eo anoloanareo ianareo, ary ny ^blalàna dia tanteraka.

20 Koa mankanesa atỳ Amiko, ary aoka ho voavonjy; fa lazaiko aminareo marina tokoa, fa raha tsy mitandrina ny didiko izay efa nomeko anareo amin’ izao fotoana izao ianareo, dia tsy hiditra mihitsy ao amin’ ny fanjakan’ ny lanitra.

21 Efa renareo fa efa voalazan’

8a TSM Madio.

b F&F 93:1.

9a TSM Mpampihavana.

b TSM Zanakalahy sy Zanakavavin’ Andriamanitra.

10a F&F 122:5–9.

TSM Fanenjehana.

12a Etera 12:4.

13a F&F 101:39–40.

TSM Sira.

15a Lio. 8:16.

16a 3 Ne. 18:24.

18a TSM Lalàn’ i Mosesy.

19a 3 Ne. 9:20.

TSM Fo Torotoro.

b 3 Ne. 9:17.

ireo tamin' ny fahagolan-tany, ary izany koa dia voasoratra eo anoloanareo fa ianao dia tsy "hamono olona, ary na zovy na zovy no hamono dia hanambana azy ny fitsaran' Andriamanitra;

22 Nefa lazaiko aminareo fa na zovy na zovy no tezitra amin' ny rahalahiny dia hanambana azy ny fitsarany. Ary na zovy na zovy no hiteny amin' ny rahalahiny hoe: Olom-poana ialahy, dia hanambana azy ny filankevitra; ary na zovy na zovy no hilaza hoe, Foka ialahy, dia hanambana azy ny afon' ny helo.

23 Koa, raha mankaty Amiko ianao na maniry ny hankaty Amiko ary mahatsiaro fa ny rahalahinao dia manana zavatra ifanoherana aminao—

24 Mandehana mankany amin' ny rahalahinao, ary "mihavàna aloha amin' ny rahalahinao, ary dia mankanesa aty Amiko amin' ny fo feno finiavana, ary handray anao Aho.

25 Mihavàna faingana amin' ny fahavalonao raha mbola miaraka aminy eny an-dalana ianao, fandrao haka anao izy amin' ny fotoana iray, ary haiditra any am-ponja ianao.

26 Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, tsy ho tafavoaka ao mihitsy ianao raha tsy efa naloanao ny senina farany. Ary raha mbola ao am-ponja ianao,

moa va ianao afaka mandoa na dia "senina iray aza? Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, Tsia.

27 Indro, efa voasoratr' ireo tamin' ny fahagolan-tany, fa ianao dia tsy hanao "fijangajangana;

28 Nefa lazaiko aminareo, fa na zovy na zovy no mijery vehivavy iray, ka "mitsiriritra azy, dia efa nanao fijangajangana tao am-pony sahady izy.

29 Indro omeko anareo ny didy mba tsy hisy amin' ireo zavatra ireo havelanareo hiditra ao am-ponareo;

30 Fa tsara kokoa ny handavan' ny tenanareo ireo zavatra ireo ka hitondranareo amin' izany ny "hazofijalianareo, toy izay hatsipy any amin' ny helo ianareo.

31 Efa voasoratra fa na zovy na zovy no misaotra ny vadiny dia aoka izy hanome azy taratasy "fisaoram-bady.

32 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, fa na zovy na zovy no "hisaoatra ny vadiny, raha tsy hoe noho ny "fijangajangana, dia manao izay "hampijangajanga azy; ary na zovy na zovy no manambady vehivavy izay nisaorana dia manao fijangajangana.

33 Ary voasoratra koa fa ianao dia tsy hianiana tsy to, fa hoe-fainao kosa amin' ny Tompo ny "fianiananao;

34 Nefa lazaiko aminareo

21a Eks. 20:13;
Môsiah 13:21;
F&F 42:18.

24a TSM Mamela.

26a Almà 11:3.

27a 2 Ne. 9:36; F&F 59:6.

28a F&F 42:23.

TSM Mitsiriritra.

29a Asa 8:22.

30a Mat. 10:38; 16:24;

Lio. 9:23.

31a TSM Fisaraham-

panambadiana.

32a Mar. 10:11-12.

b TSM Fijangajangana.

d TSM Fanitsakitsaham-bady.

33a TSM Fianianana.

marina dia marina tokoa, “aza mianiana akory; na amin’ ny lanitra, fa seza fiandrianan’ Andriamanitra izany;

35 Na amin’ ny tany, fa fitoe-ran-tongony izany;

36 Tsy hianiana koa amin’ ny lohanao ianao, satria tsy hainao ny mana singam-bolo iray mainty na fotsy;

37 Nefa aoka ny teninareo ho Eny, eny; Tsia, tsia; fa na inona na inona no tonga ankoatra izany dia ratsy.

38 Ary indro, voasoratra hoe, “maso solon’ ny maso, nify solon’ ny nify.

39 Nefa lazaiko aminareo fa tsy “hanohitra ny mpanao ratsy ianareo, fa na zovy na zovy no mamely anao eo amin’ ny takolaka havanana dia ^batodiho any aminy koa ny havia.

40 Ary raha misy olona te history anao araka ny lalàna ary maka ny salotrao, dia avelao koa izy haka ny jabinao;

41 Ary na zovy na zovy no hanery anao handeha mailly iray, dia mandehana miaraka aminy mailly roa.

42 “Omeo izay mangataka aminao, ary izay te hisambotra aminao dia aza ilaozanao mihodina.

43 Ary indro, voasoratra koa fa ianao dia ho tia ny namanao ary hankahala ny fahavalonao;

44 Nefa indro, lazaiko aminareo, tiavo ny “fahavalonareo, tsofirano ireo izay manozona

anareo, manaova soa amin’ ireo izay mankahala anareo, ^bmivava-ha ho an’ ireo izay ratsy fitondra anareo sy manenjika anareo;

45 Mba hahatonga anareo ho zanaky ny Rainareo izay any an-danitra; fa Izy mampiposaka ny masoandrony amin’ ny ratsy sy amin’ ny tsara.

46 Koa ireo zavatra ireo izay nisy fahagolan-tany, izay teo ambanin’ ny lalàna, dia ao Amiko no tanteraka avokoa.

47 Lasa ny “zavatra fahiny, ary efa tonga vaovao ny zavadrehetra.

48 Koa mba tiako ianareo ho “tanteraka tahaka Ahy, na ho tanteraka tahaka ny Rainareo izay any an-danitra.

TOKO 13

Nampianatra ny Nefita ny vavaky ny Tompo i Jesoa—Tokony hihary harena an-danitra izy—Nodidina tsy hanan’ eritreritra momba ny zavatra ara-nofo ny Roambinifolalahy eo amin’ ny asa fanompoany. Ampitahao amin’ i Matio 6. Tokony ho 34 taorian’ i J.K.

LAZAIKO marina dia marina tokoa, fa mba tiako ny hanaovanareo “fanampiana ho an’ ny mahantra; nefa mitandrema mba tsy hanaovanareo ny fanampianareo eo anoloan’ ny olona mba ho hitany; raha izany dia tsy hanana valisoa avy amin’ ny

34a TSM Faniratsirana.

38a Lev. 24:20.

39a 3 Ne. 6:13; 4 Ne. 1:34;
F&F 98:23–32.

b TSM Faharetana.

42a Jakôba 2:17–19;

Môsîà 4:22–26.

44a Ohab. 24:17;

Almà 48:23.

b Asa 7:59–60.

47a 3 Ne. 15:2,7;

F&F 22:1.

48a Mat. 5:48; 3 Ne. 27:27.

TSM Tanteraka.

13 1a TSM Fiantrana.

Rainareo izay any an-danitra ianareo.

2 Koa rehefa manao ny fanampianareo ianareo, dia aza mitsoka trompetra eo anoloanareo, toy ny ataon' ny mpiatsaravelatsihy ao amin' ny sinagoga sy eny an-dalana, mba hahazoany ny "fideran' ny olona. Lazaiko aminareo marina tokoa, efa azony ny valisoany.

3 Fa ianao kosa rehefa manao fanampiana, dia aoka tsy ho fantatry ny tananao havia izay ataon' ny tananao havanana;

4 Ka ny fanampiana dia atao-nao ao amin' ny mangingina; ary ny Rainao Izy tenany izay mahita ao amin' ny mangingina no hamaly anao ampahibemaso.

5 Ary rehefa "mivavaka ianao, dia aza manao tahaka ny mpiatsaravelatsihy, fa izy tia ny mivavaka mijoro eo amin' ny sinagoga sy eny amin' ny kihondalana mba hahitan' ny olona azy. Lazaiko aminareo marina tokoa, efa azony ny valisoany.

6 Fa ianao kosa rehefa mivavaka, dia midira ao amin' ny efitranonao, ary rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin' ny Rainao izay ao amin' ny mangingina, ary ny Rainao izay mahita ao amin' ny mangingina no hamaly anao ampahibemaso.

7 Fa rehefa mivavaka kosa ianareo, dia aza manao fame-rimberenana foana tahaka ny

mpanompo sampy, satria heveriny fa hohenoina izy noho ny habetsahan' ny teniny.

8 Aoka tsy hanahaka azy ianareo, fa ny Rainareo dia "mahafantatra izay zavatra ilainareo mialohan' ny hangatahanareo Aminy.

9 Koa araka izao "fomba izao no ^bivavahanareo: "Rainay izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao.

10 Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra.

11 Ary mamela ny trosanay, toy ny amelanay izay nitrosa taminay.

12 Ary aza "mitarika anay ho amin' ny fakampanahy, fa manafaha kosa anay amin' ny ratsy.

13 Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra, mandrakizay. Amena.

14 Fa raha "mamela ny olona ny hadisoany ianareo, ny Rainareo izay any an-danitra koa dia hamela anareo;

15 Fa raha tsy mamela ny olona ny hadisoany ianareo dia tsy hamela koa ny hadisoanareo ny Rainareo.

16 Ankoatra izany, rehefa "mifady hanina ianareo dia aza manahaka ny mpihatsaravelatsihy izay malahelo tarehy fa mampanjonitra ny tavany izy mba hahazoany miseho ho mifady hanina amin' ny olona. Lazaiko aminareo marina dia

2a F&F 121:34-35.

5a TSM Vavaka.

8a F&F 84:83.

9a Mat. 6:9-13.

b TSM Vavaka.

d TSM Andriamanitra—
Andriamanitra Ray.

12a DJS, Mat. 6:14.

14a Mòsià 26:30-31;

F&F 64:9.

TSM Mamela.

16a Isa. 58:5-7.

TSM Fifadian-kanina.

marina tokoa, efa azony ny valisoany.

17 Fa ianao kosa rehefa mifady hanina, dia hosory diloiloy lohanao ary sasao ny tavanao;

18 Mba tsy hisehoanao ho mifady hanina amin' ny olona fa amin' ny Rainao kosa izay ao amin' ny "mangingina; ary ny Rainao izay mahita ao amin' ny mangingina no hamaly anao ampahibemaso.

19 Aza mihary harena ho anareo etỳ an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, ary mpangalatra mamaky trano sy mangalatra;

20 Fa miharia kosa "harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba, izay tsy misy mpangalatra mamaky trano na mangalatra.

21 Fa izay misy ny harenao, dia ho any koa ny fonao.

22 Ny "jiron' ny vatana dia ny maso; koa, raha mahiratra ny masonao, dia ho feno hazavana ny tenanao manontolo.

23 Fa raha ratsy kosa ny masonao, dia ho feno haizina ny tenanao manontolo. Koa, raha maizina ny hazavana izay ao anatinao, akory ny halehiben' izany haizina izany!

24 Tsy misy olona afaka "manompo tompo roa; fa na izy hankahala ny anankiray ary ho tia ny anankiray, na izy hifikitra amin' ny anankiray ary hanamavo ny anankiray. Tsy afaka

manompo an' Andriamanitra sy i Mamôna ianareo.

25 Ary ankehitriny ny zavaintranga rehefa avy niteny ireo teny ireo i Jesoa, dia nibanjina ny roa ambin' ny folo izay efa nofinidiny Izy, sy niteny taminy hoe: Tsarovy ny teny izay efa noteneniko. Fa indro, ianareo no ireo izay efa nofidiko "hampianatra ity vahoaka ity. Noho izany dia lazaiko aminareo, ^baza manana eritreritra ny amin' ny ainareo, izay hohaninareo na izay hosotroinareo; na ny amin' ny tenanareo, izay hotafianareo. Moa va ny aina tsy manaoatra noho ny hanina ary ny tena noho ny fitafiana?

26 Jereo ny voromanidina eny amin' ny habakabaka, fa tsy mamafy na mijinja na manangona ho any an-tsonmpitra ireny; kanefa ny Rainareo any an-danitra dia mamahana azy ireny. Moa va ianareo tsy tsara lavitra noho ireny?

27 Iza aminareo, noho ny fanahiany, no afaka manampy hakiho iray amin' ny tsanganany?

28 Ary nahoana ianareo no manahy ny amin' ny fitafiana? Diniho ny fanirin' ny lilia any an-tsaha; tsy miasa na mamoly ireny;

29 Ary lazaiko aminareo anefa, fa na dia i Solomona tao amin' ny voninahiny rehetra aza dia tsy nitafy tahaka ny anankiray tamin' ireny.

30 Noho izany, raha tafian' Andriamanitra toy izany ny

18a F&F 38:7.
20a Hel. 5:8; 8:25.
22a F&F 88:67.

24a 1 Sam. 7:3.
25a TSM Fanompoana.
b Almà 31:37–38;

F&F 84:79–85.

ahitra any an-tsaha, izay eny anio ary hatsipy any am-patana rahampitso, dia toy izany koa no hanafiany anareo raha tsy kely finoana ianareo.

31 Noho izany dia aza manahy ka milaza hoe: Inona no hohaninay? na, Inona no hosotroinay? na, Inona no hatafy anay?

32 Fa fantatry ny Rainareo izay any an-danitra fa mila ireo zavatra rehetra ireo ianareo.

33 Nefa katsahonareo aloha ny “fanjakan’ Andriamanitra sy ny fahamarinany, ary hanampy ho anareo ireo zavatra rehetra ireo.

34 Noho izany dia aza manahy ny amin’ ny ampitso, fa ny ampitso dia hanahy ny amin’ ny zavatra ao aminy. Ampy ho an’ ny andro ny ratsy ao aminy.

TOKO 14

Nandidy i Jesoa: Aza mitsara; manontania an’ Andriamanitra; mitandrema amin’ ny mpaminany sandoka—Nampanantena famonjena ho an’ ireo izay manao ny sitrapon’ ny Ray Izy—Ampitahao amin’ i Matio 7. Tokony ho 34 taorian’ i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy niteny ireo teny ireo i Jesoa, dia nitodika indray tany amin’ ny valalabemandry Izy, ary niloa-bava indray tamin’ y, nanao hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa,

aza “mitsara mba tsy hotsaraina ianareo.

2 “Fa amin’ ny fitsarana izay itsaranareo no hotsaraina ianareo; ary amin’ ny famarana izay amaranareo no hamarana anareo indray.

3 Ary nahoana ianao no mahita ny sombin-kazo izay eo amin’ ny mason’ ny rahalahinao, nefa tsy tandrinao ny andry izay eo amin’ ny masonao ihany?

4 Sa ahoana no hilazanao amin’ ny rahalahinao hoe: Avelao aho hanaisotra ny sombin-kazo hiala ny masonao—ary indro, ny andry dia eo amin’ ny masonao ihany?

5 Mpihatsaravelatsihy ianao, esory aloha ny “andry hiala ny masonao ihany; ary avy eo vao ho hitanao mazava tsara ny hanesorana ny sombin-kazo hiala ny mason’ ny rahalahinao.

6 Aza omena ho an’ ny alika izay “masina, na atsipy koa eo anoloan’ ny kisoa ny voahanginareo, fandrao hohosihoseny amin’ ny tongony izany, ary hifotitra izy ka hamiravira anareo.

7 “Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondòny, dia hovohana ianareo.

8 Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondona no hovohana.

9 Sa iza no olona eo aminareo izay raha angatahan’ ny zanany mofo no hanome azy vato?

33a Lio. 12:31.

14 1a DJS, Mat. 7:1–2;
Jao. 7:24.

2a Môrm. 8:19.

5a Jao. 8:3–11.
6a TSM Masina.

7a 3 Ne. 27:29.

TSM Vavaka.

10 Na raha angatahany trondro no hanome azy menarana?

11 Amin' izany raha ianareo izay ratsy aza mahalala ny hanome fanomezana tsara ho an' ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo izay any an-danitra no hanome zavatra tsara ho an' ireo izay mangataka Aminy?

12 Noho izany, ny zavatra rehetra na inona na inona ka tianareo mba hataon' ny olona aminareo, dia "ataovy toy izany aminy koa, fa izany no lalàna sy ny mpaminany.

13 Midira amin' ny "vavahady ety ianareo; fa malalaka ny vavahady ary ^bmigodana ny lalana izay mitondra mankany amin' ny fahaverezana, ary misy maro no miditra any;

14 Satria ety ny "vavahady ary ^btery ny lalana izay mitondra mankany amin' ny fiainana, ary ^dvitsy no mahita izany.

15 Mitandrema amin' ny "mpaminany sandoka izay mankeo aminareo amin' ny fitafian' ny ondry, nefa ao anatin' dia ambodia mitoha izy.

16 Ho fantatrareo amin' ny voany izy. Moa va ny olona mioty voaloboka amin' ny tsilo, na aviavy amin' ny songosongo?

17 Dia toy izany ny hazo tsara tsirairay dia mamoa voa tsara; fa ny hazo ratsy kosa dia mamoa voa ratsy.

18 Ny hazo tsara tsy afaka ma-

moa voa ratsy, ny hazo ratsy tsy mamoa voa tsara.

19 Ny hazo tsirairay izay tsy "mamoa voa tsara dia kapaina sy atsipy any anaty afo.

20 Koa ny "voany no hahafantarareo azy.

21 Tsy izay rehetra manao Amiko hoe, Tompo ô, Tompo ô, no hiditra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra; fa izay manao kosa ny sitrapon' ny Raiko izay any an-danitra.

22 Maro no "hilaza amiko amin' izay andro izay hoe: Tompo ô, Tompo ô, tsy efa naminany tamin' ny anaranao va izahay, ary tamin' ny anaranao no efa nandroahanay ny devoly hiala, ary tamin' ny anaranao no efa nanaovanay asa mahatalanjona maro?

23 Ary amin' izany dia hotsoriko aminy hoe: Tsy "nahafantatra anareo na oviana na oviana Aho; ^bmialà Amiko ianareo izay mpanao heloka.

24 Koa, na zovy na zovy no mandre izao teniko izao sy mampihatra izany dia hohariko amin' ny lehilahy malina iray izay nanorina ny tranony teo amin' ny "vatolampy —

25 Ary nirotsaka ny "orana, ary tonga ny riaka, ary nifofofoko ny rivotra ary namely izany trano izany; ary tsy ^bnianjera izany, satria efa niorina teo amin' ny vatolampy.

12a TSM Fangorahana.

13a Lio. 13:24; 3 Ne. 27:33.

b F&F 132:25.

14a 2 Ne. 9:41; 31:9,

17–18; F&F 22:1–4.

b 1 Ne. 8:20.

d 1 Ne. 14:12.

15a Jer. 23:21–32;

2 Ne. 28:9, 12, 15.

19a Mat. 3:10;

Almà 5:36–41;

F&F 97:7.

20a Lio. 6:43–45;

Môrô. 7:5.

22a Almà 5:17.

23a Môsià 5:13; 26:24–27.

b Lio. 13:27.

24a TSM Vatolampy.

25a Almà 26:6;

Hel. 5:12.

b Ohab. 12:7.

26 Ary izay rehetra mandre izao teniko izao ary tsy mampihatra izany dia hoharina amin' ny lehilahy adala izay nanorina ny tranony teo amin' ny "fasika—

27 Ary nirotsaka ny orana, ary tonga ny riaka, ary nifofofony ny rivotra ary namely izany trano izany; ary nianjera izany, ary lehibe ny fianjerany.

TOKO 15

Nolazain' i Jesoa fa tanteraka ao Aminy ny lalàn' i Mosesy—Ny Nefita no ondry hafa izay noresahiny tany Jerosalema—Noho ny heloka, dia tsy nahafantatra ny amin' ny ondrin' i Isiraely niely patrana ny vahoakan' ny Tompo tao Jerosalema. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa namarana ireo teny ireo i Jesoa dia nanopy ny masony manodidina tany amin' ny valalabemandry Izy ary nanao taminy hoe: Indro, efa renareo ny zavatra izay nampianariko talohan' ny niakarako tany amin' ny Raiko; koa, na zovy na zovy no mahatsiaro ireo teniko ireo sy "mampihatra izany dia izy no "hatsangako amin' ny andro farany.

2 Ary ny zava-nitranga, nony efa nilaza ireo teny ireo i Jesoa, dia nahatakatra Izy fa nisy ny sasany teo anivony izay nitalan-

jona sy nanontany tena ny amin' izay tiany holazaina momba ny "lalàn' i Mosesy; fa tsy takany ny filazana fa efa lasana ny zavatra taloha ary efa tonga vaovao ny zavatra rehetra.

3 Ary hoy Izy taminy: Aza gaga noho ny nilazako taminareo fa efa lasana ny zavatra taloha ary efa tonga vaovao ny zavatra rehetra.

4 Indro, lazaiko aminareo fa tanteraka ny "lalàna izay nomena an' i Mosesy.

5 Indro, "Izaho no Izy izay nanome ny lalàna, ary Izaho no Izy izay nanao fanekempihavanana tamin' i Isiraely oloko; noho izany, ny lalàna dia tanteraka ao Amiko, fa efa tonga Aho "hanatanteraka ny lalàna; koa manam-piafarana izany.

6 Indro, Izaho "tsy mandrava ny mpaminany, fa izay rehetra tsy notanterahina tao Amiko, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa hotanterahina avokoa.

7 Ary satria nilaza taminareo Aho fa efa lasana ny zavatra taloha, dia tsy mandrava izay efa notenenina momba ny zavatra izay ho avy Aho.

8 Fa indro, ny "fanekempihavanana izay efa nataoko tamin' ny oloko dia tsy tanteraka avokoa; fa ny lalàna izay nomena an' i Mosesy dia manam-piafarana ao Amiko.

9 Indro, Izaho no "lalàna sy "fahazavana. Mijere aty Amiko

26a 3 Ne. 11:40.

15 1a Jakoba 1:22.

b 1 Ne. 13:37; F&F 5:35.

2a TSM Lalàn' i Mosesy.

4a Mòsià 13:27–31;

3 Ne. 9:17–20.

5a 2 Tan. 10:1–4;

3 Ne. 11:14.

TSM Jehovah.

b Almà 34:13.

6a 3 Ne. 23:1–5.

8a 3 Ne. 5:24–26.

9a 2 Ne. 26:1.

b TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

ary mahareta hatramin' ny farany dia ho "velona ianareo; fa izay "maharitra hatramin' ny farany no homeko ny fiainana mandrakizay.

10 Indro, efa nomeko anareo ny didy; koa tandremo ny "didiko. Ary izany no lalàna sy ny mpaminany, fa ^bnanambara marina tokoa ny Amiko ireo.

11 Ary ankehitriny ny zavaintranga, nony efa niteny ireo teny ireo i Jesoa, dia hoy Izy tamin' ireo roa ambin' ny folo izay efa nofinidiny ireo:

12 Ianareo no mpianatro; ary ianareo dia fahazavana ho an' ity vahoaka ity izay sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i "Josefa.

13 Ary indro, ity no "tany lovanareo; ary efa nomen' ny Ray anareo izany.

14 Ary na oviana na oviana ny Ray dia tsy nanome Ahy didy mba "hitenenako izany tamin' ny rahalahinareo tao Jerosalema.

15 Na oviana na oviana koa ny Ray dia tsy nanome Ahy didy mba hitenenako aminy ny momba ny "foko hafa amin' ny mpianakavin' i Isiraely, izay efa notarihan' ny Ray hivoaka ny tany.

16 Izaho ihany no nandidian' ny Ray Ahy mba hoteneniko aminy:

17 Izaho dia manana ondry hafa izay tsy avy amin' ity vala ity; ireny koa dia tsy maintsy

entiko, ary handre ny feoko ireny; ary hisy vala iray sy "mpiandry iray.

18 Ary ankehitriny, noho ny hamafin' ny hatony sy ny tsy finoany dia tsy "nahazo ny tene-niko izy; koa nodidian' ny Ray Aho tsy hilaza intsony ny momba izany zavatra izany taminy.

19 Nefa lazaiko aminareo marina tokoa fa efa nandidy Ahy ny Ray, ary teniko aminareo izany, fa ianareo dia nosarahina taminy noho ny helony; koa noho ny helony dia tsy fantany ny aminareo.

20 Ary lazaiko aminareo marina tokoa indray fa efa nosarah-an' ny Ray taminy ny foko hafa; ary izany dia noho ny helony ka tsy fantany ny amin' ireny.

21 Ary lazaiko aminareo marina tokoa, fa ianareo no ireo izay efa nolazaiko hoe: Manana "ondry hafa izay tsy avy amin' ity vala ity Aho; ireny koa dia tsy maintsy entiko, ary handre ny feoko ireny ary hisy vala iray sy mpiandry iray.

22 Ary tsy nahazo Ahy izy, satria noheveriny fa ny "Jentilisa izany; tsy azony fa ny Jentilisa dia ^bhiova fo amin' ny alalan' ny fitoriany.

23 Ary tsy nahazo Ahy izy rehefa nilazako fa handre ny feoko ireny; ary tsy nahazo Ahy izy fa tsy handre na oviana na oviana ny feoko ny "Jentilisa—fa Izaho

9d Jao. 11:25; F&F 84:44.

^e TSM Maharitra.

10a 3 Ne. 12:20.

^b Mòsià 13:33.

12a TSM Josefa,
Zanakalahin' i
Jakoba.

13a 1 Ne. 18:22–23.

14a 3 Ne. 5:20.

15a 3 Ne. 16:1–4.

TSM Isiraely—Ireo
foko folo very amin'
ny Isiraely.

17a TSM Mpiandry

Ondry Tsara.

18a F&F 10:59.

21a Jao. 10:14–16.

22a TSM Jentilisa.

^b Asa 10:34–48.

23a Mat. 15:24.

tsy haneho ny tenako aminy raha tsy amin' ny alalan' ny ^bFanahy Masina.

24 Nefa indro, sady efa nandre ny "feoko ianareo no nahita Ahy; ary ianareo no ondriko ary ianareo dia raisina ho isan' ireo izay efa ^bnomen' ny Ray Ahy.

TOKO 16

Hamangy ny hafa amin' ny ondry very amin' i Isiraely i Jesoa—Amin' ny andro farany dia handeha any amin' ny Jentilisa ary avy eo dia any amin' ny mpianakavin' i Isiraely ny filazantsara—Hahita mifanatri-maso ny vahoakan' ny Tompo rehefa mamerina indray an' i Ziona Izy. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa Izaho dia manana "ondry hafa izay tsy avy amin' ity tany ity, na avy amin' ny tanin' i Jerosalema, na avy amin' ny faritry ny tany manodidina izay efa nalehako mba hampianatra.

2 Fa ireo izay resahiko dia ireo izay tsy mbola nandre ny feoko; tsy mbola naneho na oviana na oviana ny tenako taminy Aho.

3 Nefa efa nandray ny didy avy tamin-dRaiko Aho handehanako any "aminy mba han-

drenesany ny feoko ary handraisana azy ho isan' ny ondriko, mba hisian' ny vala iray sy ny mpiandry iray; koa andeha Aho haneho ny tenako aminy.

4 Ary mandidy anareo Aho hanoratanareo ireto "teny ireto rehefa lasa Aho, fa raha toa ka ny oloko ao Jerosalema, ireo izay efa nahita Ahy sy niaraka tamiko tao amin' ny asa fanompoako no tsy manontany ny Ray amin' ny anarako mba hahazoany mandray fahalalana ny aminareo amin' ny alalan' ny Fanahy Masina, ary koa ny amin' ny foko hafa izay tsy fantany ny aminy, dia ireto teny izay hosoratanareo ireto no hotehirizina sy haseho ny ^bJentilisa, ka amin' ny alalan' ny fahafenoan' ny Jentilisa, ny sisa tavela amin' ny taranany, izay haely patrana eran' ny lafin-tany noho ny tsy finoany dia ho azo averina na ho azo entina ho amin' ny "fahalalana Ahy, Mpanavotra azy.

5 Ary amin' izany Aho dia "hanangona azy avy amin' ny vazan-tany efatra; dia hotanterahiko ny ^bfanekempihavanana izay efa nataon' ny Ray tamin' ny vahoaka rehetra amin' ny "mpianakavin' i Isiraely.

6 Ary hotahiana anie ny "Jentilisa noho ny finoany Ahy, ao sy

23b 1 Ne. 10:11.

TSM Fanahy Masina.

24a Almà 5:38;

3 Ne. 16:1–5.

b Jao. 6:37;

F&F 27:14.

16 1a 3 Ne. 15:15.

TSM Isiraely—Ireo

foko folo very amin' ny Isiraely.

3a 3 Ne. 17:4.

4a TSM Soratra Masina.

b 1 Ne. 10:14;

3 Ne. 21:6.

d Ezek. 20:42–44;

3 Ne. 20:13.

5a TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

b 3 Ne. 5:24–26.

d 1 Ne. 22:9;

3 Ne. 21:26–29.

6a 1 Ne. 13:30–42;

2 Ne. 30:3.

amin' ny alalan' ny ^bFanahy Masina, izay mijoro ho vavolombelona aminy ny Amiko sy ny amin' ny Ray.

7 Indro, noho ny finoany Ahy, hoy ny Ray, ary noho ny tsy finoanao, Ry mpianakavin' i Isiraely, amin' ny "andro farany dia ho tonga any amin' ny Jentilisa ny marina, ka ny fahafenoan' ireo zavatra ireo dia hampahafantarina azy.

8 Nefa, hoy ny Ray, lozan' ny tsy mpino amin' ny Jentilisa — fa na dia teo aza ny efa nahatongavany teo amin' ity lafintany ity sy ny "nanelezany ny vahoakako izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely; ary ny vahoakako izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely dia efa ^bnorohina hiala avy teo anivony sy efa nohosihoseny tamin' ny tongotra;

9 Ary noho ny famindram-pon' ny Ray amin' ny Jentilisa ary koa ny fitsaran' ny Ray teo amin' ny vahoakako izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely, dia lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, fa taorian' izany rehetra izany, ary efa nataoko ny hikapohana sy ny hampahoriana, ary ny "hamonoana sy ny handroahana ny vahoakako izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely, hiala avy teo anivony, ka hahatonga azy ho hankahalainy, ary hanjary ho fanaraby sy ho faneso eo aminy —

10 Ary dia izao no andidian' ny Ray holazaiko anareo: Amin' ny andro izay hanotan' ny Jentilisa amin' ny filazantsarako sy hitsipahany ny fahafenoan' ny filazantsarako ary "hahatafasondrotany ao amin' ny avonavon' ny fony ho ambonin' ny firenena rehetra sy ho ambonin' ny vahoaka rehetra amin' ny tany manontolo, ary hahafeno azy amin' ny karazana lainga sy fitaka ary hasomparana rehetra, ary ny karazana fihatsarambelatsihy, sy ny vonoan' olona, ary ny ^bkomiberaky ny mpisorona sy ny fijangajangana ary ny fahavetavetana an-tsokosoko rehetra; ary raha manao ireo zavatra rehetra ireo izy sy hitsipaka ny fahafenoan' ny filazantsarako dia indro, hoy ny Ray, hoentiko hiala avy teo anivony ny fahafenoan' ny filazantsarako.

11 Ary amin' izany Aho dia "hahatsiaro ny fanekempihavanana izay efa nataoko tamin' ny oloko, Ry mpianakavin' i Isiraely, ary hoentiko any aminy ny filazantsarako.

12 Ary dia hasehoko anao, Ry mpianakavin' i Isiraely, fa tsy hanam-pahefana aminao ny Jentilisa; fa hotsarovako kosa ny fanekempihavanako taminao, Ry mpianakavin' i Isiraely, ary ho tonga amin' ny "fahalalana ny fahafenoan' ny filazantsarako ianao.

6b 2 Ne. 32:5;
3 Ne. 11:32, 35-36.
TSM Fanahy Masina.
7a TSM Famerenana
amin' ny Laoniny ny

Filazantsara.
8a 1 Ne. 13:14;
Môrm. 5:9, 15.
b 3 Ne. 20:27-29.
9a Amo. 9:1-4.

10a Môrm. 8:35-41.
b 2 Ne. 26:29.
11a 3 Ne. 21:1-11;
Môrm. 5:20.
12a Hel. 15:12-13.

13 Nefa raha mibebaka sy miverina Amiko ny Jentilisa, hoy ny Ray, dia indro horaisina ho “isan’ ny oloko izy, Ry mpianakavin’ i Isiraely.

14 Ary Izaho tsy hamela ny oloko, izay avy amin’ ny mpianakavin’ i Isiraely handeha hamakivaky eo anivony sy hanosihosy azy, hoy ny Ray.

15 Nefa raha tsy mitodika Amiko izy ary tsy mihaino ny feoko, Izaho dia hamela azy, eny, Izaho dia hamela ny oloko, Ry mpianakavin’ i Isiraely, mba handehanany mamakivaky eo anivony sy “hanosihosy azy, ary ho tahaka ny sira izay efa very tsiro izy ka tsy misy ilana azy intsony fa hariana kosa eny ivelany, ary dia hohosihosen’ ny vahoaka amin’ ny tongotra izy, Ry mpianakavin’ i Isiraely.

16 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izao no efa nandidian’ ny Ray Ahy—dia ny hanomezako ity tany ity ho an’ ity vahoaka ity ho lovary.

17 Ary amin’ izany dia ho tanteraka ny “tenin’ i Isaia mpaminany, izay manao hoe:

18 “Ny ^bmpitilinao hanandra-peo; hampiarapeo izy ireo ka hihira, fa izy ireo dia hahita mifanatri-maso rehefa hampodian’ ny Tompo indray i Ziona.

19 Velomy ny hoby, miarahamihira ianareo ry toerana rava

ao Jerosalema; fa ny Tompo efa nampionona ny olony, efa nanavotra an’ i Jerosalema Izy.

20 Ny Tompo efa nampitanjaka ny sandriny masina teo imason’ ny firenena rehetra; ary ny faran’ ny tany rehetra hahita ny famonjen’ Andriamanitra.

TOKO 17

I Jesoa dia nisarika ny olona hiansaintsaina ny teniny sy hivavaka hahatakarany izany—Nositrany ny marary—Nivavaka ho an’ ny vahoaka Izy ka nampiasa fiteny izay tsy hay soratana—Nanombo ny anjely ary nanodidina ny ankizy madininy ny afo. Tokony ho 34 taorian’ i J.K.

INDRO, ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa niteny ireo teny ireo i Jesoa, dia nanopy ny masony manodidina indray tany amin’ ny valalabemandry Izy, ary hoy Izy taminy: Indro, efa antomotra ny “fotoako.

2 Takatro fa osa ianareo ka tsy afaka ny “hahatakatra ny teniko rehetra izay andidian’ ny Ray Ahy hoteneniko aminareo amin’ izao fotoana izao.

3 Koa modia any an-tranonareo, ary “saintsaino ny zavatra izay efa nolazaiko, ary anontanio amin’ ny Anarako ny Ray, mba hahatakaranareo, ary ^bomany ny sainareo ho amin’ ny “am-

13a Gal. 3:7, 29;
1 Ne. 15:13–17;
2 Ne. 10:18;
3 Ne. 30:2;
Abr. 2:9–11.
15a Mika 5:8–15;
3 Ne. 20:16–19;

21:12–21;
F&F 87:5.
17a 3 Ne. 20:11–12.
18a Isa. 52:8–10.
b Ezek. 33:1–7.
TSM Mpiambina.
17 1a IE miverina any

amin’ ny Ray. Jereo andininy 4.
2a Jao. 16:12;
F&F 78:17–18.
3a TSM Misaintsaina.
b F&F 132:3.
d 3 Ne. 19:2.

pitso, ary hankatỳ aminareo indray Aho.

4 Fa ankehitriny kosa Aho dia “hankany amin’ ny Ray ary ^bhaneho ny tenako koa amin’ ny ^dfoko very amin’ i Isiraely, fa tsy very izy amin’ ny Ray, fa Izy mahalala izay efa nitondra-ny azy.

5 Ary ny zava-nitranga, nony efa niteny toy izany i Jesoa, dia nanopy ny masony manodidina indray tany amin’ ny valalabemandry Izy, ary nahatazana azy tao amin’ ny ranomaso ary ny fijeriny dia nifantoka Taminy miova tsy ny te hangataka Azy mba hijanona maharitraritra miaraka aminy.

6 Ary hoy Izy taminy: Indro, ny kiboko dia feno “fangorahana aminareo.

7 Moa va ianareo manana ireo izay marary eo anivonareo? Ento atỳ ireo. Moa va ianareo manana ireo izay malemy, na jamba, na mandringa, na kilemaina, na boka, na izay maina, na izay marenina, na izay ory na manao ahoana na manao ahoana izany? Ento atỳ izy dia hositrany, fa manana fangorahana anareo Aho; ny kiboko dia feno famindram-po.

8 Satria takatro fa irianareo ny hanehoako aminareo izay efa nataoko tamin’ ny rahalahinareo tao Jerosalema, satria hitako fa “ampy ny ^bfinoanareo hana-sitrany anareo.

9 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy niteny toy izany Izy, dia niara-nientana ny valalabemandry iray manontolo, nandroso niaraka tamin’ ny marariny sy ny oriny ary ny maleminy, ary niaraka tamin’ ny jambany, ary niaraka tamin’ ny mareniny sy tamin’ ireo izay nijaly na manao ahoana na manao ahoana izany; ary “nositrany ny tsirairay avy taminy arakaraka ny nitondrana azy teo anoloany.

10 Ary izy rehetra, na ireo izay nositrany, na ireo izay salama, dia samy niankohoka teo an-tongony, sy nitsaoka Azy; ary izay rehetra afaka nanatona Azy avy tamin’ ny valalabemandry dia “nanoroka ny tongony, hany ka izy ireo dia nampan-dro ny tongony tamin’ ny ranomaso.

11 Ary ny zava-nitranga dia nodidiany ny hitondrana ny “ankizy madininy.

12 Koa nentina ny ankizy madininy sy napetrany tamin’ ny tany manodidina Azy, ary nijoro teo afovoany i Jesoa; ary ny valalabemandry dia nanome lalana ambara-pitondrany azy rehetra teo anoloany.

13 Ary ny zava-nitranga nony efa nentina avokoa izy ireny ary nijoro teo afovoany i Jesoa, dia nodidiany ny “handohalian’ ny valalabemandry amin’ ny tany.

14 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandohalika tamin’ ny tany

4a 3 Ne. 18:39.

b 3 Ne. 16:1–3.

d TSM Isiraely—Ireo foko folo very amin’ ny Isiraely.

6a TSM Fangorahana.

8a 2 Ne. 27:23;

Etera 12:12.

b Lio. 18:42.

9a Môsà 3:5; 3 Ne. 26:15.

10a Lio. 7:38.

11a Mat. 19:13–14;

3 Ne. 26:14, 16.

13a Lio. 22:41;

Asa 20:36.

ireo, dia nitoloko ny tao anatin' i Jesoa, ary hoy Izy: Ray ô, "ory Aho noho ny faharatsian' ny vahoaka amin' ny mpianakavin' i Isiraely.

15 Ary nony efa nilaza ireo teny ireo Izy, dia nandohalika tamin' ny tany koa ny tenany; ary indro nivavaka tamin' ny Ray Izy, ary ny zavatra izay nivavahany dia tsy hay soratana, ary ny valalabemandry dia vavolombelona manambara, izay nandre Azy.

16 Ary toy izao no fomba ijoroany ho vavolombelona: Ny "maso dia tsy mbola nahita na oviana na oviana, ny sofina tsy mbola nandre zavatra lehibe sy mahatalanjona loatra toy izay hitanay sy renay notenenin' i Jesoa tamin' ny Ray;

17 Ary tsy misy "lela afaka miteny, tsy misy olona koa afaka manoratra, tsy hain' ny fon' ny olona koa ny misaintsaina ny zavatra lehibe sy mahatalanjona tokoa toy ny nahitanay sy ny nandrenesanay an' i Jesoa niteny; ary tsy misy afaka misaintsaina ny fifaliana izay nameno ny fanahinay tamin' ny fotoana nandrenesanay Azy nivavaka tamin' ny Ray ho anay.

18 Ary ny zava-nitranga, nony efa nofaranan' i Jesoa ny vavaka tamin' ny Ray, dia nitsangana Izy; fa lehibe loatra kosa ny "fifalian' ny valalabemandry ka ankona ireo.

19 Ary ny zava-nitranga dia

niteny taminy i Jesoa sy nibaiko azy hitsangana.

20 Ary nitsangana avy tamin' ny tany ireo, ary hoy Izy taminy: Hotahiana ianareo noho ny finoanareo, ary ankehitriny, indro, feno ny fifaliako.

21 Ary nony efa nilaza ireo teny ireo Izy, dia "nitomany, ary ny valalabemandry dia vavolombelona nanambara izany, ary nalainy tsirairay ny ankizy madininy ary ^bnotsofiny rano izy ireo, nivavahany ny Ray ho azy ireo.

22 Ary nony nanao izany Izy dia nitomany indray;

23 Ary niteny tamin' ny valalabemandry Izy, ary hoy Izy taminy: Jereo ny madinikareo.

24 Ary raha nijery izy ireo mba hitazana, dia nanandratra ny masony nankany an-danitra izy ireo, ary nahita ny lanitra nisokatra sy nahita anjely nidina avy tany an-danitra miova tsy ny teo afovoan' ny afo; ary nidina ireny sy "nanodidina ireo ankizy madinika ireo; ary nohodidinin' ny afo ireo; ary ny anjely dia nanompo azy ireo.

25 Ary ny valalabemandry dia nahita sy nandre ary vavolombelona manambara; ary fantany fa ny fanambarany dia marina, fa sady nahita no nandre avokoa izy ireo, ny tsirairay ho an' ny tenany avy; ary izy ireo dia niisa sahabo ho dimanjato sy roa arivo olona; ary izy ireo dia nahitana lehilahy, vehivavy ary ankizy.

14a Mos. 7:41.

16a Isa. 64:4; 2 Tan. 2:9;
F&F 76:10, 114–119.

17a 2 Kor. 12:4.

18a TSM Fifaliana.
21a Jao. 11:35.

^b Mar. 10:14–16.

24a Hel. 5:23–24, 43–45.

TOKO 18

Nampiorina ny Fanasan' ny Tompo teo anivon' ny Nefita i Jesoa— Nodidina izy ireo hivavaka mandrakariva amin' ny Anarany— Voaozona ireo izay mihinana ny nofony sy misotro ny rany tsy amim-pahamendrehana— Omena fahefana ny mpianatra hanolotra ny Fanahy Masina. Tokony ho 34 taorian' i j.k.

ARY ny zava-nitranga dia nandidy ny mpianany i Jesoa mba hitondrany “mofa sy divay eo Aminy.

2 Ary raha mbola nandeha nitady mofa sy divay izy ireo, dia nodidiany ny valalabemandry hipetraka amin' ny tany.

3 Ary nony efa tonga ny mpianatra niaraka tamin' ny “mofa sy ny divay, dia nalainy ny mofa ka novakiany ary notsofiny rano; ary nomeny ny mpianany sy nodidiany ny hihinanany.

4 Ary rehefa avy nihinana izy ireo ka voky, dia nodidiany ny hanomezany ny valalabemandry.

5 Ary nony efa nihinana ny valalabemandry ka voky, dia hoy Izy tamin' ny mpianatra: Indro hisy anankiray aminareo hotendrena, ary izy no homeko fahefana “hamakiany ny mofa sy hitsofany rano izany ary hanomezany ny vahoakan' ny fiangonako izany, ho an' ireo rehetra izay hino ary hatao batisa amin' ny Anarako.

6 Ary izany dia hoezahanareo

mandrakariva hatao, toy izay efa nataoko, toy izay efa nama-kiako ny mofa sy nitsofako rano izany ary ny nanomezako izany anareo.

7 Ary izany no hataonareo ho “fahatsiarovana ny vatako izay efa nasehoko anareo. Ary izany dia ho vavolombelona amin' ny Ray fa mahatsiaro Ahy mandrakariva ianareo. Ary raha mahatsiaro Ahy mandrakariva ianareo dia hanana ny Fanahiko miaraka aminareo.

8 Ary ny zava-nitranga rehefa nilaza ireo teny ireo Izy, dia nandidy ny mpianany ny handraisany amin' ny divain' ny kapoaka sy ny hisotroany amin' izany, ary ny hanomezany koa ny valalabemandry mba hahazoany misotro amin' izany.

9 Ary ny zava-nitranga dia nataon' izy ireo izany, ary dia nisotro tamin' izany izy ireo ka voky; ary nomen' izy ireo ny valalabemandry, ary ireo dia nisotro, ka voky.

10 Ary nony efa nanao izany ny mpianatra, dia hoy Jesoa taminy: Hotahiana ianareo noho ity zavatra izay efa nataonareo, fa izany no fanatanterahana ny didiko, ary izany dia vavolombelona amin' ny Ray fa vonona hanao izay efa nandidiako anareo ianareo.

11 Ary izany no hataonareo mandrakariva amin' ireo izay mibebaka sy atao batisa amin' ny anarako; ary hanao izany ianareo ho fahatsiarovana ny rako izay efa nalatsaka ho ana-

reo mba hahazoanareo mijoro ho vavolombelona amin' ny Ray fa ianareo dia mahatsiaro Ahy mandrakariva. Ary raha mahatsiaro Ahy mandrakariva ianareo dia hanana ny Fanahiko miaraka aminareo.

12 Ary omeko anareo ny didy mba hanaovanareo ireo zavatra ireo. Ary raha manao mandrakariva ireo zavatra ireo ianareo, dia hotahiana ianareo, fa miorina eo ambonin' ny "vatolampiko ianareo.

13 Saingy na zovy na zovy no manao mihoatra na latsaka noho ireo dia tsy miorina eo ambonin' ny vatolampiko izy, fa miorina kosa eo amin' ny fanorenana fasika; ary rehefa mirotsaka ny orana sy tonga ny riaka, ary mifofofono ny rivotra, ary mamely azy, dia "hianjera izy, ary misokatra sahady ny ^bvavahadin' ny helo handray azy.

14 Koa hotahiana ianareo raha mitandrana ny didiko izay efa nandidian' ny Ray Ahy mba homeko anareo.

15 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, tsy maintsy miambina sy "mivavaka mandrakariva ianareo, fandrao dia halain' ny devoly fanahy ary hoentiny ho babo.

16 Ary toy ny efa nivavahako teo anivonareo dia toy izany koa no hivavahanareo ao amin' ny fiangonako, eo anivon' ny oloko izay mibebaka sy atao batisa

amin' ny anarako. Indro Izaho no "fahazavana; efa nanome ^bohatra ho anareo Aho.

17 Ary ny zava-nitranga nony efa niteny ireo teny ireo tamin' ny mpianany i Jesoa, dia nitodika indray tany amin' ny valalabemondry Izy ary nanao taminy hoe:

18 Indro, lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, tsy maintsy miambina sy mivavaka mandrakariva ianareo fandrao miditra ao amin' ny fakampahy; fa maniry ny hahazoanareo i "Satana mba hahazoany mikororoka anareo toy ny varimbazaha.

19 Koa tsy maintsy mivavaka mandrakariva amin' ny Ray amin' ny anarako ianareo;

20 Ary "na inona na inona hangatahinareo ny Ray amin' ny anarako, ka rariny, rehefa mino ianareo fa handray, dia indro homena anareo izany.

21 "Mivavaha amin' ny Ray ao amin' ny fianakavianareo amin' ny anarako mandrakariva mba hitahiana ny vadinareo sy ny zanakareo.

22 Ary indro, hihaona miaraka matetika ianareo; ary tsy handrara na iza na iza tsy hanatona anareo ianareo rehefa mivory miaraka, fa hamela azy kosa mba hahazoany manatona anareo ary aza mandrara azy;

23 Fa "hivavaka ho azy kosa ianareo ary tsy handroaka azy

12a TSM Vatolampy.

13a TSM Apôstazia.

b 3 Ne. 11:39.

15a Almà 34:17-27.

TSM Vavaka.

16a TSM Fahazavana,

Fahazavan' i Kristy.

b TSM Jesoa Kristy—

Ny ohatra nasehon' i Jesoa Kristy.

18a Lio. 22:31;

2 Ne. 2:17-18;

F&F 10:22-27.

20a Mat. 21:22; Hel. 10:5;

Môrô. 7:26;

F&F 88:63-65.

21a Almà 34:21.

23a 3 Ne. 18:30.

hiala; ary raha toa ka tonga matetika eo aminareo izy, dia hivavaka amin' ny Ray ho azy amin' ny anarako ianareo.

24 Koa, aingao ambony ny "fahazavanareo mba hamirapiratany eo amin' izao tontolo izao. Indro, Izaho no ^bfahazavana izay haingainareo ambony — izay efa hitanareo fa nataoko. Indro hitanareo fa efa nivavaka tamin' ny Ray Aho, ary efa va-volombelona avokoa ianareo.

25 Ary hitanareo fa efa nandidy Aho mba "tsy hisy aminareo handeha hiala, fa efa naleoko kosa nandidy ny hankanesanareo atỳ Amiko ka hahazoanareo ^bmitsapa sy mahita; dia toy izany koa no hataonareo amin' izao tontolo izao; ary na zovy na zovy no mandika izao didy izao dia mamela ny tenany ho azon' ny fakampanahy izy.

26 Ary ankehitriny ny zavaintranga, nony efa niteny ireo teny ireo i Jesoa, dia natodiny indray tany amin' ny mpianatra izay efa nofinidiny ny masony, ary hoy Izy taminy:

27 Indro lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, omeko didy iray hafa ianareo, ary avy eo Aho dia tsy maintsy mandeha mankany amin' ny "Ray hahazoako manatanteraka ny ^bdidy hafa izay efa nomeny Ahy.

28 Ary ankehitriny indro, izao no didy izay omeko anareo, mba tsy hisy havelanareo hinia "han-

dray amin' ny nofoko sy ny rako ^btsy amim-pahamendrehana, rehefa hohamasininareo izany;

29 Fa na zovy na zovy no mihinana sy misotro ny nofoko sy ny "rako ^btsy amim-pahamendrehana dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an' ny fanahiny; koa raha fantatrareo fa tsy mendrika ny hihinana sy hisotro amin' ny nofoko sy ny rako ny olona iray, dia horaranareo izy.

30 Kanefa "tsy handroaka azy hiala avy teo anivonareo ianareo, fa hiahy azy ianareo sy hivavaka amin' ny Ray ho azy amin' ny anarako; ary raha toa ka mibebaka izy sy atao batisa amin' ny anarako, dia handray azy ianareo amin' izany ary hanome azy amin' ny nofoko sy ny rako.

31 Nefa raha tsy mibebaka izy dia tsy horaisina ho isan' ny oloko mba tsy hahazoany mandrava ny oloko, fa indro fantatro ny "ondriko, ary voaisa ireny.

32 Kanefa tsy handroaka azy hiala ny sinagoganareo ianareo, na ny toeram-pivavahanareo, fa ho an' ny toa azy no hanohizanareo ny fiahianareo; satria tsy fantatrareo raha toa ka hiverina sy hibe-baka izy ary hanatona Ahy amin' ny fo feno finiavana, ary Izaho "hanasitrana azy; ary ianareo no ho fitaovana amin' ny fitondrana ny famonjena ho azy.

24a Mat. 5:16.

^b Môsà 16:9.

25a Almà 5:33.

^b 3 Ne. 11:14–17.

27a TSM Andriamanitra—
Andriamanitra Ray.

^b 3 Ne. 16:1–3.

28a 2 Tan. 11:27–30.

^b Môm. 9:29.

29a TSM Ra; Fanasan' ny Tompo.

^b F&F 46:4.

30a F&F 46:3.

31a Jao. 10:14;

Almà 5:38;

3 Ne. 15:24.

32a 3 Ne. 9:13–14;

F&F 112:13.

33 Koa tandremo ny teniko izay efa nandidiako anareo mba tsy hahatonga anareo ho eo ambanin' ny "fanamelohana; fa lozan' izay melohin' ny Ray.

34 Ary omeko anareo ireo didy ireo noho ny fifanjihirana izay efa nisy teo anivonareo. Ary hotahiana ianareo raha "tsy manana fifanjihirana eo anivonareo.

35 Ary ankehitriny Aho dia mandeha mankany amin' ny Ray, satria ilaina ny handehana mankany amin' ny Ray "noho ny aminareo.

36 Ary ny zava-nitranga, nony efa namarana ireo teny ireo i Jesoa, dia nokasihiny tamin' ny "tanany ny ^bmpianatra tsirairay izay efa nofinidiny, ambara-pikasihany azy rehetra, ary niresaka taminy Izy raha nikasika azy.

37 Ary tsy nandre ny teny izay noteneniny ny valalabemandy, noho izany izy ireo dia tsy vavolombelona manambara; fa ny mpianatra kosa dia vavolombelona manambara fa nomeny "fahefana izy ireo hanome ny ^bFanahy Masina. Ary hasehoko anareo any aoriana fa izany fanambarana izany dia marina.

38 Ary ny zava-nitranga nony efa nikasika azy rehetra i Jesoa, dia nisy "rahona tonga nanaloka ny valalabemandy ka tsy nahafahany nahita an' i Jesoa.

39 Ary raha mbola nalofana izy ireo, dia lasana Izy niala teo aminy ary niakatra nankany an-danitra. Ary nahita ny

mpianatra sy vavolombelona manambara fa niakatra indray any an-danitra Izy.

TOKO 19

Niahy ny vahoaka ny mpianatra roa ambin' ny folo ary nivavaka mba handray ny Fanahy Masina— Natao batisa ny mpianatra ary nandray ny Fanahy Masina sy ny fiahian' ny anjely—Nivavaka i Jesoa sady nampiasa teny izay tsy hay soratana—Nohamarininy ny finoana lehibe fatratra tokoa an' ireo Nefita. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga nony efa niakatra tany andanitra i Jesoa, dia niparitaka ny valalabemandy, ary ny lehilahy tsirairay dia naka ny vadiny sy ny zanany ary niverina tany an-tranony ihany.

2 Ary niely avy hatrany tany anivon' ny vahoaka ny feo, raha tsy mbola maizina akory, fa efa nahita an' i Jesoa ny valalabemandy ary Izy dia efa nanompo azy ireo, ary Izy dia haneho ny tenany amin' ny valalabemandy ny ampitso.

3 Eny, ary na dia nandritra ny alina manontolo aza dia niely lavitra ny feo momba an' i Jesoa; ary maro tokoa no nampanirahina tany amin' ny vahoaka ka nisy maro, eny, marobe izaitsizy tokoa no isan' ireo nilofo fatratra tokoa tamin' izany manontolo alina izany mba haha-

33a TSM Fanamelohana.

34a 3 Ne. 11:28–30.

35a 1 Jn. 2:1; 2 Ne. 2:9; Môrô. 7:27–28;

F&F 29:5.

36a TSM Fametrahan-tanana.

b 1 Ne. 12:7; 3 Ne. 19:4.

37a TSM Hery.

b TSM Fanomezana ny Fanahy Masina.

38a Eks. 19:9, 16.

tongavany eo amin' ny toerana izay hanehoan' i Jesoa ny tenany amin' ny valalabemandry ny ampitso.

4 Ary ny zava-nitranga ny ampitso, nony efa tafavory ny valalabemandry, dia indro i Nefia sy ny rahalahiny izay efa natsangany tamin' ny maty, izay i Timoty no anarany, ary ny zanany lahy koa izay i Jona no anarany, ary koa i Matônia sy i Matônihà rahalahiny, ary i Komena, ary i Komenônia koa, ary i Jeremià, ary i Semnôna, ary i Jona, ary i Zedekià, ary i Isaià—ankehitryny dia ireo no anaran' ny mpianatra izay efa nofinidin' i Jesoa—ary ny zava-nitranga dia nandroso ireo sy nijoro teo afovoan' ny valalabemandry.

5 Ary indro, maro loatra ny valalabemandry ka nataony izay hizarana azy ho vondrona roa ambin' ny folo.

6 Ary ny roa ambin' ny folo dia nampianatra ny valalabemandry; ary indro, nataony izay handohalehan' ny valalabemandry teo amin' ny lafin-tany, sy hivavahany amin' ny Ray amin' ny anaran' i Jesoa.

7 Ary ny mpianatra dia nivavaka tamin' ny Ray koa tamin' ny anaran' i Jesoa. Ary ny zava-nitranga dia nitsangana izy ireo ary niahy ny vahoaka.

8 Ary rehefa avy nampianatra ireo teny ireo ihany izay efa notenenin' i Jesoa izy ireo—tsy nanova na inona na inona tamin'

ny teny izay efa notenenin' i Jesoa—dia indro, nandohalika indray izy ireo sy nivavaka tamin' ny Ray tamin' ny anaran' i Jesoa.

9 Ary nivavahany ho an' izay niriany indrindra; ary niriany ny hanomezana ny “Fanahy Masina azy ireo.

10 Ary nony efa nivavaka toy izany izy ireo dia nandeha nidina teo amoron-drano, ary nanaraka azy ireo ny valalabemandry.

11 Ary ny zava-nitranga dia nidina “tao anaty rano i Nefia ary natao batisa.

12 Ary nivoaka avy tao anaty rano izy ary nanomboka nanao batisa. Ary nataony batisa avokoa ireo izay nofinidin' i Jesoa.

13 Ary ny zava-nitranga, nony efa “vita batisa avokoa izy ireo ary efa nivoaka avy tao anaty rano, dia nidina teo aminy ny Fanahy Masina, ary izy ireo dia heniky ny ^bFanahy Masina sy ny afo.

14 Ary indro, “nohodidinina toy ny tamin' ny afo izy ireo; ary nidina avy tany an-danitra izany, ary ny valalabemandry dia vavolombelon' izany sy vavolombelona nanambara izany; ary ny anjely dia nidina avy tany an-danitra sy nanompo azy ireo.

15 Ary ny zava-nitranga, raha mbola nanompo ny mpianatra ny anjely, dia indro, tonga i Jesoa sy nijoro teo afovoany ary nanompo azy ireo.

16 Ary ny zava-nitranga dia

19 9a 3 Ne. 9:20.
11a 3 Ne. 11:23.
13a TSM Batisa.

b 3 Ne. 12:2;
Môrm. 7:10.
TSM Fanomezana ny

Fanahy Masina.
14a Hel. 5:23–24, 43–45;
3 Ne. 17:24.

niteny tamin' ny valalabemandry Izy ary nandidy azy handohalehany indray amin' ny tany ary ny handohalehan' ny mpianany amin' ny tany koa.

17 Ary ny zava-nitranga nony efa nandohalika tamin' ny tany izy rehetra, dia nandidy ny mpianany Izy ny hivavahany.

18 Ary indro, nanomboka nivavaka izy ireo; ary izy ireo dia nivavaka tamin' i Jesoa, niantso Azy ho Tompony sy Andriamaniny.

19 Ary ny zava-nitranga dia niala avy teo afovoany i Jesoa ary nandeha nihataka kely taminy sy niankohoka tamin' ny tany ny tenany, ary nanao hoe:

20 Ray ô, misaotra Anao Aho fa efa nomenao ireto izay efa nofinidiko ireto ny Fanahy Masina; ary noho ny finoany Ahy no efa nifidianako azy ireo teo anivon' izao tontolo izao.

21 Ray ô, mangataka Anao Aho mba hanomezanao ny Fanahy Masina ho an' ireo rehetra izay hino ny teniny.

22 Ray ô, efa nomenao azy ireo ny Fanahy Masina, satria mino Ahy izy ireo; ary hitanao fa mino Ahy izy ireo, satria mandre azy ireo Ianao, ary mivavaka Amiko izy ireo; ary mivavaka Amiko izy ireo, satria miaraka aminy Aho.

23 Ary ankehitriny Ray ô, mangataka Aminao Aho ho azy ireo ary ho an' ireo rehetra izay hino ny teniny koa mba hinoan'

ireny Ahy, mba hahatonga Ahy ao aminy, "tahaka Anao Ray ato Amiko, mba hahatonga antsika ho ^biray.

24 Ary ny zava-nitranga rehefa avy nivavaka tamin' ny Ray toy izany i Jesoa, dia nankeo amin' ny mpianany Izy, ary indro, ireo dia mbola nanohy, tsy nitsahatra ny nivavaka Taminy; ary tsy "nohamaroiny firy ny teny, satria efa nomena azy ireo izay tokony ^bholazainy, ary feno faniriana izy ireo.

25 Ary ny zava-nitranga dia nitahy azy ireo i Jesoa raha nivavaka Taminy izy ireo; ary ny tarehiny dia nitsiky taminy, ary ny fahazavan' ny "tarehiny dia namiratra taminy, ary indro, izy ireo dia ^bfotsy toy ny tarehy ary koa ny fitafian' i Jesoa; ary indro ny hafotsiany dia manaoatra ny hafotsiana rehetra, eny, tsy mety hisy na inona na inona eto an-tany fotsy toy ny hafotsiany.

26 Ary hoy i Jesoa taminy: Tohizo ny vavaka; kanefa tsy nitsahatra ny nivavaka izy ireo.

27 Ary nihodina niala azy ireo indray Izy ary nandeha nihataka kely sy niankohoka tamin' ny tany ny tenany; ary nivavaka indray tamin' ny Ray Izy, nanao hoe:

28 Ray ô, misaotra Anao Aho, fa efa "nodiovinao ireo izay efa nofinidiko noho ny finoany, ary mivavaka ho azy ireo Aho ary koa ho an' ireo izay hino ny teniny mba ho azo diovina ao

23a 3 Ne. 9:15.

b Jao. 17:21–23.

TSM Firaisan-kina.

24a Mat. 6:7.

b F&F 46:30.

25a Nom. 6:23–27.

b TSM Fiovan-tarehy—
Olona niova tarehy.

28a Môrô. 7:48;

F&F 50:28–29;

88:74–75.

TSM Madio.

Amiko ireny, amin' ny finoana ny teniny, dia tahaka azy ireo voadio ato Amiko.

29 Ray ô, tsy mivavaka ho an' izao tontolo izao Aho, fa ho an' ireo izay efa nomenao Ahy kosa “avy tamin' izao tontolo izao, noho ny finoany, mba ho azo diovana ato Amiko ireo mba ho ao aminy Aho, tahaka Anao Ray ato Amiko mba ho iray ihany isika, mba hankalazana Ahy ao aminy.

30 Ary rehefa avy niteny ireo teny ireo i Jesoa dia nankeo amin' ny mpianany indray; ary indro ireo dia naharitra niva-vaka tsy nitsahatra Taminy; ary nitsiky taminy indray Izy; ary indro “fotsy izy ireo, tahaka an' i Jesoa.

31 Ary ny zava-nitranga dia nandeha nihataka kely indray Izy sy nivavaka tamin' ny Ray;

32 Ary ny lela dia tsy afaka milaza ny teny izay nivavahany, sady tsy hain' ny olona “soratana ny teny izay nivavahany.

33 Ary ny valalabemandry dia nandre sy vavolombelona manambara; ary nisokatra ny fony ary dia nahatakatra tao am-pony ny teny izay nivavahany izy.

34 Kanefa, lehibe sy mahatalanjona loatra ny teny izay nivavahany ka tsy hay soratana, sady tsy hain' ny olona “lazaina koa.

35 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ny fivavany i Jesoa, dia nankeo amin' ny

mpianatra indray Izy ary nanao taminy hoe: Tsy mbola nahita “finoana lehibe toy izany Aho teo anivon' ny Jiosy rehetra; noho izany dia tsy afaka naneho fahagagana lehibe tokoa Aho, noho ny ^btsy finoany.

36 Lazaiko aminareo marina tokoa, tsy nisy taminy izay nahita zavatra lehibe tokoa toy izay efa hitanareo; tsy nandre koa zavatra lehibe tokoa toy izay efa renareo izy.

TOKO 20

Namatsy mofa sy divay tamin' ny fahagagana i Jesoa ary nitsodrano sy nizara ny Fanasan' ny Tompo ho an' ny vahoaka — Ho tonga amin' ny fahalalana ny Tompo Andriamaniny ny sisa tavela amin' ny taranak' i Jakoba ary handova an' i Amerika — Jesoa no ilay mpaminany nitovy tamin' i Mosesy, ary zanaky ny mpaminany ny Nefita — Ny hafa amin' ny vahoakan' ny Tompo dia hangonina ao Jerosalema. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nandidy ny valalabemandry sy ny mpianany koa Izy ny hampitsaharany ny vavaka. Ary Izy dia nandidy azy ireo ny tsy hitsaharany “mivavaka ao am-pony.

2 Ary nodidiana ny hitsanganany sy ny hijoroany amin' ny tongony. Dia nitsangana izy ireo ary nijoro tamin' ny tongony.

3 Ary ny zava-nitranga dia

29a Jao. 17:6.
30a Mat. 17:2.
32a F&F 76:116.
34a 2 Kor. 12:4;

3 Ne. 17:17.
35a TSM Finoana.
b Mat. 13:58.
TSM Tsy Finoana.

20 1a 2 Ne. 32:9;
Môsîà 24:12.

namaky ny mofo indray Izy ary nitso-drano izany sy nanome ny mpianatra mba hihinana.

4 Ary rehefa avy nihinana izy ireo, dia nodidiany ny hamakia-ny ny mofo sy ny hanomezany ny valalabemandry.

5 Ary rehefa avy nanome ny valalabemandry izy ireo, dia nomeny azy ireo koa ny divay hosotroina, ary nodidiany izy ireo mba hanomezany ny valalabemandry.

6 Ankehitriny dia tsy nisy “mofo na divay nentin’ ny mpianatra na ny valalabemandry;

7 Fa Izy kosa no “nanome azy ireo marina tokoa mofo hohanina sy divay koa hosotroina.

8 Ary hoy Izy taminy: Izay “mihinana ity mofo ity dia mihinana amin’ ny vatako ho an’ ny fanahiny; ary izay misotro amin’ ity divay ity dia misotro amin’ ny rako ho an’ ny fanahiny; ary tsy ho noana na hangetaheta na oviana na oviana ny fanahiny, fa hovokisana kosa.

9 Ankehitriny, rehefa avy nihinana sy nisotro avokoa ny valalabemandry, dia indro, heniky ny Fanahy izy ireo; ary nihiaka tamin’ ny feo tokana izy ireo ary nanome voninahitra an’ i Jesoa izay sady hitany no reny.

10 Ary ny zava-nitranga rehefa avy nanome voninahitra an’ i Jesoa avokoa izy ireo, dia hoy

Izy taminy: Indro, ankehitriny dia faranako ny didy izay efa nandidian’ ny Ray Ahy momba ity vahoaka ity izay sisa tavela amin’ ny mpianakavin’ i Isiraely.

11 Tsaroanareo fa niteny taminareo Aho ary nilaza fa rehefa ho tanteraka ny “tenin’ i ^bIsaia— indro voasoratra izy ireny, manana azy ireny eo anoloanareo ianareo, koa hadihadio izy ireny—

12 Ary lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, fa rehefa ho tanteraka izy ireny, dia izany no fahatanterahan’ ny “fankempihavanana izay efa nataon’ ny Ray tamin’ ity vahoaka ity, Ry mpianakavin’ i Isiraely.

13 Ary amin’ izany ny “sisa tavela izay ^bhaely patrana eran’ ny lafin-tany dia “hanganonina avy any atsinanana sy avy any andrefana, ary avy any atsimo sy avy any avaratra; ary izy ireo dia hoentina ho amin’ ny “fahalalana ny Tompo Andriamaniny izay efa nanavotra azy ireo.

14 Ary efa nandidy Ahy ny Ray hanomezako anareo ity “tany ity ho lovanareo.

15 Ary lazaiko aminareo, fa raha tsy “mibekaka ny Jentilisa aorian’ ny fitahiana izay horaisiny, rehefa avy nampihahaka ny vahoakako izy ireo—

16 Amin’ izany ianareo izay sisa tavela amin’ ny mpianaka-

6a Mat. 14:19–21.

7a Jao. 6:9–14.

8a Jao. 6:50–58;

3 Ne. 18:7.

TSM Fanasan’ ny Tompo.

11a 3 Ne. 16:17–20;

23:1–3.

b 2 Ne. 25:1–5;

Môrm. 8:23.

12a 3 Ne. 15:7–8.

13a 3 Ne. 16:11–12; 21:2–7.

b TSM Isiraely—Ny fampielezana ny Isiraely.

d TSM Isiraely—Ny

fanangonana ny Isiraely.

e 3 Ne. 16:4–5.

14a TSM Tany

Nampanantenaina.

15a 3 Ne. 16:10–14.

vin' i Jakoba dia handeha eo anivony; ary ianareo dia ho eo afovoan' izy ireo izay ho maro; ary ianareo dia ho eo anivony toy ny liona eo anivon' ny biby an' ala sy tahaka ny "liona tanora eo anivon' ny andian' ondry, izay raha mandeha mamakivaky izy dia ^bmanasihosy sy mamiravira, ary tsy misy afa-mamonjy.

17 Ny tananao dia haingaina amin' ny rafilahinao, ary hojinaina avokoa ny fahavalonao.

18 Ary Izaho "hanangona ny oloko toy ny lehilahy manangona ny amboarany eo am-pamoloana.

19 Fa hataoko anao ry oloko izay efa nanaovan' ny Ray fanekempihavanana, eny, hataoko vy ny "tandrokao ary hataoko varahina ny kitronao. Ary hanorotoro firenena maro ianao; ary hohamasiniko ho an' ny Tompo ny harenny, ary ho an' ny Tompon' ny tany manontolo ny fananany. Ary indro Izaho no Izy izay manao izany.

20 Ary ny zavatra hitranga, hoy ny Ray, dia hihantona eo amboniny ny "sabatry ny fahamarinana amin' izany andro izany; ary raha tsy mibebaka izy dia hianjera eo amboniny izany, hoy ny Ray, eny, dia ho eo ambonin' ny firenena rehetra amin' ny Jentilisa.

21 Ary ny zavatra hitranga dia haoriko ny "oloko, Ry mpianakavin' i Isiraely.

22 Ary indro, ity vahoaka ity dia haoriko eo amin' ity tany ity ho fanatanterahana ny "fanekempihavanana izay efa nataoko tamin' i Jakoba rainareo; ary ho ^bJerosalema Vaovao izany. Ary ny herin' ny lanitra dia ho eo afovoan' ity vahoaka ity; eny, "Izaho dia ho eo afovoanareo.

23 Indro, Izaho no Izy izay noresahin' i Mosesy hoe: "Mpaminany iray no hatsangan' ny Tompo Andriamanitrareo ho anareo avy amin' ny rahalahinareo, tahaka ahy; izy no hohenoinareo amin' ny zavatra rehetra, na inona na inona holazainy anareo. Ary ny zavatra hitranga dia ny olona rehetra tsy te hihaino izany mpaminany izany dia hoesorina tsy ho eo anivon' ny vahoaka.

24 Lazaiko aminareo marina tokoa, eny, ary ny "mpaminany rehetra hatramin' i Samoela sy ireo izay manaraka atỳ aoriana, izay rehetra efa niteny, dia efa nanambara ny Amiko.

25 Ary indro, zanaky ny mpaminany ianareo; ary avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely; ary avy amin' ny "fanekempihavanana izay efa nataon' ny Ray tamin' ny razanareo, tamin' ny

16a Môrm. 5:24;
F&F 19:27.
b Mika 5:8–9;
3 Ne. 16:14–15; 21:12.
18a Mika 4:12.
19a Mika 4:13.
20a 3 Ne. 29:4.
21a 3 Ne. 16:8–15.
22a Gen. 49:22–26;

F&F 57:2–3.
b Isa. 2:2–5;
3 Ne. 21:23–24;
Etera 13:1–12;
F&F 84:2–4.
tSM Jerosalema
Vaovao.
d Isa. 59:20–21;
Mal. 3:1;

3 Ne. 24:1.
23a Deot. 18:15–19;
Asa 3:22–23;
1 Ne. 22:20–21.
24a Asa 3:24–26;
1 Ne. 10:5;
Jakôba 7:11.
25a tSM Fanekempihavanana i Abrahama.

filazana tamin' i Abrahama hoe: Ary ^bamin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra amin' ny tany.

26 Ny Ray, rehefa avy nanangana Ahy ho anareo aloha, sy naniraka Ahy hitahy anareo amin' ny “fampihodinana ny tsirairay avy aminareo hiala amin' ny helony; ary izany dia noho ianareo zanaky ny fanekempihavanana —

27 Ary rehefa notahiana toy izany ianareo, dia tanterahin' ny Ray ny fanekempihavanana izay nataony tamin' i Abrahama, manao hoe: “Amin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra amin' ny tany—amin' ny fandatsahana ny Fanahy Masina amin' ny alalako amin' ny Jentilisa, dia fitahiana amin' ny ^bJentilisa izay hahatonga azy ho mahery noho ny rehetra, ka mampihahaka ny oloko, Ry mpianakavin' i Isiraely.

28 Ary hanjary “antambo ho an' ny vahoakan' ity tany ity izy. Na dia eo aza izany, rehefa handray ny fahafenoan' ny filazantsarako izy, amin' izany raha manamafy ny fony amiko izy, dia haveriko eo ambony lohany ihany ny helony, hoy ny Ray.

29 Ary “hotsarovako ny fanekempihavanana izay efa nataoko tamin' ny vahoakako; ary efa nifanaiky taminy Aho fa ^bhan-

goniko miaraka izy amin' ny fotoana heveriko ho mahamety izany, ka homeko azy indray ny ^atanin' ireo razany ho lovary, dia ny tanin' i “Jeroselema, izay tany nampanantenaina azy mandrakizay, hoy ny Ray.

30 Ary ny zavatra hitranga dia tonga ny fotoana, rehefa hotoriana aminy ny fahafenoan' ny filazantsara;

31 Ary “hino Ahy izy, fa Izaho no Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra ary hivavaka amin' ny Ray amin' ny Anarako izy.

32 Amin' izany ny “mpitiliny dia hanandratra ny feony, ary amin' ny fampiaraham-peo no hihirany; fa hahita mifanatri-maso ireo.

33 Amin' izany ny Ray dia hanangona azy miaraka indray sy hanome azy an' i Jeroselema ho tany lovary.

34 Amin' izany izy dia hame-lona hoby—Miaraha “mihira, ianareo toerana rava ao Jeroselema; fa ny Ray efa nampionona ny vahoakany, efa nanavotra an' i Jeroselema Izy.

35 Ny Ray efa nampitanjaka ny sandriny masina teo imason' ny firenena rehetra; ary ny faran' ny tany rehetra dia hahita ny famonjen' ny Ray; ary ny Ray sy Izaho dia iray.

36 Ary amin' izany dia hotanterahina izay voasoratra hoe:

25b Gen. 12:1–3; 22:18.

26a Ohab. 16:6.

27a Gal. 3:8;

2 Ne. 29:14;

Abn. 2:9.

b 3 Ne. 16:6–7.

28a 3 Ne. 16:8–9.

29a Isa. 44:21;

3 Ne. 16:11–12.

b TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

d Amo. 9:14–15.

e TSM Jeroselema.

31a 3 Ne. 5:21–26;

21:26–29.

32a Isa. 52:8;

3 Ne. 16:18–20.

TSM Mpiambina.

34a Isa. 52:9.

“Mifohaza, mifohaza indray, ary tafio ny herinao, Ry Ziona ô; tafio ny fitafianao tsara tarehy, Ry Jerosalema tanàna masina ô, fa tsy hiditra ao aminao intsony hatramin’ izao ny tsy voafora sy ny tsy madio.

37 Ahintsano ny vovoka hiala amin’ ny tenanao; mitsangana, mipetraha, Ry Jerosalema ô; vahao ny fatorana hiala amin’ ny tendanao, Ry zanakavavin’ i Ziona babo.

38 Fa izao no lazain’ ny Tompo: Efa nivarotra ny tenanareo tamin’ ny tsinontsinona ianareo, ary havotana tsy amimbola ianareo.

39 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa hahafantatra ny anarako ny oloko; eny, amin’ izany andro izany dia hahafantatra izy fa Izaho no Izy izay miteny.

40 Amin’ izany izy dia hilaza hoe: “Akory ny hatsaran’ ny tongotr’ iry erỳ an-tendrombohitra, izay mitondra vaovao mahafaly ho azy, izay ^bmitory fiadanana; izay mitondra teny soa mahafaly ho azy, izay mitory famonjena; izay manao amin’ i Ziona hoe: Manjaka ny Andriamani-trao!

41 Ary amin’ izany dia ho re ny antso hoe: “Mialà ianareo, mialà ianareo, mandehana ianareo miala eto, aza mikasika izay ^btsy madio; mandehana ianareo miala avy eo afovoany; aoka ^ahadio

ianareo izay mitondra ny fanaky ny Tompo.

42 Fa ianareo “tsy hivoaka amim-pirotorotoana, na handeha handositra; fa ny Tompo no handeha eo alohanareo, ary ny Andriamanitr’ i Isiraely no ho vodilaharanareo.

43 Indro, ny mpanompoko no hisahana amim-pahamalinana tokoa; hasandratra izy ary hakarina sy ho tena avo.

44 Toy ny nigagan’ ny maro taminao—ny tarehiny dia simba tokoa, mihoatra noho ny an’ ny olona, ary ny bikany, mihoatra noho ny an’ ny zanak’ olona—

45 Dia toy izany no “hamafazany ny firenena maro; ny mpanjaka hikombom-bava aminy, fa izay tsy nolazaina taminy no ho hitany; ary izay tsy reny no hosaintsaininy.

46 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, ho tonga tokoa ireo zavatra rehetra ireo, dia toy ny efa nandidian’ ny Ray Ahy. Amin’ izany ity fanekempihavanana izay efa nifaneken’ ny Ray tamin’ ny olony ity dia ho tanteraka; ary amin’ izany i “Jerosalema dia honenan’ ny oloko indray, ary ho tonga tany lovany izany.

TOKO 21

Hangonina i Isiraely rehefa mivoa-

36a Isa. 52:1-3;
F&F 113:7-10.
TSM Ziona.

40a Isa. 52:7; Naho. 1:15;
Môsià 15:13-18;

F&F 128:19.
b Mar. 13:10;
1 Ne. 13:37.

41a Isa. 52:11-15.
b TSM Madio sy Tsy

Madio.
d F&F 133:5.
42a 3 Ne. 21:29.
45a Isa. 52:15.
46a Etera 13:5, 11.

ka ny Bokin' i Môrmôna—Haorina ho toy ny firenena afaka any Amerika ny Jentilisa—Hovonjena izy raha mino sy mankatò; raha tsy izany dia hojinjaina sy hofongorana—Hanorina an' i Jerosalema Vao-vao i Isiraely, ary hiverina ireo foko very. Tokony ho 34 taorian' i j.k.

ARY lazaiko aminareo marina tokoa, omeko famantarana iray ianareo mba hahafantaranao ny "fotoana rehefa madiva hitranga ireo zavatra ireo—fa Izaho dia hanangona ny oloko avy amin' ny fielezany ela, Ry mpianakavin' i Isiraely, ary haoriko indray eo anivony i Zionako;

2 Ary indro, izao no zavatra izay homeko anareo ho famantarana—fa lazaiko aminareo marina tokoa fa rehefa ny zavatra izay ambarako anareo sy izay hambaran' ny tenako anareo any aoriana, amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina izay homen' ny Ray anareo, no hampahafantarana ny Jentilisa mba hahafantarany ny momba ity vahoaka ity izay sisa tavela tamin' ny mpianakavin' i Jakoba sy ny momba ity oloko ity izay haeliny;

3 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, rehefa hampahafantarin' ny Ray azy "ireo zavatra ireo, ary havoakan' ny Ray avy aminy ho anareo;

4 Fa fahendrena tao amin' ny Ray ny hampioerenana azy eo amin' ity tany ity sy ny hame-trahana azy ho toy ny "vahoaka afaka, amin' ny alalan' ny herin' ny Ray, mba hahazoan' ireo zavatra ireo mivoaka avy aminy mankamin' ny sisa tavela amin' ny taranakareo mba ho azo tanterahina ny ^bfanekepihanana' ny Ray izay efa nifanekeny tamin' ny olony, Ry mpianakavin' i Isiraely;

5 Koa, rehefa ireto asa ireto sy ny asa izay hotontosaina eo anivonareo rahatrizay, no hivoaka "avy amin' ny Jentilisa, hankamin' ny ^btaranakareo izay hihemotra ao amin' ny tsy finoana noho ny heloka;

6 Fa toy izany no mahamety amin' ny Ray ny hivoahany avy amin' ny "Jentilisa, mba hahazoany maneho ny heriny amin' ny Jentilisa, ka ny antony, raha tsy manamafy ny fony ny Jentilisa, dia ny hahazoany mibebaka ary manatona Ahy sy atao batisa amin' ny Anarako ary mahalala ny lafiny marina amin' ny fotopampianarako, mba hahazoana mandray azy ho ^bisan' ny vahoakako, Ry mpianakavin' i Isiraely;

7 Ary rehefa ho tonga ireo zavatra ireo, ka ny "taranakao hanomboka hahafantatra ireo zavatra ireo—izany dia ho famantarana ho azy mba haha-

21 1a TSM Andro Farany.

3a Etera 4:17;

JS—T 1:34–36.

4a 1 Ne. 13:17–19;

F&F 101:77–80.

b Môrm. 5:20.

TSM Fanekepihanana-

nan' i Abrahama.

5a 3 Ne. 26:8.

b 2 Ne. 30:4–5;

Môrm. 5:15;

F&F 3:18–19.

6a 1 Ne. 10:14;

Jakôba 5:54;

3 Ne. 16:4–7.

b Gal. 3:7, 29;

3 Ne. 16:13;

Abr. 2:9–11.

7a 3 Ne. 5:21–26.

fantarany fa ny asan' ny Ray dia efa nanomboka sahadry ho fanatanterahana ny fanekempihavanana izay efa nataony tamin' ny vahoaka izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely.

8 Ary rehefa ho tonga izany andro izany, ny zavatra hitranga dia hanakombona ny vavany ireo mpanjaka; fa izay tsy nolazaina taminy no ho hitany; ary izay tsy reny no hosaintsaininy.

9 Fa amin' izany andro izany, noho ny Amiko dia hanao asa iray ny Ray, izay ho asa lehibe sy "mahatalanjona eo anivony; ary hisy eo anivony ireo izay tsy hino izany, na dia hanambara izany aminy aza ny lehilahy iray.

10 Nefa indro, ny ain' ny mpanompoko dia ho eo an-tanako; koa, tsy horatrainy izy, na dia ho "simbana aza ny tarehiny noho izy ireo. Kanefa hanasitrana azy Aho, satria hasehoko azy fa ny ^bfahendreko dia lehibe noho ny hafetsen' ny devoly.

11 Koa ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no tsy hino ny teniko, Izaho izay Jesoa Kristy, izay ny Ray no hanao izay hitondrany "izany any amin' ny Jentilisa ary hanome azy fahefana mba hitondrany izany any amin' ny Jentilisa, (izany dia ho to tahaka ny nolazain' i Mosesy) dia ^bhoesorina izy tsy ho eo anivon' ny oloko izay avy amin' ny fanekempihavanana.

12 Ary ny oloko izay sisa tavela amin' ny taranak' i Jakoba dia ho eo anivon' ny Jentilisa, eny, eo anivony, toy ny "liona eo anivon' ny bibidia any an' ala, tahaka ny liona tanora eo anivon' ny andian' ondry, izay raha mandeha mamakivaky izy dia sady ^bmanosihosy no mamiravira, ary tsy misy afa-mamonjy.

13 Ny tanany dia haingaina amin' ny rafilahiny, ary hojinjaina avokoa ny fahavalony.

14 Eny, lozan' ny Jentilisa raha tsy "mibebaka izy; fa ny zavatra hitranga amin' izany andro izany, hoy ny Ray, dia hoesoriko hiala eo afovoanao ny soavali-nao, ary horavako ny kalesinao;

15 Ary horavako ny tananan' ny taninao, ary harodako avokoa ny toeram-pamaharanao;

16 Ary hoesoriko amin' ny taninao ny famorehana, ary tsy hanana mpimasy intsony ianao;

17 Ny sarinao "voasokitra dia hoesoriko koa mbamin' ny sary vongana eo afovoanao, ary tsy hivavaka intsony amin' ny asan' ny tananao ianao;

18 Ary hongotako hiala eo afovoanao ny alanao; ka horavako ny tanananao.

19 Ary ny zavatra hitranga dia hatsahatra avokoa ny "lainga sy ny fitaka ary ny fialonana, ary ny ady antsanga sy ny komiberaky ny mpisorona, ary ny fi-jangajangana.

9a Isa. 29:13;
Asa 13:41;
1 Ne. 22:8.
TSM Famerenana
amin' ny Laoniny ny
Filazantsara.
10a F&F 135:1-3.

b F&F 10:43.
11a 2 Ne. 3:6-15;
Môm. 8:16, 25.
b F&F 1:14.
12a Mika 5:8-15;
3 Ne. 20:16.
b 3 Ne. 16:13-15.

14a 2 Ne. 10:18; 33:9.
17a Eks. 20:3-4;
Môsià 13:12-13;
F&F 1:16.
TSM Fanompoan-
tsampy.
19a 3 Ne. 30:2.

20 Fa ny zavatra hitranga, amin' izany andro izany, hoy ny Ray, dia na zovy na zovy no tsy hibebaka sy tsy hanatona ny Zanako Malala, dia izy no hoesoriko hiala eo anivon' ny oloko, Ry mpianakavin' i Isiraely;

21 Ary Izaho hampihatra valifaty sy fahasiahana aminy, toy ny amin' ny olon' izao tontolo izao, tahaka izay tsy mbola reny.

22 Nefa raha mibebaka sy mihaino ny teniko izy, ary tsy manamafy ny fony, dia "haoriko eo anivony ny fiangonako, ary hiditra ao amin' ny fanekempihavanana izy ary horaisina ho ^bisan' ity sisa tavela amin' ny taranak' i Jakoba ity, izay efa nomeko ity tany ity ho lovany;

23 Ary izy dia hanampy ny oloko, ny sisa tavela amin' ny taranak' i Jakoba, ary koa izay rehetra avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely ka ho tonga mba hahazoany manorina tanàna iray izay hantsoina hoe, "Jerusalem Vaovao.

24 Ary amin' izany izy dia hanampy ny oloko izay miely patrana eran' ny lafin-tany mba hahazoana manangona azy ao Jerosalema Vaovao.

25 Ary amin' izany dia hidina eo anivony ny "herin' ny lanitra; ary ^bIzaho koa dia ho eo afovoany.

26 Ary amin' izany ny asan' ny Ray dia hanomboka amin'

izay andro izay, rehefa hotoriana eo anivon' ny sisa tavela amin' ity vahoaka ity ity filazantsara ity. Lazaiko aminareo marina tokoa, amin' izay andro izay no "hanombohan' ny asan' ny Ray eo anivon' ny niely patrana rehetra tamin' ny oloko, eny, na dia ny foko izay efa ^bvery aza, izay efa nentin' ny Ray niala an' i Jerosalema.

27 Eny, hanomboka ny asa eo anivon' ny "niely patrana rehetra tamin' ny oloko miaraka amin' ny Ray mba hanomana ny lalana izay hahazoany mankaty Amiko, mba hahazoany miantso ny Ray amin' ny Anarako.

28 Eny, ary amin' izany dia hanomboka ny asa miaraka amin' ny Ray eo anivon' ny firenena rehetra amin' ny fanomanana ny lalana izay hahazoana "manangona ny olony hody any amin' ny tany lovany.

29 Ary hivoaka avy amin' ny firenena rehetra izy ireo; ary tsy hivoaka "amim-pirotorotoana, na handeha handositra, fa Izaho no handeha eo alohany, hoy ny Ray, ary Izaho no ho vodi-laharany.

TOKO 22

Amin' ny andro farany dia haorina i Ziona sy ny tsatòkany, ary hangonina amin' ny famindram-po sy ny

22a TSM Fotoampitantanana.

b 2 Ne. 10:18–19;
3 Ne. 16:13.

23a 3 Ne. 20:22;

Etera 13:1–12.
TSM Jerosalema

Vaovao.

25a 1 Ne. 13:37.

b Isa. 2:2–4; 3 Ne. 24:1.

26a 1 Ne. 14:17;

3 Ne. 21:6–7.

b TSM Isiraely—Ireo
foko folo very amin'

ny Isiraely.

27a 3 Ne. 16:4–5.

28a TSM Isiraely—Ny fanangonana ny Isiraely.

29a Isa. 52:12;

3 Ne. 20:42.

fahalemem-panahy i Isiraely—
Handresy izy ireo. Ampitahao
amin' Isaia 54. Tokony ho 34 tao-
rian' i J.K.

ARY amin' izany dia hitranga izay voasoratra: Mihirà, ry momba, ianao izay tsy nitondra vohoka; velomy ny "hira, ary miantsoa mafy, ianao izay tsy nihetsi-jaza; fa maro kokoa ny zanak' ilay momba noho ny zanak' ilay vehivavy manambady, hoy ny Tompo.

2 Halalaho ny toeran' ny lainao, ary avelao ireo hamelatra ny lamba fonenanao; aza mitsitsy, halavao ny tadinao ary hamafiso ny "tsatòkanao;

3 Fa hiitatra any an-kavanana sy any an-kavia ianao, ary ny taranakao no handova ny "Jentilisa sy hahatonga ny tanàna aolo hisy mponina.

4 Aza matahotra, fa tsy ho menatra ianao; sady tsy hampangaihaizina koa, fa tsy "halaina baraka ianao; fa hohadinoinao ny henatry ny fahatanoranao, ary tsy hotsaroanao ny faniniana tamin' ny fahatanoranao, ary tsy hotsaroanao intsony ny faniniana tamin' ny maha-mpitondratena anao.

5 Fa ny Mpanao anao no vadinao, ny Tompon' ny Maro no anarany; ary ny Mpanavotra anao, ny Iray Masin' ny Isiraely—ny Andriamanitry ny tany manontolo no hiantsoina azy.

6 Fa ny Tompo efa niantso anao toy ny vehivavy efa nafoy sy ory am-panahy ary vadin' ny fahatanorana, fony ianao nisao-rana, hoy ny Andriamanitrao.

7 Fa fotoana fohy no efa nahafoziko anao, fa amin' ny famindram-po lehibe kosa no hampodiako anao.

8 Tamin' ny fahatezerana kely Aho dia nanafina ny tavako taminao nandritra ny fotoana fohy, fa amin' ny hatsaram-po maharitra mandrakizay kosa no "hamindrako fo aminao, hoy ny Tompo Mpanavotra anao.

9 Fa Amiko "izao dia tahaka ny ^branon' i Noa, fa toy ny efa nianianako fa tsy hanafotra ny tany intsony ny ranon' i Noa no efa nianianako fa tsy ho tezitra aminao Aho.

10 Fa hiainga ny "tendrombohitra, ary hafindra ny havoana, fa ^btsy hiala aminao kosa ny hatsaram-poko, tsy hoesorina koa ny fanekempihavanan' ny fiadanako, hoy ny Tompo izay mamindra fo aminao.

11 Ianao ry ory, afotofoton' ny tafio-drivotra sy tsy ampiononona! Indro, Izaho dia handatsaka ny "vatonao amin' ny loko marevaka, sy handatsaka ny fanorenanao amin' ny safira.

12 Ary hataoko agaty ny varavarankelinao, ary karbonkolo ny vavahadinao, ary vatsoa ny sisintaninao rehetra.

13 Ary hampianarin' ny Tompo

22 1a TSM Mihira.

2a TSM Tsatòka.

3a TSM Jentilisa.

4a 2 Ne. 6:7, 13.

8a TSM Famindram-po.

9a Isa. 54:9.

b TSM Safo-drano

tamin' ny Andron'

i Noa.

10a Isa. 40:4.

b Sal. 94:14;

F&F 35:25.

11a Fan. 21:18–21.

“avokoa ny zanakao; ary ho lehibe ny fiadanan’ ny zanakao.

14 Amin’ ny “fahamarinana no hampioerenana anao; ho lavitry ny fampahoriana ianao, ka tsy hatahotra, ary ho lavitry ny fam-pihorohoroana ka tsy hanakaiky anao izany.

15 Indro, hiray hina marina tokoa ireo hanohitra anao, nefa tsy avy Amiko izany; na zovy na zovy no hiray hina hanohitra anao dia hianjera noho ny aminao.

16 Indro, Izaho efa nahary ny mpanefy izay mitsoka ny arina ao amin’ ny afo, izay manamboatra fitaovana ho an’ ny asany; ary Izaho efa nahary ny mpan-dringana mba handringana.

17 Tsy misy fiadiana izay amboarina hamelezana anao ka hiroborobo; ary ny lela rehetra izay hiampanga anao amin’ ny fitsarana dia hoheloinao. Izany no lovan’ ny mpanompon’ ny Tompo, ary ny fahamarinany dia avy amiko, hoy ny Tompo.

TOKO 23

Nankatò ny tenin’ i Isaia i Jesoa — Nodidiany ny olona hanadihady ny mpaminany — Nampiana tamin’ ny rakitsoratr’ izy ireo ny tenin’ i Samoela ilay Lamanita momba ny Fitsanganana amin’ ny maty. Tokony ho 34 taorian’ i J.K.

ARY ankehitriny, indro, lazaiko aminareo fa tokony “hanadihady ireo zavatra ireo ianareo.

Eny, didy no omeko anareo hanadihadianareo ireo zavatra ireo amin’ ny fahazotoana tokoa; fa lehibe ny tenin’ i ^bIsaia.

2 Fa noteneniny marina tokoa ny mikasika ny zavatra rehetra momba ny oloko izay isan’ ny mpianakavin’ i Isiraely; koa tsy maintsy ilaina ny tsy maintsy itenenany koa amin’ ny Jentilisa.

3 Ary ny zavatra rehetra izay noteneniny dia efa nisy sy “mbola hisy, araka ny teny izay noteneniny.

4 Koa mampan-dria sofina amin’ ny teniko; soraty ny zavatra izay efa nolazaiko anareo; ary araka ny fotoana sy ny sitrapon’ ny Ray dia ho tonga any amin’ ny Jentilisa ireny.

5 Ary na zovy na zovy no mihaino ny teniko sy mibebaka ary atao batisa, dia izy no hovonjena. Hadihadio ny “mpaminany, fa nisy maro no efa nanambara ny amin’ ireo zavatra ireo.

6 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, nony efa nilaza ireo teny ireo i Jesoa, dia niteny taminy indray, taorian’ ny efa namelabelarany taminy ny soratra masina rehetra izay efa noraisin’ izy ireo, dia hoy Izy taminy: Indro, mba tiako ny hanoratanareo ny soratra masina hafa, izay tsy anananareo.

7 Ary ny zava-nitranga dia hoy Izy tamin’ i Nefia: Ento atỳ ny rakitsoratra izay efa notananao.

8 Ary nony efa nentin’ i Nefia ny rakitsoratra sy napetrany teo

13a Jer. 31:33–34.

14a TSM Fahamarinana.

23 1a TSM Soratra Masina.

b 2 Ne. 25:1–5;

Môrm. 8:23.

TSM Isaia.

3a 3 Ne. 20:11–12.

5a Lio. 24:25–27.

anoloany, dia nanopy ny masony tany aminy Izy ary nanao hoe:

9 Lazaiko aminareo marina tokoa, nandidy an' i "Samoela, ilay Lamanita mpanompoko Aho, hanambarany amin' ity vahoaka ity, fa amin' ny andro izay hankalazan' ny Ray ny anarany ao Amiko dia hisy ^bolomasina ^dmaro izay ^ehitsangana amin' ny maty sy hiseho amin' ny maro ary hanompo azy. Ary hoy Izy taminy: Moa tsy izay va no nisy?

10 Ary namaly Azy ny mpianany ary nanao hoe: Eny Tompo, i Samoela dia naminany araka ny teninao, ary tanteraka avokoa ireny.

11 Ary hoy i Jesoa taminy: Ahoana no tsy nanoratanareo izany zavatra izany, fa olomasina maro no nitsangana sy niseho tamin' ny maro ary nanompo azy?

12 Ary ny zava-nitranga dia nahatsiaro i Nefia fa tsy nosoratana izany zavatra izany.

13 Ary ny zava-nitranga dia nandidy i Jesoa fa tokony hosoratana izany; koa nosoratana izany araka ny nandidiany.

14 Ary ankehitriny ny zava-nitranga rehefa avy ^anovelabelarin' i Jesoa ho iray ny soratra masina rehetra, izay efa nosoratan' izy ireo, dia nodidiany izy ireo mba hampianarany ny zavatra izay efa novelabelarin' ny taminy.

TOKO 24

Hanomana ny lalana ho amin' ny Fiaviana Fanindroany ny iraky ny Tompo—Hipetraka eo amin' ny fitsarana i Kristy—Nodidina Isiraely handoa ny fahafolonkarena sy ny fanatitra—Notanana ny bokin' ny fahatsiarovana—Ampitahao amin' i Malakia 3. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nodidiany izy ireo mba hanoratany ny teny izay efa nomen' ny Ray an' i Malakia, izay holazainy azy ireo. Ary ny zava-nitranga taorian' ny efa nanoratana izany dia novelabelarin' ny izany. Ary izao no teny izay nolazainy taminy, manao hoe: Iza no lazain' ny Ray an' i Malakia—Indro, handefa ny "irako Aho, ary hanomana ny lalana eo alohako izy, ary ny Tompo izay tadiavinareo dia ho avy tampoka ao amin' ny tempoliny, dia ny iraky ny fanekempihavana, izay mahafinaritra anareo; indro, ho avy izy, hoy ny Tompon' ny Maro.

2 Nefa iza no "hahatanty ny andro hihaviany, ary iza no ho tafajanona rehefa miseho Izy? Fa Izy dia tahaka ny ^bafon' ny mpanandrika sy tahaka ny savonin' ny mpanasa lamba.

3 Ary hipetraka toy ny mpanandrika sy ny mpanadio

9a Hel. 13:2.

b TSM Olomasina.

d Hel. 14:25.

e Mat. 27:52–53.

TSM Fitsanganana

amin' ny Maty.

14a Lio. 24:44–46.

24 1a F&F 45:9.

2a 3 Ne. 25:1.

b Zak. 13:9; F&F 128:24.

TSM Tany—

Fandiovana ny tany;

Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

volafotsy izy; ary hodiovinny ny "zanakalahin' i Levy, ary hodiovinny toy ny volamena sy ny volafotsy izy ireo mba hahazoan' izy ireo ^bmanatitra fanatitra amim-pahamarinana ho an' ny Tompo.

4 Amin' izany dia hahafinaritra ny Tompo ny fanatitr' i Joda sy i Jerosalema, toy ny tamin' ny andro fahiny sy toy ny tamin' ny taona fahizay.

5 Ary hanatona anareo ho fitarana Aho; ary ho vavolombelona faingana Aho hiampanga ny mpamosavy sy hiampanga ny mpijangajanga ary hiampanga ny mpianian-tsy to, ary hiampanga ireo izay mampahory ny mpikarama amin' ny karamany, ny mpitondratena ary ny "kamboty ray, ary izay manilika ny vahiny, ary tsy matahotra Ahy, hoy ny Tompon' ny Maro.

6 Fa Izaho no Tompo, tsy miova Aho; noho izany ianareo zanak' i Jakoba dia tsy levona.

7 Na dia hatramin' ny andron' ny razanareo aza dia efa "nihataka amin' ny ôrdônansiko ianareo ary tsy nitandrina izany. ^bMiverena Amiko dia hiverina aminareo Aho, hoy ny Tompon' ny Maro. Nefa hoy ianareo: Ahoana no hiverenanay?

8 Handroba an' Andriamanitra va ny olona? Kanefa efa nandroba Ahy ianareo. Nefa hoy ianareo: Tamin' inona no efa nandrobanay Anao? Tamin'

ny "fahafolonkarena sy ny ^bfanatitra.

9 Voaozona amin' ny ozona ianareo, fa efa nandroba Ahy, dia ity firenena iray manontolo ity.

10 Entonareo avokoa ny "fahafolonkarena ho ao amin' ny trano fitehirizako mba hisy hanina ao an-tranoko; ary izahao toetra amin' izany Aho, hoy ny Tompon' ny Maro, raha tsy hovohako ho anareo ny varavaran' ny lanitra sy harotsako aminareo ny ^bfitahiana izay tsy hisy ny toerana ampy handraisana izany.

11 Holevileveko ny mpibosibosika noho ny aminareo, ary tsy hanimba ny vokatry ny tainareo izy; sady tsy hanary ny voany mialohan' ny fotoana ny voalobokareo eny an-tsaha, hoy ny Tompon' ny maro.

12 Ary hantsoin' ny firenena rehetra hoe sambatra ianareo, fa ho tany mahafinaritra ianareo, hoy ny Tompon' ny Maro.

13 Ny teninareo dia nahery tamiko, hoy ny Tompo. Kanefa hoy ianareo: Inona no efa noteneninay nanoherana Anao?

14 Hoy ianareo hoe: Zavapoana ny manompo an' Andriamanitra, ary inona no soa efa azo tamin' ny nitandremantsika ny ôrdônansiny sy ny efa nandehanantsika nijoretra teo anoloan' ny Tompon' ny Maro?

15 Ary ankehitriny dia miantso ny mpirehareha hoe sambatra isika; eny, ireo izay manao ny

3a Deot. 10:8;
F&F 84:31-34.
b F&F 13:1.
5a Jakoba 1:27.

7a TSM Apôstazia.
b Hel. 13:11;
3 Ne. 10:6;
Môrô. 9:22.

8a TSM Fahafolonkarena.
b TSM Fanatitra.
10a F&F 64:23; 119:1-7.
b TSM Fitahiana.

ratsy dia voarina; eny, na dia izay naka fanahy an' Andriamanitra aza dia afaka.

16 Tamin' izany ireo izay natahotra ny Tompo dia samy "nifampiresaka matetika, ary ny Tompo nihaino ka nandre; ary ny ^bbokin' ny fahatsiarovana dia nosoratana teo anoloany ho an' ireo izay natahotra ny Tompo sy izay nihevitra ny anarany.

17 Ary ho Ahy ireny, hoy ny Tompon' ny Maro, amin' ny andro izay "hanangonako ny vatosoako; ary hitsimbina ireny Aho toy ny olona mitsimbina ny zanany lahy ihany izay manompo azy.

18 Amin' izany ianareo dia hiverina ary "hanavaka ny olomarina amin' ny olon-dratsy, izay manompo an' Andriamanitra amin' izay tsy manompo Azy.

TOKO 25

Hodorana toy ny vodivary ny mpiavonavona sy ny olon-dratsy amin' ny Fiaviany Fanindroany—Hiverina i Elija mialohan' izany andro lehibe sy mahatahotra izany—Ampitahao amin' i Malakia 3:19–24—Tokony ho 34 taorian' i J.K.

FA indro, avy ny andro izay

"handoro toy ny fatana; ary ny ^bmpiavonavona rehetra, eny, sy izay rehetra manao ratsy dia ho toy ny vodivary; ary ny andro izay ho avy dia handoro azy ireo, hoy ny Tompon' ny Maro, ka tsy hamela ho azy ireo na faka na sampana izany.

2 Fa aminareo kosa izay matahotra ny anarako no hitsanganan' ny "Zanaky ny Fahamarinana miaraka amin' ny fanasitranana ao amin' ny elany; ary hivoaka sy ^bhitombo ianareo toy ny "zanak' omby ao am-pahitra.

3 Ary "hanosihosy ireo olon-dratsy ianareo; fa ho lavenona eo ambanin' ny faladianareo izy ireo amin' ny andro izay hanaovako izany, hoy ny Tompon' ny Maro.

4 Tsarovinareo ny lalàn' i Mosesy, mpanompoko, izay nandidiako azy tao "Hôreba, ho an' i Isiraely manontolo, miaraka amin' ny sata sy ny fitsarana.

5 Indro, Izaho haniraka an' i "Elia mpaminany mialohan' ny hahatongavan' ny ^bandro lehibe sy mahatahotra an' ny Tompo;

6 Ary Izy "hampitodika ny fon' ny ray amin' ny zanaka, ary ny fon' ny zanaka amin' ny ray, fandrao ho avy Aho ka hamely ny tany amin' ny ozona.

16a Môrô. 6:5.

b F&F 85:9;

Mos. 6:5.

TSM Bokimpahatsiarovana.

17a F&F 101:3.

18a TSM Mamantatra, Fanomezam-

pahasoavana Hoenti-

25 1a Isa. 24:6; 1 Ne. 22:15;

3 Ne. 24:2;

F&F 29:9; 64:23–24;

133:64;

JS—T 1:37.

TSM Tany—

Fandiovana ny tany.

b 2 Ne. 20:33.

TSM Fiavonavonana.

2a Etera 9:22.

b F&F 45:58.

d Amo. 6:4;

1 Ne. 22:24.

3a 3 Ne. 21:12.

4a Eks. 3:1–6.

5a 2 Mpan. 2:1–2;

F&F 2:1; 110:13–16;

128:17–18.

TSM Elia; Famonjena

ho an' ny Maty;

Famehezana.

b TSM Fiavian' i Jesoa

Kristy Fanindroany.

6a F&F 2:2.

TOKO 26

Namelabelatra ny zavatra rehetra hatrany am-piandohana ka hatrany am-piafarana i Jesoa—Nilaza zavatra mahatalanjona izay tsy hay soratana ny zaza sy ny ankizy—Niombonan' ireo tao amin' ny fiangonan' i Kristy avokoa ny zavatra izay nananany teo anivony. Tokony ho 34 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza izany zavatra izany i Jesoa, dia namelabelatra izany tamin' ny valalabemandry Izy; ary namelabelatra ny zavatra rehetra tamin' Izy, na lehibe na kely izany.

2 Ary hoy Izy: "Ireo soratra masina ireo izay tsy nananana-reo niaraka taminareo dia nodidian' ny Ray ny hanomezako izany anareo; fa fahendrena tao Aminy ny hanomezana izany ho an' ny taranaka ho avy.

3 Ary novelabelariny ny zavatra rehetra, hatrany am-piandohana ka hatramin' ny fotoana izay hahatongavany ao amin' ny "voninahiny—eny, dia ny zavatra rehetra izay ho tonga eto ambonin' ny tany, ambara-piempon' ireo ^bsinga amin' ny hafanana mahamay, ary ny tany dia "hahorona tahaka ny

hohonan-taratasy, ary ho levona ny lanitra sy ny tany;

4 Ary na dia hatramin' ny "andro lehibe sady farany aza, rehefa ^bhijoro eo anoloan' Andriamanitra ny vahoaka rehetra, sy ny foko rehetra, ary ny firenena sy ny samy hafa fiteny rehetra, mba hotsaraina amin' ny asany, na tsara izany na ratsy—

5 Raha tsara izany, dia "fitsanganana amin' ny maty ho amin' ny fiainana maharitra mandrakizay; ary raha ratsy izany, dia fitsanganana amin' ny maty ho amin' ny fanamelohana; satria miara-mizotra izy roroa, ny iray amin' ny andaniny, ary ny iray amin' ny ankilany, araka ny famindram-po sy ny ^bfahamarinana ary ny fahamasinana izay ao amin' i Kristy, izay nisy "talohan' ny niandohan' izao tontolo izao.

6 Ary ankehitriny dia tsy hay soratana ao amin' ity boky ity na dia ny "ampahazatony aza tamin' ny zavatra izay nampianarin' i Jesoa marina tokoa ny vahoaka;

7 Nefa indro ny "takelak' i Nefia dia mirakitra ny ampahany be indrindra amin' ny zavatra izay nampianariny ny vahoaka.

8 Ary ireo zavatra izay efa nosoratako ireo dia ny ampahany

26 2a IE Mal. Toko 3 sy 4, tanterina ao amin' ny 3 Ne. toko 24 sy 25.
3a TSM Jesoa Kristy—Voninahitr' i Jesoa Kristy.
b Amo. 9:13; 2 Pet. 3:10, 12; Môrm. 9:2.
TSM Tany—

Fandiovana ny tany; Izao Tontolo Izao—Faran' ny tany.
d Môrm. 5:23.
4a Hel. 12:25; 3 Ne. 28:31.
b Môsià 16:10-11.
TSM Fitsarana Farany, Ny.
5a Dan. 12:2; Jao. 5:29.

b TSM Fahamarinana.
d Etera 3:14.
TSM Jesoa Kristy—Fisian' i Kristy talohan' ny nahatongavany teto an-tany.
6a Jao. 21:25; 3 Ne. 5:8.
7a TSM Takelaka.

kely indrindra tamin' ny zavatra izay nampianariny ny vahoaka; ary efa nosoratako izany ka ny fikasana dia ny hahazoana mitondra izany indray "avy any amin' ny Jentilisa mankany amin' ity vahoaka ity, araka ny teny izay efa nolazain' i Jesoa.

9 Ary rehefa handray izany izy, izay ilaina ny hananany izany aloha mba hizahana ny finoany, ary raha toa ka mino izany zavatra izany izy, dia haseho azy amin' izay ny "zavatra lehibebe kokoa.

10 Ary raha toa ka tsy mino izany zavatra izany izy, dia "holavina aminy amin' izay ny zavatra lehibe kokoa, ho fanamelohana azy.

11 Indro, efa saika hanoratra izany aho, dia izay rehetra nosokirina teo amin' ny takelak' i Nefia, nefa nandrara izany ny Tompo, nanao hoe: "Hoza-hako ny finoan' ny oloko.

12 Noho izany, izaho Môrmôna dia manoratra ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo ahy. Ary ankehitriny, izaho Môrmôna dia mamarana ny fitenenako sy miroso amin' ny fanoratana ny zavatra izay efa nandidiana ahy.

13 Koa mba tiako ny hahitana-reo fa nampianatra marina tokoa ny vahoaka ny Tompo, nandritra ny telo andro; taorian' izany Izy dia "naneho ny tenany matetika taminy sy namaky ma-

tetika ny ^bmofo ary nitso-drano izany sy nanome izany azy.

14 Ary ny zava-nitranga dia nampianariny sy notompoiny ny "zanaky ny valalabemandry izay efa voaresaka, ary ^bnovahany ny lelany, ary izy ireo dia niteny tamin-drainy zavatra lehibe sy mahatalanjona, lehibe kokoa noho izay nambarany tamin' ny vahoaka aza; ary novahany ny lelany ka dia afaka nanambara izy ireo.

15 Ary ny zava-nitranga rehefa niakatra any an-danitra Izy—rehefa naneho ny tenany fanindroany taminy sy efa nandeha tany amin' ny Ray, rehefa avy "nanasitrana ny marariny sy ny maleminy, ary nampahira-tra ny mason' ny jamba teo aminy sy nampalady ny sofin' ny marenina, ary efa nanao ny karazana fanasitrana rehetra teo anivony aza sy efa nanangana olona iray tamin' ny maty, ary efa naneho ny heriny taminy sy efa niakatra nankany amin' ny Ray—

16 Indro, ny zava-nitranga ny ampitso dia niara-nivory ny valalabemandry, ary sady nahita izy no nandre ireo ankizy ireo; eny, na dia ny "zaza aza dia nanokatra ny vavany sy nanambara zavatra mahatalanjona; ary ny zavatra izay nambarany dia norarana ny hisian' olona hanoratra izany.

17 Ary ny zava-nitranga,

8a 3 Ne. 21:5–6.
9a Etera 4:4–10.
10a Almà 12:9–11.
11a Etera 12:6.
13a Jao. 21:14.

b 3 Ne. 20:3–9.
TSM Fanasan' ny
Tompo.
14a 3 Ne. 17:11–12.
b Almà 32:23;

3 Ne. 26:16.
15a 3 Ne. 17:9.
TSM Manasitrana;
Fahagagana.
16a Mat. 11:25.

hatramin' izay fotoana izay, ny "mpianatra izay efa nofinidin' i Jesoa dia nanomboka ^bnanao batisa sy nampianatra izay rehetra tonga teo aminy; ary izay rehetra natao batisa tamin' ny anaran' i Jesoa dia heniky ny Fanahy Masina.

18 Ary maro taminy no nahita sy nandre zavatra tsy hay tene-nina, izay "tsy azo soratana.

19 Ary nampianatra ireo, ka nifanompo izy samy izy; ary "niombonany avokoa ny ^bzavatra izay nananany teo anivony, ny olona tsirairay dia nifampitondra tamim-pahamarinana teo amin' izy samy izy.

20 Ary ny zava-nitranga dia nataony ny zava-drehetra toy izay efa nandidian' i Jesoa azy.

21 Ary ireo izay natao batisa tamin' ny anaran' i Jesoa dia nantsoina hoe ny "fiangonan' i Kristy.

TOKO 27

Nodidin' i Jesoa izy hiantso ny fiangonana amin' ny Anarany—Ny asa nanirahana Azy sy ny sorompanavotany no iorenan' ny filazantsarany—Nodidina ny olona hibe-baka sy hatao batisa mba hahazoana manamasina azy amin' ny Fanahy Masina—Tokony ho toa an' i Jesoa izy. Tokony ho 34–35 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, raha nandeha ny mpianatr' i Jesoa ary nitony ny zavatra izay sady efa hitany no reny ary nanao batisa tamin' ny anaran' i Jesoa, ny zava-nitranga dia niara-tafavory ny mpianatra ary "tafaray tamin' ny vavaka mahery ary ny ^bfifadian-kanina.

2 Ary "naneho ny tenany taminy indray i Jesoa, satria nivavaka tamin' ny Ray tamin' ny Anarany izy; dia tonga i Jesoa ary nijoro teo afovoany sy nanao taminy hoe: Inona no tianareo homeko anareo?

3 Ary hoy ireo Taminy: Tompo ô, mba tianay ny hilazanao aminay ny anarana izay hiantsoanay ity fiangonana ity; fa misy fifanjihirana eo anivon' ny vahoaka momba izany zavatra izany.

4 Ary hoy ny Tompo taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, nahoana ny vahoaka no mimonomonona sy mifanjihitra noho izany zavatra izany?

5 Tsy efa novakiany va ny soratra masina, izay milaza fa ianareo dia tsy maintsy mitondra eo aminareo ny "anaran' i Kristy, dia ny anarako? Fa amin' izany anarana izany no hiantsoana anareo amin' ny andro farany;

6 Ary na zovy na zovy no mitondra eo aminy ny anarako sy

17a 3 Ne. 19:4–13.

b 4 Ne. 1:1.

18a 3 Ne. 26:11.

19a TSM Manokana.

b 4 Ne. 1:3.

21a Môsîà 18:17.

TSM Fiangonan' i

Jesoa Kristy.

27 1a F&F 29:6.

b Almà 6:6.

TSM Fifadian-kanina.

2a 3 Ne. 26:13.

TSM Jesoa Kristy—

Fisehoan' i Kristy

taorian' ny

fitsanganany

tamin' ny maty.

5a TSM Jesoa Kristy—

Fitondrantsika eo

amintsika ny anaran'

i Jesoa Kristy.

“maharitra hatramin’ ny farany dia izy no hovonjena amin’ ny andro farany.

7 Koa, na inona na inona hataonareo, dia hataonareo amin’ ny anarako izany; koa, hantsoinareo amin’ ny anarako ny fiangonana; ary hantsoinareo amin’ ny anarako ny Ray mba hitahiany ny fiangonana noho ny Amiko.

8 Ary ahoana no maha-“fiangonako azy raha tsy antsoina amin’ ny anarako izy? Fa raha antsoina amin’ ny anaran’ i Mosesy ny fiangonana iray, dia fiangonan’ i Mosesy izy amin’ izany; na raha antsoina amin’ ny anaran’ ny olona iray izy, dia fiangonan’ io olona io izy amin’ izany; fa raha antsoina amin’ ny anarako kosa izy, dia fiangonako izy amin’ izany, raha toa izy ireo ka miorina amin’ ny filazantsarako.

9 Lazaiko aminareo marina tokoa, fa miorina amin’ ny filazantsarako ianareo; koa na inona na inona zavatra hantsoinareo, dia hantsoinareo amin’ ny anarako; koa raha miantso ny Ray ho an’ ny fiangonana ianareo, raha toa ka amin’ ny anarako izany dia hihaino anareo ny Ray;

10 Ary raha toa ka miorina amin’ ny filazantsarako ny fiangonana, dia amin’ izay ny Ray no haneho ny asany ao aminy.

11 Nefa raha tsy miorina amin’

ny filazantsarako izy, ary miorina kosa amin’ ny asan’ ny olona, na amin’ ny asan’ ny devoly, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa manam-pifaliana amin’ ny asany izy ireo mandritra ny vanim-potoana iray, ary tsy ho ela dia tonga ny farany, ary “kapaina izy ireo ary atsipy any anaty afo izay tsy misy fivere-nana avy any.

12 Fa ny asany dia “manaraka azy ireo, fa kapaina izy ireo noho ny asany; koa tsarovy ny zavatra izay efa noteneniko anareo.

13 Indro efa nomeko anareo ny “filazantsarako, ary izao no filazantsara izay efa nomeko anareo—fa tonga teo amin’ izao tontolo izao Aho mba hanao ny ^bsitrapon’ ny Raiko, satria ny Raiko no naniraka Ahy.

14 Ary naniraka Ahy ny Raiko mba hahazoana “manandrata Ahy eo amin’ ny hazofijaliana; ary taorian’ ny efa nanandratan’ Ahy teo amin’ ny hazofijaliana, dia ny mba hahazoako ^bmisintona ny olon-drehetra atỳ Amiko, ka toy ny efa nanandratan’ ny olona Ahy, dia toy izany koa no hanandratan’ ny Ray ny olona hijoro eo anoloako mba “hotsaraina amin’ ny asany, na tsara izany na ratsy—

15 Ary noho izany antony izany no efa “nanandratan’ Ahy; koa, araka ny fahefan’ ny Ray, dia hosintoniko ny olon-drehe-

6a 3 Ne. 15:9.
8a F&F 115:4.
TSM Jesoa Kristy—
Lohan’ ny
Fiangonana.
11a Almà 5:52.

12a Fan. 14:13; F&F 59:2.
13a F&F 76:40–42.
TSM Filazantsara.
b Jao. 6:38–39.
14a 1 Ne. 11:32–33;
Mos. 7:55.

b Jao. 6:44; 2 Ne. 9:5;
F&F 27:18.
d TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara.
15a TSM Sorompanavotana.

tra hankatỳ Amiko mba ho azo tsaraina araka ny asany izy ireo.

16 Ary ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no “mibebaka sy ^batao batisa amin’ ny anarako dia ho henika; ary raha “maharitra hatramin’ ny farany izy, dia indro, izy no hotanako tsisy tsiny eo anoloan’ ny Raiko amin’ io andro io rehefa hitsangana Aho hitsara izao tontolo izao.

17 Ary izay tsy maharitra hatramin’ ny farany, dia izy no hokapaina sy hatsipy any anaty afo, izay tsy hahafahany miverina intsony avy any, noho ny “fahamarinan’ ny Ray.

18 Ary izany no teny izay efa nomeny ho an’ ny zanak’ olombelona. Ary noho izany antony izany dia manatanteraka ny teny izay efa nomeny Izy, ary tsy mandainga Izy, fa manatanteraka kosa ny teniny rehetra.

19 Ary “tsy misy zavatra tsy madio afaka miditra ao amin’ ny fanjakana; koa tsy misy na inona na inona miditra ao amin’ ny ^bfitsaharany afa-tsy ireo izay efa “nana ny fitafiany tamin’ ny rany, noho ny finoany sy ny fibebahana tamin’ ny fahotany rehetra ary ny fahatokiany hatramin’ ny farany.

20 Ankehitriny dia izao no didy: “Mibebaha, ianareo rehetra faran’ ny tany, ary manka-

nesa atỳ Amiko ary aoka ^bhatao batisa amin’ ny anarako mba hahazoana “manamasina anareo amin’ ny fandraisana ny Fanahy Masina, mba hahazoanareo mijoro “tsisy pentina eo anoloako amin’ ny andro farany.

21 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izany no filazantsarako; ary fantatrareo ny zavatra izay tsy maintsy atao-nareo ao amin’ ny fiangonako; fa ny asa izay efa hitanareo nataoko no hataonareo koa; fa izay efa hitanareo nataoko dia izany no hataonareo;

22 Koa hotahiana ianareo raha manao ireo zavatra ireo, fa hasandratra ianareo amin’ ny andro farany.

23 Soraty ny zavatra izay efa hitanareo sy renareo, afa-tsy ireo izay “voarara.

24 Soraty ny asan’ ity vahoaka ity, izay hisy, tahaka ny efa nanoratana ny amin’ izay efa nisy.

25 Fa indro, avy amin’ ny boky izay efa nosoratana sy izay hosoratana no “hitsarana ity vahoaka ity, fa amin’ ny alalan’ ireny no hahafantaran’ ny olona ny ^basany.

26 Ary indro, ny zavatra rehetra dia “soran’ ny Ray; koa avy amin’ ny boky izay hosoratana no hitsarana izao tontolo izao.

27 Ary fantaro fa “ianareo no

16a TSM Fibebahana.

b TSM Batisa.

d 1 Ne. 13:37.

TSM Maharitra.

17a TSM Fahamarinana.

19a Almà 11:37.

b F&F 84:24.

TSM Fitsaharana.

d Fan. 1:5; 7:14;

Almà 5:21, 27;

13:11–13.

20a Etera 4:18.

b TSM Batisa—Tsy

maintsy atao.

d TSM Fanamasinana.

e F&F 4:2.

23a 3 Ne. 26:16.

25a 2 Ne. 33:10–15;

TiM 1:11.

b 1 Ne. 15:32–33.

26a 3 Ne. 24:16.

TSM Bokin’ ny

Faianana.

27a 1 Ne. 12:9–10;

Môrm. 3:19.

ho mpitsaran' ity vahoaka ity, araka ny fitsarana izay homeko anareo, izay ho marina. Koa, tokony ho ^bkarazana olona toa inona moa ianareo? Lazai-ko aminareo marina tokoa, ho ^atoa Ahy.

28 Ary ankehitriny Aho dia ^amandeha any amin' ny Ray. Ary lazaiko aminareo marina tokoa, na inona na inona zavatra hangatahinareo ny Ray amin' ny anarako dia homena anareo.

29 Koa, ^amangataka dia handray ianareo; dondòny dia hovohana ianareo; fa izay mangataka no mahazo; ary izay mandondona no hovohana.

30 Ary ankehitriny, indro, lehibe ny fifaliako, hatrany amin' ny fahafenoana aza, noho ny aminareo sy ity taranaka ity koa; eny, ary na dia ny Ray aza dia mifaly, ary ny anjely masina rehetra koa, noho ny aminareo sy ity taranaka ity; fa ^atsy misy very aminy.

31 Indro, mba tiako ho takatra-reo; fa ny tiako holazaina dia ireo izay velona ^aankehitriny amin' ^bity taranaka ity; ary tsy misy very aminy; ary ao aminy no ananako ny fahafenoan' ny ^dfifaliana.

32 Nefa indro, onena Aho noho ny amin' ny ^ataranaka fahefatra aorian' ity taranaka ity, satriaentina ho babo izy ireo, dia tahaka ny nanjo ny zanaky ny

fahaverezana; fa izy ireo dia hivarotra Ahy noho ny volafotsy sy noho ny volamena, ary noho izay ^bsimban' ny kalalao sy izay azon' ny mpangalatra tamina sy angalarina. Ary amin' izany andro izany Aho dia hamangy azy ireo, amin' ny famaliana ny asany eo ambony lohany ihany.

33 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy namarana ireo filazan' ireo i Jesoa, dia hoy Izy tamin' ny mpianany: Midira amin' ny ^avavahady ety ianareo; fa ety ny vavahady, ary tery ny lalana izay mitondra mankany amin' ny fiainana, ary misy vitsy izay mahita izany; fa midanadana kosa ny vavahady, ary migodana ny lalana izay mitondra mankany amin' ny fahafatesana, ary misy maro izay mandeha mankany, ambara-pahatongan' ny alina izay tsy ahafahan' ny olona miasa.

TOKO 28

Ny sivy tamin' ny Roambinifolalahy dia naniry ary nampanantenaina ny fandovana ny fanjakan' i Kristy rehefa maty—Ny Nefita telo kosa dia naniry ary nomena ny fahefana amin' ny fahafatesana mba hitoetra eto an-tany ambara-pahatongan' i Jesoa indray—Tafafindra izy ireo ary mahita zavatra izay tsy azo ambara, ary ankehi-

27b TSM Jesoa Kristy—Ny ohatra nasehon' i Jesoa Kristy.
d Mat. 5:48; 3 Ne. 12:48.
28a Jao. 20:17.
29a Mat. 7:7; 3 Ne. 14:7.

30a Jao. 17:12.
31a 3 Ne. 9:11–13; 10:12.
b 3 Ne. 28:23.
d TSM Fifaliana.
32a 2 Ne. 26:9–10;
Almà 45:10, 12.

b Mat. 6:19–21;
3 Ne. 13:19–21.
33a Mat. 7:13–14;
3 Ne. 14:13–14;
F&F 22:1–4.

triny izy ireo dia manao asa fanompoana eo anivon' ny olona. Tokony ho 34-35 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo i Jesoa, dia niteny tamin' ny mpianany tsirairay Izy, nanao taminy hoe: Inona no irinareo Amiko, rehefa lasa any amin' ny Ray Aho?

2 Ary izy rehetra, afa-tsy ny telo, dia niteny nanao hoe: Irinay, rehefa avy niaina hatreo amin' ny taonan' ny olona izahay, mba hanam-piafarana ny asa fanompoanay izay efa niantsoanao anay, hahazoanay mankany Aminao, any amin' ny fanjakana, faingana tokoa.

3 Ary hoy Izy taminy: Hotahina ianareo noho ny nanirinareo izany zavatra izany Tamiko; koa, rehefa feno roa amby fitopolo taona ianareo dia hankany Amiko any amin' ny fanjakako; ka hahita "fitsaharana miaraka Amiko.

4 Ary rehefa avy niteny taminy Izy, dia nitodika tany amin' ny anankitelo ny tenany, ary nanao taminy hoe: Inona no tianareo hataoko aminareo, rehefa lasa any amin' ny Ray Aho?

5 Ary nalahelo tao am-pony izy ireo, satria tsy sahin' ny notenenina Taminy ny zavatra izay niriany.

6 Ary hoy Izy taminy: Indro, "fantatro ny eritreritrareo, ary efa nirinareo ny zavatra izay

nirin' i ^bJaona Tamiko, ilay malalako izay niaraka Tamiko tao amin' ny asa fanompoako, talohan' ny nanandratan' ny Jiosy Ahy.

7 Noho izany dia hotahiana koa ianareo, fa "tsy hanandrana ^bfahafatesana na oviana na oviana ianareo; fa ho velona kosa ka hahita ny rehetra ataon' ny Ray amin' ny zanak' olombelona, na dia ambara-pahatanteraky ny zavatra rehetra aza araka ny sitrapon' ny Ray, rehefa ho avy amin' ny voninahitro Aho miaraka amin' ny ^dherin' ny lanitra.

8 Ary tsy hiaritra ny fanaintainan' ny fahafatesana na oviana na oviana ianareo; fa rehefa ho tonga kosa any amin' ny voninahitro Aho, dia hovana ao amin' ny indray mipi-maso ianareo avy amin' ny "mety maty hankamin' ny ^btsy fahafatesana; ary amin' izany dia hotahiana ianareo ao amin' ny fanjakan' ny Raiko.

9 Ary koa, tsy hanana fanaintainana ianareo raha mbola mitoetra ao amin' ny nofo, sady tsy halahelo koa raha tsy noho ny fahotan' izao tontolo izao ihany; ary izany rehetra izany no hataoko dia noho ny zavatra izay efa nirinareo tamiko, fa efa nirinareo ny hahazoanareo "mitondra ny fanahin' ny olona hankatỳ Amiko, raha mbola mijoro izao tontolo izao.

28 3a TSM Fitsaharana.

6a Amo. 4:13;

Almà 18:32.

b Jao. 21:21-23;

F&F 7:1-4.

7a 4 Ne. 1:14;

Môrm. 8:10-11;

Etera 12:17.

b TSM Olona Novana.

d 3 Ne. 20:22.

8a 3 Ne. 28:36-40.

TSM Mety Maty.

b TSM Tsy Fahafatesana.

9a Filip. 1:23-24;

F&F 7:5-6.

10 Ary noho izany antony izany dia hanana ny “fahafenoan’ ny fifaliana ianareo; ary hipe-traka ao amin’ ny fanjakan’ ny Raiko ianareo; eny, ho feno ny fifalianareo, tahaka ny efa nanomezan’ ny Ray Ahy ny fahafenoan’ ny fifaliana; ary ho tahaka Ahy ianareo, ary Izaho dia tahaka ny Ray; ary ny Ray sy Izaho dia ^biray;

11 Ary ny “Fanahy Masina dia vavolombelona manambara Ahy sy ny Ray; ary manome ny Fanahy Masina ho an’ ny zanak’ olombelona ny Ray, noho ny Amiko.

12 Ary ny zava-nitranga rehefa avy nilaza izany teny izany i Jesoa, dia nikasika tamin’ ny rantsan-tanany ny tsirairay avy taminy, afa-tsy ny telo izay tokony hitoetra, ary avy eo Izy dia lasana.

13 Ary indro, nisokatra ny lanitra, ary “nakarina tany andanitra izy ireo, ary nahita sy nandre zavatra tsy hay tenenina.

14 Ary “norarana izy ireo tsy hanambarany; sady tsy nomena azy ireo koa ny fahefana hahafahany manambara ny zavatra izay hitany sy reny;

15 Ary na tao amin’ ny vatana izy ireo na tany ivelan’ ny vatana dia, tsy hainy nolazaina; fa ho azy ireo dia toy ny “fiovany endrika izany, fa novana avy tamin’ ity vatana ara-nofy ity ho amin’ ny toetry ny tsy fahafatesa-

na izy ireo mba hahafahany mahita ny zavatr’ Andriamanitra.

16 Nefa ny zava-nitranga dia nanao indray ny asa fanompoana teto ambonin’ ny tany izy ireo; kanefa izy ireo dia tsy nampianatra ny amin’ ny zavatra izay efa reny sy hitany, noho ny didy izay efa nomena azy ireo tany an-danitra.

17 Ary ankehitriny, na mety maty izy ireo na tsy mety maty hatramin’ ny andro niovanany endrika, dia tsy fantatro;

18 Fa izao kosa no hany fantatro, araka ny rakitsoratra izay efa nomena—izy ireo dia nandeha teto ambonin’ ny tany sy nanao ny asa fanompoana tamin’ ny vahoaka manontolo, nanambatra tamin’ ny fiangonana ny olona rehetra izay nino ny fitoriany; nanao batisa azy, ary izay rehetra vita batisa dia nandray ny Fanahy Masina.

19 Ary natsipin’ ireo izay tsy isan’ ny fiangonana tany amponja izy ireo. Ary tsy afaka nitana azy ireo ny “fonja, fa nitresaka roa izany.

20 Ary nalatsaka tao anaty tany izy ireo; nefa namely ny tany tamin’ ny tenin’ Andriamanitra izy ireo, hany ka tamin’ ny “heriny dia nafahana avy tao amin’ ny halalin’ ny tany izy ireo; ary noho izany dia tsy vitany ny nihady lavaka ampy hihazonana azy ireo.

21 Ary in-telo izy ireo no

10a F&F 84:36–38.

^b Jao. 17:20–23.

11a 2 Ne. 31:17–21;

3 Ne. 11:32.

13a 2 Kor. 12:2–4.

14a F&F 76:114–116.

15a Mos. 1:11.

TSM Fiovan-tarehy.

19a Asa 16:26;

Almà 14:26–28.

20a Môrm. 8:24.

natsipy tao anaty "memy ary tsy niharam-boina.

22 Ary indroa izy ireo no natsipy tao "an-davaky ny bibidia; ary indro izy ireo dia nilalao niaraka tamin' ny bibidia toy ny ankizy niaraka tamin' ny zanak' ondry minono, ary tsy niharam-boina.

23 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no nandehanany tany anivon' ny vahoakan' i Nefia manontolo, sy nitoriany ny "filazantsaran' i Kristy tamin' ny vahoaka rehetra eran' ny lafin-tany; ary niova fo ho an' ny Tompo ireny, sy tafatambatra tamin' ny fiangonan' i Kristy, ary dia toy izany no nitahiana ny vahoaka tamin' izany ^btaranaka izany, araka ny tenin' i Jesoa.

24 Ary ankehitriny, izaho Môrmôna, dia mamarana ny fitenenako momba ireo zavatra ireo mandritra ny fotoana fohy.

25 Indro, efa saika hanoratra ny "anaran' ireo izay tsy hanandrana fahafatesana na oviana na oviana aho, saingy noraran' ny Tompo; koa tsy manoratra izany aho, fa afenina amin' izao tontolo izao ireo.

26 Nefa indro, efa hitako izy ireo, ary efa notompoiny aho.

27 Ary indro ho any anivon' ny Jentilisa izy ireo, ary tsy hahafantatra azy ireo ny Jentilisa.

28 Ho any anivon' ny Jiosy koa izy ireo, ary tsy hahafantatra azy ireo ny Jiosy.

29 Ary ny zavatra hitranga, rehefa hitan' ny Tompo ao amin' ny fahendreny fa mety, dia hanao asa fanompoana amin' ny "fokon' i Isiraely miely patrana rehetra izy ireo sy amin' ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra, ary hitondra fanahy maro avy amin' ireo ho an' i Jesoa mba ho azo tanterahina ny faniriany, ary koa noho ny herin' ny fandresen-dahatr' Andriamanitra izay ao aminy.

30 Ary toy ny "anjelin' Andriamanitra izy ireo, ary raha mivavaka amin' ny Ray amin' ny anaran' i Jesoa izy ireo, dia afaka maneho ny tenany amin' izay olona heveriny fa tsara hisehoany.

31 Koa lehibe sy mahatalanjona ny asa hataony, mialohan' ny "andro lehibe sy ho avy rehefa tsy maintsy mijoro marina tokoa eo anoloan' ny toeram-pitsaran' i Kristy ny vahoaka rehetra;

32 Eny, na dia any anivon' ny Jentilisa aza dia hisy "asa lehibe sy mahatalanjona hataony, mialohan' ny andro fitsarana.

33 Ary raha anananareo ny soratra masina rehetra izay manome ny fitantarana ny asa mahatalanjona rehetra an' i Kristy, dia hahafantatra ianareo araka ny tenin' i Kristy, fa tsy maintsy ho tonga marina tokoa ireo zavatra ireo.

34 Ary lozan' izay "tsy te hihai-

21a Dan. 3:22-27;
4 Ne. 1:32.

22a Dan. 6:16-23;
4 Ne. 1:33.

23a TSM Filazantsara.
b 3 Ne. 27:30-31.

25a 3 Ne. 19:4.

29a TSM Isiraely—Ny fampielezana ny Isiraely; Isiraely—Ireo foko folo very amin' ny Isiraely.

30a TSM Anjely.

31a Hel. 12:25;
3 Ne. 26:4-5.

32a 2 Ne. 25:17.

34a Etera 4:8-12.

no ny tenin' i Jesoa, ary koa loza avy amin' ^bireo izay efa nofidiany sy nirahiny tany anivony; fa na zovy na zovy no tsy mandray ny tenin' i Jesoa sy ny tenin' ireo izay efa nirahiny dia tsy mandray Azy; ary noho izany dia tsy handray azy Izy amin' ny andro farany;

35 Ary tsara kokoa ho azy raha tsy nateraka izy. Fa moa heverinareo va fa ianareo dia afaka mandositra ny fitsaran' Ilay Andriamanitra tafintohina izay efa "nohosihosena tambanin' ny tongotry ny olona, ka amin' izay dia mety ho tonga ny famonjena?

36 Ary ankehitriny, indro, toy ny noteneniko momba ireo izay efa nofinidin' ny Tompo, eny, dia ny telo izay nakarina tany an-danitra, dia tsy fantatro raha nodiovina avy amin' ny mety maty ho amin' ny tsy fahafatesana izy ireo —

37 Nefa indro, hatramin' ny nanoratako, dia efa nanadina ny Tompo aho, ary efa nataony mazava tamiko izany, fa tsy maintsy ilaina ny hisian' ny fiovana natao tamin' ny vatany, fa raha tsy izany dia ilaina ny tsy maintsy hanandramany fahafatesana;

38 Noho izany, mba tsy hahazoany manandrana fahafatesana dia nisy "fiovana natao tamin' ny vatany, mba tsy hahazoany miaritra fanaintainana na alahelo raha tsy noho ny fahotan' izao tontolo izao.

39 Ankehitriny izany fiovana izany dia tsy mitovy amin' izay hitranga amin' ny andro farany; saingy nisy fiovana natao tamin' ny, hany ka tsy nety nanana fahefana taminy i Satana, ka izy dia tsy afaka "naka fanahy azy ireo; ary ^bnohamasinina tao amin' ny nofo izy ireo, ka dia ^dmasina, ary tsy afaka nihazona azy ireo ny herin' ny tany.

40 Ary tokony hijanona ao amin' izany toetra izany izy ireo hatramin' ny andro fitsaran' i Kristy; ary amin' izany andro izany izy ireo dia tokony handray fiovana lehibe kokoa sy horaisina ao amin' ny fanjakan' ny Ray, ka tsy hivoaka intsony, fa hiara-honina mandrakizay amin' Andriamanitra any andanitra.

TOKO 29

Ny fivoahan' ny Bokin' i Môrmôna dia famantarana iray fa efa manomboka manangona an' i Isiraely sy manatanteraka ny fanekempihavanany ny Tompo — Ho voaozona ireo izay mitsipaka ny fanambarany sy ny fanomezam-pahasovany amin' ny andro farany. Tokony ho 34–35 taorian' i j.k.

ARY ankehitriny, indro, lazaiko aminareo fa rehefa ho hitan' ny Tompo ao amin' ny fahendreny fa mety, dia ho "tonga any amin' ny Jentilisa ireto filazana ireto, araka ny teniny, amin' izany dia ho azonareo fantarina fa ny

34b TSM Mpaminany.

35a Hel. 12:2.

38a TSM Olona Novana.

39a TSM Fakam-panahy.

b TSM Fanamasinana.

d TSM Fahamasinana.

29 1a 2 Ne. 30:3–8.

^bfanekempihavanana izay efa nataon' ny Ray tamin' ny zanak' i Isiraely, momba ny fampodiana azy any amin' ny tany lovany, dia efa manomboka ho tanteraka sahady.

2 Ary ho azonareo fantarina fa ny tenin' ny Tompo, izay efa notenenin' ny mpaminany masina, dia ho tanteraka avokoa; ary tsy mila milaza ianareo fa "mampitaredretra ny fiaviany any amin' ny zanak' i Isiraely ny Tompo.

3 Ary tsy ilainareo ny misaintsaina ao am-ponareo fa ny teny izay efa voalaza dia zava-poana, satria indro, ny Tompo dia hahatsiaro ny fanekempihavanany izay efa nataony tamin' ny olony tamin' ny mpianakavin' i Isiraely.

4 Ary rehefa hahita ireo filazana ireo hipoitra eo anivonareo ianareo, dia tsy ilainareo intsony ny mamingavinga ny ataon' ny Tompo amin' izany, fa ny "sabatry ny ^bfitsarany dia eo an-tanany ankavanana; ary indro, amin' izany andro izany raha mamingavinga ny ataony ianareo, dia hataony izay hanatran' izany anareo tsy ho ela.

5 "Lozan' izay ^bmamingavinga ny ataon' ny Tompo; eny, lozan' izay ^dhandà an' i Kristy sy ny asany!

6 Eny, "lozan' izay handà ny fanambaran' ny Tompo, sy izay

hilaza fa ny Tompo dia tsy miasa intsony amin' ny fanambarana, na amin' ny famanianana, na amin' ny ^bfanomezam-pahasoavana, na amin' ny fiteny, na amin' ny fanasitranana, na amin' ny herin' ny Fanahy Masina!

7 Eny, ary lozan' izay hilaza amin' izany andro izany, mba hahazoana ^atombony, fa ^btsy mety hisy intsony fahagagana hataon' i Jesoa Kristy; satria izay manao izany dia ho tonga tahaka ny ^dzanaky ny fahaverezana, izay tsy nisy famindram-po ho azy, araka ny tenin' i Kristy!

8 Eny, ary tsy ilainareo intsony ny ^amisioka, na ^bmamingavinga, na manaraby ny ^dJiosy, na koa izay sisa tavela amin' ny mpianakavin' i Isiraely; fa indro, ny Tompo dia mahatsiaro ny fanekempihavanany taminy sy hanao aminy araka izay efa nianianany.

9 Koa, tsy ilainareo ny mihevitra fa ianareo dia afaka hanodina ny tanana an-kavanan' ny Tompo hankany an-kavia mba tsy hahazoany mampihatra ny fitsarana ho fanatanterahana ny fanekempihavanana izay efa nataony tamin' ny mpianakavin' i Isiraely.

TOKO 30

Nodidina ny Jentilisan' ny andro

1b Môm. 5:14, 20.

2a Lio. 12:45-48.

4a 3 Ne. 20:20.

^b TSM Fahamarinana.

5a 2 Ne. 28:15-16.

^b Môm. 8:17;

Etera 4:8-10.

^d Mat. 10:32-33.

6a Môm. 9:7-11, 15.

^b TSM Fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy.

7a TSM Komiberaky ny Mpisorona.

^b 2 Ne. 28:4-6;

Môm. 9:15-26.

^d TSM Zanaky ny Fahaverezana.

8a 1 Ne. 19:14.

^b 2 Ne. 29:4-5.

^d TSM Jiosy.

farany hibe-baka, hanatona an' i Kristy ary horaisina ho isan' ny mpianakavin' i Isiraely. Tokony ho 34–35 taorian' i J.K.

MIHAINOA, ianareo ry Jentilisa, ary henoy ny tenin' i Jesoa Kristy, ny Zanak' Ilay Andriamanitra velona, izay efa "nandidy ahy ny hiresahako momba anareo, fa, indro mandidy ahy, Izy hanoratako, manao hoe:

2 Mihodina, ianareo "Jentilisa rehetra, hiala amin' ny lalana ratsinareo; ary ^bmibebaha amin' ny fanao ratsinareo, amin' ny fandainganareo sy ny famitahanareo, ary amin' ny fijanga-

janganareo sy amin' ny fahavetavetana miafinareo, ary ny fanompoan-tsampinareo sy amin' ny famonoanareo olona, ary ny komiberaky ny mpisoronareo sy ny fialonanareo ary ny ady antsanganareo, ary hiala amin' ny faharatsianareo sy ny fahavetavetanareo rehetra, ary mankanesa atỳ Amiko, ka aoka hatao batisa amin' ny anarako mba hahazoanareo mandray ny famelana ny fahotanareo, ary hofenoina ny Fanahy Masina ianareo mba hahazoana "manisa anareo miaraka amin' ny oloko izay avy amin' ny mpianakavin' i Isiraely.

NEFIA FAHEFATRA NY BOKIN' I NEFIA

IZAY ZANAKALAHIN' I NEFIA — ANANKIRAY AMIN' NY MPIANATR' I JESOA KRISTY

Ny tantaran' ny vahoakan' i Nefia, araka ny rakitsorany.

Niova fo ho an' ny Tompo avokoa ny Nefita sy ny Lamanita — Niarahany nanana ny zava-drehetra, ary nanao fahagagana sy niroborobo teo amin' ny tany izy ireo — Taonjato roa tatỳ aoriana dia nitranga ny fizarazarana, ny ratsy, ny fiangonana sandoka, ary ny fanenjehana — Telonjato taona atỳ aoriana dia nanjary ratsy na ny Nefita na ny Lamanita — Nanafina ny rakitsoratra masina i Amarôna. Tokony ho 35–321 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia lasana ny taona fahefatra amby telopolo, ary koa ny fahadimy amby telopolo, ary indro efa nanangana ny Fianganon' i Kristy teo amin' ny tany rehetra manodidina ny mpianatr' i Jesoa. Ary izay rehetra nanatona azy ireo sy nibebaka marina tokoa tamin' ny fahotany dia natao batisa tamin' ny anaran' i Jesoa; ary ireny dia mandray koa ny Fanahy Masina.

30 1a 3 Ne. 5:12–13.
2a TSM Jentilisa.
b TSM Fibebahana.

d Gal. 3:27–29;
2 Ne. 10:18–19;
3 Ne. 16:10–13;

21:22–25;
Abr. 2:10.

2 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahenina amby telopolo, dia niova fo ho an' ny Tompo avokoa ny vahoaka eran' ny lafiny rehetra teo amin' ny tany, na Nefita na Lamanita, ary tsy nisy fifandirana na fifanjahirana teo anivony, ary ny olona tsirairay dia nifampitondra araka ny hitsiny tokoa teo amin' izy samy izy.

3 Ary niarahany nanana "avokoa ny zavatra teo anivony; koa tsy nisy na mpanefoefo na mahantra, na mpifatotra na olona afaka, fa efa natao afaka avokoa izy ary mpandray anjara amin' ny fanomezam-pahasoavana avy an-danitra.

4 Ary ny zava-nitranga dia lasana koa ny taona fahafito amby telopolo ary mbola nisy fitohizana ny fandriampahalemana teo amin' ny tany.

5 Ary nisy asa lehibe sy mahalalanjona nataon' ny mpianatr' i Jesoa, fa "nositrany ny marary, ary natsangany ny maty, ary nampandehaniny ny malemy, ary nampahiratiny ny jamba, ary nampaladiany ny marenina; ary nataony teo anivon' ny zanak' olombelona ny karazana ^bfahagagana rehetra; ary tsy nisy na inona na inona nanaovany fahagagana raha tsy tamin' ny anaran' i Jesoa.

6 Ary dia toy izany no nahalasanan' ny taona fahavalo amby telopolo, ary koa ny fahasivy

amby telopolo sy ny fahiraika amby efapolo ary ny faharoa amby efapolo, eny, ambara-pahalasan' ny sivy amby efapolo taona, ary koa ny fahiraika amby dimampolo sy ny faharoa amby dimampolo; eny, ary ambara-pahalasan' ny sivy amby dimampolo taona.

7 Ary ny Tompo dia nampiroborobo azy izaitsizy tokoa teo amin' ny tany; eny, hany ka narenenany tanàna indray teo amin' izay nisy tanàna may.

8 Eny, na dia ilay "tanàna lehiben' i Zarahemlà aza dia nataony izay hanarenana izany indray.

9 Saingy nisy tanàna maro izay efa "nilentika, ary rano no niakatra teo amin' ny toerany; noho izany ireny tanàna ireny dia tsy azo nohavaozina.

10 Ary ankehitriny, indro, ny zava-nitranga dia nihanahery ny vahoakan' i Nefia ary nitombo faingana izaitsizy tokoa, ka nanjary vahoaka "meva sy mahafinaritra izaitsizy tokoa izy.

11 Dia naka vady izy ary nampakarina ho vady sy notahiana araka ny hamaroan' ny fampantenenana izay efa nataon' ny Tompo tamin' ny.

12 Ary tsy nandeha intsony araka ny "fombafomba sy ny satan' ny ^blalàn' i Mosesy izy; fa nandeha kosa araka ny didy izay efa noraisiny avy tamin' ny Tompony sy Andriamaniny,

[4 NEFIA]

1 3a Asa 4:32;

3 Ne. 26:19.

TSM Manokana.

5a TSM Manasitrana.

^b Jao. 14:12.

TSM Fahagagana.

8a 3 Ne. 8:8.

9a 3 Ne. 9:4, 7.

10a Mōrm. 9:6.

12a 2 Ne. 25:30;

3 Ne. 15:2-8.

^b TSM Lalàn' i

Mosesy.

nitozo tamin' ny ^afifadian-kani-na sy ny fivavahana, ary tamin' ny fiarahana mivory matetika mba hivavaka sy handre ny tenin' ny Tompo.

13 Ary ny zava-nitranga dia tsy nisy fifandirana teo anivon' ny vahoaka rehetra, teo amin' ny tany manontolo; fa nisy kosa fahagagana lehibe natao teo anivon' ny mpianatr' i Jesoa.

14 Ary ny zava-nitranga dia lasana ny taona fahiraika amby fitopolo, ary koa ny faharoa amby fitopolo, eny, ary, raha fintinina, ambara-pahalasan' ny taona fahasivy amby fitopolo; eny, dia zato taona no efa lasana, ary ny mpianatr' i Jesoa, izay efa nofinidiny, dia efa lasana avokoa nankany ^aam-paradisana' Andriamanitra, afa-tsy ny ^btelo izay tokony hitoetra; ary nisy ^ampianatra hafa ^cnotendrena ho eo amin' ny toerany; ary maro koa tamin' izany taranaka izany no efa lasana.

15 Ary ny zava-nitranga dia ^atsy nisy fifandirana teo amin' ny tany, noho ny fitiavan' Andriamanitra, izay nitoetra tao am-pon' ny vahoaka.

16 Ary ^atsy nisy fialonana, na adiady, na tabataba, na fijangajangana, na fandaingana, na vonoan' olona, na izay mety ho fomban' ny ^bfahalotoam-pitondratena; ary marina tokoa fa tsy ho nety nisy ^avahoaka sambatra kokoa toa azy teo anivon' ny

vahoaka rehetra izay noharian' ny tanan' Andriamanitra.

17 Tsy nisy mpandroba, na mpamono olona, tsy nisy koa Lamanita, na izay mety ho fombafomban' ny -ita; fa izy kosa dia ^airay, zanak' i Kristy ary mpandovan' ny fanjakan' Andriamanitra.

18 Ary notahiana erỳ izy! Fa ny Tompo dia nitahy azy tamin' izay nataony rehetra; eny, dia notahiana sy nambinina izy mandra-pahalasan' ny folo amby zato taona; ary efa lasana ny taranaka voalohany hatramin' i Kristy, ary tsy nisy fifandirana teo amin' ny tany manontolo.

19 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry i Nefia, ilay nitana ity rakitsoratra farany ity (ary notanany teo amin' ny ^atakelak' i Nefia izany), ary i Amôsa zanany lahy no nitana izany teo amin' ny toerany; ary notanany teo amin' ny takelak' i Nefia koa izany.

20 Ary notanany efatra amby valopolo taona izany, ary mbola nisy fandriampahalemana teo amin' ny tany, raha tsy teo ny ampahany vitsy tamin' ny vahoaka izay efa nikomy tamin' ny fiangonana sy nitondra teo aminy ny anaran' ny Lamanita; koa nanomboka nisy Lamanita indray teo amin' ny tany.

21 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry koa i Amôsa (ary izany dia efatra amby sivifolo

12d Môrô. 6:5;

F&F 88:76–77.

14a TSM Paradisa.

b 3 Ne. 28:3–9.

TSM Olona Novana.

d TSM Mpianatra.

e TSM Manokana.

15a TSM Fiadanana.

16a TSM Firaisan-kina.

b TSM Mitsiriritra.

d Môsià 2:41;

Almà 50:23.

TSM Fifaliana.

17a Jao. 17:21.

TSM Ziona.

19a TSM Takelaka.

amby zato taona hatramin' ny niavian' i Kristy) ary i Amôsa zanany lahy no nitana ny rakisoratra teo amin' ny toerany; ary notanany koa teo amin' ny takelak' i Nefia izany; ary nosoratana koa tao amin' ny bokin' i Nefia izany, dia ity boky ity.

22 Ary ny zava-nitranga dia efa lasana ny roanjato taona; ary efa lasana daholo ny taranaka faharoa afa-tsy vitsivitsy.

23 Ary ankehitriny, izaho Môrmôna, dia mba tiako ny hafantaranareo fa efa nitombo ny vahoaka, hany ka efa niely teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany izy ary efa tonga mpanefofo izaitsizy tokoa, noho ny firoboroboany ao amin' i Kristy.

24 Ary ankehitriny, tamin' izany taona fahiraika amby roanjato izany, dia nanomboka nisy teo anivony ireo izay tafasondrotra tao amin' ny "fiavonavonana, toy ny fiakanjoana fitafiana lafo vidy sy ny karazana voahangy soa rehetra ary ny zava-tsoan' izao tontolo izao.

25 Ary hatramin' izay fotoana izay dia tsy "niarahany nanana intsony ny haren'ny sy ny fananany.

26 Ary nanomboka ho nizazara ara-tsaranga izy; ary nanomboka nanorina "fiangonana ho an' ny tenany izy hahazoana ^btombony ary nanomboka nandà ny tena fiangonan' i Kristy.

27 Ary ny zava-nitranga, nony efa lasana ny folo amby roanjato taona, dia nisy fiangonana maro teo amin' ny tany; eny, nisy fiangonana maro izay nihambo ho mahalala an' i Kristy, ary "nolaviny anefa ny ampahany betsaka tamin' ny filazantsarany, hany ka nekeny ny karazana faharatsiana rehetra ary nanomezany izay masina ho an' izay efa ^bnandrarana izany noho ny tsy fahamendrehana.

28 Ary izany "fiangonana izany dia nitombo izaitsizy tokoa noho ny heloka sy noho ny herin' i Satana, izay nahazo vahana tao amin' ny fony.

29 Ary koa, nisy fiangonana iray hafa izay nandà an' i Kristy; ary "nenjehiny ny tena fiangonan' i Kristy, noho ny fanetren-tenany sy ny finoany an' i Kristy; ary nohamavoiny izany noho ny fahagagana maro izay efa natao teo anivony.

30 Koa nampiharany hery sy fahefana ny mpianatr' i Jesoa izay niara-nitoetra taminy, ary natsipiny tao "am-ponja izy ireo; nefa tamin' ny herin' ny tenin' Andriamanitra izay tao aminy dia nitresaka roa ny fonja, ary nivoaka avy tao izy ireo nanao fahagagana lehibe teo anivony.

31 Kanefa, ary na dia teo aza ireo fahagagana rehetra ireo, dia nanamafy ny fony ny vahoaka, ary nikatsaka ny hamono azy ireo, dia tahaka ny Jiosy tao

24a TSM Fiavonavonana.

25a 4 Ne. 1:3.

26a 1 Ne. 22:23;

2 Ne. 28:3;

Môrm. 8:32–38.

^b F&F 10:56.

TSM Komiberaky ny Mpisorona.

27a TSM Apôstazia.

^b 3 Ne. 18:28–29.

28a TSM Devoly—Ny fiangonan' ny devoly.

29a TSM Fanenjehana.

30a 3 Ne. 28:19–20.

Jerosalema izay nikatsaka ny hamono an' i Jesoa araka ny teniny.

32 Ary natsipiny tao amin' ny "memy ^bmirehitra izy ireo, ary nivoaka avy tao izy ireo tsy niharam-boina.

33 Ary natsipiny koa tao "andavaky ny bibidia izy ireo, ary izy ireo dia niara-nilalao tamin' ny bibidia, toy ny ankizy niara-nilalao tamin' ny zanak' ondry; ary nivoaka avy teo anivony izy ireo, tsy niharam-boina.

34 Na dia teo aza izany, dia nanamafy ny fony ny vahoaka, satria notarihan' ny mpisorona maro sy ny mpaminany sandoka izy hanorina fiangonana maro sy hanao ny karazana heloka rehetra. Ary "namely ny olon' i Jesoa izy; nefa ny olon' i Jesoa dia tsy namely azy kosa. Ary dia toy izany no nihemorany tao amin' ny tsy finoana sy ny faharatsiana, isan-taona isan-taona, mandra-pahalasan' ny telopolo amby roanjato taona.

35 Ary ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' izany taona izany, eny, tamin' ny taona fahiraika amby telopolo sy roanjato, dia nisy fisaraham-bazana lehibe teo anivon' ny vahoaka.

36 Ary ny zava-nitranga, tamin' izany taona izany, dia nisy vahoaka nitsangana izay nantsoina hoe ny Nefita, ary tena mpino an' i Kristy izy; ary teo anivony dia nisy ireo izay nantsoin' ny Lamanita hoe—Jakôbita sy Jôsefita ary Zôramita;

37 Koa ny tena mpino an' i Kristy sy ny tena mpivavaka amin' i Kristy (teo anivony no nisy ny "mpianatr' i Jesoa telo izay hitoetra), dia nantsoina hoe Nefita sy Jakôbita ary Jôsefita sy Zôramita.

38 Ary ny zava-nitranga dia nantsoina hoe Lamanita sy Lemoelita ary Ismaelita ireo izay nitsipaka ny filazantsara; ary ireo dia tsy nihemotra tao amin' ny tsy finoana, fa "nikomy an-tsitrapo kosa tamin' ny filazantsaran' i Kristy; ary nampianariny an-janany ny tsy tokony hinoany, dia tahaka ny nihemoran' ny razany hatrany am-piandohana.

39 Ary izany dia noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetan' ny razany, dia tahaka ny tany am-piandohana. Ary "nampianarina azy ny hankahala ny zanak' Andriamanitra, dia tahaka ny nampianarana ny Lamanita hankahala ny zanak' i Nefia hatrany am-piandohana.

40 Ary ny zava-nitranga dia efatra amby efapolo amby roanjato taona no efa lasana, ary dia toy izany ny raharahan' ny vahoaka. Ary ny ampahany ratsy indrindra tamin' ny vahoaka dia nihanahery sy nihamaro izaitzizy kokoa noho ny vahoakan' Andriamanitra.

41 Ary mbola notohizany ny fanorenana fiangonana ho an' ny tenany, ary noravahany tamin' ny karazan-java-tsarobidy rehetra izany. Ary dia toy izany

32a 3 Ne. 28:21.
b Dan. 3:26-27.
33a 3 Ne. 28:22.

34a 3 Ne. 12:39;
F&F 98:23-27.
37a 3 Ne. 28:6-7;

Môm. 8:10-11.
38a TSM Fikomiana.
39a Môsià 10:17.

no nahalasanan' ny dimampolo amby roanjato taona, ary koa ny enimpolo amby roanjato taona.

42 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nampiorina indray ny fianianana sy ny "tsikom-bakomba miafin' i Gadiantôna ny ampahany ratsy tamin' ny vahoaka.

43 Ary ny vahoaka koa izay nantsoina hoe ny vahoakan' i Nefia dia nanomboka niavonavona tao am-pony, noho ny haren-y fatratra, ary tonga nirehaka tahaka ny Lamanita rahalahiny.

44 Ary hatramin' izay fotoana izay dia nanomboka nalahelo noho ny "fahotan' izao tontolo izao ireo mpianatra.

45 Ary ny zava-nitranga, nony efa lasana ny telonjato taona, dia efa nanjary ratsy izaitsizy tokoa na ny vahoakan' i Nefia na ny Lamanita, ny andaniny tahaka ny ankilany.

46 Ary ny zava-nitranga dia niely eran' ny lafiny rehetra teo tamin' ny tany ny jirik' i Gadiantôna; ary tsy nisy izay marina afa-tsy ny mpianatr' i Jesoa. Ary volamena sy volafotsy no

nohariany betsaka, ary nanao varotra tamin' ny karazam-ba-rotra rehetra izy ireo.

47 Ary ny zava-nitranga, nony efa lasana ny dimy amby telonjato taona, (ary ny vahoaka dia mbola nijanona tao amin' ny faharatsiana ihany), dia nodimandry i Amôsa; ary i Amarôna rahalahiny no nitana ny rakitsoratra teo amin' ny toerany.

48 Ary ny zava-nitranga, nony efa lasana ny roapolo sy telonjato taona dia nanafina ny "rakitsoratra izay masina, i Amarôna rehefa noteren' ny Fanahy Masina—eny, dia ny rakitsoratra masina rehetra izay efa nifanoloran' ny taranaka fara mandimby, izay masina—dia roapolo sy telonjato taona hatramin' ny fiavian' i Kristy.

49 Ary izy dia nanafina izany ho an' ny Tompo mba "hivoahan' izany indray ho an' ny sisa tavela amin' ny mpianakavin' i Jakoba, araka ny famanianana sy ny fampanantenan' ny Tompo. Ary dia toy izany no fiafaran' ny rakitsoratr' i Amarôna.

NY BOKIN' I MÔRMÔNA

TOKO 1

Namepetra an' i Môrmôna momba ny rakitsoratra masina i Amarôna—Niandoha ny ady teo amin' ny

Nefita sy ny Lamanita—Nesorina hiala ny Nefita Telo lahy—Nanjaka ny faharatsiana, ny tsy finoana, ny famosaviana ary ny famorehana. Tokony ho 321–326 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny, izaho "Môr-môna dia manao ny ^brakis-toratra ny amin' ny zavatra izay sady efa reko no hitako, ary antsoiko hoe ny Bokin' i Môrmôna izany.

2 Ary tamin' ny fotoana izay nanafenan' i "Amarôna ny rakis-toratra ho an' ny Tompo, dia tonga tao amiko izy (tokony ho folo taona aho ary nanomboka ^bnianatra misimisy ihany araka ny fomba fianaran' ny oloko) ary hoy i Amarôna tamiko: Takatro fa ankizy matotra ianao ary faingam-pandinika;

3 Noho izany, rehefa tokony ho efatra amby roapolo taona ianao, dia mba tiako ny hahatsiarovanao ny zavatra izay efa nodinihinao momba ity vahoaka ity; ary rehefa mby amin' izay taona izay ianao, dia mandehana any an-tanin' i Antoma, mankamin' ny vohitra iray izay hantsoina hoe i "Sîma; ary ao no efa nametrahako ho an' ny Tompo ny soratra masina voasokitra rehetra momba ity vahoaka ity.

4 Ary indro, halainao ho anao ny "takelak' i Nefia, ary ny sisa dia havelanao eo amin' ny toerana izay misy azy; ary hosokirinao eo amin' ny takelak' i Nefia ny zava-drehetra izay efa nodinihinao momba ity vahoaka ity.

5 Ary izaho Môrmôna, izay tamingan' i "Nefia (ary ny anaran-draiko dia i Môrmôna), dia

nahatsiaro ny zavatra izay nandidian' i Amarôna ahy.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa feno iraika ambin' ny folo taona aho, dia nentin' ny raiko nan-kamin' ny tany andafiatsimo, dia tany an-tanin' i Zarahemlà.

7 Efa rakotra fanorenana ny lafiny manontolo tamin' ny tany, ary ny vahoaka dia maro saika toy ireny fasiky ny ranomasina ireny.

8 Ary ny zava-nitranga, tamin' io taona io, dia nanomboka nisy ady teo amin' ny Nefita izay nahitana ny Nefita sy ny Jakôbita, ary ny Jôsefita sy ny Zôramita; ary izany ady izany dia teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita, ary ny Lemoelita sy ny Ismaelita.

9 Ankehitriny ny Lamanita sy ny Lemoelita ary ny Ismaelita dia nantsoina hoe Lamanita, ary ny andaniny roa dia ny Nefita sy ny Lamanita.

10 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nisy ady teo anivony tao amin' ny sisin-tanin' i Zarahemlà, tao akaikin' ny ranon' i Sidôna.

11 Ary ny zava-nitranga dia efa nahatafavory miaraka vatan-dehilahy marobe ny Nefita, ka nihoatra ny telo alina ny isany. Ary ny zava-nitranga tamin' io taona io ihany dia efa nananady maro izy ireo, izay nandrensen' ny Nefita ny Lamanita sy namonoany ny maro taminy.

12 Ary ny zava-nitranga dia notsoahan' ny Lamanita ny fi-

[MÔRMÔNA]

1 1a TSM Môrmôna,
Mpaminany Nefita.
b 3 Ne. 5:11-18.

2a 4 Ne. 1:47-49.

b Môsià 1:3-5.

3a Etera 9:3.

4a TiM 1:1, 11.

TSM Takelaka.

5a 3 Ne. 5:12, 20.

kasany, ka dia nisy fandriampahalemana niorina teo amin' ny tany; ary naharitra efa-taona teo ho eo ny fandriampahalemana, ka dia tsy nisy fandatsahan-dra.

13 Nefa nanjaka ny faharatsiana teo amin' ny lafin' ny tany manontolo, hany ka ny Tompo dia nanaisotra ny "mpianany malala, ary ny asan' ny fahagagana sy ny fanasitranana dia nitsahatra noho ny heloky ny vahoaka.

14 Ary tsy nisy intsony "fanomezam-pahasoavana avy tany amin' ny Tompo, ary ny ^bFanahy Masina dia tsy nidina intsony na tamin' iza na tamin' iza, noho ny helony sy ny "tsy finoany.

15 Ary izaho dia feno dimy ambin' ny folo taona sy efa somary mato-tsaina ihany, noho izany aho dia novangian' ny Tompo sy nanandrana ary nahafantatra ny amin' ny hatsaram-pon' i Jesoa.

16 Ary niezaka aho ny hitory amin' ity vahoaka ity, saingy nakombona ny vavako ary norarana aho tsy hitory aminy; satria indro efa "nikomy an-tsitrapo tamin' Andriamaniny izy; ary ny mpianatra malala dia ^bnesorina hiala ny tany noho ny helony.

17 Fa nijanona teo anivony aho, saingy norarana aho tsy hitory aminy, noho ny hamafin' ny fony; ary noho ny hamafin' ny

fony dia "nozonina ny tany noho ny aminy.

18 Ary ireo jirik' i Gadiantôna ireo, izay teo anivon' ny Lama-nita, dia nanenika ny tany, hany ka ny mponina teo aminy dia nanomboka nanafina ny "hareny tao anaty tany; ary nanjary nalama ireny, satria efa nanazona ny tany ny Tompo, ka dia tsy azony nohazonina na notanana ireny.

19 Ary ny zava-nitranga dia nisy ny famosaviana sy ny famorehana ary ny fanova-maso; ary ny herin' ilay ratsy dia niasa eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany, ho fanatanterahana ny tenin' i Abinadia rehetra, ary koa ny an' i Samoela ilay Lamanita.

TOKO 2

Nitarika ny miaramila Nefita i Môrmôna — Nandrakotra ny tany ny ra sy ny fandripahana — Nitolo-loko sy nitomany tamin' ny alahe-lon' ny voaozona ny Nefita — Lasa ny andron' ny fankasitrahana azy — Nahazo ny takelak' i Nefia i Môrmôna — Nitohy ny ady. Tokony ho 327–350 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga, tamin' io taona io ihany, dia nanomboka nisy indray ny ady teo amin' ny Nefita sy ny Lamanita. Ary na dia teo aza ny maha-tanora ahy, dia vaventy tsanganana aho; koa ny vahoakan' i Nefia dia

13a 3 Ne. 28:2, 12.

14a Môrô. 10:8–18, 24.

^b TSM Fanahy Masina.

^d TSM Tsy Finoana.

16a TSM Fikomiana.

^b Môrm. 8:10.

17a 2 Ne. 1:7;

Almà 45:10–14, 16.

18a Hel. 13:18–20;

Etera 14:1–2.

nanendry ahy ho mpitondra azy, na ho mpitondra ny miaramilany.

2 Koa ny zava-nitranga, tamin' ny fahenina ambin' ny folon' ny taonako, dia nandeha teo alohan' ny miaramilan' ny Nefita aho hiady amin' ny Lamanita; ary enina amby roapolo sy telonjato taona no efa lasana.

3 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahafito amby roapolo sy telonjato, dia nisovoka anay niaraka tamin' ny hery lehibe izaitsizy tokoa ny Lamanita, ka nampihorohoro ny miaramilako; koa tsy te hiady izy, ary nanomboka nisintona nankany amin' ny tany avaratra izy.

4 Ary ny zava-nitranga dia tonga tao an-tanànan' i Angôlà izahay ary nandray ny fizakana ny tanàna sy nanao fiomanana hiarovana ny tenanay amin' ny Lamanita. Ary ny zava-nitranga dia nohamafisinay araka ny herinay ny tanàna; nefa na dia teo aza ny fanamafisana rehetra nataonay, dia nisovoka anay ny Lamanita ary nanosika anay hiala ny tanàna.

5 Ary natosiny koa izahay hiala ny tanin' i Davida.

6 Ary nandeha izahay ary tonga tao an-tanin' i Josoa, izay tao amin' ny sisin-tany andrefana akaikin' ny morondranomasina.

7 Ary ny zava-nitranga dia nangoninay faingana araka izay tratra ny olonay mba hahazoanay mampivondrona azy ho antoko iray.

8 Nefa indro, feno mpandroba sy Lamanita ny tany; ary na dia

teo aza ny famongorana lehibe izay nihantona teo ambonin' ny oloko, dia tsy nibebaka tamin' ny ratsy fanaony izy; koa nisy ny ra sy ny fandripanana nipariaka eran' ny lafiny rehetra teo amin' ny tany, na tamin' ny andaniny Nefita na koa tamin' ny ankilany Lamanita; ary fiovampenitra tanteraka izany eran' ny lafiny rehetra teo amin' ny tany.

9 Ary ankehitriny dia nanana mpanjaka ny Lamanita, ary i Aharôna no anarany; ary tonga izy hiady aminay niaraka tamin' ny miaramila efatra arivo sy efatra alina. Ary indro, nanohitra azy aho niaraka tamin' ny roa arivo sy efatra alina. Ary ny zava-nitranga dia nandresy azy aho niaraka tamin' ny miaramilako ka dia nandositra teo anoloako izy. Ary indro, izany rehetra izany no nitranga, ary efa lasana ny telopolo sy telonjato taona.

10 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nibebaka tamin' ny helony ny Nefita ary nanomboka nitalaho toy ny efa namanian' i Samoela mpaminany izany izy; satria indro tsy nisy olona afaka nitana izay azy, noho ny mpangalatra sy ny mpandroba, ary ny mpamono olona, ary ny fanova-maso sy ny famorehana izay nisy teo amin' ny tany.

11 Dia toy izany no nanomboka nisian' ny fitomaniana sy ny fitolokoana teo amin' ny tany manontolo noho ireo zavatra ireo, ary indrindra indrindra teo anivon' ny vahoakan' i Nefia.

12 Ary ny zava-nitranga, rehe-

fa nahita ny fitolokoany sy ny fitomaniany ary ny alahelony teo anoloan' ny Tompo izaho Môrmôna, dia nanomboka nifaly tao anatiko ny foko, noho ny fahalalako ny famindram-po sy ny faharipon' ny Tompo, noho ny fiheverana fa ho feno famindram-po aminy Izy ka ho tonga vahoaka marina indray izy.

13 Nefa indro zava-poana izany fifaliako izany, fa tsy nankamin' ny fibebahana ny "alahelony, noho ny hatsaram-pon' Andriamanitra; fa vao mainka izany alahelon' ny ^bvoaozona, satria ny Tompo dia tsy te hamea azy mandrakariva hahazo "fahasambarana ao amin' ny fahotana.

14 Ary tsy nanatona an' i Jesoa tamin' ny "fo torotoro sy ny fanahy manenina izy, fa ^bnanozona kosa an' Andriamanitra sy naniry ny ho faty. Na dia teo aza izany dia niady tamin' ny sabatra izy ho an' ny ainy.

15 Ary ny zava-nitranga dia niverina tamiko indray ny alaheloko, ary nahita aho fa "efa lasana ny ^bandrom-^dpankasitrahana ho azy, na ara-nofa na ara-panahy; satria hitako ny an' arivony taminy nojinjaina tamin' ny fikomiana an-kitsirano tamin' Andriamaniny sy nifanongoa toy ny zezika tambonin' ny tany. Ary dia toy izany no efa nahalasanan' ny efa amby efapolo sy telon-jato taona.

16 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahadimy amby efapolo sy telon-jato, dia nanomboka nandositra teo anoloan' ny Lamanita ny Nefita; ary nenjehina izy ambara-pahatongany tao an-tanin' i Jasôna, talohan' ny nahafahana nanajanona azy tamin' ny fiheomorany.

17 Ary ankehitriny, ny tanànan' i Jasôna dia akaikin' ny "toerana izay efa nametrahan' i Amarôna ireo rakitsoratra ho an' ny Tompo mba tsy haharava azy ireny. Ary indro efa nandeha aho araka ny tenin' i Amarôna ary naka ny takelak' i Nefia sy nanao rakitsoratra araka ny tenin' i Amarôna.

18 Ary teo amin' ny takelak' i Nefia no nanaovako ny fitantarana feno ny amin' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana rehetra; saingy teo amin' ireto "takelaka ireto kosa dia noferako ny fanaovana fitantarana feno ny amin' ny faharatsiany sy ny fahavetavetany, satria indro, ny sarin' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana mandrakariva no efa teo anoloan' ny masoko hatrizay naha-vantotr' olona ahy ka nitazanako ny lalan' ny olona.

19 Ary lozako noho ny faharatsiany; fa efa nofenoina alahelo ny foko, tamin' ny androko rehetra, noho ny faharatsiany; na dia teo aza izany dia fantatro

2 13a 2 Kor. 7:10;

Almà 42:29.

^b TSM Fahamelohana.

^d Almà 41:10.

14a TSM Fo Torotoro.

^b TSM Manevateva.

15a Jer. 8:20;

F&F 56:16.

^b Hel. 13:38

^d TSM Fahasoavana.

17a Môrm. 1:1-4.

18a TSM Takelaka.

fa “hasandratra aho amin’ ny andro farany.

20 Ary ny zava-nitranga, tamin’ io taona io, dia nohazaina sy nenjehina indray ny vahoakan’ i Nefia. Ary ny zava-nitranga dia nenjehina izahay mandra-pahatonganay tao andafiavaratry ny tany izay nantsoinay hoe Sema.

21 Ary ny zava-nitranga dia nohamafisinay ny tanànan’ i Sema, ary dia nangoninay tao araka izay tratra ny olonay, fa angamba mba ho azonay vonjena amin’ ny famongorana izy.

22 Ary ny zava-nitranga tamin’ ny taona fahenina amby efapolo sy telonjato dia natombony indray ny fanafihana anay.

23 Ary ny zava-nitranga dia niteny tamin’ ny oloko aho ary namporisika azy tamin-kery lehibe mba hijoroany amim-pahasahiana tokoa eo anoloan’ ny Lamanita ary “hiadiany ho an’ ny vadiny sy ny zanany, ary ny tranony sy ny akaniny.

24 Ary ny teniko dia somary nanentana azy ihany hatanjatsaina, hany ka tsy nandositra teo anoloan’ ny Lamanita izy, fa nijoro tamim-pahasahiana tokoa nanohitra azy.

25 Ary ny zava-nitranga dia miaramila telo alina izahay no niady tamin’ ny miaramila dimy alina. Ary ny zava-nitranga dia notoherinay tamim-pahasahiana toy izany izy ka dia nandositra teo anoloanay.

26 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandositra izy, dia nanenjika

azy niaraka tamin’ ny miaramilanay izahay ary nifanandrina taminy sy nandresy azy; kanefa tsy tao aminay ny herin’ ny Tompo; eny, honjohonjon’ ny tenanay samirery, fa ny Fanahin’ ny Tompo dia tsy nitoetra tao aminay; koa efa tonga nalemy toy ny rahalahinay izahay.

27 Ary nalahelo ny foko noho ity antambo lehibe teo amin’ ny oloko ity, noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany. Nefa indro, nandeha izahay niady tamin’ ny Lamanita sy ny jirik’ i Gadiantôna, mandra-pahazoanay indray ny fizakana ny tany lovanay.

28 Ary efa lasana ny taona fahasivy amby efapolo sy telonjato. Ary tamin’ ny taona fahadimampolo sy telonjato dia nanao fifanekena tamin’ ny Lamanita sy ny jirik’ i Gadiantôna izahay, tamin’ izany no nahazoanay ny tany lovanay voazarazara.

29 Ary nomen’ ny Lamanita anay ny tany andafiavaratra, eny, na dia hatreo amin’ ny “vozon-tany ety izay nitondra nankamin’ ny tany andafiatsimo aza. Ary izahay dia nanome ny tany andafiatsimo rehetra ho an’ ny Lamanita.

TOKO 3

Niantso ny Nefita hibe-baka i Môrmôna—Nahazo fandresena lehibe ireo ary nankalaza ny heriny ihany—Nandà ny hitarika azy i Môrmôna, ary tsy niaraka tamin’

ny finoana ny fivavany ho azy— Manasa ny fokon' i Isiraely roa amin' ny folo ny Bokin' i Môrmôna mba hino ny filazantsara. Tokony ho 360-362 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia tsy tonga mba hiady indray ny Lamanita raha tsy efa lasana ny folo taona mahery. Ary indro, efa nampiasa ny Nefita oloko aho tamin' ny fanomanana ny taniny sy ny fiadiany hiatrehina ny fotoana hiadiana.

2 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompo tamiko: Antsoy amin' ity vahoaka ity hoe— Mibebaha ianareo ary mankana atỳ Amiko, ary aoka hatao batisa sy hanorina indray ny Fianganako, ary dia hotsimbina nina ianareo.

3 Ary izaho dia niantso ity vahoaka ity, nefa zava-poana izany; ary tsy tsapany fa ny Tompo no efa nitsimbina azy sy nanome azy fotoana hibebahana. Ary indro nanamafy ny fony tamin' ny Tompo Andriamaniny izy.

4 Ary ny zava-nitranga, nony efa lasana ity taona fahafolo ity, ka ny fitambarany dia manome enimpolo sy telonjato taona hatramin' ny niavian' i Kristy, dia nandefa taratasy tamiko ny mpanjakan' ny Lamanita, izay nampahafantatra ahy fa efa nio-mana izy ny ho tonga indray hiady aminay.

5 Ary ny zava-nitranga dia nataoko izay hahatafavory ny oloko miaraka tao an-tany

Faharavana, tao amin' ny tanàna izay tao amin' ny sisin-tany, akaikin' ny vozon-tany izay mitondra mankamin' ny tany andafiatsimo.

6 Ary tao izahay no nametraka ny miaramilanay mba hahazoanay misakana ny miaramilan' ny Lamanita, mba tsy hahazoanay maka ny fizakana na inona na inona amin' ny taninay; noho izany izahay dia nanamafy tamin' ny herinay rehetra hanoharana azy.

7 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahiraika amby enimpolo sy telonjato, dia nidina tao an-tanànan' i Faharavana ny Lamanita hiady aminay; ary ny zava-nitranga, tamin' io taona io, dia nandresy azy izahay, hany ka niverina tany amin' ny taniny ihany indray izy.

8 Ary tamin' ny taona faharoa amby enimpolo sy telonjato dia nidina indray izy mba hiady. Ary nandresy azy indray izahay ary namono ny maro tokoa taminy, ary natsipy tany andranomasina ny maty taminy.

9 Ary ankehitriny, noho izany zava-dehibe izay efa nataon' ny Nefita oloko izany, dia nanomboka "nirehareha noho ny tanjany izy ary nanomboka nianiana teo anoloan' ny lanitra, fa izy dia hamaly faty ny ran' ny rahalahiny izay efa novonoin' ny fahavalony.

10 Ary izy dia nianiana tamin' ny lanitra, ary koa tamin' ny seza fiandrianan' Andriamandriana, fa "handeha hiady amin' ny

fahavalony sy hamongotra azy tambonin' ny tany.

11 Ary ny zava-nitranga, dia nandà tanteraka izaho Môrmôna hatramin' izay fotoana izay ny tsy ho komandy sy ny tsy ho mpitondra ity vahoaka ity, noho ny faharatsiany sy ny fahavetavetany.

12 Indro, efa nitarika azy aho, na dia teo aza ny faharatsiany, efa nitarika azy imbetsaka aho tamin' ny ady ary efa tia azy, araka ny "fitiavan' Andriamanitra izay tao amiko tamin' ny foko manontolo; ary efa noborahiko ny fanahiko tao amin' ny fivavako tamin' Andriamanitra nandritra ny manontolo andro ho azy; kanefa dia ^btsy nombam-pinoana izany noho ny hamafin' ny fony.

13 Ary intelo aho no efa nanafaka azy hiala teo an-tanan' ny fahavalony, ary tsy nibebaka tamin' ny fahotany ihany izy.

14 Ary nony efa nianiana tamin' izay rehetra efa "nandran' i Jesoa Kristy Tomponay sy Mpamonjy anay izy, fa handeha hiakatra hiady amin' ny fahavalony ary hamaly faty ny ran' ny rahalahiny, dia indro tonga tamiko ny feon' ny Tompo, nanao hoe:

15 Ahy ny "famaliana, ary Izaho no ^bhamaly; ary satria tsy nibebaka ity vahoaka ity taorian' ny efa nanafahako azy, dia indro, hofongorana eto ambonin' ny tany izy.

16 Ary ny zava-nitranga dia nolaviko tanteraka ny hiakatra hiady amin' ny fahavaloko; ary dia nataoko araka izay efa nandidian' ny Tompo ahy; ary dia nijoro ho toy ny vavolombelona mpitan-damba aho mba haneho amin' izao tontolo izao ny zavatra izay hitako sy reko, araka ny fanehoan' ny Fanahy izay efa nanambara ny amin' ny zavatra ho avy.

17 Koa manoratra "aminareo Jentilisa aho, ary koa aminareo, mpianakavin' i Isiraely, fa rehefa hiantomboka ny asa, ka ianareo dia efa madiva hiomana ny hiverina any amin' ny tany lovanareo;

18 Eny, indro, manoratra amin' ny faran' ny tany rehetra aho; eny, aminareo fokon' i Isiraely roa ambin' ny folo, izay "hotsarain' ny roambinifololahy izay nofinidin' i Jesoa tao an-tanin' i Jerosalema mba ho mpianany, araka ny asanareo.

19 Ary manoratra koa amin' ny sisa tavela amin' ity vahoaka ity aho, izay hotsarain' ny "roambinifololahy koa, izay nofinidin' i Jesoa teo amin' ity tany ity; ary ireo dia hotsarain' ny roambinifololahy hafa izay nofinidin' i Jesoa tao an-tanin' i Jerosalema.

20 Ary asehon' ny Fanahy ahy ireo zavatra ireo; koa manoratra aminareo rehetra aho. Ary noho izao antony izao no anoratako aminareo, dia ny mba hahafantarareo fa tsy maintsy mijoro

12a TSM Fitiavana.
b Môrm. 5:2.
14a 3 Ne. 12:34-37.
15a TSM Valifaty.

b F&F 82:23.
17a 2 Ne. 30:3-8;
3 Ne. 29:1.
18a Mat. 19:28;

Lio. 22:29-30;
F&F 29:12.
19a 1 Ne. 12:9-10.

avokoa eo anoloan' ny "toeram-pitsaran' i Kristy ianareo, eny, ny olona tsirairay izay isan' ny ^bfianakavian' olombelona manontolo avy amin' i Adama; ary tsy maintsy mijoro ianareo mba hotsaraina araka ny asanareo, na tsara izany na ratsy;

21 Ary koa ny mba "hinoanareo ny filazantsaran' i Jesoa Kristy, izay ho azonareo eo anivonareo; ary koa ny mba hananan' ny ^bJiosy izay vahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo, ^dvavolombelona hafa ankoatra ilay efa hitany sy reny, fa i Jesoa izay novonoiny, no "tena Kristy sy tena Andriamanitra.

22 Ary mba tiako ny hahafahako mandresy lahatra "anareo rehetra faran' ny tany mba hibe-baka sy hiomana ny hijoro eo anoloan' ny toeram-pitsaran' i Kristy.

TOKO 4

Nitohy ny ady sy ny fandripahana —Ny ratsy nanafay ny ratsy— Nanjaka ny faharatsiana lehibe kokoa noho ny teo aloha teo amin' i Isiraely manontolo— Natao sorona tamin' ny sampy ny vehivavy sy ny ankizy— Nanomboka nifaoka ny Nefita teo anoloany ny Lamanita. Tokony ho 363–375 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahatelo amby enimpolo sy telonjato, dia nandeha niakatra niaraka ta-

min' ny miaramilany ny Nefita hiady amin' ny Lamanita, tany ivelan' ny tanin' i Faharavana.

2 Ary ny zava-nitranga dia voatosika indray hiverina any an-tanin' i Faharavana ny miaramilan' ny Nefita. Ary raha mbola trotraka izy, dia nisovoka azy ny miaramila vaon' ny Lamanita; ary dia nangotraka ny ady teo amin' izy ireo, hany ka ny Lamanita dia nandray ny fizakana ny tanànan' i Faharavana sy namono ny maro tamin' ny Nefita ary naka sambobelona maro.

3 Ary ny ambiny dia nandositra sy nitambatra tamin' ny mponin' ny tanànan' i Teankoma. Ankehitriny ny tanànan' i Teankoma dia niorina tao amin' ny sisintany akaikin' ny morondranomasina; ary izany koa dia akaikin' ny tanànan' i Faharavana.

4 Ary "noho ny miaramilan' ny Nefita nandeha niakatra tany amin' ny Lamanita no nanombohany ho voakapoka; fa raha tsy izany, dia tsy ho nety nanankery taminy ny Lamanita.

5 Nefa, indro, hanatratra ny ratsy ny fitsaran' Andriamanitra; ary amin' ny alalan' ny olon-dratsy no "amaizana ny olon-dratsy; fa ny olon-dratsy no mamoky ny fon' ny zanak' olombelona ho amin' ny fandasahan-dra.

6 Ary ny zava-nitranga dia nanao fiomanana hanafihana

20a TSM Fitsarana
Farany, Ny.
b F&F 27:11.
21a F&F 3:20.

b TSM Jiosy.
d 2 Ne. 25:18.
e 2 Ne. 26:12;
Môsîà 7:27.

22a Almà 29:1.
4 4a Môrm. 3:10.
5a F&F 63:33.

ny tanànan' i Teankoma ny Lamanita.

7 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahefatra amby enim-polo sy telonjato, dia nanafika ny tanànan' i Teankoma ny Lamanita mba hahazoany mandray ny fizakana ny tanànan' i Teankoma koa.

8 Ary ny zava-nitranga dia voatosika izy ary voatosiky ny Nefita hiverina. Ary nony nahita ny Nefita fa efa voatosiny ny Lamanita, dia nirehaka indray izy noho ny tanjany ihany; ary nandeha tamin' ny tanjany ihany izy ary nandray indray ny fizakana ny tanànan' i Faharavana.

9 Ary ankehitriny dia ireo zavatra rehetra ireo no efa vita, ary efa nisy an' arivony no efa voavono tamin' ny andaniny roa, na tamin' ny Nefita, na tamin' ny Lamanita.

10 Ary ny zava-nitranga dia efa lasana ny taona fahenina amby enim-polo sy telonjato, ary tonga indray teo amin' ny Nefita ny Lamanita mba hiady; ary tsy mbola nibebaka tamin' ny ratsy izay efa nataony ny Nefita, fa nikiry mandrakariva kosa tamin' ny faharatsiany.

11 Ary tsy ho vitan' ny lela ny hitantara, na ny olona ny hanoratra fitantarana feno ny fisehoan-javatra mahatsiravina momba ny ra sy ny fandripahana izay nisy teo anivon' ny vahoaka, na teo amin' ny Nefita na teo amin' ny Lamanita; ary nihamafy ny fo tsirairay ka

dia finaritra mandrakariva tao amin' ny fandatsahan-dra izy ireo.

12 Ary tsy nisy na oviana na oviana "faharatsiana lehibe tokoa toy izay nisy teo anivon' ity vahoaka ity teo anivon' ny zanak' i Lehia rehetra, na dia teo anivon' ny mpianakavin' i Isiraely rehetra aza, araka ny tenin' ny Tompo.

13 Ary ny zava-nitranga dia nandray ny fizakana ny tanànan' i Faharavana ny Lamanita, ary izany dia noho ny "isany nihoatra ny isan' ny Nefita.

14 Ary nandeha koa izy nanohitra ny tanànan' i Teankoma ary nandroaka ny mponina hiala tao sy naka sambobelona maro, na vehivavy na ankizy, ary nanatitra ireny ho sorona tamin' ny "sampy andriamaniny.

15 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahafito amby enim-polo sy telonjato, dia tezitra ny Nefita, satria efa nataon' ny Lamanita sorona ny vadiny sy ny zanany, ka dia nandeha izy niady tamin' ny Lamanita tamin' ny fahatezerana lehibe izaitsizy tokoa, hany ka nandresy indray ny Lamanita izy ary nanosika azy hiala ny taniny.

16 Ary tsy niverina indray hiady amin' ny Nefita ny Lamanita raha tsy tamin' ny taona fahadimy amby fitopolo sy telonjato.

17 Ary tamin' io taona io izy dia nidina hiady tamin' ny Nefita tamin' ny heriny rehetra; ary tsy voaisa izy noho ny habetsahan' ny isany.

TOKO 5

18 Ary "hatramin' izay fotoana izay dia tsy nahazo fandresena tamin' ny Lamanita ny Nefita, fa nanomboka kosa ho nofaohiny toy ny ando teo anoloan' ny masoandro.

19 Ary ny zava-nitranga dia nidina ny Lamanita nanafika ny tanànan' i Faharavana; ary nisy ady nangotraka izaitsizy tokoa nifanandrinana tao antanin' i Faharavana, ka tamin' izany no nandreseny ny Nefita.

20 Ary nandositra teo anoloany indray izy ary tonga tao an-tanànan' i Boaza; ary tao izy no nanohitra ny Lamanita tamim-pahasahiana fatratra, hany ka tsy nandresy azy ny Lamanita raha tsy efa niverina fanindroany indray.

21 Ary nony efa tonga fanindroany izy dia voatosika ny Nefita ary voaripaka tamin' ny fandripahana lehibe izaitsizy tokoa; ny vehivaviny sy ny zanany dia natao sorona indray tamin' ny sampy.

22 Ary ny zava-nitranga dia nandositra teo anoloany indray ny Nefita, naka ny mponina rehetra hiaraka aminy na tamin' ny tanàna na vohitra.

23 Ary ankehitriny izaho Môrmôna, rehefa nahita fa efa nila hahenika ny tany ny Lamanita, dia nandeha nankamin' ny havoanan' i "Sîma sy naka ny rakitsoratra rehetra izay efa nafenin' i Amarôna ho an' ny Tompo.

Nitarika indray ny miaramila Nefita tamin' ny ady feno ra sy fandripahana i Môrmôna—Hivoaka ny bokin' i Môrmôna mba hantresy lahatra an' i Isiraely rehetra fa i Jesoa no Kristy—Noho ny tsy finoany dia haely patrana ny Lamanita, ary hitsahatra ny hitaona azy ny Fanahy—Handray ny filazantsara avy amin' ny Jentilisa izy amin' ny andro farany. Tokony ho 375-384 taorian' i J.K.

ARY ny zava-nitranga dia nandeha tany anivon' ny Nefita aho ary nibebaka tamin' ny "fianianana izay efa nataoko fa tsy hanampy azy intsony; ary nomeny ahy indray ny fibaikoana ny miaramilany, satria niandrandra ahy ho toy ny mety hahafaka azy amin' ny fahoriany izy.

2 Nefa indro, "tsy nombampanantenana aho, satria nahalala ny fitsaran' ny Tompo izay hihatra aminy; satria tsy nibebaka tamin' ny helony izy, fa niady kosa ho an' ny ainy, tsy niaraka tamin' ny fiantsoana an' Ilay efa nahary azy.

3 Ary ny zava-nitranga dia tonga hiady aminay ny Lamanita raha nandositra nankany antanànan' i Jordana izahay; nefa indro, voatosika hiverina izy ka tsy nahafaka ny tanàna tamin' izay fotoana izay.

4 Ary ny zava-nitranga dia tonga indray izy hiady aminay, ary notananay ny tanàna. Ary

nisy koa tanàna hafa izay notanan' ny Nefita, dia toeram-pamaharana izay nisakana azy ka tsy nahafahany niditra ny tany izay niampatra teo anoloanay mba hamongotra ny mponin' ny taninay.

5 Nefa ny zava-nitranga dia na taiza na taiza toerana izay efa nandalovanay, ary tsy nitambatambatra ny mponina taminy, dia noravan' ny Lamanita, ary ny tanànany sy ny vohiny ary ny tanàn-dehibeny dia nodorana tamin' ny afo; ary dia toy izany no efa nahalasanan' ny sivy amby fitopolo sy telonjato taona.

6 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona fahavalopolo sy telonjato, dia tonga teo aminay indray ny Lamanita mba hiady, ary notoherinay tamim-pahasahiana tokoa izy; nefa zava-poana daholo izany, fa betsaka loatra ny isany ka dia nohosihoseny teo ambany tongony ny vahoakan' ny Nefita.

7 Ary ny zava-nitranga dia nandositra indray izahay, ary ireo izay faingana kokoa ny fandosirany noho ny an' ny Lamanita dia tafatsoaka, ary ireo izay tsy nihoatra ny Lamanita ny fandosirany dia nofaohana sy nofongorana.

8 Ary ankehitriny indro, izaho Môrmôna dia tsy maniry ny handrotidrotika ny fanahin' ny olona amin' ny fampiharihariana eo anoloany ny fisehoan-javatra mahatsiravina toy izao ra sy fandripahana izay nitranga

teo anoloan' ny masoko izao; nefa, noho ny fahafantarako fa tsy maintsy ampahafantarina marina tokoa ireny zavatra ireny ary ny zavatra rehetra izay miafina dia tsy maintsy "ambara eo ambonin' ny tampon-trano—

9 Ary ny fahafantarana ireny zavatra ireny koa dia tsy maintsy ho "tonga any amin' ny sisa tavela amin' ireto vahoaka ireto, ary any amin' ny Jentilisa koa, izay efa nolazain' ny Tompo fa ^bhampihahaka ity vahoaka ity, ary ity vahoaka ity dia hoheverina ho toy ny tsinontsinona eo anivony—noho izany aho dia manoratra "famintinana kely, tsy sahy manome fitantarana feno ny amin' ny zavatra izay efa hitako, noho ny didy izay efa noraisiko, ary koa mba tsy hanananareo alahelo fatratra loatra noho ny faharatsian' ity vahoaka ity.

10 Ary ankehitriny indro, izany no teneniko amin' ny taranany, ary koa amin' ny Jentilisa izay miahy ny mpianakavin' i Isiraely, izay mahatsapa sy mahafantatra hoe avy aiza ny fitahiana azy.

11 Satria fantatro fa ny toa azy dia halahelo noho ny antambo amin' ny mpianakavin' i Isiraely; eny, halahelo izy noho ny famongorana ity vahoaka ity; halahelo izy fa tsy nibebaka ity vahoaka ity mba hahazoana mamihina azy eo an-tsandin' i Jesoa.

12 Ankehitriny "ireny zavatra

8a Lio. 12:2-3;
2 Ne. 27:11; F&F 1:3.
9a 4 Ne. 1:49.

b 3 Ne. 16:8.
d Môrm. 1:1.
12a Enôsa 1:16;

Hel. 15:11-13.
TSM Bokin' i
Môrmôna.

ireny dia voasoratra ho an' ny ^bsisia tavela amin' ny mpianakavin' i Jakoba; ary voasoratra araka izany fomba izany izy ireny, satria fantatr' Andriamanitra fa ny faharatsiana dia tsy hitondra azy ireny hankany aminy; ary tsy maintsy ^aafenina ho an' ny Tompo izy ireny mba hahazoan' izy ireny mivoaka amin' ny fotoana mahamety izany Aminy.

13 Ary izany no didy izay efa noraisiko; ary indro, izy ireny dia hivoaka, araka ny didin' ny Tompo, rehefa ho hitany ao amin' ny fahendreny ny mahamety izany.

14 Ary indro, handeha any amin' ny tsy mpino amin' ny "Jiosy izy ireny; ary noho izao fikasana izao no handehanan' ny—mba hahazoana ^bmandresy lahatra azy, fa i Jesoa no i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra velona; mba hahazoan' ny Ray manatanteraka, amin' ny alalan' Ilay Malalany indrindra, ny fikasany lehibe sy mandraki-azy, dia ny fampodiana ny Jiosy, na ny mpianakavin' Isiraely rehetra, any amin' ny tany lovany, izay efa nomen' ny Tompo Andriamaniny azy ho fanatanterahina ny ^dfanekempihavanany;

15 Ary koa mba hahazoan' ny taranak' "ity vahoaka ity mino tanteraka kokoa ny filazantsarany, izay ^bhandeha hankany

aminy avy any amin' ny Jentilisa; fa ^dhahahaka ity vahoaka ity izy ary "hanjary vahoaka matroka sy maloto ary maharikoriko lavitra noho ny fitantarana an' izay efa nisy teo anivonay, eny, na dia izay efa nisy teo anivon' ny Lamanita aza, ary izany dia noho ny tsy finoany sy ny fanompoan-tsampiny.

16 Satria indro, ny Fanahin' ny Tompo dia efa nitsahatra ny "nitaona sahadry ny razany; ary tsy miaraka amin' i Kristy sy Andriamanitra izy eo amin' izao tontolo izao; ary avezivezy toy ny ^bakofa eo anoloan' ny rivotra izy.

17 Vahoaka nahafinaritra izy fahiny ary nanana an' i Kristy ho "mpiandry azy; eny, notarihin' Andriamanitra Ray mihitsy izy.

18 Nefa ankehitriny, indro, "avezivezin' i Satana izy, toy ny akofa faohin' ny rivotra, na toy ny sambo asavoamboanan' ny onja, tsisy lay na vatofantsika, na tsisy na inona na inona izay anamoriana azy; ary dia tahaka izany koa izy.

19 Ary indro, ny fitahiana azy, izay mety ho noraisiny teo amin' ny tany, dia efa notehirizin' ny Tompo ho an' ny "Jentilisa izay hizaka ny tany.

20 Nefa indro, ny zavatra hitranga dia horoahina sy haelin' ny Jentilisa izy; ary rehefa avy noroahina sy naelin' ny Jentilisa

12b F&F 3:16–20.

d Môrm. 8:4, 13–14;

Môrô. 10:1–2.

14a 2 Ne. 29:13; 30:7–8.

TSM Jiosy.

b 2 Ne. 25:16–17.

d 3 Ne. 29:1–3.

15a 3 Ne. 21:3–7, 24–26.

b 1 Ne. 13:20–29, 38;

Môrm. 7:8–9.

d 1 Ne. 10:12–14;

3 Ne. 16:8.

e 2 Ne. 26:33.

16a Gen. 6:3; Etera 2:15.

b Sal. 1:4.

17a TSM Mpiandry

Ondry Tsara.

18a 2 Ne. 28:21.

19a 3 Ne. 20:27–28.

izy, dia indro, “hahatsiaro ny ^bfanekehampihavanana izay nataony tamin’ i Abrahama sy tamin’ ny mpianakavin’ i Isiraely rehetra ny Tompo amin’ izany.

21 Ary ny Tompo koa dia hahatsiaro ny “fivavaky ny marina izay efa natao Taminy ho azy.

22 Ary amin’ izany, Ô ianareo Jentilisa, ahoana no hahafahana- nareo mijoro eo anoloan’ ny herin’ Andriamanitra, raha tsy mibebaka sy mivily hiala amin’ ny lalan-dratsinareo ianareo?

23 Tsy fantatrareo va fa eo antanan’ Andriamanitra ianareo? Tsy fantatrareo va fa manana ny hery rehetra Izy, ary amin’ ny “didiny lehibe ny tany manontolo dia ^bhiorona tahaka ny horonan-taratasy?

24 Koa mibebaha ianareo ary manetre tena eo Anoloany, fandrao ho tonga ao amin’ ny fahamarinana Izy hanohitra anareo— fandrao ny anankiray sisa tavela amin’ ny taranak’ i Jakoba dia handeha any anivonareo toy ny “liona sy handro- tidrotika anareo, ary tsy misy mba hanafaka.

TOKO 6

Nivory teo an-tanin’ i Komôrà ho amin’ ny ady farany ny Nefita— Nanafina ny rakitsoratra masina tao amin’ ny vohitr’ i Komôrà i Môrmôna—Nandresy ny Lamanita, ary fongotra ny firenena Nefita

— *An’ hetsiny no voavono tamin’ ny sabatra. Tokony ho 385 taorian’ i J.K.*

ARY ankehitriny aho dia mararana ny rakitsoratro momba ny “famongorana ny Nefita vahoakako. Ary ny zava-nitranga dia nandeha teo alohan’ ny Lamanita izahay.

2 Ary izaho Môrmôna dia nanoratra taratasy ho an’ ny mpanjakan’ ny Lamanita sy naniry azy mba hotoviny aminay ny hahazoanay manangona miaraka ny vahoakanay ao “an-tanin’ i Komôrà, eo akaikin’ ny vohitra izay nantsoina hoe Komôrà, ary ao no hahafahanay mamaky ady aminy.

3 Ary ny zava-nitranga dia notovin’ ny mpanjakan’ ny Lamanita tamiko ny zavatra izay niriko.

4 Ary ny zava-nitranga dia nizotra nankany an-tanin’ i Komôrà izahay ary nanangana ny lainay nanodidina ny vohitr’ i Komôrà; ary izany dia tanin’ ny rano, renirano ary loharano maro; ary teo izahay dia nanana fanantenana fa hahazo tombony amin’ ny Lamanita.

5 Ary nony efa lasana ny efatra amby valopolo sy telonjato taona, dia efa nahatafangona ny sisa tavela rehetra tamin’ ny vahoakanay izahay tao an-tanin’ i Komôrà.

6 Ary ny zava-nitranga, nony efa nahatafangona ho tokana ny

20a 3 Ne. 16:8–12.

^b TSM Fanekehampihavanan’ i Abrahama.

21a Enôsa 1:12–18;
Môrm. 9:36–37.

23a Hel. 12:8–17.

^b 3 Ne. 26:3.

24a Mika 5:8;
3 Ne. 20:15–16.
6 1a 1 Ne. 12:19;

Jarôma 1:10;

Almà 45:9–14;
Hel. 13:5–11.

2a Etera 9:3.

vahoakanay rehetra izahay tao an-tanin' i Komôrà, dia indro, izaho Môrmôna dia nanomboka ho antitra; ary fantatro fa izany no ady faran' ny vahoakako, ary efa nodidian' ny Tompo aho ny tsy hamelako ny rakitsoratra izay efa natolotry ny razanay, izay masina, hianjera eo an-tanan' ny Lamanita (fa hopotehin' ny Lamanita ireny), noho izany dia nataoko avy tamin' ny takelak' i Nefia "ity rakitsoratra ity, ary ^bnafeniko tao amin' ny vohitr' i Komôrà ny rakitsoratra rehetra izay efa nankinin' ny tanan' ny Tompo tamiko, afa-tsy "ireto takelaka vitsivitsy ireto izay nomeko an' i "Môrônia zanako lahy.

7 Ary ny zava-nitranga, dia nahita ny "miaramilan' ny Lamanita nandeha nankany aminy ankehitriny ny vahoakako mba-min' ny vadiny aman-janany; ary tamin' ny tahotra mahatsiravina ny fahafatesana, izay mameno ny tratran' ny olondratsy rehetra, no niandrasany handraisana azy.

8 Ary ny zava-nitranga dia tonga izy hiady aminay, ary feno horohoro ny olona tsirairay noho ny habetsahan' ny isany.

9 Ary ny zava-nitranga dia nanafika ny vahoakako tamin' ny sabatra izy sy tamin' ny tsipika sy tamin' ny zana-tsipika, ary tamin' ny famaky sy tamin' ny fitaovam-piadiana isan-karazany.

10 Ary ny zava-nitranga dia

voajinja ny oloko, eny, dia ny iray aliko izay niaraka tamiko, ary lavo naratra teo afovoany aho; ary nandalo teo akaikiko izy ireo fa tsy namarana ny aiko.

11 Ary nony efa nandeha izy ireo nanavatsava sy nijinja ny "vahoakako rehetra afa-tsy efa-tra amby roapolo taminay (anisan' izany i Môrônia zanako lahy), ary izahay izay efa nieren' ny fahafatesana tamin' ny vahoakanay dia nahatazana avy teny an-tampon-kavoanan' i Komôrà nony ampitso, nony efa niverina nankany amin' ny tobiny ny Lamanita, ny iray alina tamin' ny oloko izay efa nojinjaina rehefa notarihiko teo amin' ny lohalaharana.

12 Ary nahatazana koa izahay ny iray alina tamin' ny vahoakako izay notarihin' i Môrônia zanako lahy.

13 Ary indro, efa lavo ny iray alin' i Gidgidônà, ary izy koa dia teo afovoany.

14 Ary efa lavo i Lamà niaraka tamin' ny iray aliny; ary efa lavo i Gilgala niaraka tamin' ny iray aliny; ary efa lavo i Limà niaraka tamin' ny iray aliny; ary efa lavo i Jeneoma niaraka tamin' ny iray aliny; ary i Komenihà sy i Môrônihà, ary i Antiônôma sy i Siblôma, ary i Sema sy i Jôsy dia efa lavo niaraka tamin' ny iray aliny avy.

15 Ary ny zava-nitranga dia nisy koa folo hafa izay lavo tamin' ny sabatra, niaraka tamin' ny iray aliny avy; eny, dia ny

6a TSM Takelaka.

b Etera 15:11.

d TiM 1:2.

e Môrm. 8:1.

7a 1 Ne. 12:15.

11a 1 Ne. 12:19-20;

Hel. 15:17.

“vahoakako rehetra mihitsy no efa lavo afa-tsy ireo efa tra amby roapolo ireo izay niaraka tami-ko, ary koa ny vitsivitsy izay efa tafatsoaka nankamin’ ny tany atsimo, ary ny vitsivitsy izay efa nitsoaka an-daharana nankany amin’ ny Lamanita; ary ny nofony sy ny taolany ary ny rany dia niampatra tambonin’ ny tany, navelan’ ny tanan’ ireo izay namono azy ho lò teo amin’ ny tany sy hiraraka ary hiverina amin’ ny tany niaviany.

16 Ary norotidrotehan’ ny fanaintainana ny fanahiko, noho ireo voavono tamin’ ny oloko, ka nihiaka aho hoe:

17 E ianareo izay mahatehotia, akory izato nahafahanareo niala tamin’ ny lalan’ ny Tompo iky! E ianareo izay mahatehotia, akory izato nahafahanareo nitsipaka Ilay Jesoa izay nijoro, namelatra ny sandriny mba handray anareo iky!

18 Indro, raha tsy nanao izany ianareo, dia tsy ho lavo. Nefa indro, lavo ianareo, ary mitomany ny famoizana anareo aho.

19 E ianareo zanakalahy sy zanakavavy mahatehotia, ianareo ray sy reny, ianareo vady sy andefimandry, ianareo izay mahatehotia, akory izato netezanareo ho lavo iky!

20 Nefa indro, lasana ianareo, ary tsy afaka mitondra anareo hiverina ny alaheloko.

21 Ary avy tsy ho ela ny andro izay tsy maintsy itafian’ ny vatanareo mety maty ny tsy fahafatesana, ary ireto vatana ireto

izay mihasisimba ao amin’ ny fahalòvana ankehitriny dia tsy maintsy ho tonga vatana “tsy mety lò tsy ho ela; ary amin’ izany ianareo dia tsy maintsy mijoro eo anoloan’ ny toeram-pitsaran’ i Kristy mba hotsaraina araka ny asanareo; ary raha toa ka marina ianareo, amin’ izany dia hotahiana ianareo miaraka amin’ ny razanareo izay efa lasana talohanareo.

22 E, inay ianareo nibebaka talohan’ ny nahatongavan’ ity famongorana lehibe ity tamina-reo. Nefa indro, lasana ianareo, ary ny Ray, eny, ny Ray Mandrakizain’ ny Lanitra dia mahalala ny toetrareo; ary manao aminareo araka ny “fahamarinany sy ny ^bfamindram-pony Izy.

TOKO 7

Nanainga ny Lamanitan’ ny andro farany i Môrmôna mba hino an’ i Kristy, hanaiky ny filazantsarany, ary ho voavonjy—Izay rehetra mino ny Baiboly dia hino koa ny Bokin’ i Môrmôna. Tokony ho 385 taorian’ i J.K.

ARY ankehitriny, indro, somary hiteny ihany amin’ ny “sisa tavela amin’ ity vahoaka izay voatsimbina ity aho, raha toa ka azon’ Andriamanitra omena azy ny teniko, mba hahafantarany ny amin’ ny zavatra ny razany; eny, miteny aminareo aho, ianareo sisa tavela amin’ ny mpianakavin’ i Isiraely; ary izao no teny izay lazaiko:

15a Almà 9:24.
21a 2 Tan. 15:53-54.

22a TSM Fahamarinana.
b TSM Famindram-po.

7 1a Hel. 15:11-13.

2 Fantaro fa avy amin' ny "mpianakavin' i Isiraely ianareo.

3 Fantaro fa tsy maintsy tonga eo amin' ny fibebahana ianareo ary raha tsy izany dia tsy azo vonjena ianareo.

4 Fantaro fa tsy maintsy mame-traka ny fitaovam-piadianareo ianareo ary tsy ho finaritra intsony amin' ny fandatsahan-dra sy tsy maka ireny indray, raha tsy Andriamanitra no mandidy anareo.

5 Fantaro fa tsy maintsy tonga amin' ny "fahalalana ny razanareo ianareo ary mibebaka amin' ny fahotanareo sy ny helokareo rehetra sy ^bmino an' i Jesoa Kristy, fa Izy no Zanak' Andriamanitra, ary novonoin' ny Jiosy Izy, ary tamin' ny herin' ny Ray no efa nitsanganany indray, tamin' izany no efa nahazoany "fandresena tamin' ny fasana; ary tao Aminy koa dia voatelina ny fanindronan' ny fahafatesana.

6 Ary Izy no manatanteraka ny "fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty, ka amin' ny alalan' izany no tsy maintsy ananganana ny olona hijoro eo anoloan' ny ^btoeram-pitsarany.

7 Ary Izy no efa nanatanteraka ny "fanavotana izao tontolo izao, ka tamin' izany, izay hita ^btsisy tsiny eo anoloany amin' ny andro fitsarana dia homena

azy ny "hitoetra eo anatrehan' Andriamanitra ao amin' ny fanjakana mba hihira, miaraka amin' ny "amboaram-peo any ambonny, ny fankalazana tsy ankiato ho an' ny Ray sy ho an' ny Zanaka ary ho an' ny Fanahy Masina, izay ^fAndriamanitra iray ao amin' ny toetry ny ^sfahasambarana izay tsy manam-piafarana.

8 Koa mibebaha, ary aoka hatao batisa amin' ny anaran' i Jesoa, ary hazòny ny "filazan-t saran' i Kristy, izay hapetraka eo anoloanareo, tsy ao amin' ity rakitsoratra ity ihany fa ao amin' ny ^brakitsoratra koa izay ho tonga any amin' ny Jentilisa "avy any amin' ny Jiosy, dia ny rakitsoratra izay ho tonga "any aminareo avy any amin' ny Jentilisa.

9 Fa indro, "ity dia voasoratra, ka ny fikasana dia ny hahazoanareo ^bmino izany; ary raha mino izany ianareo, dia hino ity koa; ary raha mino ity ianareo dia ho fantatrareo ny momba ny razanareo, ary koa ny asa mahagaga izay nefain' ny herin' Andriamanitra teo anivony.

10 Ary ho fantatrareo koa fa ianareo dia sisa tavela amin' ny taranak' i Jakoba; noho izany ianareo dia raisina ho isan' ny vahoakan' ny fanekempihava-

2a Almà 10:3.

5a 2 Ne. 3:12.

b TSM Finoana.

d Isa. 25:8;

Môsià 16:7-8.

6a TSM Fitsanganana amin' ny Maty.

b TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara; Fitsarana

Farany, Ny.

7a TSM Fanavotana.

b TSM Manamarina.

d 1 Ne. 10:21;

F&F 76:62;

Mos. 6:57.

e Môsià 2:28.

f F&F 20:28.

TSM Andriamanitra.

g TSM Fifaliana.

8a TSM Filazantsara.

b TSM Baiboly.

d 2 Ne. 29:4-13.

e 1 Ne. 13:38.

9a TSM Bokin' i Môrmôna.

b 1 Ne. 13:38-41.

nana voalohany; ary raha toa ka mino an' i Kristy ianareo ary atao batisa, amin' ny rano aloha, dia amin' ny afo sy ny Fanahy Masina avy eo, manaraka ny "ohatry ny Mpamonjy antsika, araka izay efa nandidiany antsika, dia ho mandry ny aminareo amin' ny andron' ny fitsarana. Amena.

TOKO 8

Nihaza sy namongotra ny Nefita ny Lamanita—Hivoaka amin' ny alalan' ny herin' Andriamanitra ny Bokin' i Môrmôna—Voatonona ny loza ho an' ireo izay mifoho fahatezerana sy adiady hanoherana ny asan' ny Tompo—Hivoaka amin' ny andron' ny faharatsiana, ny fahalovana ary ny fivadihana ny rakitsoratra Nefita. Tokony ho 400-421 taorian' i J.K.

INDRO, izaho "Môrônia dia mamarana ny ^brakitsoratr' i Môrmôna raiko. Indro, tsy manana afa-tsy zavatra vitsivitsy hosoratana aho, dia zavatra izay efa nandidian' ny raiko ahy.

2 Ary ankehitriny ny zavaintranga, taorian' ny ady "lehibe sy goavana teo Komôrà, dia indro, nohazain' ny ^bLamanita ny Nefita izay efa tafatsoaka tany amin' ny tany andafiatsimo, mandra-pamongotra azy rehetra.

3 Ary novonoiny koa ny raiko, ary dia izaho "irery no tafajano-

na mba hanoratra ny tantara mampalahelo momba ny famongorana ny vahoakako. Nefa indro, efa lasana izy ireo, ary manatanteraka ny didin' ny raiko aho. Ary raha toa ka hamono ahy izy ireo, dia tsy fantatro.

4 Koa hanoratra sy hanafina ny rakitsoratra ao anaty tany aho; ary na aiza na aiza alehako dia tsy ahoako.

5 Indro, efa nanao "ity rakitsoratra ity ny raiko, ary efa nosoratany ny antony. Ary indro, ho nanoratra izany koa aho raha nanana toerana teo amin' ny ^btakelaka, saingy tsy manana aho; ary ny metaly dia tsy manana aho, satria irery aho. Efa novonoina tamin' ny ady ny raiko sy ny ankohonako rehetra, ary tsy manana namana aho, na izay aleha; ary mandra-pahoviana no hamelan' ny Tompo ahy ho velona, izany dia tsy fantatro.

6 Indro "efajato taona no lasana hatramin' ny niavian' ny Tompontsika sy ny Mpamonjy antsika.

7 Ary indro, ny Lamanita dia efa nihaza ny Nefita vahoakako isan-tanàna sy isan-toerana, mandra-paha-tsy hisy azy intsony; ary lehibe ny "fahalavony; eny, lehibe sy mahatalanjona ny famongorana ny Nefita vahoakako.

8 Ary indro, ny tanan' ny Tompo no efa nanao izany. Ary indro koa, ny Lamanita dia

10a 2 Ne. 31:5-9.
8 1a TSM Môrônia,
Zanakalahin' i
Môrmôna.

b TSM Takelaka.
2a Môrm. 6:2-15.
b F&F 3:18.
3a Môrô. 9:22.

5a Môrm. 2:17-18.
b Môrm. 6:6.
6a Almà 45:10.
7a 1 Ne. 12:2-3.

“miady amin’ izy samy izy; ary ny lafiny manontolo amin’ ity tany ity dia zary fiverimberenan’ ny vonoan’ olona sy ny fandatsahan-dra tsy tapaka; ary tsy misy mahafantatra ny fiakaran’ ny ady.

9 Ary ankehitriny, indro, tsy milaza intsony ny momba azy aho, satria tsy misy afa-tsy ny Lamanita sy ny “jirika no hita eto ambonin’ ny tany.

10 Ary tsy misy mahafantatra Ilay tena Andriamanitra afa-tsy ny “mpianatr’ i Jesoa, izay nitoetra teo amin’ ny tany ambara-pahatongan’ ny faharatsian’ ny vahoaka ho lehibe loatra ka tsy namelan’ ny Tompo azy ireo ^bhijanona miaraka amin’ ny vahoaka; ary raha toa ka mbola eto ambonin’ ny tany izy ireo, dia tsy misy olona mahalala.

11 Nefa indro, izaho sy ny “raiko dia efa nahita azy ireo, ary efa nanompo anay izy ireo.

12 Ary na zovy na zovy no mandray ity rakitsoratra ity sy tsy hanameloka izany noho ny tsy fahalavorariana izay ao aminy, dia izy no hahalala ny “zavatra lehibe kokoa noho ireto. Indro, izaho no Môrônia; ary raha azo natao, dia ho nampahafantatra anareo ny zavadrehetra aho.

13 Indro, mamarana ny fitenana momba ity vahoaka ity aho. Izaho no zanakalahin’ i

Môrmôna ary “tamingan’ i Nefia ny raiko.

14 Ary izaho ihany no ilay “manafina ity rakitsoratra ity ho an’ ny Tompo; ny takelaka aminy dia tsy misy vidiny, noho ny didin’ ny Tompo. Satria lazainy marina tokoa fa tsy hisy hanana izany mba ^bhahazoankarena; fa ny rakitsoratra aminy kosa dia misy vidiny lehibe; ary na zovy na zovy no hitondra izany ho eo amin’ ny mazava, dia izy no hotahin’ ny Tompo.

15 Fa tsy hisy hanam-pahafana hitondra izany ho eo amin’ ny mazava raha tsy omen’ Andriamanitra azy izany; fa sitrak’ Andriamanitra ny hanaovana izany amin’ ny “maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahiny, na ny fiadanana’ ny vahoakan’ ny fanekempihavanan’ ny Tompo fahiny sy niely patrana ela.

16 Ary hotahiana anie “izay hitondra ity zavatra ity ho amin’ ny mazava; fa izany dia ^bhoentina avy ao amin’ ny maizina ho eo amin’ ny mazava, araka ny tenin’ Andriamanitra; eny, izany dia havoaka avy ao amin’ ny tany sy hamirapiratra avy ao amin’ ny maizina ary ho tonga any amin’ ny fahalalan’ ny vahoaka; ary izany dia hotontosain’ ny herin’ Andriamanitra.

17 Ary raha misy “hadisoana, dia hadisoan’ ny olona izany. Nefa indro, tsy mahita hadi-

8a 1 Ne. 12:20-23.

9a Môrm. 2:8.

10a 3 Ne. 28:7;

Etera 12:17.

TSM Mpianatra

Nefita Telolahy.

b Môrm. 1:16.

11a 3 Ne. 28:24-26.

12a 3 Ne. 26:6-11.

13a 3 Ne. 5:20.

14a Môrô. 10:1-2.

b JS—T 1:46.

15a F&F 4:5.

16a 2 Ne. 3:6-7, 11, 13-14.

b Isa. 29:18;

2 Ne. 27:29.

17a Môrm. 9:31, 33;

Etera 12:23-28.

soana izahay; na dia eo aza izany, Andriamanitra mahalala ny zava-drehetra; noho izany, izay ^bmanameloka, aoka izy hitandrina fandrao hanambana azy ny afon' ny helo.

18 Ary izay milaza hoe: Asehoy ahy, raha tsy izany ianareo dia hokapohina— aoka izy hitandrina fandrao izy mandidy izay voararan' ny Tompo.

19 Fa indro, izay “mitsara ankamehana dia mba hotsaraina ankamehana ihany koa; fa arakara ny asany no ho karamany; noho izany, izay mikapoka dia mba hokapohin' ny Tompo ihany koa.

20 Indro, izao no lazain' ny soratra masina—ny olona dia tsy hikapoka, na hitsara koa; fa Ahy ny fitsarana, hoy ny Tompo, ary Ahy koa ny famaliana, ary Izaho no hamaly.

21 Ary izay hifofo fahatezerana sy fifandirana hanoherana ny asan' ny Tompo sy hanoharana ny vahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo, dia ny mpianakavin' i Isiraely izany, ary hilaza hoe: Horavanay ny asan' ny Tompo, ary ny Tompo tsy hahatsiaro ny fanekempihavanany izay efa nataony tamin' ny mpianakavin' i Isiraely—dia manambana azy ny hikapana sy ny hanipazana azy any anaty afo;

22 Fa hizotra hatrany ny “fikasana mandrakizain' ny Tompo,

mandra-pahatanteraky ny fampantanenany rehetra.

23 Hadihadio ny faminanian' i “Isaia. Indro, tsy afaka manoratra izany aho. Eny, indro, lazainko aminareo, fa ireo olomasina ireo izay efa lasana talohako, izay efa nizaka ity tany ity, dia ^bhikiaka, eny, avy amin' ny vovoka izy ireo no hikiaka ny Tompo; ary raha velona koa ny Tompo, dia hotsaroany ny fanekempihavanana izay efa nataony taminy.

24 Ary mahalala ny “fivavany Izy, fa ireny dia natao ho an' ny rahalahiny. Ary mahalala ny finoany Izy, fa tamin' ny Anarany no nahafahan' ireo namindra ^btendrombohitra; ary tamin' ny anarany no nahafahan' ireo nampihorohoro ny tany; ary tamin' ny herin' ny teniny no nampianjeran' ireo ny “fonja; eny, na dia ny memy mirehitra aza dia tsy afaka nandratra azy ireo, na ny bibidia, na ny menarana misy poizina, noho ny herin' ny teniny.

25 Ary indro, ny “fivavany, dia natao koa ho an' ilay havelan' ny Tompo hamoaka ireto zavatra ireto.

26 Ary tsy misy tokony hilaza fa tsy ho avy izy ireto, fa ho avy marina tokoa izy ireto, fa ny Tompo no efa niteny izany; fa “avy ao amin' ny tany izy ireto no hivoaka, amin' ny alalan' ny tanan' ny Tompo, ary tsy misy

17b 3 Ne. 29:5; Etera 4:8.

19a djs, Mat. 7:1–2;

3 Ne. 14:1–2;

Môrô. 7:14.

22a F&F 3:3.

23a 3 Ne. 20:11; 23:1.

^b Isa. 29:4;

2 Ne. 3:19–20; 26:16.

24a Enôsa 1:12–18;

Môrô. 9:36;

F&F 10:46.

^b Jakôba 4:6; Hel. 10:9.

^d Almà 14:27–29.

25a Môrm. 5:21.

26a Isa. 29:4; 2 Ne. 33:13.

afaka manajanona izany; ary izany dia hitranga amin' ny andro izay hilazana fa efa nitsahatra ny ^bfahagagana; ary izany dia hitranga miova tsy ny olona iray miteny ^aavy ao amin' ny maty.

27 Ary izany dia hitranga amin' ny andro izay hiantsoantsoan' ny ^aran' ny olomasina ny Tompo, noho ny ^btsikombakomba mifina sy ny asan' ny maizina.

28 Eny, izany dia hitranga amin' ny andro izay handavana ny herin' Andriamanitra, ary ireo ^afiangonana ho tonga voaloto sy ho tafasondrotra ao amin' ny fiavonavanon' ny fony; eny, dia amin' ny andro izay hitsanganan' ny mpitondra ny fiangonana sy ny mpampianatra ao amin' ny fiavonavanon' ny fony, hatrany amin' ny fialona an' ireo izay isan' ny fiangonany.

29 Eny, izany dia hitranga amin' ny andro izay ^ahandrenesana afo sy tafio-drivotra ary ^beton' ny setroka any an-tany hafa;

30 Ary handrenesana koa ^aady, tabataban' ady ary horohoron-tany any amin' ny toerana samihafa.

31 Eny, izany dia hitranga amin' ny andro izay hisian' ny fahalotoana lehibe eto ambonin'

ny tany; hisian' ny vonoan' olona sy ny fandrohana, ary ny fandaingana sy ny famitahana, ary ny fijangajangana sy ny karazana fahavetavetana rehetra; izay hisian' ny maro hiteny hoe: Ataovy ity, na ataovy iroa, ary ^atsy maninona izany, fa ny Tompo no ^bhanohana ny toa azy amin' ny andro farany. Nefa lozan' ny toa azy, fa ao amin' ny ^angidin' ny afero sy ao amin' ny fatotry ny heloka izy.

32 Eny, izany dia hitranga amin' ny andro izay hisian' ny fiangonana miorina izay hilaza hoe: Mankanesa aty amiko, ary noho ny volanareo, dia ho voavela amin' ny fahotanareo ianareo.

33 Ry vahoaka ratsy sy mpivadika ary mafy hatoka, nahoana ianareo no efa nanorina fiangonana ho an' ny tenanareo hahazoan-^akarena? Nahoana ianareo no efa ^bnanova ny teny masin' Andriamanitra mba hahazoanareo mitondra ^afanamelohana eo amin' ny fanahinareo? Indro, andrandraonareo ny fanambaran' Andriamanitra; satria indro, tonga ny fotoana amin' izany andro izany izay tsy maintsy hahatanteraka ireo zavatra rehetra ireo.

34 Indro, ny Tompo dia efa naneho tamiko zavatra lehibe

26b Môrm. 9:15-26;
Môrô. 7:27-29, 33-37.
d 2 Ne. 26:15-16;
Môrm. 9:30;
Môrô. 10:27.
27a Etera 8:22-24;
F&F 87:6-7.
b TSM Tsikombakomba
Miafina.

28a 2 Tim. 3:1-7;
1 Ne. 14:9-10;
2 Ne. 28:3-32;
F&F 33:4.
29a Joe. 2:28-32;
2 Ne. 27:2-3.
b 1 Ne. 19:11;
F&F 45:39-42.
30a Mat. 24:6;

1 Ne. 14:15-17.
31a 2 Ne. 28:21-22.
b 2 Ne. 28:8.
d Almà 41:11.
33a TSM Komiberaky ny
Mpisorona.
b 1 Ne. 13:26-29.
d TSM Fahamelohana.

sy mahatalanjona momba izay tsy maintsy ho avy tsy ho ela, amin' izany andro izany rehefa hitranga eo anivonareo ireo zavatra ireo.

35 Indro, miteny aminareo aho miova tsy ny eo ianareo, ary tsy eto anefa ianareo. Nefa indro, efa nasehon' i Jesoa Kristy ahy ianareo, ary fantatro ny atao-nareo.

36 Ary fantatro fa “mandeha ao amin' ny avonavon' ny fonareo ianareo; ary tsy misy afa-tsy vitsivitsy ihany izay tsy ^bmandratra ny tenany ao amin' ny avonavon' ny fony, hatrany amin' ny fitondrana fitafiana “tena kanto, hatrany amin' ny fialonana sy ny fifandirana, ary ny hasomparana sy ny fanenjehana, ary ny karazana heloka rehetra; ary ny fiangonanareo, eny, izy rehetra mihitsy, dia efa tonga voaloto noho ny avonavon' ny fonareo.

37 Fa indro, ianareo dia tia “vola sy ny fanananareo, ary ny fitafianareo kanto sy ny fandravahana ny fiangonanareo mihoatra noho ny itiavanareo ny mahantra sy ny sahirana, ny marary sy ny ory.

38 Ô ianareo loto, ianareo mpihatsaravelatsihy, ianareo mpampianatra izay mivarotra ny tenanareo noho izay ho harafesina, nahoana ianareo no efa nandoto ny fiangonana masin' Andriamanitra? Nahoana

ianareo no “menatra ny hitondra eo aminareo ny anaran' i Kristy? Nahoana ianareo no tsy mihevitra fa lehibe kokoa ny vidin' ny fahasambarana tsisy fiafarany noho ity ^bfahantrana izay tsy maty na oviana na oviana ity — noho ny “fideran' izao tontolo izao?

39 Nahoana ianareo no mandravaka ny tenanareo amin' izay tsy manan' aina, ary anefa mamela ny noana sy ny sahirana, ary ny mitanjaka, ary ny marary sy ny ory handalo anareo, ary tsy mahamarika azy ireny ianareo?

40 Eny, nahoana ianareo no manorina ny “fahavetavetanareo miafina mba hahazoan-karena sy manao izay hitomanian' ny mpitondratena eo anoloan' ny Tompo sy hitomanian' ny kamboty koa eo anoloan' ny Tompo, ary hiantso ny Tompo avy ao amin' ny tany koa ny ran' ny rainy sy ny vadiny, mba ho eo ambonin' ny lohanareo ny valifaty?

41 Indro, mihantona eo amboninareo ny sabatry ny valifaty; ary avy tsy ho ela ny fotoana izay “hamaliany ny ran' ny olomasina aminareo, fa tsy hiaritra ny antsoantson' ireo intsony Izy.

TOKO 9

Nanainga ireo izay tsy nino an' i

36a tsm Mandeha,
Mandeha Miaraka
amin' Andriamanitra.
b Jakôba 2:13.
d Almà 5:53.

37a 2 Ne. 28:9–16.
38a Roma. 1:16;
2 Tim. 1:8;
1 Ne. 8:25–28;
Almà 46:21.

b Môsià 3:25.
d 1 Ne. 13:9.
40a tsm Tsikombakomba
Miafina.
41a 1 Ne. 22:14.

Kristy hibe-baka i Môrônia—Izy dia nitory ny Andriamanitry ny fahagagana, izay manome fanambarana ary mampidina fanomezana sy famantarana amin' ny mahatoky—Nitsahatra ny fahagagana noho ny tsy finoana—Nanaraka ireo izay nino ny famantarana—Namporisihina ny olona ho hendry sy hitandrina ny didy. Tokony ho 401-421 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny aho dia miteny koa momba ireo izay tsy mino an' i Kristy.

2 Indro, hino ve ianareo amin' ny andron' ny famangiana anareo—indro, rehefa ho avy ny Tompo, eny, dia ilay “andro lehibe izay hangoronana ny ^btany toy ny horonan-taratasy, ary ireo singa dia ^dhiempo noho ny hafanana mahamay, eny, amin' ilay andro lehibe izay hitondrana anareo hijoro eo anoloan' ny Zanakondrin' Andriamanitra—Hiteny ve ianareo amin' izany fa tsy misy Andriamanitra?

3 Amin' izany va ianareo dia mbola handà an' i Kristy ihany, sa afaka mibanjina ny Zanakondrin' Andriamanitra? Moa heverinareo va fa hiara-hitoetra Aminy ianareo amin' ny fahatsapana ny helokareo? Moa heverinareo va fa mety ho sambatra ianareo hiara-hitoetra amin' Ilay Masina, kanefa ny fanahinareo ifandroritan' ny

fahatsapana ny heloka, satria efa nandika mandrakariva ny lalàny ianareo?

4 Indro, lazaiko aminareo fa ho fadiranovana kokoa ianareo raha hiara-hitoetra amin' Ilay Andriamanitra marina sy masina, noho ny fahatsapana ny fahalotoanareo eo anoloany, toy izay hiara-hitoetra amin' ny fanahin' ny “voaheloka ao amin' ny ^bhelo.

5 Satria indro, rehefa hoentina hahita ny “fitanjahanareo eo anoloan' Andriamanitra ianareo, ary koa ny voninahitr' Andriamanitra sy ny fahasinan' i Jesoa Kristy, izany dia handrehitra ny lelafon' ny afo tsy mety maty eo aminareo.

6 Ô amin' izany, ianareo “tsy mino, ^bmitodiha amin' ny Tompo ianareo; mahereza tokoa miantso ny Ray amin' ny anaran' i Jesoa, fa angamba ianareo mba mety ho hita tsisy pentina, “madio, mahatehotia ary fotsy, rehefa avy nodiovina tamin' ny ran' ny “Zanakondry, amin' izany andro lehibe sady farany izany.

7 Ary miteny koa aminareo izay “mandà ny fanambaran' Andriamanitra aho, ary milaza fa efa atsahatra izany, fa tsy misy fanambarana, na faminiana, na fanomezam-pahasoavana, na fanasitranana, na fitenenana amin' ny teny sy ny ^bfandikana ny teny;

9 2a Mal. 4:5; 3 Ne. 28:31.
b Môrm. 5:23;
F&F 63:20-21.
TSM Izao Tontolo
Izao—Faran' ny tany.
d Amo. 9:13; 3 Ne. 26:3.

4a TSM Fahamelohana.
b TSM Helo.
5a 2 Ne. 9:14.
6a TSM Tsy Finoana.
b Ezek. 18:23, 32;
F&F 98:47.

d TSM Madio.
e TSM Zanakondrin'
Andriamanitra.
7a 3 Ne. 29:6-7.
b 2 Tan. 12:7-10;
Fp. 1:7.

8 Indro, lazaiko aminareo, izay mandà ireo zavatra ireo dia tsy mahalala ny "filazantsaran' i Kristy; eny, tsy namaky ny sotratra masina izy; raha namaky izy, dia tsy ^bazony izany.

9 Satria moa tsy vakintsika fa Andriamanitra no "tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay, ary ao Aminy dia tsy misy fiovaovana na aloky ny fiovana?

10 Ary ankehitriny, raha efa nosaintsaininareo ho an' ny tenanareo ny andriamanitra iray izay miovaova, ary izay misy aloky ny fiovana ao aminy, amin' izany dia efa nosaintsaininareo ho an' ny tenanareo ny andriamanitra iray izay tsy Andriamanitra ny fahagagana.

11 Nefa indro, hasehoko anareo ny Andriamanitra ny fahagagana, dia ny Andriamanitr' i Abrahama sy ny Andriamanitr' i Isaka ary ny Andriamanitr' i Jakoba; ary Izy ihany no Ilay "Andriamanitra izay nahary ny lanitra sy ny tany ary ny zavadrehetra izay eo aminy.

12 Indro, nahary an' i Adama Izy, ary tamin' ny alalan' i "Adama no niavian' ny ^bfahalavoan' ny olona; ary noho ny fahalavoan' ny olona dia tonga i Jesoa Kristy, dia ny Ray sy ny Zanaka; ary noho i Jesoa Kristy dia tonga ny "fanavotana ny olona.

13 Ary noho ny fanavotana ny olona, izay tonga tamin' ny alalan' i Jesoa Kristy, dia entina izy hiverina eo anatrehan' ny Tompo; eny, amin' izany no anavotana ny olon-drehetra, satria ny fahafatesan' i Kristy dia manatanteraka ny "fitsanganana amin' ny maty, izay manantanteraka ny fanavotana avy ao amin' ny ^btorimaso tsisy fiafarany, avy ao amin' ny torimaso izay hamohazan' ny herin' Andriamanitra ny olon-drehetra rehefa haneno ny trompetra; ary hivoaka izy ireo, na kely na lehibe, ary ny rehetra dia hijoro eo anoloan' ny fitsarany rehefa navotana sy novahana tamin' ny "famatorana mandrakizain' ny fahafatesana, dia ny fahafatesan' ny nofo.

14 Ary tonga eo aminy amin' izany ny "fitsaran' ny Iray Masina; ary tonga amin' izany ny fotoana ka izay ^bmaloto dia mbola haloto; ary izay marina dia mbola ho marina; izay sambatra dia mbola ho sambatra; ary izay tsy sambatra dia mbola tsy ho sambatra.

15 Ary ankehitriny, Ô ianareo rehetra izay efa nisaintsaina ho an' ny tenanareo andriamanitra iray izay "tsy afa-manao fahagagana, te hanontany anareo aho, efa nitranga va ireo zavatra rehetra izay efa noteneniko ireo?

8a TSM Filazantsara.
b Mat. 22:29.

9a Heb. 13:8;
1 Ne. 10:18-19;
Almà 7:20;
Môrô. 8:18;
F&F 20:12.

11a Gen. 1:1; Môsià 4:2;

F&F 76:20-24.
TSM Jesoa Kristy.

12a Môsià 3:26.
b TSM Fahalavoan' i
Adama sy i Eva.
d TSM Fanavotana.

13a Hel. 14:15-18.
b F&F 43:18.

d F&F 138:16.

14a TSM Fitsarana
Farany, Ny.
b Almà 7:21;
F&F 88:35.

15a Môrô. 7:35-37;
F&F 35:8.

TSM Fahagagana.

Efa tonga sahadry va ny farany? Indro, lazaiko aminareo, Tsia; ary Andriamanitra dia tsy mitsahatra ny ho Andriamanitra ny fahagagana.

16 Indro, moa ny zavatra izay efa nataon' Andriamanitra va tsy mahatalanjona eo imason-tsika? Eny, ary iza no mahatakatra ny "asa mahatalanjon' Andriamanitra?

17 Iza no hilaza fa tsy fahagagana, raha noho ny "teniny dia nisy ny lanitra sy ny tany; ary noho ny herin' ny teniny dia ^bnohariana avy tamin' ny "vovoky ny tany ny olona; ary noho ny herin' ny teniny no efa nahavitana fahagagana?

18 Ary iza no hilaza fa i Jesoa Kristy dia tsy nanao "fahagagana lehibe maro? Ary nisy fahagagana lehibe maro nataon' ny tanan' ny apostoly.

19 Ary raha nisy "fahagagana vita tamin' izany, nahoana Andriamanitra no efa nitsahatra ny ho Andriamanitra ny fahagagana kanefa dia mijanona ho Ilay tsy miova? Ary indro, lazaiko aminareo, tsy miova Izy; raha tsy izany dia ho nitsahatra ny ho Andriamanitra Izy; ary tsy mitsahatra ny ho Andriamanitra Izy, sady Andriamanitra ny fahagagana.

20 Ary ny antony itsaharany amin' ny fanaovana "fahagagana eo anivon' ny zanak' olombelo-

na dia noho izy ireo mihemotra ao amin' ny tsy finoana sy miala amin' ny lala-mahitsy ary tsy mahafantatra ny Andriamanitra izay tokony ^bhitokiany.

21 Indro, lazaiko aminareo fa na zovy na zovy no mino an' i Kristy, tsy miroanahana akory, "na inona na inona hangatahiny ny Ray amin' ny anaran' i Kristy, dia hotovina aminy izany; ary izany fampanantenana izany dia ho an' ny rehetra, ho an' ny faran' ny tany.

22 Fa indro, izao no nolazain' i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, tamin' ny mpianany, izay tokony hitoetra, eny, ary koa tamin' ny mpianany rehetra, ho ren' ny valalabemandry: "Mandehana any amin' izao tontolo izao ianareo, ary mitoria ny filazantsara amin' ny olona rehetra;

23 Ary izay mino sy atao batisa no hovonjena, fa izay tsy mino kosa no "hohelohina;

24 Ary izao no "famantarana hanaraka izay mino—amin' ny anarako no handroahany ^bdevoly; hiteny amin' ny fiteny vaovao izy; handray menarana izy; ary raha misotro zavatra mahafaty izy, dia tsy hanimba azy izany; hametra-^dtanana amin' ny marary izy dia ho sitrana ireny;

25 Ary na zovy na zovy no hino ny anarako, tsy miroana-

16a Sal. 40:5; F&F 76:114; Mos. 1:3–5.

17a Jakôba 4:9.
b TSM Fahariana.

d Gen. 2:7; Môsià 2:25.

18a Jao. 6:14.

19a F&F 63:7–10.

20a Mpits. 6:11–13; Etera 12:12–18;

Môrô. 7:35–37.
b TSM Matoky.

21a Mat. 21:22;

3 Ne. 18:20.

22a Mar. 16:15–16.

TSM Asa Fitoriana.

23a TSM Fahamelohana.

24a Mar. 16:17–18.

TSM Famantarana.

b Asa 16:16–18.

d TSM Fitsofan-drano ny Marary.

hana akory, dia izy no “hana-mafisako ny teniko rehetra, hatrany am-paran’ ny tany.

26 Ary ankehitriny, indro, izao no afaka manohitra ny asan’ ny Tompo? “Iza no afaka mandà ny filazany? Iza no hitsangana hanohitra ny hery tsitohan’ ny Tompo? Iza no hanamavo ny asan’ ny Tompo? Iza no hanamavo ireo zanak’ i Kristy? Indro, ianareo rehetra izay ^bmpanaratsy ny asan’ ny Tompo, fa hitalanjona sy ho faty ianareo.

27 Ô amin’ izany, aza manamavo, aza mitalanjona, fa henoy kosa ny tenin’ ny Tompo, ary angataho amin’ ny anaran’ i Jesoa ny Ray ho an’ izay zavatra rehetra hilainareo. Aza miroanahana, fa minoa kosa, ary atombohy toy ny tamin’ ny fotoana fehizay, ary ^amanatona ny Tompo amin’ ny ^bfonareo manontolo, ary ^dmilofosa ho amin’ ny famonjena anareo miaraka amin’ ny tahotra sy hovitra eo Anoloany.

28 “Hendre amin’ ny andron’ ny fizahan-toetra anareo; esory amin’ ny tenanareo ny tsy fahadiovana rehetra; aza mangataka mba hahazoanareo mandany izany amin’ ny ^bfilanareo, fa mangataka kosa amin’ ny fiorenana tsy voahozongozona mba tsy hanekenareo ny fakampahanahy, fa mba hanompoanareo

kosa ny ^dAndriamanitra velona sy marina.

29 Tandremo sao dia atao batisa “tsy amim-pahamendrehana ianareo; tandremo sao dia mandray amin’ ny Fanasan’ ny Tompo Kristy ^btsy amim-pahamendrehana ianareo; fa ezaho kosa ny hanao ny zava-drehetra ^damim-pahamendrehana, ary ataovy izany amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy, Ilay Zanak’ Andriamanitra velona; ary raha manao izany ianareo ary maharitra hatramin’ ny farany, dia tsy horoahina any ivelany mihitsy ianareo.

30 Indro, miteny aminareo miova tsy ny “miteny avy amin’ ny maty aho; satria fantatro fa hanana ny teniko ianareo.

31 Aza manameloka ahy noho ny ^atsy fahatanterahako, na ny raiko, noho ny tsy fahatanterahiny, na ireo izay efa nanoratra teo alohany; fa aleo kosa manati-tsaotra an’ Andriamanitra fa Izy no efa naneho taminareo ny tsy fahatanterahanay mba hahazoanareo mianatra ny ho hendry kokoa noho izahay.

32 Ary ankehitriny, indro, efa nosoratanay ity rakitsoratra ity araka ny fahalalanay, tamin’ ny endri-tsoratra izay antsoina eo anivonay hoe, Egyptiana “nohavaozina, izay nifanolrana

25a TSM Fanambarana; Fijoroana ho Vavolombelona.

26a 3 Ne. 29:4-7.
b Ohab. 13:13.

27a Môrô. 10:30-32.
b Jos. 22:5;
F&F 64:22, 34.

TSM Fo.
d Filip. 2:12.

28a Jakôba 6:12.

b TSM Mitsiriritra.
d Almà 5:13.

29a TSM Batisa—Toetra takiana amin’ ny batisa.

b 2 Tan. 11:27-30;
3 Ne. 18:28-32.

d TSM Mendrika.

30a Môrm. 8:26;
Môrô. 10:27.

31a Môrm. 8:17;
Etera 12:22-28, 35.

32a 1 Ne. 1:2; Môsià 1:4.

ary novanay, araka ny fombam-pitenenanay.

33 Ary raha toa ka ampy ny haben' ny takelakay dia ho efa nanoratra tamin' ny teny Hebreo izahay; nefa ny teny Hebreo dia efa novanay koa; ary raha afaka nanoratra tamin' ny teny Hebreo izahay, dia indro, tsy ho nanana ny tsy fahatantehana teo amin' ny rakitsoratra-ianareo.

34 Nefa mahalala ny zavatra izay efa nosoratanay ny Tompo, ary koa tsy misy vahoaka hafa mahalala ny fiteninay; ary satria tsy misy vahoaka hafa mahalala ny fiteninay, noho izany Izy dia efa nanomana "fitaovana ho fandikana izany.

35 Ary ireto zavatra ireto dia soratana mba hahazoanay ma-

naisotra amin' ny fitafianay ny ran' ny rahalahinay, izay efa nihemotra tao amin' ny "tsy finoana.

36 Ary indro, ireto zavatra ireto izay efa "nirinay momba ny rahalahinay, eny, dia ny fampodiana azy ho amin' ny fahalalana an' i Kristy, dia araka ny vavaky ny olomasina rehetra izay efa nonina teo amin' ny tany.

37 Ary enga anie hotovin' i Jesoa Kristy Tompo ny hahazoana mamaly ny fivavany araka ny finoany; ary enga anie Andriamanitra Ray ka hahatsiaro ny fanekempihavanana izay efa nataony tamin' ny mpianakavin' i Israely; ary enga anie Izy ka hitahy azy mandrakizay, amin' ny alalan' ny finoana ny anaran' i Jesoa Kristy. Amena.

NY BOKIN' I ETERA

Ny rakitsoratra ny Jarèdita, nalaina avy tamin' ny takelaka efatra amby roapolo hitan' ny vahoakan' i Limia tamin' ny andron' i Môsià mpanjaka.

TOKO 1

Namintina ny soratr' i Etera i Môrônia — Aroso etoana ny tetiaran' i Etera — Tsy voakorokoro ny fitenin' ny Jarèdita tao amin' ny Tilikambon' i Babela — Nampanantena ny hitarika azy any amin' ny tany nofinidy ny Tompo ary ny hahatonga azy ho firenena lehibe.

ARY ankehitriny, izaho "Môrônia dia miroso amin' ny fanomezana ny tantaran' ireo mponina fahagola ireo izay efa nofongoran' ny ^btanan' ny Tompo tao amin' ny lafin' ity tany avaratra ity.

2 Ary ny fitantarako dia alaiko avy amin' ny "takelaka efatra amby roapolo izay hitan' ny

34a Môsià 8:13–18;

Etera 3:23, 28;

F&F 17:1.

35a 2 Ne. 26:15.

36a Môrm. 8:24–26;

F&F 10:46–49.

[ETERA]

1 1a TSM Môrônia,

Zanakalahin' i Môrmônia.

b Môrm. 5:23; F&F 87:6–7.

2a Almà 37:21; Etera 15:33.

vahoakan' i Limia, izay antsoina hoe ny Bokin' i Etera.

3 Ary satria heveriko fa ny ampahany voalohany amin' ity rakitsoratra ity, izay miresadresaka momba ny nahariana izao tontolo izao, ary koa ny amin' i Adama sy ny fitantarana hatramin' izany fotoana izany ka hatramin' ny "tilikambo lehibe, ary na inona na inona zavatra izay nitranga teo anivon' ny zanak' olombelona hatramin' izany fotoana izany dia efa ananan' ny Jiosy—

4 Noho izany dia tsy soratako ireny zavatra ireny izay nitranga hatramin' ny andron' i "Adama ka hatramin' izany fotoana izany; fa efa eo amin' ny takelaka kosa ireny; ary na zovy na zovy no mahita ireny, dia izy no hanana ny fahefana mba hahazoany ny fitantarana feno.

5 Nefa indro, tsy omeko ny fitantarana feno, fa ny ampahany amin' ny fitantarana no omeko, hatreo amin' ny tilikambo ka hatramin' ny nahafongana azy ireo.

6 Ary toy izao no anomezako ny fitantarana. Izy izay nanoratra ity rakitsoratra ity no i "Etera, ary tamingan' i Kôriantôra izy.

7 I Kôriantôra dia zanakalahin' i Môrôna.

8 Ary i Môrôna dia zanakalahin' i Etema.

9 Ary i Etema dia zanakalahin' i Ahà.

10 Ary i Ahà dia zanakalahin' i Sèta.

11 Ary i Sèta dia zanakalahin' i Siblôna.

12 Ary i Siblôna dia zanakalahin' i Kôma.

13 Ary i Kôma dia zanakalahin' i Kôriantoma.

14 Ary i Kôriantoma dia zanakalahin' i Amnigadà.

15 Ary i Amnigadà dia zanakalahin' i Aharôna.

16 Ary i Aharôna dia tamingan' i Heta izay zanakalahin' i Heartôma.

17 Ary i Heartôma dia zanakalahin' i Liba.

18 Ary i Liba dia zanakalahin' i Kisy.

19 Ary i Kisy dia zanakalahin' i Kôrôma.

20 Ary i Kôrôma dia zanakalahin' i Lèvy.

21 Ary i Lèvy dia zanakalahin' i Kima.

22 Ary i Kima dia zanakalahin' i Môriantôna.

23 Ary i Môriantôna dia tamingan' i Riplakisa.

24 Ary i Riplakisa dia zanakalahin' i Seza.

25 Ary i Seza dia zanakalahin' i Heta.

26 Ary i Heta dia zanakalahin' i Kôma.

27 Ary i Kôma dia zanakalahin' i Kôriantoma.

28 Ary i Kôriantoma dia zanakalahin' i Emera.

29 Ary i Emera dia zanakalahin' i Ômera.

30 Ary i Ômera dia zanakalahin' i Solè.

31 Ary i Solè dia zanakalahin' i Kiba.

32 Ary i Kiba dia zanakalahin' i Ôrihà, izay zanakalahin' i Jarèda;

33 Dia i "Jarèda izay nivoaka niaraka tamin' ny rahalahiny sy ny mpianakaviny, niaraka tamin' ny sasany sy ny mpianakaviny, avy tao amin' ny tilikambo lehibe, tamin' ny fotoana izay ^bnanorokoroan' ny Tompo ny fitenin' ny vahoaka, ary nianianany tao amin' ny fahatezerany fa haely patrana eran' ny "lafiny rehetra amin' ny tany izy; ary araka ny tenin' ny Tompo dia naely patrana ny vahoaka.

34 Ary ny "rahalahin' i Jarèda dia lehilahy vaventy sy mahery, ary lehilahy nankasitrahan' ny Tompo fatratra tokoa, ka hoy i Jarèda rahalahiny taminy: Mitalahoa amin' ny Tompo mba tsy hanorokoroany antsika ka hahatonga antsika tsy hifankahazo teny.

35 Ary ny zava-nitranga dia nitalaho tamin' ny Tompo ny rahalahin' i Jarèda, ary nanana fangorahana an' i Jarèda ny Tompo, koa tsy nanorokoro ny fitenin' i Jarèda Izy; ary tsy nokorokoroana i Jarèda sy ny rahalahiny.

36 Tamin' izany dia hoy i Jarèda tamin' ny rahalahiny: Mitalahoa indray amin' ny Tompo, ary enga anie Izy hampihodina ny fahatezerany hiala amin' ireo izay namantsika, ka tsy hokorokoroany ny fitenin' ny Tompo.

37 Ary ny zava-nitranga dia nitalaho tamin' ny Tompo ny rahalahin' i Jarèda, ary nanana fangorahana ny namany sy ny

mpianakaviny koa ny Tompo, ka dia tsy nokorokoroana izy ireo.

38 Ary ny zava-nitranga dia niteny indray tamin' ny rahalahiny i Jarèda, hoe: Mandehana ary anontanio ny Tompo raha horoahiny isika hivoaka ny tany, ary raha horoahiny isika hivoaka ny tany dia mitalahoa Aminy hoe aiza no halehantsika. Ary iza no mahalala raha mba hoentintin' ny Tompo isika hankamin' ny tany izay "finidy ambonin' ny tany rehetra? Ary raha toa ka izany dia aoka isika ho mahatoky amin' ny Tompo, mba hahazoantsika mandray izany ho lovantsika.

39 Ary ny zava-nitranga dia nitalaho tamin' ny Tompo ny rahalahin' i Jarèda, araka izay efa notenenin' ny vavan' i Jarèda.

40 Ary ny zava-nitranga dia nandre ny rahalahin' i Jarèda ny Tompo ary nanana fangorahana azy, ary hoy Izy taminy:

41 Mandehana ary angony miaraka ny bibinao isan-karazany, na lahy na vavy; ary koa ny voa amin' ny tany isan-karazany; ary ny "ankohonanao; ary koa i Jarèda rahalahinao sy ny ankohonany; ary koa ny ^bnamanao sy ny ankohonany, ary ny naman' i Jarèda sy ny ankohonany.

42 Ary rehefa vitanao izany dia "handeha eo alohany ianao hidina ao an-dohasaha izay ao andafiavaratra. Ary ao no hihonako aminao, ary Izaho han-

33a TSM Jarèda.
b Gen. 11:6-9.
d Môsià 28:17.
34a TSM Jarèda,

Rahalahin' i.
38a TSM Tany
Nampantanenaina.
41a Etera 6:20.

b Etera 6:16.
42a 1 Ne. 2:1-2;
Abr. 2:3.

deha ^beo alohano hankamin' ny tany izay ^dfinidy ambonin' ny tany rehetra amin' ny tany.

43 Ary any no hitahiako anao sy ny taranakao, ary hananganako firenena lehibe iray ho Ahy avy amin' ny taranakao sy avy amin' ny taranaky ny rahalahinao ary avy amin' ireo izay handeha hiaraka aminao. Ary tsy hisy ho lehibe kokoa noho ny firenena izay hatsangako ho Ahy avy amin' ny taranakao eran' ny lafiny rehetra amin' ny tany. Ary dia toy izany no hataoko aminao noho ity fotoana lava ity izay efa nitalahoanao Tamiko.

TOKO 2

Niomana ho amin' ny diany mankamin' ny tany nampanantenaina ny Jarèdita—Tany finidy izany izay tsy maintsy anompoan' ny olona an' i Kristy na ho fongana—Niresaka tamin' ny rahalahin' i Jarèda mandritra ny ora telo ny Tompo—Nanamboatra sambo ny Jarèdita—Nangataka ny rahalahin' i Jarèda ny Tompo hamosakevitra ny amin' ny fomba hanazavana ny sambo.

ARY ny zava-nitranga dia nandeha nidina tao an-dohasaha izay tao andafiavaratra i Jarèda sy ny rahalahiny ary ny ankohonany, ary koa ny naman' i Jarèda sy ny rahalahiny ary ny ankohonany, (ary ny anaran' ny lohasaha dia i ^aNimrôda, rehefa

nantsoina araka ilay mpihaza mahery) niaraka tamin' ny bibiny izay efa nangoniny niaraka, isaky ny karazany avy, lahy sy vavy.

2 Ary novelariny koa ny fandrika ary nosamboriny ny voromanidin' ny habakabaka; ary nomaniny koa ny tavy iray, tao amin' izany no nitondrany hazandrano niaraka taminy.

3 Ary nentiny niaraka taminy koa ny desereta izay midika ho renintantely; ary dia toy izany no nitondrany niaraka taminy andian-drenintantely sy ny karazany rehetra tamin' izay nisy tambonin' ny tany, voa isankarazany.

4 Ary ny zava-nitranga, nony efa nidina tao an-dohasahan' i Nimrôda izy ireo, dia nidina ny Tompo ary niresaka tamin' ny rahalahin' i Jarèda; ary tao amin' ny ^arahona Izy, ary tsy nahita Azy ny rahalahin' i Jarèda.

5 Ary ny zava-nitranga dia nandidy azy ireo ny Tompo ny handehanany mankany an-tany foana, eny, mankamin' ilay fari-tra izay tsy nisy olona na oviana na oviana. Ary ny zava-nitranga dia nandeha teo alohany ny Tompo ary niresaka taminy raha nijoro tao amin' ny ^arahona Izy, ary nanoro ny lalana izay tokony hizorany.

6 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tany an-tany foana izy ireo ary namboatra sambo izay nitany rano maro rehefa

42b F&F 84:88.
d 1 Ne. 13:30.
2 1a Gen. 10:8.

4a Nom. 11:25;
F&F 34:7–9;
JS—T 1:68.

5a Eks. 13:21–22.

notarihin' ny tanan' ny Tompo lalandava.

7 Ary tsy tian' ny Tompo ny hamela azy ireo hijanona any ankoatra ny ranomasina any an-tany foana, fa mba tiany kosa ny handehanany hatrany amin' ny "tany nampanantenaina, izay nofinidy tambonin' ny tany hafa rehetra, izay efa notehirizin' ny Tompo Andriamanitra ho an' ny vahoaka marina.

8 Ary efa nianiana tao amin' ny fahatezerany tamin' ny rahalahin' i Jarèda Izy, fa na zovy na zovy no hizaka ity tany nampanantenaina ity, hatramin' izao fotoana izao ka ho mandrakizay, dia "hanompo Azy, Ilay Andriamanitra marina sy tokana, na ^bhohaohina izy rehefa ho tonga aminy ny fahafenoan' ny fahatezerany.

9 Ary ankehitriny isika dia afaka mijery ny didin' Andriamanitra momba ity tany ity, fa tany nampanantenaina izany; ary na zovy na zovy firenena hizaka izany dia hanompo an' Andriamanitra izy na hohaohina rehefa ho tonga aminy ny fahafenoan' ny fahatezerany. Ary ho tonga aminy ny fahafenoan' ny fahatezerany rehefa masaka ao amin' ny heloka izy.

10 Satria indro, izany dia tany izay finidy ambonin' ny tany hafa rehetra; koa izay mizaka izany dia hanompo an' Andriamanitra na hohaohina; fa izany no didin' Andriamanitra maha-

ritra mandrakizay. Ary raha tsy amin' ny "fahafenoan' ny heloka eo anivon' ny zanaky ny tany, dia tsy ^bfaohina izy.

11 Ary tonga aminareo izany, Ô ianareo ry "Jentilisa, mba hahafantaranareo ny didin' Andriamanitra — mba hahazoanareo mibebaka ka tsy manohy ao amin' ny helokareo mandrapahatongan' ny fahafenoana, mba tsy hahazoanareo mampianjera ny fahafenoan' ny fahatezeran' Andriamanitra aminareo toy ny efa nataon' ny mponin' ny tany hatrizao.

12 Indro, izany dia tany finidy, ary na zovy na zovy firenena hizaka izany, dia ho "afaka amin' ny fanandevozana sy amin' ny fahababoana ary amin' ny firenen-kafa rehetra ambanin' ny lanitra izy raha ^bhanompo ny Andriamanitry ny tany, dia i Jesoa Kristy izay efa nasehon' ny zavatra izay efa nosoratanay.

13 Ary ankehitriny aho dia manohy ny rakitsoratro; fa indro, ny zava-nitranga dia nentin' ny Tompo i Jarèda sy ireo rahalahiny hankeo amin' ity ranomasina lehibe ity izay manasaraka ny tany. Ary raha tonga teo amin' ny ranomasina izy ireo dia nangana ny lainy; ary nantsoiny hoe Môriankomera ny anaran' ny toerana; ary nonina tao anaty lay izy ireo, sady nonina tao anaty lay teo amoron-dranomasina mandritra ny efa-taona.

7a 1 Ne. 4:14.
TSM Tany
Nampanantenaina.
8a Etera 13:2.

b Jarôma 1:3, 10;
Almà 37:28;
Etera 9:20.
10a 2 Ne. 28:16.

b 1 Ne. 17:37-38.
11a 2 Ne. 28:32.
12a TSM Fahalalahana.
b Isa. 60:12.

14 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny fiafaran' ny efa-taona dia tonga indray teo amin' ny rahalahin' i Jarèda ny Tompo ary nijoro tao amin' ny rahona sy niresaka taminy. Ary nandritra ny ora telo no niresahan' ny Tompo tamin' ny rahalahin' i Jarèda sy "nandevileveny azy noho izy tsy nahatsiaro ny ^bhiantso ny anaran' ny Tompo.

15 Ary nibebaka tamin' ny ratsy izay efa nataony ny rahalahin' i Jarèda ary niantso ny anaran' ny Tompo ho an' ireo rahalahiny izay niaraka taminy. Ary hoy ny Tompo taminy: Izaho hamela anao sy ireo rahalahinao amin' ny fahotany; nefa tsy hanota intsony ianao, fa hotsarovanao kosa fa ny "Fanahiko dia tsy ^bhitaona mandrakariva ny olona; koa raha manota ianareo mandra-pahamasaka anareo tanteraka, dia hoesorina tsy ho eo anatrehan' ny Tompo ianareo. Ary izany no eritreritro ny amin' ny tany izay homeko anareo ho lovanareo; fa izany dia ho tany ^afinidy ambonin' ny tany hafa rehetra.

16 Ary hoy ny Tompo: Mandehana miasa sy manamboatra araka ny fomban' ny sambofiara izay efa namboarinareo hatrizao. Ary ny zava-nitranga dia nandeha niasa ny rahalahin' i Jarèda sy ireo rahalahiny ary nanamboatra sambofiara araka ny fomba izay efa nanamboaran' izany, araka ny "torolalan' ny Tompo. Ary kely izy ireny ary

maivana teny ambonin' ny rano, dia tahaka ny hamaivanan' ny voromanidina eny ambonin' ny rano.

17 Ary namboarina izy ireny araka ny fomba izay "nampifanizina izaitsizy tokoa azy ireny, hany ka nitan-drano izy ireny tahaka ny lovia; ary ny fanambaniny dia nifanizina tahaka ny lovia; ary ny rindry dia nifanizina tahaka ny lovia; ary ny tendrony dia tsokitsoky; ary ny tampony dia nifanizina tahaka ny lovia; ary ny halavany dia ny halavan' ny hazo iray; ary ny varavarany, rehefa narindrina, dia nifanizina tahaka ny lovia.

18 Ary ny zava-nitranga dia niantso ny Tompo ny rahalahin' i Jarèda, nanao hoe: Tompo ô, efa notontosaiako ny asa izay efa nandidiana ahy, ary efa nataoko ny sambofiara araka izay efa natoronao ahy.

19 Ary indro, Tompo ô, ao anatin' dia tsy misy hazavana; mankaiza izahay no hanamory? Ary ho faty koa izahay, fa ao anatin' dia tsy afaka mifoka afa-tsy ny rivotra izay ao anatin' izahay; koa ho faty izahay.

20 Ary hoy ny Tompo tamin' ny rahalahin' i Jarèda: Indro, hanao lavaka amin' ny tampony ary koa amin' ny fanambaniny ianao; ary rehefa mijaly noho ny tsy fahampian-drivotra ianao, dia hosokafanao ny lavaka, ary hahazo rivotra ianao. Ary raha toa ka miditra ao aminao ny rano, dia indro, hosaronanao ny

14a TSM Famaizana.

b TSM Vavaka.

15a Etera 15:19.

b Gen. 6:3;

2 Ne. 26:11;

Môrm. 5:16.

d Etera 9:20.

16a 1 Ne. 17:50–51.

17a Etera 6:7.

lavaka mba tsy hahafaty anao amin' ny alon-drano.

21 Ary ny zava-nitranga dia nataon' ny rahalahin' i Jarèda izany, araka izay efa nandidian' ny Tompo azy.

22 Ary niantso ny Tompo indray izy, nanao hoe: Tompo ô, indro efa nataoko toy ny efa nandidiana ahy; ary efa nanomana ny sambo ho an' ny oloko aho, ary indro tsy misy hazavana ao anatiny. Indro, Tompo ô, avelanao va ny hitanay ity rano lehibe ity ao amin' ny haizina?

23 Ary hoy ny Tompo tamin' ny rahalahin' i Jarèda: Inona no tianao hataoko mba hanananareo hazavana ao amin' ny sambonareo? Fa indro, tsy mety ny hanananareo varavarankely, fa ho potipotika izany; tsy haka afo hiaraka aminareo koa ianareo, satria tsy handeha amin' ny hazavan' ny afo ianareo.

24 Fa indro, ho tahaka ny trozona eo afovoan' ny ranomasina ianareo; fa hiantoraka aminareo ny tendrombohitr' onja. Kanefa, Izaho hitondra anareo hiakatra indray avy ao amin' ny halalin' ny ranomasina; fa ny "rivotra dia efa nivoaka niala ny vavako, ary ny ^branonorana sy ny alon-drano koa dia efa nalefako.

25 Ary indro, manomana anareo hiatrika izany zavatra izany Aho; fa tsy afaka mita ity hantsana lehibe ity ianareo raha tsy omaniko ianareo hiatrika ny onjan-dranomasina, sy ny rivotra izay efa nivoaka ary ny alon-drano izay ho avy. Koa inona no

tianareo homaniko ho anareo mba hanananareo hazavana rehefa voatelina ao amin' ny halalin' ny ranomasina ianareo?

TOKO 3

Nahita ny rantsan-tanan' ny Tompo nikasika ny vato enina ambin' ny folo ny rahalahin' i Jarèda — Naneho ny vatany fanahy tamin' ny rahalahin' i Jarèda i Kristy — Ireo izay manana fahalalana tomombana dia tsy ho azo tanana any ivelan' ny voaly — Nampombana ny fandikan-teny hitondrana ny rakitsoratra ny Jarèdita ho eo amin' ny mazava.

ARY ny zava-nitranga (ankehitryny ny isan' ny sambofiara izay efa nomanina dia valo) dia nandeha ny rahalahin' i Jarèda nankao an-tendrombohitra izay nantsoina hoe tendrombohitr' i Selema noho ny haavony izaitsizy, ary nandrendrika vato kely enina ambin' ny folo avy tamin' ny vatolampy iray; ary ireny dia fotsy sy mazava, dia tahaka ny fitaratra mangarahara; ary nitondra ireny tamin' ny tanany teo an-tampon-tendrombohitra izy ary nihiaka indray ny Tompo hoe:

2 Tompo ô, efa niteny Ianao fa tsy maintsy hodidinin' ny alon-drano izahay. Ankehitryny indro, Tompo ô, ary aza tezitra amin' ny mpanomponao noho ny fahalemeny eo anoloanao; satria fantatray fa masina Ianao sy mitoetra any an-danitra, ary

izahay dia tsy mendrika eo anoloanao; noho ny "fahalavaoana dia efa zary ratsy lalandava ny ^btoetray; na dia eo aza izany, Tompo ô, efa nomenao anay ny didy fa tsy maintsy miantso Anao izahay mba hahazoanay mandray avy Aminao araka ny fanirianay.

3 Indro, Tompo ô, efa nika-poka anay Ianao noho ny helokay ary efa nandroaka anay, ary nandritra izay taona maro izay izahay dia tany an-tany foana; na dia teo aza izany, dia efa "feno famindram-po taminay Ianao. Tompo ô, jereo ao amin' ny famindram-po aho, ary ahodino ny fahatezeranao hiala amin' ity vahoakanao ity, ary aza avela handeha mamakivaky ity hantsana romotra ity ao amin' ny haizina izy; fa indro jereo ireto zavatra ireto izay efa narendriko avy tao amin' ny vatolampy.

4 Ary fantatro, Tompo ô, fa manana ny "hery rehetra Ianao, ary afaka manao izay rehetra sitrakao ho tombon-tsoan' ny olona; noho izany Tompo ô, kasiho amin' ny rantsan-tananao ireto vato ireto ary omano ireto mba hahazoany mamirapiratra ao amin' ny haizina; ary ireto dia hamirapiratra ho anay ao amin' ny sambofiara izay efa nomaninay mba hanananay hazavana raha mbola mita ny ranomasina izahay.

5 Indro, Tompo ô, afaka manao

izany Ianao. Fantatray fa hainao ny maneho ny herinao lehibe izay "heverina ho madinika ho an' ny fahatakarana' ny olona.

6 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nilaza ireo teny ireo ny rahalahin' i Jarèda, dia indro, naninjitra ny tanany ny "Tompo ary nikasika tsirairay ny vato tamin' ny rantsan-tanany. Ary ny ^bvoaly dia nesorina hiala tamin' ny mason' ny rahalahin' i Jarèda, ary nahita ny rantsan-tanan' ny Tompo izy; ary izany dia toy ny rantsan-tanan' olona, sahala amin' ny nofo sy ra; ary nianjera teo anoloan' ny Tompo ny rahalahin' i Jarèda, fa nozoin' ny tahotra izy.

7 Ary nahita ny Tompo fa efa nianjera tamin' ny tany ny rahalahin' i Jarèda; ary hoy ny Tompo taminy: Mitsangàna, na hoana ianao no nianjera?

8 Ary hoy izy tamin' ny Tompo: Nahita ny rantsan-tanan' ny Tompo aho, ary natahotra aho fandrao hikapoka ahy Izy; satria tsy nahalala aho fa nanana nofo sy ra ny Tompo.

9 Ary hoy ny Tompo taminy: Noho ny finoanao no efa nahitanao fa hitondra ny "nofo sy ra eo Amiko Aho; ary na oviana na oviana ny olona dia tsy tonga teo anoloako niaraka tamin' ny finoana nihoa-pampana tokoa toy izay anananao; fa raha tsy izany dia tsy ho afaka nahita ny rantsan-tanako ianao. Hitanao va ny mihoatra noho izany?

3 2a TSM Fahalavaon' i Adama sy i Eva.
b Môsià 3:19.
3a Etera 1:34-43.

4a TSM Hery.
5a Isa. 55:8-9;
1 Ne. 16:29.
6a TSM Jesoa Kristy.

b Etera 12:19, 21.
9a TSM Nofy; Jesoa Kristy; Mety Maty.

10 Ary namaly izy: Tsia; ry Tompo, asehoay ahy ny tenanao.

11 Ary hoy ny Tompo taminy: Inoanao va ny teny izay hote-neniko?

12 Ary namaly izy: Eny, ry Tompo, fantatro fa milaza ny marina Ianao, fa Ianao dia Andriamanitry ny fahamarinana, ary "tsy afaka mandainga.

13 Ary rehefa avy nilaza ireo teny ireo izy, dia indro, "naneho ny tenany taminy ny Tompo ary nanao hoe: ^bNoho ianao mahalala ireo zavatra ireo dia avotana amin' ny fahalavoana ianao; noho izany ianao dia entina miverina eo anatrehako; koa ^dmaneho ny tenako aminao Aho.

14 Indro, Izaho no Ilay efa nomanina hatry ny fanorenana izao tontolo izao mba "hanavotra ny oloko. Indro, Izaho no Jesoa Kristy. Izaho no ^bRay sy Zanaka. Ao Amiko no hanaan' ny olona rehetra ^dfiainana, ary izany dia mandrakizay, dia ireo izay hino ny anarako; ary ho tonga ^ezanako lahy sy vavy ireo.

15 Ary na oviana na oviana Aho dia tsy naneho ny tenako tamin' ny olona izay efa nohariako, satria na oviana na oviana ny olona dia "tsy nino Ahy toy ny ninoanao. Hitanao va fa ianao dia voary araka ny ^bendriko ihany? Eny, ny olona rehetra

tany am-piandohana dia nohariana araka ny endriko ihany.

16 Indro, ity vatana izay tazanao ankehitriny ity, dia ny vatan' ny "fanahiko; ary ny olona dia efa nohariako araka ny vatan' ny fanahiko; ary dia tahaka ny isehoako aminao ao amin' ny fanahy no hisehoako amin' ny oloko ao amin' ny nofo.

17 Ary ankehitriny, satria izaho Môrônia dia nilaza fa tsy afaka manao fitantarana feno ny amin' ireny zavatra ireny izay voasoratra, koa ampy ho ahy ny milaza fa i Jesoa dia naneho ny tenany tao amin' ny fanahy tamin' ity lehilahy ity, dia araka ny fomba sy tamin' ny fitovian' ny vatana iray ihany, dia tahaka ny "nanehoany ny tenany tamin' ny Nefita.

18 Ary nanompo azy Izy, tahaka ny nanompoany ny Nefita; ary izany rehetra izany dia ny mba hahafantaran' ity lehilahy ity fa Andriamanitra Izy, noho ny asa lehibe maro izay nasehon' ny Tompo taminy.

19 Ary noho ny fahalalan' ity lehilahy ity dia tsy azo notanana izy tsy nahita ny ao anatin' ny "voaly; ary nahita ny rantsantan' i Jesoa izy, ka nony nahita izy dia nianjera tamin-tahotra; satria nahalala izy fa rantsantan' ny Tompo io; ary tsy finoana intsony no nananany, fa

12a Heb. 6:18.

13a F&F 67:10-11.

^b Enôsa 1:6-8.

^d TSM Jesoa Kristy—
Fisian' i Kristy
talohan' ny
nahatongavany
teto an-tany.

14a TSM Fanavotana;

Mpanavotra.

^b Môsià 15:1-4.

^d Môsià 16:9.

^e TSM Zanakalahy
sy Zanakavavin'
Andriamanitra.

15a TSM Finoana.

^b Gen. 1:26-27;

Môsià 7:27;

F&F 20:17-18.

16a TSM Fanahy.

17a 3 Ne. 11:8-10.

19a TSM Voaly.

nahalala izy, tsy niroanahana na tamin' inona na tamin' inona.

20 Koa, noho ny fananana izany fahalalana tomombana ny amin' Andriamanitra izany, dia “tsy azo notanana tany ivelan' ny voaly izy; noho izany dia nahita an' i Jesoa izy; ary Izy dia nanompo azy.

21 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompo tamin' ny rahalahin' i Jarèda: Indro, tsy hamela ireo zavatra izay efa hitanao sy renao ireo hiparitaka eo amin' izao tontolo izao ianao, mandrapahatongan' ny “fotoana izay hankalazako ny anarako ao amin' ny nofo; noho izany dia holalainao ny zavatra izay efa hitanao sy renao, ary tsy hasehonao olona izany.

22 Ary indro, rehefa ho tonga atỳ Amiko ianao, dia hanoratra ireo sy hifehy ireo, ka tsy hisy afaka handika azy ireo; fa hosoratanao amin' ny fiteny izay tsy hay vakiana ireo.

23 Ary indro, homeko anao ireto “vato roa ireto, ary hofehезinao koa ireto miaraka amin' ny zavatra izay hosoratanao.

24 Fa indro, ny fiteny izay hosoratanao dia efa nokoroko-roako; koa amin' ny fotoana mahamety izany Amiko dia ha-taoko izay hanazavan' ireto vato ireto eo imason' ny olona ireo zavatra izay hosoratanao ireo.

25 Ary rehefa avy nilaza ireo teny ireo ny Tompo, dia nasehony ny rahalahin' i Jarèda ny

“mponina rehetra tamin' ny tany izay efa nisy, ary koa ny rehetra izay hisy; ary tsy nohazoniny tsy ho hitany ireo, na dia ny hatrany am-paran' ny tany aza.

26 Satria efa nolazainy azy tamin' ny fotoana teo aloha, fa “raha ^bmino Azy izy dia ho afaka Izy haneho aminy ny “zava-drehetra—dia haseho azy izany; koa ny Tompo dia tsy afaka mihazona na inona na inona tsy ho hitany, satria nahalala izy fa ny Tompo dia afaka maneho aminy ny zava-drehetra.

27 Ary hoy ny Tompo taminy: Soraty ireo zavatra ireo ary “fehezo ireo; ary Izaho haneho ireo amin' ny zanak' olombelona amin' ny fotoana mahamety izany Amiko.

28 Ary ny zava-nitranga dia nandidy azy ny Tompo ny hifehezany ny “vato roa izay efa noraisiny sy ny tsy hampisehoany azy ireo, mandrapanehoan' ny Tompo azy ireo amin' ny zanak' olombelona.

TOKO 4

Nodidina i Môrônia hifehy ny soratry ny rahalahin' i Jarèda—Tsy hambara ireny raha tsy manana finoana tahaka ny rahalahin' i Jarèda ny olona—Nandidy ny olona i Kristy hino ny teniny sy ny an' ireo mpianany—Nodidina ny olona hibebaka, hino ny filazantsara, ary ho voavonjy.

20a Etera 12:19–21.
21a Etera 4:1.
23a TSM Orima sy Tomima.

25a Mos. 1:8.
26a Etera 3:11–13.
b TSM Finoana.
d Etera 4:4.

27a 2 Ne. 27:6–8.
28a F&F 17:1.

ARY nandidy ny rahalahin' i Jarèda ny Tompo handeha hidina avy teo an-tendrombohitra avy teo anatrehan' ny Tompo sy "hanoratra ny zavatra izay efa hitany; ary norarana ny hahatongavan' ireny any amin' ny zanak' olombelona ^braha tsy efa nasandratra teo amin' ny hazofijaliana Izy; ary noho izany antony izany dia notanan' i Môsià mpanjaka ireny mba tsy hahatongavan' ireny eo amin' izao tontolo izao raha tsy efa naneho ny tenany tamin' ny olony i Kristy.

2 Ary taorian' ny efa nanehoan' i Kristy marina tokoa ny tenany tamin' ny olony, dia nodidiany ny hampisehoana azy ireny.

3 Ary ankehitriny, taorian' izany, dia efa nihemotra tao amin' ny tsy finoana ireo; ary tsy nisy olona afa-tsy ny Lamanita sisa, ary efa notsipahiny ny filazantsaran' i Kristy; koa didina aho "hanafina ireny indray ao anaty tany.

4 Indro, efa nosoratako teo amin' ireto takelaka ireto ny tena zavatra izay hitan' ny rahalahin' i Jarèda; ary tsy nisy na oviana na oviana zavatra lehibe kokoa naseho noho ireo izay naseho ny rahalahin' i Jarèda.

5 Koa efa mandidy ahy ny Tompo hanoratra azy ireny; ary efa nosoratako izy ireny. Ary

nodidiany aho ny "hifehezako azy ireny; ary efa nodidiany koa aho ny hifehezako ny ^bfan-dikana azy ireny; koa efa nofeheziko ny fandikan-teny, araka ny didin' ny Tompo.

6 Fa hoy ny Tompo tamiko: Tsy handeha mankamin' ny Jentilisa ireny raha tsy amin' ny andro izay hibebahany amin' ny helony sy hahatonga azy ho madio eo anoloan' ny Tompo.

7 Ary amin' izany andro izany izay hampiharany ny finoana Ahy, hoy ny Tompo, tahaka ny nataon' ny rahalahin' i Jarèda, ka hahatonga azy "hohamasinina ao Amiko, amin' izany Aho dia haneho aminy ny zavatra izay hitan' ny rahalahin' i Jarèda, hatrany amin' ny famelabelarana aminy ny fanambarako rehetra, hoy i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, ny ^bRain' ny lanitra sy ny tany ary ny zava-drehetra izay eo aminy.

8 Ary izay "hifanditra amin' ny tenin' ny Tompo, dia aoka izy ho voaozona; ary izay ^bhandà ireny zavatra ireny, dia aoka izy ho voaozona; fa aminy no "tsy hanehoako zavatra lehibe kokoa, hoy i Jesoa Kristy; fa Izaho no Izy izay miteny.

9 Ary amin' ny didiko dia misokatra sy "mikatonana ny lanitra; ary amin' ny teniko dia hihorohoro ny ^btany; ary amin' ny di-

4 1a Etera 12:24.

TSM Soratra Masina.

b Etera 3:21.

3a Môrm. 8:14.

5a Etera 5:1.

b F&F 17:1;

JS—T 1:52.

TSM Orima sy

Tomima.

7a TSM Fanamasinana.

b Môsià 3:8.

8a 3 Ne. 29:5-6;

Môrm. 8:17.

b 2 Ne. 27:14; 28:29-30.

d Almà 12:10-11;

3 Ne. 26:9-10.

9a 1 Mpan. 8:35;

F&F 77:8.

b Hel. 12:8-18;

Môrm. 5:23.

diko dia ho levona toy ny amin' ny afo ny mponina eo aminy.

10 Ary izay tsy mino ny teniko dia tsy mino ny mpianatro; ary raha toa ka tsy miteny Aho, dia tsarainareo; satria ho fantatrareo fa Izaho no miteny amin' ny "andro farany.

11 Fa izay "mino kosa ireny zavatra izay efa noteneniko ireny, dia izy no hovangiako miaraka amin' ny fanehoana ny Fanahiko, ary hahalala izy sy ho vavolombelona manambara. Fa noho ny Fanahiko no ^bhahafantaran' ny fa ireny zavatra ireny dia ^dmarina; fa mandresy lahatra ny olona hanao ny tsara ireny.

12 Ary na inona na inona zavatra mandresy lahatra ny olona hanao ny tsara dia avy Amiko; fa tsy misy "tsara ka tsy avy Amiko. Izaho ihany no Izy izay mitarika ny olona hanao ny tsara rehetra; izay ^btsy hino ny teniko dia tsy hino Ahy—fa misy Aho; ary izay tsy hino Ahy dia tsy hino ny Ray izay nani-raka Ahy. Fa indro, Izaho no Ray, Izaho no ^dfahazavana sy ny ^efiainana ary ny fahamarinan' izao tontolo izao.

13 "Tongava atỳ Amiko, ianareo Ry Jentilisa, dia hasehoko anareo ny zavatra lehibe kokoa, ny fahalalana izay afenina noho ny tsy finoana.

14 Tongava atỳ Amiko ianareo Ry mpianakavin' i Isiraely, ary

dia "haseho anareo ny mahalehibe ny zavatra efa nomanin' ny Ray ho anareo, hatry ny fanorenana izao tontolo izao; ary tsy tonga tany aminareo izany noho ny tsy finoana.

15 Indro, rehefa hotriarinareo ity voalin' ny tsy finoana ity izay mahatonga anareo hijanona ao amin' ny toetra mahatsiravin' ny faharatsiana sy ny hamafin' ny fo ary ny fahajamban' ny saina, amin' izany ny zavatra lehibe sy mahatalanjona izay efa "nafenina taminareo hatry ny fanorenana izao tontolo izao—eny, rehefa hiantso ny Ray amin' ny Anarako ianareo, amin' ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, amin' izany dia ho fantatrareo fa ny Ray dia efa nahatsiaro ny fanekempihavanana izay nataony tamin' ny razanareo, Ry mpianakavin' i Isiraely.

16 Ary amin' izany ny "fanambarako izay efa nampanoratako an' i Jaona mpanompoko dia hovelarina eo imason' ny olona rehetra. Tsarovy, rehefa mahita ireo zavatra ireo ianareo, dia ho fantatrareo fa antomotra ny fotoana izay hanehoana marina tokoa azy ireo.

17 Koa, "rehefa handray ity rakitsoratra ity ianareo dia azonareo fantarina fa ny asan' ny Ray dia efa niantomboka teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

10a 2 Ne. 33:10–15.

11a F&F 5:16.

b TSM Fijoroana ho Vavolombelona.

d Etera 5:3–4;

Môrô. 10:4–5.

12a Almà 5:40;

Môrô. 7:16–17.

b 3 Ne. 28:34.

d TSM Fahazavana, Fahazavan' i Kristy.

e Jao. 8:12; Almà 38:9.

13a 3 Ne. 12:2–3.

14a F&F 121:26–29.

15a 2 Ne. 27:10.

16a Fan. 1:1;

1 Ne. 14:18–27.

17a 3 Ne. 21:1–9, 28.

18 Koa, “mibebaha ianareo rehetra faran’ ny tany, ary tongava atỳ Amiko, ary minoa ny filazan-tsarako, ary aoka hatao ^bbatisa amin’ ny anarako; fa izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mino kosa no hohelohina; ary ^dfamantarana no hanaraka ireo izay mino ny anarako.

19 Ary hotahiana izay hita ho “mahatoky amin’ ny Anarako amin’ ny andro farany, fa hasandratra izy mba honina ao amin’ ny fanjakana voaomana ho azy ^bhatry ny fanorenana izao tontolo izao. Ary indro, Izaho no efa niteny izany. Amena.

TOKO 5

Vavolombelona telo sy ny asa mihitsy no hijoro ho toy ny fanambarana ny amin’ ny fahamarinan’ ny Bokin’ i Môrmôna.

ARY ankehitriny, izaho Môrônia dia efa nanoratra ny teny izay efa nandidiana ahy, araka ny fitadidiako; ary efa nolazaiko anao ny zavatra izay efa “nofehziko; koa aza kasihina ireny mba hahazoanao mandika izany; fa voarara aminao izany zavatra izany, raha tsy fahendrena ao amin’ Andriamanitra izany atsy ho atsy.

2 Ary indro, mety ho tombontsoa ho anao ny hahazoanao mampiseho ny takelaka amin’ “ireo izay hanampy amin’ ny famoahana ity asa ity;

3 Ary “telo no hanehoana izany amin’ ny alalan’ ny herin’ Andriamanitra; noho izany dia ho ^bfantany marina tokoa fa ireo zavatra ireo dia ^dmarina.

4 Ary amin’ ny vavan’ ny “vavolombelona telo no hampioranana ireo zavatra ireo; ary ny fanambaran’ ny telo sy ity asa ity izay ao aminy no hanehoana ny herin’ Andriamanitra, ary koa ny teniny izay ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina no vavolombelona manambara—ary izany rehetra izany dia hijoro ho toy ny fanambarana miampanga izao tontolo izao amin’ ny andro farany.

5 Ary raha toa ka mibebaka izy ary “manatona ny Ray amin’ ny anaran’ i Jesoa, dia horaisina ao amin’ ny fanjakan’ Andriamanitra izy.

6 Ary ankehitriny, raha tsy manam-pahefana amin’ ireo zavatra ireo aho, dia tsarainareo; satria ho fantatrareo fa manam-pahefana aho rehefa hahita ahy ianareo ary rehefa hijoro eo anoloan’ Andriamanitra isika amin’ ny andro farany. Amena.

18a 3 Ne. 27:20;
Môrô. 7:34.

b Jao. 3:3–5.
TSM Batisa—Tsy maintsy atao.

d TSM Fanomezampahasoavan’ ny Fanahy.

19a Môsià 2:41; F&F 6:13.
TSM Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo

amintsika ny anaran’
i Jesoa Kristy.
b 2 Ne. 9:18.

5 1a 2 Ne. 27:7–8, 21;
Etera 4:4–7.

2a 2 Ne. 27:12–14;
F&F 5:9–15.

3a 2 Ne. 11:3; 27:12.
b F&F 5:25.

d Etera 4:11.
4a Jereo F&F 17

sasintenin’ ny
fizarana sy ny
andinany 1–3;
jereo koa ny
Tnivavolombelon’
ny Vavolombelona
Telo ao amin’ ireo
pejy voalohan’ ny
Bokin’ i Môrmôna.

5a Môrm. 9:27;
Môrô. 10:30–32.

TOKO 6

Natosiky ny rivotra nankamin' ny tany nampanantenaina ny sambofiara Jarèdita—Nidera ny Tompo ny vahoaka noho ny hatsarany—Notendrena ho mpanjaka teo aminy i Ôrihà—Maty i Jarèda sy ny rahalahiny.

ARY ankehitriny, izaho Môrônia dia miroso amin' ny fanomezana ny rakitsoratr' i Jarèda sy ny rahalahiny.

2 Fa ny zava-nitranga, taorian' ny efa nanomanan' ny Tompo ny "vato izay efa nentin' ny rahalahin' i Jarèda nankao antendrombohitra, dia nidina avy tao an-tendrombohitra ny rahalahin' i Jarèda, ary nametraka ny vato tamin' ny sambo izay efa nomanina, teo amin' ny tendrony roa taminy; ary indro, izany dia nanome hazavana ho an' ny sambo.

3 Ary dia nataon' ny Tompo toy izany ny hamirapiratan' ny vato ao amin' ny haizina, ka hanome hazavana ho an' ny lehilahy, ny vehivavy ary ny ankizy mba tsy hahazoany mita ny rano lehibe ao amin' ny haizina.

4 Ary ny zava-nitranga, rehefa avy nanomana ny vatsy isankarazany rehetra izy ireo mba hahazoany mivelona eny ambony rano, ary koa ny hanina ho an' ny biby fiompiny, ary na inona na inona bibidia, na biby fiompy, na vorona izay tokony hoentiny miaraka aminy—ary ny zava-nitranga rehefa natao-

ny ireo zavatra rehetra ireo, dia niondrana an-tsambo na sambofiara izy ireo, ary nisononoka teny an-dranomasina, rehefa nankininy tamin' ny Tompo Andriamaniny ny tenany.

5 Ary ny zava-nitranga dia nataon' ny Tompo Andriamanitra izay hisian' ny "rivo-mahery nitsoka tambonin' ny rano, nankamin' ny tany nampanantenaina; ary dia nahilangilan' ny rivotra tambonin' ny onjan-dranomasina toy izany izy ireo.

6 Ary ny zava-nitranga dia imbetsaka izy ireo no nalevina tao amin' ny halalin' ny ranomasina, noho ny tendrombohitr' onja izay nitosaka taminy, ary koa noho ny tafiotra lehibe sy mahatsiravina izay nateraky ny fivatratran' ny rivotra.

7 Ary ny zava-nitranga, nony efa nalevina tao amin' ny lalina izy ireo, dia tsy nisy rano afaka nandratra azy ireo, satria ny sambony dia "tsy tantera-drano tahaka ny lovia, ary ireny koa dia tsy tantera-drano tahaka ny 'sambofiaran' i Noa; koa rehefa nohodidinin' ny rano maro izy ireo dia niantso ny Tompo, ary Izy nitondra azy ireo indray nivoaka teo ambonin' ny rano.

8 Ary ny zava-nitranga dia tsy nitsahatra nitsoka na oviana na oviana nankamin' ny tany nampanantenaina ny rivotra raha teny ambony rano izy ireo; ary dia natosiky ny rivotra toy izany izy ireo.

9 Ary "nihira fiderana ho an' ny Tompo izy ireo; eny, ny

6 2a Etera 3:3-6.
5a Etera 2:24-25.

7a Etera 2:17.
b Gen. 6:14; Mos. 7:43.

9a TSM Mihira.

rahalahin' i Jarèda dia nihira fiderana ho an' ny Tompo, ary ^bnisaorany sy noderaïny ny Tompo nandritra ny manontolo andro; ary nony tonga ny alina dia tsy nitsahatra nidera ny Tompo izy ireo.

10 Ary dia toy izany no nano-sehana azy ireo; ary tsy nisy bibiben-dranomasina afaka nandraava azy ireo, tsy afaka nanimba azy ireo koa ny trozona; ary nanana hazavana lalanda-va izy ireo, na teo ambonin' ny rano na tao anaty rano.

11 Ary dia toy izany no nano-sehana azy ireo nandritra ny efatra amby efapolo sy telonjato andro teny ambony rano.

12 Ary izy ireo dia niantsona teo amin' ny moron-tsiraky ny tany nampanantenaina. Ary rehefa avy nametraka ny tongony teo amin' ny moron-tsiraky ny tany nampanantenaina izy ireo, dia niankohoka tambonin' ny tany ny tenany sy nanetry tena teo anoloan' ny Tompo, ary nandrotsa-dranomasompifaliana teo anoloan' ny Tompo, noho ny habetsahan' ny famindram-pony taminy sy ny fiantrany.

13 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tambonin' ny tany izy ireo ary nanomboka niasa ny tany.

14 Ary nanana zanakalahy efatra i Jarèda; ary nantsoina hoe i Jakôma sy i Gilgà sy i Mahà ary i Ôrihà ireo.

15 Ary niteraka zanakalahy sy

zanakavavy koa ny rahalahin' i Jarèda.

16 Ary ireo "naman' i Jarèda sy ny rahalahiny dia niisa sahabo ho roa amby roapolo olona; ary ireo koa dia niteraka zanakalahy sy zanakavavy talohan' ny nahatongavany teo amin' ny tany nampanantenaina; ary noho izany dia nanomboka ho maro izy ireo.

17 Ary nampianarina azy ireo ny "handeha amim-panetrentena eo anoloan' ny Tompo; ary ^bnampianarina avy tany ambony koa izy ireo.

18 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka niely patrana tambonin' ny tany izy ireo, ary nitombo isa sy niasa ny tany; ary izy ireo dia nihanahery teo amin' ny tany.

19 Ary nanomboka ho antitra ny rahalahin' i Jarèda, ary nahita izy fa tsy ho ela dia tsy maintsy mandeha midina ao am-pasana; koa hoy izy tamin' i Jarèda: Aoka hovoriantika miaraka ny olontsika mba hahazoantsika manisa azy, mba hahafantarantsika avy aminy izay hiriany amintsika mialohan' ny handehanantsika midina any am-pasana.

20 Ary araka izany dia novoriana miaraka ny vahoaka. Ankehitriny ny isan' ny zanakalahy sy ny zanakavavin' ny rahalahin' i Jarèda dia roa amby roapolo olona; ary ny isan' ny zanakalahy sy ny zanakavavin' i Jarèda dia roa ambin' ny folo, fa nanana zanakalahy efatra izy.

9b 1 Tan. 16:7-9;
Almà 37:37;
F&F 46:32.

16a Etera 1:41.
17a TSM Mandeha,
Mandeha Miaraka

amin' Andriamanitra.
b TSM Fanambarana.

21 Ary ny zava-nitranga dia nisainy ny olony; ary rehefa avy nisainy izy ireo, dia nanontaniany taminy ny zavatra izay tiany hataony mialohan' ny handehanany midina any ampasana.

22 Ary ny zava-nitranga dia nirian' ny vahoaka taminy ny "hanosorany ny anankiray amin' ny zanany lahy ho mpanjaka eo aminy.

23 Ary ankehitriny indro, nampalahelo azy ireo izany. Ary hoy ny rahalahin' i Jarèda taminy: Azo antoka fa izany zavatra izany dia "mitondra any amin' ny fahababoana.

24 Nefa hoy i Jarèda tamin' ny rahalahiny: Avelao izy mba hanana mpanjaka. Ary noho izany dia hoy izy taminy: Fidionareo amin' ny zanakay lahy izay ho mpanjaka, dia izay tianareo.

25 Ary ny zava-nitranga dia nofidiany ny lahimateoan' ny rahalahin' i Jarèda; ary ny anarany dia i Pagaga. Ary ny zava-nitranga dia nandà izy ary tsy te ho mpanjakany. Ary tian' ny vahoaka ny haneren-drainy azy, nefa tsy nety rainy; ary nodidiany izy ireo ny tsy hanereny olona ho mpanjakany.

26 Ary ny zava-nitranga dia nofidiany avokoa ireo rahalahin' i Pagaga, ary tsy nety ireo.

27 Ary ny zava-nitranga dia tsy nety koa ireo zanakalahin' i Jarèda, dia izy rehetra afa-tsy anankiray; ary nohosorana ho mpanjaka teo amin' ny vahoaka i Ôrihà.

28 Ary nanomboka nanjaka izy, ary nanomboka niroborobo ny vahoaka; ary tonga mpanefofo izaitsizy tokoa izy ireo.

29 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry i Jarèda, ary koa ny rahalahiny.

30 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tamim-panetren-tena teo anoloan' ny Tompo i Ôrihà ary nahatsiaro ny mahalehibe ny zavatra efa nataon' ny Tompo ho an-drainy, ary nampianariny ny olony koa ny mahalehibe ny zavatra efa nataon' ny Tompo ho an' ny razany.

TOKO 7

Nanjaka tamim-pahamarinana i Ôrihà—Tao anatin' ny fisandohana sy ny adilahy no nitsangana ny fanjakam-pifandrafian' i Solè sy i Kôhôra—Ny mpaminany dia nanameloka ny faharatsiana sy ny fanompoan-tsampin' ny vahoaka izay nibebaka taorian' izany.

ARY ny zava-nitranga dia nampihatra ny fitsarana teo amin' ny tany tamim-pahamarinana i Ôrihà tamin' ny androny rehetra, andro izay marobe izaitsizy tokoa.

2 Ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy izy; eny, niteraka iraika amby telopolo izy, anisan' ireo ny zanany lahy telo amby roapolo.

3 Ary ny zava-nitranga dia niteraka an' i Kiba koa izy tamin' ny fahanterany. Ary ny zava-nitranga dia i Kiba no nanjaka

teo amin' ny toerany; ary niteraka an' i Kôrihôra i Kiba.

4 Ary rehefa feno roa amby telopolo taona i Kôrihôra dia nikomy tamin-drainy, ary lasana izy ary nitoetra tany an-tanin' i Nehôra; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy izy, ary nanjary kanto fatratra tokoa izy ireo; koa i Kôrihôra dia nisintonana olona maro hanaraka azy.

5 Ary rehefa avy nanangona miaraka ny miaramila izy dia nandeha niakatra tao an-tanin' i Môrôna, izay nonenan' ny mpanjaka, ary naka azy ho babo, izay nahatò ny "filazan' ny rahalahin' i Jarèda fa izy ireo dia hoentina any amin' ny fahababoana.

6 Ankehitriny ny tanin' i Môrôna, izay nitoeran' ny mpanjaka dia akaikin' ny tany izay antsoin' ny Nefita hoe Faharavana.

7 Ary ny zava-nitranga dia nitoetra tao amin' ny fahababoana i Kiba, ary teo ambanin' i Kôrihôra zanany lahy ny vahoakany, mandra-pahatonga azy ho antitra izaitsizy tokoa; kanefa dia niteraka an' i Solè i Kiba tamin' ny fahanterany, raha mbola tany amin' ny fahababoana.

8 Ary ny zava-nitranga dia tezitra tamin' ny rahalahiny i Solè; ary nihanatanjaka sy tonga nahery i Solè raha ny herindehilahy; ary nahery tamin' ny fandanjalanjana koa.

9 Koa tonga tao amin' ny havoanan' i Efraïma izy ary nandrendrika metaly avy tao amin'

ny havoana sy nanao sabatra tamin' ny tsy ho an' ireo izay efa notarihiny hanaraka azy; ary rehefa avy nampirongo azy ireo sabatra izy dia niverina tao antanànan' i Nehôra sy namaky ady tamin' i Kôrihôra rahalahiny, ka tamin' izany fomba izany no nahazoany ny fanjakana sy namerenany izany tamin' i Kiba rainy.

10 Ary ankehitriny, noho ny zavatra izay efa nataon' i Solè, dia natolotry ny rainy azy ny fanjakana; koa nanomboka nanjaka teo amin' ny toerandrainy izy.

11 Ary ny zava-nitranga dia nampihatra ny fitsarana tamimpahamarinana izy; ary nanitatra ny fanjakany eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany izy, fa efa tonga marobe izaitsizy tokoa ny vahoaka.

12 Ary ny zava-nitranga dia niteraka zanakalahy sy zanakavavy maro koa i Solè.

13 Ary nibebaka tamin' ny ratsy maro izay efa nataony i Kôrihôra; koa nomen' i Solè fahefana tao amin' ny fanjakany izy.

14 Ary ny zava-nitranga dia nanana zanakalahy sy zanakavavy maro i Kôrihôra. Ary tamin' ny zanakalahin' i Kôrihôra dia nisy anankiray izay i Noà no anarany.

15 Ary ny zava-nitranga dia nikomy tamin' i Solè mpanjaka sy tamin' i Kôrihôra rainy koa i Noà, ary nitarika an' i Kôhôra rahalahiny sy ny rahalahiny

rehetra koa, ary ny maro tamin' ny vahoaka.

16 Ary namaky ady tamin' i Solè mpanjaka izy, ka tamin' izany no nahazoany ny tany lovany voalohany; ary tonga mpanjaka tao amin' izany fari-try ny tany izany izy.

17 Ary ny zava-nitranga dia namaky ady indray tamin' i Solè mpanjaka izy; ary naka an' i Solè mpanjaka sy nitondra azy ho babo tany Môrôna.

18 Ary ny zava-nitranga, nony efa hamono azy ho faty izy, dia nisoko niditra ny tranon' i Noà mpanjaka tamin' ny alina ireo zanakalahin' i Solè sy namono azy, ary namaky ny varavaran' ny fonja sy nitondra an-drainy nivoaka, ary nametraka azy teo amin' ny seza fiandrianany tao amin' ny fanjakany ihany.

19 Koa, nanangana ny fanjakany teo amin' ny toerany ny zanakalahin' i Noà; na dia teo aza izany dia tsy nanam-pahefana intsony tamin' i Solè mpanjaka izy ireo, ary ny vahoaka izay teo ambany fitondran' i Solè mpanjaka dia niroborobo izaitsizy tokoa sy tonga lehibe.

20 Ary nizarazara ny tany; ary nisy fanjakana roa, ny fanjakan' i Solè sy ny fanjakan' i Kôhôra, zanakalahin' i Noà.

21 Ary nataon' i Kôhôra, zanakalahin' i Noà, izay hamakian' ny vahoakany ady tamin' i Solè, izay nandresen' i Solè azy sy namonoany an' i Kôhôra.

22 Ary ankehitriny i Kôhôra dia nanan-janakalahy izay nan-

tsoina hoe Nimrôda; ary i Nimrôda dia nanolotra ny fanjakan' i Kôhôra an' i Solè, ary nahazo sitraka teo imason' i Solè; koa i Solè dia nanome azy fankasitrahana lehibe, ary nanao araka ny faniriany tao amin' ny fanjakan' i Solè izy.

23 Ary nandritra ny fitondran' i Solè koa dia nisy ireo mpaminany izay nirahin' ny Tompo, tonga teo anivon' ny vahoaka, naminy fa ny faharatsiana sy ny "fanompoan-tsampin' ny vahoaka no nahatonga ozona teo amin' ny tany, ary hofongorana izy raha tsy mibebaka.

24 Ary ny zava-nitranga dia nanevateva ny mpaminany ny vahoaka ary nanaraby azy ireo. Ary ny zava-nitranga dia nampihatra ny fitsarana tamin' ireo rehetra izay nanevateva ny mpaminany i Solè mpanjaka.

25 Ary izy dia nampihatra lalàna eran' ny tany manontolo, izay nanome fahefana ny mpaminany handehanany na aiza na aiza tiany; ary noho izany antony izany dia nentina nankamin' ny fibebahana ny vahoaka.

26 Ary satria nibebaka tamin' ny helony sy ny fanompoan-tsampiny ny vahoaka dia notsimbinin' ny Tompo izy, ary nanomboka niroborobo indray teo amin' ny tany. Ary ny zava-nitranga dia niteraka zanakalahy sy zanakavavy i Solè tamin' ny fahanterany.

27 Ary tsy nisy ady intsony tamin' ny andron' i Solè; ary nahatsiaro ny zava-dehibe izay

efa nataon' ny Tompo ho an' ny razany izy tamin' ny nitondrany azy ireo "nita ny hantsana lehibe hankamin' ny tany nampanantenaina; koa nampihatra ny fitsarana tamim-pahamarinana tamin' ny androny rehetra izy.

TOKO 8

Nisy ny adilahy sy ny fifandirana momba ny fanjakana—Nanangana tsikombakomba miafina nofehezim-belirano i Akisa hamonoana ny mpanjaka—Avy tamin' ny devoly ny tsikombakomba miafina ary niafara tamin' ny faharavan' ny firenena—Ny Jentilisa ankehitriny dia nampitandremana tamin' ny tsikombakomba miafina izay nika-tsaka ny handrodana ny fahafahan' ny tany, ny firenena ary ny fanjakana rehetra.

ARY ny zava-nitranga dia niteraka an' i Ômera izy, ary nanjaka teo amin' ny toerany i Ômera. Ary niteraka an' i Jarèda i Ômera; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy i Jarèda.

2 Ary nikomy tamin-drainy i Jarèda, ary tonga sy nonina tao an-tanin' i Heta izy. Ary ny zava-nitranga dia nanasohaso vahoaka maro izy, noho ny teniny mametsifetsy, mandrapahazoany ny antsasaky ny fanjakana.

3 Ary nony efa azony ny antsasaky ny fanjakana, dia namaky ady tamin-drainy izy, ary nitondra an-drainy nankamin' ny fahababoana, ary nampa-

nompo azy tao amin' ny fahababoana;

4 Ary ankehitriny, nandritra ny andro nitondran' i Ômera, dia tao amin' ny fahababoana izy, ny antsasaky ny andrompiainany. Ary ny zava-nitranga dia niteraka zanakalahy sy zanakavavy izy, anisan' ireo i Hezrôna sy i Kôriantomira;

5 Ary ireo dia tezitra izaitsizy tokoa noho ny nataon' i Jarèda rahalahiny, hany ka nanangana miaramila ireo ary namaky ady tamin' i Jarèda. Ary ny zava-nitranga dia namaky ady taminy tamin' ny alina ireo.

6 Ary ny zava-nitranga nony efa naringan' izy ireo ny miaramilan' i Jarèda dia efa saika hamono azy koa izy ireo; ary niangaviany izy ireo mba tsy hamono azy, ary dia hafoiny ho an-drainy ny fanjakana. Ary ny zava-nitranga dia navelan' izy ireo taminy ny ainy.

7 Ary ankehitriny dia nanjary feno alahelo izaitsizy tokoa i Jarèda noho ny famoizana ny fanjakana, satria efa nametraka ny fony tamin' ny fanjakana sy ny voninahitr' izao tontolo izao izy.

8 Ankehitriny ny zanakavavin' i Jarèda, izay famantsivavy izaitsizy tokoa, rehefa nahita ny alahelon-drainy, dia nihevitra ny hamolavola tetika izay hahafahany manavotra ny fanjakana ho an-drainy.

9 Ankehitriny ny zanakavavin' i Jarèda dia meva izaitsizy tokoa. Ary ny zava-nitranga dia

niresaka tamin-drainy izy, ary hoy izy taminy: Nahoana ny raiko no manana alahelo fatra-tra tokoa? Tsy efa novakiany va ny rakitsoratra izay nentin' ny razantsika nita ny hantsana lehibe? Indro, moa tsy misy ny fitantarana ny momba ireo tamin' ny fahagola izay tamin' ny alalan' ny "drafitra miafina no nahazoany fanjakana sy voninahitra lehibe?

10 Ary ankehitriny, noho izany, dia aoka ny raiko hampaka an' i Akisa, zanakalahin' i Kimnôra; ary indro, meva aho, ary "handihy eo anoloany, ary hahafinaritra azy aho ka hiriany ho andefimandry; koa raha mangataka aminao izy ny hanomezanao ahy ho azy, ho andefimandry, amin' izany ianao dia hiteny hoe: Homeko izy raha entinao eto amiko ny lohan' ny mpanjaka raiko.

11 Ary ankehitriny i Ômera dia sakaizan' i Akisa; koa, rehefa nampaka an' i Akisa i Jarèda, dia nandihy teo anoloany ny zanakavavin' i Jarèda ka nahafinaritra azy, hany ka niriany ho andefimandry. Ary ny zava-nitranga dia hoy izy tamin' i Jarèda: Omeo ahy izy ho andefimandriko.

12 Ary hoy i Jarèda taminy: Homeko anao izy, raha entinao eto amiko ny lohan' ny mpanjaka raiko.

13 Ary ny zava-nitranga dia nangonin' i Akisa tao an-tranon' i Jarèda avokoa ireo ankehona-

ny, ary hoy izy taminy: Mianiana amiko va ianareo fa ho mahatoky amiko amin' ny zavatra izay hangatahiko aminareo?

14 Ary ny zava-nitranga dia "nianiana teo anoloany avokoa ireo, tamin' ny Andriamanitry ny lanitra, ary koa tamin' ny lanitra, ary koa tamin' ny tany, ary tamin' ny lohan' izy ireo, fa na zovy na zovy no mandà ny fanampiana izay nirian' i Akisa dia hahavery ny lohany; ary na zovy na zovy no hamoaka izay zavatra rehetra nampahafantarin' i Akisa azy, dia hahavery ny ainy izy.

15 Ary ny zava-nitranga dia toy izany no nifanekeny tamin' i Akisa. Ary i Akisa dia nampanao azy ireo ny "fianianana izay nomen' ireo tamin' ny fahagola, izay nikatsaka fahefana koa, izay efa nifanolorana, na dia hatrany amin' i ^bKaina aza izay mpamono olona hatrany ampiandohana.

16 Ary ireny dia notehirizin' ny herin' ny devoly mba hanomezana ireny fianianana ireny ny vahoaka, mba hitanana azy ao amin' ny haizina, mba hanampiana izay nikatsaka ny fahefana hahazo ny fahefana sy hamono olona, ary handroba sy handainga ary hahavita ny karazana faharatsiana sy fijangajangana rehetra.

17 Ary ny zanakavavin' i Jarèda no nametraka izany tao am-pony mba hofongarina ireny zavatra fahiny ireny; ary

8 9a 3 Ne. 6:28;
Hel. 6:26–30;
Mos. 5:51–52.

10a Mar. 6:22–28.
14a TSM Manevateva.
15a TSM Fianianana.

b Gen. 4:7–8;
Mos. 5:28–30.

nametraka izany tao am-pon' i Akisa i Jarèda; koa, i Akisa dia nanome izany ny olony sy ny sakaizany, nitarika azy ireo tamin' ny fampantenana tsara lahatra mba hanao na inona na inona zavatra niriany.

18 Ary ny zava-nitranga dia nanangana "tsikombakomba miaina izy ireo, dia tahaka andrizaro fehizay; tsikombakomba izay tena maharikoriko sy ratsy indrindra noho ny rehetra, teo imason' Andriamanitra;

19 Fa tsy miasa ao amin' ny tsikombakomba miaina ny Tompo, tsy tiany koa ny olona handatsa-dra, fa efa norarany tamin' ny zava-drehetra izany, hatry ny fiandohan' ny olona.

20 Ary ankehitriny izaho Môrônia dia tsy manoratra ny fombafomban' ny veliranony sy ny tsikombakombany, satria efa nampahafantarina ahy fa efa ananan' ny vahoaka rehetra ireny, ary efa ananan' ny Lamanita.

21 Ary ireny no efa nahatonga ny "famongorana ity vahoaka izay resahiko ankehitriny ity, ary koa ny famongorana ny vahoakan' i Nefia.

22 Ary na zovy na zovy firenena manohana tsikombakomba miaina toy izany mba hahazoana fahefana sy harena, hany ka hiely eran' ny firenena izy ireny, dia horavana izy; fa ny Tompo dia tsy hamela ny "ran' ny olomasiny, izay halatsak' izy ireny, hiantso Azy avy eo amin' ny tany mba ho eo amin' izy

ireny ny ^bvalifaty, ka tsy hamaly azy.

23 Koa, ianareo ry Jentilisa, fahendrena ao amin' Andriamanitra ny hampisehoana anareo ireny zavatra ireny, mba hahazoanareo amin' izany mibebaka amin' ny fahotanareo, ka tsy hamelanareo ireny tsikombakomba mamono ireny hitaingim-bozona anareo, fa izy ireny dia miorina mba hahazoana "fahefana sy harena—ary ny asa, eny, ny asan' ny famongorana dia ho tonga aminareo, eny, ny sabatry ny fitsaran' Andriamanitra Mandrakizay dia hianjera aminareo, ho fandrodanana sy ho famongorana anareo, raha avelanareo hisy ireny zavatra ireny.

24 Koa, mandidy anareo ny Tompo, rehefa ho hitanareo ny hahatongavan' ireny zavatra ireny eo anivonareo, ny hifohanareo ho amin' ny fieritreretana ny toe-javatra mahatsiravina misy anareo, noho ity tsikombakomba miaina izay hisy eo anivonareo ity; na lozan' izany, noho ny ran' ireo izay efa novonoina; fa miantsoantso avy eo amin' ny vovoka izy ireo mba hianjeran' ny valifaty amin' izany, ary koa amin' ireo izay nanangana izany.

25 Fa ny zava-mitranga dia na zovy na zovy no manorina izany dia mikatsaka ny hanongana ny "fahafahan' ny tany, ny firenena ary ny fanjakana rehetra izany; ary mahatonga ny

18a TSM Tsikombakomba
Miaina.
21a Hel. 6:28.

22a Môrm. 8:27, 40–41.
b TSM Valifaty.
23a 1 Ne. 22:22–23;

Mos. 6:15.
25a TSM Afaka.

famongorana ny vahoaka rehetra izany, satria aorin' ny devoly izay rain' ny lainga rehetra izany; izy ihany ilay mpandainga izay ^bnanangoly ny ray amandrenintsika voalohany, eny, izy ihany ilay mpandainga izay efa nahatonga ny olona hahavita vonoan' olona hatrany am-piandohana; izay efa nanamafy ny fon' ny olona ka efa namonoany ny mpaminany sy nitorahany vato azy ary nandroahany azy hatrany am-piandohana.

26 Koa, izaho Môrônia dia didina hanoratra ireny zavatra ireny mba hanafaoanana ny ratsy sy mba hiavian' ny fotoana izay “tsy hahazoan' i Satana hanampahafana amin' ny fon' ny zanak' olombelona, fa hahazoana kosa ^bmandresy lahatra azy ireo hanao ny tsara lalandava, ka hahazoany manatona ny loharanon' ny fahamarinana rehetra ary ho voavonjy.

TOKO 9

Avy tamin' ny anankiray dia nifindra tamin' ny anankiray hafa ny fanjakana tamin' ny alalan' ny firazanana, ny fiokoana ary ny vonoan' olona — Nahita ny Zanaky ny Fahamarinana i Emera — Niantso fibabahana ny mpaminany maro — Nampahory ny vahoaka ny mosary sy ny menarana misy poizina.

ARY ankehitriny izaho Môrônia dia manohy ny rakitsoratro. Koa, indro, ny zava-nitranga noho ny

“tsikombakomba miafin' i Akisa sy ny namany, dia indro, naongany ny fanjakan' i Ômera.

2 Na dia teo aza izany, ny Tompo dia feno famindram-po tamin' i Ômera, ary koa tamin' ny zanany lahy sy ny zanany vavy izay tsy nikatsaka ny famongorana azy.

3 Ary nampitandrina an' i Ômera tao amin' ny nofy ny Tompo mba handehanany miala ny tany; koa nandeha i Ômera niala ny tany, niaraka tamin' ny ankohonany, ary nandeha andro maro sy namakivaky ka nandalo tao akaikin' ny havoanan' i “Sîma, ary nandalo teo akaikin' ny toerana ^bizay namongorana ny Nefita, ary avy teo dia niantsinanana, ary tonga tao amin' ny toerana izay nantsoina hoe i Ablôma, akaikin' ny moron-dranomasina, ary nanangana ny lainy teo izy, ary koa ny zanany lahy sy ny zanany vavy ary ny ankohonany rehetra, afa tsy i Jarêda sy ny fianakaviany.

4 Ary ny zava-nitranga dia nohosoran' ny tanan' ny faharatsiana ho mpanjaka teo amin' ny vahoaka i Jarêda; ary nomeny an' i Akisa ny zanany vavy ho vadiny.

5 Ary ny zava-nitranga dia nifofo ny ain-drafozandahiny i Akisa; ary nangatahiny ny fanampian' ireo izay efa nampianianiny tamin' ny veliranon' ny ntaolo, ary nahazo ny lohan' ny rafozandahiny ireo, raha nipetraka teo amin' ny seza

25b Gen. 3:1–13;
2 Ne. 9:9; Môsià 16:3;
Mos. 4:5–19.

26a 1 Ne. 22:26.
b 2 Ne. 33:4;
Môrô. 7:12–17.

9 1a Etera 8:13–17.
3a Môrm. 1:3; 4:23.
b Môrm. 6:1–15.

fiandrianany izy, nanana fihaoana tamin' ny vahoakany.

6 Fa lehibe loatra ny efa fiparitahan' ity fikambanana ratsy sy miafina ity, ka izany dia nanimba ny fon' ny vahoaka manontolo; koa nisy namono teo amin' ny seza fiandrianany i Jarèda, ary i Akisa no nanjaka teo amin' ny toerany.

7 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nialona ny zanany lahy i Akisa, noho izany dia nohidiny tao am-ponja izy ary nomena sakafo kely na tsy nisy mihitsy aza mandra-pahatonga azy hiaritra fahafatesana.

8 Ary ankehitriny ny rahalahin' ilay niaritra fahafatesana (ary ny anarany dia i Nimrà) dia tezitra tamin-drainy noho izay efa nataon-drainy tamin' ny rahalahiny.

9 Ary ny zava-nitranga dia nanangona miaraka andian' olona vitsivitsy i Nimrà ary nandositra niala ny tany sy tonga ary niara-nonina tamin' i Ômera.

10 Ary ny zava-nitranga dia niteraka zanakalahy hafa i Akisa, ary nahazo ny fon' ny olona ireo, na dia teo aza ny efa niananan' ireo taminy hanao ny fomban' ny heloka rehetra araka izay niriany.

11 Ankehitriny, dia naniry harena ny vahoakan' i Akisa, dia tahaka an' i Akisa naniry fahefana; koa ny zanakalahin' i Akisa dia nanolotra azy vola, tamin' izany fomba izany no nisarihan' izy ireo ny ankamaroan' ny vahoaka hanaraka azy ireo.

12 Ary nanomboka nisy ady teo amin' ireo zanakalahin' i

Akisa sy i Akisa, izay naharitra taona maro, eny, hatrany amin' ny saika famongorana manontolo ny vahoakan' ny fanjakana aza, eny, dia ny rehetra, afa-tsy telopolo olona mbamin' ireo izay nandositra niaraka tamin' ny ankohonan' i Ômera.

13 Koa, naverina indray tamin' ny tany lovany i Ômera.

14 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka ho antitra i Ômera; na dia teo aza izany, dia niteraka an' i Emera izy, tamin' ny fahanterany; ary nanosotra an' i Emera ho mpanjaka hitondra eo amin' ny toerany izy.

15 Ary rehefa avy nanosotra an' i Emera ho mpanjaka izy dia nahita fiadanana teo amin' ny tany nandritra ny roa taona, ary nodimandry izy, rehefa nahita andro maro izaitsizy tokoa, izay feno alahelo. Ary ny zava-nitranga dia i Emera no nitondra teo amin' ny toerany, ary nanaraka ny dian-drainy izy.

16 Ary nanomboka indray nanaisotra ny ozona hiala tamin' ny tany ny Tompo, ary ny ankohonan' i Emera dia niroborobo izaitsizy tokoa teo ambany fitondran' i Emera; ary tao anatin' ny roa amby enimpolo taona dia efa tonga natanjaka izaitsizy tokoa izy ireo, hany ka efa tonga mpanefoefo izaitsizy tokoa —

17 Nanana ny karazany rehetra tamin' ny voankazo sy tamin' ny voamaina, ary tamin' ny landy sy tamin' ny hariry madinika, ary tamin' ny volamena sy tamin' ny volafotsy, ary tamin' ny zava-tsarobidy;

18 Ary koa ny karazany rehe-

tra tamin' ny biby fiompy, ary tamin' ny ombilahy sy ny ombivavy, ary tamin' ny ondry, ary tamin' ny kisoa, ary tamin' ny osy, ary koa ny karazam-biby maro hafa izay natao hohanin' ny olona.

19 Ary nananany koa ny "soavaly sy ny ampondra, ary nisy elefanta sy kiorelôma ary kiomôma; ary izy rehetra ireo dia nilain' ny olona, ary indrindra indrindra ny elefanta sy ny kiorelôma ary ny kiomôma.

20 Ary dia toy izany no nandrotsahan' ny Tompo ny fitahiany teo amin' ny tany izay "nofinidy tambonin' ny tany hafa rehetra; ary nodidiany fa na zovy na zovy no hizaka ny tany dia hizaka izany ho an' ny Tompo, na ^bhofongorana izy rehefa masaka ao amin' ny heloka; fa amin' ny toa azy, hoy ny Tompo, no handatsahako ny fahafenoan' ny fahatezerako.

21 Ary i Emera dia nampihatra ny fitsarana tamim-pahamarinana tamin' ny androny rehetra, ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy maro izy; ary niteraka an' i Kôriantoma izy ary nanosotra an' i Kôriantoma hitondra eo amin' ny toerany.

22 Ary taorian' ny efa nanosorany an' i Kôriantoma hitondra eo amin' ny toerany, dia niaina efa-taona izy ary nahita fandriam-pahalemana teo amin' ny tany; eny, ary nahita izy na dia ny "Zanaky ny Fahamarinana aza ary nifaly sy nankalaza ny

androny; ary nodimandry tamim-piadanana izy.

23 Ary ny zava-nitranga dia nandeha tamin' ny lalan-drainy i Kôriantoma ary nanorina tanàna mafy maro sy nanome izay tsara ho an' ny vahoakany tamin' ny androny rehetra. Ary ny zava-nitranga dia tsy nananjanaka izy raha tsy efa antitra izaitsizy tokoa.

24 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry ny vadiny, rehefa roa amby zato taona. Ary ny zava-nitranga dia naka tovovavy iray ho vadiny i Kôriantoma tamin' ny fahanterany, ka niteraka zanakalahy sy zanakavavy; koa, niaina hatrany amin' ny roa amby efa-polo amby zato taona izy.

25 Ary ny zava-nitranga dia niteraka an' i Kôma izy, ary nitondra teo amin' ny toerany i Kôma; ary nitondra sivy amby efa-polo taona izy dia niteraka an' i Heta; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy hafa koa izy.

26 Ary efa niely tamin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany ny vahoaka, ary nanomboka indray ny fisian' ny faharatsiana lehibe izaitsizy tokoa teto ambonin' ny tany, ary nanomboka nanaraka indray ny drafitra miafina fahiny i Heta mba hamongorana an-drainy.

27 Ary ny zava-nitranga dia nesoriny teo amin' ny seza fiandrianany ny rainy, satria novoiny tamin' ny sabany ihany izy; ary izy no nitondra teo amin' ny toerany.

19a 1 Ne. 18:25.
20a Etera 2:15.

b Etera 2:8-11.
22a 3 Ne. 25:2.

28 Ary nisy mpaminany tonga indray teo amin' ny tany, niantso fibebahana tamin' izy ireo—fa tsy maintsy manomana ny lalan' ny Tompo izy ireo, raha tsy izany dia ho tonga eto ambonin' ny tany ny ozona; eny, hisy mihitsy mosary lehibe, ka amin' izany no hamongorana azy ireo raha tsy mibebaka.

29 Nefa tsy nino ny tenin' ny mpaminany ny vahoaka, fa noroahiny izy ireny hiala; ary ny sasany taminy dia natsipiny tao anaty lavaka ary navelany ho faty. Ary ny zava-nitranga dia nataony avokoa ireo zavatra ireo araka ny didin' i Heta mpanjaka.

30 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nisy tsy fahampiankanina lehibe teo amin' ny tany, ary nanomboka ho ringana faingana izaitsizy tokoa ny mponina noho ny tsy fahampiankanina, fa tsy nisy orana tambonin' ny tany.

31 Ary nivoaka teo ambonin' ny tany koa ny bibilava misy poizina ary nanapoizina olona maro. Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nandositra teo anoloan' ny bibilava misy poizina ny biby fiompiny, nankamin' ny tany andafiatsimo izay nantsoin' ny Nefita hoe “Zarahemlà.

32 Ary ny zava-nitranga dia nisy maro taminy no maty teny an-dalana; na dia teo aza izany dia nisy ny sasany izay nandositra nankamin' ny tany andafiatsimo.

33 Ary ny zava-nitranga dia

nataon' ny Tompo izay tsy hanenjehan' ireo “bibilava azy intsony, fa ny hamefen' ireo kosa ny lalana ka tsy hahafahan' ny vahoaka mandalo, fa na zovy na zovy no manandrana mandalo dia mety ho lavon' ny bibilava misy poizina.

34 Ary ny zava-nitranga dia nanaraka ny dian' ny biby ny vahoaka ary nambosibosika ny fatin' ireo izay lavo teny an-dalana, ambara-pahabosibosehany azy rehetra. Ankehitriny nony nahita ny vahoaka fa tsy maintsy ho faty izy dia nanomboka “nibebaka tamin' ny helony izy ary nitalaho ny Tompo.

35 Ary ny zava-nitranga rehefa avy “nanetry ny tenany tokoa teo anoloan' ny Tompo izy, dia nandrotsaka ny orana tambonin' ny tany Izy; ary nanomboka velom-bolo indray ny vahoaka, ary nanomboka nisy voankazo teo amin' ny tany avatra sy teo amin' ny tany rehetra manodidina. Ary ny Tompo dia naneho ny heriny taminy tamin' ny nitsimbinany azy tamin' ny mosary.

TOKO 10

Nifandimby ny mpanjaka—Ny sasany tamin' ny mpanjaka dia marina; ny hafa dia ratsy—Rehefa manjaka ny fahamarinana, dia tahina sy tsimbinin' ny Tompo ny vahoaka.

ARY ny zava-nitranga dia i Seza izay tamingan' i Heta—fa efa

maty tamin' ny mosary i Heta sy ny ankohonany rehetra afa-tsy i Seza — koa i Seza no nanomboka nanarina indray ny vahoaka rava.

2 Ary ny zava-nitranga dia nahatsiaro ny famongorana ny razany i Seza, ary izy dia nanorina fanjakana marina; fa nahatsiaro izay efa nataon' ny Tompo izy tamin' ny nitondran' an' i Jarèda sy ny rahalahiny "nita ny hantsana; ary izy dia nandeha tamin' ny lalan' ny Tompo; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy izy.

3 Ary ny lahimatoany izay i Seza no anarany dia nikomy taminy; kanefa i Seza dia noka-pohin' ny tanan' ny mpandroba, noho ny haren'ny fatratra, izay nitondra fandriampahalemana indray ho an-drainy.

4 Ary ny zava-nitranga dia nanorina tanàna maro teo amin' ny lafin-tany ny rainy, ary nanomboka indray niely patrana eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany ny vahoaka. Ary i Seza dia niaina tratrantitra izaitsizy tokoa; ary niteraka an' i Riplakisa izy. Ary nodimandry izy, ary i Riplakisa no nitondra teo amin' ny toerany.

5 Ary ny zava-nitranga dia tsy nanao izay marina teo imason' ny Tompo i Riplakisa, satria nanana andefimandry sy "vadi-sindrano maro izy, ary nametraka teo an-tsoroky ny olona izay sarotra zakaina; eny, izy dia nampitatao azy hetra mavesatra; ary tamin' ny alalan'

ny hetra no nananganany trano malalaka maro.

6 Ary nanangana seza fiandrianana kanto izaitsizy tokoa ho azy izy; ary nanorina fonja maro, ary na zovy na zovy no tsy te hofehezina tamin' ny hetra dia natsipiny tao am-ponja; ary na zovy na zovy no tsy afaka nandoa hetra dia natsipiny tao am-ponja; ary nataony izay hiasan' izy ireo lalandava ho an' ny fiveloman' izy ireo; ary na zovy na zovy no nandà tsy hiasa dia nasainy novonoina ho faty.

7 Koa izy dia nahazo ny asa voakaly rehetra, eny, na dia ny volamenany voadio aza dia nasainy nodiovina tao am-ponja; ary ny karazana taozavatra voakaly rehetra dia nasainy natao tao am-ponja. Ary ny zava-nitranga dia nampahoriany ny vahoaka tamin' ny fijangajangan'ny sy ny fahavetavetany.

8 Ary nony efa nitondra nandritra ny roa amby efa-polo taona izy, dia nitsangana ny vahoaka nikomy taminy; ary nanomboka nisy ady indray teo amin' ny tany, hany ka nisy namono i Riplakisa, ary noroahina hiala ny tany ny taranany.

9 Ary ny zava-nitranga, taorian' ny taona maro, dia i Môriantôna (izay tamingan' i Riplakisa) no nanangona miaraka ny miaramilan' ny voaroaka sy nandeha ary namaky ady tamin' ny vahoaka; ary nahazo ny fahefana tamin' ny tanàna maro izy; ary zary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady ary

naharitra taona maro; ary nahazo ny fahefana eran' ny tany manontolo izy ary nametraka ny tenany ho mpanjaka eran' ny tany manontolo.

10 Ary taorian' ny efa nametrachany ny tenany ho mpanjaka, dia nohamaivaniny ny entamavesatry ny vahoaka, tamin' izany no nahazoany sitraka teo imason' ny vahoaka, ary nanosorany azy ho mpanjakany.

11 Ary izy dia nanao ny rariny tamin' ny vahoaka fa tsy tamin' ny tenany noho ny fijangajangany maro; koa, nesorina tsy ho eo anatrehan' ny Tompo izy.

12 Ary ny zava-nitranga dia nanorina tanàna maro i Môriantôna, ary nanjary mpanefoefo izaitsizy tokoa ny vahoaka teo ambany fitondrany, na tamin' ny trano, na tamin' ny volamena sy ny volafotsy, na tamin' ny fambolena voamaina, na tamin' ny biby fiompy sy ny zavatra toy izany izay efa naverina taminy.

13 Ary i Môriantôna dia niaina hatrany amin' ny fahanterana be izaitsizy tokoa, ary tamin' izany no niterahany an' i Kima; ary i Kima no nitondra teo amin' ny toeran-drainy; ary nitondra valo taona izy dia maty rainy. Ary ny zava-nitranga dia tsy nitondra tamim-pahamarinana i Kima, koa tsy nankasitahan' ny Tompo izy.

14 Ary ny rahalahiny dia nangana fikomiana taminy, tamin' izany no namarinany azy tany amin' ny fahababoana; ary dia nijanona tao amin' ny faha-

baboana izy tamin' ny androny rehetra; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy tao amin' ny fahababoana izy, ary niteraka an' i Lèvy izy tamin' ny fahanterana; dia maty.

15 Ary ny zava-nitranga, taorian' ny fahafatesan-drainy dia nanompo tao amin' ny fahababoana nandritra ny roa amby efapolo taona i Lèvy. Ary izy dia niady tamin' ny mpanjakan' ny tany, tamin' izany no nahazoany ny fanjakana ho an' ny tenany.

16 Ary nony efa nahazo ny fanjakana ho an' ny tenany izy dia nanao izay marina teo imason' ny Tompo; ary ny vahoaka dia niroborobo teo amin' ny tany; ary tratrantitra be tokoa izy ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy; ary izy koa dia niteraka an' i Kôrôma izay nohosorany ho mpanjaka teo amin' ny toerany.

17 Ary ny zava-nitranga dia nanao izay tsara teo imason' ny Tompo i Kôrôma tamin' ny androny rehetra; ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy maro izy; ary nony efa nahita andro maro izy dia nodimandry, dia tahaka ny sisa amin' ny tany; ary i Kisy no nitondra teo amin' ny toerany.

18 Ary ny zava-nitranga dia nodimandry koa i Kisy, ary i Liba no nitondra teo amin' ny toerany.

19 Ary ny zava-nitranga dia nanao koa izay tsara teo imason' ny Tompo i Liba. Ary tamin' ny andron' i Liba dia fongana ny "bibilava misy poizina. Koa,

nandeha nankamin' ny tany andafiatsimo izy ireo, hiremby hanina ho an' ny vahoakan' ny tany, fa heniky ny biby an' ala ny tany. Ary i Liba izy tenany koa dia nanjary mpihaza lehibe.

20 Ary nanorina tanàna lehibe izy ireo teo akaikin' ny vozontany ety, akaikin' ny toerana izay anasarahan' ny ranomasina ny tany.

21 Ary notsimbininy ho tany foana ny tany andafiatsimo, hahazoana remby. Ary rakotry ny mponina ny lafiny manontolo tamin' ny tany andafiavaratra.

22 Ary fatra-piasa izaitsizy tokoa izy, ary nividy sy nivarotra, ary nifampiraharaha izy samy izy mba hahazoany tombony.

23 Ary izy dia niasa ny karazany rehetra tamin' ny akora, ary nanao volamena sy volafotsy ary "vy sy varahina, ary ny karazany rehetra tamin' ny metaly; ary dia nihady avy izany tao amin' ny tany; koa izy dia nampivosa antontan-tany avo hahazoana ny akoran' ny volamena sy ny an' ny volafotsy, ary ny an' ny vy sy ny an' ny varahinamena. Ary nataony ny karazany rehetra tamin' ny asa voakaly.

24 Ary nananany ny lamba landy sy ny hariry madinika; ary nataony ny karazany rehetra tamin' ny lamba mba hahazoany manafy ny tenany amin' ny fitanjahany.

25 Ary nataony ny karazany rehetra tamin' ny fitaovana hiasana ny tany, na hamadihana,

na hamafazana, na hijinjana, na hiavàna, na koa hivesesana.

26 Ary nataony ny karazany rehetra tamin' ny fitaovana izay nampiasainy tamin' ny bibiny.

27 Ary nataony ny karazany rehetra tamin' ny fitaovam-piadiana. Ary nataony ny karazana asa rehetra araka ny fomban' ny taozavatra nokaliana izaitsizy tokoa.

28 Ary na oviana na oviana dia tsy ho nety nisy vahoaka notahiana sy nambinin' ny tanan' ny Tompo bebe kokoa noho izy. Ary izy dia teo amin' ny tany izay nofinidy tambonin' ny tany rehetra, fa ny Tompo no efa niteny izany.

29 Ary ny zava-nitranga dia niaina an-taona maro i Liba ary niteraka zanakalahy sy zanakavavy; ary niteraka an' i Heartôma koa izy.

30 Ary ny zava-nitranga dia i Heartôma no nanjaka teo amin' ny toeran-drainy. Ary nony efa nanjaka efatra amby roapolo taona i Heartôma, dia indro, nesorina hiala taminy ny fanjaka. Ary nanompo an-taona maro tao amin' ny fahababoana izy, eny, ny androny sisa rehetra mihitsy.

31 Ary niteraka an' i Heta izy ary niaina tao amin' ny fahababoana i Heta tamin' ny androny rehetra. Ary niteraka an' i Aharôna i Heta, ary nitoetra tao amin' ny fahababoana i Aharôna tamin' ny androny rehetra; ary niteraka an' i Amnigadà izy, ary nitoetra tao amin' ny

fahababoana koa i Amnigadà tamin' ny androny rehetra; ary niteraka an' i Kôriantoma izy, ary nitoetra tao amin' ny fahababoana i Kôriantoma tamin' ny androny rehetra; ary niteraka an' i Kôma izy.

32 Ary ny zava-nitranga dia nahasarika ny antsasaky ny fanjakana i Kôma. Ary nanjaka roa amby efapolo taona tamin' ny an-tsasaky ny fanjakana izy; ary nandeha niady tamin' i Amgida mpanjaka izy, ary niady nandritra ny taona maro izy ireo, nandritra izany fotoana izany no nahazahoan' i Kôma ny fahefana tamin' i Amgida sy nahazoany ny fahefana tamin' ny fanjakana sisa.

33 Ary tamin' ny andron' i Kôma dia nanomboka nisy ireo mpandroba teo amin' ny tany; ary narahin' izy ireo ny drafitra fahiny, ary nampihariny ny "fianianana araka ny fomban' ny ntaolo, ary nokatsahiny indray ny handrava ny fanjakana.

34 Ankehitriny dia niady tamin' izy ireo imbetsaka i Kôma; na dia teo aza izany, dia tsy resiny izy ireo.

TOKO 11

Nanjaka teo amin' ny fiainan' ny Jarêdita ny ady, ny fifandirana ary ny faharatsiana—Nilaza mialoha ny famongorana tanteraka ny Jarêdita ireo mpaminany raha tsy mibebaka izy—Nitsipaka ny tenin' ny mpaminany ny vahoaka.

ARY nisy koa ireo mpaminany maro tonga tamin' ny andron' i Kôma sy naminany ny amin' ny famongorana ity vahoaka lehibe ity, raha tsy mibebaka izy ary tsy mitodika amin' ny Tompo sy tsy mahafoy ny famonoany olona sy ny faharatsiany.

2 Ary ny zava-nitranga dia no-tsipahin' ny vahoaka ireo mpaminany, ary nandositra nankao amin' ny Kôma izy ireo ho fiarovana-tena, fa nokatsahin' ny vahoaka ny hamongotra azy ireo.

3 Ary naminany zavatra maro tamin' i Kôma izy ireo; ary notahiana izy tamin' ny androny sisa rehetra.

4 Ary niaina tratrantitra tokoa izy ary niteraka an' i Siblôma; ary nanjaka teo amin' ny toerany i Siblôma. Ary nikomy nanohitra azy ny rahalahin' i Siblôma, ary nanomboka nisy ady lehibe izaitsizy tokoa teo amin' ny tany manontolo.

5 Ary ny zava-nitranga dia nataon' ny rahalahin' i Siblôma izay hamonoana ho faty ny mpaminany rehetra izay naminany ny amin' ny famongorana ny vahoaka;

6 Ary nisy antambo lehibe teo amin' ny tany manontolo, fa efa nanambara izy ireo fa ozona lehibe no ho tonga amin' ny tany, ary koa amin' ny vahoaka, ary hisy famongorana lehibe eo anivony, toy izay tsy mbola nisy na oviana na oviana teto ambonin' ny tany, ary ny taolany dia ho tonga toy ny "anton-tan-tany eto ambonin' ny tany,

raha tsy mibebaka amin' ny faharatsiany izy.

7 Ary tsy nohenoiny ny feon' ny Tompo, noho ny tsikombakomba ratsiny; koa, nanomboka nisy ady sy fifandirana teo amin' ny tany manontolo, ary koa mosary sy areti-mandringana maro, hany ka nisy famongorana lehibe, toy izay tsy mbola fantatra na oviana na oviana teto ambonin' ny tany; ary izany rehetra izany dia nitranga tamin' ny andron' i Siblôma.

8 Ary nanomboka nibebaka tamin' ny helony ny vahoaka; ary arakaraka ny nanaovany izany no nananan' ny Tompo "famindram-po taminy.

9 Ary ny zava-nitranga dia nisy namono i Siblôma, ary i Sêta dia nentiny tany amin' ny fahababoana sy nitoetra tao amin' ny fahababoana tamin' ny androny rehetra.

10 Ary ny zava-nitranga dia i Ahà zanany lahy no nahazo ny fanjakana; ary nanjaka tamin' ny vahoaka izy tamin' ny androny rehetra. Ary nataony ny karazana heloka rehetra tamin' ny androny, tamin' izany no nanaovany izay handatsahan-dra be; ary vitsy ny androny.

11 Ary i Etema izay tamingan' i Ahà no nahazo ny fanjakana; ary izy koa dia nanao izay ratsy tamin' ny androny.

12 Ary ny zava-nitranga dia tamin' ny andron' i Etema no nisy ireo mpaminany maro tonga sy naminany indray tamin' ny vahoaka; eny, naminany izy ireo

fa handrava azy tanteraka eto ambonin' ny tany ny Tompo, raha tsy mibebaka amin' ny helony izy.

13 Ary ny zava-nitranga dia nanamafy ny fony ny vahoaka ary tsy te "hihaino ny teniny; ary nalahelo ireo mpaminany ary niala avy teo anivon' ny vahoaka.

14 Ary ny zava-nitranga dia nampihatra ny fitsarana tao amin' ny faharatsiana i Etema tamin' ny androny rehetra; ary niteraka an' i Môrôna izy. Ary ny zava-nitranga dia i Môrôna no nanjaka teo amin' ny toerany; ary i Môrôna dia nanao izay ratsy teo anoloan' ny Tompo.

15 Ary ny zava-nitranga dia nisy "fikomiana nipoaka teo anivon' ny vahoaka, noho ity tsikombakomba miafina ity izay natsangana mba hahazoana fahefana sy harena; ary nisy lehilahy iray nahery tamin' ny heloka nitsangana teo anivony sy namaky ady tamin' i Môrôna, tamin' izany no nanonganany ny antsasaky ny fanjakana; ary izy dia nitana ny antsasaky ny fanjakana nandritra ny taona maro.

16 Ary ny zava-nitranga, dia nanongana azy i Môrôna, ary nahazo indray ny fanjakana.

17 Ary ny zava-nitranga dia nisy lehilahy mahery iray hafa nitsangana; ary tamingan' ny rahalahin' i Jarêda izy.

18 Ary ny zava-nitranga dia nanongana an' i Môrôna izy ary nahazo ny fanjakana; koa, i

Môrôna dia nitoetra tao amin' ny fahababoana, ny androny sisa rehetra; ary niteraka an' i Kôriantôra izy.

19 Ary ny zava-nitranga dia nitoetra tao amin' ny fahababoana i Kôriantôra, tamin' ny androny rehetra.

20 Ary tamin' ny andron' i Kôriantôra dia nisy koa mpaminany maro tonga sy naminany zavatra lehibe sy mahatalanjona ary notoriany tamin' ny vahoaka ny fibebahana, ary raha tsy mibebaka izy, dia hampihatra ny "fitsarana aminy ny Tompo Andriamanitra ho famongorana azy tanteraka;

21 Ka ny Tompo dia handefa na hitondra "vahoaka iray hafa hizaka ny tany, amin' ny alalan' ny heriny, araka ny fomba izay nitondrany ny razany.

22 Ary notsipahiny ny teny rehetra notenenin' ireo mpaminany, noho ny fikambanany miafina sy ny fahavetavetany mamohetra.

23 Ary ny zava-nitranga dia niteraka an' i "Etera i Kôriantôra, ary nodimandry izy, rehefa nitoetra tao amin' ny fahababoana nandritra ny androny rehetra.

TOKO 12

Nitaona ny vahoaka hino an' Andriamanitra i Etera mpaminany—Nitantara ny mahagaga sy ny mahatalanjona vitan' ny finoana i

Môrônia—Finoana no nahafahan' ny rahalahin' i Jarêda nahita an' i Kristy—Nanome fahalemena ny olona ny Tompo mba hahatonga azy hanetry tena—Namindra ny tendrombohitr' i Zerina tamin' ny finoana ny rahalahin' i Jarêda—Ny finoana, ny fanantenana ary ny fiantrana dia ilaina amin' ny famonjena—Nahita an' i Jesoa nifanatrika taminy i Môrônia.

ARY ny zava-nitranga dia tamin' ny andron' i Kôriantomira ny andron' i Etera; ary mpanjaka teo amin' ny tany manontolo i "Kôriantomira.

2 Ary i "Etera dia mpaminanin' ny Tompo; koa, nivoaka tamin' ny andron' i Kôriantomira i Etera ary nanomboka namina-ny tamin' ny vahoaka, fa tsy hay ^bnotohaina izy noho ny Fanahin' ny Tompo izay tao aminy.

3 Fa "nitory hatramin' ny maraina izy, ka hatramin' ny filentehin' ny masoandro, nitaona ny vahoaka hino an' Andriamanitra ka hibebaka, fandrao dia ^bhofongorana izy ireo, nilaza taminy fa tanterahina amin' ny ^dfinoana ny zava-drehetra—

4 Koa, na zovy na zovy no mino an' Andriamanitra dia mahazo "manantena amim-pahatokiana tokoa tontolo iray tsara kokoa, eny, dia toerana eo an-tanan' ankavanan' Andriamanitra dia fanantenana izay avy amin' ny finoana, mipetraka ho ^bvatofantsika ho an' ny fana-

20a TSM Fitsarana.

21a Etera 13:20–21.

23a Etera 1:6; 15:33–34.

12 1a Etera 13:13–31.

2a TSM Etera.

b Jer. 20:9; Enôsa 1:26;

Almà 43:1.

3a F&F 112:5.

b Etera 11:12, 20–22.

d TSM Finoana.

4a TSM Fanantenana.

b Heb. 6:19.

hin' ny olona, izay hahatonga azy ho aza antoka sy hifototra, hahefa be mandrakariva amin' ny "asa tsara ary ho voatarika "hankalaza an' Andriamanitra.

5 Ary ny zava-nitranga dia naminany zavatra lehibe sy mahatalanjona tamin' ny vahoaka i Etera, izay tsy ninoany, satria tsy hitany.

6 Ary ankehitriny, izaho Môrônia dia somary hiresaka ihany ny momba ireny zavatra ireny; tiako haseho izao tontolo izao fa ny "finoana dia ny zavatra izay ^bantenaina nefa ^dtsy hita; koa aza mitohika, satria tsy mahita ianareo, fa tsy mandray fijoroana ho vavolombelona ianareo raha tsy aorian' ny "fizahan-toetra ny finoanareo.

7 Fa tamin' ny finoana no nanehoan' i Kristy ny tenany tamin' ny razantsika, rehefa avy nitsangana tamin' ny maty Izy; ary tsy naneho ny tenany taminy Izy raha tsy efa nananany ny finoana Azy; koa tsy maintsy ilaina ny nananan' ny sasany finoana Azy, satria tsy naneho ny tenany tamin' izao tontolo izao Izy.

8 Nefa noho ny finoan' ny olona no efa nanehoany ny tenany tamin' izao tontolo izao sy nankalazany ny anaran' ny Ray ary nanomanany ny lalana izay hahatonga ireo hafa ho mpandray anjara amin' ny fanomezam-

pahasoavana avy any an-danitra, mba hahazoany manantena ireo zavatra ireo izay tsy hitany.

9 Koa, ianareo dia mety hanana fanantenana koa sy ho tonga mpandray anjara amin' ny fanomezam-pahasoavana raha tsy te hanana afa-tsy finoana ianareo.

10 Indro tamin' ny finoana no "niantsoana ireo tamin' ny fahagola araka ny lamina masin' Andriamanitra.

11 Koa, tamin' ny finoana no nanomezana ny lalàn' i Mosesy. Nefa tao amin' ny fanomezana ny Zanany no efa nomanin' Andriamanitra ny "lalana tena tsara indrindra ary tamin' ny finoana no efa nahatanteraka izany.

12 Fa raha tsy misy "finoana eo anivon' ny zanak' olombelona dia tsy afaka manao ^bfahagagana eo anivony Andriamanitra; koa tsy naneho ny tenany Izy raha tsy taorian' ny ninoan' izy ireo.

13 Indro, ny finoan' i Almà sy i Amioleka no nahatonga ny "fonja hirodana tamin' ny tany.

14 Indro, ny finoan' i Nefia sy i Lehia no niteraka "fiovana teo amin' ny Lamanita, ka dia natao batisa tamin' ny afo sy tamin' ny ^bFanahy Masina izy.

15 Indro ny finoan' i "Amôna sy ny rahalahiny no ^bnahatonga fahagagana lehibe fatratra teo anivon' ny Lamanita.

4d 2 Tan. 15:58.

e 3 Ne. 12:16.

6a Heb. 11:1.

b Roma. 8:24-25.

d Almà 32:21.

e 3 Ne. 26:11;

F&F 105:19; 121:7-8.

10a Almà 13:3-4.

TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.

11a 2 Tan. 12:31.

12a 2 Ne. 27:23;

Môsià 8:18;

Môrô. 7:37;

F&F 35:8-11.

b Mat. 13:58;

Môm. 9:20.

13a Almà 14:26-29.

14a Hel. 5:50-52.

b Hel. 5:45; 3 Ne. 9:20.

15a Almà 17:29-39.

b IE araka ny voalaza ao amin' ny

Almà toko 17-26.

16 Eny, ary ireo rehetra izay nanao "fahagagana dia nanao izany tamin' ny ^bfinoana, dia ireo izay talohan' i Kristy ary koa ireo izay taty aoriana.

17 Ary tamin' ny finoana no nahazoan' ny mpianatra telo fampanantenana fa "tsy hanandrana fahafatesana izy ireo; ary tsy nahazo ny fampanantenana izy ireo raha tsy taorian' ny ninoany.

18 Ary koa tsy nisy na iza na iza, na tamin' ny fotoana inona na tamin' ny fotoana inona, nahavita fahagagana raha tsy taorian' ny ninoany; koa, nino ny Zanak' Andriamanitra izy aloha.

19 Ary nisy maro izay natanjaka izaitsizy tokoa ny finoany, na dia "talohan' ny niavian' i Kristy aza, izay tsy hay notanana taty ivelan' ny ^bvoaly, fa nahita marina tokoa tamin' ny masony ny zavatra izay efa nojereny tamin' ny mason' ny finoana, ary faly izy ireny.

20 Ary indro, efa nahita tao amin' ity rakitsoratra ity isika fa ny anankiray tamin' ireny dia ny rahalahin' i Jarèda; fa lehibe tokoa ny finoany an' Andriamanitra, ka nony naroson' Andriamanitra ny "rantsan-tànanany dia tsy azony nafenina tamin' ny fahitan' ny rahalahin' i Jarèda izany, noho ny teniny izay efa noteneniny taminy, teny izay efa azony tamin' ny finoana.

21 Ary nony efa nahatazana

ny rantsan-tànan' ny Tompo ny rahalahin' i Jarèda, noho ny "fampanantenana izay efa azon' ny rahalahin' i Jarèda tamin' ny finoana, dia tsy afaka nihazona na inona na inona tsy ho hitany ny Tompo; koa nasehony azy ny zava-drehetra, fa tsy hay notanana intsony tany ivelan' ny ^bvoaly izy.

22 Ary amin' ny finoana no efa ahazoan' ny razako ny "fampanantenana fa ireto zavatra ireto dia ho tonga any amin' ny rahalahiny amin' ny alalan' ny Jentilisa; koa efa nandidy ahy ny Tompo, eny, dia i Jesoa Kristy.

23 Ary hoy aho Taminy: Tompo ô, hanaraby ireto zavatra ireto ny Jentilisa, noho ny "fahalemenay amin' ny soratra; satria Ianao Tompo dia efa nanao anay mahery tamin' ny teny, tamin' ny finoana, saingy tsy nataonao ^bmahery tamin' ny soratra izahay; fa efa nataonao tamin' ity vahoaka rehetra ity izay nahafahany niteny betsaka, noho ny Fanahy Masina izay efa nomenao azy;

24 Ary efa nataonao taminay izay tsy nahafahanay nanoratra afa-tsy kely, noho ny fitavoza-vozan' ny tananay. Indro, tsy nataonao mahery tamin' ny "soratra tahaka ny rahalahin' i Jarèda izahay, fa nataonao mahery tahaka Anao ny zavatra izay nosoratany, ho fampanenakena ny olona hamaky izany.

16a TSM Fahagagana.

^b Heb. 11:7-40.

17a 3 Ne. 28:7;

Môrm. 8:10-12.

19a 2 Ne. 11:1-4;

Jakôba 4:4-5;

Jarôma 1:11;

Almà 25:15-16.

^b Etera 3:6.

TSM Voaly.

20a Etera 3:4.

21a Etera 3:25-26.

^b Etera 3:20;

F&F 67:10-13.

22a Enôsa 1:13.

23a Môrm. 8:17; 9:33.

^b 2 Ne. 33:1.

24a TSM Fiteny.

25 Efa nataonao mahery sy lehibe koa ny teninay, ka dia tsy afaka manoratra izany izahay; koa, rehefa manoratra izahay dia mahita ny fahalemenay ary tafintohina noho ny fandrindrana ny teninay; ary matahotra aho fandrao “hanaraby ny teninay ny Jentilisa.

26 Ary nony efa nilaza izany aho, dia niteny tamiko ny Tompo hoe: “Manaraby ny adala, nefa hitoloko izy; ary ny fahasovako dia ampy ho an’ ny malemy fanahy, ka tsy hanaraoatra ny fahalemenareo izy;

27 Ary raha manatona Ahy ny olona, dia hasehoko azy ny “fahalemeny. ^bOmeko ho an’ ny olona ny fahalemena mba hahazoany mietry; ary ampy ho an’ ny olon-drehetra ny “fahasovako mba ^ehanetreny tena eo anoloako; fa raha manetry tena eo anoloako izy ary manampinoana Ahy, amin’ izany, ny ^fzavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy.

28 Indro, hasehoko ny Jentilisa ny fahalemeny sy hasehoko azy fa ny “finoana, ny fanantenana ary ny fiantrana no mitondra mankaty Amiko—loharanon’ ny fahamarinana rehetra.

29 Ary izaho Môrônia, rehefa nandre ireo teny ireo, dia nionona ary nanao hoe: Tompo ô, hatao anie ny sitraponao

marina, satria fantatro fa Ianao dia miasa ho an’ ny zanak’ olombelona araka ny finoany;

30 Fa ny rahalahin’ i Jarêda dia niteny tamin’ ny tendrombohitr’ i Zerina hoe, “Mifindra—dia nafindra izany. Ary raha tsy nanam-pinoana izy dia tsy ho nifindra izany; koa, Ianao dia miasa aorian’ ny ananan’ ny olona finoana.

31 Fa toy izany no nanehoanao ny tenanao tamin’ ny mpianatrao; fa nony efa nanam-“pinoana izy ireo ary niteny tamin’ ny anaranao, dia naneho ny tenanao taminy tamin-kery lehibe Ianao.

32 Ary tsaroako koa, satria efa nolazainao fa efa manomana trano ho an’ ny olona Ianao, eny, dia any anivon’ ny “fonenan’ ny Rainao, izay ahazoan’ ny olona manana ny ^bfanantenana tena tsara indrindra; koa tsy maintsy manantena ny olona, raha tsy izany izy dia tsy afaka mandray ny lova ao amin’ ny fitoerana izay efa nomaninao.

33 Ary tsaroako koa, satria efa nolazainao fa efa “tia izao tontolo izao Ianao, ka nahafoy ny ainao mihitsy ho an’ izao tontolo izao, mba hahazoanao maka izany indray mba hanomana ny fitoerana ho an’ ny zanak’ olombelona.

34 Ary ankehitriny dia fantatro

25a 2 Tan. 2:14.

26a Gal. 6:7.

27a Jakôba 4:7.

^b Eks. 4:11;

2 Tan. 1:27.

^d TSM Fahasoavana.

^e Lio. 18:10–14;

F&F 1:28.

TSM Fanetren-tena.

^f Lio. 9:46–48;

2 Kor. 12:9.

28a 2 Tan. 13:1–13;

Môrô. 7:39–47.

30a Mat. 17:20;

Jakôba 4:6;

Hel. 10:6, 9.

TSM Hery.

31a TSM Finoana.

32a Jao. 14:2;

Enôsa 1:27;

F&F 72:4; 98:18.

^b TSM Fanantenana.

33a Jao. 3:16–17.

fa izany “fitiavana izay efa nanananao ho an’ ny zanak’ olombelona izany dia ny fiantrana; koa, raha tsy manana fiantrana ny olona dia tsy afaka mandova izany fitoerana izay efa nomaninao any amin’ ny fonenan-dRainao izany.

35 Koa, fantatro amin’ izany zavatra izay efa nolazainao izany, fa raha tsy manana fiantrana ny Jentilisa, noho ny fahalemenay, dia hozahanao toetra izy, ary hoesorinao ny “talentany, eny, na dia izay efa noraisiny aza, ary homena izay manana bebe kokoa.

36 Ary ny zava-nitranga dia nivavaka tamin’ ny Tompo aho mba hanomezany “fahasoavana ho an’ ny Jentilisa, mba hananany fiantrana.

37 Ary ny zava-nitranga dia hoy ny Tompo tamiko: Raha tsy manana fiantrana izy dia tsy ahoanao izany, efa nahatoky ianao; koa, “hodiovina ny fitafiana. Ary noho ianao efa nahita ny ^bfahalemena dia hohatanjahina ianao, ka hipetraka mihitsy ao amin’ ny fitoerana izay efa nomaniko any amin’ ny fonenan-dRaiko.

38 Ary ankehitriny, izaho Môrôna dia manao veloma ny Jentilisa, eny, ary koa ny rahalahiko izay tiako, ambara-pihaonantsika eo anoloan’ ny

“toeram-pitsaran’ i Kristy, izay hahafantaran’ ny olon-drehetra fa tsy voapentin’ ny ranareo ny ^bfitafiako.

39 Ary ho fantatrareo amin’ izany fa efa “nahita an’ i Jesoa aho, ary efa niresaka tamiko ^bnifanatrika Izy ary niteny tamiko tamin’ ny fanetren-tena tsotra, dia tahaka ny olona iray miresaka amin’ ny iray hafa, amin’ ny fiteniko ihany, ny momba ireo zavatra ireo;

40 Ary vitsivitsy ihany no efa nosoratako, noho ny fahaleme-ko amin’ ny soratra.

41 Ary ankehitriny aho dia manafatrafatra anareo “hikatsaka ity Jesoa ity izay efa nosoratan’ ny mpaminany sy ny apostoly ny Aminy. Ka ny fahasoavan’ Andriamanitra Ray, ary koa ny an’ i Jesoa Kristy Tompo sy ny Fanahy Masina izay vavolombelona ^bmanambara Azy Ireo, ho aminareo sy hitoetra aminareo mandrakizay. Amena.

TOKO 13

Niresaka ny amin’ i Jerosalema Vaovao izay haorin’ ny taranak’ i Josefa any Amerika i Etera — Naminany izy, voaroaka, nanoratra ny tantaran’ ny Jarèdita ary nilaza mialoha ny famongorana ny

34a Môrô. 7:47.
TSM Fiantrana;
Fitiavana.

35a Mat. 25:14-30.
TSM Fanomezam-
pahasovana;
Talenta.

36a TSM Fahasoavana.

37a F&F 38:42; 88:74-75;
135:4-5.

^b Etera 12:27.

38a TSM Jesoa Kristy—
Mpitsara.
^b Jakôba 1:19.

39a TSM Jesoa Kristy—
Fisehoan’ i Kristy

taorian’ ny
fitsanganany
tamin’ ny maty.

^b Gen. 32:30;
Eks. 33:11.

41a F&F 88:63; 101:38.

^b 3 Ne. 11:32.

Jarèdita—Nirongatra ny ady eran' ny tany manontolo.

ARY ankehitriny izaho Môrônia dia miroso amin' ny famaranana ny rakitsoratro momba ny famongorana ny vahoaka izay efa nosoratako ny aminy.

2 Fa indro, notsipahiny avokoa ny tenin' i Etera; fa niteny tamin' marina tokoa ny momba ny zavatra rehetra izy, hatry ny fiandohan' ny olona; ary nony efa ^anisintona niala tambonin' ity tany ity ny rano, dia tonga tany nofinidy tambonin' ny tany hafa rehetra izany, tany nofinidin' ny Tompo; koa mba tian' ny Tompo ny ^bhanompoan' ny olona rehetra izay monina eo ambonin' izany tany izany Azy;

3 Ary izany no toeran' i ^aJerosalema Vaovao izay ^bhidina avy any an-danitra sy ho toerana masina ho an' ny Tompo.

4 Indro, nahita ny andron' i Kristy i Etera ary noteneniny ny momba an' i ^aJerosalema Vaovao eo amin' ity tany ity.

5 Ary noteneniny koa ny momba ny mpianakavin' i Isiraely sy i ^aJerosalema izay avy any no hiavian' i ^bLehia—fa aorian' ny handravana azy dia haorina indray izy, ^atanàna masina ho an' ny Tompo; koa tsy mety ho Jerosalema Vaovao izy,

satria efa teo izy tamin' ny fahagolan-tany; nefa dia haorina indray izy, ary ho tonga tanàna masin' ny Tompo; ary izy dia haorina ho an' ny mpianakavin' i Isiraely—

6 Ary haorina eo amin' ity tany ity i ^aJerosalema Vaovao, ho an' ny sisa tavela amin' ny taranak' i ^bJosefa, fa efa nisy ^atandindona izany zavatra izany.

7 Fa tahaka ny nitondran' i Josefa an-drainy nidina tany amin' ny tany ^aEgypta, dia tahaka izany no nahafatesany tany; koa nentin' ny Tompo ny anankiray tamin' ny taranak' i Josefa, niala ny tanin' i Jerosalema, mba hahafeno famindram-po Azy amin' ny taranak' i Josefa ka tsy ^bhahafaty azy, dia tahaka ny nahafeno famindram-po Azy tamin' ny rain' i Josefa mba tsy hahafaty azy.

8 Koa, ny sisa tavela amin' ny mpianakavin' i Josefa dia haorina eo amin' ity ^atany ity; ary ho tany lovany izany; ary hanorina tanàna masina ho an' ny Tompo izy ireo, tahaka an' i Jerosalema fahizay; ary ^btsy hokorokoroana intsony izy ireo, mandra-pahatongan' ny farany rehefa ho lasana ny tany.

9 Ary hisy ^alanitra vaovao sy tany vaovao; ary izany dia ho tahaka ny teo aloha saingy efa

13 2a Gen. 7:11-24; 8:3.

b Etera 2:8.

3a 3 Ne. 20:22; 21:23-24.

TSM Jerosalema
Vaovao.

b Fan. 3:12; 21:2.

4a TSM Ziona.

5a TSM Jerosalema.

b 1 Ne. 1:18-20.

d Fan. 21:10;

3 Ne. 20:29-36.

6a F&F 42:9; 45:66-67;

84:2-5; Fp. 1:10.

b TSM Josefa,
Zanakalahin' i
Jakoba.

d Almà 46:24.

TSM Fanehoana an'

Ohatra.

7a Gen. 46:2-7; 47:6.

b 2 Ne. 3:5.

8a TSM Tany
Nampanantenaina.

b Môrô. 10:31.

9a 2 Pet. 3:10-13;

Fan. 21:1; 3 Ne. 26:3;

F&F 101:23-25.

lasana ny teo aloha, ary efa tonga vaovao ny zavatra rehetra.

10 Ary amin' izany dia tonga i Jerosalema Vaovao; ary hotahiana ireo izay monina ao, fa izy ireo no ireo izay "fotsy ny fitafiany tamin' ny alalan' ny ran' ny Zanakondry; ary izy ireo no ireo izay isaina eo anivon' ny sisa tavela amin' ny taranak' i Josefa, izay avy tamin' ny mpianakavin' i Isiraely.

11 Ary amin' izany dia tonga koa i Jerosalema fahizay; ary ny mponina ao aminy dia hotahiana, fa efa nosasana tamin' ny ran' ny Zanakondry ireo; ary izy ireo no ireo izay efa naely patrana sy "nangonina avy tamin' ny vazan-tany efatra sy avy tamin' ny ^btany avaratra, ary mpandray anjara amin' ny fanatanterahina ny fanekempihavanana izay efa nataon' Andriamanitra tamin' i "Abrahama rainy.

12 Ary rehefa tonga ireo zavatra ireo, dia to ny soratra masina izay milaza, fa misy ireo izay "voalohany ho farany; ary misy ireo izay farany ho voalohany.

13 Ary efa saika hanoratra misimisy kokoa aho, saingy voarara; nefa lehibe sy mahatalanjona ny faminanian' i Etera; saingy noheverin' izy ireo ho tsinontsinona izy ary noroahiny izy hiala; ary nanafina ny tenany tao an-dava-bato izy nandritra ny andro, ary nandritra ny alina izy dia nandeha nitazana

ny zavatra izay hihatra amin' ny vahoaka.

14 Ary raha nitoetra tao an-dava-bato izy, dia nanao ny sisa ambiny tamin' ity rakitsoratra ity, nitazana ny fandravana izay nihatra tamin' ny vahoaka nandritra ny alina.

15 Ary ny zava-nitranga, tamin' io taona io ihany izay nandroahana azy hiala avy teo anivon' ny vahoaka, dia nanomboka nisy ady lehibe teo anivon' ny vahoaka, fa nisy maro izay nitsangana, izay lehilahy mahery sy nikatsaka ny hamono an' i Kôriantomira tamin' ny alalan' ny tetika miafin' ny faharatsiana izay efa voateny.

16 Ary ankehitriny i Kôriantomira, rehefa nampiana-tena tamin' ny haiady rehetra sy ny hafetsen' izao tontolo izao rehetra, dia namaky ady tamin' izay nikatsaka ny hamono azy izy.

17 Nefa tsy nibebaka na izy, na ny zanany lahy kanto na ny zanany vavy kanto; na ny zanakalahy kanto na ny zanakavavy kanto an' i Kôhôra; na ny zanakalahy kanto na ny zanakavavy kanto an' i Kôrihôra; ary raha fintinina, dia tsy nisy na dia iray aza tamin' ny zanakalahy sy ny zanakavavy kanto eran' ny tany manontolo izay nibebaka tamin' ny fahotany.

18 Koa, ny zava-nitranga, tamin' ny taona voalohany nitoe-ran' i Etera tao an-dava-bato, dia nisy ny olona maro izay

10a Fan. 7:14;
1 Ne. 12:10-11;
Almà 5:27.
11a TSM Isiraely—Ny

fanangonana ny
Isiraely.
b F&F 133:26-35.
d TSM Fanekempihava-

nan' i Abrahama.
12a Mar. 10:31;
1 Ne. 13:42;
Jakôba 5:63; F&F 90:9.

novonoin' ireo "tsikombakomba miafina ireo tamin' ny sabatra, niady tamin' i Kôriantomira hahazoany ny fanjakana.

19 Ary ny zava-nitranga dia niady fatratra sy nibabara fatratra ny zanakalahin' i Kôriantomira.

20 Ary tamin' ny taona faharoa, dia tonga tamin' i Etera ny tenin' ny Tompo, fa tokony handeha izy ary haminany amin' i "Kôriantomira fa raha mibebaka izy sy ny ankohonany rehetra dia homen' ny Tompo azy ny fanjakana ary hotsimbinina ny vahoaka—

21 Raha tsy izany dia hofongorana izy ireo sy ny ankohonany rehetra afa-tsy ny tenany. Ary ny hany hahavelomany dia ny hahitany ny fahatanterahin' ny faminiana izay efa notenenina momba ny "vahoaka hafa izay handray ny tany ho lovany; ary haleviny i Kôriantomira; ary ho fongana ny olona tsirairay afa-tsy i ^bKôriantomira.

22 Ary ny zava-nitranga dia tsy nibebaka na i Kôriantomira, na ny ankohonany, na ny vahoaka; ary tsy nitsahatra ny ady; ary nokatsahin' izy ireo ny hamono an' i Etera, nefa nandositra avy teo anoloany izy ary niafina indray tao an-dava-bato.

23 Ary ny zava-nitranga dia nisy an' i Sarèda nitsangana, ary izy koa dia namaky ady tamin' i Kôriantomira sy nandresy azy, hany ka tamin' ny taona fahatelo dia nentiny ho babo izy.

24 Ary tamin' ny taona fahefa-

tra, dia nandresy an' i Sarèda sy nahazo indray ny fanjakana ho an-drainy ny zanakalahin' i Kôriantomira.

25 Ankehitriny dia nanomboka nisy ady teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany, ny olona tsirairay niaraka tamin' ny antokony dia niady ho an' izay niriany.

26 Ary nisy ny jirika, ary raha fintinina, ny karazana faharatsiana rehetra dia teo amin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

27 Ary ny zava-nitranga dia tezitra izaitsizy tokoa tamin' i Sarèda i Kôriantomira ary nandeha niaraka tamin' ny miaramilany niady taminy; ary izy ireo dia nifanandrina tao amin' ny fahatezerana lehibe sy nifanandrina tao an-dohasahan' i Gilgala; ary nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady.

28 Ary ny zava-nitranga dia niady taminy nandritra ny telo andro i Sarèda. Ary ny zava-nitranga dia nandresy azy i Kôriantomira ary nanenjika azy mandra-pahatongany teo amin' ny lemak' i Heselôna.

29 Ary ny zava-nitranga dia namaky ady taminy indray i Sarèda teo amin' ny lemaka; ary indro, nandresy an' i Kôriantomira izy ary nanosika azy hiverrina indray any an-dohasahan' i Gilgala.

30 Ary namaky ady tamin' i Sarèda indray i Kôriantomira, tao an-dohasahan' i Gilgala, tamin' izany no nandreseny an' i Sarèda sy namonoany azy.

18a Etera 8:9–26.
20a Etera 12:1–2.

21a Ômnia 1:19–21;
Etera 11:21.

b Etera 15:29–32.

31 Ary nandraotra an' i Kôriantomira teo amin' ny feny i Sarèda, ka dia tsy nandeha niady indray izy tao anatin' ny roa taona, nandritra izany fotoana izany ny vahoaka rehetra teo amin' ny lafin-tany dia nandatsa-dra, ary tsy nisy nahasakana azy.

TOKO 14

Nitondra ozona teo amin' ny tany ny heloky ny vahoaka— Rafitra niady tamin' i Gileada, tamin' i Liba avy eo, ary rehefa izany dia tamin' i Siza i Kôriantomira— Nandrakotra ny tany ny ra sy ny fandranganana.

ARY ankehitriny dia nanomboka nisy “ozona lehibe teo amin' ny tany manontolo noho ny heloky ny vahoaka, ka raha nametraka ny fitaovany na ny sabany teo amin' ny talantalany na tamin' ny toerana izay ho nitanany izany ny olona iray, dia indro, tsy nety ho hitany izany ny ampitso, fa lehibe loatra ny ozona teo amin' ny tany.

2 Koa ny olona tsirairay dia nifikitra tamin' izay nananany tamin' ny tanany, ary sady tsy nindrana no tsy nampindrana; ary ny olona tsirairay dia nihazona ny fitanana ny sabany tamin' ny tanany an-kavanana ho fiarovana ny fananany sy ny ainy ary ny andefimandriny sy ny zanany.

3 Ary ankehitriny, nony afaka ny roa taona sy taorian' ny faha-

fatesan' i Sarèda, dia indro nitsangana ny rahalahin' i Sarèda ary namaky ady tamin' i Kôriantomira ka tamin' izany no nandresen' i Kôriantomira azy sy nanenjehiny azy hatrany antany foanan' i Akisa.

4 Ary ny zava-nitranga dia namaky ady taminy tany an-tany foanan' i Akisa ny rahalahin' i Sarèda; ary nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady, ary an' arivony maro no lavo tamin-tsabatra.

5 Ary ny zava-nitranga dia nanao fahirano tany an-tany foana i Kôriantomira; ary ny rahalahin' i Sarèda dia nandeha nivoaka ny tany foana tamin' ny alina sy namono ny ampahany tamin' ny miaramilan' i Kôriantomira, raha mbola mamo ireo.

6 Ary nivoaka nankao antanin' i Môrôna izy ary nametraka ny tenany teo amin' ny seza fiandrianan' i Kôriantomira.

7 Ary ny zava-nitranga dia nitoetra niaraka tamin' ny miaramilany tany an-tany foana nandritra ny roa taona i Kôriantomira, tamin' izany no nandraisany hery lehibe ho an' ny miaramilany.

8 Ankehitriny ny rahalahin' i Sarèda, izay i Gileada no anarany, dia nandray koa hery lehibe ho an' ny miaramilany, noho ny tsikombakomba miafina.

9 Ary ny zava-nitranga dia novonoin' ny mpisorony avo izy raha nipetraka teo amin' ny seza fiandrianany.

10 Ary ny zava-nitranga dia ny

anankiray tamin' ny tsikombakomba mifaina no namono azy tao amin' ny hadilalana mifaina, ary nahazo ny fanjakana ho an' ny tenany; ary i Liba no anarany; ary i Liba dia lehilahy vaventy tsanganana, nihoatra ny olon-kafa teo anivon' ny vahoaka rehetra.

11 Ary ny zava-nitranga, tamin' ny taona voalohan' i Liba, dia niakatra tao an-tanin' i Môrôna i Kôriantomira ary namaky ady tamin' i Liba.

12 Ary ny zava-nitranga dia niady tamin' i Liba izy, ka tamin' izany dia namely ny sandriny i Liba, ka dia naratra izy; na dia teo aza izany dia nibosesika nanafika an' i Liba hatrany ny miaramilan' i Kôriantomira, hany ka nandositra izy nankamin' ny sisintany nanemitra ny moron-dranomasina.

13 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika azy i Kôriantomira; ary namaky ady taminy teo amoron-dranomasina i Liba.

14 Ary ny zava-nitranga dia namely ny miaramilan' i Kôriantomira i Liba, ka dia nandositra indray ireo nankany an-tany foanan' i Akisa.

15 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika azy i Liba ambarapahatongany teo amin' ny lemak' i Agôsa. Ary efa nalain' i Kôriantomira avokoa ny vahoaka hiaraka aminy raha nandositra teo anoloan' i Liba izy tany amin' izany faritry ny tany izay nandositra ny izany.

16 Ary nony efa tonga teo

amin' ny lemak' i Agôsa izy dia namaky ady tamin' i Liba sy namely azy ambara-pahafatiny; na dia teo aza izany, dia tonga niady tamin' i Kôriantomira teo amin' ny toerany ny rahalahin' i Liba, ary nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady, ka tamin' izany i Kôriantomira dia nandositra indray teo anoloan' ny miaramilan' ny rahalahin' i Liba.

17 Ankehitriny ny anaran' ny rahalahin' i Liba dia nantsoina hoe Siza. Ary ny zava-nitranga dia nanenjika an' i Kôriantomira i Siza ary nandrodana tanàna maro sy namono na vehivavy na ankizy ary nandoro ireo tanàna.

18 Ary niparitaka eran' ny tany manontolo ny fahatahorana an' i Siza; eny, niparitaka eran' ny tany ny feo—Iza no mahajoro eo anoloan' ny miaramilan' i Siza? Indro, mifaoka ny tany eo anoloany izy!

19 Ary ny zava-nitranga dia nanomboka nitsitokotoko ho miaramila ny vahoaka eran' ny lafiny rehetra tamin' ny tany.

20 Ary nizarazara izy ireo; ary ny ampahany iray taminy dia nandositra nankamin' ny miaramilan' i Siza, ary ny ampahany iray taminy dia nandositra nankamin' ny miaramilan' i Kôriantomira.

21 Ary lehibe sy naharitra loatra ny ady, ary naharitra ela loatra ny fisian' ny fandatsahan-dra sy ny fandranganana, ka ny lafiny manontolo tamin' ny tany dia rakotry ny "vatan' ny maty.

22 Ary mailaka sy faingana

loatra ny ady ka tsy nisy iray tavela mba handevina ny maty, fa izy ireo kosa dia nandeha avy tamin' ny fandatsahan-dra nankamin' ny fandatsahan-dra, namela ny vatan' ny lehilahy, ny vehivavy ary ny ankizy hihahaka tambonin' ny tany mba ho tonga haza ho an' ny "kankan' ny nofo.

23 Ary ny fofony dia niely tamin' ny lafin-tany, dia tamin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany; koa ny vahoaka dia tonga sorena na andro na alina, noho ny fofony.

24 Na dia teo aza izany, dia tsy nitsahatra ny nanenjika an' i Kôriantomira i Siza; fa efa nianiana izy ny hamalian' ny tenany amin' i Kôriantomira ny ran' ny rahalahiny izay efa novonoina sy ny tenin' ny Tompo izay tonga tamin' i Etera fa i Kôriantomira dia tsy ho lavo amin-tsabatra.

25 Ary dia toy izany no ahitantsika fa ny Tompo dia efa namangy azy ireo tao amin' ny fahafenoan' ny fahatezerany, ary ny faharatsiany sy ny fahavetavetany no efa nanomana ny lalana ho amin' ny famongorana azy ireo maharitra mandrakizay.

26 Ary ny zava-nitranga dia nanenjika an' i Kôriantomira niantsinanana i Siza, na dia hatrany amin' ny sisin-tany akai-kin' ny moron-dranomasina aza, ary tao izy no namaky ady tamin' i Siza nandritra ny telo andro.

27 Ary nahatsiravina loatra ny famongorana teo anivon' ny

miaramilan' i Siza ka nanomboka nihorohoro ny vahoaka ary nanomboka nandositra teo anoloan' ny miaramilan' i Kôriantomira; ary nandositra izy ireo nankany an-tanin' i Kôrihôra sy nifaoka ny mponina teo anoloany, izay rehetra tsy nety nitambatra taminy.

28 Ary nanangana ny lainy tao an-dohasahan' i Kôrihôra izy ireo; ary nanangana ny lainy tao an-dohasahan' i Sora i Kôriantomira. Ankehitriny, ny lohasahan' i Sora dia akaikin' ny havoanan' i Kômônôra; koa i Kôriantomira dia nanangona miaraka ny miaramilany teo amin' ny havoanan' i Kômônôra sy nampitsoka trompetra ho an' ny miaramilan' i Siza hanainga azy ireo hiady.

29 Ary ny zava-nitranga dia nandroso izy ireo, saingy voatosika indray; ary niverina fanindroany izy ireo, ary voatosika fanindroany indray. Ary ny zava-nitranga dia niverina fanintelony indray izy ireo, ary nanjary nangotraka izaitsizy tokoa ny ady.

30 Ary ny zava-nitranga dia namely an' i Kôriantomira i Siza ka nanome azy ratra lalina maro; ary i Kôriantomira, rehefa nahaverezana ny rany, dia torana ary nentina niala, miova tsy toy ny maty.

31 Ankehitriny ny famoizana lehilahy, vehivavy ary ankizy teo amin' ny andaniny roa dia lehibe loatra, ka nandidy ny olony i Siza tsy hanenjehiny

ny miaramilan' i Kôriantomira; koa, niverina tany amin' ny tobiny izy ireo.

TOKO 15

An-tapitrisany ny Jarèdita voavono an' ady—Namory ny olony rehetra ho amin' ny ady mahafaty i Siza sy i Kôriantomira—Nitsahatra ny fitaoman' ny Fanahin' ny Tompo azy ireo—Fongotra tanteraka ny firenena Jarèdita. I Kôriantomira ihany no tafajanona.

ARY ny zava-nitranga, nony efa nanaritra tamin' ny ratrany i Kôriantomira, dia nanomboka nahatsiaro ny "teny izay efa notenenin' i Etera taminy izy.

2 Hitany fa efa nisy sahadry sahabo ho roa tapitrisa tamin' ny olony no efa novonoina tamin-tsabatra, ary nanomboka nalahelo tao am-pony izy; eny, efa nisy roa tapitrisa tamin' ny lehilahy mahery, ary koa ny andefimandriny sy ny zanany no novonoina.

3 Nanomboka nibebaka tamin' ny ratsy izay efa nataony izy; nanomboka nahatsiaro ny teny izay efa notenenin' ny vavan' ireo mpaminany rehetra izy, ary hitany fa izany dia efa tanteraka hatrizao, tamin' ny antsipiriany rehetra; ary nalahelo ny fanahiny ary nandà ny hampiononina.

4 Ary ny zava-nitranga dia nanoratra taratasy ho an' i Siza izy, naniry azy ny hitsimbiny ny vahoaka, ary dia hafoiny

ny fanjakana noho ny ain' ny vahoaka.

5 Ary ny zava-nitranga, nony efa nandray ny taratasy i Siza, dia nanoratra taratasy ho an' i Kôriantomira izy, fa raha mitolo-batana izy mba hahazoany mamono azy amin' ny sabany ihany, dia hotsimbiny ny ain' ny vahoaka.

6 Ary ny zava-nitranga dia tsy nibebaka tamin' ny helony ny vahoaka; ary ny vahoakan' i Kôriantomira dia novokisana ho tezitra tamin' ny vahoakan' i Siza; ary ny vahoakan' i Siza dia novokisana ho tezitra tamin' ny vahoakan' i Kôriantomira; koa, ny vahoakan' i Siza dia namaky ady tamin' ny vahoakan' i Kôriantomira.

7 Ary nony nahita i Kôriantomira fa efa saiky lavo izy, dia nandositra indray teo anoloan' ny vahoakan' i Siza izy.

8 Ary ny zava-nitranga dia tonga teo amin' ny ranon' i Ripliankoma izy, izay midika hoe, midadasika, na mihoatra ny rehetra; koa, rehefa tonga teo amin' ireo rano ireo izy dia nanangana ny lainy; ary i Siza koa nanangana ny lainy teo akaikiny; ary noho izany, ny ampitso dia tonga izy mba hiady.

9 Ary ny zava-nitranga dia nikatroka tao amin' ny ady mangotraka izaitsizy tokoa izy ireo, ka tamin' izany dia naratra indray i Kôriantomira, ary torana izy noho ny fahaverezan-dra.

10 Ary ny zava-nitranga dia nibosesika nanafika ny miara-

milan' i Siza ny miaramilan' i Kôriantomira ka nandresy azy, ka nataony izay handosirany teo anoloany; ary nandositra nianatsimo izy ary nanangana ny lainy teo amin' ny toerana izay nantsoina hoe i Ôgata.

11 Ary ny zava-nitranga dia nanangana ny lainy teo akaikin' ny havoanan' i Ramà ny miaramilan' i Kôriantomira; ary io ihany ilay havoana izay “nana-fenan' i Môrmôna raiko ho an' ny Tompo ny rakitsoratra izay masina.

12 Ary ny zava-nitranga dia nangoniny miaraka avokoa ny vahoaka tamin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany, izay tsy voavono, afa-tsy i Etera.

13 Ary ny zava-nitranga dia nitazana izay rehetra nataon' ny vahoaka i Etera; ary hitany fa ny vahoaka izay mpomba an' i Kôriantomira dia nangonina miaraka tao amin' ny miaramilan' i Kôriantomira; ary ny vahoaka izay mpomba an' i Siza dia nangonina miaraka tao amin' ny miaramilan' i Siza.

14 Koa, nangonin' izy ireo miaraka ny vahoaka nandritra ny efa-taona mba hahazoany ireo rehetra izay teo amin' ny lafin' ny tany, ary mba hahazoany mandray ny hery rehetra izay tratrany hahazoany mandray izany.

15 Ary ny zava-nitranga nony efa niangona miaraka ny rehetra, ka ny tsirairay dia tao amin' ny miaramila izay nofinidiny avy, niaraka tamin' ny andefi-

mandriny sy ny zanany—na lahy na vavy na ankizy dia nampirongoana fitaovam-piadiana, nanana ampinga sy “saron-tratra ary satro-by, ary niakanjo araka ny fombafomba amin' ny ady—dia nandeha mba hifanandrina amin' ny ady ny andaniny sy ny ankilany; ary niady izy ireo nandritra ny manontolo andro, ary tsy naharesy.

16 Ary ny zava-nitranga nony tonga ny alina dia trotraka izy ireo, ary nisintona tany amin' ny tobiny; ary nony efa nisintona tao amin' ny tobiny izy ireo, dia nanomboka nidradradradra sy nitoloko noho ny famoizana ny voavono tamin' ny vahoakany; ary lehibe loatra ny hiakany, ny fidradradradrany ary ny fitolokoany, ka nandrovitra ny habakabaka izaitsizy tokoa ireny.

17 Ary ny zava-nitranga nony ampitso dia nandeha niady indray izy ireo, ary lehibe sy mahatsiravina izany andro izany; na dia teo aza izany dia tsy naharesy izy ireo, ary nony tonga indray ny alina, dia nandrovitra ny habakabaka tamin' ny hiakany sy ny fidradradradrany ary ny fitomaniany izy ireo noho ny famoizana ny voavono tamin' ny vahoaka.

18 Ary ny zava-nitranga dia nanoratra taratasy indray ho an' i Siza i Kôriantomira, naniry ny tsy hahatongavany hiady intsony, fa ny handraisany kosa ny fanjakana sy ny hitsimbina-ny ny ain' ny vahoaka.

19 Nefa indro, efa nitsahatra ny fitaoman' ny Fanahin' ny Tompo azy ireo, ary nanana fahefana feno tamin' ny fon' ny vahoaka i "Satana; fa nanaram-po tamin' ny hamafin' ny fony sy ny fahajamban' ny sainy izy ireo mba hamongorana azy ireo; koa nandeha indray izy ireo mba hiady.

20 Ary ny zava-nitranga dia niady izy ireo nandritra iny manontolo andro iny, ary nony tonga ny alina dia natory teo amin' ny sabany izy ireo.

21 Ary nony ampitso dia niady izy ireo ambara-pahatongan' ny alina.

22 Ary nony tonga ny alina dia "mamon' ny fahatezerana izy ireo, dia tahaka ny olona mamon-divay; ary natory teo amin' ny sabany indray izy ireo.

23 Ary nony ampitso dia niady indray izy ireo; ary nony tonga ny alina dia efa lavon-tsabatra avokoa izy ireo, afa-tsy roa amby dimampolo tamin' ny vahoakan' i Kôriantomira sy sivy amby enimpolo tamin' ny vahoakan' i Siza.

24 Ary ny zava-nitranga dia natory teo amin' ny sabany izy ireo io alina io, ary ny ampitso dia niady indray, ary niady tamin' ny heriny izy ireo iny manontolo andro iny, niaraka tamin' ny sabany sy niaraka tamin' ny ampingany.

25 Ary nony tonga ny alina dia nisy roa amby telopolo ny vahoakan' i Siza, ary fito amby

roapolo ny vahoakan' i Kôriantomira.

26 Ary ny zava-nitranga dia nihinana sy natory ary niomana ny ho faty izy ireo ny ampitso. Ary lehilahy vaventy sy matanjaka izy ireo raha ny tanjak' olombelona.

27 Ary ny zava-nitranga dia niady nandritra ny ora telo izy ireo ary safotra noho ny fahaverezan-dra.

28 Ary ny zava-nitranga, nony efa nahazo tanjaka ampy izay nahafahany namindra ny olon' i Kôriantomira, dia efa saika handositra izy ireo hamonjy ny ainy; nefa indro, nitsangana i Siza, ary koa ny olony, ary nianiana tao amin' ny fahatezerany izy fa hovonoiny i Kôriantomira na ho faty amin-tsabatra izy.

29 Noho izany dia nenjehiny izy ireo, ary nony ampitso dia tratrany izy ireo; ary niady indray tamin-tsabatra izy ireo. Ary ny zava-nitranga nony efa "lavo tamin-tsabatra avokoa izy ireo, afa-tsy i Kôriantomira sy i Siza, dia indro efa torana i Siza noho ny fahaverezan-dra.

30 Ary ny zava-nitranga, nony efa niankina tamin' ny sabany i Kôriantomira mba hiala sasatra kely, dia notapahiny hiala ny lohan' i Siza.

31 Ary ny zava-nitranga, nony efa notapahiny hiala ny lohan' i Siza, dia niarina tamin' ny tanany i Siza ary nianjera; ary rehefa avy nioitra izy mba haina, dia maty.

32 Ary ny zava-nitranga dia

lavo tamin' ny tany i "Kôriantomira, ary tonga toy ny tsy nana' aina.

33 Ary niteny tamin' i Etera ny Tompo ary nanao taminy hoe: Mivoaha. Dia nivoaka izy, ary nahita fa efa to avokoa ny tenin' ny Tompo; ary nofaranany ny "rakitsorany; (ary tsy nanoratra ny am-pahazatony taminy aho) ary nafeniny izany araka ny

fomba izay nahitan' ny vahoakan' i Limia izany.

34 Ankehitriny ny teny farany izay voasoratr' i "Etera dia izao: Na sitraky ny Tompo ny haka ahy ho any an-danitra, na hiaritra ny sitrapon' ny Tompo ao amin' ny nofo aho, dia tsy ahoako, raha toa ka voavonjy aho ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Amena.

BOKIN' I MÔRÔNIA

TOKO 1

Nanoratra ho tombontsoan' ny Lamanita i Môrônia — Ny Nefita izay tsy te handà an' i Kristy dia novonoina ho faty. Tokony ho 401–421 taorian' i j.k.

ANKEHITRINY, izaho "Môrônia rehefa avy namarana ny famintinana ny tantaran' ny vahoakan' i Jarèda, dia efa nihevitra ny tsy hanoratra intsony, nefa tsy mbola maty aho; ary tsy ampahafantariko ny Lamanita ny tenako fandrao hamongotra ahy izy.

2 Fa indro, nangotraka izaitsizy tokoa ny "adiny teo amin' izy samy izy; ary noho ny fan-kahalany dia ^bnovonoiny ho faty ny Nefita tsirairay izay tsy te handà an' i Kristy.

3 Ary izaho Môrônia dia tsy "handà an' i Kristy; koa nire-

nireny aho na taiza na taiza azoko naleha ho fitandroako ny aiko.

4 Koa manoratra zavatra misimisy ihany aho, satria tsy araka izay efa noheveriko; satria efa noheveriko ny tsy hanoratra intsony; nefa manoratra zavatra misimisy ihany aho, fa angamba mba hisy lanjany ireny ho an' ny Lamanita rahalahiko, amin' ny andro ho avy, araka ny sitrapon' ny Tompo.

TOKO 2

Nanome fahefana ny mpianatra Nefita roa ambin' ny folo i Jesoa hanolotra ny fanomezana ny Fanahy Masina. Tokony ho 401–421 taorian' i j.k.

Ny tenin' i Kristy, izay noteneniny tamin' ny "mpianany, ny roa ambin' ny folo izay efa

32a Ômnia 1:20–22.

33a Môsià 8:9;
Almà 37:21–31;
Etera 1:1–5.

34a Etera 12:2.

[MÔRÔNIA]

1 1a TSM Môrônia,
Zanakalahin' i
Môrmôna.

2a 1 Ne. 12:20–23.

b Almà 45:14.

3a Mat. 10:32–33;
3 Ne. 29:5.

2 1a 3 Ne. 13:25.

nofinidiny, raha nametra-tanana taminy Izy —

2 Ary nantsoiny tamin' ny anarany izy ireo, nataony hoe: Hiantsy ny Ray amin' ny anarako ianareo amin' ny faherezana mivavaka; ary rehefa avy nanao izany ianareo dia hanam-^apahefana ka amin' izay hametrahanareo ^btànana no ^dhanomezanareo ny Fanahy Masina; ary amin' ny anarako no hanomezanareo Izany, fa toy izany no ataon' ny apostoliko.

3 Ankehitriny dia niteny ireo teny ireo taminy i Kristy tamin' ny fotoana nisehoany voalohany; ary tsy nandre izany ny valalabemandry, fa ny mpianatra kosa nandre izany; ary izay rehetra "nametrahan' izy ireo ny tanany dia nilatsahan' ny Fanahy Masina.

TOKO 3

Nanokana mpisorona sy mpampianatra ny loholona tamin' ny alalan' ny fametrahan-tanana. Tokony ho 401-421 taorian' i J.K.

Ny fomba "nanokanan' ny mpianatra, izay nantsoina hoe ^bloholon' ny fiangonana, mpisorona sy mpampianatra —

2 Rehefa avy nivavaka tamin' ny Ray tamin' ny anaran' i Kristy izy ireo dia nametraka ny tanany taminy sy nanao hoe:

3 Amin' ny anaran' i Jesoa

Kristy, no anokanako anao ho mpisorona (na raha mpampianatra izy, no anokanako anao ho mpampianatra) hitory ny fibabahana sy ny "famelana ny fahotana amin' ny alalan' i Jesoa Kristy, amin' ny fiaretana ny finoana ny anarany hatramin' ny farany. Amena.

4 Ary araka izany fomba izany no "nanokanany mpisorona sy mpampianatra, araka ny ^bfanomezam-pahasoavana sy ny fian-tsoan' Andriamanitra ny olona; ary natokany izy tamin' ny "herin' ny Fanahy Masina izay tao aminy.

TOKO 4

Fanazavana ny fomba nitantanan' ny loholona sy ny mpisorona ny mofon' ny fanasan' ny Tompo. Tokony ho 401-421 taorian' i J.K.

Ny "fomba fitantanan' ny ^bloholony sy ny mpisorony ny nofo sy ny ran' i Kristy amin' ny fiangonana; ary "notantanan' izy ireo izany araka ny didin' i Kristy; noho izany dia fantantsika fa marina ny fomba; ary ny loholona na ny mpisorona dia nitantana izany;

2 Ary izy ireo dia niara-nandohalika tamin' ny fiangonana sy nivavaka tamin' ny Ray tamin' ny anaran' i Kristy, hoe —

3 Andriamanitra, Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay,

2a TSM Hery.
b TSM Fametrahan-tanana.
d 3 Ne. 18:37.
3a Asa 19:6.
3 1a TSM Manokana.

b Almà 6:1.
TSM Loholona.
3a TSM Famelana ny Fahotana.
4a F&F 18:32; 20:60.
b TSM Fanomezam-

pahasoavana.
d 1 Ne. 13:37;
Môrô. 6:9.
4 1a 3 Ne. 18:1-7.
b TSM Loholona.
d F&F 20:76-77.

amin' ny anaran' ny Zanakao Jesoa Kristy, hitahy sy hanamasina ity "mofo ity ho an' ny fanahin' ireo rehetra izay mandray amin' izany; mba hahazoany mihinana ho ^bfahatsiarovana ny vatan' ny Zanakao sy hijoroany ho vavolombelona Aminao, Andriamanitra, Ray Mandrakizay ô, fa vonona izy ireo ny hitondra ny ^danaran' ny Zanakao ny hahatsiaro Azy mandrakariva, ary ny hitandrina ny didiny izay efa nomeny azy ireo, mba hananany mandrakariva ny ^eFanahiny miaraka aminy. Amena.

TOKO 5

Fanomezana ny fomba fitantanana ny divain' ny fanasan' ny Tompo. Tokony ho 401–421 taorian' i J.K.

NY "fomba fitantanana ny divay—Indro nandray ny kapoaka izy ireo sy nanao hoe:

2 Andriamanitra, Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay, amin' ny anaran' ny Zanakao Jesoa Kristy, hitahy sy hanamasina ity "divay ity ho an' ny fanahin' ireo rehetra izay misotro amin' izany, mba hahazoany manao izany ho ^bfahatsiarovana ny ran' ny Zanakao, izay nalatsaka ho azy ireo; mba hijoroany ho vavolombelona Aminao, Andriamanitra, Ray

Mandrakizay ô, fa hotsaroany mandrakariva Izy, mba hananany ny Fanahiny miaraka aminy. Amena.

TOKO 6

Natao batisa sy noraisina ho namana ny olona nibebaka—Ny mpikamban' ny fiangonana izay nibebaka dia navela heloka—Notarihina tamin' ny herin' ny Fanahy Masina ny fivoriana. Tokony ho 401–421 taorian' i J.K.

ARY ankehitriny aho dia miresaka ny momba ny "batisa. Indro, natao batisa ny loholona, ny mpisorona ary ny mpampianatra; ary tsy natao batisa izy ireo raha tsy namoa voa izay naneho fa ^bmendrika izany izy ireo.

2 Sady tsy nisy noraisiny teo amin' ny batisa afa-tsy izay nandroso niaraka tamin' ny "fo torotoro sy ny fanahy manenina, ka nijoro ho vavolombelona tamin' ny fiangonana, fa nibebaka marina tokoa tamin' ny fahotany rehetra izy.

3 Ary tsy nisy noraisina tamin' ny batisa afa-tsy izay "nitondra teo aminy ny anaran' i Kristy, rehefa nananany ny fahavononana hanompo Azy hatramin' ny farany.

4 Ary rehefa noraisina tamin' ny batisa izy, ary niasana sy

3a TSM Fanasan' ny Tompo.
b Lio. 22:19;
2 Tan. 11:23–24;
3 Ne. 18:7.
d TSM Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran'

i Jesoa Kristy.
e TSM Fanahy Masina.
5 1a 3 Ne. 18:8–11;
F&F 20:78–79.
2a F&F 27:2–4.
TSM Fanasan' ny
Tompo.
b Lio. 22:19–20;

2 Tan. 11:25.
6 1a TSM Batisa.
b TSM Mendrika.
2a TSM Fo Torotoro.
3a TSM Jesoa Kristy—
Fitondrantsika eo
amintsika ny anaran'
i Jesoa Kristy.

“nodiovin’ ny herin’ ny Fanahy Masina, dia noraisina ho isan’ ny vahoakan’ ny fiangonan’ i Kristy; ary nalaina ny ^banarany mba hahatsiarovana azy sy hama-hanana azy amin’ ny teny soan’ Andriamanitra, hitehirizana azy amin’ ny lalana tsara, hitanana azy ^dhiambina lalandaava amim-bavaka, “tsy hiantehitra afa-tsy amin’ ny fahamendrehan’ i Kristy izay ^ftompony sy mpanefa ny finoany.

5 Ary ny “fiangonana dia nihaona miaraka ^bmatetika mba ^dhifady hanina sy hivavaka ary hifampiresaka amin’ izy samy izy ny momba ny fiadanan’ ny fanahiny.

6 Ary nihaona miaraka matetika izy ireo mba hiara mandray ny mofo sy ny divay ho fahatsiarovana an’ i Jesoa Tompo.

7 Ary hentitra izy ireo tamin’ ny fitandremana mba “tsy hisian’ ny heloka eo anivony; ary na zovy na zovy no hita ho nahavita heloka, dia ^bvavolombelona telon’ ny fiangonana no nanameloka azy teo anoloan’ ny ^dlohohona, ary raha tsy nibebaka izy ka ^eniaiky, dia ^fnovonoina ny anarany, ary tsy noraisina ho isan’ ny vahoakan’ i Kristy izy.

8 Nefa “arakaraka ny nibebahan’ sy ny nitadiavany famelana

tamin’ ny finiavana marina no ^bnamelana azy.

9 Ary ny fivoriany dia “notarihin’ ny fiangonana araka ny fomba fiasan’ ny Fanahy sy tamin’ ny alalan’ ny herin’ ny ^bFanahy Masina; fa arakaraka ny nitarihan’ ny herin’ ny Fanahy Masina azy ireo, na hitory, na hamporisika, na hivavaka, na hitalaho, na hihira, dia arakaraka izay no natao.

TOKO 7

Nomena ny fanasana hidirana ao amin’ ny fitsaharan’ ny Tompo—Mivavaha amin’ ny finiavana marina—Nahafahan’ ny olona nanaovaka ny tsara tamin’ ny ratsy ny Fanahin’ i Kristy—Mandresy lahatra ny olona handà an’ i Kristy sy hanao ny ratsy i Satana—Naneho ny fiavian’ i Kristy ireo mpaminany—Amin’ ny finoana no anaovana fahagagana sy anompoan’ ny anjely—Tokony hanantena ny fiainana mandrakizay sy hifikitra amin’ ny fiantrana ny olona. Tokony ho 401–421 taorian’ i J.K.

ARY ankehitriny izaho Môrônia dia manoratra ny teny vitsivitsin’ i Môrmôna raiko, izay noteneniny momba ny “finoana, ny fanantenana ary ny fiantra-

4a TSM Madio.

b F&F 20:82.

d Almà 34:39;

3 Ne. 18:15–18.

e 2 Ne. 31:19;

F&F 3:20.

f Heb. 12:2.

5a TSM Fiangonan’ i

Jesoa Kristy.

b 3 Ne. 18:22;

4 Ne. 1:12;

F&F 88:76.

d TSM Fifiadian-kanina.

7a F&F 20:54.

b F&F 42:80–81.

TSM Vavolombelona.

d Almà 6:1.

TSM Lohohona.

e TSM Miaiky.

f Eks. 32:33;

F&F 20:83.

TSM Fanesorana tsy ho Mpikambana.

8a Môsià 26:30–31.

b TSM Mamela.

9a F&F 20:45; 46:2.

b TSM Fanahy Masina.

7 1a 2 Tan. 13:1–13;

Etera 12:3–22, 27–37;

Môrô. 8:14; 10:20–23.

na; fa araka izao fomba izao no nitenenany tamin' ny vahoaka, raha nampianatra azy izy tao amin' ny sinagoga izay efa no-riny ho toeram-piderana.

2 Ary ankehitriny, izaho Môrônôna dia miteny aminareo ry rahalahiko malala; ary amin' ny alalan' ny fahasoavan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Tompontsika ary ny sitrapony masina, noho ny fanomezana ny "antsony ho ahy, no ahazoako miteny aminareo amin' izao fotoana izao.

3 Koa izaho dia te hiteny aminareo izay isan' ny fiangonana, izay mpanara-dia bonaika an' i Kristy, ary efa nahazo fanantenana ampy izay ahafahanareo miditra any amin' ny "fitsaharan' ny Tompo, hatramin' izao fotoana izao ka ambara-pialanareo sasatra miaraka Aminy any an-danitra.

4 Ary ankehitriny ry rahalahiko, dia tsaraiko amin' ireo zavatra ireo ianareo noho ny "fifampitondranareo amim-pahatoniana miaraka amin' ny zanak' olombelona.

5 Fa tsaroako ny tenin' Andriamanitra izay milaza fa amin' ny asany no "hahafantaranareo azy; fa raha tsara ny asany, amin' izany dia tsara koa izy.

6 Satria indro, efa nolazain' Andriamanitra fa ny olona "ratsy dia tsy afaka manao izay

tsara; fa raha manolotra fanomezana izy, na ^bmivavaka amin' Andriamanitra, raha tsy manao izany amin' ny finiavana marina izy, dia tsy mahasoana azy na amin' inona na amin' inona izany.

7 Fa indro, tsy isaina ho fahamarinana ho azy izany.

8 Fa indro, raha manome fanomezana ny olona "ratsy, dia ataony ^bamin' alahelo izany; koa izany dia isaina ho azy tahaka ny efa nitanany ny fanomezana; koa dia isaina ho ratsy eo anoloan' Andriamanitra izy.

9 Ary dia toy izany koa no anisana ho ratsy ho an' ny olona iray, raha mivavaka izy nefa tsy amin' ny "finiavan' ny fo marina; eny, ary tsy mahasoana azy na amin' inona na amin' inona izany, fa tsy mandray ny toa azy Andriamanitra.

10 Koa, ny olona ratsy dia tsy afaka manao izay tsara; sady tsy hanome fanomezana tsara.

11 Fa indro, tsy afaka mamoaaka rano tsara ny "loharano mangidy; tsy afaka mamoaaka rano mangidy ny loharano tsara; koa, ny olon-dratsy, mpanompon' ny devoly dia tsy afaka manara-dia an' i Kristy; ary raha ^bmanara-dia an' i Kristy izy dia tsy afaka ny ho mpanompon' ny devoly.

12 Koa, ny zavatra rehetra izay "tsara dia avy amin' Andriamanitra; ary izay ^bratsy dia avy amin' ny devoly; fa ny devoly

2a TSM Antso, Antsoin' Andriamanitra.

3a TSM Fitsaharana.

4a 1 Jn. 2:6; F&F 19:23.

5a 3 Ne. 14:15-20.

6a Mat. 7:15-18.

b Almà 34:28.

TSM Vavaka.

8a Ohab. 15:8.

b F&F 64:34.

9a Jakoba 1:6-7; 5:16;

Môrô. 10:4.

11a Jakoba 3:11-12.

b Mat. 6:24;

2 Ne. 31:10-13;

F&F 56:2.

12a Jakoba 1:17;

1 Jn. 4:1-2; Etera 4:12.

b Almà 5:39-42.

dia fahavalon' Andriamanitra sy miady Aminy lalandava, ary manainga sy mitaona ^ahanota, ary hanao izay ratsy lalandava.

13 Nefa indro, izay avy amin' Andriamanitra dia manainga sy mitaona hanao ny tsara lalandava; koa, ny zavatra tsirairay izay manainga sy ^amitaona hanao ny tsara sy ho tia an' Andriamanitra ary hanompo Azy, dia avy amin' ny ^btsindrimandrin' Andriamanitra.

14 Koa, mitandrema ry rahalahiko malala mba tsy hitsaranareo fa izay ^aratsy dia avy amin' Andriamanitra, na izay tsara sy avy amin' Andriamanitra dia avy amin' ny devoly.

15 Fa indro, ry rahalahiko, omena anareo ny ^ahitsara mba hahazoanareo manavaka ny tsara amin' ny ratsy; ary ny fomba hitsarana mba hahalanareo amin' ny fahalalana tanteraka, dia miavaka toy ny hazavan' ny andro amin' ny haizin' ny alina.

16 Fa indro, omena ny olona tsirairay ny ^aFanahin' i Kristy mba hahazoany ^bmanavaka ny tsara amin' ny ratsy; koa aseho ko anareo ny fomba hitsarana; fa ny zavatra tsirairay izay manainga hanao ny tsara sy handresy lahatra mba hino an' i Kristy dia alefan' ny hery sy

ny fanomezam-pahasoavan' i Kristy; koa dia azonareo fantarina amin' ny fahalalana tanteraka fa avy amin' Andriamanitra izany.

17 Nefa na inona na inona zavatra izay mandresy lahatra ny olona hanao ny ^aratsy sy tsy hino an' i Kristy, ary handà Azy sy tsy hanompo an' Andriamanitra, dia azonareo fantarina amin' izany, amin' ny fahalalana tanteraka, fa avy amin' ny devoly izany; fa araka izany fomba izany no iasan' ny devoly, fa tsy mandresy lahatra ny olona hanao ny tsara izy, tsia, na dia iray aza; toy izany koa no ataon' ny anjeliny; toy izany koa no ataon' ireo izay mampanaiky ny tenany aminy.

18 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, satria fantatrareo ny hazavana izay ahazoanareo mitsara, hazavana izay ^ahazavan' i Kristy, dia ataovy izay tsy hitsaranareo diso; fa amin' ny ^bfitsarana izay itsaranareo ihany no itsarana anareo koa.

19 Koa, miangavy anareo aho, ry rahalahy, mba hitadiavanareo amim-pahazotoana tokoa ao amin' ny ^ahazavan' i Kristy mba hahazoanareo manavaka ny tsara amin' ny ratsy; ary raha hazoninareo avokoa ny zavatra tsara ary tsy melohinareo izany,

12d Hel. 6:30.
TSM Fahotana.

13a 2 Ne. 33:4;
Etera 8:26.

b TSM Fitaoman' ny Fanahy.

14a Isa. 5:20; 2 Ne. 15:20.

15a TSM Mamantatra,
Fanomezam-

pahasoavana Hoenti-

16a TSM Fieritreretana;
Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

b Gen. 3:5;
2 Ne. 2:5, 18, 26;
Môsià 16:3;
Almà 29:5;
Hel. 14:31.

17a TSM Fahotana.

18a Môsià 16:9;
F&F 50:24; 88:7-13.

TSM Fahazavana,
Fahazavan' i Kristy.

b DJS, Mat. 7:1-2;
Lio. 6:37;
Jao. 7:24.

19a F&F 84:45-46.

dia ho tonga ^bzanak' i Kristy tokoa ianareo.

20 Ary ankehitriny, ry rahalahiko, ahoana no mety hahafahanareo mihazona ny zavatra tsara rehetra?

21 Ary ankehitriny aho dia tonga eo amin' io finoana io izay nolazaiko fa mba tiako horesahina; ary holazaiko anareo ny fomba izay hahafahanareo mihazona ny zavatra tsara rehetra.

22 Fa indro, noho Andriamanitra "mahalala ny zavatra rehetra, satria efa hatrizay hatrizay Izy ka haharitra mandrakizay, dia indro, nirahiny ny ^banjely hanompo ny zanak' olombelona, mba hampiseho ny momba ny fiavian' i Kristy; ary ao amin' i Kristy no hiavian' ny zavatra tsara rehetra.

23 Ary Andriamanitra koa dia nilaza tamin' ny vavany ihany tamin' ny mpaminany fa ho avy i Kristy.

24 Ary indro, nisy fomba samihafa izay nanehoany ny zavatra izay tsara tamin' ny zanak' olombelona; ary ny zavatra rehetra izay tsara dia avy amin' i Kristy; raha tsy izany dia efa "lavo ny olona, ary tsy ho nety nisy zavatra tsara tonga tamin' ny.

25 Koa, tamin' ny fiahian' ny "anjely sy tamin' ny teny rehetra izay niloaka ny vavan' Andriamanitra, dia nanomboka nampihatra ny finoana an' i Kristy ny olona; ary dia tamin' ny fi-

noana toy izany no nihazonany ny zavatra tsara rehetra; ary dia toy izany hatramin' ny fiavian' i Kristy.

26 Ary taorian' ny nahatongavany, dia novonjena tamin' ny finoana ny anarany koa ny olona; ary amin' ny finoana dia tonga zanak' Andriamanitra izy ireo. Ary toy ny mahavelona marina tokoa an' i Kristy no nitenenany ireto teny ireto tamin' ny razantsika, hoe: "Na inona na inona zavatra izay tsara ka hangatahinareo ny Ray amin' ny anarako, amin' ny finoana rehefa mino fa handray ianareo, dia indro, hatao aminareo izany.

27 Noho izany, ry rahalahiko malala, efa nitsahatra va ny "fahagagana, satria efa niakatra any an-danitra i Kristy ary efa mipetraka eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra mba ^bhitaky amin' ny Ray ny zon' ny famindram-po izay ananany amin' ny zanak' olombelona?

28 Satria efa nefainy ny fitakian' ny lalàna, ary mitaky ireo rehetra izay manam-pinoana Azy Izy; ary ireo izay manam-pinoana Azy dia "hifikitra amin' ny zavatra tsara rehetra; koa ^bmiaro ny tombontsoan'ny zanak' olombelona Izy; ary mitotra mandrakizay any an-danitra.

29 Ary satria efa nataony izany, ry rahalahiko malala, dia efa nitsahatra va ny fahagagana? Indro, lazaiko aminareo, Tsia;

19b Môsià 15:10–12; 27:25.

TSM Zanakalahy sy Zanakavavin' Andriamanitra.

22a TSM Andriamanitra.
b Mos. 5:58.

TSM Anjely.

24a 2 Ne. 2:5.

25a Almà 12:28–30.

26a 3 Ne. 18:20.

TSM Vavaka.

27a TSM Fahagagana.

b Isa. 53:12;

Môsià 14:12.

28a Roma. 12:9;

F&F 98:11.

b 1 Jn. 2:1; 2 Ne. 2:9.

TSM Mpisolovava.

sady tsy mitsahatra ny manompo ny zanak' olombelona ireo anjely.

30 Fa indro, izy ireo dia manoa Azy mba hanompo araka ny tenin' ny fandidiany, amin' ny fanehoan' izy ireo ny tenany amin' ireo izay mahery finoana sy mitombin-tsaina ao amin' ny endriky ny toe-panahy rehetra araka an' Andriamanitra.

31 Ary ny asan' ny fanompoany dia ny miantso ny olona ho amin' ny fibebahana sy ny manatanteraka ary ny manao ny asan' ny fanekempihavanan' ny Ray, izay efa nataony tamin' ny zanak' olombelona mba hanomana ny lalana eo anivon' ny zanak' olombelona amin' ny filazana ny tenin' i Kristy amin' ny fanaka nofinidin' ny Tompo, mba hahatonga azy ireo ho valombelona manambara Azy.

32 Ary amin' ny fanaovana izany, dia manomana lalana ny Tompo Andriamanitra mba hananan' ny olona sisa "finoana an' i Kristy, mba hananan' ny Fanahy Masina toerana ao ampony, araka ny heriny; ary dia araka izany fomba izany no antanterahan' ny Ray ny fanekempihavanana izay efa nataony tamin' ny zanak' olombelona.

33 Ary efa niteny i Kristy hoe: "Raha manam-pinoana Ahy ianareo dia hanana ny fahefana hanao na inona na inona zavatra b mahasoana ao Amiko.

34 Ary hoy Izy: "Mibebaha

ianareo rehetra faran' ny tany ary mankanesa aty Amiko, ary aoka hatao batisa amin' ny anarako sy hanam-pinoana Ahy mba hahazoana mamonjy anareo.

35 Ary ankehitriny, ry rahalahiko malala, raha tahiny ka marina ireo zavatra izay efa noteneniko taminareo ireo, ary Andriamanitra no haneho aminareo, amin' ny "hery sy ny voninahi-dehibe amin' ny b andro farany, fa marina ireo, ary raha marina ireo, moa efa nitsahatra va ny andron' ny fahagagana?

36 Sa efa nitsahatra va ny fisehoan' ny anjely tamin' ny zanak' olombelona? Sa efa "notanany va ny herin' ny Fanahy Masina tsy ho azy ireo? Sa hataony izany, raha mbola haharitra koa ny fotoana, na hijoro koa ny tany, na hisy koa olona iray hovanjena eto amboniny?

37 Indro lazaiko aminareo, Tsia; fa amin' ny finoana no anaovana "fahagagana; ary amin' ny finoana no isehoan' ny anjely ka anompoany ny olona; koa, raha efa nitsahatra ireny zavatra ireny dia lozan' ny zanak' olombelona, fa izany dia noho ny b tsy finoana, ary zava-poana ny rehetra.

38 Fa tsy misy olona azo vonjena, araka ny tenin' i Kristy, raha tsy manam-pinoana ny anarany izy; noho izany, raha efa nitsahatra ireny zavatra ireny, dia efa nitsahatra koa ny finoana; ary mahatsiravina ny toetry ny

32a TSM Finoana.
33a Mat. 17:20.
b F&F 88:64–65.
34a 3 Ne. 27:20;

Etera 4:18.
35a 2 Ne. 33:11.
b F&F 35:8.
36a Môrô. 10:4–5, 7, 19.

37a Mat. 13:58;
Môrm. 9:20;
Etera 12:12–18.
b Môrô. 10:19–24.

olona, fa izy dia toy ny tsy nisy fanavotana natao.

39 Nefa indro, ry rahalahiko malala, tsaraiko ho tsaratsara kokoa noho izany ianareo, satria tsaraiko fa manam-pinoana an' i Kristy ianareo noho ny fietnareo; fa raha tsy manam-pinoana Azy ianareo, dia tsy "mendrika ianareo amin' izany ny voaisa ho eo anivon' ny vahoakan' ny fiangonany.

40 Ary koa, ry rahalahiko malala, mba te hiresaka aminareo ny momba ny "fanantenana aho. Ahoana no ahatongavanareo amin' ny finoana, raha tsy manana fanantenana ianareo?

41 Ary inona no "hantenainareo? Indro, lazaiko aminareo fa hanana ^bfanantenana ianareo amin' ny alalan' ny sorompnavotan' i Kristy sy ny herin' ny fitsanganany amin' ny maty mba hatsangana ho amin' ny "fiainana mandrakizay, ary izany dia noho ny finoanareo Azy araka ny fampanantenana.

42 Koa, raha manam-^apinoana ny olona iray dia ^btsy maintsy ilaina ny hananany fanantenana; fa raha tsy misy finoana dia tsy mety hisy fanantenana.

43 Ary koa, indro lazaiko aminareo fa tsy afaka ny hanana finoana sy fanantenana izy raha tsy "malemy fanahy sy mietry am-po.

44 Raha tsy izany dia foana ny "finoany sy ny fanantenany, fa tsy misy azo ekena eo anoloan' Andriamanitra afa-tsy ny malemy fanahy sy ny mietry am-po; ary raha malemy fanahy sy mietry am-po ny olona iray, ary ^bmiaiky amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina fa i Jesoa no Kristy, dia tsy maintsy ilaina ny hananany fiantrana; fa raha tsy manana fiantrana izy dia tsinontsinona; koa tsy maintsy ilaina ny hananany fiantrana.

45 Ary ny "fiantrana dia mahari-po sady malemy fanahy, ary tsy ^bmialona sy tsy mieboebo, tsy mikatsaka ny ho azy, tsy mora hantsina, tsy mihevitra ratsy, tsy mifaly amin' ny tsy fahamarinana fa mifaly kosa amin' ny fahamarinana, mizaka ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, miaritra ny zavatra rehetra.

46 Noho izany, ry rahalahiko malala, raha tsy manana fiantrana ianareo dia tsinontsinona, fa ny fiantrana tsy ho levona mandrakizay. Koa, mifikira amin' ny fiantrana izay ny lehibe indrindra amin' ny zavatra rehetra, fa ny zavatra rehetra dia tsy maintsy ho levona—

47 Fa ny "fiantrana kosa dia ny ^bfitiavana madion' i Kristy ary

39a TSM Mendrika.

40a Etera 12:4.

TSM Fanantenana.

41a F&F 138:14.

b Tito. 1:2; Jakôba 4:4;

Almà 25:16;

Môrô. 9:25.

d TSM Fiainana

Mandrakizay.

42a TSM Finoana.

b Môrô. 10:20.

43a TSM Halemempahy.

44a Almà 7:24;

Etera 12:28–34.

b Lio. 12:8–9.

TSM Miaiky; Fijoroana ho Vavolombelona.

45a 2 Tan. 13:1–13.

b TSM Mialona.

47a 2 Ne. 26:30.

TSM Fiantrana.

b Jos. 22:5.

TSM Fitiavana.

maharitra mandrakizay izany; ary na zovy na zovy no hita ho manana izany amin' ny andro farany, dia soa ho azy izany.

48 Noho izany ry rahalahiko malala dia "mivavaha amin' ny Ray amin' ny herin' ny fo manontolo mba hahazoana mameno anareo amin' izany fitiavana izany, izay efa natolony ireo rehetra izay ^bmpanaradia marina an' i Jesoa Kristy Zanany; mba hahatonga anareo ho zanak' Andriamanitra; ka rehefa hiseho Izy, dia ho "tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy tahaka ny maha-Izy Azy; mba hananantsika izany fanantenana izany; mba hahazoana "manadio antsika tahaka Azy izay madio. Amena.

TOKO 8

Fahavetavetana ratsy ny batisan' ny ankizy madinika—Velona ao amin' i Kristy ny ankizy madinika noho ny Sorompanavotana—Mitondra any amin' ny famonjena ny finoana, ny fibebahana, ny fahalemem-paika sy ny fietren' ny fo, ny fandraisana ny Fanahy Masina, ary ny faharetana hatramin' ny farany. Tokony ho 401–421 taorian' i J.K.

Ny epistilin' i Môrmôna "raiko, nosoratana ho ahy Môrônia; ary izany dia nosoratana ho ahy vetivety foana taorian' ny nian-

tsoana ahy ho amin' ny asa fanompoana. Ary toy izao no nosoratany ho ahy, manao hoe:

2 Ry Môrônia, zanako malala, mifaly fatratra tokoa aho satria efa nahatsiaro anao i Jesoa Kristy Tomponao, ary efa niantso anao ho amin' ny asa fanompoany Izy sy ho amin' ny asa masiny.

3 Mahatsiaro anao mandrakariva aho ao amin' ny vavako, mivavaka lalandava amin' Andriamanitra Ray amin' ny anaran' i Jesoa, Zanany Masina aho, ka Izy anie, amin' ny alalan' ny "hatsaram-pony sy ny ^bfahasoavany tsisy fetra, hitahiry anao ao amin' ny fiaretana ny finoana ny anarany hatramin' ny farany.

4 Ary ankehitriny, anaka, dia miteny aminao aho ny momba izay mampalahelo ahy izaitsizy tokoa; fa mampalahelo ahy ny hisian' ny "fifanjihirana mipoitra eo anivonareo.

5 Satria, raha fantatro ny marina, dia efa nisy fifanjihirana teo anivonareo momba ny batisan' ny ankizy madinikareo.

6 Ary ankehitriny, ry zanako, dia maniry aho ny hiasanareo amim-pahazotoana tokoa mba hanesorana ity hadisoana bontolo ity avy teo anivonareo; satria, noho izany antony izany no efa nanoratako ity epistily ity.

7 Fa raha vantany vao nahafantatra ireo zavatra momba anareo ireo aho dia nanontany

48a TSM Vavaka.
b TSM Jesoa Kristy—
Ny ohatra nasehon'
i Jesoa Kristy;
Mankatò.

d 1 Jn. 3:1–3;
3 Ne. 27:27.
e 3 Ne. 19:28–29.
TSM Madio.
8 1a TiM 1:1.

3a Môsià 4:11.
b TSM Fahasoavana.
4a 3 Ne. 11:22, 28; 18:34.

ny Tompo ny amin' izany raha-raha izany. Ary tonga tamiko ny "tenin' ny Tompo tamin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina, manao hoe:

8 Henoy ny tenin' i Kristy, Mpanavotra anareo, Tomponareo sy Andriamanitrareo. Indro, tonga teo amin' izao tontolo izao Aho tsy hiantso ny marina fa ny mpanota ho amin' ny fibebahana; tsy ny "salama no mila mpitsabo fa ireo izay marary kosa; koa ny ^bankizy madinika dia ^dsalama, satria tsy mahavita "manota; noho izany, ny ozon' i ^fAdama dia esorina hiala aminy ao Amiko, ka tsy manampahafana aminy izany; ary ny lalàn' ny ^sfamorana dia foana ao Amiko.

9 Ary araka izany fomba izany no nanehoan' ny Fanahy Masina tamiko ny tenin' Andriamanitra; noho izany, ry zanako malala, dia fantatro fa fanarabiana marina tokoa eo anoloan' Andriamanitra ny hanaovanareo batisa ny ankizy madinika.

10 Indro lazaiko aminareo fa izao no zavatra hampianarina-reo—ny fibebahana sy ny batisa ho an' ireo izay "ampamoahina sy mahavita manao fahotana; eny, ampianaro ny ray amandreny fa tsy maintsy mibebaka sy atao batisa ary manetry ny

tenany toy ny ^bankizy madininy izy, ary dia hovanjena avokoa izy miaraka amin' ny ankizy madininy.

11 Ary tsy mila fibebahana na batisa ny "ankizy madininy. Indro, ny batisa dia ho an' ny fibebahana, ho fanatanterahana ny didy, ho ^bfamelana ny fahotana.

12 Fa velona ao amin' i Kristy ny "ankizy madinika, na dia hatry ny fanorenana izao tontolo izao aza; raha tsy izany dia Andriamanitra miangatra Andriamanitra, ary koa Andriamanitra miovaova sy ^bmizaha tavan' olona; satria firifiry akory ny ankizy madinika efa nodimandry tsisy batisa!

13 Noho izany, raha toa tsy azo vonjena ny ankizy madinika raha tsy vita batisa, dia tsy maintsy ho efa lasana Any amin' ny helo tsisy fiafarany izy ireny.

14 Indro, lazaiko aminao fa izay mihevitra fa mila batisa ny zaza madinika, dia ao amin' ny aferon' ny fangidiana sy ao amin' ny famatoran' ny heloka izy; satria tsy manana "finoana, na fanantenana, na fiantrana izy; koa, raha nofongorana izy teo am-pieritreretana izany, dia tsy maintsy ho nidina tany amin' ny helo.

15 Fa faharatsiana mahatsiravi-

7a TSM Tenin' Andriamanitra.

8a Mar. 2:17.

b Mar. 10:13–16.

d Môsià 3:16; F&F 74:7.

e TSM Fahotana.

f 2 Ne. 2:25–27.

TSM Fahalavoan' i Adama sy i Eva.

g Gen. 17:10–11.
TSM Famorana.

10a TSM Ampamoahina, Ampamoaka.

b TSM Zanaka; Fanetren-tena.

11a TSM Batisa—Toetra takiana amin' ny batisa; Zanaka.

b TSM Famelana ny Fahotana.

12a F&F 29:46–47; 93:38.

b Ef. 6:9; 2 Ne. 26:33;

F&F 38:16.

14a 2 Tan. 13:1–13;

Etera 12:6;

Môrô. 7:25–28; 10:20–23.

na ny mihevitra fa Andriamanitra dia mamonjy ny ankizy iray noho ny batisa, ary ny iray hafa dia tsy maintsy ho faty noho izy tsy natao batisa.

16 Lozan' izay mamilivily ny lalàn' ny Tompo amin' izany fomba izany, fa ho faty izy raha tsy mibebaka. Indro, miteny amim-pahasahiana aho, rehefa nahazo "fahefana avy tamin' Andriamanitra; ary tsy atahorako izay azon' ny olona atao; fa ny ^bfitiavana tanteraka ^dmandroaka ny tahotra rehetra.

17 Ary heniky ny ^afiantrana aho, izay fitiavana maharitra mandrakizay; noho izany dia mitovy avokoa amiko ny ankizy; noho izany dia tiako amin' ny fitiavana tanteraka ny ^bankizy madinika; ary mitovy sy mpandray anjara amin' ny famonjena avokoa izy.

18 Satria fantatro fa Andriamanitra dia tsy Andriamanitra miangatra, na ilay Izy miovaova; fa Izy kosa dia "tsy miovaova ^bhatrizay hatrizay ka ho mandrakizay.

19 Tsy afaka mibebaka ny ^aankizy madinika; noho izany, dia faharatsiana mahatsiravina ny mandà ny famindram-pomadiôn' Andriamanitra aminy, fa velona ao Aminy avokoa izy noho ny ^bfamindram-pony.

20 Ary izay milaza fa mila batista ny ankizy madinika dia mandà ny famindram-pon' i Kristy ary mametraka ho tsinontsinona ny ^asorompanavotany sy ny herin' ny fanavotany.

21 Lozan' ny toa azy, fa manambana azy ny fahafatesana, ny "helo ary ny ^bfijaliana tsisy fiafarany. Teneniko amim-pahasahiana tokoa izany; efa nodidian' Andriamanitra aho. Henoy izany ary mampandria sofina, fa raha tsy izany dia hijoro hanohitra anareo izany eo amin' ny ^dtoeram-pitsaran' i Kristy.

22 Fa indro "velona ao amin' i Kristy avokoa ny ankizy madinika, ary koa ireo rehetra izay tsy nisy ^blalàna. Fa ny herin' ny ^afanavotana dia tonga amin' ny rehetra izay tsy manana lalàna; noho izany, izay tsy voaheloka, na izay tsy eo ambany fanamelohana dia tsy afaka mibebaka; ary amin' ny toa azy dia tsy mahasoana na amin' inona na amin' inona ny batisa —

23 Fa fanarabiana kosa izany eo anoloan' Andriamanitra, fandavana ny famindram-pon' i Kristy sy ny herin' ny Fanahy Masina ary fametrahana ny fitokiana amin' ny ^aasa maty.

24 Indro, anaka, izany zavatra izany dia tsy tokony hisy; fa ny ^afibebahana dia ho an' ireo

16a TSM Fahefana.

b TSM Fitiavana.

d 1 Jn. 4:18.

17a TSM Fiantrana.

b Môsià 3:16-19.

18a Almà 7:20; Môrm. 9:9.

TSM Andriamanitra.

b Môrô. 7:22.

19a Lio. 18:15-17.

b TSM Famindram-po.

20a TSM Sorompanavotana; Drafitry ny Fanavotana.

21a TSM Helo.

b Jakôba 6:10;

Môsià 28:3;

F&F 19:10-12.

d TSM Jesoa Kristy—

Mpitsara.

22a TSM Famonjena—
Famonjena ny ankizy.

b Asa 17:30;

F&F 76:71-72.

d TSM Fanavotana.

23a F&F 22:2.

24a TSM Fibebahana.

izay eo ambanin' ny fanamelohana sy eo ambanin' ny ozon' ny lalàna nodikaina.

25 Ary ny voaloham-bokatra ny "fibebahana dia ny ^bbatisa; ary tonga ny batisa amin' ny alalan' ny finoana ho fanatante-rahana ny didy; ary ny fanatanterahana ny didy dia mitondra ^dfamelana ny fahotana;

26 Ary ny famelana ny fahotana mitondra ^dfahalemem-panahy sy fietren' ny fo; ary noho ny fahalemem-panahy sy ny fietren' ny fo dia tonga ny famangian' ny ^bFanahy Masina, ny ^dMpampionona mameno amin' ny ^dfanantenana sy ^ffitiavana tanteraka, dia fitiavana maharitra amin' ny alalan' ny ^sfahazotoana ^hmivavaka, ambara-pahatongan' ny farany, rehefa hiara-mitoetra amin' Andriamanitra avokoa ny ⁱolomasina.

27 Indro, anaka, hanoratra aminao indray aho raha tsy mandeha mivoaka hanohitra ny Lamanita ato ho ato. Indro, ny "fiavonavonan' ity firenena ity, na ny vahoakan' ny Nefita, dia efa porofoin' ny famongorana azy raha tsy mibebaka izy.

28 Mivavaha ho azy, anaka, mba hahatongavan' ny fibebahana aminy. Nefa indro, matahotra aho fandrao dia efa nitsahatra ny "fitaoman' ny Fanahy azy; ary ao amin' ity faritry ny

tany ity dia katsahiny koa ny handrodanana ny hery sy ny fahefana rehetra izay avy amin' Andriamanitra; ary ^blaviny ny Fanahy Masina.

29 Ary rehefa notsipahiny ny fahalalana lehibe toy izany, anaka, dia tsy maintsy ho faty tsy ho ela izy ho fanatanterahana ny faminaniana izay notenenin' ireo mpaminany, ary koa ny tenin' Izy Mpamonjy tenany.

30 Veloma, anaka, mandrapanoratro aminao, na hihaonako aminao indray. Amena.

Ny epistily faharoan' i Môrmôna ho an' i Môrônia zanany lahy.

Mahafaoka ny toko 9.

TOKO 9

Namohehatra sy niharatsy na ny Nefita na ny Lamanita—Nifampahory sy nifamono izy ireo—Nivavaka i Môrmôna mba hitoetra amin' i Môrônia mandrakizay ny fahasoavana sy ny hatsaram-po. Tokony ho 401–421 taorian' i J.K.

Ry zanako malala, manoratra aminao indray aho mba hahafantaranao fa mbola velona aho; saingy manoratra misimisy ihany aho ny amin' izay mampalahelo.

2 Fa indro, efa nanana ady

25a TSM Batisa—Toetra takiana amin' ny batisa.
b Mos. 6:58–60.
d F&F 76:52.
TSM Famelana ny Fahotana.
26a TSM Halemem-

panahy.
b TSM Fanahy Masina.
d TSM Mpampionona.
e TSM Fanantenana.
f 1 Pet. 1:22;
1 Ne. 11:22–25.
g TSM Fahazotoana.
h TSM Vavaka.

i TSM Olomasina.
27a F&F 38:39.
TSM Fiavonavonana.
28a Môrm. 5:16.
b Almà 39:6.
TSM Fahotana Tsy Ahazoana Famelana.

mangotraka tamin' ny Lamanita aho, tamin' izany dia tsy naharesy izahay; ary efa lavo tamin-tsabatra i Arkeanta, ary koa i Lorama sy i Emrôna; eny, ary efa namoy tokoa ny maro tamin' ny lehilahy nofinidinay izahay.

3 Ary ankehitriny indro, anaka, manahy aho fandrao hamongotra ity vahoaka ity ny Lamanita; fa tsy mibebaka izy, ary mamoky azy lalandava i Satana mba hifampitezitra izy samy izy.

4 Indro, miara-miasa aminy lalandava aho; ary rehefa mire-saka ny tenin' Andriamanitra "amim-pahasiahana aho dia mangovitra sy tezitra amiko izy; ary rehefa tsy mampiasa fahasiahana aho dia manamafy ny fony izy amin' izany; koa manahy aho fandrao efa nitsahatra ny ^bfitaoaman' ny Fanahin' ny Tompo azy.

5 Fa tezitra loatra izaitsizy tokoa izy ka ataoko fa tsy manana fahatahorana ny fahafatesana; ary efa nafoiny ny fifankatiavany teo amin' izy samy izy; ary "liandra sy valifaty lalandava izy.

6 Ary ankehitriny, ry zanako malala, na dia eo aza ny hamafin' ny fony, dia aoka isika hiasa "amim-pahazotoana tokoa; fa raha atsahatsika ny ^basa, dia hoentina eo ambany fanamelohana isika; fa manana asa hotontosaina isika raha mbola ao amin' ity tabernakely tanimanga ity, mba hahazoantsika mandresy ny fahavalon' ny faha-

marinana rehetra ary hialan' ny fanahintsika sasatra ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.

7 Ary ankehitriny aho dia manoratra misimisy ihany momba ny fijalian' ity vahoaka ity. Fa araka ny fahalalana izay efa no-raisiko avy tamin' i Amôrôna, dia indro, manana sambobelona maro ny Lamanita, izay nalainy avy teo amin' ny tilikambon' i Serizà; ary nisy lehilahy, vehivavy ary ankizy izany.

8 Ary ny vady sy ny rain' ireo vehivavy sy ankizy ireo dia efa novonoiny; ary ny vehivavy dia nofahanany tamin' ny nofon' ny vadiny, ary ny ankizy tamin' ny nofon' ny rainy; ary tsy nisy rano afa-tsy kely no nomeny azy.

9 Ary na dia teo aza izany fahavetavetana lehiben' ny Lamanita izany, dia tsy mahaleo ny an' ny vahoakantsika any Môriantoma izany. Fa indro, maro tamin' ny zanakavavin' ny Lamanita no efa nalainy sambobelona; ary rehefa nendahiny taminy izay soa sy sarobidy indrindra tambonin' ny zavadrehetra, dia ny "fahadiovany sy ny ^bhasiny—

10 Ary taorian' ny nanaovany izany zavatra izany, dia novonoiny tamin' ny fomba tsy mifaditrovana izy ireo, rehefa nampijaliany hatrany amin' ny fahafatesan' ny vatany; ary rehefa avy nanao izany izy, dia nohaniny ny nofony, tahaka ny bibidia, noho ny hamafin' ny

9 4a 2 Ne. 1:26–27;
F&F 121:41–43.
b F&F 1:33.
5a Môrm. 4:11–12.

6a TSM Fahazotoana.
b Jakôba 1:19;
Enôsa 1:20.
TSM Adidy.

9a TSM Fahadiovam-
pitondrantena.
b TSM Hatsaran-toetra.

fony; ary nataony izany ho mariky ny herim-pony.

11 Ry zanako malala, ahoana no ahafahan' ny vahoaka toy izany izay tsy manaraka fahalalam-pomba—

12 (Ary taona vitsivitsy ihany izay no lasana, dia mbola vahoaka nahalala fomba sy mahatehotia izy)

13 Nefa anaka, ahoana no ahafahan' ny vahoaka toy izany, izay ao amin' ny fahavetavetana lehibe toa izany ny fahafinaretany—

14 Ahoana no ahazoantsika manantena fa “hotanan' Andriamanitra ny tanany amin' ny fitsarana hanoherana antsika?

15 Indro, mihiaka ny foko hoe: Lozan' ity vahoaka ity. Mivoaha ho amin' ny fitsarana, Andriamanitra ô, ary afeno ny fahotany sy ny faharatsiany ary ny fahavetavetany hiala eo anoloan' ny tavanao!

16 Ary koa, anaka, misy maro ireo “mpitondratena sy ny zanany vavy izay mijanona any Serizà; ary ilay ampahany tamin' ny vatsy izay tsy nentin' ny Lamanita dia indro efa nentin' ny miaramilan' i Zenefia, ary navelany hirenireny izy ireo na aiza na aiza ahafahany mitady hanina; ary vaviantitra maro no torana eny an-dalana ary maty.

17 Ary ny miaramila izay miaraka amiko dia osa; ary ny miaramilan' ny Lamanita dia eo anelanelanay sy i Serizà; ary izay rehetra nandositra nankany amin' ny miaramilan' i “Aharô-

na dia efa lavo niharan' ny herisetran' mahatsiravina.

18 E, mamohetra ny vahoakako! Tsy misy fandaminana sy tsy misy famindram-po izy. Indro, izaho dia olona ihany, ary tsy manana afa-tsy ny herindehilahy, ary tsy afaka mampainaiky intsony ny baikoko aho.

19 Ary efa tonga mahery amin' ny faniasivany izy; ary mahery setra toy izany koa, tsy mitsitsy olona, na antitra na tanora; ary finaritra amin' ny zavatra rehetra afa-tsy izay tsara; ary ny fijalian' ny vehivavintsika sy ny zanatsika eo amin' ny lafiny rehetra amin' ity tany ity dia mihoatra ny zava-drehetra; eny, tsy hain' ny lela tenenina sady tsy hay soratana izany.

20 Ary ankehitriny anaka, dia tsy hitaredretra intsony eo amin' ity fisehoan-javatra mahatsiravina ity aho. Indro, fantatrao ny faharatsian' ity vahoaka ity; fantatrao fa tsy manaraka fitsipika izy ary efa maty eritreritra ka ny faharatsiany dia “mihoatra noho ny an' ny Lamanita.

21 Indro, anaka, tsy afaka manafatrafatra azy amin' Andriamanitra aho fandrao hikapoka ahy Izy.

22 Nefa indro, anaka, manafatrafatra anao amin' Andriamanitra aho ary matoky an' i Kristy aho fa hovonjena ianao; ary mivavaka amin' Andriamanitra aho mba “hitsimbiny ny ainao, ho vavolombelon' ny fiverenan' ity vahoakany ity Aminy, na ny famongorana azy tanteraka;

14a Almà 10:23.

16a TSM Mpitondratena.

17a Môrm. 2:9.

20a Hel. 6:34–35.

22a Môrm. 8:3.

satria fantatro fa tsy maintsy ho faty izy raha tsy ^bmibebaka sy tsy miverina Aminy.

23 Ary raha ringana izy dia ho tahaka ny Jarèdita, noho ny finiavan' ny fony, "hikatsaka ra sy ^bvalifaty.

24 Ary raha toa ka ringana izy, dia fantatsika fa maro tamin' ny rahalahintsika no efa "nitsoaka an-daharana nankany amin' ny Lamanita, ary maro kokoa no hitsoaka an-daharana koa hankany aminy; koa manorata zavatra misimisy kokoa, raha voatsimbina ianao ary ho faty aho ka tsy hahita anao; nefa matoky aho fa mety hahita anao tsy ho ela; fa manana rakitsoratra masina aho izay ^bhatolotro anao.

25 Anaka, aoka ho mahatoky ao amin' i Kristy; ary enga anie ka tsy hampahalahelo anao ny zavatra izay efa nosoratako, hanavesatra anao hidina hatrany amin' ny fahafatesana; fa hanandratra anao kosa anie i Kristy, ary enga anie ny "fijaliany sy ny fahafatesany ary ny fanehoany ny vatany tamin' ny razantsika, ary ny famindrampony sy ny fahari-pony ary ny fanantenana ny voninahiny sy ny ^bfiainana mandrakizay hitoetra mandrakizay ao ^dan-tsainao.

26 Ary enga anie ny fahasovan' Andriamanitra Ray izay any an-danitra avo ny seza fiandrianany sy ny an' i Jesoa Kristy

Tompontsika izay mipetraka eo "an-tanana ankavanan' ny heriny, mandra-pahatonga ny zavadrehetra ho eo ambany fifehezany, ho aminao sy hiara-hitoetra aminao mandrakizay. Amena.

TOKO 10

Ny fanambaran' ny Bokin' i Môrmôna dia tonga amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina—Tsinjaraina ho an' ny mahatoky ny fanomezam-pahasovan' ny Fanahy—Miaraka mandrakariva amin' ny finoana ny fanomezam-pahasovana ara-panahy—Miteny avy ao amin' ny vovoka ny tenin' i Môrônia—Manatôna an' i Kristy, aoka ho tanteraka ao Aminy ary hamasino ny fanahinareo. Tokony ho 421 taorian' i J.K.

ANKEHITRINY, izaho Môrônia dia somary manoratra misimisy araka izay heveriko ho tsara; ary manoratra ho an' ny "Lamanita rahalahiko aho; ary mba tiako ny hahafantarany fa roapolo sy efa-jato taona mahery no efa lasana hatramin' ny nanomezana ny famantarana ny amin' ny fiavian' i Kristy.

2 Ary "feheziko ireto rakitsoratra ireto, rehefa avy milaza teny vitsivitsy aho ho famporisihana anareo.

3 Indro, ta hamporisika anareo aho, rehefa hamaky ireto zava-

22b Mal. 3:7;
Hel. 13:11;
3 Ne. 10:6; 24:7.
23a Môrm. 4:11–12.
b Etera 15:15–31.
24a Almà 45:14.
b Môrm. 6:6.

25a TSM Sorompanavotana.
b TSM Fiainana Mandrakizay.
d TSM Saina.
26a Lio. 22:69; Asa 7:55–56;
Môsià 5:9; Almà 28:12.

10 1a F&F 10:48.
2a Môrm. 8:4, 13–14.
TSM Soratra Masina—Faminaniana ny amin' ny hivoahan' ny Soratra Masina.

tra ireto ianareo, raha toa ka fahendren' Andriamanitra ny hamakianareo ireto, mba hahatsiarovanareo ny naha-feno famindram-po ny Tompo tamin' ny zanak' olombelona, hatry ny nahariana an' i Adama ka hatramin' ny fotoana izay handraisanareo ireto zavatra ireto sy ny ^ahisainanareo izany ao ^bam-ponareo.

4 Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo, dia ta hamporisika anareo aho ny mba ^ahanontanianareo an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin' ny anaran' i Kristy, raha ^btsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany ^aamin-kitsimpo ianareo, omban' ny ^etena finiavana, sady manam-^fpinoana an' i Kristy, dia ^haneho ny ^hfahamarinan' izany aminareo Izy amin' ny herin' ny Fanahy Masina.

5 Ary amin' ny herin' ny Fanahy Masina dia azonareo ^afantarina ny ^bfahamarinan' ny zava-drehetra.

6 Ary na inona na inona zavatra tsara dia rariny sy marina; koa, tsy misy zavatra tsara ka mandà an' i Kristy, fa manaiky kosa fa misy Izy.

7 Ary azonareo fantarina fa misy Izy, amin' ny herin' ny

Fanahy Masina; noho izany dia ta hamporisika anareo aho ny tsy handavanareo ny herin' Andriamanitra; fa miasa amin-kery Izy ^aaraka ny finoan' ny zanak' olombelona, tsy miova anio sy ampitso ary mandrakizay.

8 Ary koa, mamporisika anareo aho ry rahalahiko mba tsy handavanareo ireo ^afanomezam-pahasoavan' Andriamanitra, satria maro ireo; ary avy amin' Andriamanitra iray ihany ireo. Ary misy ny ^bfomba samihafa izay hanolorana ireo fanomezam-pahasoavana ireo; nefa Andriamanitra iray ihany no miasa ao amin' izy rehetra; ary ireo dia omena amin' ny alalan' ny fanehoan' ny Fanahin' Andriamanitra amin' ny olona mba hahasoa azy.

9 Fa indro, ^aho an' ny iray dia omen' ny Fanahin' Andriamanitra ny hahazoany ^bmampianatra ny tenin' ny fahendrena;

10 Ary ho an' ny iray hafa, ny hahazoany mampianatra ny tenin' ny fahalalana amin' ny alalan' ny Fanahy iray ihany;

11 Ary ho an' ny iray hafa, ny ^afinoana lehibe fatratra tokoa; ary ho an' ny iray hafa, ny fanomezam-pahasoavana ^bhanasitran' amin' ny alalan' ny Fanahy iray ihany;

3a Deot. 11:18–19.
TSM Misaintsaina.

b Deot. 6:6–7.

4a TSM Vavaka.

b 1 Ne. 13:39; 14:30;
Môsià 1:6;

Etera 4:10–11; 5:3.

d TSM Fahamarinan-toetra.

e Jakoba 1:5–7; Môrô. 7:9.

f TSM Finoana.

g TSM Fanambarana.

h TSM Fahamarinana.

5a F&F 35:19.

TSM Mamantatra,
Fanomezam-pahasoavana Hoenti-
Fijoroana ho
Vavolombelona.

b Jao. 8:32.

7a 1 Ne. 10:17–19.

8a TSM Fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy.

b F&F 46:15.

9a 2 Tan. 12:8–11;

F&F 46:8–29.

b F&F 88:77–79, 118.

11a TSM Finoana.

b TSM Manasitrana.

12 Ary koa, ho an' ny iray hafa, ny hahazoany manao "fahagagana mahery.

13 Ary koa, ho an' ny iray hafa, ny hahazoany maminany momba ny zava-drehetra;

14 Ary koa, ho an' ny iray hafa, ny fahitana anjely sy ny fanahin' ny fanompoana;

15 Ary koa, ho an' ny iray hafa, ny karazany rehetra amin' ny fiteny;

16 Ary koa, ho an' ny iray hafa, ny fandikana ny fiteny sy ny karazana "teny samihafa.

17 Ary ireo fanomezam-pahasovana rehetra ireo dia avy amin' ny alalan' ny Fanahin' i Kristy; ary tonga tsirairay ao amin' ny olon-drehetra ireo, araka ny sitrapony.

18 Ary mba ta hamporisika anareo aho, ry rahalahiko malala, mba hahatsiarovanareo fa ny "fanomezam-pahasovana tsara rehetra dia avy amin' i Kristy.

19 Ary mba ta hamporisika anareo aho, ry rahalahiko malala, mba hahatsiarovanareo fa Izy no "tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay, ary ireo fanomezam-pahasovana rehetra izay efa noteneniko ireo, izay arapanahy, dia tsy ho levona na oviana na oviana, raha mbola mijoro koa ny tany, raha tsy noho ny ^btsy finoan' ny zanak' olombelona ihany.

20 Koa tsy maintsy misy ny "finoana; ary raha tsy maintsy

misy ny finoana, dia tsy maintsy misy koa ny fanantenana; ary raha tsy maintsy misy ny fanantenana, dia tsy maintsy misy koa ny fiantrana.

21 Ary raha tsy manana "fiantrana ianareo dia tsy azo vonjena mihitsy ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra; tsy azo vonjena koa ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra ianareo raha tsy manana finoana; torak' izany koa raha tsy manana fanantenana.

22 Ary raha tsy manana fanantenana ianareo dia tsy maintsy ao amin' ny famoizam-po ary tonga ny famoizam-po noho ny heloka.

23 Ary niteny marina tokoa tamin' ny razantsika i Kristy hoe: "Raha manam-pinoana ianareo dia afaka manao ny zava-drehetra izay mety Amiko.

24 Ary ankehitriny aho dia miteny amin' ny faran' ny tany rehetra — fa raha avy ny andro izay hahalevona ny hery sy ny fanomezam-pahasovana' Andriamanitra eo anivonareo, izany dia "noho ny ^btsy finoana.

25 Ary lozan' ny zanak' olombelona raha izay no mitranga; fa "tsy hisy anankiray izay manao ny tsara eo anivonareo, tsia, na dia iray aza. Fa raha misy anankiray eo anivonareo izay manao ny tsara, dia hiasa araka ny hery sy ny fanomezam-pahasovana' Andriamanitra izy.

26 Ary lozan' ireo izay mam-

12a TSM Fahagagana.

16a TSM Fiteny,
Fanomezam-
pahasovana
amin' ny.

18a Jakoba 1:17.

19a Heb. 13:8.

b Môrô. 7:37.

20a Etera 12:3–37.

21a 2 Tan. 13:1–13;

Môrô. 7:1, 42–48.

TSM Fiantrana.

23a Môrô. 7:33.

24a Môrô. 7:37.

b TSM Tsy Finoana.

25a djs, Sal. 14:1–7;

Roma. 3:10–12.

pitsahatra ireo zavatra ireo ary maty, fa "maty ao amin' ny ^bfahotany izy ary tsy azo vonjena ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra; ary teneniko izany araka ny tenin' i Kristy; ary tsy mandainga aho.

27 Ary amporisihako ianareo hahatsiaro ireo zavatra ireo, fa avy faingana tokoa ny fotoana izay hahafantaranareo fa tsy mandainga aho, fa ho hitanareo eo amin' ny toeram-pitsaran' Andriamanitra aho; ary hiteny aminareo ny Tompo Andriamanitra hoe: Tsy nolazaiko tamina-reo va ny "teniko izay nosoratan' ity lehilahy ity, tahaka ny anankiray ^bmihiaika avy ao amin' ny maty, eny, dia tahaka ny anankiray miteny avy ao amin' ny ^avovoka?

28 Ambarako ireo zavatra ireo ho fanatanterahana ny faminiana. Ary indro, hiloaka ny vavan' Ilay Andriamanitra maharitra mandrakizay ireo; ary ny teniny dia "hisiaka avy amin' ny taranaka iray hankamin' ny fara mandimby.

29 Ary hasehon' Andriamanitra anareo, fa izay efa nosoratako dia marina.

30 Ary koa, ta hamporisika anareo aho mba "hanatonanareo an' i Kristy sy hihazonanareo ny fanomezam-pahasoavana tsara

rehetra ary tsy ^bhikasihianareo ny fanomezana ratsy, na ny zavatra tsy madio.

31 Ary "mifohaza, dia mitsangana avy eo amin' ny vovoka, Ry Jerosalema; eny, ary anaovy ny fitafiana tsara tarehy, Ry zanakavavin' i ^bZiona; dia "hamafiso ny ^etsatòkanao ary halalaho ny sisintaninao mandrakizay mba ^ftsy hahazoana mampiharoharo anao intsony, mba hahazoana manatanteraka ny fanekempihavanan' ny Ray Mandrakizay, izay efa nataony taminao, Ry mpianakavin' i Isiraely.

32 Eny, "manatona an' i Kristy, ary aoka hatao ^btanteraka ao Aminy, ary holavin' ny tenanareo ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra; ary raha mandà ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra ny tenanareo, ary "tia an' Andriamanitra amin' ny herinareo, ny sainareo ary ny tanjakareo rehetra ianareo, amin' izany dia ampy ho anareo ny fahasoavana, fa amin' ny fahasoavany no hahatonga anareo ho tanteraka ao amin' i Kristy; ary raha tanteraka ao amin' i Kristy ianareo amin' ny alalan' ny "fahasoavan' Andriamanitra, dia tsy afaka mandà mihitsy ny herin' Andriamanitra ianareo.

26a Ezek. 18:26-27;

1 Ne. 15:32-33;

Môsà 15:26.

^b Jao. 8:21.

27a 2 Ne. 33:10-11.

^b 2 Ne. 3:19-20; 27:13;

33:13;

Môrm. 9:30.

^d Isa. 29:4.

28a 2 Ne. 29:2.

30a 1 Ne. 6:4; Môrm. 9:27;

Etera 5:5.

^b Almà 5:57.

31a Isa. 52:1-2.

^b TSM Ziona.

^d Isa. 54:2.

^e TSM Tsatòka.

^f Etera 13:8.

32a Mat. 11:28;

2 Ne. 26:33;

Jakôba 1:7;

Ômnia 1:26.

^b Mat. 5:48;

3 Ne. 12:48.

TSM Tanteraka.

^d F&F 4:2; 59:5-6.

^e 2 Ne. 25:23.

33 Ary koa, raha tanteraka ao amin' i Kristy amin' ny alalan' ny fahasoavan' Andriamanitra ianareo ary tsy mandà ny heriny, amin' izany dia "hamasinina ao amin' i Kristy amin' ny alalan' ny fahasoavan' Andriamanitra ianareo, noho ny fandatsahana ny ^bran' i Kristy, izay ao amin' ny fanekempihavanan' ny Ray ho ^dfamelana ny fahotana, mba hahatonga anareo ho ^emasina, tsy misy pentina.

34 Ary ankehitriny aho dia manao veloma anareo rehetra. Handeha tsy ho ela aho "hiala sasatra ao am-^bparadisana' Andriamanitra, ambara-^dpikamban' ny ^efanahiko sy ny vatako indray, ka hitondrana ahy mpandresy eny amin' ny ^fhabakabaka, hihaona aminareo eo anoloan' ny ^gtoeram-pitsarana mahafinaritr' Ilay ^hJehovah Lehibe, ny ⁱMpitsara Mandrakizain' ny velona sy ny maty. Amena.

33a TSM Fanamasinana.
b TSM Sorompanavotana.
d TSM Famelana ny Fahotana.
e TSM Fahamasinana.

34a TSM Fitsaharana.
b TSM Paradisa.
d TSM Fanahy.
e TSM Fitsanganana amin' ny Maty.
f 1 Tes. 4:17.

g Jakôba 6:13.
h TSM Jehovah.
i TSM Jesoa Kristy—Mpitsara.

TAPITRA